

FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA
ETO MADAGASIKARA

KATESIZIN'NY
FIANGONANA KATÔLIKA
DIKA TENY MANONTOLO

DIKA TENY NATAON'NY
VAOMIERAN'NY EVEKA MISAHANA
NY FANDALINAM-PINOANA SY NY BAIBOLY ARY NY LITORZIA
ETO MADAGASIKARA
(C.E.P.C.B.L.)

La mention du Copyright :

« Libreria Editrice Vaticana omnia sibi vindicat iura. Sine eiusdem licentia scripto data nemini liceat hunc Catechismus Ecclesiae Catholicae denuo imprimere aut in aliam linguam vertere. »

Copyright :

© 2009 – **LIBRERIA EDITRICE VATICANA**,
pour l'exploitation à **Madagascar**
de la traduction en langue Malgache.

NIHIL OBSTAT :

Antananarivo, faha-15 Aogositra 2009
Son Excellence Monseigneur Antonio SCOPELLITI
Son Excellence Monseigneur Gaetano Di PIERRO
Eveka miara-mitantana ny C.E.P.C.B.L.

IMPRIMATUR :

Antananarivo, faha-15 Aogositra 2009
Son Excellence Monseigneur Fulgence RABEMAHAFALY
Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara.

Edition Imprimerie NIAG

8, lalana Rainizanabololona, Antanimena, Antananarivo, Madagasikara
niag@iris.mg

Tous droits réservés :

Interdit à toute représentation ou reproduction intégrale ou partielle sans le consentement de l'**auteur** et de l'**éditeur**.

TENY FANOLORANA

Hafaliana lehibe ho anay ato amin'ny Vaomieran'ny Eveka misahana ny Fandalinam-pinoana sy ny Baiboly ary ny Litorzia ny manolotra etoana ny KATESIZIN'NY FIANGONANA KATÔLIKA amin'ny teny malagasy. Marina fa efa nisy ilay KATESIZIN'NY FIANGONANA KATÔLIKA navoakanay tamin'ny taona 2002. Tsy feno anefa izy iny satria ny **Famintinana** (En bref) ihany no nadika eo amin'ny takila havia ary ny **Tsianjery** natao hanampy amin'ny fitadidiana kosa eo amin'ny takila havanana. **Katesizy kelin'ny Kônsily Vatikana II** no azo iantsoana azy iny, ary natao ho an'ny olon-drehetra tsy an-kanavaka. Fa ity atolotra ankehitriny ity, dia ny KATESIZIN'NY FIANGONANA KATÔLIKA **dika teny manontolo**, natokana indrindra ho an'ny mpandalina sy ny mpamakafaka.

Asa goavana izy ity satria mirakitra manontolo ny fotopototry ny finoana katôlika maneran-tany. Naharitra tokoa ny fotoana nanatanterahana ny asa : 4 taona sy tapany (Janoary 2005 – Aogositra 2009). Na dia izany aza, mbola tsy lavorary velively, mbola tsy tonga lafatra. Tsy mora manko ny fandikan-teny. Indraindray sahirana tokoa fa tsy hita izay voambolana saha sy mifanandrify ary mifanentana amin'ny tian-kambara. Dia voatery mampiasa dika teny malalaka, noho ilay hevitra tsy mety ho azo raha toa ka adika ara-bakiteny fotsiny izao.

Andriamanitra àry no isaorana voalohany satria Izy no Mpandahatra sy Mpandamina ary Mpandrindra ny zavatra rehetra. Izy no Tompomarika amin'ny fanatontosana, fa isika olombelona fitaovana tsotra ihany eo am-pelatanany sy mpiaramiasa Aminy fotsiny.

Hoy ny mpanao Salamo hoe :

*« Raha tsy ny Tompo no manorina ny trano,
miasa foana izay manorina azy.
Raha tsy ny Tompo no miambina ny tanàna,
miari-tory foana eo am-bavahadiny ny mpiambina ».*
(Sal 127,1)

Hoy kosa i Jesoa hoe :

*« Raha tsy Izaho,
tsy mahefa na inona na inona ianareo ».*
(Jo 15,5)

Isaorana ireo mpiara-miasa ato amin'ny Vaomiera tantananay noho ny ezaka sy ny fikirizana lehibe nasehon'izy ireo, na dia teo aza ny fahaterem-potoana sy ny olana isan-karazany. Izy ireo no « *nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka* », ka tsy azo « *odian-tsy hita toy ny tonom-bomanga vory vahoaka* ». Toa misaotra tena ihany raha misaotra an'i Mônsenera Gaetano Di Pierro, fa izy no nandray an-tanana ny fanarahamaso ny asa, ny fanitsiana ombieny ombieny, ny torohevitra samihafa. Tsy nitandro hasasarana izy tamin'izany, tsy nitarain-tana-miempaka, tsy nikely soroka, tsy nisatry fanahy. Enga anie mbola hahavita be eo amin'ny Sahan'ny Tompo izy, ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany !

Farany, iaraha-mahalala fa « *ny vola no hozatry ny fiainana* » (sy hozatry ny famoaham-boky goavana toy izao). Teo ny **MISSIO** any Allemagne izay tsy nitsitsy vola aman-karena, ka nahafahana nanatanteraka ny asa hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Raha tsy izany, tsy ho nahita masoandro ity boky be eto ambany masonao ity.

Ny fanirianay, dia ny hampiasana ity KATESIZIN'NY FIANGONANA KATÔLIKA dika teny manontolo ity manerana an'i Madagasikara, ka amin'izay hihalalina hatrany ny finoan'ny kristianina malagasy ary hitombo sy hivelatra bebe kokoa ny fitiavany an'Andriamanitra. « *Hody ventiny anie ny rano nantsakaina* » !

Mitsodrano anareo hahaleo hahalasana ny tenanay :

*« Matokia,
ataovy ny asa
ary homba anareo anie ny Tompo » !
(2 Tan 19,11)*

*Anio faha-15 Aogositra 2009
Fetin'i Masina Maria
nampakariny ny Anjely any an-danitra.*

Ny mpiara-mitantana ny Vaomieran'ny Eveka
misahana ny Fandalinam-pinoana sy ny Baiboly ary ny Litorzia :

*Son Excellence Monseigneur Antonio SCOPELLITI,
Evekan'Ambatondrazaka
sy
Son Excellence Monseigneur Gaetano Di PIERRO,
Evekan'i Moramanga*

Fitanisana ny fanafuhezan-teny

AA	Apostolicam actuositatem, na APL = ny Asam-Pamonjena ataon'ny Lahika
AAS	Acta Apostolicae Sedis
AG	Ad gentes, na AFF = ny Asa Fampielezana ny finoana ataon'ny Fiangonana
AHMA	Analecta hymnica Medii Aevi
Ben	De Benedictionibus
CA	Centesimus annus
Catech. R.	Catechismus Romanus, na Kat. R. = Katesizy Rômanina
CCEO	Corpus Canonum Ecclesiarum Orientalium
CD	Christus Dominus, na AE = ny Adidy maha-mpiandry ondry ny Eveka ao amin'ny Fiangonana
CDF	Congrégation pour la doctrine de la foi
CIC	Codex Iuris Canonici
CL	Christifideles laici
COD	Conciliorum oecumenicorum decreta
CT	Catechesi tradendae
DCG	Directorium Catecheticum Generale
DeV	Dominum et Vivificantem
DH	Dignitatis humanae, na FVA = ny Fahazoa-mivavaka an-kalahana
DM	Dives in misericordia
DS	Denzinger-Schönmetzer, Enchiridion Symbolorum, definitionum et declarationum de rebus fidei et morum
DV	Dei Verbum, na FA = ny Fanambaràn'Andriamanitra
EN	Evangelii nuntiandi
FC	Familiaris consortio, na FM = ny Fiombonan'ny Mpianakavy
GE	Gravissimum educationis, na FK = ny Fanabeazana Kristianina
GS	Gaudium et spes, na FAA = ny Fiangonana manoloana ny Andro Ankehitriny
HV	Humanae vitae
IGLH	Introductio generalis LH
IGMR	Institutio generalis MR
IM	Inter mirifica, na FMM = ny Fitaovana entin'ny Mpiara-belona Mifandray
LE	Laborem exercens
LG	Lumen gentium, na FF = ny Fiangonana Fahazavan'izao tontolo izao
LH	Liturgie des heures
MC	Marialis cultus
MD	Mulieris dignitatem

MF	Mysterium fidei
MM	Mater et magistra
MR	Missel Romain
NA	Nostra aetate, na FFTK = ny Fifandraisan'ny Fiangonana amin'ireo Fivavahana Tsy Kristianina
OBA	Ordo baptismi adultorum
OBP	Ordo baptismi parvulorum
OCf	Ordo confirmationis
OcM	Ordo celebrandi Matrimonium
OCV	Ordo consecrationis virginum
OE	Orientalium ecclesiarum, na FTK = ny Fiangonana Tatsinanana Katôlika
OEx	Ordo exsequiarum
off. lect.	office des lectures
OICA	Ordo initiationis christianae adultorum
OP	Ordo poenitentiae
OT	Optatam totius, na FP = ny Fiofanana ho Pretra
PC	Perfectae caritatis, na FFR = ny Fanavaozana sy fampivoarana ny Fiainan'ny Relijiozy
PO	Presbyterorum ordinis, na RFP = ny Raharaha sy Fiainan'ny Pretra
PP	Populorum progressio
PT	Pacem in terris
RH	Redemptor hominis
RM	Redemptoris Mater
RP	Reconciliatio et poenitentia
SC	Sacrosanctum concilium, na L = ny Litorzia masina
SPF	Credo du Peuple de Dieu : profession de foi solennelle
SRS	Sollicitudo rei socialis
UR	Unitatis redintegratio, na EK = ny Ekiomenisma

Ny lohatenin'ny asa soratr'ireo mpanoratra ny Fiangonana dia hita ao amin'ny fanondroana ny tenin'olona tsahivina. Ny soratra natao matavy ao amin'ireny lohateny ireny no naraikitra ho fanafuhezan-teny ampiasaina ao amin'ny naoty mikasika an'io asa soratra io.

Ohatra: ny an'i Md Ambroise, ao amin'ny n°1429, naoty manondro ny teniny tsahivina: **ep** no fanafuhezana ny hoe **epistulae**.

Lalàm-panorenana Apôstôlika *Tahirim-pinoana (Fidei depositum)*

ho amin'ny famoahana
ny *Katesizin'ny Fiangonana Katôlika*
nalahatra an-tsoratra taorian'ny
Kônsily ekiomenika faharoa
tao Vatikana

JOANY PAOLY, EVEKA
Mpanompon'ny Mpanompon'Andriamanitra
ho tsangambato tsy tontan'ny ela

1. Tari-dresaka

NY MIAMBINA NY TAHIRIM-PINOANA : izany no fanirahana nankinin'ny Tompo tamin'ny Fiangonany sy tanterahin'ny Fiangonana amin'ny fotoana rehetra. Ny Kônsily ekiomenika faharoa tao Vatikana, nosokafana telopolo taona lasa izay, izay notarihin'i Joany XXIII, papa nodimbiasako, tsaroana amim-panajana izy, dia nanana hetaheta sy faniriana hametraka mazava ny fanirahana apôstôlika sy pastôralin'ny Fiangonana, sy hitarika ny olona rehetra, amin'ny alalan'ny famirapiratom-pahamarinan'ny Vaovao Mahafaly, hikatsaka sy handray ny fitiavan'i Kristy izay mihoatra ny fahalalana rehetra (jer. Efez 3,19).

Tamin'ireny fihaonana ireny, nataon'ny Papa Joany XXIII ho vaindohan-draharaha ny hitanana tsaratsara kokoa sy hanazavana misimisy kokoa ny tahiry sarobidin'ny fitambaram-pampianarana kristianina, mba hanamora ny fahazoan'ny mpinon'i Kristy izany sy ny olona rehetra tsara sitrapo. Mba hahatanteraka izany, ny Kônsily aloha tsy tokony hanameloka ny hadisoana tamin'ny vanimpotoana efa lasa, fa alohan'ny zavatra rehetra, tsy maintsy milofo izy mampiseho amim-pitoniana ny hery sy ny hatsaran'ny fitambaram-pampianaram-pinoana. “Ny fahazavan'ity Kônsily ity - hoy izy - dia ho loharanon-karem-panahy ho an'ny Fiangonana [...]. Rahefa avy nanovo hery vaovao tao aminy ny Fiangonana, dia hiatrika tsy amin-tahotra ny ho avy. [...] Isika tsy maintsy mirotsaka an-kafaliana, tsy misy tahotra, amin'ny asa takin'ny vaninandro iainantsika, eo am-panohizana ny lalana nizoran'ny Fiangonana hatramin'ny roa arivo taona no ho mankaty¹.”

¹ Joany XXIII, Lahateny fanokafana ny Kônsily ekiomenika faharoa tao Vatikana, 11 ôktôbra 1962 : AAS 54 (1962), p. 788.

Noho ny fanampian'Andriamanitra, ireo Ray am-panahy nivory tao amin'ny kônsily, dia afaka namolavola, nandritra ny efatra taona niasana, antontan'asa lehibe momba ny famelabelarana ny fitambaram-pampianaram-pinoana sy ny torolalana pastôraly atolotra ho an'ny Fiangonana manontolo. Na ny mpitondra na ny mpino entina dia samy mahita ao ny sori-dalana ho an'izany "fihavaozana amin'ny fisainana, amin'ny asa, amin'ny fomba amam-panao, amin'ny herintsaina, amin'ny hafaliana sy ny fanantenana izay kendren'ny Kônsily rahateo izany"¹.

Hatramin'izay nifaranan'ny Kônsily izay, tsy nitsahatra nitondra ainga vao ho amin'ny fiainam-piangonana izy. Tamin'ny taona 1985, dia efa afaka nanambara aho hoe : "Ho ahy – izay nahazo fahasoavana manokana handray anjara tao sy hiara-miasa tamim-pahavitrihana nandritra ny fizotran'ny fihaonana - hatramin'izay, ary tamin'ny fomba manokana, hatramin'ny taona maromaro naha-papa ahy, ny Kônsily faharoa tao Vatikana no nanompanako ny asako manontolo maha-mpiandry ondry ahy, tao anatin'ny ezaka tsy miroa fo hamadika ny torolalany ho fampiharana azo tsapain-tanana sy mifanaraka tsara amin'izany, eo anivon'ny Fiangonana tsirairay sy ny Fiangonana manontolo. Tokony hiverimberenana tsy an-kijanona io tahirin-kevitra ny Kônsily io"².

Tamin'izany toe-tsaina izany no niantsoako fivoriana tsy ara-potoana ny Sinôdan'ny Eveka tamin'ny 25 janoary 1985, faharoapolo taonan'ny famaranana ny Kônsily. Ny tanjon'io fivoriana io dia ny hankalazana ny fahasoavana sy ny vokatra ara-panahy avy amin'ny Kônsily faharoa tao Vatikana, ny handalinana avy amin'izany ny fampianarana, mba hifikirana amin'izany mafimafy kokoa sy mba hampandroso avy amin'izany ny fahalalana sy ny fampiharana.

Tamin'izany fotoana izany, ireo Ray am-panahy nivory tao amin'ny Sinôda no namboraka ny faniriana hoe : "aoka hanoratra boky katesizy na famintinana ny fitambaram-pampianarana katôlika manontolo, momba ny finoana sy ny môraly, izay hatao lahatsoratra fanovozan-kevitra amin'ny famoronana boky katesizy na famintinam-pampianaram-pinoana eo amin'ny firenena samihafa. Ny fanolorana ny fitambaram-pampianarana, dia tsy maintsy ho ara-baiboly sy ho ara-litorzia, sady mamelabelatra fitambaram-pampianarana azo antoka no mifandraika amin'ny fiainana ankehitriny iainan'ny kristianina"³. Vao nifarana ny Sinôda, dia niombon-kevitra tamin'io faniriana io ny tenako, amin'ny fiheverana "fa mamaly tanteraka ny zavatra tena ilain'ny Fiangonana manontolo sy ny Fiangonana tsirairay izany"⁴.

¹ Paoly VI, Lahateny famaranana ny Kônsily ekiomenika faharoa tao Vatikana, 8 desambra 1965: AAS 58 (1966), p.7-8.

² Joany Paoly II, Lahateny tamin'ny 25 Janoary 1985 : *L'Osservatore Romano*, 27 Janoary 1985.

³ Tatitra farany tamin'ny Sinôda tsy ara-potoana, 7 desambra 1985, II, B, a, n°4 : *Enchiridion Vaticanum*, boky faha-9, p. 1758, n° 1797.

⁴ Lahateny famaranana ny Sinôda tsy ara-potoana, 7 desambra 1985, n°6 : ASS 78 (1986), p. 435.

Nahoana no tsy hisaotra ny Tompo amin'ny fo manontolo amin'izao andro izao, izay ahafahantsika manolotra amin'ny Fiangonana manontolo ity lahatsoratra fanovozan-kevitra ho an'ny katesezy nohavaozina araka ny loharano velon'ny finoana ity, izay mitondra ny anarana hoe Katesizin'ny Fiangonana Katôlika !

Taorian'ny fanavaozana ny litorzia sy ny fandravonana fehezan-dalàna vaovao momba ny Lalànan'ny Fiangonana latinina sy ny Lalànan'ny Fiangonana tatsinanana katôlika, ity Katesizy ity dia hitondra anjara biriky lehibe tokoa amin'ny asa fanavaozana ny fiainam-piangonana manontolo, irin'ny Kônsily faharoa tao Vatikana sy ampiariny.

2. Zotra narahina sy toe-tsaina nanomanana ny boky

Vokatry ny fiaraha-miasa midadasika tokoa ny Katesizin'ny Fiangonana Katôlika, izay nomasahana nandritra ny enina taona tamin'ny alalan'ny asa mafy, tao anatin'ny fivelaran-tsaina sy fitandremana fatratra miaraka amin'ny hafanam-po miredareda.

Tamin'ny 1986, nankiniko tamin'ny vaomiera iray misy kardinaly roa ambin'ny folo sy Eveka, notarihin'i Andriamatoa Kardinaly Joseph Ratzinger, ny lahasa fanomanana ny vinavina ho an'ny katesizy nangatahin'ny Ray ampanahy nivory tao amin'ny Sinôda. Kômity iray mpandahatra an-tsoratra izay nisy Eveka mitondra diôsezy, fito, manam-pahaizana manokana amin'ny teôlôjia sy amin'ny katesezy, no nanampy ilay vaomiera tamin'ny asany.

Ny vaomiera izay nomena andraikitra hanome ny torolalana sy hanara-maso ny fizotran'ny asa, dia nanaraka an-tsakany sy an-davany ny dingana rehetra tamin'ny fandrafetana an-tsoratra, navadibadika sy namboarina intsivy miantoana. Ny kômity mpandahatra an-tsoratra, etsy an-kilany, niantsoroka ny andraikitra tamin'ny fanoratana ny lahatsoratra, nampiditra tao ny fanovàna nangatahin'ny vaomiera ary nandinika ny fanamarihana nataon'ireo teôlôjianina, ireo mpahay Soratra Masina, ireo katesety ary indrindra ireo Eveka manerantany, mba hanatsarana ny lahatsoratra. Nanjary seha-pifanakalozana namokatra sy nampanankarena tamin'ny fiantohana ny maha-iray sy ny maha-ranoray ny lahatsoratra ilay kômity.

Ny volavolan'asa dia nahatonga fakana hevitra malalaka tamin'ireo Eveka katôlika rehetra, tamin'ny Fivondronamben'izy ireo na tamin'ny Sinôdan'izy ireo, tamin'ireo toeram-pampianarana ambony momba ny teôlôjia sy ny katesezy. Tamin'ny ankapobeny, nahazo fankasitrahana tokoa avy amin'ny Fivondronan'ny Eveka ilay volavolan'asa. Koa azo lazaina tsy amim-pihambahambana fa ity Katesizy ity dia vokatry ny fiaraha-miasan'ny Fivondronan'ny Eveka manontolo ao amin'ny Fiangonana katôlika izay nandray

tamin-kalalaham-po ny fanasako hitondra ny anjara andraikiny teo amin'ny famosahan-kevitra izay mahakasika akaiky ny fiainam-piangonana. Niteraka hafaliana lalina tato amiko izany famaliana antso izany, satria ny fiarahamiasan'ny feo maro be dia manambara marina tokoa "fampiaraham-peon" ny finoana, raha azo lazaina ho izany. Ny fahatanterahan'ity Katesizy ity dia mitaratra, araka izany, ny toetra maha-fiombonam-piadidian'ny maha-eveka ; izany no manamarina ny maha-katôlika ny Fiangonana.

3. Fitsinjarana ny foto-kevitra

Ny katesizy dia tsy maintsy manolotra araka ny tena izy sy amin'ny fomba mirindra ny fampianaran'ny Soratra Masina, ny Lovam-pampianarana velona ao amin'ny Fiangonana ary ny Toniam-pampianarana marina, tahaka izany koa ny lovam-panahy avy amin'ny Aban'ny Fiangonana, ny olomasina lehilahy sy vehivavy ao amin'ny Fiangonana, mba hahafahana mahalala tsaratsara kokoa ny mystery kristianina ary mba hamelombelona ny finoan'ny vahoakan' Andriamanitra. Ny katesizy dia tsy maintsy mandray ny hevitra avy amin'ny fanazavana miharihary ny fitambaram-pampianaram-pinoana izay natoron'ny Fanahy Masina ny Fiangonana teny am-pamakivakiana ny taonjato nifandimby. Ilaina koa ny hitondran'ny katesizy ny fahazavan'ny finoana amin'ny toe-javatra vaovao sy ny olana izay tsy mbola nisy akory tamin'ny andro teo aloha.

Ny Katesizy àry no hirakitra zava-baovao sy tranainy (jer. Mt 13,52), fa ny finoana kosa mitoetra lalandava amin'ny maha-finoana azy ihany, sy loharanom-pahazavana vaovao lalandava.

Mba hamaliana ireo fitakiana roa loha ireo, ny Katesizin'ny Fiangonana Katôlika, etsy an-daniny, dia namerina ny filaharana "tranainy", nampitain'ny lovam-pampianarana sy efa narahin'ny Katesizin'i Md Pie V, izay nampifandray ny votoaty ho fizarana efatra : ny Izaho mino ; ny litorzia masina, miaraka amin'ny sakramenta indrindra indrindra ; ny asa amam-pitondran-tena kristianina, velabelarina miainga avy amin'ny didy ; ary farany ny fivavahana kristianina. Miaraka amin'izany koa anefa, ny zava-boarakitra dia matetika ambara amin'ny fomba "vaovao", mba hoenti-mamaly ny fanontaniana mipetraka amin'izao vanim-potoana iainantsika izao.

Mifandray amin'izy samy izy ny fizarana efatra : ny mystery kristianina no fototry ny finoana (fizarana voalohany) ; io mystery io no ankalazaina sy ampitaina amin'ny asa litorzika (fizarana faharoa) ; eo io mystery io mba hanazava sy hanohana ny zanak'Andriamanitra amin'ny asa amam-pitondran-tenan'izy ireo (fizarana fahatelo) ; io mystery io no manamarim-pototra ny fivavahantsika izay ny "Rainay" no fanehoana izany manokana, ary mbola io mystery io no fototry ny fangatahantsika, ny fiderantsika, ary ny fitalahoantsika (fizarana fahefatra).

Ny litorzia moa efa vavaka rahateo : ao amin'ny fankalazana ara-pivavahana no ahitan'ny fiekem-pinoana ny toerana sahaza azy. Ny fahasoavana, vokatry ny sakramenta, no antoka tsy azo soloina amin'ny asa amam-pitondran-tena kristianina, tahaka izany koa, mitaky finoana ny fandraisana anjara amin'ny litorzian'ny Fiangonana. Raha tsy aseho an'asa ny finoana, dia maty (jer. Jak 2,14-26) ary tsy afaka mamokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay.

Eo am-pamakiana ny Katesizin'ny Fiangonana katôlika, dia mety hahatsapana ny firaisana mampitolagaga amin'ny misterin'Andriamanitra, amin'ny fandaharam-pamonjeny, tahaka izany koa ny ivon-toerana misy an'i Jesoa-Kristy, Ilay Zanaka Lahitokan'Andriamanitra, nirahin'ny Ray, tonga olombelona tao an-kibon'i Maria Virjiny Masina Indrindra, noho ny herin'ny Fanahy Masina, mba ho Mpamonjy antsika. Maty sy nitsangan-ko velona, nefa eo amin'ny Fiangonany lalandava Izy, indrindra ao amin'ny sakramenta ; Izy no loharanon'ny finoana, môdelin'ny asa amam-pitondran-tena kristianina, ary Mpampianatra ny vavaka ataontsika.

4. Lanjan-kevitra ara-pitambaram-pampianarana raketin'ny lahatsoratra

Ny Katesizin'ny Fiangonana Katôlika izay nankatoaviko ny faha-25 jona lasa teo, ary didiko avoaka ankehitriny noho ny fahefana apôstôlika ananako, dia famelabelarana ny finoan'ny Fiangonana sy ny fitambaram-pampianarana katôlika, hamarinina na hazavain'ny Soratra Masina, ny Lovam-pampianarana avy amin'ny apôstôly ary ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana. Ankatoaviko ny maha-fitaovana marim-pototra sy nahazo alalana an'ity katesizy ity hoentimanompo ny firaisan'ny Fiangonana sy ho fitsipika azo antoka ho an'ny fampianaram-pinoana. Enga anie izy ity hanampy antsika amin'ny fanavaozana izay iantsoan'ny Fanahy Masina tsy an-kijanona ny Fiangonan'Andriamanitra, Vatan'i Kristy, mizotra mankamin'ny fahazavana tsy misy haizina ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra !

Ny fankatoavana sy ny famoahana ny Katesizin'ny Fiangonana katôlika no mba fanompoana azon'ny dimbin'i Piera natao ho an'ny Fiangonana Masina katôlika, amin'ny Fiangonana rehetra isanisany mifanara-tsaina sy miombona amin'ny Foibem-pitondrana apôstôlika ao Rôma : izy izay manohana sy manamafy ny finoan'ny mpianatra rehetra an'i Jesoa Tompo (jer. Lk 22,32), manamafy tahaka izany koa, ny rohim-pihavanana ao anaty finoana apôstôlika iray ihany.

Mangataka amin'ny mpiandry ondrin'ny Fiangonana sy ny mpino àry aho, handray ity Katesizy ity, ao anatin'ny toe-tsaina mandala fiombonana, ary hampiasa izany amim-pahazotoana amin'ny fanatanterahana ny iraka ampanaovina azy ireo hitory ny finoana sy hiantso ho amin'ny fiainana araka ny Vaovao Mahafaly. Nomena azy ireo ity Katesizy ity mba hampiasaina ho

fanovozan-kevitra azo antoka sy marina ho an'ny fampianarana ny fitambaram-poto-pinoana katôlika, ary indrindra indrindra ho an'ny fandrafetana katesizy eo an-toerana. Natolotra koa izy ity ho an'ny mpino rehetra izay maniry hahalala tsaratsara kokoa ny harena tovozin-tsy ritra amin'ny famonjena (jer. Jo 8,32). Sitrak'ity katesizy ity ny mitondra fanohanana ho amin'ny ezaka momba ny firaisam-pinoana entanin'ny faniriana masin'ny firaisan'ny kristianina rehetra, amin'ny fampisehoana amim-pahamarinana ny votoaty sy ny firaisana mirindra amin'ny finoana katôlika. Farany, ny Katesizin'ny Fiangonana Katôlika dia atolotra ho an'ny olona rehetra mangataka amintsika ny anton'ny fanantenana ao amintsika (jer. 1 Pi 3,15) ary te hahafantatra izay inoan'ny Fiangonana katôlika.

Ity Katesizy ity dia tsy natao hisolo ny katesizy eo an-toerana izay nankatoavin'ny manam-pahefana ao amin'ny Fiangonana, ny Eveka mitondra diôsezy sy ny Fivondronan'ny Eveka, indrindra rahefa nahazo ny fankatoavan'ny Foibem-pitondrana apôstôlika, fa natao hamporisihana sy hanampiana amin'ny fandrafetana katesizy vaovao eo an-toerana, izay mandray hevitra avy amin'ny toe-javatra sy kolontsaina samihafa, nefa mitahiry amim-pitandremana ny maha-tokana ny finoana sy ny tsy fivadihana amin'ny fitambaram-pampianarana katôlika.

Famaranana

Ho famaranana an'ity tahirin-kevitra fanolorana ny Katesizin'ny Fiangonana katôlika ity, italoako i Maria Virjiny Masina Indrindra, Renin'ny Teny tonga Nofo ary Renin'ny Fiangonana, mba hanohana amin'ny herin'ny fanelanelanany ny asa momba ny katesezin'ny Fiangonana manontolo amin'ny ambaratonga rehetra, amin'izao fotoana iantsoana ny Fiangonana amin'ny ezaka vaovao fitoriana ny Evanjely izao. Enga anie ny fahazavan'ny finoana marina hanafaka ny olombelona amin'ny tsy fahalalana sy ny fanandevozan'ny fahotana, mba hitondra azy any amin'ny fahafahana tokana mendrika izany anarana izany (jer. Jo 8,32), dia ny fiainana ao amin'i Jesoa-Kristy eo ambany fitantanan'ny Fanahy Masina, eto an-tany sy any amin'ny Fanjakan'ny lanitra, ao anatin'ny hafenoan'ny hasambarana amin'ny fahitana an'Andriamanitra mifanatrika (jer. 1 Kôr 13,12 ; 2 Kôr 5,6-8) !

Nomena ny faha-11 ôktôbra 1992, fahatelo-polo taonan'ny fanokafana ny Kônsily faharoa tao Vatikana, sy fahefatra ambin'ny folo taona naha-papa ahy.

* * * * *

Teny mialoha

“RAY Ô, (...) izao ny fiainana mandrakizay, dia ny mahalala Anao hany Andriamanitra marina sy i Jesoa-Kristy irakao” (Jo 17,3). “Andriamanitra Mpamonjy antsika (...) dia tia ny hahavoavonjy ny olona rehetra, sy ny hahatongavan’izy ireo amin’ny fahalalana ny marina” (1 Tim 2,3-4). “Tsy misy anaran-kafa ambanin’ny lanitra nomena ny olona, hahazoantsika famonjena” (Asa 4,12) afa-tsy ny anaran’i JESOA.

I. Ny fiainan’ny olombelona – mahalala sy mitia an’ Andriamanitra

1. Andriamanitra, Lavorary indrindra sy Sambatra tanteraka ao amin’ny Tenany ihany, araka ny fandaharany feno hatsaram-panahy madio tsy misy pentina, dia nahary an-kalalahana ny olombelona mba hanana anjara amin’ny fiainany sambatra. Izany indrindra no anakaikezany ny olombelona, amin’ny fotoana rehetra sy amin’ny toerana rehetra. Antsoiny izy, ampiany hitady Azy, hahalala Azy ary ho tia Azy amin’ny heriny manontolo. Antsoiny ny olombelona rehetra naporitaky ny fahotana mba hiray ao anatin’ny Fiangonana fianakaviany. Mba hahatanteraka izany, dia naniraka ny Zanany Izy ho Mpanavotra sy Mpamonjy, nony feno ny fotoana. Ao amin’io Zanany io sy amin’ny Alalany no iantsoany ny olombelona hanjary zanaka atsangany, ao amin’ny Fanahy Masina, ka ho mpandova ny fiainany sambatra.
2. Mba hanakoako manerana ny tany izany antso izany, dia nirahin’i Kristy ny apôstôly izay nofidiny tamin’ny nanomezany azy ireo fahefana hitory ny Evanjely : “Mandehana ianareo, ataovy tonga mpianatro ny firenena rehetra, manaova batemy azy ireo amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, ary ampianaro izy ireo hitandrina izay rehetra nandidiako anareo. Ary indro Aho eo aminareo lalandava ambara-pahatongan’ny faran’izao tontolo izao” (Mt 28,19-20). Nahazo hery tamin’izany iraka izany ny apôstôly, ka “lasa nitory hatraiza hatraiza, ary niara-niasa tamin’izy ireo ny Tompo, sady nanome hery ny Teny tamin’ny famantarana nomba azy” (Mk 16,20).
3. Ireo izay nandray ny antson’i Kristy noho ny fanampian’Andriamanitra, sy namaly izany tamin-kalalahana, dia noteren’ny fitiavan’i Kristy koa avy eo, hitory ny Evanjely hatraiza hatraiza manerana ny tany. Voatahirin’ny dimbin’izy ireo araka ny tena izy, izany raki-tsoa voaray avy amin’ireo apôstôly izany. Ny mpino rehetra an’i Kristy no antsoina hampita izany amin’ny taranaka mifandimby, amin’ny fanambaràna ny finoana, amin’ny fivelomana

izany ao anatin'ny fifampizaràna maha-mpiray tam-po ara-pinoana ary amin'ny fankalazana izany amin'ny litorzia sy ny fivavahana¹.

II. Mampita ny finoana – ny katesezy

4. Vetivety dia nantsoina hoe *katesezy* ny asa manontolo ezahina atao ao amin'ny Fiangonana mba hahatonga ny olona ho mpianatr'i Jesoa, mba hanampy azy ireo hino fa Izy no Zanak'Andriamanitra, ka hananan'izy ireo ny fiainana amin'ny Anarany, amin'ny finoana, mba hanabe azy ireo sy hampianatra azy ireo amin'io fiainana io ary handrafetana amin'izany ny Vatan'i Kristy².
5. “Ny katesezy dia *fanabeazana ara-pinoana* ny ankizy, ny tanora ary ny olon-dehibe, izay mifantoka manokana amin'ny fampianarana ny fitambaram-pinoana kristianina, omena ankapobeny amin'ny fomba mirindra sy mitohy, mba hirosoana amin'ny hafenoam-piainana kristianina³”.
6. Ny katesezy, izay tsy mifangaro amin'ny pastôraly sy ny fanirahana ny Fiangonana, dia mifandray amin'ny singafototra vitsivitsy momba ny andraikitra pastôralin'ny Fiangonana, izay ananan'izy ireny endrika katesezy, izay anomanan'izy ireny katesezy, na izay vokatr'izany : fitoriana voalohany ny Evanjely na asam-pitoriana maha-misiônera mba hiteraka finoana ; fikarohana ny antony inoana ; fahalalana azo tamim-pahazarana momba ny fiainana kristianina ; fankalazana ny sakramenta ; fampidirana manontolo ho isan'ny ankohonam-piangonana ; fijoroana vavolombelona maha-apôstôly sy maha-misiônera⁴.
7. “Mifamatotra mafy amin'ny fiainan'ny Fiangonana manontolo ny katesezy. Tsy ny fiitaran'ny Fiangonana ara-jeôgrafia sy ny fitomboany isa ihany no tena iankinany amin'ny katesezy, fa eo koa, ary mbola bebe kokoa aza, ny fitombony anaty sy ny fifandraisany amin'ny fandaharan'Andriamanitra⁵”.
8. Fotoan-dehibe koa ho an'ny katesezy ny fotoam-pihavaozana teo amin'ny Fiangonana. Hita izany tamin'ny vaninandro lehibe faha-Aban'ny Fiangonana, fa nanokanan'ireo Eveka masina ampahany betsaka izany tamin'ny andraiki-panompoana nosahanin'izy ireo. Tahaka an-dry Md Cyrille de Jérusalem sy Md Jean Chrysostome, ry Md Ambroise sy Md Augustin, sy ny Aba maro hafa, izay maharitra ho môdelin'ny asa soratra momba ny katesezy nataon'izy ireo.

¹ jer. Asa 2,42.

² jer. CT 1.

³ jer. CT 18.

⁴ jer. CT 18.

⁵ CT 13.

9. Ao amin'ireo Kônsily no anovozan'ny andraiki-panompoana amin'ny katesezy ny hery vaovao lalandava. Anisan'ny ohatra anamafisana izany ny Kônsily tao Trente : nataony loha laharana tamin'ireo lalàm-panorenana sy sori-dalana navoakany ny katesezy ; izy no “vy nahitana sy angady nananana” ny Katesizy Rômanina izay nampitondraina koa ny anarany, sady sangan'asa zary famintinana ny fitambaram-pampianarana kristianina ; izy no nahatonga tao amin'ny Fiangonana ny fandaminandrafitra mampitolagaga momba ny katesezy ; izy no nitarika ny famoaham-boky katesizy maro be, noho ny ezaka amam-piniavan'ireo Eveka masina sy teôlôjianina, toa an'i Md Pierre Canisius, i Md Charles Borromée, i Md Toribio de Mogrovejo na i Md Robert Bellarmin.
10. Tsy mahagaga, noho izany, fa tamin'ireo hetsika taorian'ny Kônsily faharoa tao Vatikana dia noheverin'ny Papa Paoly VI (ho katesizy lehibe amin'ny andrompiainana ankehitriny) fa nisarika indray ny saina aman'eritreritra ny katesezin'ny Fiangonana. Ny “Torolalana ankapobeny momba ny Katesezy” tamin'ny taona 1971, ny fotoam-pivorian'ny Sinôdan'ny Eveka natokana tamin'ny fitoriana ny Evanjely (taona 1974) sy tamin'ny katesezy (taona 1977), ny taratasy famporisihana apôstôlika mifandraika amin'izany, “Evangeliî nuntiandi” (taona 1975) sy “Catechesi tradendae” (taona 1979), no manaporofy izany. Ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny Sinôdan'ny Eveka tamin'ny taona 1985 no nangataka “mba hanoratra boky katesizy na famintinana ny fitambaram-pampianarana katôlika rehetra momba ny finoana sy ny môraly”¹. Niombon-kevitra tamin'io faniriana nipoitra tao amin'ny Sinôdan'ny Eveka io ny Ray Masina Joany Paoly II sady niaiky fa “mamaly tanteraka ny zavatra tena ilain'ny Fiangonana manontolo sy ny Fiangonana tsirairay izany hetaheta izany”². Nandray an-tanana ny raharaha ny tenany ho fanatanterahana izany fanirian'ireo Eveka mpandray anjara tamin'ny Sinôda izany.

III. Ny kendrena sy ny olona andefasana ity Katesizy ity

11. Ny kendren'ity Katesizy ity dia ny manolotra famelabelarana voarindra sy voafintina, ny votoaty sy ny fototry ny fitambaram-pampianarana katôlika momba ny finoana sy ny môraly, avy amin'ny fitsilovan'ny Kônsily Vatikana faharoa sy ny fitambaran'ny Lovam-pampianaran'ny Fiangonana. Ny Soratra Masina, ny Aba masina, ny litorzia ary ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana, no loharano lehibe nanovozana azy. Natao ampiasaina izy ity “ho fanovozan-kevitra amin'ny famoronam-boky katesizy na *famintinampampianaram-pinoana* eo amin'ny firenena samihafa”³.
12. Natokana indrindra ho an'ny mpiandraikitra katesezy ity Katesizy ity : loha laharana amin'izany ny Eveka, noho ny maha-mpampianatra finoana sy ny maha-mpitondra Fiangonana azy ireo. Atolotra azy ireo ity ho fitaovampiasana amin'ny fanatontosana ny adidy iantsorohan'izy ireo hampianatra ny Vahoakan'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny Eveka kosa no andefasana azy

¹ Tatitra farany II B a 4.

² Lahateny tamin'ny faha-7 desambra 1985.

³ Sinôdan'ny Eveka 1985, tatitra farany II B a 4.

amin'ireo mpanoratra boky katesizy, ireo Pretra ary ireo Katesista. Mahasoana ny mpino kristianina hafa rehetra koa ny mamaky azy.

IV. Ny firafitr'ity Katesizy ity

13. Ny drafitr'ity Katesizy ity dia notakarina avy amin'ny fomba lehibe nifandovàna amin'ny fandrafetana katesizy izay mampiray ny katesezy amin'ireto “andry” efatra ireto : ny fiekem-pinoana ilaina amin'ny Batemy (*ny Semboly*), ny sakramentan'ny finoana, ny fivelomana ny finoana (*ireo Didy*), ny fivavahan'ny mpino (*ny Rainay*).

Fizarana voalohany : Ny fiekem-pinoana

14. Ireo izay an'i Kristy tamin'ny finoana sy ny Batemy, dia tsy maintsy manambara ny finoan'izy ireo tamin'ny Batemy, eo anatrehan'ny olona¹. Araka izany, velabelarin'ny Katesizy aloha ny hoe : inona no maha-izy ny Fanambaràna, izay amin'izany no itenenan'Andriamanitra sy anolorany ny Tenany amin'ny olombelona, sy ny hoe : inona no maha-izy ny finoana, izay amin'izany no ampifanarahan'ny olombelona ny valin-teniny amin'Andriamanitra (*sampana voalohany*). Ny sembolin'ny finoana no milaza ny fotopototry ny fanomezan-tsoa omen'Andriamanitra ny olombelona, noho Izy Mpanao ny soa rehetra, noho Izy Mpanavotra, noho Izy Mpanamasina, sy mampifandray an'ireo amin'ny “toko telo” maneho ny Batemintsika – ny finoana an'Andriamanitra tokana : Ray Mahefa ny zavatra rehetra, Mpahary; sy i Jesoa-Kristy, Zanany, Tompontosika sy Mpamonjintsika ; ary ny Fanahy Masina, ao amin'ny Fiangonana Masina (*sampana faharoa*).

Fizarana faharoa : Ny sakramentan'ny finoana

15. Ny fizarana faharoa amin'ity Katesizy ity no mamelabelatra ny hoe : ahoana ny maha-misy ao amin'ny asa masin'ny litorzian'ny Fiangonana (*sampana voalohany*), indrindra ao amin'ny sakramenta fito (*sampana faharoa*), ny famonjen'Andriamanitra, tontosa indray mandeha ihany tamin'ny alalan'i Jesoa-Kristy sy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina ?

Fizarana fahatelo: Ny fivelomana ny finoana

16. Ny fizarana fahatelo amin'ity Katesizy ity no mampiseho ny tanjom-piafaràn'ny olombelona noarin'Andriamanitra mitovy endrika Aminy : ny hasambarana sy ny lalana hahatongavana amin'izany : amin'ny asa amampitondran-tena mahitsy sy tsy voafatopatotra, miaraka amin'ny fanampian'ny lalàna sy ny fahasoavan'Andriamanitra (*sampana voalohany*); amin'ny asa

¹ jer. Mt 10,32; Rôm 10,9.

amam-pitondran-tena izay anatanterahana ny didim-pitiavana roa, voavelabelatra ao amin'ny Didy folon'Andriamanitra (*sampana faharoa*).

Fizarana fahefatra : Ny vavaka amin'ny fivelomana ny finoana

17. Ny fizarana farany amin'ity Katesizy ity no mamelabelatra ny hevitra sy ny havesa-danjan'ny fivavahana eo amin'ny fiainan'ny mpino (*sampana voalohany*). Ny famoaboasana fohy ireo fangatahana fito amin'ny vavaky ny Tompo no mamarana izany (*sampana faharoa*). Satria, ao amin'ireo no ahitantsika ny fitambaran'ny soa izay tsy maintsy antenaintsika sy tian'ny Raintsika any an-danitra homena antsika.

V. Torolalana arahina amin'ny fampiasana ity Katesizy ity

18. Novolavolaina ho *famelabelarana voarindra* momba ny finoana katôlika manontolo ity Katesizy ity. Noho izany, ilaina ny mamaky azy ho toy ny iray tsy mivaky. Ny fampahatsiahivana maro be averina eny an-tsisin'ny lahatsoratra (mari-daharana natao sora-mandry manondro ireo paragrafy hafa mifandraika amin'ny hevitra resahina) sy ny tondro ara-poto-kevitra any amin'ny faran'ny boky, no ahafahana mahita ny fifandraisan'ny foto-kevitra tsirairay amin'ny fitambaram-pinoana.

19. Matetika, tsy naverina ara-bakiteny ny lahatsoratra ny Soratra Masina, fa miaraka fotsiny amin'ny fanondroana ny boky, ny toko ary ny andininy nanovozana azy ireny amin'ny naoty hoe (“**jer.**”). Mba hahazina mandalina ny andalan-tSoratra Masina toy izao sy toy izao, dia tsara ny mijery ifotony ilay tena lahatsoratra feno. Ireo filazana tondromarika ao amin'ny Baiboly ireo dia fitaovana iray ampiasaina ho an'ny katesezy.

20. Ny fampiasana ny **tarehin-tsoratra madinika** amin'ny tsongan-dahatsoratra sasantsasany no anondroana izay mikasika ny filazana momba ny tantara, ny fiarovam-pinoana na famelabelarana ara-pitambaram-pampianarana famenony.

21. Ny **tenin'olona tsahivina**, natao amin'ny tarehin-tsora-madinika, notovozina tamin'ny loharano samihafa : araka ny Aban'ny Fiangonana, ara-litorzia, ara-toniam-pampianarana na ara-tantaran'olomasina, dia natao hanatevenana ny famelabelarana ny fitambaram-pampianarana. Matetika no tsongaina ireny lahatsoratra ireny, mba hoentina ampiasaina mivantana amin'ny katesezy.

22. *Isaky ny famaranana lohahevi-dehibe iray, dia nasiana andian-dahatsoratra fohy maromaro, mamintina amin'ny rijan-teny manambatra ny votoatin'ny fampianarana. Ny kendrena amin'ireny “FAMINTINANA” ireny, dia ny hanome tolo-kevitra amin'ny katesezy eo an-toerana, amin'ny alalan'ny rijan-teny voaravona sy azo atao tsianjery.*

VI. Ny fampisahaza ilaina

23. Aompana ao amin'ny famelabelarana ny fitambaram-pampianarana, ny fanamafisana ity Katesizy ity. Satria, irin'izy ity ny hanampy amin'ny fandalinam-pahalalana momba ny finoana. Amin'izany koa no itarihany ho amin'ny fahamatoran'io finoana io, ny fiorenany faka eo amin'ny fiainana sy ny fivelarany amin'ny fijoroana vavolombelona¹.
24. Ity Katesizy ity, raha araka ny tanjona hotratrariny, dia tsy mikendry hanatanteraka ny fampisahaza amin'ny famelabelarana sy ny fomba ampitana ny katesezy takin'ny tsy fitoviana eo amin'ny kolontsaina, ny taona, ny fahamatoram-panahy, ny toe-javatra misy na miseho ara-tsôsialy sy arapiangonana iainan'ireo izay iantefan'ny katesezy. Anjaran'ny katesizy eo antoerana, ary indrindra ireo mpampianatra ny mpino, no manoritra izay fampisahaza ilaina :

Izay mpianatra dia tsy maintsy “ho tonga toa azy rehetra amin'ny olona rehetra” (1 Kôr 9,22), mba hahazoan'izy rehetra an'i Jesoa-Kristy. (...) Indrindra, aoka izy tsy hieritritra hoe antokon'olona iray ihany no ankinina aminy, ka noho izany dia hoe azony atao mitovy ny mpianatra sy manabe ny mpino rehetra amin'ny tena fitiavam-bavaka tokoa, amin'ny fomba tokana sy “volan-kakafotra ka ny omaly tsy miova” ! Aoka ho fantany tsara fa ao amin'i Jesoa-Kristy, ny sasany dia toy ny zaza vao teraka, ny hafa dia toy ny tanora, ary farany, ny sasantsasany dia toy ny manana ny heriny manontolo. (...) Ireo izay voantso ho amin'ny andraiki-panompoana amin'ny fitorianteny, dia tsy maintsy mampifanaraka ny tenin'izy ireo amin'ny toe-tsaina sy ny fahaizan'ny mpihaino azy ireo², eo am-pampitana ny fampianarana ny mistery, ny finoana ary ny fitsipiky ny fomba fiainana amam-pitondran-tena.

Ambonin'ny zavatra rehetra – ny Fitiavana

25. Ho fehin'ity teny fanolorana ity, dia tsara ny mampahatsiaro ilay fitsipika pastôraly izay voalazan'ny Katesizy Rômanina hoe :

Ao anatin'ny fitiavana izay tsy manam-pahataperana no tsy maintsy hametrahana ny tanjona hotratrarina manontolo amin'ny fitambaram-pahalalam-pinoana sy ny fampianarana. Satria azo atao tsara ny mampiseho izay tsy maintsy hinoana, hantenaina na hatao ; fa indrindra ilaina lalandava ny mampiharihary ny Fitiavan'ny Tompontsika mba hahazoan'ny tsirairay fa ny fanehoana rehetra ny tena hatsaram-panahy kristianina tokoa dia tsy manana fiandohana afa-tsy ny Fitiavana, ary tsy manana fiafarana afa-tsy ny Fitiavana³.

¹ jer. CT 20-22 ; 25.

² Kat. R. sasin-teny 11.

³ Kat. R. sasin-teny 10.

Fizarana Voalohany Ny fiekem-pinoana

SAMPANA VOALOHANY “Izaho mino” – “Inoanay”

26. Rahefa manambara ny finoantsika isika, dia izao no teny anombohantsika izany : “Izaho mino” na “Inoanay”. Alohan’ny hamelabelarana ny finoan’ny Fiangonana araka izay ambara ao amin’ny Izaho mino, ankalazaina ao amin’ny litorzia, iainana amin’ny fanatanterahana ny Didy sy amin’ny fivavahana, aoka aloha isika hanontany tena ny amin’izay dikan’ny hoe “mino”. Ny finoana dia valy ataon’ny olombelona amin’Andriamanitra izay manambara ny Tenany sy manolotra ny Tenany aminy, sady mitondra koa fahazavana mihoa-pampana amin’ny olombelona mikatsaka ny dikan’ny fiafaran’ny fiainany. Noho izany, dinihintsika aloha io fikatsahan’ny olombelona io (*toko voalohany*), avy eo ny Fanambaràn’Andriamanitra, izay amin’izany Izy no manoloana ny olombelona (*toko faharoa*), ary farany ny valim-pinoana (*toko fahatelo*).

TOKO VOALOHANY “Afaka mahatakatra an-tsaina” an’Andriamanitra ny olombelona

I. Ny faniriana an’Andriamanitra

27. Voasokitra ao am-pon’ny olombelona ny faniriana an’Andriamanitra, satria noaràn’Andriamanitra sy nataony ho Azy ny olombelona ; tsy mitsahatra manintona ny olombelona mankany Aminy Andriamanitra, ary tsy misy afa-
tsy ao amin’Andriamanitra no hahitan’ny olombelona ny fahamarinana sy ny
fahasambarana izay katsahiny tsy an-kijanona : 355,1701
1718

Ny endrika ambony indrindra amin’ny fahamendrehan’ny olombelona, dia hita amin’izany fiantsoana azy hiray fo aman-tsaina amin’Andriamanitra izany. Manomboka amin’ny fisiany ny olombelona no antsoin’Andriamanitra hiresaka Aminy. Fa matoa misy ny olombelona, dia noho Andriamanitra nahary azy tamim-Pitiavana, ary amim-Pitiavana no ampisiany azy tsy ankiato ; fa tsy miaina manontolo araka ny marina ny olombelona, raha tsy

manaiky an-kalalahana izany Fitiavana izany sy manolo-tena amin'ny Mpahary azy¹.

843, 2566
2095-2109

28. Amin'ny fomba maro samihafa, eo amin'ny tantaran'izy ireo, ary mandraka ankehitriny, no ampisehoan'ny olombelona ny fikatsahany an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoan'izy ireo sy ny fihetsika amam-pitondran-tenan'izy ireo ara-pivavahana (vavaka, sorona, fanompoana amam-panajana an'Andriamanitra, fandinihana masina, sns). Na dia mety hisy zavozavon-kevitra aza ireny fomba fanehoana ireny, noho ny fisiany manerana ny tany tontolo, dia azo antsoina hoe *zavamananaina mpivavaka* ny olombelona :

Nataon'Andriamanitra honina eto ambonin'ny tany tontolo ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka, avy tamin'ny olombelona iray ; Izy no nandraikitra ho an'ny mponina ny fotoana izay voatsinjara ho azy ireo sy ny faritry ny fonenan'izy ireo, mba hiezaka hitady an'Andriamanitra ny olombelona, mba hahatratra Azy, araka izay azony atao, raha sendra mahatsapa, ka hahita Azy ; fa tsy lavitra antsika tsirairay Izy. Satria, ao Aminy no ivelomantsika sy ihetsiketsehantsika ary isiantsika (Asa 17,26-28).

2123-2128

29. Kanefa, mety ho hadino, mety tsy ho fantatra ary mety holavin'ny olona an-kitsirano aza, izany “fifandraisana lalina ao anaty sy mahavelona izay mampiray ny olombelona amin'Andriamanitra izany”². Mety hanana antony maro samihafa ny fihetsika aseho toy ireto³ : ny fikomiana noho ny ratsy eto amin'izao tontolo izao, ny tsy fahalalana na ny tsy firaharahana fivavahana, ny fiahiana izao fiainana izao sy ny harena⁴, ny oha-dratsy asehon'ny mpino, ny fielezan'ny toe-tsaina manohitra fivavahana, ary farany ity fihetsiky asehon'ny olombelona mpanota, noho ny tahotra, izay miafina eo imason'Andriamanitra⁵ sy mandositra eo anoloan'ny antsony⁶.

398

2567
845

30. “Hiravoravo anie ny fon'izay mitady an'Andriamanitra” (Sal 105,3). Raha mety manadino na mandà an'Andriamanitra aza ny olombelona, Izy Andriamanitra kosa tsy mitsahatra miantso ny olombelona rehetra hitady Azy, mba ho velona izy ary hahita ny hasambarana. Kanefa izany fikatsahana izany dia mitaky amin'ny olombelona ny ezaka rehetra takatry ny sainy, ny fahitsian'ny sitrapony, “fo mahitsy”, ary koa ny fijoroan'ny hafa ho vavolombelona izay mampianatra azy hitady an'Andriamanitra.

368

Lehibe Ianao, ry Tompo, ary mendrika hoderaina tokoa : lehibe ny fahefanao ary tsy misy fatrany mihitsy ny fahendrenao. Fa ny olombelona, ampahany kely amin'ny zavaboarinao, dia mihambo hidera Anao, raha ny marina anefa,

¹ FAA 19, § 1.

² FAA 19, § 1.

³ jer. FAA 19-21.

⁴ jer. Mt 13,22.

⁵ jer. Jen 3,8-10.

⁶ jer. Jôn 1,3.

ny olombelona, manana toe-batana mety maty, dia mitondra ao aminy ny holatry ny fahotany sy ny porofo fa manohitra ny mpiavonavona Ianao. Na eo aza izany, ny olombelona, ampahany kely amin'ny zavaboarinao, dia te hidera Anao. Ianao ihany no mamporisika azy amin'izany, ka ataonao mahita hafinaretana izy eo am-piderana Anao, satria nataonao ho Anao izahay, ka tsy misy fialan-tsasatra ny fonay, raha tsy miorina ao Aminao¹.

II. Ny lalana mankamin'ny fahalalana an'Andriamanitra

31. Noho izy natao mitovy endrika amin'Andriamanitra, nantsoina hahalala sy ho tia an'Andriamanitra, ny olombelona izay mitady an'Andriamanitra dia mahita "lalana" sasantsasany mba hahafahana mankamin'ny fahalalana an'Andriamanitra. "Porofon'ny fisian'Andriamanitra" no iantsoana izany koa, tsy dia amin'ny lafiny porofo izay karohin'ny siansa momba ny zavaboary tsy akory, fa amin'ny lafiny "porofo mifanojo sy mampiaiky", izay ahazoana manatratra ny tena fitokiana marina tokoa.

Samy miainga avy amin'ny fahariana ireny "lalana" mba hanatonana an'Andriamanitra ireny : ny tontolon'ny manam-batana sy ny olombelona.

32. *Izao tontolo izao* : miainga avy amin'ny fihetsehana sy ny fanjariana, ny kisendrasendra, ny filaminana sy ny hatsaran'izao tontolo izao, no ahafahana mahalala an'Andriamanitra ho fiandohana sy fiafaran'izao tontolon'ny zavadrehetra izao. 54, 337

Hoy i Md Paoly manamafy ny amin'ny mpanompo sampy : "Miseho miharihary ao aminy izay mety ho fantatra momba an'Andriamanitra : satria nasehon'Andriamanitra taminy izany. Fa ny fombany tsy hita maso, toy ny hery amam-pahefany mandrakizay sy ny maha-Andriamanitra Azy, nanomboka hatramin'ny nahariana an'izao tontolo izao dia navelany ho takatry ny saina amin'ny tsanganasany" (Rôm 1,19-20)².

Ary hoy i Md Augustin : "Anontanio ny hasoan'ny tany, anontanio ny hakanton'ny ranomasina, anontanio ny hatsaran'ny rivotra izay mihanaka sy manenika hatraiza hatraiza, anontanio ny hamevan'ny habakabaka (...), anontanio izao zava-misy rehetra izao. Samy hamaly anao izy rehetra hoe : Jereo fa tsara izahay. Ny hasoan'izy ireny dia efa fiekena marina (*confessio*). Ireo hatsarana mety miova ireo, iza moa no nanao izany raha tsy ilay Soa Indrindra, Soa Fanaperana (*Pulcher*), fototra tsy manam-piovàna ?"³

¹ Md Augustin, conf. 1, 1, 1.

² jer. Asa 14,15.17; 17,27-28; Fah 13,1-9.

³ Serm. 241, 2.

2500,1730
1776
336
33. Ny *olombelona* : amin'ny fanehoany ny marina sy ny kanto, amin'ny fahalalany ny tsara ara-môraly, amin'ny fahafahany sy ny feon'ny kônsiansiny, amin'ny faniriany ho amin'ny tsy manam-petra sy ho amin'ny fahasambarana, dia manontany tena ny olombelona ny amin'ny fisian' Andriamanitra. Tsapany avy amin'izany rehetra izany ny famantarana ny fanahy maha-olona ao aminy. “Tsirin'ny mandrakizay no entiny ao amin'ny tenany ao, izay tsy mety ho vaingan-javatra tokana hita vatana”¹, dia ny fanahiny tsy manam-piandohana afa-tsy ao amin'Andriamanitra irery ihany.

199
34. Manamarina izao tontolo izao sy ny olombelona fa tsy ananan'izy ireo ao amin'izy ireo ihany na ny foto-piandohany voalohany na ny tanjom-piafarànany farany, nefa izy ireo mandray anjara amin'ilay Misy ao amin'ny tenany ao, Ilay sady tsy manam-piandohana no tsy manam-piafaràna. Araka izany, amin'ny alalan'ireo “lalana” samihafa ireo ny olombelona no afaka mankamin'ny fahalalana ny fisian'ny fisian-javatra iray izay antom-pisiana sy tanjom-piafaràn'ny zava-drehetra, “ary antsoin'izy rehetra hoe Andriamanitra”².

159
50
35. Ny fahaizana amam-pahazoana mahataka-javatra ananan'ny olombelona no mahatonga azy ho afa-mahalala ny fisian'Andriamanitra manokana. Fa mba hahafahan'ny olombelona miditra amin'ny fiainany lalina ao anaty, dia sitrak'Andriamanitra ny manambara ny Tenany aminy, sy ny manome azy ny fahasovana hahafahana mandray izany fanambaràna izany amim-pinoana. Na izany aza, ny porofon'ny fisian'Andriamanitra dia mety hitondra ho amin'ny finoana sy manampy hahafantatra fa ny finoana dia tsy mifanohitra amin'ny sain'olombelona.

III. Ny fahalalana an'Andriamanitra araka ny Fiangonana

355
36. “Mihevitra sy mampianatra ny Fiangonana Masina, renintsika, fa Andriamanitra, foto-piandohana sy fiafaran'ny zavatra rehetra, dia mety ho fantatra marina amin'ny alalan'ny fahalalana voa-Janahary ananan'ny sain'olombelona, miainga avy amin'ny zavaboary”³. Raha tsy misy izany herim-pahalalan'ny saina izany, tsy ho afa-mandray ny fanambaràn'Andriamanitra ny olombelona. Manana izany herim-pahalalana izany ny olombelona satria noarîna “mitovy endrika amin'Andriamanitra” izy (Jen 1,27).

1960
37. Amin'ny toe-javatra iainan'ny olombelona eo amin'ny tantara anefa, dia misedra fahasahiranana be izy vao mahalala an'Andriamanitra raha toa ka araka ny fahaizan'ny sainy fotsiny :

¹ FAA 18, § 1; jer. koa 14, § 2.

² Md Thomas d'A., s. th. 1, 1.2 ou 3.

³ Kôns. Vatikana I : DS 3004; jer. koa 3026; FA 6.

Satria, raha lazaina amim-pahatsorana, ny sain'olombelona, amin'ny heriny sy ny fahaizany voa-Janahary, na dia mety ho tonga tokoa amin'ny fahalalana marina sy azo antoka ny Tenan'Andriamanitra aza, noho ny fiarovany sy ny fitantanany an'izao tontolo izao amin'ny Fitahiany, toraka izany koa, noho ny lalàna voa-Janahary napetrak'Izy Mpahary ao amin'ny fanahintsika, dia misy ihany ny vato misakana manampontsampona an'io saina io tsy hampiasa amim-pomba mandaitra sy mamokatra ny herim-pahaizany voa-Janahary. Satria ny fahamarinana izay momba an'Andriamanitra sy ny olombelona dia mihoatra tanteraka ny filaminan'ny voary ren'ny fandrenesana, ary raha tsy maintsy hiseho amin'ny asa sy hamolavola ny fiainana io fahamarinana io, dia mitaky fahafoizan-tena sy fandavan-tena. Mba hahazoana io fahamarinana io, dia mijaly sy mananosarotra ery ny sain'olombelona noho ny fieritreretana sy ny nofinofy, ary koa noho ny fanirian-dratsy ateraky ny fahotana tamin'ny fototra. Dia avy amin'ny foto-javatra toy ireny no mahatonga ny olombelona hiaiky mora foana ny tsy fahamarinana na koa ny fisalasalana manoloana ny zavatra izay tsy ekeny ho marina¹.

38. Noho izany, mila hazavain'ny fanambaràn'Andriamanitra ny olombelona, tsy amin'izay mihoatra ny fahazoan'ny sainy ihany anefa, fa “amin'ny fahamarinana ara-pivavahana sy ara-môraly ihany koa, izay tsy saro-takaran'ny saina, ao aminy, mba hahafahan'izy ireo mahafantatra izany mora foana, amim-pahamarinana tsy voahozongozona sy tsy misy fifangaroan-kadisoana, amin'ny toe-javatra misy ankehitriny iainan'ny olombelona rehetra tsy ankanavaka”².

2036

IV. Fomba ahoana no hitenenana momba an'Andriamanitra ?

39. Amin'ny fiarovana ny herim-pahaizan'ny sain'olombelona mahalala an'Andriamanitra, dia maneho ny fahatokiany ny Fiangonana, ny amin'ny fahazoa-miteny momba an'Andriamanitra amin'ny olombelona rehetra sy miaraka amin'ny olombelona rehetra. Izany fiekena izany no fototra iaingan'ny fifanakalozany hevitra amin'ny antokom-pinoana hafa, amin'ny filôzôfia sy ny siansa, ary koa amin'ny tsy mpino mbamin'ny mpandà ny fisian'Andriamanitra.
40. Satria voafetra ny fahalalantsika an'Andriamanitra, dia voafetra toraka izany koa ny fitenenantsika momba an'Andriamanitra. Tsy afa-manome anarana an'Andriamanitra isika raha tsy miainga avy amin'ny zavaboary, sy araka ny fombantsika olombelona manam-petra amin'ny fahalalana sy fandinihana.
41. Misy fifanahafana amin'Andriamanitra ny zavaboary rehetra, indrindra ny olombelona izay noariny mitovy endrika sy mifanahaka Aminy. Noho izany, ireo fahalavorariana amin'ny zavaboary (fahamarinany, hatsarany,

851

¹ Pie XII, enc. Humani Generis : DS 3875.

² *Ibid.* : DS 3876; jer. koa Kôns. Vatikana I : DS 3005; FA 6; Md Thomas d'A., s. th. 1,1,1,1.

213, 299 hakantony) no mandefa ny taratry ny fahalavorariana tsy misy fetran' Andriamanitra. Koa, afaka manome anarana an'Andriamanitra isika miainga avy amin'ny fahalavorarian'ny zavaboariny, "satria ny fahamboniana sy ny hatsaran'ny zavaboary, dia mampahafantatra Ilay Mpamorona azy noho ny fifanahafan'izy roa tonta" (Fah 13,5).

212, 300 42. Mihoatra ambony dia ambony noho ny zavaboary rehetra ny fahambonian' Andriamanitra. Koa tsy maintsy diovina tsy an-kijanona ny fitenintsika izay avy amin'ny manam-petra, avy amin'ny kisarisary, avy amin'ny tsy tena
370 lavorary, mba tsy hampifangaroana an'Andriamanitra "tsy hay ambara, tsy takatry ny saina, tsy hitan'ny maso, tsy tsapan'ny tanana"¹ amin'ny fomba fanehoantsika olombelona Azy. Tsy hahatakatra na oviana na oviana ny misterin'Andriamanitra ny fitenintsika olombelona.

43. Amin'ny fitenenana momba an'Andriamanitra koa, dia ekena fa maneho amin'ny maha-olombelona antsika ny fitenintsika, nefa mahatratra marina Azy Andriamanitra ihany, na dia tsy afaka hilaza Azy amin'ny fahatsorany tsy manam-petra aza. Noho izany, tsy maintsy tsaroana fa "tsy afaka hanoritra ny tena fitoviana eo amin'ny Mpahary sy ny zavaboary ny olona, raha tsy misongadina bebe koa ny tsy fitoviana misy eo amin'izy roa tonta"² sady "tsy ny toetra maha-izy an'Andriamanitra no azontsika takarina ao an-
206 tsaina, fa ny toetra tsy maha-izy Azy ihany, ary manao ahoana ny toeran'ny zavaboary hafa rehetra raha mitaha Aminy !"³.

FAMINTINANA

44. *Zavamananaina natao ho mpivavaka ny olombelona, noho ny toetra voa-Janahary maha-olona ny olombelona sy noho ny fiantsoran' Andriamanitra azy. Avy amin'Andriamanitra ny olombelona ary ho any amin'Andriamanitra, ka tsy afaka mivelona tanteraka ny maha-olona azy izy raha tsy miaina an-kalalahana ao anatin'ny fifandraisana amin' Andriamanitra.*

45. *Natao mba hiaina ao anatin'ny fiombonana amin'Andriamanitra ny olombelona, ka ao Aminy izy no mahita ny hasambarany : "Rahefa ao Aminao ny tenako manontolo, tsy hisy intsony ny alahelo sy ny fitsapan-toetra ; rahefa henika Anao ny tenako manontolo, ho lavorary ny fiainako"*⁴

¹ Litorzian'i Md Jean Chrysostome, Anaphore.

² Kôns. Latran IV : DS 806.

³ Md Thomas d'A., s. gent. 1, 30.

⁴ Md Augustin, conf. 10, 28, 39.

46. *Rahefa mihaino ny hafatry ny zavaboary sy ny kônsiansiny ny olona, dia afaka mahatakatra ny fahamarinan'ny fisian'Andriamanitra, fototra sy fiafaran'ny zavatra rehetra.*
47. *Mampianatra ny Fiangonana fa Ilay Andriamanitra tokana sy marina, Mpahary antsika sy Tompontosika, dia mety ho fantatra marina amin'ny alalan'ny asany, noho ny fahalalana voa-Janahary ananan'ny sain'olombelona¹.*
48. *Tena afaka miteny anarana marina momba an'Andriamanitra isika, miainga avy amin'ny fahalavorariana maro tsy tambo isaina amin'ny zavaboary, izay misy fifanahafana amin'Andriamanitra lavorary tsy misy fetra, na dia tsy hahalaza manontolo ny mystery aza ny fitenintsika voafetra.*
49. *“Levona ny zavaboary raha ilaozan'ny Mpahary”². Izany no ahalalan'ny mpino teren'ny fitiavan'i Kristy hitondra ny fahazavan'Andriamanitra velona amin'ireo izay tsy mahalala Azy na mandà Azy.*

TOKO FAHAROA

Ny fihaonan'Andriamanitra amin'ny olombelona

50. Ny olombelona, amin'ny alalan'ny saina voa-Janahary, dia afaka mahalala marina an'Andriamanitra, miainga avy amin'ireo tsanganasany. Kanefa misy fahalalana hafa izay tsy mety ho takatry ny olombelona mihitsy amin'ny herin'ny tenany ihany, dia ny Fanambaràn'Andriamanitra³. Avy amin'ny fanapahan-kevitr'Andriamanitra an-kalalahana tanteraka no anambaràny sy anolorany ny Tenany amin'ny olombelona. Manao izany Izy amin'ny fanambaràny ny misteriny, ny fandaharany feno fitiavana izay novolavolainy hatrizay hatrizay tao amin'i Kristy ho fanasoavana ny olombelona rehetra. Manambara manontolo ny fandaharany Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny Zanany malalany, dia i Jesoa-Kristy Tompontosika, sy ny Fanahy Masina. 36 1066

¹ jer. Kôns. Vatikana I : DS 3026.

² FAA 36.

³ jer. Kôns. Vatikana I : DS 3015.

ANDALANA 1

Ny Fanambaràn'Andriamanitra

I. Andriamanitra manambara ny “fandaharany feno fitiavana”

- 2823 51. “Sitrak’Andriamanitra noho ny fahendreny sy ny hatsaram-pony, ny
1996 manambara ny Tenany sy ny mampahalala ny misterin’ny sitrapony, ka
ahafahan’ny olombelona, amin’ny alalan’i Kristy Teny tonga Nofo,
manatona ny Ray ao amin’ny Fanahy Masina, sy ahatongavany ho
mpiombona anjara amin’ny fomba aman-toetran’Andriamanitra”¹.
52. Tian’Andriamanitra izay “mitoetra ao amin’ny hazavana tsy hay hatonina”
(1 Tim 6,16), ny mampifandray ny fiainana maha-Andriamanitra Azy amin’
ny olombelona noariny an-kalalahana, mba hahatonga azy ireo ho zanaka
natsangana², ao amin’ny Zanany Lahitokana. Sitrak’Andriamanitra amin’ny
fanambaràn’ny Tenany ihany, ny hahatonga ny olombelona rehetra ho afaka
manoina Azy, mahalala Azy ary tia Azy mihoatra noho izay rehetra mety ho
vitan’izy ireo amin’ny herin’ny tenan’izy ireo ihany.
- 1953 53. Ny fandaharan’Andriamanitra momba ny Fanambaràna dia indray tanteraka
1950 “tamin’ny asa sy tamin’ny teny, mifamatotra anaty amin’izy samy izy”³ sy
mifanazava amin’izy samy izy. Misy “fanabeazan’Andriamanitra” manokana
io fandaharany io : Nampahalalainy tsikelikely tamin’ny olombelona izany ;
misy dingana ny nanomanany ny olombelona handray ny Fanambaràna
mihoatra ny natoraly izay nataon’ny Tenany ihany ary tonga tamin’ny fara
tampony tao amin’ny Tenan’ily Teny tonga nofo, dia i Jesoa-Kristy, sy ny
fanirahany Azy.

Miteny imbetsaka i Md Irénée de Lyon, ny momba io fanabeazan’
Andriamanitra io amin’ny endrika fifankazarana eo amin’
Andriamanitra sy ny olombelona : “Nonina tao amin’ny
olombelona ny Tenin’Andriamanitra ary tonga Zanak’olombelona
mba hanazatra ny olombelona hahazo an-tsaina an’Andriamanitra
sy hanazatra an’Andriamanitra honina ao amin’ny olombelona,
araka ny nahim-pon’ny Ray”⁴.

¹ FA 2.

² jer. Efez 1,4-5.

³ FA 2.

⁴ Haer. 3, 20, 2 ; jer. ohatra haer. 3, 17, 1; 4, 12, 4; 4, 21, 3.

II. Ny dingan'ny Fanambaràna

Hatrany am-piandohana no mampahalala ny Tenany Andriamanitra

54. “Andriamanitra izay nahary sy mitahiry ny zava-drehetra amin'ny Teniny, dia manolotra amin'ny olombelona ny fanehoana sesilany ny Tenany, ao amin'ny zavaboary ; noho izy te-hanokatra bebe kokoa ny lalam-pamonjena ambony dia ambony, dia naneho ny Tenany koa Izy, hatrany am-piandohana, tamin'ireo voalohan-drainy aman-drenintsika”¹. Nasainy izy ireo ho amin'ny fiombom-po lalina amin'ny Tenany, tamin'ny nanomezany azy ireo ny fahasoavana amam-pahamarinana mamirapiratra. 32
374
55. Tsy afaka nampitsahatra izany Fanambaràna izany ny fahotana nataon'ireo voalohan-drainy aman-drenintsika. Koa, “taorian'ny fahalavoan'izy ireo, dia nampanantena fanavotana azy ireo Andriamanitra, nanome herim-po mba hananan'izy ireo fanantenam-pamonjena ; nasehony tsy tapaka ny fiahiany ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka, mba hanomezana ny fiainana mandrakizay an'ireo rehetra mikatsaka ny famonjena amin'ny faharetana manao ny tsara”². 397, 410

Nony very fihavanana taminao ny olombelona, tamin'ny fivadihany Taminao, dia tsy navelanao hanjakan'ny fahafatesana izy. (...) Imbetsaka no nanolotra fanekem-pihavanana tamin'izy ireo Ianao”³. 761

Ny fanekem-pihavanana tamin'i Nôe

56. Vantany vao nosarahin'ny fahotana ny firaisan'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka, dia ny hamonjy ny olombelona miainga avy amin'ireo antokony tsirairay voasaratsaraka ireo no voalohany indrindra nokendren' Andriamanitra. Ny fanekem-pihavanana tamin'i Nôe taorian'ny safo-drano⁴ no maneho ny fototry ny Fitantanam-pamonjen' Andriamanitra ny “firenena” rehetra, izany hoe amin'ny olombelona voangona “ao amin'ny fireneny, araka ny fiteniny avy, sy araka ny fokom-pireneny avy” (Jen 10,5)⁵. 401
1219
57. Izany fandaminana izany, izay sady mahakasika an'izao tontolo izao voarindra no mahakasika ny fiaraha-monina sy ny fivavahan'ny ankamaroan' ny firenena⁶, dia natao hametra ny avonavon'ny olombelona lavo, izay miombon-kevitra ao anatin'ny faharatsiany⁷, ka mitady ny firaisany noho ny

¹ FA 3.

² FA 3.

³ MR, vavaka fisaorana faha-IV, 118.

⁴ jer. Jen 9,9.

⁵ jer. Jen 10,20-31.

⁶ jer. Asa 17,26-27.

⁷ jer. Fah 10,5.

herin'ny tenany ihany araka ny fomban'i Babela¹. Noho ny fahotana² anefa, ny fanompoana andriamanitra maro, ary koa ny fanompoan-tsampin'ny vahoaka sy ny filohany, dia mandrahona tsy an-kijanona an'io fitantanam-pamonjena vonjimaika io, amin'ny haratsiam-panahin'ny jentily.

674 58. Manan-kery ny fanekem-pihavanana natao tamin'i Nôe, raha mbola mandia manerana an'izao tontolo izao. Hajain'ny Baiboly ny sasany amin'ireo olomanga teo amin'ny “firenena”, tahaka an'i “Abela ilay marina”, i Melkisedeka⁴ mpanjaka sady mpisorona izay tandindon'i Kristy⁵ na ireo olomarina tahaka an-dry “Nôe, Daniela ary Jôba” (Ezek 14,14). Araka izany, asehon'ny Soratra Masina ny fahambonian'ny fahamarinana mety ho tratran' 2569 izay miaina araka ny fanekem-pihavanana tamin'i Nôe, eo am-piandrasana an'i Kristy “hanangona ho antokony iray ny zanak'Andriamanitra rehetra efa niparitaka” (Jo 11,52).

Nifidy an'i Abrahama Andriamanitra

145, 2570 59. Mba hanangonana ny olombelona rehetra niparitaka, dia nifidy an'i Abrama Andriamanitra ary niantso azy “handao ny tanindrazany, ny havany ary ny tranony” (Jen 12,1) mba hahatonga azy ho Abrahama, izany hoe “rain'ny firenena tsy hita isa” (Jen 17,5) : “Aminao no hanasoavana ny firenena rehetra ambonin'ny tany” (Jen 12,3 - dikan-tenin'ny Fitopololahy - LXX)⁶.

760 60. Ny vahoaka taranak'i Abrahama no mpandova ny fampanantenana natao tamin'ireo patriarka ; izy ireo no ilay vahoaka voafidy⁷, nantsoina hanomana ny famondronana ny zanak'Andriamanitra rehetra ho iray ao anatin'ny 762, 781 Fiangonana, indray andro any⁸ ; izy no ho fototra anaovana grefy ny tsy mpino ho tonga mpino⁹.

61. Ny patriarka sy ny mpaminany ary ireo olona sasany ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nohajaina ary hohajaina lalandava toy ny olomasina ao amin'ny lovam-pampianarana litorzika manontolo an'ny Fiangonana.

¹ jer. Jen 11,4-6.

² jer. Rôm 1,18-25.

³ jer. Lk 21,24.

⁴ jer. Jen 14,18.

⁵ jer. Heb 7,3.

⁶ jer. Gal 3,8.

⁷ jer. Rôm 11,28.

⁸ jer. Jo 11,52; 10,16.

⁹ jer. Rôm 11,17-18.24.

Nanabe an'i Israely vahoakany Andriamanitra

62. Taorian'ireo patriarka, namorona an'i Israely ho vahoakany Andriamanitra, tamin'ny namonjeny azy ho afaka tamin'ny fanandevozana tao Ejipta. Nanao fanekem-pihavanana taminy teo Sinaia Izy ary nanome azy ny lalàny tamin'ny alalan'i Môizy, mba hahalalany Azy sy hanompoany Azy ho hany Andriamanitra velona sy marina, Ray mpiahy sy mpitsara marina, ary mba hiandrasany an'ilay Mpamonjy nampanantenaina¹. 2060, 2574
1961
63. I Israely no vahoaka mpisoron'Andriamanitra², ilay “mitondra ny anaran'ny Tompo” (Det 28,10). Izy no vahoaka amin'ireo “izay voalohany nitenenan'Andriamanitra”³, ilay “zoky lahimatoa” amin'ny finoan'i Abrahamà⁴. 204, 2801
839
64. Tamin'ny alalan'ny mpaminany Andriamanitra no nanabe ny vahoakany tao anatin'ny fanantenam-pamonjena, teo am-piandrasana ny Fanekem-pihavanana vaovao sady mandrakizay natokana ho an'ny olombelona rehetra⁵, ary hosoratana ao am-po⁶. Nolazain'ny mpaminany ny fanavotana tanteraka ny Vahoakan'Andriamanitra, ny fanadiovana ny fivadibadihany rehetra⁷, fanavotana izay hatao ho an'ny firenen-drehetra⁸. Ny mahantra sy ny olon-tsotran'ny Tompo⁹ indrindra no hitondra izany fanantenana izany. Ireo vehivavy masina toa an'i Sarà, Rebekà, Rasely, Miriama, Debôrà, Ana, Jodita ary Estera no nitahiry tsy ho faty ny fanantenam-pamonjena an'i Israely. I Maria no endrika tsy misy pentina indrindra amin'izany¹⁰. 711
1965
489

III. I Kristy Jesoa - “Mpanelanelana sy Hafenoan'ny Fanambaràna manontolo”¹¹

Voalazan'Andriamanitra avokoa ao amin'ny Teniny ny zavatra rehetra.

65. “Fahiny, tamin'ny fotoana sy fomba samihafa, dia efa niteny tamin'ny vavan'ny mpaminany Andriamanitra ; fa amin'izao andro farany izao kosa indray, dia tamin'ny Zanany no nitenenany tamintsika” (Heb 1,1-2). I Kristy, Zanak'Andriamanitra tonga olombelona, no Ilay Teny tokan'ny Ray, 102

¹ jer. FA 3.

² jer. Eks 19,6.

³ MR, Zomà Masina 13 : ranombavaky ny mpino VI.

⁴ jer. Joany Paoly II, « Allc. nella sinagoga », 4.

⁵ jer. Iz 2,2-4.

⁶ jer. Jer 31,31-34; Heb 10,16.

⁷ jer. Ezek 36.

⁸ jer. Iz 49,5-6; 53,11.

⁹ jer. Sôf 2,3.

¹⁰ jer. Lk 1,38.

¹¹ FA 2.

lavorary sy tsy misy mahasongona. Ao Aminy no ilazan'ny Ray ny zavatra rehetra, ary tsy hisy teny hafa afa-tsy ireo. I Md Jean de la Croix, taorian' ireo hafa maro be, dia nilaza izany tamin'ny fomba mazava raha namelabelatra an'io taratasy ho an'ny Hebrio 1,1-2 io :

516 Hatramin'ny nanomezan'Andriamanitra antsika ny Zanany, izay Teniny, dia
2717 tsy manana teny hafa homena antsika Andriamanitra. Indray mandeha ihany
no nilazany izany manontolo tamintsika ny amin'io Teniny tokana io ary tsy
misy na inona na inona intsony holazainy ; satria izay nolazainy ampahany
tamin'ireo mpaminany, dia nambarany manontolo tamin'ny Zanany, amin'ny
nanomezany antsika ny maha-izy manontolo ny Zanany. Noho izany, izay te
hanontany Azy amin'izao fotoana izao, na maniry fahitana na fanambaràna,
dia tsy vitan'ny hoe manao hadalàna fotsiny, fa maniratsira an'Andriamanitra,
satria tsy mampifantoka ny masonry ao amin'i Kristy irery fa mitady zavatra
hafa na zava-baovao¹.

Tsy hisy intsony Fanambaràna hafa

66. “Ny Fitantanam-pamonjena kristianina, amin'ny maha-Fanekem-pihavanana Vaovao sady mandrakizay izany, dia tsy ho levona na oviana na oviana, koa tsy hisy na iray aza fanambaràna vaovao ampahibemaso, andrasana alohan' ny fisehoan'i Jesoa-Kristy Tompontsika amim-boninahitra”². Kanefa, na tomombana aza ny Fanambaràna, dia tsy mbola miharihary tanteraka izany ;
94 anjaran'ny finoana kristianina ny mandray tsikelikely amin'izany ny vokatra rehetra mandritra ny taonjato mifandimby.

67. Nanaraka ny fifandimbiasan'ny taonjato maro, dia nisy ny fanambaràna antsoina hoe “manokana”, izay ny sasantsasany tamin'ireny no nankatoavina ho marina tamin'ny
84 alalan'ny fahefan'ny Fiangonana. Tsy anisan'ny raki-pinoana anefa izy ireny. Tsy ny “hanatsara” na “hameno” ny Fanambaràna raikitra notanterahin'i Kristy tsy akory no anjara asany, fa ny hanampy hiaina izany bebe kokoa tamin'ny fotoana sasantsasany
93 teo amin'ny tantara. Tantan'ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana ny sain'ny mpino, ka mahay manavaka sy mandray izay antso marina an'i Kristy na ny olomasiny ao amin'ny Fiangonana, raketin'ireny fanambaràna ireny.

Tsy azon'ny finoana kristianina ekena ny “fanambaràna” izay mihambo hisongona na hanitsy ny Fanambaràna izay i Kristy no fanaperana. Toe-javatra fahita izany any amin'ny antokom-pinoana tsy kristianina sasantsasany ary koa any amin'ny sekta sasantsasany izay miorina amin'ny “fanambaràna” toy izany.

FAMINTINANA

68. *Noho ny fitiavana, dia nanambara ny Tenany sy nanolotra ny Tenany tamin'ny olombelona Andriamanitra. Amin'izany Izy no manome ny valin-*

¹ Carm. 2,22.

² FA 4.

teny raikitra sy mihoatra lavitra noho izay fanontaniana apetraky ny olombelona momba ny hevitra sy ny tanjon'ny fiainany.

69. *Nanambara ny Tenany tamin'ny olombelona Andriamanitra, amin'ny fampahalalana tsikelikely taminy ny misteriny manokana, tamin'ny alalan'ny asa sy tamin'ny alalan'ny teny.*
70. *Ankoatra ny porofo izay omen'ny Tenan'Izy Andriamanitra ao amin'ireo zavaboary, dia naneho ny Tenany ihany koa Izy tamin'ireo voalohan-dray aman-drenintsika. Niresaka tamin'izy ireo Izy, ary taorian'ny fahalavoana dia nampanantena famonjena¹ tamin'izy ireo sy nanolotra ny fanekem-pihavanany tamin'izy ireo.*
71. *Nanao fanekem-pihavanana mandrakizay teo Aminy sy ny zavamananaina rehetra niaraka tamin'i Nôe, Andriamanitra². Hararitra izany, hatramin'ny faran'izao tontolo izao.*
72. *Nifidy an'i Abrahama Andriamanitra ary nanao fanekem-pihavanana taminy sy tamin'ny taranany. Nanabe ny vahoakany tamin'izany Izy, izay nanambaràny ny lalànany tamin'ny alalan'i Môizy. Nanomana azy ireo tamin'ny alalan'ny mpaminany Izy, mba handray ny famonjena natokana ho an'ny olombelona rehetra.*
73. *Nanambara manontolo ny Tenany Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny tena Zanany, Ilay nanorenany ny Fanekem-pihavanana mandrakizay. Izy io no Tenin'ny Ray farany, ka tsy hisy Fanambaràna hafa intsony aoriany.*

ANDALANA 2

Ny fampitana ny Fanambaràn'Andriamanitra

74. “Tian'Andriamanitra ny hahavoavonjy ny olona rehetra, sy ny hahatongavany amin'ny fahalalana ny marina” (1 Tim 2,4), izany hoe i Kristy Jesoa³. Noho izany, tokony hotorina amin'ny firenena rehetra sy amin'ny olombelona rehetra i Kristy, ka amin'izany no ho tonga manerana ny vazantany rehetra ny Fanambaràna :

¹ jer. Jen 3,15.

² jer. Jen 9,16.

³ jer. Jo 14,6.

Nalamin'Andriamanitra tamin-kamoram-po lehibe io Fanambaràna nomena ho famonjena ny firenena rehetra io, mba ho voatahiry lalandava amin'ny fahamarinany tsy misy tomika, ary mba hampitaina amin'ny taranaka rehetra mifandimby¹.

I. Ny Lovam-pampianarana avy amin'ny apôstôly

75. “I Kristy Tompo izay ao Aminy no tomombana ny Fanambaràna manontolo nataon'Andriamanitra Avo Indrindra, ka ny Tenany ihany no nanatanteraka ary ny vavany mihitsy no nitory ny Evanjely nampanantenaina mialoha tamin'ny alalan'ny Mpaminany, dia nanome baiko ny Apôstôliny hitory izany amin'ny olona rehetra ho loharanon'ny fahamarinana mahavonjy rehetra sy ny fitsipika môraly rehetra, amin'ny fampitana amin'izy ireo ny fanomezan'Andriamanitra”².

Ny toritenin'ny apôstôly ...

76. Ny fampitana ny Evanjely, araka ny baikon'ny Tompo, dia natao tamin'ny fomba anankiroa :

Am-bava : “avy amin'ireo apôstôly izay nampita tamin'ny fitoriana am-bava, tamin'ny oha-piainana mbamin'ny fandaminana naoriny ; izao no nampitain'izy ireo tamin'izany : na izay nianaran'izy ireo tamin'ny teny naloakan'ny vavan'i Kristy ka niainan'izy ireo niaraka Taminy, sy tamin'ny nahitan'izy ireo Azy nanao izany ; na izay noraisin'izy ireo avy tamin'ny torohevitra ny Fanahy Masina”;

An-tsoratra : “avy amin'ireo apôstôly ireo sy ireo lehilahy nanodidina azy, izay nandrakitra an-tsoratra ny hafa-pamonjena, mbola teo ambany fitsilovan'ny Fanahy Masina ihany koa”³.

... nitohy teo amin'ny fifandimbiasana maha-apôstôly

77. “Mba ho voatahiry lalandava tsy misy nanombinana sy mba ho velona ao amin'ny Fiangonana ny Evanjely, dia namela ny Erika ho dimbin'izy ireo ny apôstôly, ka ireo no "namindrany ny adidim-pampianarana nosahaniny”⁴. Noho izany, “ny toritenin'ny apôstôly izay voavelabelatra tamin'ny fomba manokana ao amin'ireo boky avy amin'ny fitsilovan'Andriamanitra, dia tsy maintsy tahirizina amin'ny alalan'ny fifandimbiasana tsy tapaka mandrapahatapitry ny fotoana rehetra”⁵.

¹ FA 7.

² FA 7.

³ FA 7.

⁴ FA 7.

⁵ FA 8.

78. Izany fampitam-pampianarana velona, tanteraka ao amin'ny Fanahy Masina izany, no antsoina hoe Lovam-pampianarana, noho izy miavaka amin'ny Soratra Masina, na dia mifamatotra mafy aminy aza. Amin'ny alalany “ny Fiangonana no mampaharitra tsy tapaka ny fitambaram-pampianarany, ny fiainany ary ny fanompoany ara-pivavahana, sy mampita amin'ny taranaka mifandimby izay rehetra maha-izy azy, izay rehetra inoany”¹. “Manamarina ny fisiana manan-kerin'io Lovam-pampianarana io ny fampianaran'ny Aba masina, ka ny harena avy amin'izany dia miampita eo amin'ny fanaovana ny asa mbamin'ny fiainan'ny Fiangonana izay mino sy mivavaka”². 174
1124, 2651

79. Araka izany, ny fifandraisana nataon'ny Tenan'Izy Ray ihany tamin'ny alalan'ny Teniny ao amin'ny Fanahy Masina, dia misy lalandava eo amin'ny Fiangonana sy miasa ao aminy : “Andriamanitra izay niteny fahiny dia tsy mitsahatra miresaka amin'ny Vadin'ny Zanany malalany, ary ny Fanahy Masina, izay mampanako ny feo velon'ny Evanjely ao amin'ny Fiangonana, ary amin'ny alalan'ny Fiangonana mampanako izany eo amin'izao tontolo izao, dia mampiditra ny mpino amin'ny marina rehetra sy mampitoetra be dia be ny tenin'i Kristy ao amin'izy ireo”³.

II. Ny fifandraisan'ny Lovam-pampianarana sy ny Soratra Masina

Iray loharano nipoirana ...

80. “Mifaningotra sy mifandray lalina izy roa tonta. Satria samy avy amin' Andriamanitra iray ihany ny loharano ipoiran'izy ireo, ka azo lazaina hoe mitambatra ho iray ary miroso ho amin'ny zava-kinendry tokana”⁴. Samy maneho sy mampamokatra ao amin'ny Fiangonana ny misterin'i Kristy izay nampanantena fa eo amin'ny mpianany “mandrakariva, ambara-pahatongan' ny faran'izao tontolo izao” (Mt 28,20), izy roa tonta.

... fomba fampitana roa miavaka tsara

81. “Tenin' Andriamanitra ny Soratra Masina, ka tamin'ny fitsilovan'ny Fanahin' Andriamanitra no nahatonga azy ho voarakitra an-tsoratra”.

“Ny Lovam-pampianarana Masina kosa, dia mirakitra ny Tenin'Andriamanitra nankinin'i Kristy Tompo sy ny Fanahy Masina tamin'ireo apôstôly, sy mampita izany manontolo amin'ny dimbin'izy ireo, mba hitahirizan'izy ireo izany, hanazavan' 113

¹ FA 8.

² FA 8.

³ FA 8.

⁴ FA 9.

izy ireo izany ary hampielezan'izy ireo izany tsy misy mivaona, noho ny fitsilovan' ny Fanahin'ny fahamarinana amin'ny fitoriana izany"¹.

82. Vokatry'izany, ny Fiangonana izay nanankinana ny fampitana sy ny fanazavana ny Fanambaràna, dia "tsy mamoaaka avy amin'ny Soratra Masina irery ihany ny zavatra azony antoka fa marina ny amin'ny lafiny rehetra raketin'ny Fanambaràna. Izany indrindra no tsy maintsy andraisana sy anajana azy roa tonta amin'ny fitiavana sy ny fanajana mitovy tsy misy valaka"².

Lovam-pampianarana avy amin'ny apôstôly sy lovam-pampianarana avy amin'ny Fiangonana

83. Ny Lovam-pampianarana fototry ny resaka ataontsika eto dia ny avy amin'ireo apôstôly, ka mampita an'izay noraisin'izy ireo avy amin'ny fampianarana sy avy amin'ny oha-piainan'i Jesoa sy izay nianaran'izy ireo tamin'ny Fanahy Masina. Araka izany, tsy mbola nanana ny Testamenta Vaovao voasoratra ireo kristianina tany am-boalohany, fa ny Testamenta Vaovao ihany no manamarina ny fizotran'ny Lovam-pampianarana velona.

1202
2041, 2684

Tsy maintsy avahana amin'izany anefa ireo "lovam-pampianarana" ara-teôlôjia, ara-pitsipi-pifehezana, ara-litorzia na ara-pitiavam-bavaka, izay nipoitra teny ampakivakiana ny taona nifandimby tao amin'ireo Fiangonana teo an-toerana. Ireny no anisan'ny endrika manokana izay nandraisan'ny Lovam-pampianarana fototra, ny fomba fiteny namboarina ho sahaza ny toeran-tsamihafa sy ny fotoan-tsamihafa. Avy amin'ny fitsilovan'io Lovam-pampianarana fototra io no mety itanana, anitsiana na anariana ireny lovam-pampianarana tany amin'ny Fiangonana teo an-toerana ireny, eo ambany fitarihan'ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana.

III. Ny fivoasana ny lovam-pinoana

Ny lovam-pinoana nankinina amin'ny Fiangonana manontolo

- 857, 871
84. "Ny lova masina"³ momba ny finoana (*depositum fidei*) voarakitra ao amin'ny Lovam-pampianarana Masina sy ao amin'ny Soratra Masina dia nankinin'ireo apôstôly tamin'ny Fiangonana manontolo. "Eo am-pifikirana amin'izany lova izany ny vahoaka masina manontolo miray amin'ny mpitondra azy ireo, no maharitra tsy mivadika amin'ny fampianaran'ny apôstôly sy amin'ny fiombonana maha-mpiray tam-po ara-pinoana, amin'ny famakiana ny mofa sy amin'ny fivavahana, hany ka eo am-pifikirana sy am-pampiharana ary am-panehoana ampahibemaso ny finoana nampitaina, no iorenan'ny fiombonan-
- 2033

¹ FA 9.

² *Ibid.*

³ jer. 1 Tim 6,20; 2 Tim 1,12-14.

tsaina amam-panahy manokana eo amin'ny mpitondra Fiangonana sy ny mpino"¹.

Ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana

85. “Ny adidy aman'andraikitra hivaofy amin'ny tena heviny marina ny Tenin' Andriamanitra voasoratra na nampitaina am-bava, dia nankinina irery ihany amin'ny Toniam-pampianarana velon'ny Fiangonana, ka amin'ny anaran'i Jesoa-Kristy no ampiasan'ny mpitondra mahefa izany”², izany hoe ireo Eveka miombona amin'ny dimbin'i Piera, Evekan'i Rôma. 888-892 2032,2040
86. “Saingy tsy ambony noho ny Tenin'Andriamanitra io Toniam-pampianarana io, fa manompo azy, ary tsy mampianatra afa-tsy izay nampitaina ihany, satria noho ny didin'Andriamanitra, ombàn'ny fanampian'ny Fanahy Masina, dia mihaino an'io Tenin'Andriamanitra io amim-pitiavana, mitandrina azy amim-pahasinanana, mamelabelatra azy amim-pahamarinana ny Toniam-pampianarana, ary manovo avy amin'io tahirim-pinoana tokana io izay rehetra natolotra inoana satria nambaran'Andriamanitra”³. 688
87. Ny mpino, eo am-pahatsiarovana ny tenin'i Kristy tamin'ny apôstôliny hoe : “Izay mihaino anareo, mihaino Ahy” (Lk 10,16)⁴, dia mandray amim-pankatoavana ny fampianarana sy ny torolalana izay omen'ny mpitondra azy ireo amin'ny endrika samy hafa. 1548 2037

Ny teny finoana

88. Mampiasa manontolo ny fahefana noraisina tamin'i Kristy ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana, rahefa mamaritra teny finoana, izany hoe rahefa manolotra ireo marina raketin'ny Fanambaràn'Andriamanitra, amin'ny fomba mandidy ny vahoaka kristianina hifikitra sy tsy hivadika amin'ny finoana, na rahefa manolotra ireo marina ilaina ambara izay mifamatotra amin'ny marina raketin'ny Fanambaràn'Andriamanitra. 888-892 2032-2040
89. Misy fifamatorana mafy ny fiainantsika ara-panahy sy ny teny finoana. Ny teny finoana no fahazavana eny an-dalan'ny finoantsika, izy no manazava izany sy mahatonga ny dia ho azo antoka. Raha ampifamadihana ny fomba filaza azy, dia hoe : raha mahitsy ny fiainantsika, dia hisokatra ny saintsika sy ny fontsika handray ny fahazavana avy amin'ny teny finoana⁵. 2625

¹ FA 10.

² FA 10.

³ FA 10.

⁴ jer. FF 20.

⁵ jer. Jo 8,31-32.

114,158
234 90. Mety ho hita ao amin'ny fitambaran'ny Fanambaràna ny misterin'i Kristy, ny fifamatorana sy ny fifampitohizan'ny teny finoana¹. Koa, tsara tadidiana fa "ny maha-samihafa ny fifandraisan'izy ireny amin'ny fototry ny finoana kristianina dia manamarika laharana na "ambaratongam"-pahamarinan'ny fitambaram-pampianarana katôlika"².

Ny hevi-pinoana mihoatra ny fahatakarana-tsain'olombelona

737 91. Manana anjara amin'ny fahazoana an-tsaina sy amin'ny fampitana ny marina nambara, ny mpino rehetra. Nandray ny fanosoran'ny Fanahy Masina izy ireo, izay mampianatra azy ireo³ sy mitari-dalana azy ireo "amin'ny marina rehetra" (Jo 16,13).

785 92. "Tsy mety ho diso amin'ny finoana, ny fitambaramben'ny mpino (...), ary mampiseho izany sâtany izany amin'ny alalan'ny hevi-pinoana mihoatra ny fahatakarana-tsain'olombelona, izay an'ny vahoaka manontolo "manomboka amin'ny Eveka ka hatramin'izay farany amin'ireo mpino lahika", rahefa milaza ny faneken'ny daholobe ny marina momba ny finoana sy ny fomba fiainana amam-pitondran-tena izy"⁴.

889 93. "Noho izany hevi-pinoana izany izay fohazin'ny Fanahin'ny fahamarinana sy tohanany, sy eo ambany fitarihan'ny Toniam-pampianarana masina, (...) dia miraiki-po amim-paharetana lalandava amin'ny finoana nampitaina indray mandeha ihany tamin'ny olomasina ny Vahoakan'Andriamanitra, sy mandalina izany bebe kokoa eo am-pivoasana tsara izany, ary mampihatra izany eo amin'ny fiainany amin'ny fomba lavorary kokoa"⁵.

Ny fitomboana amin'ny fahalalana ny finoana

66 94. Noho ny fanampian'ny Fanahy Masina, dia afaka mitombo ao amin'ny fiainan'ny Fiangonana ny fahalalana ny zava-misy toy ireo teny amin'ny lovam-pinoana :
2651 – "amin'ny alalan'ny fibanjinan'ny mpino sy ny fianarany, ka ao am-pon' izy ireo no andiniany izany"⁶ ; singanina manokana "ny fikarohana ara-teôlôjia izay mandalina ny fahalalana ny marina nambara"⁷ ;

¹ jer. Kôns. Vatikana I : DS 3016 : nexus mysteriorum ; FF 25.

² EK 11.

³ jer. 1 Jo 2,20.27.

⁴ jer. FF 12.

⁵ FF 12.

⁶ FA 8

⁷ FAA 62, § 7; jer. koa 44, § 2; FA 23; 24; EK 4.

- “amin’ny alalan’ny fahazavan-tsaina ao anaty izay ahatsapan’ny mpino ny zavatra ara-panahy”¹ ; “miara-mitombo ny Tenin’Andriamanitra sy izay mamaky azy”² ;
 - “amin’ny alalan’ny fitorian-tenin’ireo izay mandray ny fanomezam-pahasoavana azo antoka momba ny fahamarinana, miaraka amin’ny fifandimbiasan’ny maha-eveka”³.
95. “Mazava àry fa ny Lovam-pampianarana Masina, ny Soratra Masina ary ny Toniam-pampianaran’ny Fiangonana, amin’ny alalan’ny fandaminana araka ny tena fahendren’Andriamanitra, dia mifamatotra sy mifampiankina tokoa amin’izy samy izy, hany ka tsy misy amin’ireo singam-pampianarana ireo maharitra raha tsy eo ny hafa, ary izy rehetra miaraka, samy araka ny fomban’ny tsirairay avy, noho ny asan’ny Fanahy Masina iray ihany, dia manampy amim-pomba mandaitra amin’ny famonjena ny fanahy”⁴.

FAMINTINANA

96. *Izay nankinin’i Kristy tamin’ny apôstôly, dia nampitain’izy ireo tamin’ny toriteniny sy tamin’ny soratra, teo ambany fitsilovan’ny Fanahy Masina, ho an’ny taranaka rehetra mifandimby, mandra-piverin’i Kristy amim-boninahitra.*
97. *“Ny Lovam-pampianarana Masina sy ny Soratra Masina no manorina ny tahiry tokana masin’ny Tenin’Andriamanitra”⁵, izay amin’izany, toy ny eo amin’ny fitaratra, no ibanjinan’ny Fiangonana mivahiny eto an-tany an’Andriamanitra, loharanon-karen’ny teniny rehetra.*
98. *“Amin’ny fitambaram-pampianarany, amin’ny fiainany ary amin’ny fanompoany ara-pivavahana ny Fiangonana no mampaharitra lalandava sy mampita amin’ny taranaka tsirairay avy, izay rehetra maha-izy azy sy izay rehetra inoany”⁶.*
99. *Noho ny hevi-pinoana mihoatra ny fahatakarana-tsain’olombelona, ny Vahoakan’Andriamanitra manontolo dia tsy mitsahatra mandray ny fanomezan’ny Fanambaràn’Andriamanitra, miditra ao amin’izany lalindalina kokoa ary mivelona amin’izany manontolo.*

¹ FA 8.

² Md Grégoire le Grand, hom. Ez. 1, 7, 8.

³ FA 8.

⁴ FA 10, § 3.

⁵ FA 10.

⁶ FA 8.

100. *Ny fiadidiana hivaofy amim-pahamarinana ny Tenin'Andriamanitra dia nankinina irery ihany amin'ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana, amin'ny Papa sy amin'ireo Eveka miombona aminy.*

ANDALANA 3

Ny Soratra Masina

I. I Kristy – Teny tokan'ny Soratra Masina

101. Ao anatin'ny fahambonian'ny hatsaram-panahiny Andriamanitra no miteny amin'ny fitenin'olombelona, mba hanambaràny ny Tenany amin'ny olombelona : “Satria, ny Tenin'Andriamanitra voambara amin'ny fitenin'olombelona dia lasa nisy fifanahafana amin'ny tenin'olombelona, tahaka ny nahatonga ho mitovy amin'ny olombelona ny Tenin'ny Ray mandrakizay, rahefa nitafy ny nofon'ny fahalementsika Izy”¹.

65, 2763 102. Tsy milaza afa-tsy Teny iray Andriamanitra, amin'ny teny rehetra ao amin'ny Soratra Masina, dia ny Teniny tokana izay ao Aminy no ilazany ny Tenany manontolo² :

426-429 Tsarovinareo, fa iray ihany ny Tenin'Andriamanitra izay voavelabelatra ao anatin'ny Soratra Masina manontolo, satria iray ihany ny Teny izay manako ao am-bavan'ny mpanoratra masina rehetra, dia Ilay Andriamanitra ao amin'Andriamanitra hatrany am-boalohany, tsy mila vaninteny satria tsy voafehin'ny fotoana³.

1100, 1184 1378 103. Noho izany antony izany, hajain'ny Fiangonana lalandava ny Soratra Masin'Andriamanitra, tahaka ny hanajany koa ny Vatan'ny Tompo. Tsy mitsahatra izy manolotra ho an'ny mpino ny Mofon'aina raisiny eo amin'ny Latabatry ny Tenin'Andriamanitra sy ny Vatan'i Kristy⁴.

104. Ao amin'ny Soratra Masina no ahitan'ny Fiangonana tsy an-kijanona ny sakafony sy ny heriny⁵, satria amin'ny Fiangonana dia tsy raisiny ho tenin'olombelona fotsiny ny Soratra Masina, fa izay tena maha-izy azy : Tenin'Andriamanitra⁶. “Noho izany, ao amin'ny Boky Masina no ahatongavan'ny

¹ FA 13.

² jer. Heb 1,1-3.

³ Md Augustin, Psal. 103, 4, 1.

⁴ jer. FA 21.

⁵ jer. FA 24.

⁶ jer. 1 Tes 2,13.

Ray izay any an-danitra amim-pitiavana eo anoloan'ny zanany sy iresahany amin'izy ireo"¹.

II. Fitsilovana sy fahamarinan'ny Soratra Masina

105. *Andriamanitra no Mpamorona ny Soratra Masina*. “Ny fahamarinana nambaran'Andriamanitra, izay ao amin'ny bokin'ny Soratra Masina sy atolony, dia voarakitra an-tsoratra teo ambanin'ny fitsilovan'ny Fanahy Masina”.

“Mihevitra ny Fiangonana Masina Renintsika, noho ny finoany avy amin'ny apôstôly, fa masina sy ara-pitsipi-pinoana ny boky rehetra na ny Testamenta Taloha na ny Testamenta Vaovao, miaraka amin'ny fizarazarana rehetra ao aminy, satria manana an'Andriamanitra ho tompon-tsoratra izy ireo, noho izy ireo voasoratra teo ambany fitsilovan'ny Fanahy Masina, ary toy izany hatrany no nampitàna azy ireo tao amin'ny Fiangonana”².

106. *Andriamanitra no nitsilo ny sain'olombelona mpanoratra ny Boky Masina*. “Mba hamoronana ireny boky masina ireny, dia nifidy olona afaka nampiasa feno sy manontolo ny fahaizana amam-pahalalan'izy ireo sy ny fahafahan'izy ireo Andriamanitra, ka ny Tenany rahateo ihany no niasa tao amin'izy ireo sy tamin'ny alalan'izy ireo, mba hametrahan'izy ireo an-tsoratra, amin'ny maha-mpanoratra marina tokoa azy ireo, izay rehetra nifanaraka tamin'ny fanirian'Izy Mpitsilo, ary dia izay ihany”³.

107. *Mampianatra ny marina ny boky avy amin'ny fitsilovan'ny Fanahy Masina*. “Satria ny filazana marina rehetra ataon'ny mpanoratra nahazo fitsilovana na koa hoe mpanoratra masina, dia tsy maintsy tănana fa filazana marina avy amin'ny Fanahy Masina, ka noho izany, tsy maintsy ambara fa ny bokin'ny Soratra Masina dia mampianatra amin'ny fomba hentitra, araka ny tena izy ary tsy misy diso, ny marina izay sitrak'Andriamanitra ho voarakitra an-tsoratra ao amin'ny Taratasy masina momba ny famonjena antsika”⁴.

702

108. Saingy “tsy fivavaham-Boky” ny finoana kristianina, fa fivavahan'ny “Tenin'”Andriamanitra, “tsy avy amin'ny teny voasoratra sy moana, fa avy amin'ny Teny tonga nofo sy velona”⁵. Mba tsy hijanona ho soratra maty ny Soratra Masina, dia tsy maintsy i Kristy, Teny mandrakizain'Andriamanitra

¹ FA 21.

² FA 11.

³ FA 11.

⁴ FA 11.

⁵ Md Bernard, hom. miss. 4, 11.

velona, no “manokatra ny saina amam-pahalalantsika hahafantatra ny Soratra Masina”¹, amin’ny alalan’ny Fanahy Masina.

III. Ny Fanahy Masina, mpivaofy ny Soratra Masina

109. Ao amin’ny Soratra Masina, miteny amin’ny olombelona araka ny fomban’ olombelona Andriamanitra. Mba hivoasana tsara ny Soratra Masina, tsy maintsy tandremana izany izay noheverin’ny olombelona mpanoratra hambara marina sy izay tena sitrak’Andriamanitra haseho antsika amin’ny alalan’ny tenin’izy ireo².

110. Mba hahatakarana ny *hevitra ny mpanoratra masina*, dia tsy maintsy dinihina ny fomba fiainana tamin’ny androny sy ny fomba fisainany, ny “karazan-dahatsoratra” fampiasa tamin’izany fotoana izany, ny fomba fahatsapana, fiteny ary fitantara nahazatra tamin’izany fotoana izany. “Satria tsy mitovy ny fomba fanehoana sy filazana ny marina amin’ny lahatsoratra samihafa momba ny tantara, amin’ny lahatsoratra momba ny faminania, na momba ny aingam-panahy, na koa amin’ny karazana fanehoan-kevitra hafa”³.

111. Fa noho ny Soratra Masina avy amin’ny fitsilovan’ny Fanahy Masina, dia misy fitsipika fototra hafa enti-mivaofy azy marina, izay tsy latsa-danja noho ilay tetsy aloha, ary raha tsy misy azy, hijanona ho taratasy maty ny Soratra Masina : “Tsy maintsy vakina sy voasana eo ambany fahazavan’ily Fanahy nampanoratra azy ny Soratra Masina”⁴.

Foto-piheverana telo no atoron’ny Kônsily Vatikana II amin’ny fivoasana ny Soratra Masina mifanaraka amin’ny hevitra ny Fanahy izay nitsilo azy⁵ :

128 112. 1. *Tandremana fatratra aloha* “ny zava-boarakitra sy ny maha-tokana ny Soratra Masina manontolo”. Satria, na samy hafa toy inona aza ny boky nanoratana azy, dia iray ny Soratra Masina noho ny maha-tokana ny 368 fandaharan’Andriamanitra, izay i Kristy Jesoa no ivo sy fo, nisokatra nanomboka tamin’ny Pakany⁶.

Ny fon’i⁷ Kristy no mampiseho ny Soratra Masina ary ny Soratra Masina no mampahafantatra ny fon’i Kristy. Nikatona io fo io talohan’ny fijaliana satria maizina ny Soratra tamin’izany. Fa nisokatra ny Soratra taorian’ny fijaliana,

¹ Lk 24,45.

² jer. FA 12, § 1.

³ FA 12, § 2.

⁴ FA 12, § 3.

⁵ jer. FA 12, § 3.

⁶ jer. Lk 24,25-27,44-46.

⁷ jer. Sal 22,15.

satria hatramin'izao ireo izay manam-pahalalana dia mamakafaka sy mandanjalanja hoe : amin'ny fomba ahoana no tsy maintsy ivoasana ny teny faminaniana¹.

113. 2. *Avy eo mamaky ny Soratra Masina ao amin' "ny Lovam-pampianarana velon'ny Fiangonana manontolo"*. Araka ny fombam-pitenenana iray nataon' ny Aba, dia ao am-pon'ny Fiangonana no tsara kokoa amakiana ny Soratra Masina, toy izay amin'ny fitaovana fampitana ny heviny². Satria, entin'ny Fiangonana ao amin'ny Lovam-pampianarany ny fahatsiarovana velon'ny Tenin'Andriamanitra, ary dia ny Fanahy Masina no manome azy ny fivoasana ara-panahy ny Soratra Masina ("... araka ny hevitra ara-panahy izay atolotry ny Fanahy Masina ny Fiangonana"³). 81
114. 3. *Tandremana "ny fifanahafam-pinoana"*⁴. Ny antsoina hoe "fifanahafam-pinoana", dia ny firaisan'ny marina rehetra momba ny finoana amin'izy samy izy sy amin'ny fikasana manontolo iompanan'ny Fanambaràna. 90

Ny hevi-tenin'ny Soratra Masina

115. Araka ny lovantsofina tranainy iray, azo avahana ho roa ny *hevi-tenin'ny Soratra Masina* : ny hevitra ara-bakiteny sy ny hevitra ara-panahy, ka ity farany ity indray moa mitsinjara ho heviny an'ohatra, heviny ara-môraly ary heviny ara-tandindona. Ny fifanarahana lalina eo amin'ireo heviny efatra ireo no miantoka ny harentsarobidiny manontolo amin'ny famakiana feno aina ny Soratra Masina ao amin'ny Fiangonana :
116. Ny *hevitra ara-bakiteny*. Dia ny hevitra ambaran'ny tenin'ny Soratra Masina sy ahariharin'ny haihevi-tsoratra izay manaraka ny fitsipiky ny fivoasana marina. "Ao amin'ny hevitra ara-bakiteny no iankinan'ny hevi-tenin'ny Soratra Masina rehetra"⁵. 110-114
117. Ny *hevitra ara-panahy*. Noho ny maha-iray ny fandaharan'Andriamanitra, tsy ny lahatsoratra ao amin'ny Soratra Masina ihany no mety ho famantarana, fa eo koa ny zava-misy sy ny fisehoan-javatra izay lazainy. 1101
1. Ny *hevitra an'ohatra*. Mety ho azontsika ny fahatakarana lalindalina kokoa ny fisehoan-javatra amin'ny fahafantarana ny dikan'izy ireny ahatra ao amin'i Kristy ; araka izany, ny fitana ny ranomasina Mena dia famantarana ny fandresen'i Kristy, ary avy amin'izany ny Batemy⁶ ;
 2. Ny *hevitra ara-môraly*. Ny zava-miseho voalaza ao amin'ny Soratra Masina dia tsy maintsy mitarika antsika ho amin'ny asa amam-pitondran-tena marina. Voasoratra izy ireny "mba ho fampianarana ho antsika" (1 Kôr 10,11)⁷ ;

¹ jer. Md Thomas d'A., Psal. 21,11.

² jer. Md Hilaire de Poitiers, Const. 9; Md Jérôme, ep. Gal. 1,1, 11-12.

³ Origène, hom. in Lev. 5,5.

⁴ jer. Rôm 12,6.

⁵ Md Thomas d'A., s. th. 1, 1, 10, ad 1.

⁶ jer. 1 Kôr 10,2.

⁷ jer. Heb 3 - 4,11.

3. Ny *hevitra ara-tandindona*. Azo atao koa ny mijery ny zava-misy sy ny zava-miseho araka ny dikany mifandray amin'ny mandrakizay, mitondra antsika (*anagoge*, amin'ny teny grika) mankany an-Tanindrazantsika. Araka izany, famantarana an'ilay Jerosalema any an-danitra ny Fiangonana eto an-tany¹.

118. Misy andalana miaraka tsiroaroa amin'ny tononkalo iray tamin'ny taonjato antenatenany mamintina ireo hevitra efatra ireo : Ny hevitra ara-bakiteny no mampianatra ny zava-miseho, ny hevitra an'ohatra no manoro izay tsy maintsy inoana, ny hevitra ara-môraly no mampianatra izay tsy maintsy atao, ny hevitra ara-tandindona no manoro ny hoe mankamin'ny inona no tsy maintsy ezahina kendrena².

119. “Anjaran’ny mpamakafaka ny Soratra Masina no miezaka hanakatra sy hanazava lalindalina kokoa ny hevi-tenin’ny Soratra Masina, araka ireo
94 fitsipika ireo, mba hanamasaka ny fomba fitsaràn’ny Fiangonana, amin’ny alalan’ny famakafakana ataon’izy ireo izay toy ny fanomanana mialoha. Satria izay rehetra mahakasika ny fomba fivoasana ny Soratra Masina dia miafara eo ambany fitsaràna amam-panapahan-kevitra ny Fiangonana, izay misahana ny andraiki-panompoana sy mampiasa ny fahefana noraisiny tamin’Andriamanitra mba hitahirizana ny Tenin’Andriamanitra sy hivoasana izany”³.

113 Tsy ho nino ny Evanjely aho, raha tsy ny fahefan’ny Fiangonana katôlika no nanosika ahy ho amin’izany⁴.

IV. Ny Lisitry ny boky mirakitra ny Soratra Masina

120. Ny Lovam-pampianarana avy amin’ny apôstôly no nahatonga ny
117 Fiangonana hahay manavaka hoe soratra toy inona no tsy maintsy noraisina ho ao anatin’ny lisitr’ireo Boky Masina⁵. Io lisitra manontolo io no antsoina hoe “Boky masina mirakitra” ny Soratra Masina. Misy boky 46 (45, raha isaina miaraka i Jer sy ny Fitom) ny Testamenta Taloha ary misy boky 27 ny Testamenta Vaovao⁶ :

Ny Testamenta Taloha : Jenezy, Eksaody, Levitika, Fanisana, Deterônômy, Jôsoe, Mpitsara, Rota, 1 sy 2 Samoela, 1 sy 2 Mpanjaka, 1 sy 2 Tantara, Esdrasa sy Nehemia, Tobia, Jodita, Estera, 1 sy 2 Makabeo, Jôba, ny Salamo, ny Ohabolana, ny Mpitoriteny, ny Tonon-kira dia Tonon-kira, ny Fahendrena, ny Ekleziastika, Izaia, Jeremia, ny Fitomaniana, Barôka, Ezekiela, Daniela, Ôsea, Joely, Amôsa, Abdiasa, Jônasa, Mikea, Nahoma, Habakoka, Sôfônia, Akjea, Zakaria, Malakia.

¹ jer. Apôk 21,1 - 22,5.

² Augustin de Dace, rot. I.

³ FA 12,3.

⁴ Md Augustin, fund. 5, 6.

⁵ jer. FA 8, 3.

⁶ jer. DS 179-180; 1334-1336; 1501-1504.

Ny Testamenta Vaovao : Ny Evanjelin'i Matio, i Marka, i Lioka ary i Joany, ny Asan'ny Apôstôly, ny Taratasin'i Md Paoly ho an'ny Rômanina, ny 1 sy 2 ho an'ny Kôrintianina, ho an'ny Galata, ho an'ny Efezianina, ho an'ny Filipianina, ho an'ny Kôlôlsianina, ny 1 sy 2 ho an'ny Tesalônisianina, ny Taratasy 1 sy 2 ho an'i Timôte, ny Taratasy ho an'i Tito, ho an'i Filemôna, ny Taratasy ho an'ny Hebrîo, ny Taratasin'i Jakôba, ny Taratasy 1 sy 2 Piera, ny Taratasy 1 sy 2 ary 3 Joany, ny Taratasin'i Joda ary ny Apôkalipsa.

Ny Testamenta Taloha

121. Fizarana iray tsy azo esorina amin'ny Soratra Masina, ny Testamenta Taloha.Fitsilovana avy amin'Andriamanitra sy mitahiry soatoavina maharitra sady tsy miova ny boky rehetra ao¹, satria tsy nofoanana na oviana na oviana ny Fanehem-pihavanana Taloha. 1093
122. Noho izany, “mifototra indrindra amin'ny fanomanana ny fahatongavan'i Kristy Mpamonjy an'izao tontolo izao, ny fitantanam-pamonjena ao amin'ny Testamenta Taloha.” “Na dia mirakitra zavatra tsy lavorary sy vonjimaika aza” ireo bokin'ny Testamenta Taloha ireo, dia manaporofy ny fahaizan' Andriamanitra manabe tanteraka amin'ny fitiavany mahavonjy : “Ao amin' ireo no mirakitra ny fampianarana ambony momba an'Andriamanitra, ny fahendrena mahasoana amin'ny fiainan'ny olombelona, ny raki-bavaka mahatalanjona ; farany, ao amin'ireo no iafenan'ny misterin'ny famonjena antsika”². 702, 763
708
2568
123. Manaja ny Testamenta Taloha ho Tenin'Andriamanitra tokoa ny kristianina. Manohitra mafy lalandava ny hevitra hanary ny Testamenta Taloha ny Fiangonana, araka ny fivaonam-pampianarana hoe : ny Testamenta Vaovao no nahatonga azy ho lany andro (fampianaran'i Marcion).

Ny Testamenta Vaovao

124. “Miseho ao amin'ireo bokin'ny Testamenta Vaovao, ny Tenin' Andriamanitra, izay heriny ho famonjena ny mpino rehetra, ary miharihary ao amin'ny fomba miavaka izany heriny izany”³. Ireo boky ireo no manolotra ny marina fanaperana amin'ny Fanambaràn'Andriamanitra ho antsika. Ny votoatin'ireo dia i Jesoa-Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra tonga nofo, ny asany, ny fampianarany, ny fijaliany sy ny fanomezam-boninahitra Azy ary koa ny fanombohan'ny Fiangonany noho ny asan'ny Fanahy Masina⁴.

¹ jer. FA 14.

² FA 15.

³ FA 17.

⁴ jer. FA 20.

125. Ny *Evanjely* no ivon'ny Soratra Masina rehetra “noho izy ireo manambatra
515 ny porofo ambony indrindra momba ny fiainana sy momba ny fampianaran'ny
ny Teny tonga nofo, Mpamonjintsika”¹.

126. Azo avahana ho dingana telo ny niforonan'ireo *Evanjely* :

1. *Ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesoa*. Ny Fiangonana dia mitana mafy tsy azo
hozongozonina fa ireo *Evanjely* efatra, “izay lazainy marina tsy amim-
pihambahambana ny fisiany ara-tantara, dia mampita araka ny tena izy izay nataon'i
Jesoa ilay Zanak'Andriamanitra sy nampianariny marina tokoa, nandritra ny fiainany
teo anivon'ny olombelona, ka hatramin'ny andro izay nampakarana Azy any an-
danitra, ho famonjena azy ireo mandrakizay”.

76 2. *Ny lovam-panahy nampitaina am-bava*. “Taorian'ny Fiakaran'ny Tompo any an-
danitra, dia nampitain'ny apôstôly tamin'ny mpihaino azy ireo, izay nolazain'ny
Tomo sy nataony, tamim-pahalalana lalindalina kokoa ny zavatra izay nahafaly ny
tenan'izy ireo, dia izy ireo izay nahazo fianarana avy amin'ny zava-niseho malaza
momba an'i Kristy sy nohazavain'ny Fanahin'ny fahamarinana”.

76 3. *Ireo Evanjely vita an-tsoratra*. “Ny mpanoratra masina àry no nandahatra an-
tsoratra ny *Evanjely* efatra, nifantina ny sasantsasany tamin'ireo zavatra maro, na
am-bava na efa vita an-tsoratra, namintina ny efa vitan'ny sasany, na nanazava izany
araka ny toe-javatra nisy niainan'ny Fiangonana, ary farany, nitàna ny endriky ny
toriteny, izay hampitana lalandava amintsika ireo zavatra marina sy mahitsy momba
an'i Jesoa”².

1154 127. Mitana toerana tsy manam-paharoa ao amin'ny Fiangonana ny *Evanjely*
amin'ny endrika efatra, izay porofoin'ny fanajana omen'ny litorzia izany, sy
ny hery manintona tsy manan-tсахala izay niasa tamin'ny fotoana rehetra teo
amin'ny olomasina :

Tsy misy fitambaram-pampianarana tsara kokoa, sarobidy kokoa, kanto kokoa
noho ny lahatsoratra ny *Evanjely*. Jereo sy tadidio izay nampianarin'ny
Tompontsika sady Mpampianatra, dia i Kristy, tamin'ny teniny sy
notanterahiny tamin'ny asany³.

2705 Fa ambonin'ny zavatra rehetra, ny *Evanjely* no mampaharitra ahy amin'ny
vavaka ataoko; ao aminy no ahitako izay rehetra ilain'ny fanahiko mahantra.
Ao no ahitako lalandava ny fahazavana vaovao, ny hevi-miafina sy mifono
mystery⁴.

¹ FA 18.

² FA 19.

³ Mb Césarie la Jeune, Rich.

⁴ Mb Thérèse de l'Enfant-Jésus, ms. autob. A 83v.

Ny maha-tokana ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao

128. Ny Fiangonana, efa hatramin'ny andron'ny apôstôly¹, ary tsy miova tao amin'ny Lovam-pampianarany, dia nanazava ny maha-tokana ny drafitr'asan'Andriamanitra ao amin'ireo Testamenta anankiroa noho ny *tandindona raketiny* (*typologie*). Izany tandindona raketiny izany no andanjalanjana ao amin'ny tsanganasan'Andriamanitra tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha ny fampisehoana mialoha izay notanterahin'Andriamanitra tao amin'ny Zanany tonga nofo, nony feno ny fotoana. 1094 489
129. Noho izany, mamaky ny Testamenta Taloha araka ny fahazavan'i Kristy maty sy ny nitsangan-ko velona ny kristianina. Izany vakiteny ara-tandindona izany no maneho ny votoaty tovozin-tsy ritra ao amin'ny Testamenta Taloha. Io vakiteny io tsy tokony hanadinoana fa ny Testamenta Taloha dia mitana ny soatoaviny manokana amin'ny Fanambaràn'Andriamanitra nohamafisin'ny tenan'Izy Tompontosika rahateo ihany². Ankoatra izany, ny Testamenta Vaovao dia mila vakîna koa amin'ny fahazavan'ny Testamenta Taloha. Hisy hampiasana azy lalandava amin'ny katesezy fototra kristianina izany³. Araka ny fiteny tranainy iray, ny Testamenta Vaovao dia miafina ao amin'ny Taloha, nefa ny Taloha miseho ao amin'ny Vaovao : “Miafina ao amin'ny Taloha ny Vaovao ary miharihary ao amin'ny Vaovao ny Taloha”⁴. 651 2055 1968
130. Ny tandindona dia midika fahavitrihana ho amin'ny fahatanterahan'ny drafitr'asan'Andriamanitra, rahefa “ho zavatra rehetra amin'izy rehetra Andriamanitra” (1 Kôr 15,28). Tahaka izany, ny fiantsoana ny patriarka sy ny Fialana tao Ejipta, ohatra, dia tsy mahavery ny fahambonian'izy ireny manokana tao amin'ny drafitr'asan'Andriamanitra, noho ireny zavatra ireny tafiditra koa amin'ny dingana tsy maintsy nolalovana.

V. Ny Soratra Masina ao amin'ny fiainan'ny Fiangonana

131. “Lehibe tokoa ny hery sy ny tanjaka izay raketin'ny Tenin'Andriamanitra, ka mahatonga izany ho fiankinana sy hery ho an'ny Fiangonana, ary ho an'ny zanaky ny Fiangonana, mahatonga ho herin'ny finoan'izy ireo, ho sakafon'ny fanahin'izy ireo, ho loharano madio mangarangarana sy tsy mety ritra amin'ny fiainan'izy ireo arapanahy”⁵. Tsy maintsy “sokafana midanadana ho an'ny kristianina ny varavaran-kidirana amin'ny Soratra Masina”⁶.

¹ jer. 1 Kôr 10,6-11; Heb 10,1; 1 Pi 3,21.

² jer. Mk 12,29-31.

³ jer. 1 Kôr 5,6-8; 10,1-11.

⁴ Md Augustin, Hept. 2,73; jer. koa FA 16.

⁵ FA 21.

⁶ FA 22.

132. “Noho izany, ho an’ny teôlôjia masina, aoka ny fianarana Soratra Masina
 94 no ho aina mamelona azy. Aoka koa mba hahita ny sakafo mahasalama sy ny
 hery mahasoana ao amin’io Tenin’ny Soratra Masina io ireto andraiki-
 panompoana amin’ny Teny ireto : ny fitoriana ara-pastôraly, ny katesezy, ary
 ny fampianarana manontolo ny kristianina, izay ao amin’izany ny toriteny
 ara-litorzia no tokony hanana anjara toerana sahaza azy”¹.
133. “Mampirisika mafy sy manokana ny kristianina rehetra ny Fiangonana (...),
 2653 mba hahazo, amin’ny alalan’ny famakiana matetika ny Soratra masin’
 Andriamanitra, “ny fahalalana ambony momba an’i Jesoa-Kristy” (Filip 3,8).
 1792 "Satria, ny tsy mahalala ny Soratra Masina, dia tsy mahalala an’i Kristy."”².”

FAMINTINANA

134. “*Boky iray ihany ny Soratra Masina manontolo, ary i Kristy io boky iray
 ihany io, "satria miteny momba an’i Kristy avokoa ny Soratra Masina
 manontolo, ary tanteraka ao amin’i Kristy izy manontolo*”³.
135. “*Ny Soratra Masina no mirakitra ny Tenin’Andriamanitra, ary noho izy
 azo avy amin’ny fitsilovan’ny Fanahy Masina, dia Tenin’Andriamanitra
 marina tokoa*”⁴.
136. *Andriamanitra no Mpamorona ny Soratra Masina, tamin’ny fitsilovany
 ny sain’olombelona mpanoratra izany ; niasa tao amin’izy ireo sy tamin’
 ny alalan’izy ireo Izy. Araka izany, Izy no manome antoka fa ny soratr’izy
 ireo dia mampianatra tsy misy diso ny fahamarinana mahavonjy*⁵.
137. *Ny fivoasana ny Soratra avy amin’ny fitsilovan’ny Fanahy Masina, dia
 tsy maintsy afantoka indrindra aloha, amin’izay tian’Andriamanitra
 hambara tamin’ny alalan’ny mpanoratra masina ny amin’ny famonjena
 antsika. “Izay avy amin’ny Fanahy, dia tsy ho azo tanteraka amin’ny
 heviny feno raha tsy amin’ny asan’ny Fanahy”*⁶.
138. *Ny Fiangonana dia mandray sy manaja ho avy amin’ny fitsilovan’ny
 Fanahy Masina ny boky 46 ao amin’ny Testamenta Taloha sy ny boky 27
 ao amin’ny Testamenta Vaovao.*
139. *Ny Evanjely efatra no mitàna ny ivo toerana, satria i Kristy Jesoa no
 foibeny.*

¹ FA 24.

² FA 25; jer. koa Md Jérôme, Is. prol.

³ Hugues de Saint-Victor, Nôe 2, 8.

⁴ FA 24.

⁵ FA 11.

⁶ jer. Origène, hom. in Ex. 4,5.

140. *Ny maha-tokana ireo Testamenta anankiroa dia avy amin'ny maha-tokana ny fandaharan'Andriamanitra sy ny Fanambaràny. Ny Testamenta Taloha no manomana ny Vaovao, ary ny Vaovao no manatanteraka ny Taloha; mifanazava izy roa, ary samy Tenin'Andriamanitra marina tokoa.*

141. *“Manaja lalandava ny Soratra Masin'Andriamanitra ny Fiangonana, tahaka ny ataony amin'ny fanajana ny Vatan'ny Tompo”¹ : samy mamelona sy mibaiko ny fiainana kristianina manontolo izy roa ireo. “Ny teninao no fanilon'ny diako, fahazavan'ny lalako”(Sal 119,105)².*

TOKO FAHATELO

Ny valin-tenin'ny olombelona amin'Andriamanitra

142. *Amin'ny alalan'ny Fanambaràny, izay “avy amin'ny haben'ny fitiavany, no miteny amin'ny olombelona toy ny sakaizany Andriamanitra tsy hita maso, sy miresaka amin'izy ireo mba hanasa azy ireo hiditra ao amin'ny fiombonana miaraka Aminy, ary mandray azy ireo ao amin'io fiombonana io”³. Ny finoana no valin-teny saha izany fanasana izany.*

1102

143. *Amin'ny alalan'ny finoana ny olombelona no mampanaiky tanteraka ny sainy sy ny sitrapony amin'Andriamanitra. Amin'ny tenany manontolo no anehoan'ny olombelona ny fankasitrahany an'Andriamanitra Mpanambara⁴. “Fanehem-pinoana” no iantsoan'ny Soratra Masina izany valin-tenin'ny olombelona amin'Andriamanitra manambara izany⁵.*

2087

ANDALANA 1

Izaho mino

1814-1816

I. Ny fanekena amim-pinoana

144. Ny manaiky (*ob-audire*) amin'ny finoana, dia ny mankato an-kalalahana ny teny nohenoina, satria ny fahamarinany dia iantohan'Andriamanitra, ilay Fahamarinana rahateo ihany. I Abrahama no môdely asehon'ny Soratra Masina antsika amin'izany fanekena izany, ary i Maria Virjiny no nahatanteraka izany tamin'ny fomba lavorary indrindra.

¹ FA 21.

² jer. Iz 50,4.

³ FA 2.

⁴ jer. FA 5.

⁵ jer. Rôm 1,5; 16,26.

Abrahama – “ilay rain’ny mpino rehetra”

145. Ny Taratasy ho an’ny Hebrïo, ao amin’ny fiderana lehibe ny finoan’ireo
59, 2570 razana, dia manantitrantitra indrindra ny amin’ny finoan’i Abrahama : “Ny
finoana no *naneken*’i Abrahama ny fiantsoan’Andriamanitra azy, handeha ho
any amin’ny tany izay horaisiny ho lova, ka niainga izy nefa tsy fantany
akory izay halehany” (Heb 11,8)¹. Noho ny finoana, dia niaina toy ny vahiny
489 sy mpivahiny tao amin’ny Tany nampanantenaina izy². Noho ny finoana, dia
nitoe-jaza i Sara ka niteraka ny zanaky ny fampanantenana. Farany, noho ny
finoana no nanoloran’i Abrahama ny zanany lahitokana ho sorona³.
146. Tanterak’i Abrahama araka izany ny famaritana ny atao hoe finoana
1819 lazain’ny Taratasy ho an’ny Hebrïo : “Ny finoana no antoky ny soa izay
antenaina, porofon’ny zava-misy izay tsy hita maso” (Heb 11,1). “Nino
an’Andriamanitra i Abrahama, ka izany no notanana ho fahamarinany” (Rôm
4,3)⁴. Noho izany “finoana mahery” izany (Rôm 4,20), dia tonga “rain’ireo
rehetra izay hino” i Abrahama (Rôm 4,11.18)⁵.
147. Maro tsy tambo isaina ny porofo ao amin’ny Testamenta Taloha, ny amin’
839 izany finoana izany. Ny Taratasy ho an’ny Hebrïo dia manao antso avo ny
fiderana ny finoana soa fianatra niveloman’ny Ntaolo, “izay nahatsara laza
azy ireo” (Heb 11,2.39). Kanefa “anjara tsaratsara kokoa no notsinjovin’
Andriamanitra ho antsika” : ny fahasoaavana ahafahana mino an’i Jesoa
Zanany, “filohan’ny finoantsika, izay mitondra izany finoana izany ho amin’
ny fahalavorariana” (Heb 11,40 ; 12,2).

Maria – “Sambatra ilay nino”

148. I Maria Virjiny no nanatanteraka tamin’ny fomba lavorary indrindra ny
494,2617 fanekem-pinoana. Tamim-pinoana no nandraisany ny filazana sy ny
fampanantenana nolazain’ny anjely Gabriely, sy nitokiany fa “tsy misy ny tsy
hain’Andriamanitra atao” (Lk 1,37)⁶, ka nanomezany ny fankatoavana hoe :
“Inty aho mpanompovavin’ny Tompo, aoka anie ho tanteraka amiko araka ny
teninao” (Lk 1,38). Niarahaba azy i Elizabeta hoe : “Sambatra ilay nino, fa ho
506 tanteraka izay nampilazain’ny Tompo taminy” (Lk 1,45). Noho io finoana io
no mahatonga ny taranaka rehetra hanambara azy hoe sambatra⁷.

¹ jer. Jen 12,1-4.

² jer. Jen 23,4.

³ jer. Heb 11,17.

⁴ jer. Jen 15,6.

⁵ jer. Jen 15,5.

⁶ jer. Jen 18,14.

⁷ jer. Lk 1,48.

149. Nandritra ny androm-piainany manontolo, ka hatramin'ny fisedrana azy farany¹, fony maty teo amin'ny Hazofijaliana i Jesoa Zanany, tsy nivembena ny finoany. Tsy nitsahatra nino ny “fahatanterahan'ny” Tenin'Andriamanitra tamin'ny i Maria. Koa izany indrindra no anajan'ny Fiangonana ao amin'i Maria ny fanatanterahana mangarangarana indrindra ny finoana. 969
507,829

II. “Fantatro ilay izay inoako” (2 Tim 1,12)

Mino an'Andriamanitra tokana

150. Ny finoana aloha dia *firaiketan'ny olona tsirairay amin'Andriamanitra* ; sady miaraka no tsy azo sarahina *amin'ny fankatoavana an-kalalahana ny marina rehetra izay nambaran'Andriamanitra* izany. Noho ny maha-firaiketan'ny olona tsirairay amin'Andriamanitra sy fankatoavana ny marina izay nambarany ny finoana, dia tsy mitovy amin'ny finoana tsangan'olona iray ny finoana kristianina. Mendrika sy rariny ny manankina ny tena manontolo amin'Andriamanitra sy ny mino tanteraka izay nolazainy. Tsinontsinona sady diso ny mametraka ny finoana toy izany amin-javaboary². 222

Mino an'i Jesoa-Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra

151. Ho an'ny kristianina, ny mino an'Andriamanitra dia tsy azo sarahina amin'ny mino an'Ilay izay nirahiny, dia “ny Zanany malalany” izay ankasitrahany indrindra³ ; nilazan'Andriamanitra isika hihaino Azy⁴. Ny Tenan'Izy Tompo rahateo ihany no nilaza tamin'ny mpianany hoe : “Mino an'Andriamanitra ianareo, ka minoa Ahy koa” (Jo 14,1). Afaka mino an'i Jesoa-Kristy isika satria Andriamanitra rahateo ihany Izy, ilay Teny tonga nofo : “Tsy nisy nahita maso an'Andriamanitra na oviana na oviana ; ny Zanaka tokana izay ao anatin'ny Ray ihany no hany nanambara Azy” (Jo 1,18). Satria Izy no “nahita maso ny Ray” (Jo 6,46), Izy irery no mahalala Azy sy afaka manambara Azy⁵. 424

Mino ny Fanahy Masina

152. Tsy afaka mino an'i Jesoa-Kristy raha tsy manana anjara amin'ny Fanahiny. Ny Fanahy Masina no manambara amin'ny olombelona hoe iza moa i Jesoa ? Satria “tsy misy afa-milaza hoe : Jesoa no Tompo, raha tsy avy amin'ny asan'ny Fanahy Masina” (1 Kôr 12,3). “Mamantatra ny zavatra rehetra ny Fanahy, hatramin'izay lalina indrindra ao amin'Andriamanitra (...)

¹ jer. Lk 2,35.

² jer. Jer 17,5-6; Sal 40,5; 146,3-4.

³ jer. Mk 1,11.

⁴ jer. Mk 9,7.

⁵ jer. Mt 11,27.

Tsy misy mahalala izay momba an'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin' Andriamanitra ihany” (1 Kôr 2,10-11). Andriamanitra irery no mahalala an' Andriamanitra manontolo. Mino ny Fanahy Masina isika satria Andriamanitra Izy.

232 *Tsy mitsahatra manambara ny finoany an'Andriamanitra tokana, Ray, Zanaka sy Fanahy Masina ny Fiangonana.*

III. Ny toetra mampiavaka ny finoana

Fahasoavana ny finoana

153. Rahefa niaiky i Md Piera fa i Jesoa no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona,
552 dia nambaran'i Jesoa azy fa izany fanambaràna izany dia tsy tonga tao aminy
“avy amin'ny nofo aman-dra, fa avy amin'ny Rainy izay any an-danitra” (Mt
1814 16,17)¹. Fanomezan'Andriamanitra ny finoana, herim-panahy mihoatra ny
natoraly nampitain'Andriamanitra. Mba ho voaraikitra izany finoana izany,
1996 ilain'ny olombelona ny fahasoavana mahakolokolo sy mitahy avy amin'
Andriamanitra, ary koa ny vonjy anaty avy amin'ny Fanahy Masina. Izy io
2606 no manohina ny fo sy mampitodika izany any amin'Andriamanitra,
manokatra ny masom-panahy ary manome “ho an'ny rehetra ny hamamiana
eo am-panekena sy eo am-pinoana ny fahamarinana”².

Asan'olombelona ny finoana

154. Tsy mety ho tanteraka ny hoe mino raha tsy amin'ny alalan'ny fahasoavana
sy ny vonjy anaty avy amin'ny Fanahy Masina. Izany anefa tsy mandiso
1749 velively ny hoe ny mino dia tena asan'olombelona tokoa. Tsy mifanohitra na
amin'ny fahafahana na amin'ny fisainan'ny olombelona ny matoky an'
Andriamanitra sy ny mifikitra amin'ny fahamarinana nambarany. Na amin'ny
fifandraisan'ny samy olombelona aza moa, tsy mifanohitra amin'ny
fahamendrehan'ny tenantsika ny mino izay ambaran'ny olon-kafa amintsika
momba ny tenan'izy ireo sy momba ny fikasany aman'eritreritr'izy ireo, sy
ny matoky ny fampanantenan'izy ireo (ohatra : rahefa hivady ny lehilahy iray
sy ny vehivavy iray), mba hidirana araka izany ao amin'ny fifampiombonana.
Koa noho izany, vao mainka tsy mifanohitra amin'ny fahamendrehantsika ny
2126 “maneho amin'ny finoana ny fankatoavana feno sy manontolo avy amin'ny
saina amam-pahalalantsika sy ny sitrapontsika takin'Andriamanitra izay
manambara”³, ka hidirana araka izany amin'ny fiombonana lalina miaraka
Aminy.

¹ jer. Gal 1,15-16; Mt 11,25.

² FA 5.

³ Kôns. Vatikana I : DS 3008.

155. Amin'ny finoana, ny saina amam-pahalalana sy ny sitrapon'olombelona dia miara-miasa amin'ny fahasoavan'Andriamanitra : “Ny mino dia asan'ny saina mifikitra amin'ny fahamarinan'Andriamanitra, eo ambany fibaikoan'ny sitrapo hetsehin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahasoavana”¹. 2008

Ny finoana sy ny fahatakarany ny saina

156. Ny *antony* inoana dia tsy hoe noho ny marina nambara, izay hita fa marina sy mora azo an-tsaina eo ambany fahazavan'ny saintsika voa-Janahary. Fa mino isika “noho ny hery mampino avy amin'Andriamanitra ihany izay manambara, sady tsy mety ho diso no tsy mamitaka antsika”². “Kanefa, mba hifanaraka amin'ny saina ny marina ambara amin'ny finoantsika, dia sitrak'Andriamanitra ho arahin'ny porofo ety ivelany amin'ny Fanambaràny, ny vonjy ao anaty avy amin'ny Fanahy Masina”³. Araka izany, ny zavamahagaga nataon'i Kristy sy ny olomasina⁴, ny faminiana, ny fielezan'ny Fiangonana sy ny fahamasinany, ny fahavokarany sy ny tsy fiovaovàny, “dia famantarana azo antoky ny Fanambaràna, mifanaraka amin'ny fahatakarana rehetra ananan'ny saina”⁵, “antony ahafahana mino” izay mampiseho fa ny fankatoavana ny finoana dia “tsy fihetsehana an-jamban'ny saina velively”⁶. 1063,2465 548 812

157. Azo *antoka* ny finoana, azo antoka kokoa noho izay rehetra mety ho fahalalan'olombelona, satria miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra rahateo ihany, izay tsy mahavita mandainga. Marina, fa mety ho maizina amin'ny saina sy amin'ny fahalalana azo tamim-pahazaran'ny olombelona ny marina nambara, kanefa “ny fahazoana antoka ny marina, izay avy amin'ny fitsilovan'Andriamanitra, dia lehibe kokoa noho izay avy amin'ny fahalalan'ny saina voa-Janahary fotsiny izao”⁷. “Tsy ny zava-tsarotra tsy tambo isaina no mahatonga singam-pisalasalana”⁸. 2088

158. “*Miezaka hahazo an-tsaina*, ny finoana”⁹ : Tsy afa-misaraka amin'ny finoana ny fanirian'ny mpino hahalala tsaratsara kokoa an'Ilay izay nametrahany ny finoany, sy hahazo an-tsaina tsaratsara kokoa an'Ilay izay nambarany ; avy eo ny fahalalana lalim-paka kokoa hiantso finoana lehibe kokoa sy hiredaredan'ny fitiavana misimisy kokoa. Ny fahasoavana amin'ny finoana no manokatra “ny masom-panahy” (Efez 1,18) ho amin'ny fahatakarany ny saina kinga ny zava-boarakitry ny Fanambaràna, izany hoe ny 2705 1827

¹ Md Thomas d'A., s. th. 2-2, 2, 9; jer. koa Kôns. Vatikana I : DS 3010.

² *Ibid.*, DS 3008.

³ *Ibid.*, DS 3009.

⁴ jer. Mk 16,20; Heb 2,4.

⁵ jer. Kôns. Vatikana I : DS 3009.

⁶ *Ibid.*, DS 3010.

⁷ Md Thomas d'A., s. th. 2-2, 171, 5, obj. 3.

⁸ Newman, apol.

⁹ Md Aselme, prosl. proem.

90 fitambaran'ny fandaharan'Andriamanitra sy ny misterin'ny finoana, ny
fifamotaran'izy ireo amin'ny samy izy ireo sy amin'i Kristy, foiben'ny
mystery nambara. Ary mba ho "lalindalina kokoa hatrany ny fahatakarany
saina ny Fanambaràna, dia tsy mitsahatra ny Fanahy Masina mandavorary
bebe kokoa ny finoana, amin'ny alalan'ny fanomezany"¹. Araka izany, hoy
2518 ny ohabolam-pahendren'i Md Augustin manao hoe : "Mino aho mba hahazo
an-tsaina ary mahazo an-tsaina aho mba hino tsaratsara kokoa"².

283 159. *Finoana sy siansa*. "Na dia ambonin'nyaina aza ny finoana, tsy mety hisy
na oviana na oviana ny tena tsy fifanarahana tokoa eo amin'izy ireo. Satria
ilay Andriamanitra izay manambara ny mystery sy mampita ny finoana, dia
Izy ihany no mandrotsaka ao an-tsain'ny olombelona ny fahazavan-tsaina, ka
tsy afaka handà Azy Tenany Andriamanitra, ary ny marina tsy afaka
hanohitra na oviana na oviana ny marina"³. "Noho izany, ny fikarohana
amin'ny fomba voarindra, eo amin'ny sehatry ny fahaizana amam-pahalalana
rehetra, raha toa izany ka entina amin'ny fomba tena ara-tsiansa tokoa sy raha
2293 manaraka ny fitsipika ara-moraly, dia tsy hifanohitra na oviana na oviana
marina mihitsy amin'ny finoana : ny zava-misy tsy mikasika ny fivavahana
sy ny zava-misy momba ny finoana dia ahita ny fiandohan'izy ireo ao amin'
Andriamanitra iray ihany. Fanampin'izany, ny olona izay miezaka amim-
pitozoana sy amim-panetren-tena, hahafantatra ireo tsiambaratelon'ny zavatra
maro samihafa, dia toy ny tarihin'ny tanan'Andriamanitra, izay manohana ny
zavatra rehetra misy sy manao azy ireo ho araka ny toetrany avy, na dia tsy
ao an'eritreriny aza izany"⁴.

Ny fahafahana amin'ny finoana

1738,2106 160. Mba ho araka ny maha-olombelona, "tokony ho an-tsitrabo ny valim-
pinoana omeny an'Andriamanitra ; noho izany, tsy misy azo terena hanaraka
ny finoana tsy sitrany. Satria, ny asam-pinoana dia manana izay toetra tsy
terena, tsy vozonana izay, araka ny tena fombany"⁵. "Marina fa miantso ny
olombelona Andriamanitra hanompo Azy amin'ny fanahy sy fahamarinana ;
ka na dia mandidy ny olona amin'ny kônsiansy aza io antso io, tsy manery
azy akory. (...) Tao amin'i Kristy Jesoa no niseho mazava dia mazava
izany"⁶. Satria nitaona ny olona ho amin'ny finoana sy ny fibebahana i
Kristy, fa tsy nanery ny amin'izany mihitsy Izy. "Nanambara ny marina Izy,
kanefa tsy sitrany ny nanao amboetra izany tamin-kery tamin'ireo
mpanohitra Azy. Ny fanjakany (...) dia miitatra noho ny fitiavana izay

¹ FA 5.

² Serm. 43, 7, 9.

³ Kôns. Vatikana I : DS 3017.

⁴ FAA 36, § 2.

⁵ DH 10; jer. koa CIC, can. 748, § 2.

⁶ DH 11.

itarihan'i Kristy voasandratra teo amin'ny Hazofijaliana, ny olombelona 616
rehetra ho eo Aminy"¹.

Ny ilana ny finoana

161. Ny mino an'i Jesoa-Kristy sy an'Ilay izay naniraka Azy ho famonjena
antsika, dia ilaina mba hahazoana io famonjena io². "Satria "raha tsy misy ny 432,1257
finoana (...), dia tsy misy ahazoana sitraka amin'Andriamanitra" (Heb 11,6),
ary tsy afaka mahazo anjara amin'ny toetra maha-zanany ; tsy misy olona
hahita fanamarinana na oviana na oviana raha tsy misy finoana, ary tsy misy
olona hahazo ny fiainana mandrakizay raha "tsy maharitra amin'ny finoana 846
hatramin'ny farany" (Mt 10,22; 24,13)"³.

Ny fitozoana amin'ny finoana

162. Fanomezana maimaim-poana nataon'Andriamanitra ho an'ny olombelona
ny finoana. Afaka manary io fanomezana sarobidy io isika ; nampitandrina 2089
an'i Timôte ny amin'izany i Md Paoly hoe : "Miadia amin'ny ady tsara,
hananana finoana sy kônsiansy tsara ; niala tamin'izany ny sasany ka
rendrika tamin'ny finoana" (1 Tim 1,18-19). Mba hivelona, hitombo, sy
hitozo hatramin'ny farany amin'ny finoana, dia tsy maintsy velomintsika 1037
amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra izany ; tsy maintsy mangataka amin' 2016
ny Tompo isika, mba hampitombo an'izany⁴ ; tsy maintsy "ny fitiavana no 2573,2849
hery manetsika" io finoana io (Gal 5,6)⁵, tsy maintsy ny fanantenana no
mitondra azy⁶, ary tsy maintsy miorim-paka ao amin'ny finoan'ny
Fiangonana izy.

Ny finoana – fanombohan'ny fiainana mandrakizay

163. Ny finoana no mahatonga antsika manandrana dieny mialoha ny hafaliana
sy ny hazavan'ny fahitana mivantana an'Andriamanitra any an-danitra,
tanjon'ny diantsika ety an-tany. Rahatrizay, hahita an'Andriamanitra 1088
"mifanatrika" isika (1 Kôr 13,12), "araka ny tena toetrany" (1 Jo 3,2). Efa
fanombohan'ny fiainana mandrakizay sahadry izany ny finoana :

Raha mbola amin'izao fiainana izao, dia mibanjina ny soa avy amin'ny
finoana isika, toy ny taratra ao amin'ny fitaratra, tahaka ny hoe efa manana

¹ DH 11.

² jer. Mk 16,16; Jo 3,36; 6,40 snm.

³ Kôns. Vatikana I : DS 3012; jer. koa Kôns. Trente : DS 1532.

⁴ jer. Mk 9,24; Lk 17,5; 22,32.

⁵ jer. Jak 2,14-26.

⁶ jer. Rôm 15,13.

sahady ny zava-mahatalanjona, izay ny finoantsika no miantoka antsika fa ho finaritra amin'izany isika indray andro any¹.

- 2846
309,1502
1006
164. Ankehitriny anefa, “mizotra ao amin’ny finoana isika, fa tsy amin’ny fahitana” (2 Kôr 5,7), ary “toy ny ao amin’ny fitaratra, ka tsy hita mazava, (...), tsy lavorary” (1 Kôr 13,12) no ahalalantsika an’Andriamanitra. Na mibaribary avy ao amin’Ilay izay inoana aza ny finoana, dia matetika ao anatin’ny maizina no iainana izany. Mety mandalo fitsapan-toetra izany. Ny tontolo izay iainantsika matetika no toa lavitra tokoa an’izay iantohan’ny finoana antsika ; ny fahalalana azo tamim-pahazarana momba ny ratsy sy ny fijaliana amam-pahoriana, ny tsy fahamarinana sy ny fahafatesana, dia toa manohitra ny Vaovao Mahafaly ; mety hanozongozona ny finoana izy ireny, ary manjary fakam-panahy ho an’ny finoana.
- 2719
165. Amin’izany isika no tsy maintsy mitodika mankamin’ireo *vavolombelon’ny finoana* : I Abrahama, izay nino “ary nanantena na dia tsy nisy tokony hanantenana aza” (Rôm 4,18) ; i Maria Virjiny, “nandroso tamin’ny lalan’ny finoana”², ka tafapaka hatramin’ny “haizin’ny finoana”³ raha niombona fijaliana tamin’ny Zanany sy ny haizina mikitroky ny fasany⁴ ; ary ny hafa maro vavolombelon’ny finoana : “Noho isika voahodidin’ny vavolombelona zavon-tany, dia aoka isika hanesotra ny zavatra rehetra mitambesatra sy ny fahotana izay mangeja antsika, ary hihazakazaka amim-paharetana amin’izao fifanalana hazakazaka naroso hataontsika izao, mibanjina an’ilay filohan’ny finoantsika, izay mitondra ny finoana amin’ny fahalavorariana, dia i Jesoa” (Heb 12,1-2).

ANDALANA 2

Mino isika

- 875
166. Asan’ny tsirairay ny finoana : valin-teny an-kalalahan’ny olombelona avy amin’ny fanombohan’Andriamanitra manambara ny Tenany. Kanefa tsy asa mandeha singany ny finoana. Tsy misy afaka mino irery, tahaka ny tsy hahafahana miaina irery. Tsy misy afaka manome ny finoana amin’ny tenany ihany tahaka ny tsy hahafahana manome ny aina amin’ny tenany ihany. Nandray ny finoana tamin’ny hafa ny mpino, ka tsy maintsy mampita izany amin’ny hafa. Ny fitiavantsika an’i Jesoa sy ny olombelona no manosika antsika hiteny ny finoantsika amin’ny hafa. Araka izany, ny mpino tsirairay dia sahala amin’ny mason-drojo iray ao anatin’ny rojo ben’ny mpino. Tsy afaka hino aho raha tsy tohanan’ny finoan’ny hafa, ary amin’ny alalan’ny finoako no andraisako anjara hanohana ny finoan’ny hafa.

¹ Md Basile, Spir. 15,36; jer. koa Md Thomas d’A., s. th. 2-2, 4, 1.

² FF 58.

³ Joany Paoly II, RM 17.

⁴ *Ibid.*, RM 18.

167. “Izaho mino”¹: izany no finoan’ny Fiangonana ambaran’ny mpino tsirairay, indrindra amin’ny fotoana andraisana ny Batemy. “Mino izahay”² : izany no finoan’ny Fiangonana ambaran’ny Eveka tafavory amin’ny Kônsily, na matetika amin’ny fiaraha-miangona ataon’ny mpino amin’ny litorzia. “Izaho mino” : hoy koa ny Fiangonana, Renintsika, izay manoina an’Andriamanitra amin’ny alalan’ny finoany, sy mampianatra antsika hanambara hoe : “Izaho mino”, “Mino izahay”. 1124 2040

I. “Jereo, ry Tompo, ny finoan’ny Fiangonanao”

168. Ny Fiangonana aloha no mino, ary amin’izany no itondrany sy amelomany ary anohanany ny finoako. Ny Fiangonana aloha, hatraiza hatraiza, no manambara ny Tompo (“Ianao, amin’ny alalan’izao tontolo rehetra izao, no ambaran’ny Fiangonana Masina ho Tompony”, hiraintsika izany ao amin’ny “Te Deum”), ary miaraka aminy sy ao aminy, taominy sy entiny isika hanambara ihany koa hoe : “Izaho mino”, “Mino izahay”. Amin’ny alalan’ny Fiangonana isika no mandray amin’ny Batemy ny finoana sy ny fiainambaovao ao amin’i Kristy. Ao amin’ny “Bokin-damesa Rômanina” (Rituale Romanum), dia anontanian’ny mpandraharahan’ny Batemy ny katekomena hoe : “Inona no angatahinao amin’ny Fiangonan’Andriamanitra ? Ny valinteny dia hoe : - Ny finoana. – Mampahazo anao inona ny finoana ? – Ny fiainana mandrakizay”³. 1253

169. Avy amin’Andriamanitra irery ihany ny famonjena ; kanefa noho isika mandray ny fiainam-pinoana amin’ny alalan’ny Fiangonana, dia izy izany no renintsika : “Mino ny Fiangonana ho Reny miteraka antsika amin’ny fahateraham-baovao isika, fa tsy amin’ny Fiangonana tahaka ny hoe izy no tompon’antoky ny famonjena antsika”⁴. Satria izy no renintsika, dia izy koa izany no mpanabe ny finoantsika. 750 2030

II. Ny fiteny ilazana ny finoana

170. Tsy amin’ny rijan-teny no inoantsika, fa amin’ny zavatra tena izy izay ambarany, ary ny finoana no ahafahantsika “mahatsapa” izany. “Tsy mijanona fotsiny amin’ny filazana, ny asan’(ny finoan’)ny mpino, fa mipaka hatrany amin’ny zavatra tena izy (lazaina)”⁵. Kanefa, ireny zavatra tena izy ireny dia atonintsika amin’ny alalan’ireo rijan-teny namintinana ny finoana. Ireo rijan-teny ireo kosa no ahafahana maneho sy mampita ny finoana, 186

¹ Sembolin’ny Apôstôly.

² Sembolin’i Nicée-Constantinople, amin’ny teny grika.

³ OICA 75 sy 247.

⁴ Faustus de Riez, Spir. 1, 2.

⁵ Md Thomas d’A., s. th. 2-2, 1, 2, ad 2.

mankalaza azy eo amin'ny ankohonam-piangonana, mitsakotsako azy sy mivelona aminy bebe kokoa.

- 78,857 171. Ny Fiangonana, izay “andry sy tohan'ny fahamarinana” (1 Tim 3,15), dia mitahiry araka ny tena izy ny finoana nampitaina indray mandeha ihany tamin'ny olomasina¹. Izy no mitahiry ny fahatsiarovana ny Tenin'i Kristy, izy no mampita amin'ny taranaka mifandimby ny fiekem-pinoan'ny apôstôly. Tahaka ny ampianaran'ny reny ny zanany hiteny, ary amin'izany koa no ampianarany hahazo izay lazainy sy hampita izany, no ampianaran'ny 185 Fiangonana Renintsika antsika ny fiteny ilazana ny finoana mba hampiditra antsika ao amin'ny fahalalana ny finoana sy ny fiainana izany.

III. Iray ihany ny finoana

- 813 172. Ny Fiangonana, hatramin'izay taonjato nifandimby izay, amin'ny alalan'ny fiteny maro, kolontsaina maro, vahoaka ary firenena maro, dia tsy mitsahatra manambara ampahibemaso ny finoany tokana, noraisina tamin'ny Tompo iray, nampitaina tamin'ny Batemy iray, mifaka ao anatin'ny fiekena tanteraka fa ny olombelona rehetra dia tsy manana afa-tsy Andriamanitra iray sady Ray². I Md Irénée de Lyon, vavolombelon'izany finoana izany, dia manambara hoe :

- 830 173. “Satria, ny Fiangonana, na dia miely amin'ny tany tontolo ka tonga hatrany amin'ny fara vazan-tany aza, noho izy nandray ny finoana avy amin'ny apôstôly sy avy amin'ny mpianatr'izy ireo (...), dia mitahiry izany fitoriana izany sy izany finoana izany amim-pitandremana, toy ny hoe tsy mipetraka afa-tsy amin'ny trano iray ihany, mino izany amin'ny fomba mitovy, toy ny hoe tsy manana afa-tsy fanahy iray ihany sy fo iray ihany, ary dia mitory izany, mampianatra izany, miombom-peo amin'ny fampitana izany, toy ny hoe tsy manana afa-tsy vava iray ihany”³.

- 78 174. “Satria, na samy hafa aza ny fiteny manerana ny tany, ny zava-boarakitry ny Lovam-pampianarana dia iray ihany ary mitovy tsy misy valaka. “Ary na ny Fiangonana miorina any Germanie, na ireo izay any amin-dry zareo Ibères, na ireo izay any amin-dry zareo Celtes, na ireo any Atsinanana, any Ejipta, any Libia, na ireo izay miorina eo afovoan'izao tontolo izao, dia tsy manana finoana hafa na Lovam-pampianarana hafa ...”⁴ “Marina sy mafy orina àry ny hafatry ny Fiangonana, satria ao aminy no isehoan'ny lalam-pamonjena tokana manenika an'izao tontolo izao”⁵.

¹ jer. Joda 1,3.

² jer. Efez 4, 4-6.

³ Haer. 1, 10, 1-2.

⁴ *Ibid.*, 1, 10, 2.

⁵ *Ibid.*, 5, 20, 1.

175. “Tandremantsika fatratra io finoana izay noraisintsika tamin’ny Fiangonana io, satria noho ny asan’ny Fanahin’Andriamanitra, tahaka ny tahiry sarobidy voahidy ao anatin’ny tavoara tsara, dia tsara ny manavao sy manatanora tsy an-kijanona an’ily tavoara mirakitra izany”¹.

FAMINTINANA

176. *Ny finoana dia firaketan’ny olombelona tsirairay amin’Andriamanitra izay manambara ny Tenany. Izany dia miaraka amin’ny firaketan’ny saina aman-tsitrapo amin’ny Fanambaràna nataon’ny Tenan’Izy Andriamanitra tamin’ny alalan’ireo asany sy ireo teniny.*

177. *Misy roa àry ny endrika isehoan’ny “mino” : amin’ny olona sy amin’ny fahamarinana ; amin’ny fahamarinana noho ny fitokiana an’ily olona izay milaza marina an’izany.*

178. *Tsy tokony hino hafa afa-tsy Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy Masina isika.*

179. *Fanomezana mihoatra ny natoraly avy amin’Andriamanitra ny finoana. Mila ny fanampiana anaty avy amin’ny Fanahy Masina ny olona, mba hino.*

180. *Ny “mino” dia asan’ny olombelona, mahatsiaro tena sy afaka, izay mifanaraka amin’ny fahamendrehan’ny maha-olombelona.*

181. *Ny “mino” dia asan’ny Fiangonana. Ny finoan’ny Fiangonana no mialoha, miteraka, mitondra ary mamelona ny finoantsika. Ny Fiangonana no renin’ny mpino rehetra. “Tsy misy afaka manana an’Andriamanitra ho Ray raha tsy manana ny Fiangonana ho reny”².*

182. *“Mino izay rehetra raketin’ny Tenin’Andriamanitra isika, dia izay noraketina an-tsoratra na nampitaina am-bava, ary izay atolotry ny Fiangonana hinoana fa nambaran’Andriamanitra”³.*

183. *Ilaina ho amin’ny famonjena ny finoana. Ny Tenan’Izy Tompo rahateo ihany no manamafy izany fa : “Izay hino ka hatao batemy, dia ho voavonjy ; izay tsy hino, dia hohelohina” (Mk 16,16).*

184. *“Ny finoana dia santatry ny fahalalana izay hahatonga antsika ho sambatra any amin’ny fiainan-ko avy”⁴.*

¹ *Ibid.*, 3, 24, 1.

² Md Cyprien, unit. eccl.

³ SPF 20.

⁴ Md Thomas d’A., comp. 1, 2.

Ny Izaho mino

Sembolin'ny Apôstôly¹

Izaho mino an'Andriamanitra,
Ray Mahefa ny zavatra rehetra,
Mpahary ny lanitra sy ny tany.

Izaho mino an'i Jesoa-Kristy, Zanany
tokana Tompontsika.

Noforonin'ny Fanahy Masina, naterak'i
Maria Virjiny :

nijaly faha-Pôntsy Pilaty, nofantsihana
tamin'ny Hazofijaliana,

maty dia nalevina ;
nidina tany ambanin'ny tany ;
nitsangan-ko velona tamin'ny andro
fahatelo ;

niakatra any an-danitra, mipetraka eo
an-kavanoan'Andriamanitra
Ray Mahefa ny zavatra rehetra :
avy any Izy mbola ho avy hitsara ny
velona sy ny maty.

Fiekem-pinoana Nicée-Constantinople²

Izaho mino an'Andriamanitra tokana,
Ray Mahefa ny zavatra rehetra,
nanao ny lanitra sy ny tany
ary ny zavatra rehetra na ny hita maso
na ny tsy hita.

Izaho mino an'i Jesoa-Kristy, Tompo
tokana, Zanaka Lahitokan'
Andriamanitra,
teraky ny Ray talohan'ny taona
rehetra:

Andriamanitra avy amin'
Andriamanitra,
Fahazavana avy amin'ny fahazavana,
Andriamanitra marina avy amin'
Andriamanitra marina,
nateraky Izy fa tsy natao,
iray fomba amin'ny Ray,
ary Izy no nahariana ny zavatra
rehetra.

Isika olombelona sy ny famonjena
antsika,

no nidinany avy any an-danitra.

Ary naka nofo tamin'i Maria Virjiny
Izy noho ny herin'ny Fanahy Masina,
ka tonga olombelona ;
nofantsihana teo amin'ny
Hazofijaliana ho antsika indray koa
tamin'ny andron'ny Pôntsy Pilaty,
nijaly ary nalevina ;

nitsangan-ko velona tamin'ny andro
fahatelo
araka ny voalazan'ny Soratra Masina,
niakatra any an-danitra dia mipetraka
eo an-kavanoan'ny Ray.

Mbola ho avy amim-boninahitra
indray, hitsara ny velona sy ny maty

¹ DS 30.

² DS 150.

Izaho mino ny Fanahy Masina,

ny Fiangonana
Masina, katôlika,
ny fiombonan'ny olomasina,

ny fanalana ny ota,
ny fitsanganan'ny vatantsika ho velona,

ary ny fiainana mandrakizay.
Amen.

ary tsy hanam-pahataperana ny
Fanjakany.

Izaho mino ny Fanahy Masina,
Tompo loharanon'aina,
avy amin'ny Ray sy ny Zanaka,
tsaohina sy omem-boninahitra
miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka
ary niteny tamin'ny vavan'ny
mpaminany.

Izaho mino ny Fiangonana,
iray, masina, katôlika, apôstôlika.

Izaho mankato ny Batemy tokana,
ho fanalana ny fahotana.

Ary izaho miandry ny hitsanganan'ny
maty
sy ny fiainan-ko avy.
Amen.

SAMPANA FAHAROA

Ny fiekem-pinoana kristianina

Ny Sembolin'ny finoana

171,941 185. Izay miteny hoe “Izaho mino”, dia milaza hoe “Izaho mifikitra amin’izay inoantsika”. Ny fiombonam-pinoana dia ilana fiteny iombonana ilazana ny finoana, mametra-pitsipika ho an’ny rehetra ary mampiray ao amin’ny fiekem-pinoana iray ihany.

186. Hatrany am-piandohana ny Fiangonana apôstôlika no efa nanambara sy nampita ny finoany tamin’ny rijan-teny fohy sy mametra-pitsipika ho an’ny rehetra¹. Fa vetivety ihany dia efa tian’ny Fiangonana ny nanangona ny votoatim-pinoany tamin’ny famintinana voarindra sy voatohitohy, natokana indrindra ho an’ny mpangataka batemy :

Tsy araka ny hevitr’olombelona no nanaovana io famintinam-pinoana io, fa nanganina tamin’izay mavesa-danja indrindra avy amin’ny Soratra Masina manontolo, mba hanomezana feno ny fampianaram-pinoana tokana. Ary toy ny voatsinapy izay misy rantsankazo maro be ao amin’ny voany kely faran’izay bitika ao io famintinam-pinoana io, izay mirakitra amin’ny teny vitsivitsy ny fahalalana manontolo ny tena fitiavam-bavaka marina raketin’ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao².

187. Iza avy no iantsoana io famintinam-pinoana io : “fiekem-pinoana”, noho izy famintinana ny finoana ambaran’ny kristianina ampahibemaso ; “Izaho mino”, noho ny fomba mahazatra noraisina tamin’ny teny fanombohana azy hoe : “Izaho mino”; ary : “Sembolin’ny finoana”.

188. Ny teny grika *symbolon* dia midika hoe antsasa-javatra iray novakina (ohatra : fitomboka iray), izay aseho ho mari-pifamantarana. Atambatra ireo sila-javatra ireo mba hanamarinana ny maha-izy manokana an’ily mitondra izany. Noho izany, ny sembolin’ny finoana no mari-pifamantarana amampiombonan’ny samy mpino. Manaraka izany, ny *symbolon* dia enti-milaza fanangonana, fanatambarana na filazana ambangovangony. Noho izany, ny Sembolin’ny finoana no amboaran’ny votoatim-pahamarinan’ny finoana. Izany no mahatonga azy ho fanovozana voalohany sady fototry ny katesezy.

1237,232 189. Amin’ny fandraisana ny Batemy no anaovana ny “fiekem-pinoana” voalohany. Ny “sembolin’ny finoana” aloha dia semboly *fanao amin’ny Batemy*. Noho ny Batemy omena “amin’ny Anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy

¹ jer. Rôm 10,9; 1 Kôr 15,3-5; sns.

² Md Cyrille de Jérusalem, catech. ill. 5,12.

ny Fanahy Masina” (Mt 28,19), dia tononina tsirairay araka ny raki-keviny momba ireo Olona telon’ny Trinite Masina, ireo fahamarinam-pinoana nambara ampahibemaso tamin’ny Batemy.

190. Araka izany, mizara telo ny Semboly : Voalohany, ny “momba ny Olona voalohany-Andriamanitra sy ny tsanganasam-pahariany mahatalanjona ; avy eo, ny momba ny Olona faharoa-Andriamanitra sy ny misterim-panavotany ny olombelona ; farany, ny momba ny Olona fahatelo-Andriamanitra, loharano sy foto-piandohan’ny fanamasinana antsika”¹. Ireo izany no “toko telon’ny fitomboka anamarihana antsika (amin’ny Batemy)”².

191. “Miavaka ireo fizarana telo ireo na dia mifamatotra amin’izy samy izy aza ny semboly. Araka ny fampitahana nampiasain’ny Aban’ny Fiangonana matetika, dia antsointsika hoe *andalana* izy ireo. Satria, toy ny amin’ny rantsambatantsika ihany, misy ny tonon-taolana sasany izay mampiavaka azy sy mampisaraka azy, dia toy izany, amin’io fiekem-pinoana io, rariny sy hitsiny ny nanomezana anarana hoe andalana amin’ny marina izay tsy maintsy inoantsika manokana sy amin’ny fomba miavaka”³. Araka ny lovantsofina tranainy efa nohamarinin’i Md Ambroise, dia fomba fanao mahazatra koa ny manisa ho andalana *roa ambin’ny folo* ny Izaho mino, ho fanehoana an’ohatra ny fitambaram-pinoana apôstôlika amin’ny isan’ny apôstôly⁴.

192. Maro ny fiekem-pinoana na sembolin’ny finoana teny am-pamakivakiana ny taonjato nifandimby teny, ho fanomezam-baliny ny filana tamin’ny fotoan-tsamihafa : ny sembolin’ny Fiangonana apôstôlika sy tranainy samihafa⁵, ny Semboly “Quicumque”, antsoina hoe Sembolin’i Md Athanase⁶, ny fiekem-pinoana avy amin’ny Kônsily sasantsasany (Tolède⁷; Latran⁸; Lyon⁹; Trente¹⁰) na avy amin’ny Papa sasantsasany, tahaka izany ny “Fides Damasi”¹¹ na ny “Fiekem-pinoan’ny Vahoakan’Andriamanitra” [SPF] nataon’i Paoly VI (1968)¹².

193. Tsy misy na dia iray aza semboly, teo amin’ny dingam-piainana samihafa ny Fiangonana, azo heverina hoe lany andro sy tsy ilaina. Manampy antsika

¹ Kat. R. 1, 1, 4.

² Md Irénée, dem. 100.

³ Kat. R. 1,1, 4.

⁴ jer. symb. 8.

⁵ jer. DS 1-64.

⁶ jer. DS 75-76.

⁷ DS 525-541.

⁸ DS 800-802.

⁹ DS 851-861.

¹⁰ DS 1862-1870.

¹¹ jer. DS 71-72.

¹² SPF.

hahatratra sy handalina amin'izao fotoana izao ny finoana hatramin'izay ao amin'ny famintinana samihafa efa natao izy ireny.

Amin'ireny sembolin'ny finoana rehetra ireny, anankiroa no mitana toerana manokana eo amin'ny fiainan'ny Fiangonana :

194. Ny *Sembolin'ny apôstôly*, izay izany no iantsoana azy satria azo heverina ara-drariny ho famintinana azo antoka ny finoan'ny apôstôly. Izy no semboly tranainy fanao amin'ny Batemy tao amin'ny Fiangonan'i Rôma. Avy amin'izao ny fahefana lehibe ananany : “Izy no semboly tazonin'ny Fiangonana rômanina, dia izay nanapahan'i Piera, ilay voalohany amin'ny apôstôly, sy izay namoahany didim-pitsaràna iombonana”¹.

242,245,
465 195. Ny *Semboly antsoina hoe Nicée-Constantinople*, izay manana ny fahefany lehibe noho izy navoaka avy tamin'ireo Kônsily ekiomenika roa voalohany (taona 325 sy 381). Mbola iombonana izany mandraka ankehitriny, ao amin'ireo Fiangonana lehibe rehetra any Atsinanana sy any Andrefana.

196. Ny famelabelarantsika ny finoana, dia hanaraka ny Sembolin'ny apôstôly, izay azo lazaina fa “katesizy rômanina tranainy indrindra”. Ny fanazavana anefa dia hofenoina amin'ny raki-kevitra tsy tontan'ny ela, tovozina avy ao amin'ny Sembolin'i Nicée-Constantinople, izay matetika mazavazava kokoa sy vita an-tsipiriany kokoa.

1064 197. Toy ny tamin'ny andron'ny Batemintsika, fony nankinina tamin'ny “fitsipi-pampianarana” (Rôm 6,17) ny fiainantsika manontolo, dia raisontsika ny sembolin'ny finoantsika izay manome ny fiainana. Ny mamerimberina amimpinoana ny Izaho mino, dia miditra amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra Ray, Zanaka sy Fanahy Masina, midika hoe miditra koa amin'ny fiombonana amin'ny Fiangonana manontolo izay mampita amintsika ny finoana ary ao anatin'izany no inoantsika fa :

1274 Io Semboly io no fitomboka ara-panahy, izy no fandinindiniky ny fontsika sy fiarovana eo lalandava, izy marina tokoa no raki-tsarobidin'ny fanahintsika².

¹ Md Ambroise, symb. 7.

² Md Ambroise, symb. 1.

TOKO VOALOHANY Izaho mino an'Andriamanitra Ray

198. Ny fiekem-pinoantsika dia manomboka amin'Andriamanitra, satria Andriamanitra no “ilay Voalohany sy ilay Farany” (Iz 44,6), ilay Fiandohana sy ilay Fiafaran'ny zavatra rehetra. Manomboka amin'Andriamanitra Ray, ny Izaho mino, satria ny Ray no Olona Voalohany-Andriamanitra ao amin'ny Trinite Masina Indrindra ; manomboka amin'ny fahariana ny lanitra sy ny tany ny Sembolintsika, satria ny fahariana no fiandohana sy fototry ny tsanganasa rehetra an'Andriamanitra.

ANDALANA 1

“Izaho mino an'Andriamanitra, Ray Mahefa ny zavatra rehetra, Mpahary ny lanitra sy ny tany”

Paragrafy 1. *Izaho mino an'Andriamanitra*

199. “Izaho mino an'Andriamanitra” : io teny fanamafisana voalohany amin'ny fiekem-pinoana io no lehibe indrindra koa. Ny Semboly manontolo dia miteny momba an'Andriamanitra, ary raha miteny momba ny olombelona sy izao tontolo izao koa izy, dia nataony mifandray amin'Andriamanitra izany. Ny andalana rehetra amin'ny Izaho mino dia miankina avokoa amin'ilay voalohany, sahala amin'ny didy rehetra izay manazava ny didy voalohany. Ireo andalana hafa, dia mampahalala tsaratsara kokoa antsika an'Andriamanitra araka ny nanambaràny ny Tenany miandalana tamin'ny olombelona. “Ny ataon'ny mpino aloha izany dia ny manambara ampahibemaso ny finoany an'Andriamanitra”¹.

2083

I. “Izaho mino an'Andriamanitra tokana”

200. Ireo teny ireo no anombohana ny Sembolin'i Nicée-Constantinople. Ny fiekena ny maha-Tokana an'Andriamanitra, izay manana ny fakany amin'ny Fanambaràn'Andriamanitra ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, dia tsy azo sarahina amin'ny an'ny fisian'Andriamanitra sady fototra rahateo koa. Tokana Andriamanitra : tsy misy afa-tsy iray ihany Andriamanitra : “Ny finoana kristianina dia miaiky fa iray ihany Andriamanitra, amin'ny fomba aman-toetra, amin'ny fisia-maha-izy, ary amin'ny foto-pisiana”².

2085

201. Tamin'i Israely, ilay voafidiny, dia nanambara ny Tenany Andriamanitra fa Tokana Izy : “Mihainoa, ry Israely ! Ny Tompo Andriamanitsika no Tompo Tokana. Ho tia ny Tompo Andriamanitrao ianao, amin'ny fonao manontolo, amin'ny tenanao manontolo, amin'ny herinao manontolo” (Det 6,4-5). Tamin'ny alalan'ny

2083

¹ Kat. R. 1, 2, 6.

² *Ibid.*, 1, 2, 8.

mpaminany no niantsoan'Andriamanitra an'i Israely sy ny firenena rehetra hitodika any Aminy, ilay Tokana : “Mitodiha aty Amiko ianareo, dia ho voavonjy, ianareo rehetra mponin'ny tany, fa Izaho no Andriamanitra, ary tsy misy hafa (...). Eny, ny lohalika rehetra hilefitra eo anoloako, ny lela rehetra hianiana Amiko hoe : ao amin'Andriamanitra ireny no misy ny fahamarinana sy ny hery” (Iz 45,22-24)¹.

202. Ny Tenan'i Jesoa dia manamafy fa Andriamanitra no “hany Tompo tokana” ary tokony hotiavin'ny olona “amin'ny fony manontolo, amin'ny fanahiny manontolo, amin'ny sainy manontolo ary amin'ny heriny manontolo”² Izy. Notarihiny koa ny 446 sain'ny olona, hahatakatra fa Izy Tenany dia “Tompo”³. Ny miaiky fa “i Jesoa no Tompo”, dia toetra mampiavaka ny finoana kristianina. Tsy mifanohitra amin'ny 152 finoana an'Andriamanitra Tokana izany. Ny mino ny Fanahy Masina “ho Tompo sy manome ny Aina” dia tsy manisika fisaraham-bazana na dia kely akory aza ao amin'ilay Andriamanitra tokana :

42 Mino mafy isika ary manamafy amim-pahatsorana, fa tsy misy afa-tsy tokana Andriamanitra marina, tsy misy fetra sy tsy miova, tsy takatry ny saina, Mahefa ny zavatra rehetra sy tsy hay ambara, Ray sy Zanaka sy Fanahy Masina : Olona Telo, fa Foto-pisiana iray, Fisia-maha-izy iray na Fomba aman-Toetra iray tsotra tanteraka⁴.

II. Manambara ny anarany Andriamanitra

203. Tamin'i Israely vahoakany Andriamanitra no nanambara ny Tenany tamin'ny fampahafantarana azy ireo ny anarany. Ny anarana dia milaza ny foto-pisiana, ny 2143 maha-izy manokana ny olona ary ny dikan'ny fiainany. Manana ny anarany Andriamanitra, fa tsy hoe hery tsy fantatra anarana. Ny milaza ny anarany, dia mampahalala ny Tenany amin'ny hafa ; izany hoe toy ny manolo-tena ihany ho azo atonina, ho afaka fantarina lalindalina kokoa sy ho azo antsoina, amin'izy tenany mihitsy.

63 204. Nanambara ny Tenany miandalana sy tamin'ny anarana samihafa tamin'ny vahoakany Andriamanitra, kanefa ny fanambaràn'Andriamanitra ny anarany tamin'i Môizy fony Izy niseho taminy teo amin'ny kirihitra nirehitra, fiandohan'ny Eksaody sy ny fanekem-pihavanana teo Sinaia, no nampiharihary ny fanambaràna fototra ho an'ny Fanekem-pihavanana Taloha sy Vaovao.

Ilay Andriamanitra velona

2575 205. Nantsoin'Andriamanitra i Môizy avy eo afovoan'ny kirihitra nirehitra nefa tsy levona. Hoy Andriamanitra taminy : “Izaho no Andriamanitry ny rainao, Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'i Isaaka ary Andriamanitr'i Jakôba” (Eks 3,6). Andriamanitra dia Andriamanitr'ireo razambe, Izy no niantso sy

¹ jer. Filip 2,10-11.

² jer. Mk 12,29-30.

³ jer. Mk 12,35-37.

⁴ Kôns. Latran IV : DS 800.

nitari-dalana ny patriarka tao anatin'ny fivezivezen'izy ireo. Izy no ilay Andriamanitra tsy mivadika sy mangoraka, izay mahatsiaro azy ireo sy ny fampanantenany ; tonga Izy mba hanafaka amin'ny fanandevozana ny taranak'izy ireo. Izy no Ilay Andriamanitra tsy voafehin'ny elanelana sy ny fotoana, ka mahavita izay ataony sy izay tiany, sy hampiasa ny Fahefany tsy manam-petra ho fahatanterahan'io fandaharana io. 268

“Izaho no Ilay Misy”

Hoy i Môizy tamin'Andriamanitra : “Izao àry, ho any amin'ny zanak'i Israely aho, ka hilaza amin'izy ireo hoe : "Irahin'ilay Andriamanitry ny razanareo aho ho aty aminareo." Raha manontany ahy izy ireo hoe : "Iza no Anarany ?", dia inona no havaliko azy ireo ?” Hoy Andriamanitra tamin'i Môizy : “Izaho no Ilay misy.” Ary hoy Izy : “Izao no havalinao ny zanak'i Israely : "Ilay Misy" no naniraka ahy ho aty aminareo. (...) Fa izany no anarako mandrakizay, araka izany no iantsoana ahy hatramin'ny taranaka fara aman-dimby” (Eks 3,13-15).

206. Andriamanitra, tamin'ny nanambaràny ny Anarany mifono mystery hoe YHWH, izay mety hanana hevitra hoe : “Izaho no Ilay Izy” na : “Izaho no Ilay Misy” na koa “Izaho no Izaho”, dia nilaza hoe : Iza moa Izy ary Anarana toy inona no tsy maintsy hiantsoana Azy. Mifono mystery izany Anaran'Andriamanitra izany, tahaka ny maha-mystery an'Andriamanitra. Sady Anarana nambara izy io, no tahaka ny Anarana nolavina tsy ho lazaina, ary amin'izany koa no anehoany tsaratsara kokoa an'Andriamanitra araka ny maha-Izy Azy, mihoatra lavitra noho izay rehetra mety ho takatry ny saintsika na lazaintsika : Izy no Ilay “Andriamanitra miafina” (Iz 45,15) tsy hay ambara ny Anarany¹, ary Izy no Ilay Andriamanitra izay manakaiky ny olombelona : 43

207. Tamin'ny nanambaràn'Andriamanitra ny Anarany no nanambaràny niaraka tamin'izay koa ny tsy fivadihany lalandava sy mandrakizay, sady marim-pototra ho an'ny lasa (“Izaho no Andriamanitry ny rainao”, Eks 3,6) no marim-pototra ho an'ny hoavy (“Homba anao Aho”, Eks 3,12). Ilay Andriamanitra manambara ny Anarany ho “Ilay Misy” dia manambara ny Tenany ho ilay Andriamanitra eo lalandava, manatrika akaiky ny vahoakany, mba hamonjy azy.

208. Manoloana ny fisehoam-pisiana manintona sy mifono misterin'Andriamanitra no ahatsapan'ny olona ny maha kely sy bitika azy. Manoloana ny kirihitra nirehitra, nanala ny kapany i Môizy ary nanarona ny tarehiny² eo anatrehan'ny Fahamasinan'Andriamanitra. Manoloana ny Voninahitr'Andriamanitra masina tsy manam-petra, hoy i Izaia: “Loza ho ahy, very aho! 724

¹ jer. Mpits 13,18.

² jer. Eks 3,5-6.

448 Fa olona maloto molotra aho” (Iz 6,5). Manoloana ny famantaran’
Andriamanitra izay notanterahin’i Jesoa, hoy i Piera : “Mialà amiko Tompo,
fa mpanota aho” (Lk 5,8). Masina Andriamanitra, ka afaka mamela heloka ny
388 olombelona izay mahatsapa ny maha mpanota azy eo anoloany : “Tsy
hanampatra ny firehetan’ny hatezerako Aho (...) fa Andriamanitra Aho, fa
tsy olombelona ; eo afovoanao Izaho no ilay Masina” (Ôs 11,9). Hilaza toy
izany koa i Joany apôstôly : “Eo anoloany no hampitonantsika ny fontsika,
raha manameloka antsika ny fontsika, satria lehibe noho ny fontsika
Andriamanitra, ary mahalala ny zavatra rehetra Izy” (1 Jo 3,19-20).

209. Tsy manonona ny Anaran’Andriamanitra mihitsy ny vahoaka Israely, ho fanajany
ny fahasinan’Andriamanitra. Ny anarana nambara, amin’ny famakiana ny Soratra
446 Masina, dia nosoloina ny anaram-piantsoana an’Andriamanitra hoe “Tompo”
(*Adonai* amin’ny teny hebrio, *Kyrios* amin’ny teny grika). Amin’izany fiantsoana
izany no hankalazana ny maha-Andriamanitra an’i Jesoa : “I Jesoa no Tompo”.

“Malemy fanahy sy mamindra fo, Andriamanitra”

2116,2577 210. Nihaino ny fanelanelanan’i Môizy Andriamanitra, taorian’ny fahotan’i
Israely izay niodina Taminy tamin’ny fitsaohana ny zanak’omby volamena¹,
ary nanaiky handeha eo afovoan’ily vahoaka mpivadika : tamin’izany no
nanehoany ny fitiavany². Novaliany ny fangatahan’i Môizy te hahita maso ny
Voninahiny : “Hampandaloviko eo anatrehanao ny hatsaram-poko manontolo
[hatsarana], ary hotononiko eo anatrehanao ny Anaran’i YHWH” (Eks 33,18-
19). Dia nandalo teo anatrehan’i Môizy ny Tompo sy nanonona hoe :
“YHWH, YHWH, Andriamanitra malemy fanahy sy mamindra fo, tsy
malaky tezitra, manankarem-pahasoavana ary tsy mivadika” (Eks 34,6).
Tamin’izay i Môizy no niaiky fa Andriamanitra mamela heloka ny Tompo”³.

604 211. Ny Anaran’Andriamanitra hoe : “Izaho Ilay Misy” na “Izy Ilay Misy” dia
manambara ny tsy fivadihan’Andriamanitra izay “mitahiry ny fahasavany
hatramin’ny taranaka faharivo” (Eks 34,7), na eo aza ny fivadihan’ny
olombelona noho ny fahotana sy ny sazy izay sahaza izany. Nanambara
Andriamanitra fa “manankarena famindram-po” (Efez 2,4), ary tonga
hatramin’ny nanomezany ny Zanany izany. Rahefa hanolotra ny ainy mba
hanafaka antsika amin’ny fahotana i Jesoa, dia hanambara fa mitondra ny
Anaran’Andriamanitra koa ny Tenany : “Rahefa voasandratreo ny Zanak’
olona, vao ho fantatreo fa “Izaho no Izy” (Jo 8,28).

¹ jer. Eks 32.

² jer. Eks 33,12-17.

³ jer. Eks 34,9.

Andriamanitra irery no MISY

212. Nandritra ny taonjato nifandimby, ny finoan'i Israely dia afaka namelatra sy nandalina ny harena voarakitra ao amin'ny fanambaràna ny Anaran' Andriamanitra. Tokana Andriamanitra, tsy misy andriamanitra hafa afa-tsy Izy¹. Mihoatra ambony dia ambony noho izao tontolo izao sy ny tantara Izy. Izy no nanao ny lanitra sy ny tany : “Izy ireo levona, Ianao kosa maharitra ; izy rehetra mihatonta toy ny fitafiana (...) fa Ianao kosa maharitra tsy miova ary tsy manam-pahataperana ny taonanao” (Sal 102,27-28). Ao Aminy “tsy misy fiovaàna na iray aza, na aloky ny fiovaovàna” (Jak 1,17). Izy no “Ilay Misy” hatramin'ny mandrakizay ka ho mandrakizay, ary amin'izany Izy no maharitra lalandava ho tsy mivadika amin'ny Tenany sy amin'ny fampanantenany. 42
469,2086
213. Ny fanambaràna ny Anarana tsy hay ambara hoe “Izaho no Ilay Misy” àry no mirakitra ny fahamarinana fa Andriamanitra irery ihany no MISY. Tamin'izany lafin-kevitra izany, ny dika tenin'ny Fitopololahy sy ny Lovampampianaran'ny Fiangonana nanaraka izany taty aoriana, no efa nahatakatra an-tsaina ny hevitra ny Anaran'Andriamanitra : Andriamanitra no hafenoan'ny Misy sy ny fahalavorariana rehetra, tsy misy fiandohana sy tsy misy fiafarana. Avy Aminy anefa no nandraisan'ny zavaboary rehetra ny fisian'izy ireo sy ny fananan'izy ireo, Izy irery no isian'ny tenany ihany ary Izy avy amin'ny Tenany ihany no isiany manontolo. 41

III. Andriamanitra, “Ilay Misy”, dia Fahamarinana sy Fitiavana

214. Andriamanitra, “Ilay Misy”, dia nanambara ny Tenany tamin'i Israely fa Ilay “manankarena famindram-po sy fahamarinana” (Eks 34,6). Samy manambara amin'ny fomba mifintina ny haren'ny anaran'Andriamanitra ireo fomba fiteny anankiroa ireo. Ao amin'ny tsanganasany rehetra Andriamanitra no mampiseho ny fahalemem-panahiny, ny hatsaram-pony, ny fahasoavany, ny fitiavany ; nefa koa ny fahatokiany, ny faharetany, ny tsy fivadihany, ny fahamarinany. “Misaotra ny anaranao aho, noho ny fitiavanao sy ny fahamarinanao” (Sal 138,2)². Izy no Fahamarinana, satria “Andriamanitra dia Fahazavana, ary tsy misy haizina akory ao Aminy” (1 Jo 1,5) ; “Fitiavana” Izy, araka ny ampianaran'i Joany apôstôly izany (1 Jo 4,8). 1062

Fahamarinana Andriamanitra

215. “Fahamarinana ny foto-piandohan'ny teninao ! Ho mandrakizay ny fahamarinan'ny hevitrao” (Sal 119,160). “Eny, ry Tompo Andriamanitra, 2465

¹ jer. Iz 44,6.

² jer. Sal 85,11.

Ianao no Andriamanitra, ny teninao no fahamarinana” (2 Sam 7,28) ; izany no mahatonga ny fampanantenan’Andriamanitra ho tontosa lalandava¹.
1063 Fahamarinana rahateo ihany Andriamanitra, tsy mety mamitaka ny teniny.
156 Noho izany, azo atao ny manolo-tena amim-pianteherana tanteraka amin’ny fahamarinana sy amin’ny tsy fivadihan’ny teniny amin’ny zavatra rehetra. Ny fiandohan’ny fahotana sy ny fahalavoan’ny olombelona dia ny laingan’ny
397 mpaka fanahy izay nitarika fisalasalana ny amin’ny Tenin’Andriamanitra, ny amin’ny fahalemem-panahiny ary ny amin’ny tsy fivadihany.

216. Ny fahamarinan’Andriamanitra no fahendreny izay mibaiko ny filaminana
295 manontolo eo amin’ny zavaboary sy eo amin’ny fitondrana an’izao tontolo izao². Andriamanitra izay hany nahary ny lanitra sy ny tany³, no hany afaka manome ny fahalalana marina ny zavatra rehetra noarina, amin’ny
32 fifandraisany Aminy⁴.

217. Marina koa Andriamanitra rahefa manambara ny Tenany Izy :
“fitambaram-pampianarana ny marina” (Mal 2,6) ny fampianarana avy Aminy. Rahefa haniraka ny Zanany eo amin’izao tontolo izao Izy, dia ny
851 “mba hijoro ho vavolombelon’ny Fahamarinana” (Jo 18,37) : “Fantatsika fa tonga ny Zanak’Andriamanitra, ary Izy no nanome antsika ny fahazavan-
2466 tsaina, mba hahalalantsika an’ily Marina” (1 Jo 5,20)⁵.

Fitiavana Andriamanitra

218. Teny am-pamakivakiana ny tantarany no nahafahan’i Israely nahita fa tsy
nisy afa-tsy antony anankiray no nanambaràn’Andriamanitra ny Tenany
295 taminy, sy nifidianany azy teo anivon’ny firenen-drehetra mba ho Azy : ny fitiavany maimaim-poana⁶. Ary dia tsapan’i Israely tamin’ny alalan’ny mpaminaniny fa mbola noho ny fitiavana no tsy nitsaharan’Andriamanitra namonjy azy⁷, sy ny namindrany fo taminy tamin’ny fivadihany mbamin’ny fahotany⁸.

219. Ny fitiavan’Andriamanitra an’i Israely dia oharina amin’ny fitiavan-dray ny zanany⁹. Mahery kokoa noho ny fitiavan-dreny ny zanany io fitiavana io¹⁰.
239 Tia ny Vahoakany Andriamanitra, mihoatra noho ny itivan’ny lehilahy ny

¹ jer. Det 7,9.

² jer. Fah 13,1-9.

³ jer. Sal 115,15.

⁴ jer. Fah 7,17-21.

⁵ jer. Jo 17,3.

⁶ jer. Det 4,37; 7,8; 10,15.

⁷ jer. Iz 43,1-7.

⁸ jer. Ôs 2.

⁹ jer. *ibid.*, 11. 1.

¹⁰ jer. Iz 49,14-15.

malalany¹ ; handresy na dia hatramin'ny fivadihana faran'izay ratsy indrindra 796
aza io fitiavana io² ; ho tonga hatrany amin'ny fanomezana sarobidy 458
indrindra izany : “Tia an'izao tontolo izao Andriamanitra, ka nomeny ny
Zanany tokana” (Jo 3,16).

220. “Mandrakizay” ny fitiavan'Andriamanitra (Iz 54,8) : “Satria mety hihataka
ny tendrombohitra ary mety hihozongozona ny havoana, fa ny fitiavako Anao
tsy mba hiala” (Iz 54,10). “Fitiavana mandrakizay no itiavako Anao ; izany
no antony nampaharetako ny famindram-po Aminao” (Jer 31,3).

221. Mbola lasa lavidavitra kokoa aza i Md Joany tamin'izy nanamarina hoe :
“Andriamanitra dia Fitiavana” (1 Jo 4,8.16) : ny Tenan'Izy Andriamanitra
rahateo ihany no Fitiavana. Tamin'ny nanirahan'Andriamanitra ny Zanany 733,851
Lahitokana sy ny Fanahy Fitiavana, rahefa feno ny fotoana, no nanambaràny
ny tsiambaratelonny lalina indrindra³ : Izy Tenany rahateo ihany dia 257
fifanakalozam-pitiavana mandrakizay : Ray, Zanaka sy Fanahy Masina, ary
nanendry antsika Izy mba hiombona anjara amin'izany.

IV. Ny vokatry ny finoana an'Andriamanitra Tokana

222. Ny mino an'Andriamanitra Tokana sy ny tia Azy amin'ny maha-Izy Azy
manontolo, dia mitera-bokatra tsy hita noanoa ho an'ny fiainantsika
manontolo :

223. *Dia ny mahalala ny halehiben'Andriamanitra sy ny fahamboniany* : “Eny,
lehibe tokoa Andriamanitra fa mihoatra ny fahalalantsika Izy” (Jôba 36,26). 400
Izany indrindra no tsy maintsy “anompoana voalohany”⁴ an'Andriamanitra.

224. *Dia ny miaina amin'ny fahaiza-misaotra sy mankasitraka* : Amin'ny maha-
Tokana an'Andriamanitra, dia avy Aminy avokoa izay rehetra maha-isika
antsika sy izay rehetra ananantsika : “Inona no anananao ka tsy noraisinao ?” 2637
(1 Kôr 4,7). “Inona no havaliko ny Tompo noho ny soa rehetra nataony
tamiko ?” (Sal 116,12).

225. *Dia ny mahalala ny firaisan'ny olombelona rehetra sy ny fahamendrehany
marina* : natao “mitovy endrika sy mifanahaka amin'Andriamanitra” (Jen 356,360,
1,26) izy rehetra. 1700,1934

226. *Dia ny mampiasa tsara ny zavaboary* : ny finoana an'Andriamanitra
Tokana no mitondra antsika hampiasa ny zava-drehetra ankoatra Azy, raha 339,2402

¹ jer. Iz 62,4-5.

² jer. Ezek 16; Ôs 11.

³ jer. 1 Kôr 2,7-16; Efez 3,9-12.

⁴ Mb Jeanne d'Arc, dictum.

2415 toa izany mampanatona antsika Azy, sy mitaona antsika tsy hiraiki-po amin' izany, raha toa izany mampanalavitra antsika Azy¹ :

Ry Tompoko sy Andriamanitra, esory amiko izay rehetra mampanalavitra ahy Aminao. Ry Tompoko sy Andriamanitra, omeo ahy izay rehetra mampanatona ahy Aminao. Ry Tompoko sy Andriamanitra, vahao amin'ny fatotra matotra ny tenako aho, mba hanolorako ny tenako manontolo Aminao².

313,2090 287. *Dia ny matoky an'Andriamanitra amin'ny fisehon-javatra rehetra, na dia amin'ny fahoriana sy ny loza aza. Maneho izany amin'ny fomba mampitolagaga ny vavak'i Mb Terezin'i Jesoa hoe :*

2830 Aoka tsy hisy na inona na inona hampiahiahy sy hampitebiteby anao.
1723 Aoka tsy hisy na inona na inona hampatahotra sy hampivadi-po anao.
Mihelina avokoa izao rehetra izao, fa tsy miova Andriamanitra
Ahazoana ny zavatra rehetra ny faharetana.
Izay manana an'Andriamanitra tsy ory na inona na inona.
Andriamanitra irery ihany dia ampy³.

FAMINTINANA

228. *“Mihainoa, ry Israely, ny Tompo Andriamanitrao no Tompo Tokana ...” (Det 6,4 ; Mk 12,29). “Tsy maintsy ho tokana Ilay Misy, izany hoe tsy manan-tсахala.(...) Raha tsy tokana Andriamanitra dia tsy Andriamanitra Izy”⁴.*

229. *Ny finoana an'Andriamanitra no mitarika antsika hitodika any Aminy irery, ho any amin'Ilay voaloham-piandohantsika sy fara-fiafarantsika, ary tsy misy tiana kokoa noho Izy na asolo Azy.*

230. *Andriamanitra, tamin'ny nanambaràny ny Tenany, dia mijanona ho mystery tsy hay ambara : “Raha takatry ny sainao Andriamanitra, dia tsy Andriamanitra Izy”⁵.*

231. *Ny Andriamanitry ny finoantsika dia manambara ny Tenany ho Ilay izay misy eo ; nampahafantariny fa Izy no “Ilay manankarena famindram-po sy fahamarinana” (Eks 34,6). Ny Tenany rahateo Fahamarinana sy Fitiavana.*

¹ jer. Mt 5,29-30; 16,24; 19,23-24.

² Md Nicolas de Flüe, vavaka.

³ Poes. 9.

⁴ Tertullien, Marc. 1,3.

⁵ Md Augustin, serm. 52, 6, 16.

Paragrafy 2. Ny Ray

I. “Amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina”

232. Natao batemy “amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina” (Mt 28,19) ny kristianina. Talohan’izany, novalian’izy ireo hoe “Inoako tokoa” ny fanontaniana intelo izay nangatahana azy ireo hanambara ampahibemaso ny finoan’izy ireo ny Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina : “Miorina amin’ny Trinite ny finoan’ny kristianina rehetra”¹. 189,1223
233. Natao batemy amin’ny “anaran’ ” ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina ny kristianina, fa tsy amin’ny “anaran’ ” izy ireo² satria tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana, ny Ray Mahefa ny zavatra rehetra sy ny Zanany tokana ary ny Fanahy Masina, dia ny Trinite Masina Indrindra izany.
234. Ny misterin’ny Trinite Masina Indrindra no mystery foiben’ny finoana sy ny fiainana kristianina. Io no misterin’Andriamanitra ao amin’ny Tenany ihany. Io izany no loharanon’ny mystery hafa rehetra momba ny finoana, fahazavana izay mitsilo azy ireo. Io no fampianarana fototra indrindra sy tsy azo avela indrindra amin’ny “ambaratongam-pahamarinan’ny finoana”³. “Ny tantaram-pamonjena manontolo dia tsy hafa, fa tantaran’ny fanabeazan’ Andriamanitra, amin’ny alalan’ny fomba maro sy amin’ny alalan’ny sain’ny olombelona, momba ny Tenany marina sy tokana, Ray, Zanaka sy Fanahy Masina, manambara tena sy mamerim-pihavanana ary miray amin’ny olombelona izay nibirioka noho ny fahotana”⁴. 2157 90 1449
235. Amin’ity paragrafy ity, hovelabelarina amin’ny teny fohy ny hoe : fomba ahoana no nanambaràna ny misterin’ny Trinite Sambatra (I) ? Fomba ahoana no nandrafetan’ny Fiangonana ny rijan-tenin’ny fitambaram-pampianaram-pinoana momba io mystery io (II) ? Ary farany, fomba ahoana no nanatanterahan’Andriamanitra Ray tamin’ny fanirahany ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, ny “fandaharany feno fitiavana” momba ny fahariana, ny fanavotana ary ny fanamasinana (III) ?
236. Ny Aban’ny Fiangonana, dia manavaka ny hevitra ny teny hoe *Theologia* sy ny hoe *Oikonomia*, ka ny teny voalohany dia ilazana ny misterin’ny fiainana lalina iainan’Andriamanitra-Trinite ; ny faharoa no ilazana ny tsanganasa rehetra ataon’ Andriamanitra izay anambaràny ny Tenany sy ampitàny ny fiainany. Amin’ny alalan’ny *Oikonomia* no anambaràna amintsika ny *Theologia* ; raha avadika ny filaza azy, ny *Theologia* no manazava ny *Oikonomia* manontolo. Ny tsanganasan’ 1066 259

¹ Md Césaire d’Arles, symb.

² jer. Fiekem-pinoan’i Papa Vigile tamin’ny 552 : DS 415.

³ jer. DCG 43.

⁴ DCG 47.

Andriamanitra dia manambara ny Fisiany ao amin'ny Tenany ihany ; raha avadika ny filaza azy, ny misterin'ny Fisian-tenany lalina no manazava ny fahatakarana ny tsanganasany rehetra. Misy ifanahafany amin'izany ny amin'ny olombelona samy olombelona. Asehon'ny asa amam-pitondran-tenany ny maha-olona ny olona ary arakaraka ny ahalalantsika tsara ny olona iray no ahatakarantsika tsara ny asa amam-pitondran-tenany.

50 237. Ny Trinite dia misterin'ny finoana amin'ny dikany ara-bakiteny, iray amin'ireo “mystery miafina ao amin'Andriamanitra, izay tsy mety ho fantatra raha tsy nambara avy any ambony”¹. Marina fa namela mariky ny fisiana maha-Trinite Azy Andriamanitra tamin'ny tsanganasam-pahariany sy tamin'ny Fanambaràny nandritra ny Testamenta Taloha. Kanefa ny halalin'ny Fisian'ny Tenany maha-Trinite Masina Azy dia anisan'ny mystery tsy takatra amin'ny fahalalan'ny saina fotsiny izao, ary na dia tamin'ny finoan'i Israely talohan'ny Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo sy ny fanirahana ny Fanahy Masina aza.

II. Ny fanambaràna an'Andriamanitra ho Trinite

Ny Ray nambaran'ny Zanaka

2443 238. Fantatra amin'ny antokom-pinoana maro ny fiantsoana an'Andriamanitra ho “Ray”. Matetika, heverina ho “rain'ireo andriamanitra sy ny olombelona” ny maha-Andriamanitra. Tany Israely, antsoina hoe Ray Andriamanitra amin'ny maha-Mpahary an'izao tontolo izao Azy². Ray Andriamanitra, fa indrindra noho ny fanekem-pihavanana sy ny fanomezana ny Lalàna tamin'i Israely “zanany lahimatoa” (Eks 4,22). Antsoina koa hoe Rain'ny Mpanjakan'i Israely Izy³. Izy indrindra koa no “Rain'ny mahantra”, ny kamboty sy ny mananotena, izay eo ambany fiarovany be fitiavana⁴.

239. Amin'ny fanononana an'Andriamanitra amin'ny anarana hoe “Ray”, dia ireto toetra roa ireto indrindra no ambaran'ny fiteny ara-pinoana : sady voaloham-piandohan'ny zava-drehetra sy tompom-pahefana ambony tsy taka-polopolorina Andriamanitra, no hatsaram-panahy sy fiahiana ombam-pitiavana amin'ny zanany rehetra. Izany fanehoam-pitiavana maha-Raiamandreny an'Andriamanitra izany dia mety haseho an-tsary koa amin'ny alalan'ny endrika an'ohatra ny reny⁵ izay manondro bebe kokoa ny maha-ao anaty tanteraka an'Andriamanitra sy ny fifandraisana lalina misy eo Aminy sy ny zavaboariny. Ny fiteny ara-pinoana no manovo araka izany ao amin'ny fahalalana azo tamim-pahazarana maha-olombelona ny ray aman-dreny izay azo lazaina ho solontena voalohan'Andriamanitra ho an'ny

¹ Kôns. Vatikana I : DS 3015.

² jer. Det 32,6; Mal 2,10.

³ jer. 2 Sam 7,14.

⁴ jer. Sal 68,6.

⁵ jer. Iz 66,13; Sal 131,2.

olombelona. Kanefa izany fahalalana azo tamim-pahazarana izany, dia milaza koa fa amin'ny maha-olombelona ny ray aman-dreny dia mety diso ary mety hanimba ny endrika maha-ray sy maha-reny azy izy ireo. Koa noho izany, mety ny mampahatsiahy fa Andriamanitra dia mihoatra ambony dia ambony noho ny fanavahan'ny olombelona ny amin'ny maha-lahy sy maha-vavy. Sady tsy lehilahy no tsy vehivavy Izy, fa Andriamanitra. Mihoatra ambony dia ambony koa noho ny maha-ray sy ny maha-reny¹ ny olombelona Izy, sady mijanona ho fiandohana sy ho fetra amin'izany² : tsy misy olona afaka hilaza hoe ray tahaka ny maha-Ray an' Andriamanitra.

370, 2779

240. Tamin'ny teny tsy mbola fandre no nanambaràn'i Jesoa fa Andriamanitra dia "Ray" : Tsy izany fotsiny Izy amin'ny maha-Mpahary Azy, fa Ray mandrakizay Izy amin'ny fifandraisany amin'ny Zanany tokana, izay tsy Zanaka mandrakizay raha tsy mifandray amin'ny Ray : "Tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray ; ary tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy" (Mt 11,27).

2780
441-445

241. Izany no antony ieken'ny apôstôly an'i Jesoa ho "ilay Teny izay tao amin' Andriamanitra hatramin'ny voalohany ary Andriamanitra mihitsy" (Jo 1,1), ho "endrik'ilay Andriamanitra tsy hita maso" (Kôl 1,15), ho "ilay famirapiratan'ny voninahiny sy sarin'ny fisia-maha-izy ny Tenany" (Heb 1,3).

242. Eo am-panarahana azy ireo, araka ny lovam-pampianaran'ny apôstôly, dia niaiky ny Fiangonana, tamin'ny taona 325, tao amin'ny Kônsily ekiomenika voalohan'i Nicée, fa "iray fombam-pisia-maha-izy"³ amin'ny Ray ny Zanaka, izany hoe Andriamanitra iray ihany miaraka Aminy. Ny Kônsily ekiomenika faharoa, nivory tao Constantinople tamin'ny taona 381, dia mitazona io fomba fiteny io tamin'ny fandrafetana ny rijan-tenin'ny Fiekem-pinoan'i Nicée, ary niaiky "ilay Zanaka Lahitokan'Andriamanitra, teraky ny Ray talohan'ny taona rehetra, fahazavana avy amin'ny fahazavana, Andriamanitra marina avy amin'Andriamanitra marina, nateraka fa tsy natao, iray fombam-pisia-maha-izy amin'ny Ray"⁴.

465

Ny Ray sy ny Zanaka nambaran'ny Fanahy Masina

243. Talohan'ny Pakany, nambaran'i Jesoa ny fanirahana ny "Parakleto hafa" (Mpiaro), dia ny Fanahy Masina izany. Efa niasa Izy hatramin'ny fahariana an'izao tontolo izao⁵, "niteny tamin'ny alalan'ny mpaminany"⁶ fahiny, ary

683

¹ jer. Sal 27,10.

² jer. Efez 3,14-15; Iz 49,15.

³ DS 125.

⁴ DS 150.

⁵ jer. Jen 1,2.

⁶ Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

2780 izao Izy dia eo anilan'ny mpianatra sy ao amin'izy ireo¹, mba hampianatra
azy ireo² sy hitarika azy ireo “ho amin'ny marina rehetra” (Jo 16,13). Ny
687 Fanahy Masina izany no nambara ho ilay Olona iray hafa-Andriamanitra
raha oharina amin'i Jesoa sy ny Ray.

244. Ny fiandohan'ny Fanahy Masina hatramin'ny mandrakizay, dia voaseho
amin'ny fanirahana Azy teto an-tany. Ny Fanahy Masina izay nirahin'ny Ray
tamin'ny anaran'ny Zanaka tao amin'ny apôstôly sy ny Fiangonana, dia
nirahin'ny Tenan'Izy Zanaka koa, nony tafaverina teo amin'ny Ray Izy³. Ny
732 fanirahana ny Tenan'Izy Fanahy Masina taorian'ny fanomezam-boninahitra
an'i Jesoa⁴, dia manambara feno ny misterin'ny Trinite Masina.

245. Ny finoana apôstôlika momba ny Fanahy Masina, dia nankatoavin'ny
Kônsily ekiomenika faharoa tamin'ny taona 381, tao Constantinople : “Mino
152 ny Fanahy Masina isika, izay Tompo sy manome ny aina; avy amin'ny Ray
Izy”⁵. Amin'izany no aneken'ny Fiangonana ny Ray ho “loharano ipoirana sy
fiandohan'ny maha-Andriamanitra manontolo”⁶. Ny fiandohan'ny Fanahy
Masina hatramin'ny mandrakizay anefa tsy hoe tsy misy fifamatorany
amin'ny an'ny Zanaka : “Ny Fanahy Masina izay Olona fahatelon'ny Trinite,
dia Andriamanitra, tokana sy mitovy amin'ny Ray sy ny Zanaka, iray fisia-
maha-izy ary koa iray fomba aman-toetra (...). Kanefa tsy azo lazaina hoe
Fanahin'ny Ray ihany Izy, fa sady Fanahin'ny Ray Izy no Fanahin'ny
Zanaka”⁷. Ny Fiekem-pinoan'ny Fiangonana, tamin'ny Kônsily tao
685 Constantinople, dia manambara hoe : “Tsaohina sy omem-boninahitra,
miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka Izy”⁸.

246. Miaiky ny lovam-pampianarana latinina momba ny Izaho mino, fa “avy
amin'ny Ray sy avy amin'ny Zanaka (*filioque*)” ny Fanahy Masina.
Nabaribarin'ny Kônsily tao Florence, tamin'ny taona 1438, fa : “Ny Fanahy
Masina dia manana ny foto-pisiany sy ny fisian-tenany, izay sady avy
amin'ny Ray no avy amin'ny Zanaka, ary Izy dia avy amin'ny Ray sy avy
amin'ny Zanaka mandrakizay, avy amin'ny Foto-piandohana iray ihany sy
avy amin'ny foto-pisiam-panahy iray ihany ... Ary satria izay rehetra an'ny
Ray, dia ny Tenan'Izy Ray rahateo ihany no nanome izany tamin'ny Zanany
Lahitokana, tamin'ny niterahany Azy, afa-tsy ny fisian-tenany maha-Ray
Azy, ary na io fiandohan'ny Fanahy Masina avy amin'ny Zanaka io aza, dia

¹ jer. Jo 14,17.

² jer. Jo 14,26.

³ jer. Jo 14,26; 15,26; 16,14.

⁴ jer. Jo 7,39.

⁵ DS 150.

⁶ Kôns. Tolède VI tamin'ny 638 : DS 490.

⁷ Kôns. Tolède XI tamin'ny 675 : DS 527.

⁸ DS 150.

ananan'ny Zanaka mandrakizay avy amin'ny Rainy izay niteraka Azy hatramin'ny mandrakizay"¹.

247. Ny fanamafisana marina ny hoe : “avy amin'ny Zanaka ny Fanahy Masina” (*filioque*), dia tsy hita ao amin'ny semboly nambara tamin'ny taona 381 tao Constantinople. Kanefa raha zohina ny lovam-pampianarana tranainy amin'ny teny latinina sy avy any Alexandrie, ilay semboly tamin'ny taona 381, dia efa nambaran'i Md Léon Papa ho foto-pinoana sahady tamin'ny taona 447², talohan'ny nahalalan'i Rôma sy nandraisany izany tamin'ny taona 451 tao amin'ny Kônsilin'i Chalcedoine. Ny fampiasana an'io rijan-teny io tao amin'ny Izaho mino dia voaray tsikelikely tao amin'ny litorzia latinina (teo anelanelan'ny taonjato faha-8 sy faha-11). Ny fampidirana ny teny hoe *filioque* ao amin'ny Sembolin'i Nicée-Constantinople tamin'ny litorzia latinina anefa, dia nampisy fifanolanana mandraka ankehitriny tamin'ny Fiangonana Ôrtôdôksa.

248. Ny lovam-pampianarana tatsinanana dia maneho avy hatrany ny toetra manokana maha-voaloham-piandohana ny Ray raha oharina amin'ny Fanahy. Ny lovam-pampianarana tatsinanana, amin'ny fiekena hoe : “avy amin'ny Ray” (Jo 15,26) ny Fanahy Masina, dia manamafy fa ny Fanahy Masina dia *avy amin'ny Ray amin'ny alalan'ny Zanaka*³. Ny lovam-pampianarana tandrefana dia maneho avy hatrany ny fiombonan'ny maha-iray fombam-pisia-maha-izy eo amin'ny Ray sy ny Zanaka, amin'ny filazana fa ny Fanahy Masina dia avy amin'ny Ray sy ny Zanaka (*filioque*). Lazainy amin'ny “fomba ara-dalàna sy ara-pahamarinana”⁴ izany, satria ny filaharana mandrakizain'ireo Olona-Andriamanitra amin'ny fiombonan'ny maha-iray fombam-pisia-maha-izin'izy ireo dia mifono hevitra hoe ny Ray no voaloham-piandohan'ny Fanahy amin'ny maha-“foto-piandohana tsy misy fiandohana”⁵ Azy, nefa koa amin'ny maha-Rain'ny Zanaka Lahitokana ny Ray, dia miaraka Amin'Izy Ray “ilay fototra tokana izay iavian'ny Fanahy Masina”⁶ ny Zanaka. Izany fifamenoana araka ny marina sy ny hitsiny izany, raha tsy nororitina, dia tsy nanimba ny fitovian'ny finoana amin'ny fisian'io mystery iaraha-mankato ihany io”.

III. Ny Trinite Masina, araka ny fitambaram-pampianaram-pinoana

Ny fiforonan'ny teny finoana momba ny Trinite Masina

249. Ny marina nambara momba ny Trinite Masina dia hatrany am-piandohana no efa tao amin'ny fakan'ny finoana velon'ny Fiangonana, fa indrindra tamin'ny alalan'ny Batemy. Hita ao amin'ny fitsipi-pinoan'ny Batemy ny fitenim-panehoana izany, voarafitra amin'ny rijan-teny ao amin'ny toriteny,

683,189

¹ DS 1300-1301.

² jer. DS 284.

³ jer. AFF 2.

⁴ Kôns. Florence tamin'ny 1439 : DS 1302.

⁵ DS 1331.

⁶ Kôns. Lyon II tamin'ny 1274 : DS 850.

ny katesezy ary ny vavaky ny Fiangonana. Ny fandrafetana amin'ny rijan-teny toy izany dia efa hita ao amin'ny asa soratry ny apôstôly, izay porofon' izany ity fiarahabana averina ao amin'ny litorzian'ny Eokaristia ity : “Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i Jesoa-Kristy Tompo sy ny fitiavan' Andriamanitra ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina !” (2 Kôr 13,13)¹.

250. Nandritra ny taonjato voalohandohany, notadiavin'ny Fiangonana izay fomba filaza amin'ny rijan-teny mazavazava kokoa ny finoany mikasika ny Trinite, mba handalinana ny fahaizany manokana momba ny finoana sady mba hiarovana izany amin'ny hadisoan-kevitra izay mampivaona izany. Izany no tsanganasan'ny Kônsily fahiny, nampian'ny asa ara-teôlôjian'ny Aban'ny Fiangonana ary notohanana'ny fahalalam-pinoana teo amin'ny vahoaka kristianina.

251. Mba ho fandrafetana ny rijan-teny amin'ny teny finoana momba ny Trinite, dia tsy maintsy nanitatra fiteny azy manokana tamin'ny alalan'ny fahalalana avy amin'ny filôzôfia ny Fiangonana : “fisias-maha-izy”, “olona” na “ny fisias-maha-olona”, “fifandraisana”, sns... Izany no natao, tsy hoe nampanaiky ny finoana amin'ny fahendren'olombelona tsy akory ny Fiangonana, fa nanome hevi-baovao, mbola tsy fandre, an'ireo teny ireo, mba hampahafantatra koa hatramin'izao ny mistery tsy hay ambara, “tsy taka-polopolorina amin'izay azontsika foronina ao an-tsaina amin'ny fari-pahaizan'olombelona”².

252. Ampiasain'ny Fiangonana ny teny hoe : “fisias-maha-izy” (antsoina indraindray koa hoe : “foto-pisiana”, na “fomba aman-toetra”), mba hilazana ny fisian-tenan'Andriamanitra amin'ny maha-tokana Azy ; ny teny hoe : “olona” na “fisias-maha-olona”, mba hilazana ny Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina amin'ny tena mampiavaka azy ireo ; ny teny hoe : “fifandraisana”, mba hilazana fa ny fiavahan'Izy ireo dia miorina indrindra amin'izay fifandraisan'ny andaniny sy ny ankilany izay.

Ny teny finoana momba ny Trinite Masina

253. *Tokana ny Trinite.* Tsy miaiky ny fisiana andriamanitra telo isika, fa Andriamanitra tokana ao amin'ny Olona telo : ny “Trinite Masina iray fombam-pisias-maha-izy”³. Tsy ifampizaran'ireo Olona-Andriamanitra ny maha-Andriamanitra tokana, fa ny tsirairay amin'izy ireo dia Andriamanitra feno sy manontolo : “Ny Ray dia iray ihany amin'ny Zanaka, ny Zanaka dia iray ihany amin'ny Ray, ny Ray sy ny Zanaka dia iray ihany amin'ny Fanahy Masina, izany hoe Andriamanitra tokana ihany amin'ny fomba aman-toetra”⁴. Izany fisiana izany no an'ny tsirairay amin'ny Olona telo, izany hoe

¹ jer. 1 Kôr 12,4-6; Efez 4,4-6.

² SPF 9.

³ Kôns. Constantinople II tamin'ny 553 : DS 421.

⁴ Kôns. Tolède XI tamin'ny 675 : DS 530.

ny fisia-maha-izy, ny foto-pisiana na ny fomba aman-toetra maha-Andriamanitra”¹.

254. *Tena miavaka tokoa amin’Izy ireo samy Izy ireo, ny tsirairay amin’ireo Olona-Andriamanitra.* “Tokana Andriamanitra nefa tsy manirery².” “Ray”, 468,689
“Zanaka”, “Fanahy Masina” : tsy anarana ilazana fotsiny ny fombafomban’ ny fisian-tenan’Andriamanitra izany, satria tena misy fiavahana mihitsy eo amin’Izy ireo samy Izy ireo : “Ilay izay Zanaka tsy Ray, ilay izay Ray tsy Zanaka, na ny Fanahy Masina tsy ilay izay Ray na Zanaka”³. Miavaka amin’ Izy samy Izy Izy ireo eo amin’ny fifandraisam-pototr’izy ireo : “Ny Ray no niteraka, ny Zanaka no nateraka, ny Fanahy Masina no avy amin’ny Ray sy ny Zanaka”⁴. *Misy Olona Telo ny maha-Tokana an’Andriamanitra.*

255. *Mifandray amin’Izy ireo samy Izy ireo, ny tsirairay amin’ireo Olona-Andriamanitra.* Ny fiavahana misy amin’ireo Olona tsirairay eo amin’Izy ireo samy Izy ireo dia miorina ireny ihany amin’ireo fifandraisana izay 240
mampifandray ny tsirairay amin’izy ireo amin’ny samy izy ireo, satria tsy mampisaraka ny maha-tokana an’Andriamanitra izany fiavahana misy izany: “Raha ny amin’ireo anarana tsirairay momba ireo Olona tsirairay, dia ny Ray mifandray amin’ny Zanaka, ny Zanaka mifandray amin’ny Ray, ny Fanahy Masina mifandray amin’Izy anankiroa ; raha ireo Olona telo no lazaina, dia ny fifandraisany no heverina amin’izany, fa raha ny fomba aman-toetra tokana na ny fisia-maha-izy kosa, dia izay inoana”⁵. Satria, “tokana ihany izy manontolo ao amin’Izy ireo ka tsy misy ahitana fifanoheram-pifandraisana ao aminy”⁶. “Noho izany maha-tokana izany, ny Ray dia ao amin’ny Zanaka manontolo, ao amin’ny Fanahy Masina manontolo ; ny Zanaka dia ao amin’ny Ray manontolo, ao amin’ny Fanahy Masina manontolo ; ny Fanahy Masina dia ao amin’ny Ray manontolo, ao amin’ny Zanaka manontolo”⁷.

256. I Md Grégoire de Nazianze, izay antsoina koa hoe “ilay Teôlôjianina”, dia 236,684
nanankina izao famintinana momba ny finoana ny Trinite Masina izao tamin’ireo katekoma tao Constantinople :

Alohan’ny zavatra rehetra, tahirizo tsara ho ahy io raki-tsoa napetraka io, fa 84
ho an’izany no ahavelomako sy iadiako, miaraka amin’izany no tiako hahafatesana, izay mahatonga ahy hiaritra ny fahoriana rehetra sy hanao tsinontsinona ny fahafinaretana rehetra : ny tiako holazaina, dia ny fiakempinoana amin’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Ankiniko aminareo

¹ Kôns. Latran IV tamin’ny 1215 : DS 804.

² Fides Damasi : DS 71.

³ Kôns. Tolède XI tamin’ny 675 : DS 530.

⁴ Kôns. Latran IV tamin’ny 1215 : DS 804.

⁵ Kôns. Tolède XI tamin’ny 675 : DS 528.

⁶ Kôns. Florence tamin’ny 1442 : DS 1330.

⁷ Kôns. Florence tamin’ny 1442 : DS 1331.

izany anio. Amin'ny alalan'izany no hanitrihako anareo ao anaty rano rahefa avy eo, sy hampiakarako anareo avy ao. Omeko anareo ho namana sy ho mpiaro ny androm-piainanareo manontolo izany fiekem-pinoana izany. Omeko anareo ilay Andriamanitra tokana sady Mahery, dia ilay Tokana misy ao amin'ireo Telo, ary ao anatin'ireo Telo amin'ny fomba miavaka. Andriamanitra tsy misy faha-samy hafa eo amin'ny fisia-maha-izy na fomba aman-toetra, tsy misy ambaratonga ambonimbony kokoa izay manandratra na ambaratonga ambanimbany kokoa izay manetry. (...) Telo tsy manam-petra ilay miray fomba aman-toetra tsy manam-petra. Andriamanitra manontolo ny tsirairay dinihina ao amin'ny Tenany ihany (...), Andriamanitra Izy telo dinihina miaraka (...). Tsy mbola nanomboka nieritreritra ny maha-Tokana Azy aho, dia efa maninteraka ahy ao anatin'ny famirapiratany ny Trinite. Tsy mbola nanomboka nisaintsaina ny Trinite aho, dia efa nanenika ahy ny maha-tokana azy¹...

IV. Ny tsanganasan'Andriamanitra sy ny fanirahan'ny Trinite Masina

257. “Ry Trinite fahazavana sambatra ! Ry Tokana hatrany am-boalohany”².
 221 Hasambarana mandrakizay Andriamanitra, fiainana tsy manam-pahafatesana,
 Masina. An-kalalahana no itiavan'Andriamanitra hampitana ny voninahitry
 758 ny fiainany mahasambatra. Izany no “fandaharana lalin'ny safidim-pony”
 (Efez 1,9) izay nosaintsaininy talohan'ny fahariana an'izao tontolo izao tao
 amin'ny Zanany malala, ka “nanendreny antsika mialoha mba ho zanaka
 hatsangany amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy” (Efez 1,5), izany hoe “hitovy
 endrika amin'ny Zanany” (Rôm 8,29) noho “ny Fanahim-pananganan-
 janaka” (Rôm 8,15). “Fahasoavana nomena talohan'ny taonjato rehetra” (2
 292 Tim 1,9) izany fandaharana izany, ary teraka eo no eo avy amin'ny fitiavan'
 ny Trinite. Miseho avokoa izany tamin'ny tsanganasa fahariana, tamin'ny
 tantaram-pamonjena manontolo taorian'ny fahalavoana, tamin'ny fanirahana
 850 ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, ary mitohy amin'ny fanirahana ny
 Fiangonana³.

258. Tsanganasa iombonan'ireo Olona telo-Andriamanitra ny fitantanam-
 pamonjen'Andriamanitra manontolo. Satria tahaka ny tsy ananan'ny Trinite
 afa-tsy fomba aman-toetra tokana sy mitovy no tsy ananany afa-tsy asa
 686 tokana sy mitovy koa⁴. “Tsy fototra telo fiandohan'ny zavaboary tsy akory ny
 Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, fa foto-piandohana tokana ihany”⁵.
 Kanefa ny tsirairay amin'ireo Olona-Andriamanitra dia manao ny tsanganasa

¹ Or. 40, 41.

² LH, antsan'ny vavaka hariva.

³ jer. AFF 2-9.

⁴ jer. Kôns. Constantinople II tamin'ny 553 : DS 421.

⁵ Kôns. Florence tamin'ny 1442 : DS 1331.

iombonana araka ny toetra manokana an'ny tsirairay avy. Araka izany no anaovan'ny Fiangonana fikem-pinoana, manaraka ny Testamenta Vaovao¹ hoe : “Andriamanitra iray sady Ray, izay avy Aminy no isian'ny zavatra rehetra, Jesoa-Kristy Tompo iray, izay Aminy no isian'ny zavatra rehetra, Fanahy Masina iray, izay ao Aminy no isian'ny zavatra rehetra”². Ny asan' Andriamanitra momba ny Fahatongavan'ny Zanaka ho Nofo sy ny fanomezana ny Fanahy Masina indrindra no maneho ny toetra manokana an'ny tsirairay amin'ireo Olona-Andriamanitra.

259. Ny fitantanam-pamonjen'Andriamanitra manontolo, amin'ny maha-asa iombonana sady maha-asan'ny tsirairay azy, no mampahalala ny maha-izy manokana an'ireo Olona-Andriamanitra sy ny fomba aman-toetra tokan'izy ireo. Koa, fiombonana amin'ny tsirairay amin'ireo Olona-Andriamanitra ny fiainana manontolo kristianina, nefa tsy mampisaraka azy ireo velively. Ilay izay manome voninahitra ny Ray, manao izany amin'ny alalan'ny Zanaka ao amin'ny Fanahy Masina ; ilay izay manara-dia an'i Kristy, manao izany satria ny Ray no mitaona azy³ ary ny Fanahy Masina no manetsika azy⁴. 236

260. Ny tanjom-piafaràn'ny fitantanam-pamonjen'Andriamanitra manontolo, dia ny fidiran'ny voary rehetra ao amin'ny firaisana lavorarin'ny Trinite Sambatra⁵. Kanefa manomboka izao ankehitriny izao isika no antsoina mba honenan'ny Trinite Masina Indrindra : “Raha misy tia Ahy, hoy ny Tompo, dia hitandrina ny teniko izy, ka ho tia azy ny Raiko, ary hankao aminy Izahay, ka hataonay fonenana ao aminy” (Jo 14,23) : 1050,1721
1997

Ry Andriamanitra, Trinite izay tiako fatratra, ampio aho hanadino tanteraka ny tenako mba hiorenako ao Aminao, tsy mihontsina sy mandry ivohon'ny vato, toy ny hoe efa any amin'ny mandrakizay tokoa ny fanahiko ; aoka tsy hisy na inona na inona afaka hanakorontana ny fiadanako na mampiala ahy ao Aminao, ry ilay Tsimiovako, nefa aoka ny isa-minitra hitondra ahy lalindalina kokoa ao amin'ny misterinao ! Ampiadano ny fanahiko. Ataovy ao ny lanitrao, fonenana malalanao sy toeram-pialan-tsasatrao. Aoka aho tsy hamela Anao ao ho irery na oviana na oviana, fa aoka aho ho ao, manontolo, tsy ho rendremana amin'ny finoako, mitombin-tsaina tanteraka amin'ny vavaka ataoko, manolo-tena manontolo amin'ny asam-pahariana⁶. 2565

¹ jer. 1 Kôr 8,6.

² Kôns. Constantinople II : DS 421.

³ jer. Jo 6,44.

⁴ jer. Rôm 8,14.

⁵ jer. Jo 17,21-23.

⁶ Vavaky ny Olontsambatra Elisabeth de la Trinité.

FAMINTINANA

261. *Ny misterin'ny Trinite Masina Indrindra no mystery foiben'ny finoana sy ny fiainana kristianina. Andriamanitra irery ihany no afaka hanome antsika ny fahalalana ny amin'izany amin'ny nanambaràny ny Tenany ho Ray, Zanaka sy Fanahy Masina.*
262. *Ny Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo, no manambara fa Ray mandrakizay Andriamanitra, ary iray fombam-pisia-maha-izy amin'ny Ray ny Zanaka, izany hoe : Andriamanitra tokana ihany Izy ao amin'ny Ray sy miaraka Aminy.*
263. *Ny fanirahana ny Fanahy Masina, izay nirahin'ny Ray amin'ny anaran'ny Zanaka¹, ary nalefan'ny Zanaka "avy amin'ny Ray" (Jo 15,26), no manambara fa Andriamanitra tokana ihany miaraka amin'izy ireo ny Fanahy Masina. "Tsaohina sy omem-boninahitra miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka Izy"².*
264. *"Avy amin'ny Ray ny Fanahy Masina, amin'ny maha-foto-piandohana voalohany ny Ray, ary amin'ny alalan'ny fanomezana mandrakizay ataon'ny Ray ho an'ny Zanaka, dia avy amin'ny fiombonan'ny Ray sy ny Zanaka Izy"³.*
265. *Amin'ny alalan'ny fahasoavan'ny Batemy "amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina" (Mt 28,19), no voantso isika handray anjara amin'ny fiainan'ny Trinite Sambatra, eto an-tany, ao anatin'ny haizim-pinoana, ary aorian'ny fahafatesana, ao anatin'ny fahazavana mandrakizay⁴.*
266. *"Mifototra amin'izao ny finoana katôlika : mitsaoka an'Andriamanitra tokana ao amin'ny Trinite, ary mitsaoka ny Trinite ao amin'Andriamanitra Tokana, tsy mampifangaro ireo Olona, tsy mampisaraka ny fisia-maha-izy : satria, miavaka ny maha-Olona ny Ray, miavaka ny maha-Olona ny Zanaka, miavaka ny maha-Olona ny Fanahy Masina ; kanefa amin'ny Ray, amin'ny Zanaka ary amin'ny Fanahy Masina dia tokana ny maha-Andriamanitra, mitovy ny voninahitra, miaramandrakizay ny fiandrianana"⁵.*
267. *Tsy azo sarahina amin'ny maha-izy azy, ireo Olona-Andriamanitra ; tsy azo sarahina toy izany koa izy ireo amin'izay ataony. Kanefa amin'ny asa*

¹ jer. Jo 14,26.

² Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

³ Md Augustin, Trin. 15, 26, 47.

⁴ jer. SPF 9.

⁵ Symbolum "Quicumque", DS 75.

tokana ataon'Andriamanitra, ny tsirairay dia samy maneho ny maha-izy azy avy ao amin'ny Trinite, indrindra eo amin'ny irak'Andriamanitra momba ny Fahatongavan'ny Zanaka ho nofo sy ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Paragrafy 3. *Ilay Mahefa ny zavatra rehetra*

268. Amin'ny toetra rehetra maha-Andriamanitra, ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra Azy ihany no voalaza ao amin'ny Semboly : ny miaiky izany dia mitera-bokatra lehibe ho amin'ny fiainantsika. Mino isika fa *manenika an'izao tontolo rehetra izao* 222 izany, satria Andriamanitra izay nahary ny zavatra rehetra¹, dia mandidy sy manapaka ny zavatra rehetra sy mahavita ny zavatra rehetra ; *heni-pitiavana* izany, satria Raintsika Andriamanitra² ; *mifono mistery* izany, satria ny finoana irery ihany no ahafahana manavaka sy mandanjalanja izany rahefa “ao amin'ny fahalemena no isehon'ny heriny tanteraka” (2 Kôr 12,9)³.

“Izay tiany hatao, vitany avokoa” (Sal 115,3)

269. Imbetsaka ny Soratra Masina no manambara ny herin'Andriamanitra *manenika an'izao tontolon'ny zava-drehetra izao*. Fiantsoana Azy ny hoe “ilay Maherin'i Jakôba” (Jen 49,24; Iz 1,24 snm.), “ilay Tompon'ny tafika”, “ilay Matanjaka, ilay Mahery fo” (Sal 24,8-10). Raha Mahefa ny zavatra rehetra “any an-danitra sy ety antany” (Sal 135,6) Andriamanitra, dia satria Izy no nanao azy ireny. Na inona na inona izany tsy misy tsy vitany⁴, ary Izy no mandamina ny tsanganasany araka ny sitrapony⁵ ; Izy no Tompon'izao tontolo rehetra izao, izay nasiany fandaminana hanaiky Azy tanteraka sy ho azony ampiasaina malalaka. Izy no Tompon'ny tantara: 303 Izy no mitondra ny fo sy ny fisehoan-javatra araka ny sitrapony⁶ : “Hanompo Anao lalandava ny herinao lehibe, ary zovy no afaka manohitra ny herin'ny sandrinao?” (Fah 11,21).

“Mamindra fo amin'ny rehetra Ianao, satria mahefa ny zavatra rehetra” (Fah 11,23)

270. *Ray* Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra. Mifanazava ny maha-Ray Azy sy ny maha-Mahefa Azy. Araka izany, asehony ny maha-Ray Mahefa ny zavatra rehetra Azy, amin'ny fomba fikarakarany ny zavatra ilaintsika⁷, amin'ny fananganany antsika ho zanany (“Izaho ho Rainareo, ary ianareo ho zanako lahy sy ho zanako vavy, hoy ny Tompo Mahefa ny zavatra rehetra” 2 Kôr 6,18), ary farany, amin'ny 2777

¹ jer. Jen 1,1; Jo 1,3.

² jer. Mt 6,9.

³ jer. 1 Kôr 1,18.

⁴ jer. Jer 32,17; Lk 1,37.

⁵ jer. Jer 27,5.

⁶ jer. Est 4,17d ; Ohab 21,1; Tobia 13,2.

⁷ jer. Mt 6,32.

1441 Famindram-pony tsy misy fetra, satria mampiseho ny fahefany fara tampony Izy amin'ny famelana an-kalalahana ny fahotana.

271. Tsy misy jadona velively ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra an'Andriamanitra : “Ao amin'Andriamanitra ny fahefana sy ny foto-pisiana, ny sitrapo sy ny saina, ny fahendrena sy ny fahamarinana dia tokana ihany sy zavatra mitovy, hany ka tsy mety hisy zavatra amin'ny fahefan'Andriamanitra ka tsy ho tafiditra ao amin'ny sitrapo mahitsy an'Andriamanitra na ao amin'ny sainy hendry”¹.

Ny misterin'ny toa fahalemen'Andriamanitra

309,412 609 648 272. Mety mandalo fitsapan-toetra amin'ny alalan'ny fahalalana azo tamim-pahazarana ny amin'ny ratsy sy ny fijaliana amam-pahoriana, ny finoana an'Andriamanitra ilay Ray Mahefa ny zavatra rehetra. Indraindray Andriamanitra toa ohatran'ny tsy eo sy tsy mahavita misakana ny ratsy. Nefa, nasehon'Andriamanitra Ray tamin'ny *fomba mystery indrindra* ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra Azy, tamin'ny fanetren-tenan'ny Zanany an-tsitrapo sy tamin'ny Fitsanganany ho velona, izay avy amin'izany no nandreseny ny ratsy. Araka izany, i Kristy nofantsihana teo amin'ny hazofijaliana no “herin'Andriamanitra sy fahendren'Andriamanitra. Fa izay toa hadalàn'Andriamanitra dia hendry kokoa noho ny fahendren'olombelona, ary izay toa fahalemen'Andriamanitra dia mahery kokoa noho ny herin'olombelona” (1 Kôr 1,25). Tamin'ny Fitsanganan'i Kristy ho velona sy tamin'ny fanandratana Azy no “nampihariharian'ny Ray ny fiasan'ny heriny tsitoha” sy nampisehoany “ny fahefany mihoa-pampana ho antsika mpino” (Efez 1,19).

148 273. Ny finoana irery no ahafahana mifikitra amin'ny lalana mifono misterin'ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra an'Andriamanitra. Io finoana io no mirehareha amin'ny fahalemeny mba hanintona ao aminy ny herin'i Kristy². Amin'io finoana io, i Maria Virjiny no môdely tapitr'ohatra, izy izay nino fa “tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao” (Lk 1,37), ary afaka nankalaza ny Tompo hoe : “Nanao zava-dehibe tamiko Ilay Mahefa, ary masina ny anarany” (Lk 1,49).

1814,1817 2110 274. “Koa tsy misy ny mety indrindra hanamafy orina ny finoantsika sy ny fanantenantsika, afa-tsy ny fiekena lalina voasokitra ao amin'ny fanahintsika fa tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao. Satria izay rehetra hatolotry [ny Izaho mino] antsika aty aoriana mba hinoana, na ireo zava-dehibe indrindra, na ireo zavatra tsy takatry ny saina indrindra, tahaka izany koa ireo zavatra ambony indrindra mihoatra noho ny lalàna mahazatra amin'ny voary, raha vantany vao mahazo fotsiny ny hevitra ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra an'Andriamanitra ny saintsika, dia mora aminy ny manaiky an'ireny ary tsy misy fisalasalana na kely aza”³.

FAMINTINANA

275. *Miaraka amin'i Jôba, ilay olomarina, no iekentsika hoe : “Fantatro fa Mahefa ny zavatra rehetra Ianao : vitanao ny manatanteraka izay heverinao” (Jôba 42,2).*

¹ Md Thomas d'A., s. th. 1, 25, 5, ad 1.

² jer. 2 Kôr 12,9; Filip 4,13.

³ Kat. R. 1, 2, 13.

276. *Matoky ny porofo velona hita ao amin'ny Soratra Masina ny Fiangonana, ka manandra matetika ny vavaka ataony "amin' Andriamanitra Mahefa ny zavatra rehetra sy mandrakizay"* ("omnipotens sempiternus Deus..."), *amin'ny finoana mafy tsy voahozongozona fa "tsy misy tsy hain'Andriamanitra hatao"* (Lk 1,37)¹.

277. *Maneho ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra Azy Andriamanitra amin' ny fampibebahana antsika amin'ny fahotantsika sy amin'ny famerenana antsika ho ao amin'ny fitiavany amin'ny alalan'ny fahasovana :* "Andriamanitra ô, ny maharitra sy mamindra fo no ampisehoanao ny porofo fara tampon'ny herinao mahefa ..."².

278. *Raha tsy mino fa Mahefa ny zavatra rehetra ny fitiavan'Andriamanitra, atao ahoana no fino fa ny Ray no afaka mampisy antsika, ny Zanaka no manavotra antsika, ny Fanahy Masina no manamasina antsika ?*

Paragrafy 4. Ny Mpahary

279. "Tamin'ny voalohany, Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany" (Jen 1,1). Ireo teny manetriketrika ireo no fiantombohan'ny Soratra Masina. Mamerina an'ireo teny ireo ny Sembolin'ny finoana amin'ny fiekena an'Andriamanitra Ray Mahefa ny zavatra rehetra ho "Mpahary ny lanitra sy ny tany"³, "ny tontolon'ny zava-drehetra hita maso sy ny tsy hita maso"⁴. Hiresaka momba ny Mpahary izany aloha isika, avy eo ny fahariana, farany ny fahalavoana noho ny fahotana, izay nahatonga an'i Jesoa-Kristy ilay Zanak'Andriamanitra, hanarina antsika.

280. Ny fahariana no *fototry* "ny fandaharana rehetra momba ny famonjen' Andriamanitra", "ny fiandohan'ny tantaram-pamonjena"⁵, izay ao amin'i Kristy no fara tampon'izany. Raha ampifamadihana ny fomba filaza azy, dia hoe : ny misterin'i Kristy no fahazavana tanteraka mitsilo ny misterin'ny fahariana ; ny misterin'i Kristy no manambara ny tanjona tian-kotratarina amin'ny filazana hoe : "tamin'ny voalohany, Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany" (Jen 1,1) : hatrany am-piandohana izany no nitsinjovan' Andriamanitra ny voninahitry ny fahariam-baovao ao amin'i Kristy⁶. 288 1043

281. Izany no mahatonga ny vakiteny rehetra amin'ny Alin'ny Paka, fankalazana ny fahariam-baovao ao amin'i Kristy, atomboka amin'ny tantaran'ny fahariana ; ao amin'ny litorzia bizantinina, io tantaran'ny fahariana io no anisan'ny vakiteny 1095

¹ jer. Jen 18,14; Mt 19,26.

² MR, vavaka fangatahana ny alahady faha-26.

³ Sembolin'ny Apôstôly, DS 30.

⁴ Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

⁵ DCG 51.

⁶ jer. Rôm 8,18-23.

voalohany lalandava, mialoha ireo fety lehibe ankalazana ny Tompo. Araka ny filazan'ireo zokiolona, ny fampianarana katekomena ho amin'ny Batemy dia manaraka koa izany lalana izany¹.

I. Ny katesezy momba ny fahariana

- 1730 282. Manan-danja lehibe tokoa ny katesezy momba ny fahariana. Ny fototry ny fiainana maha-olona sy ny maha-kristianina mihitsy no voakasiny : satria izany no manazava ny valin'ny finoana kristianina amin'ny fanontaniana tsotra izay apetraky ny olona mandrakariva hoe : “Avy aiza isika ?” “Ho aiza isika ?” “Inona no fiandohantsika ?” “Inona no fiafarantsika ?” “Avy aiza ary ho aiza ny zavatra rehetra izay misy ?”. Tsy azo sarahina ireto fanontaniana roa ireto, dia ny an'ny fiandohana sy ny an'ny fiafarana. Ireo no manoritra tanteraka ny hevitra sy ny sori-dalan'ny fiainantsika mbamin'ny asa amam-pitondran-tenantsika.
- 159 283. Ny fanontaniana momba ny fiandohan'izao tontolo izao sy ny olombelona dia natao ho fototry ny fikarohana maro be ara-tsiansa izay mampitombo amin'ny fomba kanto dia kanto ny fahalalantsika momba ny taona sy ny halehiben'izao tontolo izao 341 voarindra, ny fivoaran'ny zavamananaina, ny fipoiran'ny olombelona. Ireo fahitanjava-baovao ireo no mitaona antsika higaga bebe kokoa ny halehiben'ny Mpahary, hisaotra Azy noho ny tsanganasany rehetra sy noho ny fahaizana amam-pahendrena izay nomeny an'ireo manam-pahaizana sy ireo mpikaroka. Miaraka amin'i Salômônina, afaka milaza izy ireo hoe : “Izy no nanome ahy ny fahaizana amam-pahalalana marina an'izay misy; Izy no nampahalala ahy ny firafitr'izao tontolo izao sy ny toetra manokana ananan'ireo singan-javatra (...) satria ny mpanao ny zavatra rehetra no nampianatra ahy, dia ny Fahendrena izany” (Fah 7,17-22).
284. Ny tombon-tsoa lehibe voatokana amin'ireny fikarohana ireny no mandrisika mafy amin'ny alalan'ny fanontaniana ivelan'ny mahazatra, izay mihoatra ny sehatra manokana amin'ny siansa momba ny zavaboary. Tsy dia ny mahalala fotsiny hoe : oviana ary ahoana no nipoiran'ny amin'ny maha-vaingan-javatra an'izao tontolo izao voarindra, na oviana no nisehoan'ny olombelona, no tokony hoheverina, fa ny marimarina kokoa, dia ny mahatsapa hoe : inona no hevitra raketin'ny fiandohana toy izany, raha kisendrasendra no nitondra azy, na anjara sy lahatra ary vintana jamba, na filana tsy fantatra anarana, na koa ilay Misy mihoatra ny tsapa sy ny hita, maranitsaina sy tsara fanahy, antsoina hoe Andriamanitra! Ary raha avy amin'ny fahendrena sy ny hatsaran'Andriamanitra izao tontolo izao, nahoana no misy ny ratsy ? Avy aiza izany ? Iza no tompon'andraikitra amin'izany ? Ary misy fanafahana ve amin'izany?
- 295 285. Hatrany am-panombohany, ny finoana kristianina dia nampifanatrehana tamin'ny valin-teny tsy mitovy amin'ny azy mikasika ny fanontaniana momba ny fiandohana. Araka izany, hita ao amin'ireny antokom-pivavahana mbamin'ny kolontsaina fahiny ireny, ny angano maro be momba ny fiandohana. Ny filôzôfy sasany, dia milaza fa ny zavatra rehetra no Andriamanitra, izao tontolo izao no Andriamanitra na ny fivoaran'izao tontolo izao no fivoaran'Andriamanitra (panthéisme) ; ny hafa milaza fa izao tontolo izao dia fipoiram-pisiana ilain'Andriamanitra, amin'ny fikorianana

¹ jer. Ethérie, pereg. 46; Md Augustin, catech. 3, 5.

avy amin'io loharano io sy amin'ny fiverenana ao aminy ihany; ny hafa indray manamafy ny foto-pisian'ny fiandohana mandrakizay anankiroa, ny Tsara sy ny Ratsy, ny Hazavana sy ny Maizina, mifanohitra tsy tapaka (dualisme, manichéisme); araka ny sasantsasany amin'ireo foto-pisainana ireo, izao tontolo izao (fara fahakeliny ny tontolon'ny manam-batana), dia ratsy, vokatry ny fitotongana, ka noho izany hailika na hihoarana (gnose) ; ny hafa manaiky fa izao tontolo izao dia nataon'Andriamanitra, fa araka ny fomban'ny mpamboatra famantaranandro, izay nony vita dia nilaozany teo fotsiny (déisme) ; farany, ny hafa tsy manaiky mihitsy na dia kely aza ny maha-mihoatra ny tsapa sy ny hita ny fiandohan'izao tontolo izao, nefa izy ireo dia mahita ao amin'izany ny tena fiasa mazava ny tenan-javatra iray izay efa nisy lalandava (matérialisme). Ireo andranandram-pisainana ireo, dia mampiseho fa ny fanontaniana momba ny fiandohana dia mipetraka lalandava ary manerana ny tontolon'ny zavatra rehetra. Izany fikatsaham-pahalalana izany dia an'ny olombelona manokana.

286. Marina fa afa-mahita sahady ny valim-panontaniana momba ny fiandohana ny sain'olombelona. Satria, ny fisian'Andriamanitra Mpahary dia mety ho fantatra tsy amim-pisalasalana amin'ny alalan'ny tsanganasany noho ny fahaizan'ny sain'olombelona¹, na dia mety hamaizinin'ny fahadisoampipeverana sy simbàny matetika aza izany fahalalana izany. Izany no antony mahatonga ny finoana hanamafy sy hanazava ny saina ao anatin'ny fahalalana marina an'ity fahamarinana ity : “Fantantsika amin'ny finoana fa ny Tenin'Andriamanitra no namoronana izao tontolo izao, fa tsy mba zavatra hita maso no nanaovana izao zava-miseho izao” (Heb 11,3).

287. Ny fahamarinan'ny fahariana dia mavesa-danja tokoa ho an'ny fiainana manontolo ny olombelona, izay sitrak'Andriamanitra, ao anatin'ny halemempahiny, ny nanambara tamin'ny Vahoakany izay rehetra mahavonjy amin'ny fahalalana momba an'io lafin-kevitra io. Ankoatra ny fahalalana voa-Janahary izay mety ho azon'ny sain'ny olona rehetra avy amin'ny Mpahary², dia nambaran'Andriamanitra tsikelikely tamin'i Israely ny misterin'ny fahariana. Izy izay nifidy ny patriarka, izay namoaka an'i Israely avy tany Ejipta, ary izay nahary azy sy nanabe azy³, tamin'ny nifidianany an'i Israely, dia nanambara ny Tenany ho ilay izay manana ny vahoaka rehetra eran-tany ho azy, sy ny tany tontolo, sy nanambara ny Tenany ho ilay izay hany “nanao ny lanitra sy ny tany” (Sal 115,15 ; 124,8 ; 134,3).

288. Araka izany, ny fanambaràna ny fahariana, dia tsy azo sarahina amin'ny fanambaràna sy ny fahatanterahan'ny fanekem-pihavanan'Andriamanitra, ilay Tokana, tamin'ny Vahoakany. Ny fahariana dia nambara ho ilay dingana voalohany mankany amin'io fanekem-pihavanana io, ho profo voalohany sy manerana an'izao tontolo izao, maneho ny fitiavana Mahefa ny zavatra

¹ jer. DS 3026.

² jer. Asa 17,24-29; Rôm 1,19-20.

³ jer. Iz 43,1.

rehetra an'Andriamanitra¹. Koa ny fahamarinan'ny fahariana dia miseho tamin-kery mitombo hatrany tamin'ny hafatry ny mpaminany², tamin'ny vavaka Salamo³ sy litorzia, tamin'ny fandinihana ny fahendren'ny⁴ Vahoaka voafidy.

289. Amin'ny tenin'ny Soratra Masina rehetra momba ny fahariana, dia manana toerana manokana ny toko telo voalohan'ny Jenezy. Raha amin'ny lafiny haisoratra, ireo lahatsoratra ireo dia mety hanana loharano fiaviana samihafa. Ny mpanoratra nahazo fitsilovana no nametraka ireny eo amin'ny fanombohan'ny Soratra, hany ka nasongadin'izy ireo tamin'ny fomba fiteny ny fahamarinan'ny fahariana, ny fiandohany sy ny fiafaràny ao amin' Andriamanitra, ny filaminany sy ny hatsarany, ny fiantsoana ny olombelona, ary farany ny loza aman'antambo ateraky ny fahotana sy ny fanantenam-pamonjena. Noho ireo teny ireo vakàna amin'ny fahazavan'i Kristy, ao anatin'ny firaisan'ny Soratra Masina sy ny Lovam-pampianarana velon'ny Fiangonana, dia mijanona ho hany loharano voalohany indrindra ho an'ny katesezy momba ny misterin'ny “fiandohana” ireo : fahariana, fahalavoana, fampanantenam-pamonjena.

II. Ny fahariana – tsanganasan'ny Trinite Masina

290. “Tamin'ny voalohany, Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany” : zavatra telo no antitranterina amin'ireo teny voalohan'ny Soratra Masina ireo: nasian'Andriamanitra mandrakizay fiandohana ny zavatra rehetra izay misy ivelan'ny Tenany. Izy irery no mpahary (ny matoanteny hoe: “mahary” - *bara* amin'ny fiteny hebrio - dia manana mandrakariva an'Andriamanitra ho mpanao ny asa). Ny fitambaran'ny zavatra rehetra izay misy (ambaran'ny rijan-teny hoe “ny lanitra sy ny tany”), dia miankina amin'Ilay nampisy azy.

291. “Tamin'ny voalohany ny Teny (...) ary Andriamanitra ny Teny. (...) Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy Izy, tsy nisy ny voary rehetra” (Jo 1,1-3). Ambaran'ny Testamenta Vaovao fa Andriamanitra no nahary ny zavatra rehetra tamin'ny alalan'ny Teny Mandrakizay, dia ny Zanany malalany. Tao Aminy “no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy ety an-tany (...) : Taminy sy ho Azy no nahariana ny zavatra rehetra. Izy no talohan'ny zavatra rehetra, ary ao Aminy no aharetan'ny zavatra rehetra (Kôl 1,16-17). Hamafisin'ny finoan'ny Fiangonana toy izany koa ny asa faharian'ny Fanahy Masina : Izy no “mpanome aina”⁵, “Fanahy Mpahary”

¹ jer. Jen 15,5; Jer 33,19-26.

² jer. Iz 44,24.

³ jer. Sal 104.

⁴ jer. Ohab 8,22-31.

⁵ Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

(“Veni, Creator Spiritus”, “Avia, ry Fanahy Mpahary”), “Loharanon’ny soa rehetra”¹.

292. Ny asa faharian’ny Zanaka sy ny Fanahy, iray ihany amin’ny an’ny Ray sy tsy afa-misaraka, izay nisisika tsikelikely tao amin’ny Testamenta Taloha², sy voambara ao amin’ny Fanekem-pihavanana Vaovao, dia hamafisin’ny fitsipipinoan’ny Fiangonana mazava tsara : “Tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana (...) : Izy no Ray, Izy no Andriamanitra, Izy no Mpahary, Izy no Mpamorona, Izy no Mpandamina. Tamin’ny *Tenany ihany* no nanaovany ny zavatra rehetra, izany hoe tamin’ny Teniny sy tamin’ny Fahendreny”³, “tamin’ny Zanaka sy ny Fanahy” izay toy ny “tanany”⁴. Koa, tsanganasa iombonan’ny Trinite Masina ny fahariana.

699
257

III. “Noarîna ho Voninahitr’Andriamanitra izao tontolo izao”

293. Fahamarinana lehibe indrindra no tsy itsaharan’ny Soratra sy ny Lovampampianarana mampianatra sy mankalaza hoe : “Noarîna ho Voninahitr’Andriamanitra izao tontolo izao”⁵. Nahary ny zavatra rehetra Andriamanitra, hoy i Md Bonaventure manazava, “tsy hoe mba hampitombo ny Voninahitra, fa mba haneho sy hampita izany Voninahitra izany”⁶. Satria tsy manana antony hafa mba hahary Andriamanitra, afa-tsy ny fitiavany sy ny hatsarampony : “Izany no fanalahidin’ny fitiavana izay nanokatra ny tanany mba hamoronany ny voary”⁷. Ary hoy ny Kônsily voalohan’i Vatikana manazava :

337,344

1361

Ao anatin’ny hatsaram-pony sy noho ny heriny mahefa ny zavatra rehetra, tsy hoe mba hampitombo ny hasambarany, na hoe mba hahazo ny fahalavorariany, fa mba haneho izany amin’ny alalan’ireo haren-tsoa izay omeny ny zavaboariny, io Andriamanitra marina tokana io, tao anatin’ny fandaharana malalaka tanteraka, hatrany am-piandohan’ny fotoana, no nahary indray miaraka avy amin’ny tsy misy ny voary roa tonta, dia ny manam-panahy sy ny manam-batana izany⁸.

759

294. Ny Voninahitr’Andriamanitra dia ny hahatanteraka io fanehoana sy fampitana ny hatsaram-pony io, izay ho amin’izany no nahariana an’izao tontolo izao. Ny hanao antsika ho “zanaka atsangana amin’ny alalan’i Jesoa-Kristy : izany no fandaharana feno fitiavan’ny sitrapony ho *famirapiratan’ny voninahitry* ny fahasoavany” (Efez 1,5-6) : “Satria ny olona velona no

2809

¹ Litorzia bizantinina, Tononkalom-pivavahana amin’ny vavaka harivan’ny Pantekôty.

² Jer. Sal 33,6; 104,30; Jen 1,2-3.

³ Md Irénée, haer. 2, 30, 9.

⁴ *Ibid.*, 4, 20, 1.

⁵ Kôns. Vatikana I : DS 3025.

⁶ Sent. 1, 2, 2, 1.

⁷ Md Thomas d’A., sent. 2, prol.

⁸ DS 3002.

- 1722 Voninahitr'Andriamanitra, ary ny fahitana am-panahy an'Andriamanitra no fahaveloman'ny olona: raha ny fanambaràn'Andriamanitra ny Tenany tamin'ny fahariana aza, efa nahazoan'ny zava-miaina rehetra eto an-tany ny fiainana, vao mainka mampahazo ny fiainana an'izay mahita an'Andriamanitra ny fisehoan'ny Ray amin'ny alalan'ny Teny"¹. Ny tanjom-piafaràn'ny fahariana dia Andriamanitra "izay Mpahary ny zavatra rehetra, hanjary ho "zavatra rehetra amin'izy rehetra" (1 Kôr 15,28), amin'ny 1992 fanomezana indray miaraka ny voninahiny sy ny fahasambarantsika"².

IV. Ny misterin'ny fahariana

Mahary amim-pahendrena sy amim-pitiavana Andriamanitra

- 216,1951 295. Mino isika fa noarìn'Andriamanitra araka ny fahendreny izao tontolo izao³. Tsy vokatry ny filana tsinontsinona izany, tsy vokatry ny anjara sy lahatra ary vintana jamba, na vokatry ny kisendrasendra. Mino isika fa avy amin'ny sitrapo malalak'Andriamanitra izay te hampandray anjara ny zavaboary amin'ny fisian-tenany, amin'ny fahendreny ary amin'ny hatsarany, izao tontolo izao : "Fa Ianao no nahary ny zavatra rehetra ; sitrakao hisy izy ireny, dia nisy izy ireny" (Apôk 4,11). "Akory ity hamaroan'ny tsanganasanao, ry Tompo ! Nataonao tamim-pahendrena avokoa izy rehetra" (Sal 104,24). "Tsara fo amin'ny olona rehetra ny Tompo, miantefa amin'ny tsanganasany rehetra ny fanehoam-pitiavany" (Sal 145,9).

Mahary "avy amin'ny tsy misy" Andriamanitra

- 285 296. Mino isika fa tsy mila na inona na inona efa nisy mialoha na mila fanampiana Andriamanitra mba hahary⁴. Ny fahariana koa tsy hoe fipoiram-pisiana ilain'ny fisia-maha-izy an'Andriamanitra tsy akory⁵. Mahary an-kalalahana "avy amin'ny tsy misy" Andriamanitra⁶ :

Inona no tokony hampitolagaga raha zavatra efa nisy mialoha no nakan'Andriamanitra an'izao tontolo izao ? Ny olona mpanao asa tanana, raha omena akora iray izy, dia afaka manao izay rehetra tiany hatao amin'izany. Fa ny herin'Andriamanitra kosa dia miseho indrindra rahefa miainga avy amin'ny tsy misy Izy mba hanao izay rehetra tiany hatao⁷.

¹ Md Irénée, haer. 4, 20, 7.

² AFF 2.

³ jer. Fah 9,9.

⁴ jer. Kôns. Vatikana I : DS 3022.

⁵ jer. Kôns. Vatikana I : DS 3023-3024.

⁶ DS 800; 3025.

⁷ Md Théophile d'Antioche, Autol. 2, 4.

297. Ny finoana ny fahariana “avy amin’ny tsy misy” dia nohamarinin’ny Soratra Masina ho fahamarinana feno fampanantenana sy fanantenana. Araka izany no nankaherezin’ily renim-pianakaviana ny zanany fito mirahalaha ho faty martiry : 338

Tsy fantatro hoe ahoana no nisehoanareo tao an-kiboko ; tsy izaho no nanome fanahy amam-piainana anareo ; tsy izaho no nanambatra ny foto-javatra iforonan’ny tenanareo tsirairay avy. Noho izany, ny Mpahary izao tontolo izao, izay namorona ny taranak’olombelona, sy niandohan’ny zavatra rehetra, dia mbola hamerina aminareo ny fanahy amam-piainana, noho ny famindram-pony, satria noho ny fitiavanareo ny lalànany no anaovanareo tsy ho zavatra ny tenanareo ankehitriny (...). Anaka, jereo ny lanitra sy ny tany, diniho izay rehetra ao aminy, ary fantaro fa Andriamanitra no nanao ireny avy amin’ny tsy misy, ary fomba toy izany koa no namoronana ny taranak’olombelona (2 Mak 7,22-23.28).

298. Satria afaka mahary avy amin’ny tsy misy Andriamanitra, dia afaka koa Izy, amin’ny alalan’ny Fanahy Masina, manome aim-panahy ho an’ny mpanota, amin’ny fahariana fo madio tsy misy pentina ao aminy¹, sy manome aim-batana ho an’ny nodimandry, amin’ny alalan’ny Fanangananko velona, Izy “izay mamelona ny maty sy miantso ny tsy misy ho amin’ny fisiana” (Rôm 4,17). Ary satria, amin’ny alalan’ny Teniny, afaka mampampiratra ny hazavana ao anatin’ny haizina² Izy, afaka koa manome ny fahazavan’ny finoana an’ireo izay tsy mahalala izany³. 1375
992

Tontolo mirindra sy tsara no noarin’Andriamanitra

299. Noho Andriamanitra nahary tamim-pahendrena, dia mirindra ny voary manontolo : “Nalaminao am-patrany, an-drefiny, an’isany ary an-danjany ny zavatra rehetra” (Fah 11,20). Natokana sy miantefa amin’ny olombelona endrik’Andriamanitra⁴ ny voary manontolo, dia ny olombelona izay voantso hifandray manokana amin’Andriamanitra, noho ireo voary manontolo noarina tao amin’ny Teny mandrakizay sy tamin’ny alalany, dia ilay Teny “endrik’ily Andriamanitra tsy hita maso” (Kôl 1,15). Ny saintsika, mifandray amin’ny fahaizan’ny Sain’Izy Andriamanitra, dia afaka mahazo an-tsaina izay ambaran’Andriamanitra amintsika amin’ny alalan’ny voariny⁵, na marina aza fa mitaky ezaka lehibe sy ao anaty toe-tsaina feno fanetren- 339
41,1147

¹ jer. Sal 51,12.

² jer. Jen 1,3.

³ jer. 2 Kôr 4,6.

⁴ jer. Jen 1,26.

⁵ jer. Sal 19,2-5.

358 tena sy fanajana manoloana ny Mpahary sy ny tsanganasany izany¹. Noho ny zavaboary avy amin'ny hatsaran'Andriamanitra, dia mandray anjara amin' izany hatsarana izany izy (“Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany (...) tsara indrindra izany” : Jen 1,4.10.12.18.21.31). Satria sitrak'Andriamanitra ho fanomezana ho an'ny olombelona ny voary manontolo, ho lova izay natokana ho azy sy nankinina taminy. Imbetsaka ny Fiangonana no tsy maintsy niaro 2415 ny hatsaran'ny voary, anisan'izany ny tontolon'ny manam-batana, tontolo hita maso².

Mihoatra ambony dia ambony noho ny zavaboary Andriamanitra, nefa eo aminy

42,223 300. Lehibe lavitra noho ny tsanganasany rehetra Andriamanitra³ : “Ambony lavitra noho ny lanitra ny fiandrianany” (Sal 8,2), “tsy misy fetra mihitsy ny fahalehibeazany” (Sal 145,3). Fa satria Izy no Mpahary tsy refesi-mandidy sy tsy voafatopatotra, foto-piandohan'izay rehetra misy, dia maninteraka hatrany amin'ny faran'izay lalina indrindra amin'ny zavaboariny rehetra Izy : “Ao Aminy no ananantsika ny fiainana, ny fahafaha-mihetsika ary ny fisiana” (Asa 17,28). Araka ny tenin'i Md Augustin : “Ambony noho ny amboniko indrindra Izy, ary lalina noho ny lalina indrindra”⁴.

Mampaharitra sy mitondra ny zavaboary Andriamanitra

1951,396 301. Aorian'ny fahariana, tsy ilaozan'Andriamanitra ho amin'izao fotsiny ny zavaboariny. Tsy ny maha-izy sy ny maha-misy fotsiny no omeny ny zavaboariny, fa ny mampaharitra lalandava ny fisian-tenany, ny manome azy hery manetsika, ary ny mitondra azy hatramin'ny farany. Ny miaiky izany fiankinana tanteraka miolotra amin'ny Mpahary izany, no loharanom-pahendrena amam-pahafahana, loharanon-kafaliana amam-pitokiana :

Eny, tianao avokoa izay rehetra misy, ary tsy misy na inona na inona halanao izay nataonao ; fa raha misy zavatra halanao, dia tsy ho noforoninao izany. Ary ahoana no hisian'ny zavatra iray sy haharetany, raha tsy sitrakao izany ? Na ahoana no nitahirizanao an'izay tsy nantsoinao ? Kanefa mitsimbina ny zavatra rehetra Ianao, satria Anao avokoa ny zavatra rehetra, ry Tompo sakaizan'ny fiainana (Fah 11,24-26).

¹ jer. Jôba 42,3.

² jer. DS 286; 455-463; 800; 1333; 3002.

³ jer. Ekl 43,30.

⁴ Md Augustin, Conf. 3, 6, 11.

V. Manatanteraka ny fandaharany Andriamanitra : ny fitahian' Andriamanitra

302. Manana ny hatsarany sy ny fahalavorariany manokana ny zavaboary, kanefa tsy nataon'ny tanan'ny Mpahary ho tomombana avy hatrany izany. Noarîna amin'ny toetra mizotra tsikelikely (“*in statu viae*”) mankamin'ny fara fahalavorariana mbola hotratrarina araka izay nanendren'Andriamanitra azy ny zavaboary. Antsointsika hoe fitahian'Andriamanitra ny fandaminana izay itahiany ny zavaboary ny zavaboary mankany amin'io fahalavorariana io :

Miambina sy mitantana amin'ny alalan'ny fitahiany ny zavatra rehetra noarîny Andriamanitra, “mahatratra amin-kery ny fara vazan-tany hatramin'ny ilany iray ka hatramin'ny ilany iray hafa, ary mandamina ny zavatra rehetra amim-kalemem-panahy” (Fah 8,1). Satria “mihanjahanja sy miharihary eo imasony ny zavatra rehetra” (Heb 4,13), na dia ireo izay hiforona avy amin'ny asa malalaka ataon'ny zavaboary aza¹.

303. Mitovy avokoa ny filazan'ny Soratra Masina : azo *tsapain-tanana* sy *eo no eo avy hatrany* ny fikolokoloan'ny fitahian'Andriamanitra, mikarakara ny zavatra rehetra, manomboka amin'ny zavatra faran'izay bitika ka hatramin'ny zavatra lehibe miseho amin'izao tontolo izao sy amin'ny tantara. Amin-kery no ilazan'ny boky masina ny fahefan'Andriamanitra mandidy sy manapaka tanteraka amin'ny fizotran'ny zava-miseho: “Any an-danitra sy eto an-tany ny Andriamanitsika, ka ataony izay rehetra sitrany” (Sal 115,3) ; ary izao no voalaza momba an'i Kristy : “Raha mamoha Izy, tsy misy hahidy, ary raha manidy Izy, tsy misy hahavoha” (Apôk 3,7) ; “Misy fihevitra maro ao am-pon'ny olombelona, fa ny fandaharan'Andriamanitra ihany no ho tanteraka” (Ohab 19,21). 269

304. Hita toy izany koa ny Fanahy Masina, mpanoratra voalohany ny Soratra Masina, mazàna milaza an'Andriamanitra ho manao ny asa, fa tsy misy fototra faharoa. Tsy hoe “fomba fiteny” tany am-boalohany tany izany, fa fomba lalina entimampahatsiaro ny fahambonian'Andriamanitra sy ny maha-Tompo Azy tanteraka eo amin'ny tantara sy izao tontolo izao², ary manabe araka izany amin'ny fitokiana Aminy. Ny vavaka ao amin'ny Salamo no sekoly ambony amin'izany fitokiana izany³. 2568

305. I Jesoa dia mangataka ny fitokian-janaka amin'ny fitahian'ny Ray any an-danitra, izay mikarakara hatramin'ny zavatra kely ilain'ny zanany : “Noho izany, aza manahy ianareo manao hoe : inona no hohaninay ? inona no hosotroinay ? (...). Fantatry ny Rainareo izay any an-danitra fa ilainareo avokoa izany. Koa katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny 2115

¹ Kôns. Vatikana I : DS 3003.

² jer. Iz 10,5-15; 45,5-7; Det 32,39; Ekl 11,14.

³ jer. Sal 22; 32; 35; 103; 138; sns.

fahamarinany, dia homena izany rehetra izany ianareo ho fanampiny” (Mt 6,31-33)¹.

Ny fitahian’Andriamanitra sy ny fototra faharoa

1884 306. Andriamanitra no Tompo tsy refesi-mandidy amin’ny fandaharany. Amin’ny fanatanterahany izany anefa, dia mampiasa koa ny fanampian’ny zavaboary Izy. Tsy midika ho famantaram-pahosana akory izany, fa famantarana ny halehibe sy ny hatsaram-pon’Andriamanitra Mahefa ny zavatra rehetra. Satria tsy ny hampisy ny zavaboariny fotsiny no nataon’Andriamanitra, fa koa ny hasina ahafahan’izy ireo manao asa amam-pihetsika amin’ny alalan’ny tenan’izy ireo ihany, ho antony sy fototra ifampiankinan’izy ireo amin’ny samy izy ireo, ka iarahan’izy ireo miasa, araka izany, amin’ny fanatanterahana ny fandaharany.

106,373
1954
2427
2738
618,1505
307. Omen’Andriamanitra ho an’ny olombelona koa aza ny fahazoana mandray anjara an-kalalahana amin’ny fitahiany, amin’ny fanankinany tamin’izy ireo ny andraikitra “hizaka” ny tany sy hanjaka aminy². Araka izany, omen’Andriamanitra ny olombelona ny hahatonga azy ho manan-tsaina sy manam-pahafahana, mba hameno ny tsanganasa fahariana, handavorary avy amin’izany ny firindran’ny soa ho azy ireo sy ho an’ny naman’izy ireo. Noho ny olombelona mpiara-miasa tsy mahazo an-tsaina matetika ny sitrapon’Andriamanitra, dia afaka miditra amin’ny nahim-po amin’ny drafitr’Andriamanitra izy ireo, amin’ny alalan’ny asan’izy ireo, ny vavak’izy ireo, nefa amin’ny alalan’ny fijalian’izy ireo koa³. Amin’izany indrindra no hahatongavan’izy ireo ho “mpiara-miasa amin’Andriamanitra” (1 Kôr 3,9)⁴ sy amin’ny Fanjakany⁵.

970 308. Fahamarinana tsy azo sarahina amin’ny finoana an’Andriamanitra Mpahary ny hoe : Miasa amin’ny fampiasana amam-panetsehana manontolo ny zavaboariny Andriamanitra. Izy no mpanao voalohany izay miasa ao sy amin’ny alalan’ny fototra faharoa : “Satria Andriamanitra izay miasa ao amintsika no mahatonga antsika sady hanam-piniavana no hiasa mihitsy ho amin’ny fandaharam-pitiavany” (Filip 2,13)⁶. Tsy mampihena velively ny hasin’ny zavaboary fa manandratra azy izany fahamarinana izany. Nalaina avy amin’ny tsy misy tamin’ny alalan’ny hery sy ny fahendrena ary ny hatsaran’Andriamanitra izy, ka tsy mahefa na inona na inona raha sarahina amin’ny foto-piandohany, satria “levona ny zavaboary tsy misy an’ily

¹ jer. Mt 10,29-31.

² jer. Jen 1,26-28.

³ jer. Kôl 1,24.

⁴ jer. 1 Tes 3,2.

⁵ jer. Kôl 4,11.

⁶ jer. 1 Kôr 12,6.

Mpahary”¹ ; vao mainka tsy afaka hahatratra ny tanjom-piafaràn'ny izy, raha tsy misy ny fanampian'ny fahasovana².

Ny fitahian'Andriamanitra sy ny fanafintohinan'ny ratsy

309. Raha Andriamanitra ilay Ray Mahefa ny zavatra rehetra, Mpahary an'izao tontolo izao milamina sy tsara, no mikarakara ny zavaboariny rehetra, nahoana no misy ny ratsy ? Amin'izany fanontaniana izany, izay sady 164,385
manery no tsy azo ihodivirana, sady mampijaly no mifono mystery, dia tsy misy valin-teny maika, ampy amaliana azy. Ny fitambaram-pinoan'ny kristianina no mitambatra ho valin'io fanontaniana io : ny hatsaran'ny voary, ny antambon'ny fahotana, ny fitiavan'Andriamanitra mahari-pery izay tonga mialohan'ny olombelona amin'ny alalan'ny fanekem-pihavanany, amin'ny alalan'ny Fahatongavan'ny Zanany ho nofo mitondra fanavotana, amin'ny alalan'ny fanomezana ny Fanahy Masina, amin'ny alalan'ny famoriana ny Fiangonana, amin'ny alalan'ny herin'ny sakramenta, amin'ny alalan'ny antso ho amin'ny fiainana mahasambatra, izay amin'izany ny voary manampahafahana no asaina mialoha hankatò, nefa afaka mandà koa izy ireo, noho ny mystery mampihoron-koditra. *Tsy misy tsirin-kevitra avy amin'ny hafatra kristianina izay tsy mitondra ampahana valin-teny amin'ny fanontaniana* 2805
momba ny ratsy.
310. Nahoana Andriamanitra no tsy nahary an'izao tontolo izao sady tomombana no tsy misy ratsy ao aminy na dia iray aza ? Araka ny fahefany tsy manam-petra, dia afaka mahary lalandava ny zavatra tsara kokoa hatrany Andriamanitra³. Kanefa ao anatin'ny fahendreny sy ny hatsarany tsy manam-petra no sitrak'Andriamanitra an-kalalahana nahary izao tontolo izao “amin'ny toetra mivoatra miandalana” mankany amin'ny fara fahalavorariany. Izany fivoarana miandalana izany, ao anatin'ny fandaharan'Andriamanitra, dia misy miaraka amin'ny fisehoan'ny zavatra sasany ny fanjavonan'ny hafa, misy miaraka amin'ny lavorary indrindra ny tsy lavorary loatra koa, misy miaraka amin'ny fanorenana ny voary ny fandravana koa. Miaraka amin'ny tsara ara-batana dia misy koa izany ny *ratsy ara-batana*, raha tsy mbola mahatratra ny fahalavorariany koa ny zavaboary⁴. 412
1042-1050
342
311. Ny anjely sy ny olombelona, zavaboary manan-tsaina sy manampahafahana, dia tsy maintsy mizotra mankany amin'ny anjaran'izy ireo farany amin'ny alalan'ny safidy malalaka sy ny fitiavana manan-tombo. Noho izany, afaka maniasia izy ireo, kanefa, ny tena marina, manota izy ireo. Toy izany no nidiran'ny *haratsian-tsaina amam-panahy* teto amin'izao 396
1849

¹ FAA 36, § 3.

² jer. Mt 19,26; Jo 15,5; Filip 4,13.

³ jer. Md Thomas d'A., s. th. 1, 25, 6.

⁴ jer. Md Thomas d'A., s. gent. 3, 71.

tontolo izao, izay ratsy lavitra kokoa, tsy misy azo ampitahana azy amin'ny haratsiam-batana. Na mivantana na tsy mivantana, tsy Andriamanitra velively no antony nahatonga ny haratsian-tsaina amam-panahy¹. Mamela ny ratsy hisy anefa Izy, amin'ny fanajana ny fahafahan'ny zavaboariny, ary, amin'ny fomba mistery, hainy ny misintona ny tsara avy amin'izany :

Satria, ilay Andriamanitra Mahefa ny zavatra rehetra (...), noho Izy tsara sy fatratra tokoa, tsy ho namela na oviana na oviana ny ratsy na inona na inona hisy ao anatin'ny tsanganasany raha tsy ampy hery sy tsara Izy mba hamoahana ny tsara avy amin'io ratsy io ihany².

598-600 312. Araka izany, rahefa ela ny ela, mety ho tsikaritra fa Andriamanitra, ao anatin'ny fitahian'ny heriny mahefa ny zavatra rehetra, dia afaka misintona zava-tsoa avy amin'ny vokatry ny ratsy, na dia ara-panahy aza, nateraky ny zavaboariny : “Tsy ianareo, hoy i Josefa tamin'ny rahalahiny, no nandefa ahy taty, fa Andriamanitra ; (...) ny ratsy izay nokasainareo hatao tamiko, dia navadiky ny fandaharan'Andriamanitra ho tsara mba hamonjena ny ain'ny vahoaka maro be” (Jen 45,8; 50,20)³. Avy amin'ny haratsiam-panahy faran'ny lehibe indrindra amin'izay natao hatr'izay, dia ny fandavana sy ny famonoana ny Zanak'Andriamanitra, vokatry ny fahotan'ny olombelona rehetra, no nisintonan'Andriamanitra, noho ny fahasavany mihoa-pampana⁴, 1994 ny lehibe indrindra amin'ny soa : ny fanandratana amim-boninahitra an'i Kristy sy ny Fanavotana antsika. Kanefa, ny ratsy tsy mety ho tsara.

227 313. “Ny zavatra rehetra dia entin'Andriamanitra hahasoa izay tia Azy” (Rôm 8,28). Tsy mitsaha-manamafy ny fahamarinan'izany ny fanambaràn'ny olomasina :

Araka izany, hoy i Mb Cathérine de Sienne tamin' “ireo tafintohina sy mikomy amin'izay zava-manjo azy ireo” : “Avy amin'ny fitiavana ny zavatra rehetra, voalahatra ho amin'ny famonjena ny olombelona ny zavatra rehetra, tsy manao na inona na inona afa-tsy ho amin'izany tanjona izany Andriamanitra”⁵.

Ary hoy i Md Thomas More, taloha kelin'ny namonoana azy ho martiry, nampionona ny zanany vavy : “Tsy misy zavatra na inona na inona tongatonga ho azy raha tsy sitrak'Andriamanitra izany. Noho izany, izay rehetra sitrany, na ratsy toy inona aza no fahitantsika an'izany, dia misy ny tsara kokoa ho antsika ao amin'izany”⁶.

¹ jer. Md Augustin, lib. 1, 1, 1; Md Thomas d'A., s. th. 1-2, 79, 1.

² Md Augustin, enchir. 3, 11.

³ jer. Tobia 2,12-18 volg.

⁴ jer. Rôm 5,20.

⁵ Dial. 138.

⁶ Margarita Roper, Epistula ad Aliciam Alington (mense augusti 1534).

Ary hoy i Lady Julian of Norwich : “Tamin’ny alalan’ny fahasovan’ Andriamanitra no nianarako fa tsy maintsy mifikitra mafy amin’ny finoana aho, ary mino mafy fa ho tsara ny zavatra rehetra ... Ary dia ho hitanao fa ho tsara avokoa ny zavatra rehetra.” (“*Thou shalt see thyself that all MANNER of thing shall be well*”¹.)

314. Mino mafy isika fa Andriamanitra no Tompon’izao tontolo izao sy ny tantara. Kanefa ny lalan’ny fitahian’Izy Tompo, matetika, no tsy fantatsika. Ary amin’ny farany, rahefa tapitra ny ampahan’ny fahalalantsika, rahefa 1040 habita an’Andriamanitra “mifanatrika” isika (1 Kôr 13,12), no ho fantatsika manontolo ny lalana, izay amin’izany, na dia eo am-pamakivakiana ny antambon’ny ratsy sy ny fahotana aza, no hitondran’Andriamanitra ny zavaboariny hatramin’ny fialan-tsasatr’io *Sabata*² mandrakizay io, fa ho an’izany moa no nahariany ny lanitra sy ny tany. 2550

FAMINTINANA

315. *Tamin’ny fahariana an’izao tontolo izao sy ny olombelona no nanehoan’ Andriamanitra ny porofo voalohany sy manenika an’izao tontolo rehetra izao ny fitiavany manan-kery mahefa ny zava-drehetra sy ny fahendreny, ny fanambaràna voalohan’ny “fandaharany feno fitiavana”, izay mahita ny zava-kinendry amin’ny fahariana vaovao ao amin’i Kristy.*

316. *Na dia noheverina indrindra ho ny Ray aza no nisahana ny tsanganasa fahariana, dia fahamarinam-pinoana koa fa ny Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina no foto-piandohana tokana sy tsy azo sarahina amin’ny fahariana.*

317. *Andriamanitra irery no nahary an’izao tontolon’ny zava-drehetra izao, tamin-kalalahana sy mivantana, tsy nisy fanampiana na iray aza.*

318. *Tsy misy zavaboary na iray aza manana fahefana tsy manam-petra izay ilaina mba “hahary” araka ny hevi-teny fototry ny teny, izany hoe mahaforona sy mampisy izay tsy nananany mihitsy (miantso ho amin’ny fisiana “avy amin’ny tsy misy”³).*

319. *Nahary an’izao tontolo izao Andriamanitra mba haneho sy hampita ny voninahiny. Aoka ny zavaboary handray anjara amin’ny fahamarinany, amin’ny hatsarany ary ny hakantony, izany no voninahitra izay nahatonga an’Andriamanitra ho nahary azy ireo.*

¹ Rev. 13,32.

² jer. Jen 2,2.

³ jer. DS 3624.

320. *Andriamanitra izay nahary an'izao tontolo izao no mampaharitra azy ao anatin'ny fisiana amin'ny alalan'ny Teniny, dia “ilay Zanany, izay manohana an'izao tontolo rehetra izao amin'ny teniny mahefa” (Heb 1,3), sy amin'ny alalan'ny Fanahy Mpahary izay manome ny aina.*
321. *Ny Fitahean'Andriamanitra, dia tsy inona fa ny fandaharana amampandaminana izay itondrany amim-pahendrena sy amim-pitiavana ny zavaboary rehetra hatrany amin'ny tanjom-piafaràn'izy ireo.*
322. *Taomin'i Kristy isika ho amin'ny fahatokian-janaka amin'ny fitahean'ny Raintsika any an-danitra¹, ary averin'i Md Piera apôstôly izany : “Ankino Aminy ny tebitebinareo rehetra, fa Izy no miahay anareo” (1 Pi 5,7)².*
323. *Miasa amin'ny asa amampihetsiky ny zavaboary koa ny fitahean'Andriamanitra. Omen'Andriamanitra fahazoana miara-miasa ankalahana amin'ny fandaharany ny olombelona.*
324. *Ny famelan'Andriamanitra hisian'ny haratsiam-batana sy ny haratsiantaina amampanahy, dia mystery izay hazavainy amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy, Zanany, maty sy nitsangan-ko velona, mba handresy ny ratsy. Ny finoana no manome antsika ny fitokiana marina fa tsy mamela ny ratsy hihatra Andriamanitra raha tsy mahatonga ny soa hivoaka avy amin'io ratsy io ihany Izy, amin'ny lalana izay tsy ho fantatsika tanteraka raha tsy any amin'ny fiainana mandrakizay.*

Paragrafy 5. Ny lanitra sy ny tany

325. Manambara ampahibemaso ny Sembolin'ny apôstôly fa Andriamanitra no “Mpahary ny lanitra sy ny tany”³, ary milaza mazava ny Sembolin'i Nicée-Constantinople fa : “... ny tontolon'ny zava-drehetra na ny hita maso na ny tsy hita maso”⁴.
326. Ao amin'ny Soratra Masina, ny fomba fiteny hoe : “lanitra sy tany” dia ²⁹⁰ midika hoe izay rehetra misy, ny voary manontolo. Enti-manondro ny fifandraisana ao anatin'ny voary izay sady mampikambana no mampivavaka ny lanitra sy ny tany koa izany : “Ny tany” no tontolon'ny olombelona⁵. “Ny

¹ jer. Mt 6,26-34.

² jer. Sal 55,23.

³ Sembolin'ny Apôstôly, DS 30.

⁴ Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

⁵ jer. Sal 115,16.

lanitra” na “ireo lanitra”, dia azo anondroana ny habakabaka¹, nefa koa ny “toerana” manokana an’Andriamanitra: “Rainay any an-danitra” (Mt 5,16)², ary noho izany koa, ny “lanitra” no voninahitra any am-parany any. Farany, ny teny hoe “lanitra” dia manondro ny “toeran’ “ny zavaboary ara-panahy - ny anjely – izay manotrana an’Andriamanitra . 1023,2794

327. Ny fiekem-pinoan’i Kônsily fahefatra tao Latran dia manamafy fa Andriamanitra, “hatrany am-piandohan’ny fotoana, no nahary indray miaraka ny samy voary, avy amin’ny tsy misy, na ny voary ara-panahy na ny voary ara-batana, izany hoe ny anjely sy ny tontolon’ny tany ; manaraka izany, ny olombelona izay zavaboary mandray roa, itambaran’ny fanahy sy ny vatana”³. 296

I. Ny anjely

Ny fisian’ny anjely – fahamarinam-pinoana

328. Ny fisian’ny zavaboary fanahy, tsy manam-batana, izay antsoin’ny Soratra Masina amin’ny fiteny mahazatra hoe anjely, dia fahamarinam-pinoana. Sady mazava ny fanambaràn’ny Soratra Masina sy ny firaisan-kevitra ny Lovam-pampianarana momba izany. 150

Iza moa izy ireo ?

329. I Md Augustin dia milaza ny momba azy ireo : ny hoe “Anjely” dia enti-manondro ny asa fa tsy ny toetra maha-izy. Manontany ianao hoe ahoana no iantsoana io toetra maha-izy io ? – Fanahy. Manontany ny asany ianao ? – Anjely ; araka ny fisian-tenany, fanahy izy, araka izay ataony, anjely izy”⁴. Amin’ny maha-izy ny fisian’izy ireo manontolo, ny anjely no *mpanompo* sy mpitondra ny hafatr’Andriamanitra. Satria izy ireo mibanjina “tsy tapaka ny endriky ny Raiko izay any an-danitra” (Mt 18,10), izy ireo no “mpiasa mpampita ny teniny, sy mahavatra mihaino ny teniny” (Sal 103,20).

330. Amin’ny maha-voary *fanahy* fotsiny azy ireo, dia ananany ny saina amantsitrapo : zavaboary manana ny maha-izy azy manokana izy ireo⁵ ary tsy mety maty⁶. Ihoaran’izy ireo amin’ny fahalavorariana ny voary rehetra hita maso. Ny famirapiratra ny voninahitr’izy ireo no manaporofy izany⁷.

¹ jer. Sal 19,2.

² jer. Sal 115,16.

³ DS 800; jer. koa DS 3002 sy SPF 8.

⁴ Enarr. in Psal. 103, 1, 15.

⁵ jer. Pie XII : DS 3891.

⁶ jer. Lk 20,36.

⁷ jer. Dan 10,9-12.

I Kristy “miaraka amin’ny anjelyny rehetra”

- 291 331. I Kristy no foiben’ny tontolon’ny anjely, izay Azy : “Rahefa ho avy amim-boninahitra ny Zanak’olona hotronin’ny anjelyny rehetra ...” (Mt 25,31). Azy izy ireo satria noarina *tamin’ny alalany* sy ho Azy : “Satria tao Aminy no nahariana ny zavatra rehetra any an-danitra sy ety an-tany, dia ny hita maso sy ny tsy hita maso : fiandrianana, fiamboniana, fanapahana, fahefana ; Taminy sy ho Azy no nahariana ny zavatra rehetra” (Kôl 1,16). Azy tanteraka tokoa izy ireo satria nataony ho mpitondra hafatra amin’ny fandaharam-pamonjeny : “Moa tsy fanahy manompo va izy rehetra” nirahina hanao fanompoana ho an’ireo izay handova ny famonjena ?” (Heb 1,14).
332. Teo izy ireo, nanomboka tamin’ny fahariana¹ sy tamin’ny tantaram-pamonjena manontolo, nanambara mialoha lavitra na akaiky io famonjena io sy nampiasa ny fandaharan’Andriamanitra tamin’ny fanatanterahana izany : nanidy ny varavaran’ny paradisa an-tany izy ireo², niaro an’i Lôta³, namonjy an’i Agara sy ny zanany⁴, nanakana ny tanan’i Abrahama⁵ ; andraiki-panompoan’izy ireo ny nampita ny lalàna⁶, nitari-dalana ny Vahoakan’Andriamanitra⁷, nanambara fahaterahana⁸ sy fiantsoan’Andriamanitra⁹, nanampy ny mpaminany¹⁰, raha tsy hitanisa afa-tsy ohatra vitsivitsy. Farany, ny Anjely Gabriely no nilaza ny fahaterahan’ily Mpialoha lalana sy ny an’ny Tenan’i Jesoa¹¹.
333. Manomboka amin’ny Fahatongavana ho nofo ka hatramin’ny Fiakarana any an-danitra, mambomba ny fiainan’ny Teny tonga Nofo ny fitsaohan’ny anjely sy ny fanompoany. Nony “nampiditra ny Lahimatoany teo amin’izao tontolo izao Andriamanitra, dia hoy Izy : “Aoka hitsaoka Azy ny anjelin’Andriamanitra rehetra” (Heb 1,6). Ny hira fiderana nataon’izy ireo tamin’ny fahaterahan’i Kristy dia tsy nitsahatra manako ao amin’ny hiram-pideran’ny Fiangonana : “Voninahitra ho an’Andriamanitra ...” (Lk 2,14). Niaro ny fahazazan’i Jesoa izy ireo¹², nanompo Azy tany an’efitra¹³, nankahery Azy nandritra ny fiadian’aina¹⁴, kanefa azon’izy ireo natao ny namonjy Azy teo

¹ jer. Joba 38,7, izay niantsoana ny anjely hoe « zanak’Andriamanitra ».

² jer. Jen 3,24.

³ jer. Jen 19.

⁴ jer. Jen 21,17.

⁵ jer. Jen 22,11.

⁶ jer. Asa 7,53.

⁷ jer. Eks 23,20-23.

⁸ jer. Mpits 13.

⁹ jer. Mpits 6,11-24; Iz 6,6.

¹⁰ jer. I Mpanj 19,5.

¹¹ jer. Lk 1,11.26.

¹² jer. Mt 1,20; 2,13.19.

¹³ jer. Mk 1,13; Mt 4,11.

¹⁴ jer. Lk 22,43.

an-tanan'ny fahavalo¹ toa an'i Israely fahiny². Ary dia mbola ny anjely koa no “nitory ny Evanjely” (Lk 2,10) tamin'ny filazana ny Vaovao Mahafalin'ny Fahatongavana ho nofo³, sy ny Fitsanganan'i Kristy ho velona⁴. Ho eo izy ireo amin'ny fiverenan'i Kristy izay holazain'izy ireo⁵, hiandraiki-draharaha amin'ny fitsaràny⁶.

Ny anjely eo amin'ny fiainan'ny Fiangonana

334. Hatreto ka hatrany, ny fiainan'ny Fiangonana manontolo no mahazo tombon-tsoa avy amin'ny fanampiana mifono mistery sy mahery ataon'ny anjely⁷.

335. Ny Fiangonana, amin'ny litorziany, dia miaraka amin'ny anjely mba hidera sy hankalaza an'Andriamanitra amin'ilay antsa manao hoe : Masina, masina, masina ... (Vavaka Eokaristika) ; mitalaho ny fanampian'izy ireo izy (tahaka izany ao amin'ny *In Paradisum deducant te angeli* ... fanao amin'ny litorzia ho an'ireo nodimandry⁸, na koa ao amin'ny “Antsan'ny Kerobima” raketin'ny litorzia bizantinina⁹), mankalaza manokana ny fahatsiarovana ny anjely sasany izy (Masina Misely, Masina Gabriely, Masina Rafaely, ny anjely mpiambina). 1138

336. Amin'ny fanombohan' (fisian')ny fiainana¹⁰ ka hatramin'ny fahafatesana¹¹, dia mambomba ny fiainan'ny olombelona ny fiambenan'izy ireo¹² sy ny fanelanelanan'izy ireo¹³. “Samy manana anjely iray ho mpiaro sy ho mpiandry azy eo anilany ny mpino tsirairay, mba hitondra azy ho any amin'ny fiainana”¹⁴. Manomboka eto an-tany no mandray anjara, ao anatin'ny finoana, amin'ny fiaraha-monina sambatry ny anjely sy ny olombelona, miray ao amin'Andriamanitra, ny fiainana kristianina. 1020

¹ jer. Mt 26,53.

² jer. 2 Mak 10,29-30; 11,8.

³ jer. Lk 2,8-14.

⁴ jer. Mk 16,5-7.

⁵ jer. Asa 1,10-11.

⁶ jer. Mt 13,41; 24,31; Lk 12,8-9.

⁷ jer. Asa 5,18-20; 8,26-29; 10,3-8; 12,6-11; 27,23-25.

⁸ OE x 50.

⁹ Liturgia byzantina Sancti Ioannis Chrysostomi, Hymnus cherubinatorum.

¹⁰ jer. Mt 18,10.

¹¹ jer. Lk 16,22.

¹² jer. Sal 34,8; 91,10-13.

¹³ jer. Jôba 33,23-24; Zak 1,12; Tobia 12,12.

¹⁴ Md Basile, Eun. 3,1.

II. Ny tontolo hita maso

337. Ny Tenan'Izy Andriamanitra rahateo ihany no nahary ny tontolo hita maso
290 araka ny haren'ny manontolo, ny maha-samihafa azy ary ny filaminany. Asehon'ny Soratra an'ohatra ny tsanganasan'ny Mpahary ho toy ny fitohizan'ny andro enina mandravona ny "asan" 'Andriamanitra, izay mifarana amin'ny "fialan-tsasatra" amin'ny andro fahafito¹. Ny lahatsoratra masina, amin'ny resaka momba ny fahariana, dia mampianatra ny marina namberan'Andriamanitra momba ny famonjena antsika², izay ahafahana
293 "mahalala ny fomba aman-toetra lalin'ny fahariana, ny soatoaviny ary ny tanjony farany izay tsy inona fa ny Voninahitr'Andriamanitra"³ :
338. *Tsy misy na inona na inona raha tsy Andriamanitra Mpahary no mampisy*
297 *azy*. Nanomboka izao tontolo izao rahefa navoakan'ny Tenin'Andriamanitra avy amin'ny tsy misy ; ny zavatra rehetra misy, ny voary manontolo, ny tantara manontolo ny olombelona dia miorim-paka amin'io zava-niseho hatrany am-boalohany io : izany mihitsy no fiandohana izay niorenan'izao tontolo izao, sy nanombohan'ny fotoana⁴.
339. *Samy manana ny hatsarany sy ny fahalavorariany manokana avy ny voary*
2501 *isanisany*. Ho an'ireo tsanganasa tsirairay noarina tao anatin'ny "henemana", dia voalaza hoe : "Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany." "Amin'ny fahariana mihitsy no iorenan'ny zava-drehetra araka ny faharetan'izy ireo, ny fahamarinan'izy ireo, ny hatsaran'izy ireo manokana miaraka amin'ny fandaminana azy ireo sy ny lalàna mifehy azy ireo manokana avy"⁵. Ny
299 voary isan-karazany, ilaina amin'ny fisiany manokana avy, dia maneho, samy araka ny fombany avy, ny tara-pahendrena sy ny hatsarana tsy manampetran'Andriamanitra. Koa izany indrindra no tsy maintsy anajan'ny olombelona ny hatsarana manokana an'ny zavaboary tsirairay mba
226 hisorohana ny fampiasan-javatra tsy araka ny tokony ho izy, izay manazimba ny Mpahary ary mitarika voka-dratsy mampidi-doza ho an'ny olombelona sy ho an'ny tontolo iainany.
340. Sitrak'Andriamanitra *ny fifampiankinan'ny zavaboary*. Ny masoandro sy
1937 ny volana, ny sedera sy ny voninkazo kely, ny voromahery sy ny fody : ny fahitana ny hamaroan'ny karazana sy ny tsy fitovian'izy ireo no midika fa tsy misy zavaboary na iray aza mahavita tena. Tsy misy izy ireo raha tsy mifampiankina amin'ny samy izy ireo, mba samy hifameno, amin'ny fanampian'ny samy izy ireo.

¹ jer. Jen 1,1-2,4.

² jer. FA 11.

³ FF 36.

⁴ jer. Md Augustin, Gen. Man. 1, 2, 4.

⁵ FAA 36, § 2.

341. *Ny hatsaran'ny tontolon'ny zava-drehetra* : Ny filaminana sy ny firindran'ny tontolo noarîna dia vokatry ny faha-samihafa ny zavaboary sy ny fifandraisana misy amin'izy ireo samy izy ireo. Tsapan'ny olona miandalana amin'izany ny lalàna mifehy ny zavaboary. Mampitolagaga ny manampahaizana izany. Taratry ny hatsarana tsy manam-petran'ny Mpahary ny hatsaran'ny zavaboary. Tokony hitarika fanajana sy fankatoavan'ny sain'ny olombelona sy ny sitrapony izany. 283
2500
342. *Ny ambaratongan'ny zavaboary* dia voambara araka ny filaharan'ny “andro enina”, izay miainga avy amin'ny kely fahalavorariana ary mipaka amin'ny be fahalavorariana. Tian'Andriamanitra ny zavaboariny rehetra¹, ary karakarainy fatratra ny tsirairay, na dia ny fody aza. Kanefa, hoy i Jesoa : “Sarobidy noho ny fody maro ianareo” (Lk 12,6-7), ary koa : “Ambony lavitra noho ny ondry ny olona” (Mt 12,12). 310
343. *Ny olombelona no tampony* amin'ny tsanganasa fahariana. Ny tantara avy amin'ny fitsilovan'Andriamanitra, dia mampiseho izany amin'ny fanavahana mazava tsara ny fahariana ny olombelona amin'ny an'ny zavaboary hafa rehetra². 355
344. Misy *fifarimbonana eo amin'ny voary rehetra* noho izy ireo manana Mpahary iray ihany, sy noho izy rehetra nalahatra ho amin'ny voninahiny : 293,1939,
2416
- Ho deraina anie Ianao, ry Tompo, amin'ny voarinao rehetra
indrindra amin'ingahy Masoandro rahalahy,
izay taminy no nanomezanao anay ny hazavana amin'ny antoandro
tsara izy, mamoaka tara-pahazavana manjelanjelatra aok'izany,
ary avy aminao, ilay Avo Indrindra, no anolorany anay izany amin'ny sary
an'ohatra
- Ho deraina anie Ianao, ry Tompoko, noho i Rano anabavy, 1218
izay tena mahasoà sy tena manetry tena,
sarobidy sy madio fitiavana...
- Ho deraina anie Ianao, ry Tompoko, noho i Tany anabavy sady reninay
izay mitondra anay sy mamelona anay,
izay mamokatra voankazo isan-karazany
miaraka amin'ny voninkazo maro loko sy ny ahitra...
- Miderà sy mankalazà ny Tompoko ianareo
isaory Izy ary manompoa Azy
amim-panetren-tena tanteraka³.

¹ jer. Sal 145,9.

² jer. Jen 1,26.

³ Md François d'Assise, cant.

- 2168 345. Ny *Sabata* – *fahavitan'ny tsanganasa tanatin'ny "henemana"*. Lazain'ny lahatsoratra masina fa “ vitan'Andriamanitra tamin'ny andro fahafito ny asa nataony” ary toy izany “no nahavitan'ny lanitra sy ny tany”, ka tamin'ny andro fahafito Andriamanitra “nitsahatra tamin'ny asa rehetra nataony”, ary nanamasina sy nitsodrano io andro io Izy (Jen 2,1-3). Manankarena fampianarana mahavonjy ireo teny avy amin'ny fitsilovan'Andriamanitra ireo :
- 2169 346. Tamin'ny fahariana Andriamanitra dia nametraka fototra sy lalàna izay maharitra ho mafy orina¹, ka eo ambonin'izany no hahafahan'ny mpino miankina amim-pitokiana, ary ho famantarana sy ho antoky ny fahamarinan' ny fanekem-pihavanana tsy voahozongozona ataon'Andriamanitra². Etsy an-kilany, ny olombelona tokony haharitra tsy hivadika amin'io fototra io, ary hanaja ny lalàna izay nosoritan'ny Mpahary ao amin'izany.
- 1145-1152 347. Novitaina mba ho amin'ny Sabata ny fahariana, ka noho izany ho amin'ny fanompoam-pivavahana sy ny fitsaohana an'Andriamanitra. Voasoratra araka ny lalànan'ny fahariana³ ny fanompoam-pivavahana. “Aoka tsy hisy na inona na inona ho tiana mihoatra noho ny fanompoana an'Andriamanitra amin'ny fivavahana ”, hoy ny fitsipik'i Md Benoît⁴, manoro araka izany ny fandaminana marina ny ahiahin'ny olombelona.
- 2172 348. Votoatin'ny lalànan'i Israely ny Sabata. Ny mitandrina ny didy, dia tsy inona fa ny mifandray amin'ny fahendrena sy amin'ny sitrapon'Andriamanitra miseho amin'ny tsanganasa fahariany.
- 2174 349. Ny *andro fahavalo*. Fa ho antsika, andro iray vaovao no niposaka : ilay andro 1046 Nitsanganan'i Kristy ho velona. Ny andro fahafito no mamarana ny fahariana voalohany. Ny andro fahavalo no anombohan'ny fahariana vaovao. Araka izany, ny tsanganasa fahariana dia tonga amin'ny fara tampony ao amin'ny tsanganasa lehibe indrindra amin'ny fanavotana. Ny ahitan'ny fahariana voalohany ny heviny sy ny tampony dia amin'ny fahariana vaovao ao amin'i Kristy, izay mihoatra noho ny an'ilay voalohany ny famirapirany⁵.

FAMINTINANA

350. Ny *anjely dia zavaboary fanahy izay manome voninahitra an'Andriamanitra tsy an-kijanona, ary manatanteraka ny fandaharany amin'ny zavaboary hafa* : “Ny *anjely dia mandray anjara amin'izay rehetra soa sy tsara ho antsika*”⁶.
351. *Manotrona an'i Kristy Tompony ny anjely. Manampy Azy manokana izy ireo amin'ny fanatanterahana ny fanirahana maha-mpamonjy ny olombelona Azy.*

¹ jer. Heb 4,3-4.

² jer. Jer 31,35-37; 33,19-26.

³ jer. Jen 1,14.

⁴ Md Benoît, reg. 43, 3.

⁵ jer. MR, Andro mialohan'ny Paka 24 : vavaka aorian'ny vakiteny voalohany.

⁶ Md Thomas d'A., s. th. 1, 114, 3, ad 3.

352. *Ny Fiangonana dia manaja ny anjely, izay manampy azy amin'ny fivahiniany ety an-tany, sy miaro ny olombelona rehetra.*

353. *Sitrak'Andriamanitra ny maha-samihafa ny zavaboariny sy ny fahatsaran'izy ireo manokana avy, ny fifampiankinan'izy ireo sy ny filaminan'izy ireo. Natokany ho fanasoavana ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka ny zavaboary rehetra tsy manam-panahy. Ny olombelona, ary ny voary manontolo amin'ny alalany, dia voatokana ho Voninahitr'Andriamanitra.*

354. *Ny manaja ny lalàna voasoratra ao amin'ny fahariana sy ny fifandraisana izay avy amin'ny toetra voa-Janahary ny zavatra rehetra, no fiandoham-pahendrena sy fototry ny mōraly.*

Paragrafy 6. *Ny olombelona*

355. “Andriamanitra nahary ny olombelona mitovy endrika Aminy, mitovy endrika amin'Andriamanitra no nahariany azy, ary nataony lehilahy sy vehivavy izy ireo” (Jen 1,27). Mitana toerana manokana eo amin'ny fahariana, ny olombelona : “mitovy endrika amin'Andriamanitra” izy (I) ; amin'ny fomba aman-toetrany manokana dia manakambana ny tontolo ara-panahy sy ny tontolo ara-batana izy (II); noarina ho “lehilahy sy vehivavy” izy (III) ; nametraka azy ao amin'ny fitiavany Andriamanitra (IV). 1700,343

I. “Mitovy endrika amin'Andriamanitra”

356. Amin'ny zavaboary rehetra hita maso, ny olombelona irery no “afaka mahalala sy mitia ny Mpahary azy”¹; izy no “hany zavaboary eto an-tany izay sitrak'Andriamanitra ho azy tenany ihany”² ; izy irery no voantso hiombona anjara amin'ny fiainan'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fahalalana sy ny fitiavana. Ho amin'izany tanjom-piafaràna izany no nahariana azy, ary ao amin'izany ny antony lehibe indrindra amin'ny fahamendrehany : 1703,2258 225

Inona moa ny antony nanokanana ny olombelona ho amin'izany fahamendrehana lehibe izany ? Ny fitiavana tsy voavidim-bola izay avy amin'izany no nijerenao ny zavaboarinao tao amin'ny Tenanao ihany, ary raiki-pitia taminy Ianao ; satria tamim-pitiavana no nahariana azy, tamim-pitiavana no nanomezanao azy fahafahana hankafy ny Soa mandrakizay avy Aminao³. 295

357. Noho ny olombelona tsirairay mitovy endrika amin'Andriamanitra, dia manana ny fahamendrehana *maha-olona* azy izy : tsy zavatra fotsiny izy fa olona. Afaka mahalala ny tenany izy, afaka mifehy ny tenany sy manolotra 1935

¹ FAA 12, § 3.

² FAA 24, § 3.

³ Mb Catherine de Sienne, dial. 13.

1877 ny tenany ary miombona an-kalalahana amin'ny olona hafa ; ary noho ny fahasoavana, dia voantso izy ho amin'ny fanekem-pihavanana amin'ny Mpahary azy, sy hanome Azy valim-pinoana amam-pitiavana izay tsy misy hafa afaka misolo ny toerany amin'izany.

299,901 358. Noarin'Andriamanitra ho an'ny olombelona¹ ny zavatra rehetra, kanefa ny olombelona noarin'ny mba hanompo sy ho tia Azy ary hanolotra Aminy ny voary manontolo :

Inona àry no zavaboary nampisianao ka henin-kaja toy izany ? Ny olombelona izany, endrika velona lehibe sady mahatalanjona, sarobidy kokoa eo imason' Andriamanitra noho ny zavaboary rehetra : ny olombelona izany, ho azy no nisian'ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny fitambaramben'ny zavaboary, ary ho amin'ny famonjena azy no nanaovan'Andriamanitra ho zava-dehibe ho azy hatramin'ny tsy nandalany na dia ny Zanany Lahitokana aza. Satria Andriamanitra tsy mijanona miasa mba hanandratra ny olona hatrany Aminy sy hampipetraka azy eo an-kavanany².

1701 359. “Ny tena marina, ao amin'ny misterin'ny Teny tonga nofo ihany no mihamazava tokoa ny misterin'ny olombelona”³ :

388,411 Mampianatra antsika i Md Paoly fa olona roa no fiandohan'ny taranak' olombelona rehetra tsy an-kanavaka, dia i Adama sy i Kristy... I Adama voalohany, hoy izy, dia noarin'ny ho olombelona izay nandray ny aina ; ilay farany dia olona fanahy izay manome ny aina. Ilay voalohany dia noarin'ny ilay farany izay nandraisany ny fanahy mamelona azy... Ilay Adama faharoa dia nandraikitra ny endriny tao amin'ny ilay Adama voalohany satria Izy no namolavola azy. Avy amin'izany no andraisany andraikitra sy andraisany ny anarana, mba tsy hamela ho very an'ny ilay izay nataony mitovy endrika aminy. Adama voalohany, Adama farany : ilay voalohany nanomboka, ilay farany tsy hanam-piafarana. Satria ilay farany no tena voalohany, araka izay voalazany ihany : “Izaho no ilay Voalohany sy ilay Farany”⁴.

225,404, 775,831, 842 360. Noho ny fiombonana hatrany am-piandohana, dia *miforona ho iray ny taranak'olombelona rehetra*. Satria Andriamanitra “namoaka avy amin'ny fototra iray ny taranak'olombelona rehetra” (Asa 17,26)⁵ :

Fahitana mahatalanjona no mahatonga antsika hibanjina ny olombelona manontolo ao anatin'ny firaisan'ny fiandohan'ny amin'Andriamanitra (...); ao anatin'ny firaisan'ny fomba aman-toetrany, itambaran'ny vatana sy ny

¹ jer. FAA 12, § 1; 24, § 3; 39, § 1.

² Md Jean Chrysostome, serm. in Gen. 2, 1.

³ FAA 22, § 1.

⁴ Md Pierre Chrysologue, serm. 117,1-2.

⁵ jer. Tobia 8,6.

fanahy maha-olona, izay mitovy ao amin'ny rehetra ; ao anatin'ny firaisan'ny zava-kendreny mivantana sy ny fanirahana azy eo amin'izao tontolo izao ; ao anatin'ny firaisam-ponenany : ny tany, ny harena rehetra avy aminy, izay ny olona rehetra, noho ny zo voa-Janahary, dia afaka mampiasa mba hanampy sy hampivelatra ny fiainany ; ao anatin'ny firaisan'ny tanjom-piafaràny mihoatra ny natoraly : Andriamanitra rahateo ihany, izay Aminy no tsy maintsy kendren'ny rehetra ; ao anatin'ny firaisan'ny fomba amam-pitaovana mba hahatratrarana io tanjom-piafaràna io ; (...) ao anatin'ny firaisan'ny fanavotana azy, nataon'i Kristy ho an'ny rehetra¹.

361. “Izany lalànan'ny firaisan-kinan'ny olombelona sy ny fifankatiavana izany”², tsy manavaka ny hamaroan-karazan'ny olona, ny kolontsaina ary ny firenena, no manome antoka antsika fa tena mpihavana marina ny olombelona rehetra. 1939

II. “Vatana amam-panahy iray tsy mivaky ny olombelona”

362. Ny olombelona, noarina mitovy endrika amin'Andriamanitra, dia zavaboary sady manana vatana no manana fanahy. Maneho io zava-misy io amin'ny fiteny an'ohatra ny tantara ao amin'ny Baiboly, tamin'ny filazany marina fa “namboarin'Andriamanitra tamin'ny tanimanga ny olombelona ; nofofoiny fofon'aina mahavelona ny vavorony, ka tonga zavamananaina ny olombelona” (Jen 2,7). Koa ny olombelona manontolo àry no *sitrak'* Andriamanitra . 1146,2332

363. Matetika, ny teny hoe *fanahy* ao amin'ny Soratra Masina dia milaza ny *ain'*olombelona³ na ny *maha-olombelona* manontolo⁴. Nefa milaza koa, izay tena lalina indrindra ao amin'ny olombelona⁵ sy izay tena sarobidy indrindra ao aminy⁶, ka avy amin'izany no maha-endrik'Andriamanitra azy manokana: “fanahy”, midika hoe: ny *foto-pisiana maha-fanahy* ao amin'ny olombelona. 1703

364. Ny *vatan'*ny olombelona dia mandray anjara amin'ny fahamendrehan' “ny endrik'Andriamanitra” : tena vatan'olombelona tokoa izy io satria velomin'ny fanahy maha-olona, ary ny maha-olombelona manontolo no voatokana hanjary ho Tempolin'ny Fanahy⁷, ao amin'ny Vatan'i Kristy : 1004

Ny olombelona, vatana amam-panahy, tena iray tsy mivaky tokoa, amin'ny toetran'ny vatany, dia mamory ao amin'ny tenany ihany, ireny singafototry ny tontolon'ny azo tsapain-tanana, izay ahitan'izy ireny araka izany, ao amin'ny

¹ Pie XII, enc. « Summi pontificatus »; jer. koa FFTK 1.

² Pie XII, enc. « Summi pontificatus ».

³ jer. Mt 16,25-26; Jo 15,13.

⁴ jer. Asa 2,41.

⁵ jer. Mt 26,38; Jo 12,27.

⁶ jer. Mt 10,28; 2 Mak 6,30.

⁷ jer. 1 Kôr 6,19-20; 15,44-45.

2289

olombelona, ny tampon'izy ireny ary ahafahan'izy ireny midera an-kalalahana ny Mpahary azy ireny. Koa fady amin'ny olombelona ny manao tsinontsinona ny fiainana ara-batana. Fa vao mainka aza izy tsy maintsy mihevitra sy manaja ny vatany izay noarìn'Andriamanitra sy tsy maintsy hatsangan-ko velona amin'ny farandro¹.

365. Lalina tokoa ny firaisan'ny fanahy sy ny vatana, ka tokony hoheverina hoe “lasitra manome endrika” ny vatana ny fanahy² ; izany hoe, noho ny fanahy maha-olona no mahatonga ny vatana izay avy amin'ny foto-javatra ho vatan'olona sy velona ; ny fanahy sy ny foto-javatra, ao amin'ny olombelona, dia tsy zavaboary anankiroa natambatra tsy akory, fa ny firaisan'izy ireo no mirafitra ho zavaboary tokana ihany.

1005,997

366. Ampianarin'ny Fiangonana fa noarìn'Andriamanitra teo no eo avy hatrany ny fanahy maha-olona tsirairay³ - tsy ny ray aman-dreny no “namorona” azy io - ; ampianariny antsika koa fa tsy mety maty izy io⁴ : tsy levona izy na misaraka amin'ny vatana aza izy amin'ny fahafatesana, ary hakambana indray amin'ny vatana izay hatsangan-ko velona amin'ny farandro.

2083

367. Indraindray, hita fa avahana amin'ny aina ny fanahy. Araka izany no ivavahan'i Md Paoly mba ho voatahiry tsy hanan-tsiny ho amin'ny Fahatongavan'ny Tompo avokoa “ny fisian-tenantsika manontolo, ny fanahintsika, ny aintsika ary ny vatantsika” (1 Tes 5,23). Ampianarin'ny Fiangonana fa izany fiavahana izany dia tsy mampiditra fisian-java-droa mifanohitra ao amin'ny aina tsy akory⁵. Ny hoe “fanahy” dia midika fa ny olombelona dia voatokana hatrany am-pahariana azy ho amin'ny tanjom-piafaràny mihoatra ny natoraly⁶, ary ny ainy dia afaka hisondrotra maimaim-poana ho amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra⁷.

478,582,
1431,
1764,2517

368. Ny lovam-pampianarana ara-panahy ny Fiangonana dia manantitrantitra koa momba ny *fo*, araka ny hevitra ao amin'ny Baiboly hoe “aty fanahy” (Jer 31,33) izay entin'ny olona manapa-kevitra ho an'Andriamanitra na tsia⁸.

¹ FAA 14, § 1.

² jer. Kôns. Vienne tamin'ny 1312 : DS 902.

³ jer. Pie XII, enc. « Humani generis », 1950 : DS 3896; SPF 8.

⁴ jer. Kôns. Latran V tamin'ny 1513 : DS 1440.

⁵ Kôns. Constantinople IV tamin'ny 870 : DS 657.

⁶ Kôns. Vatikana I : DS 3005; jer. koa FAA 22, § 5.

⁷ jer. Pie XII, Enc. « Humani generis », 1950 : DS 3891.

⁸ jer. Det 6,5; 29,3; Iz 29,13; Ezek 36,26; Mt 6,21; Lk 8,15; Rôm 5,5.

III. “Lehilahy sy vehivavy no nahariany azy ireo”

2562,2843

Fitoviana sy faha-samy hafa sitrak’Andriamanitra

2331-2336

369. *Noarina* ny lehilahy sy ny vehivavy, izany hoe *sitrak’Andriamanitra* izy ireo : etsy an-daniny, ao anatin’ny fitoviana tanteraka amin’ny maha-samy olombelona azy, ary etsy an-kilany amin’ny maha-samy hafa ny fisian-tenany maha-lehilahy azy sy ny fisian-tenany maha-vehivavy azy avy. Fisiana tsara sy ankasitrahan’Andriamanitra ny “ho lehilahy” na “ho vehivavy” : manana ny fahamendrehana tsy mety foanana ny lehilahy sy ny vehivavy, izay azon’ izy ireo teo no eo avy hatrany tamin’Andriamanitra mpahary azy ireo¹. “Mitovy endrika amin’Andriamanitra” ny lehilahy sy ny vehivavy, ka mitovy hasina. Maneho tara-pahendrena amam-pahatsaran’ny Mpahary izy ireo ao amin’ny “fisian-tenany maha-lehilahy” azy ireo sy ao amin’ny “fisian-tenany maha-vehivavy” azy ireo.

370. Tsy mitovy velively amin’ny endrik’olombelona Andriamanitra. Sady tsy lehilahy Izy no tsy vehivavy. Fanahy madio mangaragarana Andriamanitra, ka tsy misy iavahan’ny maha-lahy sy maha-vavy ao Aminy. Nefa ny : “fahalavorarian’ ” ny lehilahy sy ny vehivavy dia mampiseho taratra ny zavatra tsy manam-petra amin’ny fahalavorarian’Andriamanitra : fahalavorarian’ny reny² sy ny an’ny ray ary ny an’ny mpivady³.

42,239

“Ny iray ho an’ny iray hafa” – “firaisan’ny roa”

371. Tian’Andriamanitra *hifameno sy hifanampy* ny lehilahy sy ny vehivavy, noho izy ireo *noarina miaraka*. Ny Tenin’Andriamanitra no ahenointsika izany amin’ny alalan’ny andalana samihafa ao amin’ny lahatsoratra masina : “Tsy tsara raha irery ny lehilahy ; koa ilaina ny hanaovako mpanampy azy mitovy aminy” (Jen 2,18). Tsy nisy na dia iray aza tamin’ireo biby mety ho io “tandrify” ny lehilahy io⁴. Ny vehivavy izay “namboarin’”Andriamanitra avy tamin’ny taolan-tehezana nosintoniny tao amin’ny lehilahy sy nentiny teo amin’ny lehilahy, no nahatonga ny lehilahy ho nanao hiakam-pigagana, hiakam-pitiavana amam-piombonana hoe : “Amin’izao, ity no taolana avy amin’ny taolako sy nofo avy amin’ny nofoko” (Jen 2,23). Hitan’ny lehilahy ho “izaho” hafa ny vehivavy, amin’ny maha-samy olombelona mitovy ihany.

1605

372. Natao “ho iray ho an’ny iray hafa” ny lehilahy sy ny vehivavy : tsy hoe “antsasany” sy “tsy feno” no nanaovan’Andriamanitra azy ireo ; noariny izy ireo ho amin’ny fiombonan’olona, ka amin’izay ny tsirairay mety ho

¹ jer. Jen 2,7-22.

² jer. Iz 49,14-15; 66,13; Sal 131,2-3.

³ jer. Ôs 11,1-4; Jer 3,4-19.

⁴ jer. Jen 2,19-20.

“mpanampy” ho an’ ilay iray hafa, satria sady mitovy izy ireo amin’ny maha-olona azy (“taolana avy amin’ny taolako ...”) no mifameno amin’ny mahalalahy azy sy maha-vavy azy¹. Amin’ny fanambadiana no anakambanan’ Andriamanitra azy ireo mba hahafahan’izy ireo mampita ny ain’olombelona, amin’ny firaisana ho “nofo iray ihany” (Jen 2,24) : “Miteraha maro, mitomboana, mamenoa ny tany” (Jen 1,28). Amin’ny fampitan’ny lehilahy sy ny vehivavy izay mpivady sy ray aman-dreny ny ain’olombelona amin’ny taranany, no ifarimbonan’izy ireo amin’ny fomba tokana aman-tany amin’ny tsanganasan’ny Mpahary².

307 373. Ao amin’ny fandaharan’Andriamanitra, dia voantso “hizaka” ny tany³ ny
2415 lehilahy sy ny vehivavy, fa “mpitandrim-panan’ ” Andriamanitra. Tsy tokony
hanaovana didy jadona sy handravana efa izany fahefana ambony indrindra
izany. Noho ny lehilahy sy ny vehivavy mitovy endrika amin’ily Mpahary
“tia ny zavatra rehetra misy” (Fah 11,24), dia voantso izy ireo handray anjara
amin’ny Fitahiana’Andriamanitra ny zavaboary hafa rehetra. Avy amin’izany
ny andraikitr’izy ireo hizaka izao tontolo izao, izay nankinin’Andriamanitra
taminy.

IV. Ny olombelona tao am-Paradisa

54 374. Tsy hoe noarina ho tsara fotsiny ny olombelona voalohany, fa natambatra
ao anatin’ny fisakaizana amin’ny Mpahary azy sy ao anatin’ny firindra
amin’ny tenany ihany sy amin’ny zavaboary manodidina azy, ka ny
voninahitry ny fahariana vaovao ao amin’i Kristy no hany mahasongona
izany.

1997 375. Ny Fiangonana, amin’ny fanazavana marina ny fanehoana an’ohatra ny
fiteny ara-baiboly araka ny Testamenta Vaovao sy ny Lovam-pampianarana,
dia mampianatra fa tao anatin’ny toe-“pahamasinana amam-pahamarinana
hatrany am-piandohana”⁴ no namoronana an’i Adama sy i Eva voalohan-dray
aman-drenintsika. Fiombonana anjara amin’ny fiainan’Andriamanitra izany
fahasoavam-pahamasinana hatrany am-piandohana izany⁵.

376. Amin’ny fisandrahak’io fahasoavana io no manamafy amin’ny lafiny
manontolo ny fiainan’ny olombelona. Tsy voatery ho maty⁶ na mijaly sy ory⁷
ny olombelona, raha mbola nitoetra tao anatin’ny fifandraisana am-po lalina

¹ MD 7.

² jer. FAA 50, § 1.

³ jer. Jen 1,28.

⁴ Kôns. Trente : DS 1511.

⁵ jer. FF 2.

⁶ jer. Jen 2,17; 3,19.

⁷ jer. Jen 3,16.

tamin'Andriamanitra izy. Ny firindram-piainana anatin'ny olombelona, ny firindram-piainana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy¹, ary farany, ny firindram-piainana teo amin'ny mpivady voalohany sy ny zavaboary manontolo, no nitambatra ho toetra antsoina hoe “fahalavorariana hatrany am-piandohana”. 1008,1502

377. Ny “fizakana” an'izao tontolo izao izay nomen'Andriamanitra ny olombelona hatrany am-piandohana, dia tanteraka tokoa aloha, tao amin'ny tenan'ny olombelona ihany, ho *fifehezany ny tenany*. Nadio tsy nisy pentina sady nilamina tamin'ny fisian-tenany manontolo ny olombelona, satria tsy azon'ny fanirian-dratsy² telo loha izay mitondra azy ho amin'ny hafinaretampilan'ny nofo, amin'ny fitsiriritan-karen'ny tany ary amin'ny fanamarinan-tena manohitra ny didim-pahendrena. 2514

378. Famantarana ny fifankahazarana amin'Andriamanitra, ny nametrahany ny olombelona tao an-jaridaina³. Niaina tao ny olombelona “mba hiasa ny tany sy hiambina azy” (Jen 2,15) : tsy sazy ny asa⁴, fa fiaraha-miasan'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'Andriamanitra amin'ny fandavorariana ny zavaboary hita maso. 2415,2427

379. Izany firindra manontolo ny fahalavorariana hatrany am-piandohana izany, izay notsinjovina ho an'ny olombelona araka ny fandaharan'Andriamanitra, no ho very amin'ny fahotan'ireo voalohan-dray aman-drenintsika.

FAMINTINANA

380. “*Andriamanitra ô, nataonao mitovy endrika Aminao ny olombelona, ary nankininao taminy ny fikarakarana an'izao tontolon'ny zava-drehetra izao, mba hanjakany amin'ny voary rehetra, eo am-panompoana Anao, Mpahary azy*”⁵.

381. *Voatendry mialoha ny olombelona, hanahaka ny endriky ny Zanak'Andriamanitra tonga olombelona - “endrik'ilay Andriamanitra tsy hita maso”*(Kôl 1,15), *mba ho Lahimatoa maro zandry i Kristy*⁶.

382. “*Vatana amam-panahy iray tsy mivaky*”⁷ *ny olombelona. Antitranterin'ny fitambaram-pampianaram-pinoana fa ny fanahy maha-olona, izay fanahy tsy mety maty, dia noarin'Andriamanitra teo no eo avy hatrany.*

¹ jer. Jen 2,25.

² jer. 1 Jo 2,16.

³ jer. Jen 2,8.

⁴ jer. Jen 3,17-19.

⁵ MR, vavaka fisaorana IV, 118.

⁶ jer. Efez 1,3-6; Rôm 8,29.

⁷ FAA 14, § 1.

383. “Tsy noarin’Andriamanitra hanirery ny olombelona : hatrany am-piandohana, dia “lehilahy sy vehivavy no nahariany azy ireo”(Jen 1,27); ny fikambanan’izy ireo no manatanteraka ny endrika voalohan’ny fiombonana eo amin’ny samy olombelona”¹.

384. Ny Fanambaràna no mampahalala antsika ny toe-pahamasinana amam-pahamarinana hatrany am-piandohana nananan’ny lehilahy sy ny vehivavy talohan’ny fahotana : ny fisakaizany tamin’Andriamanitra no loharanom-pahasambarana tamin’ny fiainan’izy ireo tao am-paradisa.

Paragrafy 7. Ny fahalavoana

385. Soa tsy manam-petra Andriamanitra ary tsara avokoa ny tsanganasany rehetra. Kanefa, tsy misy olona na iza na iza afa-bela amin’ny fahatsapana fijaliana amam-pahoriana, ny ratsy maro be eo anivon’ny zavaboary – izay hita ho mifamatotra amin’ny fetra manokana an’ny zavaboary – ary indrindra amin’ny fanontaniana momba ny haratsian-tsaina amam-panahy. Avy aiza ny ratsy ? “Nikaroka ny amin’izay niavian’ny ratsy aho fa tsy nahita vahaolana”, hoy i Md Augustin², ary tsy hahita ny lalan-kivoahana izany fikatsahany mampahory izany raha tsy ao anatin’ny fibebahana amin’ily Andriamanitra velona. Satria tsy hazava ny “hevi-miafim-paharatsiana” (2 Tes 2,7) afa-tsy amin’ny fahazavan’ny mystery momba ny fitiavam-bavaka³. Ny fanambaràna ny fitiavan’Andriamanitra ao amin’i Kristy dia sady nampiharihary ny fahabetsahan’ny ratsy no nampiharihary ny fahabetsahana mihoa-pampana ny fahasoavana⁴. Noho izany, tsy maintsy handinika ny fanontaniana momba ny fiandohan’ny ratsy isika eo am-pibanjinan’ny finoantsika an’Ilay izay hany Mpandresy izany⁵.

I. Ao amin’izay nahabe dia be ny fahotana no nihoa-pampana ny fahasoavana

Ny fisian’ny fahotana

386. Misy eo amin’ny tantaran’ny olombelona ny fahotana : aim-bery foana ny manandrana tsy te hahalala izany na hanome anaran-kafa an’izany zava-misy saro-pantarina izany. Mba hahatakarany ny saina ny atao hoe fahotana, dia tsy maintsy manaiky ny *fifandraisana lalina misy amin’ny olombelona sy*

¹ FAA 12, § 4.

² Conf. 7, 7, 11.

³ jer. 1 Tim 3,16.

⁴ jer. Rôm 5,20.

⁵ jer. Lk 11,21-22; Jo 16,11; 1 Jo 3,8.

Andriamanitra aloha, satria ivelan'io fifandraisana io, ny faharatsian'ny fahotana dia tsy hiseho miharihary fa tena fandavana sy fanoherana tokoa an'Andriamanitra, no sady mitambesatra eo amin'ny fiainan'ny olombelona sy eo amin'ny tantara.

387. Ny fisian'ny fahotana, fa indrindra ny fahotana tamin'ny fototra, dia tsy ho voazava afa-tsy amin'ny fitsilovan'ny Fanambaràn'Andriamanitra. Raha tsy misy ny fahalalana izay omen'Andriamanitra antsika, dia tsy afaka hiaiky 1848
amim-pahatsorana ny fahotana isika olombelona, ary alaim-panahy hanazava izany fotsiny ho tsy fisian'ny fitomboana, ho fahosana ara-pisikôlôzia, ho fahadisoan-kevitra, ho voka-dratsy tsy maintsy zakaina avy amin'ny tsy fetezan'ny rafi-piaraha-monina, sns. Amin'ny fahalalana ny fandaharan'Andriamanitra momba ny olombelona, no hany hahatakaran'ny sain'ny olona fa ny fahotana dia fanararaotan-dratsy amin'ny fahafahana nomen' 1739
Andriamanitra ny olombelona, izay nataony hahazoan'izy ireo mitia Azy sy mifankatia.

Ny fahotana tamin'ny fototra – votoatim-pahamarinana tsy azo avela amin'ny finoana

388. Niaraka tamin'ny fandrosoan'ny Fanambaràna no nihanazava koa ny fisian'ny fahotana. Ny Vahoakan'Andriamanitra tamin'ny Testamenta 431
Taloha, na dia niteny momba ny fangirifiriana avy amin'ny toe-piainan'ny olombelona aza, araka ny tantaran'ny fahalavoana notantaraina ao amin'ny 208
Jenezy, dia tsy afaka nahatakatra ny hevitra fara tampon'io tantara io, izay tamin'ny Fahafatesana sy ny Fitsanganan'i Jesoa-Kristy ho velona irery vao niharihary¹. Iaina ny mahalala an'i Kristy ho loharanom-pahasoavana mba 359
hanekena an'i Adama ho loharanom-pahotana. Ny Fanahy-Parakleto, 729
nirahin'i Kristy nitsangan-ko velona, no tonga “handresy lahatra an'izao tontolo izao ny amin'ny fahotana” (Jo 16,8) amin'ny fanambaràna an'Ilay izay Mpanavotra amin'izany.

389. Ny fitambaram-pampianarana momba ny fahotana tamin'ny fototra, dia azo lazaina hoe “ambadiky” ny Vaovao Mahafaly, izay i Jesoa no Mpamonjy ny 422
olona rehetra, ka ny olona rehetra no mila famonjena, ary ny famonjena dia atolotr'i Kristy ho an'ny olona rehetra. Ny Fiangonana izay manana ny fisainan'i Kristy², dia mahalala tsara fa tsy afaka hahatsapa ny fanambaràna momba ny fahotana tamin'ny fototra ny olona, raha tsy mahatakatra ny misterin'i Kristy.

¹ jer. Rôm 5,12-21.

² jer. 1 Kôr 2,16.

Fomba hamakiana ny tantaran'ny fahalavoana

289 390. Mampiasa fiteny amin'ny sary an'ohatra ny tantaran'ny fahalavoana (Jen 3), kanefa milaza marina ny zava-nitranga lehibe dia lehibe, zava-nisy efa hatrany *am-piandohan'ny tantaran'ny olombelona*¹. Ny Fanambaràna no mampahafantatra antsika ny fahamarinam-pinoana, fa ny tantaran'ny olombelona manontolo dia voamariky ny fahotana tamin'ny fototra izay nataon'ireo voalohan-drainy aman-drenintsika tamin-kalalahana².

II. Ny fahalavoan'ny anjely

2538 391. Ao ambadiky ny safidy tsy hanaiky nataon'ireo voalohan-drainy aman-drenintsika, dia nisy feo nanangoly, nanohitra an'Andriamanitra³, izay nandavo azy ireo ho amin'ny fahafatesana, tamin'ny alalan'ny fitsiriritana⁴. Ny fahitan'ny Soratra Masina sy ny Lovam-pampianaran'ny Fiangonana ao amin'io fisiana feo io, dia anjely niongana, antsoina hoe Satana na devoly⁵. Ampianarin'ny Fiangonana fa anjely tsara no nataon'Andriamanitra tamin'ny voalohany. “Marina fa ilay devoly sy ny demony hafa rehetra dia noarin'Andriamanitra ho tsara araka ny toetra voa-Janahary, fa izy ireo ihany no namadika ny tenany ho ratsy”⁶.

1850 392. Miresaka ny *fahotan'ireo* anjely ireo ny Soratra Masina⁷. Izany “fahalavoana” izany, dia niompana indrindra tamin'ny safidy malalak'ireo zavaboary fanahy ireo, izay *nandà* tanteraka sy tsy azo nahodina intsony hankamin'Andriamanitra sy ny Fanjakany. Hitantsika ny taratr'izany fikomiana izany ao amin'ny tenin'ny mpaka fanahy tamin'ireo voalohan-drainy aman-drenintsika : “Ho tonga tahaka an'Andriamanitra ianareo” (Jen 3,5).
2482 “Ny devoly dia mpanota hatrany am-piandohana” (1 Jo 3,8), “rain'ny lainga” (Jo 8,44).

1033-1037 393. Toetra *raikitra tsy azo ovàna* amin'ny safidin'ny anjely izany, fa tsy hoe ny tsy fahampian'ny maha-tsy misy fetra ny famindram-pon'Andriamanitra no mety nahatonga tsy hahavoavela ny helok'izy ireo. “Tsy nisy fanenenana ho azy ireo taorian'ny fahalavoana, tahaka ny tsy fisian'ny fanenenana ho an'ny olombelona aorian'ny fahafatesana”⁸.

¹ jer. FAA 13, § 1.

² jer. Kôns. Trente : DS 1513; Pie XII : DS 3897; Paul VI, lahateny tamin'ny 11 jolay 1966.

³ jer. Jen 3,1-5.

⁴ jer. Fah 2,24.

⁵ jer. Jo 8,44; Apôk 12,9.

⁶ Kôns. Latran IV tamin'ny 1215 : DS 800.

⁷ jer. 2 Pi 2,4.

⁸ Md Jean Damascène, f. o. 2, 4.

394. Hamarinin'ny Soratra Masina ny fihatran'ny hery mampidi-doza avy amin' ilay antsoin'i Jesoa hoe “mpamono olona hatramin'ny voalohany” (Jo 8,44), ary nataony hatramin'ny fakàna fanahy hampivily lalana an'i Jesoa amin'ny iraka noraisiny tamin'ny Ray¹. “Ny handrava ny tsanganasan'ny devoly no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra” (1 Jo 3,8). Ny voka-dratsy lehibe indrindra aterak'izany tsanganasa izany dia ny fanangolena mamitaka izay nitarika ny olombelona tsy hankato an'Andriamanitra. 538-540
550
2846-2849
395. Misy fetra ny hery amam-pahefan'i Satana. Zavaboary ihany izy, mahery, noho izy fanahy fotsiny tsy misy fahony, nefa dia zavaboary lalandava : tsy afaka misakana ny fanorenana ny Fanjakan'Andriamanitra izy. Na dia miasa amin'izao tontolo izao aza i Satana, amin'ny alalan'ny fankahalana an'Andriamanitra sy ny Fanjakany ao amin'i Jesoa-Kristy, ary mitera-pahavoazana lehibe ny asany – amin'ny fomba aman-toetra ara-panahy, ary na dia tsy mivantana aza, amin'ny fomba aman-toetra ara-batana – eo amin'ny olona tsirairay sy eo amin'ny fiaraha-monina, dia navelan'ny fitahian'Andriamanitra izay mitantana amin-kery sy amin-kalemem-panahy ny tantaran'ny olombelona sy izao tontolo izao hanan-kery izany asa izany. Mistery lehibe ny famelan'Andriamanitra ny asa fanaon'ny devoly hanan-kery, nefa “fantantsika fa ny zavatra rehetra dia entin'Andriamanitra hahasoa izay tia Azy” (Rôm 8,28). 309
1673
412
2850-2854

III. Ny fahotana tamin'ny fototra

Ny sedram-pahafahana

396. Noarin'Andriamanitra mitovy endrika Aminy ny olombelona ary nanokana azy ao amin'ny fisakaizany. Noho ny olombelona zavaboary manam-panahy, dia tsy afa-miaina io fisakaizana io izy raha tsy araka ny lamim-pankatoavana an'Andriamanitra amin-kalalahana. Izany no nahatonga ny fandràna natao tamin'ny olombelona tsy hihinana ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy, “satria ho faty mihitsy ianao amin'ny andro hihinananao izany” (Jen 2,17). “Ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy” (Jen 2,17) dia mampahatsiahy an'ohatra ny faritra tsy azo ihoarana izay tsy maintsy eken'ny olombelona amin-kalalahana sy hajainy amim-pitokiana, amin'ny maha-zavaboary azy. Miankina amin'ny Mpahary azy, ny olombelona ; ny lalànan'ny fahariana sy ny sori-dalana momba ny môraly, izay manitsy ny fampiasana ny fahafahana, no mifehy azy. 1730,311
301

¹ jer. Mt 4,1-11.

Ny voaloham-pahotan'ny olombelona

- 1707,2541
1850
215
397. Namela ho faty tao am-pony ny fitokiana ny Mpahary azy, ny olombelona nalain'ny devoly fanahy¹, ka *tsy nankato* ny didin'Andriamanitra, tamin'ny fanararaotan-dratsy ny fahafahany. Avy amin'izany no niforonan'ny fahotana voalohan'ny olombelona². Ny fahotana rehetra aty aoriana, dia ho tsy fanekena an'Andriamanitra sy ho tsy fahampiam-pitokiana ny hatsaram-panahiny.
- 2084
2113
398. Tamin'io fahotana io, ny tenan'izy olombelona *no tiany kokoa noho* Andriamanitra, ka nanebaka an'Andriamanitra tamin'izany izy : avy amin'ny tenany ihany no nahatonga azy hisafidy hanohitra an'Andriamanitra sy hanohitra ny adidin'ny maha-zavaboary azy, hany ka notoheryny hatramin'ny soa ho an'ny tenany. Natokan'Andriamanitra ho “tahaka Azy masina” tanteraka ao anatin'ny voninahiny ny olombelona, noho izy noforoniny tao anatin'ny toe-pahamasinana. Naniry “te hitovy amin'Andriamanitra”³ anefa izy, tamin'ny alalan'ny fanangolen'ny devoly, saingy “tsy Andriamanitra, fa niseho ho Andriamanitra, ka tsy araka an'Andriamanitra”⁴.
399. Nasehon'ny Soratra Masina ny voka-dratsy mahatsiravina avy amin'io tsy fanekena voalohany io. Verin'i Adama sy i Eva teo no eo avy hatrany ny fahasovam-pahamasinana tao aminy hatrany am-piandohana⁵. Koa natahotra an'ilay Andriamanitra⁶ namoronan'izy ireo sary diso tao an'eritreriny izy ireo, izay sarin'Andriamanitra saro-piaro amin'ny fahefana aman-tombontsoany manokana⁷.
- 1607
2514
400. Simba ilay fiainana mirindra nisy azy ireo, firindra izay niorina tamin'ny toe-pahalavorariana hatrany am-piandohana ; simba ilay fahazoana amam-pahafahan'ny saina amam-panahin'ny olombelona mifehy ny tenany⁸; gejoin'ny fifanolanana ny firaisam-piainan'ny lehilahy sy ny vehivavy⁹ ; manjary tandra vadin-koditry ny fifandraisan'izy ireo ny fitsiriritana sy ny fanjakazakana¹⁰. Tapaka ny rindram-pifandraisana amin'ny zavaboary : manjary tsy mifankahay sy mifahavalo amin'ny olombelona ny zavaboary hita maso¹¹. Noho ny nataon'ny olombelona, manjary milefitra “amin'ny

¹ jer. Jen 3,1-11.

² jer. Rôm 5,19.

³ jer. Jen 3,5.

⁴ Md Maxime le Confesseur, ambig.

⁵ jer. Rôm 3,23.

⁶ jer. Jen 3,9-10.

⁷ jer. Jen 3,5.

⁸ jer. Jen 3,7.

⁹ jer. Jen 3,11-13.

¹⁰ jer. Jen 3,16.

¹¹ jer. Jen 3,17.19.

fanompoana ny fahalòvana” (Rôm 8,20) ny zavaboary. Farany, ho tanteraka ny voka-dratsy nambara tamin’ny fomba mazava tsara ny amin’ny tsy fanekena¹ : hiverina ho vovo-tany ny olombelona, izay avy amin’izany no namoronana azy². *Tafiditra eo amin’ny tantaran’ny olombelona manontolo ny fahafatesana*³. 602,1008

401. Nanomboka hatramin’io fahotana voalohany io, manafotra an’izao tontolo izao tokoa ny “firohotry” ny fahotana : ny famonoana mpiray tam-po nataon’i Kaina tamin’i Abela⁴ ; ny fahalòvana manenika an’izao tontolo izao noho ny fahotana⁵ ; tahaka izany koa, teo amin’ny tantaran’i Israely, niseho matetika ny fahotana, indrindra ny fivadiviam-pitokiana an’Andriamanitra tamin’ny fanekem-pihavanana sy ny fandikana ny Lalànan’i Môizy ; taorian’ny Fanavotan’i Kristy koa, niseho tamin’ny fomba maro be ny fahotana, teo anivon’ireo kristianina⁶. Tsy mitsahatra mampahatsiaro momba ny fisehoampisiana sy ny *fihanaky ny fahotana manerana ny tontolon’ny zavatra rehetra eo amin’ny tantaran’ny olombelona*, ny Soratra Masina sy ny Lovampampianaran’ny Fiangonana : 1739

Manamarina an’izay asehony ny Fanambaràn’Andriamanitra amintsika, ny fahalalana azontsika tamim-pahazarana. Satria, rahefa mandinika ny am-pony ny olombelona, dia mahatsapa fa mirona amin’ny ratsy izy, ary safotry ny faharatsiana maro be izay tsy mety ho avy amin’ilay Mpahary azy, soa sy tsara. Matetika, mandà ny fankatoavana an’Andriamanitra ho foto-piandohany ny olombelona, ka nosimbainy tamin’izany ny didy amam-pandaminana, izay manoro lalana azy any amin’ny faran’ny tanjom-piafaràny, ary noravàny niaraka tamin’izany koa ny firindràna rehetra, na ny ao amin’ny tenany, na ny eo amin’ny fifandraisany amin’ny olon-kafa sy amin’ny voary manontolo⁷.

Vokatry ny fahotan’i Adama amin’ny olombelona rehetra

402. Voasingotry ny fahotan’i Adama avokoa ny olombelona rehetra. Manamafy izany i Md Paoly : “Noho ny tsy faneken’ny olona iray monja, dia nanjary mpanota ny be sy ny maro (izany hoe ny olona rehetra)” (Rôm 5,19) : “Tahaka ny nidiran’ny fahotana tamin’izao tontolo izao tamin’ny olona iray, sy nidiran’ny fahafatesana noho ny fahotana, no nifindran’ny fahafatesana koa tamin’ny olombelona rehetra, noho izy rehetra nanota avokoa...” (Rôm 5,12). Ampifanoherin’ny apôstôly amin’ny maha-manerana ny tontolon’ny 430,605

¹ jer. Jen 2,17.

² jer. Jen 3,19.

³ jer. Rôm 5,12.

⁴ jer. Jen 4,3-15.

⁵ jer. Jen 6,5.12; Rôm 1,18-32.

⁶ jer. 1 Kôr 1-6; Apôk 2-3.

⁷ FAA 13, § 1.

zavatra rehetra ny fahotana sy ny fahafatesana, ny maha-manerana ny tontolon'ny zavatra rehetra ny famonjena ao amin'i Kristy : “Tahaka ny hadisoan'ny olona iray monja, izay nitarika fanamelohana ny olon-drehetra, ny tsanganasan'ny fahamarinan'ny olona iray ihany koa (ny an'i Kristy), izay mampahazo ny fanamarinana manome ny fiainana ho an'ny olon-drehetra” (Rôm 5,18).

2606 403. Mampianatra lalandava ny Fiangonana, amin'ny fanarahany an'izay nolazain'i Md Paoly, fa ny fahoriana mafy izay mitambesatra amin'ny olombelona, sy ny fironan'izy ireo amin'ny ratsy sy amin'ny fahafatesana, dia tsy ho takatry ny saina, raha tsy amin'ny fampifandraisana an'ireny amin'ny fahotan'i Adama sy ny amin'izay nahatonga azy namindra tamintsika ny fahotana, ka nahavao antsika rehetra hatrany am-bohoka, sy nahatonga antsika ho “olona maty”¹. Noho izany fitokiana marina amin'ny finoana 1250 izany, dia manome ny Batemy ho famelana ny fahotana ny Fiangonana, na dia amin'ny zacakely izay tsy mbola nahavita fahotana inian'ny isam-batan'olona atao aza².

360 404. Nahoana ny fahotan'i Adama no nanjary fahotan'ny taranany rehetra ? Ny taranak'olombelona rehetra ao amin'i Adama dia “toy ny vatana tokan'ny olon-tokana”³. Avy amin'izany maha-“tokana ny taranak'olombelona” izany, no nahatonga ny fahotan'i Adama hahavao ny olombelona rehetra, dia toraka izany koa no mahatonga ny fahamarinan'i Kristy ho azy rehetra. Saingy, 500 mystery tsy ho takatry ny saintsika tanteraka, ny fifindran'ny fahotana tamin'ny fototra. Fantatsika tamin'ny alalan'ny Fanambaràna kosa anefa, fa ny toe-pahamasinana amam-pahalavorariana hatrany am-piandohana azon'i Adama, dia tsy hoe ho azy irery ihany, fa ho an'ny olombelona rehetra ; noho izany, na dia *fahotan'ny tenany manokana* aza no nataon'i Adama sy Eva tamin'ny naneken'izy ireo ny mpaka fanahy, dia *ny taranak'olombelona rehetra* no voan'io fahotana io, izay nafindran'izy ireo *tamin'ny toetra maty hasina*⁴. Fahotana izay hifindra amin'ny fielezana amin'ny olombelona rehetra amin'ny maha-olombelona azy manontolo, izany hoe amin'ny famindrana ny fomba aman-toetra maha-olona tsy manana intsony ilay toe-pahamasinana amam-pahalavorariana hatrany am-piandohana. Koa, izany indrindra no iantsoana ny fahotana tamin'ny fototra hoe “fahotana” avy amin'ny fomba mifanahaka : fahotana “nifindra” fa tsy “natao”, toetra fa tsy asa.

405. Na mahavao ny tsirairay manokana aza ny fahotana tamin'ny fototra⁵, dia tsy manana toetra manokana maha-fahadisoan'ny isam-batan'olona azy, na

¹ jer. Kôns Trente : DS 1512.

² jer. Kôns. Trente : DS 1514.

³ Md Thomas d'A., mal. 4, 1.

⁴ jer. Kôns. Trente : DS 1511-1512.

⁵ jer. Kôns. Trente : DS 1513.

dia ny iray monja amin'ny taranak'i Adama aza. Tsy fananana ny toe-pahamasinana amam-pahalavorariana hatrany am-piandohana izany, kanefa tsy simba tanteraka tsy akory ny fomba aman-toetra maha-olombelona fa : maratra amin'ny herin'ny tenany ara-voa-Janahary, milefitra amin'ny tsy fahalalana, amin'ny fijaliana sy amin'ny fanjakan'ny fahafatesana, ary mirona amin'ny fahotana (izany fironana amin'ny ratsy izany no antsoina hoe "fanirian-dratsy"). Ny Batemy, amin'ny fanomezana ny aim-pahasoavan'i 2515 Kristy, no manala ny fahotana tamin'ny fototra sy mamerina ny olona amin'Andriamanitra ; saingy ny vokany amin'ny fomba aman-toetra manjary 1264 osa sy malemy ary mirona amin'ny ratsy, dia mitohy maharitra ao amin'ny olombelona sy mihantsy azy ho amin'ny adim-panahy.

406. Tamin'ny taonjato faha-5 indrindra no voafaritra mazava ny fitambaram-pampianaran'ny Fiangonana momba ny fifindran'ny fahotana tamin'ny fototra, ka singanina manokana amin'izany ny herin'ny foto-pandinihan'i Md Augustin nanoherana ny "pélagianisme", ary tamin'ny taonjato faha-16, izay nanoherana ny Fanavaozana prôtestanta. Nihevitra i Pélage, fa afaka hitondra ny fiainany ara-môraly tsara ny olombelona, noho ny hery voa-Janaharin'ny sitrapony malalaka, tsy mila ny fanampian'ny fahasovan'Andriamanitra akory ; nampihena ny fihatan'ny herin'ny hadisoan'i Adama ho toy ny oha-dratsy fotsiny izy tamin'izany. Mifanohitra amin'izany kosa ny an'ireo mpitarika voalohany ny fanavaozana prôtestanta, izay nampianatra fa ny olombelona dia ratsy hatramin'ny fotony ary nofoanan'ny fahotana tany am-piandohana ny fahafahana amam-pahalalahany ; nampitovian'izy ireo amin'ny fironana amin'ny ratsy (*concupiscentia*), izay tsy hay resena, ny fahotana nolovàn'ny olombelona tsirairay. Namoaka fanapahan-kevitra manokana ny Fiangonana, tamin'ny Kônsily faharoa tao Orange tamin'ny 529¹ sy tamin'ny Kônsilin'i Trente tamin'ny 1546², ny amin'ny fahalalana vokatry ny fandinihana naseho momba ny fahotana tamin'ny fototra.

Ady mafy ...

407. Ny fitambaram-pampianarana momba ny fahotana tamin'ny fototra – mifandray amin'ny an'ny Fanavotan'i Kristy – dia mampiseho fomba fijery mahay manavaka sy mandanjalanja mazava tsara ny amin'ny toeran'ny olombelona sy ny asa amam-pitondran-tenany eto amin'izao tontolo izao. 2015 2852 Tamin'ny alalan'ny fahotan'ireo voalohan-dray aman-dreny no nahazoan'ny devoly ny fahefana manjaka ihany teo amin'ny olombelona, na dia manana ny fahalalahany aza ny olombelona. Ny fahotana tamin'ny fototra no mitarika "ny fanandevozana eo ambany fahefan'ilay izay manana ny fanjakan'ny fahafatesana, izany hoe ny devoly"³. Ny tsy mahalala ny fananan'ny olombelona fomba aman-toetra voaratra, mirona amin'ny ratsy, dia miteraka

¹ jer. DS 371-372.

² jer. DS 1510-1516.

³ Kôns. Trente : DS 1511; jer. koa Heb 2,14.

1888 hadisoana lehibe eo amin'ny sehatry ny fanabeazana, ny pôlitika, ny asa sôsialy¹ ary ny fomba fiainana amam-pitondran-tena.

408. Ny vokatry ny fahotana tamin'ny fototra sy ny fahotana rehetra ataon'ny olombelona tsirairay dia mahatonga toe-piainana mpanota amin'ny fiainan' izao tontolo izao ankapobeny, izay azo lazaina amin'ilay fomba fitenin'i Masindahy Joany manao hoe : “ny fahotan'izao tontolo izao” (Jo 1,29). Amin'izany fomba fiteny izany no ilazana koa ny hery ratsy manintona ny olona amin'ireo toe-javatra iaraha-miaina sy amin'ireo rafi-piaraha-monina izay vokatry ny fahotan'ny olombelona².

409. Izany toe-javatra mahatsiravina misy an'izao tontolo izao izay “mitoetra daholo eo ambany fahefan'ilay ratsy”(1 Jo 5,19)³ izany, no mahatonga ny fiainan'ny olombelona ho ady :

Ady mafy hanoherana ny hery amam-pahefan'ny maizina no manenika ny tantaran'ny olombelona manontolo ; efa hatrany am-piandohana mihitsy no niantombohany, kanefa haharitra hatramin'ny farandro izany, hoy ny Tompo tamintsika. Tafalatsaka ao anatin'io ady io ny olombelona, ka tsy maintsy miady lalandava izy mba hiraiki-po amin'ny tsara ; ary raha tsy miezaka mafy dia mafy izy, omban'ny fahasovan'Andriamanitra, tsy hahatanteraka ny filaminany ao anaty⁴.

IV. “Tsy navelanao hanjakan'ny fahafatesana izy”

410. Tsy nilaozan'Andriamanitra ny olombelona, taorian'ny fahalavoany. Ny mifanohitra amin'izany aza, fa nantsoin'Andriamanitra izy⁵ ary nambarany taminy tamin'ny fomba mistery ny fandresena ny ratsy sy ny fanarenana amin'ny fahalavoany⁶. “Santatry ny Evanjely” no fiantsoana io andalan-tsoratry ny Jenezy io, noho izy filazana voalohany momba ny Mesia mpanavotra, amin'ny ady ifanaovan'ny bibilava sy Ravehivavy ary ny fandresena farany ho azon'ny tarana-dRavehivavy.

411. Hitan'ny lovam-pampianarana kristianina ao amin'io andalan-tSoratra Masina io, ny filazana an'i “Adama vaovao”⁷ izay hanonitra be dia be, amin'ny alalan'ny “fanekeny hatramin'ny fahafatesana eo amin'ny Hazofijaliana” (Filip 2,8), ny tsy faneken'i Adama⁸. Ankoatra izany, betsaka ny Aba sy ny

¹ jer. CA 25.

² jer. RP 16.

³ jer. 1 Pi 5,8.

⁴ FAA 37, § 2.

⁵ jer. Jen 3,9.

⁶ jer. Jen 3,15.

⁷ jer. 1 Kôr 15,21-22.45.

⁸ jer. Rôm 5,19-20.

mpampianatry ny Fiangonana no manaiky an'ily vehivavy voalazan'ny "santatry ny Evanjely" ho "Eva vaovao", dia i Maria, Renin'i Kristy izany. Izy no voalohany, tamin'ny fomba tsy manam-paharoa, nahazo tombon-tsoa 491 tamin'ny fandresen'i Kristy ny fahotana : narovana mialoha izy tsy ho voan' ny loto rehetra vokatry ny fahotana tamin'ny fototra¹, ary tsy nanota na tamin'inona na tamin'inona, nandritra ny fiainany manontolo teto an-tany, noho ny fahasovana manokana avy amin'Andriamanitra,².

412. *Fa nahoana Andriamanitra no tsy nanakana ny olombelona voalohany tsy hanota ?* Iza no avalin'i Md Léon le Grand : "Ny fahasovana tsy hay ambara avy amin'i Kristy dia manome antsika ny soa tsaratsara kokoa noho izay nesorin'ny fialonan'ny demony tao amintsika"³. Ary i Md Thomas d'Aquin indray nilaza hoe : "Na inona na inona tsy mahatohitra ny amin'ny nanokanana ny fomba aman-toetran'ny olombelona ho amin'ny zavakinendry ambony kokoa, taorian'ny fahotana. Noho izany, navelan' Andriamanitra hisy ny ratsy, mba hisintonana avy amin'izany, ny soa lehibe kokoa. Avy amin'izany ny tenin'i Md Paoly hoe : "Teo amin'izay nahabe dia be ny fahotana, no nihoa-pampana ny fahasovana" (Rôm 5,20). Ary hoy ny hira "Mifalia" (Exultet) hoe : "Endre, nanambina ianao ry hadisoana, fa nahazoana Mpanavotra lehibe aok'izany"⁴". 310,395 272 1994

FAMINTINANA

413. "Tsy nanao ny fahafatesana Andriamanitra, ary tsy faly amin'ny fahaverezan'ny velona rehetra Izy (...). Fa ny fialonan'ny demony no nidiran'ny fahafatesana tamin'izao tontolo izao"(Fah 1,13; 2,24).

414. *Anjely niongana i Satana na ny devoly sy ny demony hafa rehetra, noho izy ireo nandà an-kitsirano ny hanompo an'Andriamanitra sy ny fandaharany. Fanapahan-kevitra tsy miova intsony izany safidin'izy ireo nanohitra an'Andriamanitra izany. Taominy hiray tsikombakomba aminy ny olombelona mba hikomy amin'Andriamanitra.*

415. "Toe-pahamasinana no naharian'Andriamanitra ny olombelona, nefa voalalangongan'ily Mpisompatra izy, hatrany am-piandohan'ny tantara, ka nanararaotra ny fahafahany, tamin'ny nitsanganany hanohitra an' Andriamanitra sy tamin'ny naniriany ho tody amin'ny tanjona tiany hotratrarina ivelan'Andriamanitra"⁵.

¹ jer. Pie IX : DS 2803.

² jer. Kôns. Trente : DS 1573.

³ Serm. 73, 4.

⁴ Md Thomas d'A., s. th. 3, 1, 3, ad 3.

⁵ FAA 13, § 1.

416. *Noho ny fahotan'i Adama, amin'ny maha-voalohan'olombelona azy, dia niala tao aminy ny toe-pahamasinana amam-pahalavorariana hatrany am-piandohana, izay noraisiny tamin'Andriamanitra, tsy ho an'ny tenany irery ihany, fa ho an'ny olombelona rehetra.*
417. *Fomba aman-toetra maha-olombelona ny olombelona voaratan'ny fahotana voalohany nataon'i Adama sy Eva, no nafindran'izy ireo tamin'ny taranany, ka tsy nanana ny toe-pahamasinana amam-pahalavorariana hatrany am-piandohana. Ny tsy fananana io toetra io no antsoina hoe "fahotana tamin'ny fototra".*
418. *Vokatry ny fahotana tamin'ny fototra, dia mihaosa sy malemy, manaiky ny tsy fahalalana, ny fijaliana sy ny fandidiam-drafahafatesana, ary mirona amin'ny fahotana (fironana antsoina hoe "fanirian-dratsin'ny nofo"), ny fomba aman-toetra maha-olombelona ny olombelona.*
419. *"Tanantsika àry, miaraka amin'ny Kônsilin'i Trente, fa nolovàna miaraka amin'ny fomba aman-toetra maha-olombelona ny olombelona ny fahotana tamin'ny fototra, "tsy tamin'ny fakàna tahaka", fa "tamin'ny fielezana", ka araka izany, "samy niharany ny isam-batan'olona"."*¹
420. *Soa tsara kokoa noho izay nesorin'ny fahotana tamintsika no azontsika tamin'ny fandresen'i Kristy ny fahotana, fa : "Ao amin'izay nahabe dia be ny fahotana no nihoa-pampana ny fahasavana"(Rôm 5,20).*
421. *"Ity izao tontolo izao ity, amin'ny finoana kristianina, dia naorina sy natao haharitra eo ambany fitahirizan'ny fitiavan'ny Mpahary ; marina, fa lavo teo ambany fanandevozan'ny fahotana izy, kanefa nomontsanin'i Kristy tamin'ny Hazofijaliany sy ny Fitsanganany ho velona, ny fahefan' ilay Mpisompatra, ary nafahany tamin'izany izao tontolo izao"*².

TOKO FAHAROA
Izaho mino an'i Jesoa-Kristy,
Zanaka Lahitokan'Andriamanitra

Ny Vaovao Mahafaly : naniraka ny Zanany Andriamanitra

422. *"Fa nony feno ny andro, dia nirahin'Andriamanitra ny Zanany, nateraky ny vehivavy, sy nateraka teo ambanin'ny Lalàna, mba hanafaka izay teo ambanin'ny Lalàna, sy handraisantsika ny fananganan-janaka" (Gal 4,4-5).*

¹ SPF 16.

² FAA 2, § 2.

Indro ny Vaovao Mahafaly momba an'i Jesoa-Kristy, Zanak'Andriamanitra¹ : Namangy ny vahoakany Andriamanitra² ; notanterahiny ny fampanantenana nataony tamin'i Abrahama sy ny taranany³, ary nataony mihoatra noho izay andrasana rehetra : nirahiny ny "Zanany malalany" (Mk 1,11). 2763

423. Mino sy miaiky isika fa i Jesoa avy any Nazareta, Jody nateraky ny tovovavy taranak'i Israely, tao Betilehema, tamin'ny andron'i Herôda Lehibe mpanjaka sy ny amperora Sezara Aogosta I, mpandrafitra ny asany, maty nofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana tao Jerosalema, faha-Pôntsy Pilaty masoivohom-panjakana, nandritra ny fanjakan'ny amperora Tibery, no ilay Zanaka mandrakizain'Andriamanitra tonga olombelona, izay "Andriamanitra no niaviany" (Jo 13,3), "nidina avy tany an-danitra" (Jo 3,13; 6,33), "tonga nofo" (1 Jo 4,2), satria "tonga nofo ny Teny ka nonina taty amintsika Izy, ary nahita ny voninahiny izahay, dia voninahitra tahaka izay zakain-Janaka Lahitokana avy amin'ny Rainy, sady feno fahasoavana sy fahamarinana (...) Eny, avy amin'ny hafenoany no nandraisantsika fahasoavana miampy fahasoavana" (Jo 1,14.16).

424. Entanin'ny fahasoavan'ny Fanahy Masina sy taomin'ny Ray isika, ka mino sy miaiky ny amin'i Jesoa hoe : "Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona" (Mt 16,16). Eo ambonin'ny vatolampin'izany finoana nambaran'i Md Piera ampahibemaso izany, no nanorenan'i Kristy ny Fiangonany⁴. 683 552

"Mitory ny haren'i Kristy tsy taka-polopolorina" (Efez 3,8)

425. Ny fampitana ny finoana kristianina, dia ny fitoriana an'i Jesoa-Kristy aloha, mba hitondra ho amin'ny finoana Azy. Hatrany am-piandohana no efa maimain'ny faniriana hitory an'i Kristy ny mpianatra voalohany : "Fa raha izahay, dia tsy azonay atao akory ny tsy hilaza izay efa hitanay sy renay" (Asa 4,20). Ary nitaona ny olona tamin'ny fotoana rehetra nifandimby izy ireo hiditra amin'ny hafalianam-piombonan'izy ireo miaraka amin'i Kristy : 850,858

Izay efa renay, izay efa hitan'ny masonay, izay efa nobanjininay, izay notsapain'ny tananay, dia ny Tenin'ny fiainana ; - fa efa naseho ny fiainana : nahita azy izahay, ary vavolombelon'izany, ka manambara aminareo an'io Fiainana mandrakizay io, izay teo anilan'ny Ray sy naseho taminay - izay efa hitanay sy renay no ambaranay aminareo, mba hanananareo fiombonana aminay koa ; ary ny fiombonanay, dia ny miaraka amin'ny Ray sy amin'i Jesoa-Kristy Zanany. Ary izahay no manoratra izany aminareo, dia mba ho feno ny fifalianareo (1 Jo 1,1-4).

¹ jer. Mk 1,1.

² jer. Lk 1,68.

³ jer. Lk 1,55.

⁴ jer. Mt 16,18; Md Léon le Grand, serm. 4,3; 51,1; 62,2; 83,3.

Ny votoatin'ny katesezy : i Kristy

- 1698 426. “Zava-dehibe tsy azo avela amin'ny votoatin'ny katesezy ny ahitantsika Olona iray, dia i Jesoa avy any Nazareta, Zanaka Lahitokan'ny Ray (...), izay nijaly sy maty ho antsika, ary nitsangan-ko velona izao, ka miara-miaina amintsika mandrakizay (...). Ny hoe mampianatra katesezy (...) dia : ny mampibaribary ao amin'ny Tenan'i Kristy ny fandaharana rehetra mandrakizay tao amin'Andriamanitra, ny mikatsaka hahazo ny hevitra ambaran'ireo fihetsika sy tenin'i Kristy ary ireo famantarana nataony”¹. Ny 513 tarigetran'ny katesezy dia ny “mampiombona amin'i Jesoa-Kristy : Izy irery no afaka mitondra amin'ny fitiavan'ny Ray ao amin'ny Fanahy sy 260 mampandray anjara antsika amin'ny fiainan'ny Trinite Masina”².
- 2145 427. “I Kristy Teny tonga nofo sy Zanak'Andriamanitra, no ianarana amin'ny katesezy – miankina amin'ny fifandraisana Aminy ny sisa rehetra ; ary i Kristy irery ihany no mampianatra, fa ny hafa rehetra dia manao izany amin'ny maha-mpitondra ny teniny, ahazoan'i Kristy mampianatra amin'ny 876 alalan'ny vavan'ilay mitondra teny (...). Ny Katesista rehetra dia tokony ho afaka mampihatra amin'ny tenany ny teny mifono mistery nolazain'i Jesoa hoe : “Tsy avy amiko ny fampianarako, fa avy amin'Ilay izay naniraka Ahy” (Jo 7,16)”³.
428. Noho izany, izay voantso “hampianatra ny amin'i Kristy” dia tsy maintsy “io tombon-tsoa ambony dia ambony io, izay tsy inona fa ny fahalalana an'i Kristy”, no kendreny aloha ; tsy maintsy “manaiky ho maty antoka amin'ny zavatra rehetra (...) mba hahazo an'i Kristy sy mba ho hita ao Aminy”, ary mba “hahalala Azy, dia Izy, miaraka amin'ny herin'ny fitsanganany ho velona sy ny fiombonana amin'ny fijaliany, ka tonga tahaka Azy amin'ny fahafatesana, mba hahatratra ny fitsanganana amin'ny maty, raha azo atao” (Filip 3,8-11).
- 851 429. Avy amin'izany fahalalana amim-pitiavana an'i Kristy izany no ipoiran'ny faniriana hanambara Azy, sy “hitory ny evanjely”, ary hitarika ny hafa hanao “eny” amin'ny finoana an'i Jesoa-Kristy. Nefa atao tsapa koa amin'izany fotoana izany ny filana hahalala tsaratsara kokoa lalandava io finoana io. Mba hahatrarana izany zava-kinendry izany, araka ny filaharan'ny Sembolin'ny finoana, dia haseho aloha ny lohateny lehibe momba an'i Jesoa: Kristy, Zanak'Andriamanitra, Tompo (*andalana faha-2*). Manaraka izany ny Semboly, izay manambara ny mistery lehibe ny amin'ny fiainan'i Kristy: misterin'ny Fahatongavana ho nofo (*andalana faha-3*), misterin'ny Pakany

¹ CT 5.

² *Ibid.* 5

³ *Ibid.*, 6.

(andalana faha-4 sy faha-5), farany, ny misterin'ny fanomezam-boninahitra Azy (andalana faha-6 sy faha-7).

ANDALANA 2

“Mino an'i Jesoa-Kristy, Zanany tokana, Tompontsika”

I. Jesoa

430. “Andriamanitra mamonjy” no dikan'ny hoe *Jesoa*, amin'ny teny hebrio. Tamin'ny andron'ny Filazana, ny Anjely Gabriely no nanome azy ho anarantsamirery ny anarana hoe *Jesoa*, izay sady milaza ny maha-izy Azy manokana no milaza ny fanirahana Azy¹. Satria “Andriamanitra irery ihany no afaka mamela ny fahotana” (Mk 2,7), dia Izy, izay ao amin'i *Jesoa Zanany* mandrakizay tonga olombelona no “hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotan'izy ireo” (Mt 1,21). Ao amin'i *Jesoa-Kristy* no amondronan' Andriamanitra ny tantaram-pamonjena manontolo ho tombon-tsoan'ny olombelona. 210 402
431. Andriamanitra, ao amin'ny tantaram-pamonjena, dia tsy afa-po fotsiny tamin'ny nanafahany an'i Israely “tao an-toeram-panandevozana” (Det 5,6) izay namoahany azy avy tao Ejipta, fa mbola namonjy azy koa tamin'ny fahotan'izy ireo. Satria fanalam-baraka lalandava an'Andriamanitra, ny fahotana², ka Izy irery ihany no afaka mamela izany³. Izany no antony tsy nahafahan'i Israely nitady famonjena afa-tsy tamin'ny fitalahoana ny anaran'Andriamanitra Mpanavotra⁴, teo am-pahatsapana fa mitombo hatrany hatrany ny fihanaky ny fahotana manerana ny tontolon'ny zavatra rehetra. 1850,1441 388
432. Ny anarana hoe *Jesoa* dia midika fa ny anaran'Andriamanitra ihany no ao amin'ny tenan'ny Zanany⁵ tonga olombelona, ho fanavotana an'izao tontolo izao amin'ny fahotana, sady ho fanavotana mandrakizay. *Jesoa* no anaran' Andriamanitra izay hany mitondra famonjena⁶, ka nanomboka tamin'izay dia azon'ny rehetra antsoina Izy, satria miombom-piainana amin'ny olombelona rehetra tamin'ny Fahatongavana ho nofo⁷, hany ka “tsy misy eto ambanin'ny lanitra anaran-kafa nomena ny olona, hahazoantsika famonjena” (Asa 4,12)⁸. 589,2666 389 161

¹ jer. Lk 1,31.

² jer. Sal 51,6.

³ jer. Sal 51,11.

⁴ jer. Sal 79,9.

⁵ jer. Asa 5,41; 3 Jo 7.

⁶ jer. Jo 3,18; Asa 2,21.

⁷ jer. Rôm 10,6-13.

⁸ jer. Asa 9,14; Jak 2,7.

433. Nantsoin'ny mpisorombe indray mandeha isan-taona ny anaran' Andriamanitra Mpamonjy, mba ho fanonerana ny fahotan'i Israely, rahefa namafy ny ràn-tsorona teo amin'ny saron'ny Fiaran'ny fanekena ao amin'ny Masin'ny Masina izy¹. Ny saron'ny Fiaran'ny fanekena no toerana maneho ny maha-eo an'Andriamanitra². Koa raha niteny ny amin'i Jesoa i Md Paoly, hoe : “Izy no natsangan'Andriamanitra ampahibemaso ho sorom-panonerana amin'ny rany” (Rôm 3,25), dia mampahafantatra izy, fa ao amin'ny maha-olombelona an'i Jesoa, dia “Andriamanitra no nampihavana an'izao tontolo izao aminy indray, tamin'ny alalan'i Kristy” (2 Kôr 5,19).

2812 434. Manome voninahitra ny anaran'Andriamanitra Mpamonjy³ ny Fitsanganan' i Jesoa ho velona, satria nanomboka tamin'izay, dia ny anaran'i Jesoa no maneho ny hafenoan'ny hery ambony indrindra amin' “ny anarana mihoatra noho ny anarana rehetra” (Filip 2,9). Atahoran'ny fanahy ratsy ny anarany⁴ 2614 ary amin'ny anarany no anaovan'ny mpianatr'i Jesoa zava-mahagaga⁵, satria izay rehetra angatahin'izy ireo amin'ny Ray amin'ny anarany, dia homen'ny Ray azy ireo izany⁶.

2667-2668 435. Ny anaran'i Jesoa no ao amin'ny votoatin'ny fivavahana kristianina. Ny vavaka litorzika rehetra dia miafara amin'ny rijan-teny hoe “amin'ny alalan'i 2676 Jesoa-Kristy Tomponay”. Ao amin'ny hoe “ary nosoavina i Jesoa nateraky ny kibonao” no tonga amin'ny fara tampony indrindra ny fivavahana hoe “Ahaba, ry Maria”. Ny vavaky ny fo any amin'ny Fiangonana tatsinanana antsoina hoe “vavaka amin'i Jesoa”, dia milaza izao: “Jesoa-Kristy, Zanak' Andriamanitra, Tompo, mamindrà fo amiko mpanota.” Ny teny tokana hoe “Jesoa” no tsy afaka teo am-bavan'ireo kristianina maro be niala aina, tahaka an'i Mb Jeanne d'Arc⁷.

II. Kristy

690,695 436. Ny teny hoe *Kristy*, dia avy teny grika nandikàna ny teny hebrio hoe “Mesia”, ka “voahosotra” no dikany. Tsy tonga anaran-tsamirerin'i Jesoa io, raha tsy tontosany an-tsakany sy an-davany ny irak'Andriamanitra, izay ambaran'io anarany io rahateo. Satria, tany Israely, dia nohosorana tamin'ny anaran'Andriamanitra ireo izay natokana ho amin'ny iraka avy Aminy. Izany no fahita teo amin'ny mpanjaka⁸, teo amin'ny mpisorona⁹, ary indraindray

¹ jer. Lev 16,15-16; Ekl 50,22; Heb 9,7.

² jer. Eks 25,22; Lev 16,2; Fan 7,89; Heb 9,5.

³ jer. Jo 12,28.

⁴ jer. Asa 16,16-18; 19,13-16.

⁵ jer. Mk 16,17.

⁶ jer. Jo 15,16.

⁷ P. Doncoeur sy Y. Lanhers, La réhabilitation de Jeanne la Pucelle, p.39, 45, 56.

⁸ jer. 1 Sam 9,16; 10,1; 16,1.12-13; 1 Mpanj 1,39.

⁹ jer. Eks 29,7; Lev 8,12.

tadiavina, teo amin'ny mpaminany¹. Ny ho ambony indrindra amin'izany dia ny zavatra manokana momba ny Mesia izay nirahin'Andriamanitra mba hanorina tanteraka ny Fanjakany². Tsy maintsy ho ny Fanahin'ny Tompo³ no hanosotra indray miaraka ny Mesia ho mpanjaka sy ho mpisorona⁴ ary koa ho mpaminany⁵. I Jesoa no nanatanteraka ny fampanantenana momba ny Mesia nandrasan'i Israely amin'ny anjara raharahany telo loha dia ny maha-mpisorona, ny maha-mpaminany ary ny maha-mpanjaka. 711-716, 783

437. Tahaka ny ahaterahan'ilay Mesia nampanantenaina an'i Israely no nilazan'ny Anjely tamin'ireo mpiandry ondry ny fahaterahan'i Jesoa : “Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia i Kristy Tompo” (Lk 2,11). Hatrany am-piandohana Izy no “Ilay izay nohamasinin'ny Ray sy nirahiny teto amin'izao tontolo izao” (Jo 10,36), torontoronina ho masina⁶ tao an-kibo virjin'i Maria. Nantsoin'Andriamanitra i Josefa “hampakatra an'i Maria ho vadiny”, izay “nitoe-jaza tamin'ny Fanahy Masina” (Mt 1,20), mba i Jesoa “ilay antsoina hoe Kristy” izay hateraky ny vadin'i Josefa, no ilay Mesia taranak'i Davida (Mt 1,16)⁷. 525,486

438. Ny fanokanana an'i Jesoa ho Mesia no maneho ny fanirahan'Andriamanitra Azy. “Ny fanampin'izany dia izay tondroin'io anarany io rahateo ihany, satria ao amin'ny anaran'i Kristy dia tsy ambara amin'ny fomba mivantana Ilay izay manosotra, Ilay izay hosorana, ary ny fanosorana izay anosorana Azy rahateo ihany : Ilay izay manosotra dia ny Ray, Ilay izay hosorana dia ny Zanaka, ary ao amin'ny Fanahy izay fanosorana no anosorana Azy”⁸. Ny fanokanana Azy ho Mesia mandrakizay dia nambara tamin'ny androm-piainany teto an-tany, fony i Joany nanao batemy Azy, rahefa “nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery Izy” (Asa 10,38) “mba hampisehoany Azy amin'i Israely” (Jo 1,31) ho Mesiany. Ny tsanganasany sy ny teniny no hampahafantatra Azy ho ilay masin'Andriamanitra⁹. 727 535

439. Betsaka ny Jody sy ny sasantsasany tamin'ny jentily, izay nizara ny fanantenan'izy ireo, no nahafantatra tao amin'i Jesoa ny toetra fototra an'ilay Mesia “zanak'i Davida”, nampanantenain'Andriamanitra an'i Israely¹⁰. Neken'i Jesoa izany anaram-boninahitra hoe Mesia izany, izay ananany zo 528-529, 547

¹ jer. 1 Mpanj 19,16.

² jer. Sal 2,2; Asa 4,26-27.

³ jer. Iz 11,2.

⁴ jer. Zak 4,14; 6,13.

⁵ jer. Iz 61,1; Lk 4,16-21.

⁶ jer. Lk 1,35.

⁷ jer. Rôm 1,3; 2 Tim 2,8; Apôk 22,16.

⁸ Md Irénée, haer. 3,18, 3.

⁹ jer. Mk 1,24; Jo 6,70; Asa 3,14.

¹⁰ jer. Mt 2,2; 9,27; 12,23; 15,22; 20,30; 21,9.15.

rahateo¹, saingy nasiany fepetra ihany, satria mesia araka ny fisainana maha-olombelona loatra², sady ara-pôlitika tokoa³ no niheveran'ireo olona sasantsasany niara-belona Taminy, ny maha-mesia Azy.

440. Noraisin'i Jesoa ny fiekem-pinoan'i Piera izay nahafantatra Azy ho Mesia,
552 tamin'ny nilazany ny fijaliana tsy ho ela hanjo ny Zanak'olona⁴. Naborany ny
tena votoatin'ny fiandrianana maha-Mpanjaka ny Mesia, izay sady ao amin'
ny maha-Zanak'Olona Azy ambony tsy taka-polopolorina "izay nidina avy
tany an-danitra" (Jo 3,13)⁵, no ao amin'ny maha-iraka mpanavotra Azy
550 isehoany ho Mpanompo mijaly : "Ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina
fa mba hanompo ary hahafoy ny ainy ho fanavotana ny be sy ny maro" (Mt
443 20,28)⁶. Noho izany, ny tena hevitra fonosin'ny fiandrianana maha-Mpanjaka
Azy, dia tsy niseho raha tsy teo amin'ny Hazofijaliana⁷. Koa aorian'ny
Fitsanganany ho velona ihany vao ho afaka ambaran'i Piera eo anatrehan'ny
Vahoakan'Andriamanitra ny fiandrianana maha-Mesia Mpanjaka Azy :
"Aoka ho fantatry ny taranak'i Israely rehetra marimarina fa iny Jesoa
nofantsihanareo tamin'ny Hazofijaliana iny, no nataon'Andriamanitra ho
Tompo sy Kristy" (Asa 2,36).

III. Zanaka Lahitokan'Andriamanitra

441. *Ny hoe Zanak'Andriamanitra*, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia anaram-boninahitra nomena ny anjely⁸, ny vahoaka Voafidy⁹, ny zanak'i Israely¹⁰ ary ny mpanjakan'izy ireo¹¹. Midika izany fa zanaka atsangana, izay miorina amin'ny fifandraisana ao anatin'ny fisakaizana lalina manokana eo amin'Andriamanitra sy ny zavaboariny. Koa rahefa tenenina hoe "zanak'Andriamanitra"¹², ilay Mpanjaka-Mesia nampanantenaina, dia tsy voatery hidika fa mety mihoatra noho ny olombelona, araka ny hevitra ara-bakitenin'io teny io. Ireo izay niteny an'i Jesoa toy izany araka ny maha-Mesian'i Israely¹³ Azy, dia mety tsy te hilaza Azy ho olona ambony tokoa¹⁴.

¹ jer. Jo 4,25-26; 11,27.

² jer. Mt 22,41-46.

³ jer. Jo 6,15; Lk 24,21.

⁴ jer. Mt 16,16-23.

⁵ jer. Jo 6,63; Dan 7,13.

⁶ jer. Iz 53,10-12.

⁷ jer. Jo 19,19-22; Lk 23,39-43.

⁸ jer. Det (LXX) 32,8; Jôba 1,6.

⁹ jer. Eks 4,22; Ôs 11,1; Jer 3,19; Ekl 36,14; Fah 18,13.

¹⁰ jer. Det 14,1; Ôs 2,1.

¹¹ jer. 2 Sam 7,14; Sal 82,6.

¹² jer. 1 Tan 17,13; Sal 2,7.

¹³ jer. Mt 27,54.

¹⁴ jer. Lk 23,47.

442. Tsy mitovy amin'izany ny an'i Piera raha niaiky izy fa i Jesoa no “Kristy, Zanak’Andriamanitra velona” (Mt 16,16), satria novalian’i Jesoa tamin’ny fomba manetriketrika hoe : “Tsy avy amin’ny nofo aman-dra no nahatonga izany *fanambaràna* izany tao aminao, fa avy amin’ny Raiko izay any andanitra” (Mt 16,17). Raha ampitoviana, izao no holazain’i Paoly ny amin’ny fibebahany teny an-dalana ho any Damasa : “Nony sitrak’Andriamanitra Ilay nanokana ahy hatrany an-kibon-dreniko, sy niantso ahy tamin’ny fahasovany, ny hanambara ao anatiko ny Zanany, mba hitoriako Azy any amin’ny Jentily...” (Gal 1,15-16). “Teo no eo ihany dia nankao amin’ny sinagôga izy nitory an’i Jesoa, tamin’ny fanaovana antso avo fa Izy no Zanak’Andriamanitra” (Asa 9,20). Hatrany am-piandohana¹, izany no ho votoatin’ny finoana apôstôlika² ambaran’i Piera ampahibemaso aloha, ho fototra iorenan’ny Fiangonana³. 552
424

443. Matoa i Piera afaka nahalala ny toetra mihoatra ny tsapa sy ny hita maha-Zanak’Andriamanitra an’i Jesoa Mesia, dia i Jesoa no namela azy hahazo antsaina izany amin’ny fomba mazava. Teo anatrehan’ny Sanedrina, tamin’ny fanontaniana napetrak’ireo mpiampanga Azy hoe : “Zanak’Andriamanitra izany Ianao ?”, dia novalian’i Jesoa hoe : “Voalazanareo tsara, Izaho no Izy” (Lk 22,70)⁴. Efa taloha lavitra izany no nilaza ny Tenany ho “ilay Zanaka” izay mahalala ny Ray Izy⁵, izay miavaka amin’ny “mpanompo” nirahin’Andriamanitra fahiny ho eo amin’ny vahoakany⁶, ambony noho ny anjely amin’ny maha-anjely ny anjely⁷. Navahany tamin’ny maha-zanaka ny mpianany ny maha-Zanaka Azy ka tsy niteny na oviana na oviana Izy hoe “Raintsika”⁸, fa fony Izy nanome baiko azy ireo nanao hoe : “Mivavaha toy izao *ianareo* : Rainay” (Mt 6,9) ; ary dia nantitranteriny io fiavahana io : “Ny Raiko sy ny Rainareo” (Jo 20,17). 2786

444. Taterin’ny Evanjely amin’ny fotoana roa manetriketrika, dia ny Batemy sy ny Fiovàn-tarehin’i Kristy, ny feon’ny Ray izay manondro Azy ho ilay “Zanany malalany”⁹. Ny Tenany ihany no tondroin’i Jesoa ho “ilay Zanaka Lahitokan’Andriamanitra” (Jo 3,16) ary hamafisiny amin’ny alalan’izany anaram-boninahitra izany ny fisiany mialoha hatramin’ny mandrakizay¹⁰. Nitaky ny finoana “amin’ny anaran’ny Zanaka Lahitokan’Andriamanitra tokana” (Jo 3,18) Izy. Izany fiekena kristianina izany dia efa niseho tao 536,554

¹ jer. 1 Tes 1,10.

² jer. Jo 20,31.

³ jer. Mt 16,18.

⁴ jer. Mt 26,64; Mk 14,62.

⁵ jer. Mt 11,27; 21,37-38.

⁶ jer. Mt 21,34-36.

⁷ jer. Mt 24,36.

⁸ jer. Mt 5,48; 6,8; 7,21; Lk 11,13.

⁹ jer. Mt 3,17; 17,5.

¹⁰ jer. Jo 10,36.

amin'ny hiakam-pahatairana nataon'ily kapiteny nitsangana nanandrify an'i Jesoa teo amin'ny Hazofijaliana : “Zanak'Andriamanitra tokoa io lehilahy io!” (Mk 15,39). Ao amin'ny misterin'ny Paka ihany ny mpino no afaka hanome ny hevitra fara tampony amin'ny anaram-boninahitra hoe “Zanak'Andriamanitra”.

- 653 445. Taorian'ny Fitsanganan'i Jesoa ho velona no niseho tao anatin'ny hery maha-Olombelona nomem-boninahitra Azy, ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy : “Araka ny Fanahin'ny fahamasinana, dia naharihary tamin-kery ho Zanak'Andriamanitra Izy, tamin'ny Fitsanganany ho velona avy amin'ny maty” (Rôm 1,4)¹. Ho afaka hiaiky ny apôstôly hoe : “Nibanjina ny voninahiny izahay, dia voninahitra izay ananany avy amin'ny Ray amin'ny maha-Zanaka Lahitokana Azy, izay sady feno fahasovana sy fahamarinana” (Jo 1,14).

IV. Tompo

- 209 446. Ao amin'ny dikan-teny grikan'ny bokin'ny Testamenta Taloha, ny Anarana tsy hay ambara hoe YHWH, izay nanambaràn'Andriamanitra ny Tenany tamin'i Môizy², dia nadika hoe *Kyrios* (“Tampo”). Noho izany, ny hoe *Tampo* dia nanjary Anarana mahazatra indrindra mba hanondroana ny maha-Andriamanitra ny Andriamanitr'i Israely. Ny Testamenta Vaovao dia mampiasa ny hevi-baventy momba ny Anarana hoe “Tampo” sady ho an'ny Ray, nefa koa, ary izany no zava-baovao, ho an'i Jesoa izay ekena araka izany ho Andriamanitra rahateo ihany³.

- 548 447. I Jesoa rahateo ihany no nametaka izany Anarana izany tamin'ny Tenany amin'ny fomba somary misarontsarona rahafa miady hevitra amin'ny Farisianina momba ny hevitra ny Salamo 110 Izy⁴, nefa kosa amin'ny fomba mibaribary rahafa miresaka amin'ny apôstôliny⁵. Nandritra ny fiainany manontolo ampahibemaso, ny fihetsiny maneho fahefana mandidy ny zavaboary, ny aretina maro, ny demony, ny fahafatesana ary ny fahotana, dia nampiseho ny fahefana ambony indrindra maha-Andriamanitra Azy.

448. Matetika tokoa, ao amin'ny Evanjely ao, misy olona manatona an'i Jesoa amin'ny fiantsoana Azy hoe “Tampo”. Io anaram-boninahitra io dia manaporofa ny fanajana sy ny fitokian'ireo izay manatona an'i Jesoa ary miandry vonjy sy fahasitranana avy Aminy⁶. Eo ambany fanentanany

¹ jer. Asa 13,33.

² jer. Eks 3,14.

³ jer. 1 Kôr 2,8.

⁴ jer. Mt 22,41-46 ; jer. koa Asa 2,34-36; Heb 1,13.

⁵ jer. Jo 13,13.

⁶ jer. Mt 8,2; 14,30; 15,22; sns

Fanahy Masina, io anarana io dia maneho ny fiekena ny mystery maha- 208,683
Andriamanitra an'i Jesoa¹. Amin'ny fihaonana amin'i Jesoa nitsangan-ko
velona, dia tonga fitsaohana io anarana io : “Tompoko sy Andriamanitro !”
(Jo 20,28). Noho izany, io anarana io dia mifono fiitaran-kevitra hoe fitiavana
sy fankamamiana, izay hanjary ho lovam-panahy manokana an'ny 641
kristianina: “Ny Tompo io !” (Jo 21,7).

449. Ny fiakem-pinoana voalohany an'ny Fiangonana, amin'ny fanomezana an'i
Jesoa ny anaram-boninahitr'Andriamanitra hoe Tompo, dia manamafy,
hatrany am-piandohana², fa ny fahefana, ny haja sy ny voninahitra omena an'
Andriamanitra Ray, dia omena an'i Jesoa³ koa, satria avy amin'ny “fomban' 461
Andriamanitra” Izy (Filip 2,6) ary nasehon'ny Ray izany fahefana ambony
indrindra an'i Jesoa izany tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty sy 653
tamin'ny nanandratany Azy ao amin'ny voninahiny⁴.

450. Ny fankatoavana ny maha-Tompon'izao tontolo izao sy ny tantara an'i
Jesoa⁵, hatrany am-piandohan'ny tantara kristianina, dia midika ho fanekena 668-672
koa fa tsy tokony hampilefitra ny fahafahany manokana mihitsy ny
olombelona, manoloana ny manam-pahefana eto an-tany na iray aza, afa-tsy
amin'Andriamanitra Ray sy amin'i Jesoa-Kristy Tompo ihany : tsy i Sezara 2242
akory no “Tompo”⁶. “Mino ny Fiangonana (...) fa ny fanalahidy sy ny foibe
ary ny fiafaran'ny tantara rehetra momba ny olombelona dia hita ao amin'ny
Tompony sady Mpampianany”⁷.

451. Voamariky ny anaram-boninahitra hoe “Tompo”, ny fivavahana kristianina,
na amin'ny fanaingana ny vavaka hoe : “Ho aminareo anie ny Tompo”, na 2064-2665
amin'ny famaranana ny vavaka hoe : “Amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy
Tomponay”, na koa amin'ny antso mafy feno fitokiana sy fanantenana hoe :
“*Maran atha*” (“Ho avy ny Tompo !”) na “*Marana tha*” (“Tongava, ry 2817
Tompo !”) (1 Kôr 16,22) ; “Amen, avia, ry Jesoa Tompo !” (Apôk 22,20).

FAMINTINANA

452. “*Andriamanitra mamonjy*” no dikan'ny anarana hoe Jesoa. Ny zaza
*naterak'i Maria Virjiny dia antsoina hoe “Jesoa”, “fa Izy no hamonjy ny
olony ho afaka amin'ny fahotan'izy ireo” (Mt 1,21) : “Tsy misy anaran-
kafa eto ambanin'ny lanitra nomena ny olona, mba hahazoantsika
famonejena” (Asa 4,12).*

¹ jer. Lk 1,43; 2,11.

² jer. Asa 2,34-36.

³ jer. Rôm 9,5; Tito 2,13; Apôk 5,13.

⁴ jer. Rôm 10,9; 1 Kôr 12,3; Filip 2,9-11.

⁵ jer. Apôk 11,15.

⁶ jer. Mk 12,17; Asa 5,29.

⁷ FAA 10, § 2; jer. koa 45, § 2.

453. “Voahosotra”, “Mesia” no dikan’ny anarana hoe Kristy. I Jesoa no Kristy, satria “Andriamanitra no nanosotra Azy tamin’ny Fanahy Masina sy ny hery” (Asa 10,38). Izy no “Ilay izay tsy maintsy ho avy” (Lk 7,19), fototry ny “fanantenan’i Israely” (Asa 28,20).

454. Ny anarana hoe Zanak’Andriamanitra dia mampahafantatra ny fifandraisana tsy manam-paharoa sy mandrakizay eo amin’i Jesoa-Kristy sy Andriamanitra Rainy : Izy no Zanaka Lahitokan’ny Ray¹ sady Andriamanitra rahateo ihany². Ny mino fa i Jesoa-Kristy no Zanak’Andriamanitra dia ilaina mba haha-kristianina³.

455. Manambara ny fahefana ambony indrindra an’Andriamanitra ny anarana hoe Tompo. Ny miaiky na ny miantso an’i Jesoa ho Tompo, dia ny mino ny maha-Andriamanitra Azy. “Tsy misy afa-milaza hoe ” i Jesoa no Tompo”, raha tsy amin’ny Fanahy Masina” (1 Kôr 12,3).

ANDALANA 3

“Noforonin’ny Fanahy Masina i Jesoa-Kristy, naterak’i Maria Virjiny”

Paragrafy 1. Tonga olombelona ny Zanak’Andriamanitra

I. Nahoana ny Teny no tonga nofo ?

456. Miara-mamaly amin’ny Fiekem-pinoana tao "Nicée-Constantinople" isika, amin’ny fiekena hoe : “*Ho antsika olombelona sy ny famonjena antsika no nidinany avy any an-danitra ; ary naka nofo tamin’i Maria Virjiny Izy noho ny herin’ny Fanahy Masina, ka tonga olombelona*”⁴.

457. Tonga nofo ny Teny mba hamonjy antsika, amin’ny fampihavanana antsika
607 amin’Andriamanitra : “Fa Andriamanitra no tia antsika sy naniraka ny Zanany ho sorom-panavotana amin’ny fahotantsika” (1 Jo 4,10). “Naniraka ny Zanany ny Ray, ho Mpamonjin’izao tontolo izao” (1 Jo 4,14). “Fa Izy io no niseho, dia mba hanala ny fahotana” (1 Jo 3,5) :

385 Marary ny tenantsika, ka mila sitranina ; lavo, ka mila harenina ; maty, ka mila hatsangana ho velona. Nariantsika ny fananana ny soa sy ny tsara, ka tsy maintsy honerantsika izany. Voahidy tao anatin’ny maizina isika, ka mila

¹ jer. Jo 1,14,18; 3,16,18.

² jer. Jo 1,1.

³ jer. Asa 8,37; 1 Jo 2,23.

⁴ DS 150.

hitondrana fahazavana ; babo an’ady isika, ka miandry mpamonjy ; migadra isika, ka miandry vonjy ; andevo isika, ka miandry mpanafaka. Tsy nisy lanja ve ireo antony notanisaina ireo ? Tsy mendrika hampangoraka an’ Andriamanitra ve ireo, ka nampidina Azy ho tonga hatramin’ny toetra amampomba maha-olona antsika mba hamangy antsika, noho ny olombelona nihitsoka tanatin’ny toetra fadiranovana loatra sy mampahonena fatratra¹ ?

458. Tonga nofo ny Teny *mba hahalalantsika amin’izany ny fitiavan’ Andriamanitra* : “Izao no nisehoan’ny fitiavan’Andriamanitra antsika : 219
nirahiny ho eo amin’izao tontolo izao ny Zanany Lahitokana, mba hahavelona antsika amin’ny alalany” (1 Jo 4,9). “Fa notiavin’Andriamanitra fatratra izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very na iza na iza mino Azy fa hanana ny fiainana mandrakizay” (Jo 3,16).
459. Tonga nofo ny Teny *mba ho môdelintsika amin’ny fahamasinana* : “Ento 520,823
ny jiogako, ary mianara amiko...” (Mt 11,29). “Izaho no lalana sy 2012
fahamarinana ary fiainana ; tsy misy olona tonga amin’ny Ray afa-tsy amin’
ny alalako” (Jo 14,6). Ary ny Ray, teo an-tendrombohitry ny Fiovàn-tarehy,
nandidy hoe : “Henoy Izy” (Mk 9,7)². Izy izany no môdelin’ny hasambarana 1717,1965
sy ny fitsipiky ny Lalàna vaovao : “Mifankatiava ianareo tahaka ny nitiavako
anareo” (Jo 15,12). Mifaningotra amin’ny fanoloran-tena tokoa amin’ny
fanarahan-dia Azy izany fitiavana izany³.
460. Tonga nofo ny Teny *mba hahatonga antsika ho “mpandray anjara amin’ny fomba aman-toetran’Andriamanitra”* (2 Pi 1,4) : “Fa toy izao ny antony 1265,1391
nahatonga olombelona ny Teny, sy nahatonga ny Zanak’Andriamanitra, ho
Zanak’olona : ny mba hahatonga ny olombelona ho zanak’Andriamanitra,
amin’ny fiombonana amin’ny Teny sy amin’ny fandraisana avy amin’izany
ny maha-zanak’Andriamanitra”⁴. “Satria tonga olombelona ny Zanak’ 1988
Andriamanitra mba hahatonga antsika ho Andriamanitra”⁵. “Ny Zanaka
Lahitokan’Andriamanitra, mankasitraka ny handraisantsika anjara amin’ny
maha-Andriamanitra Azy, dia nizaka tao Aminy ny fomba aman-toetrantsika,
mba hahatonga Azy ho olombelona, ka hanandratra ny olombelona ho
andriamanitra,”⁶.

II. Ny Fahatongavana ho nofo

461. Nandray ny fitenin’i Md Joany (hoe : “Tonga nofo ny Teny” : Jo 1,14) ny 653,661
Fiangonana, ka miantso hoe “Fahatongavana ho nofo” tamin’ny nizakan’ny

¹ Md Grégoire de Nysse, or. Catech. 15.

² jer. Det 6,4-5.

³ jer. Mk 8,34.

⁴ Md Irénée, haer. 3, 19, 1.

⁵ Md Athanase, inc. 54, 3.

⁶ Md Thomas d’A., opusc. 57 in festo Corp. Chr. 1.

449 Zanak'Andriamanitra tao Aminy ny fomba aman-toetran'olombelona, mba hanatanterahana ao amin'izany ny famonjena antsika. Ao amin'ny antsa iray nambaran'i Md Paoly no ihiran'ny Fiangonana ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo :

“Manàna eo aminareo samy ianareo izao saina amam-po hita tao amin'i Kristy Jesoa izao : na tao amin'ny fomban'Andriamanitra aza Izy, dia tsy nihevitra ny fitoviany saranga amin'Andriamanitra ho zavatra nobaboiny. Fa nialany izany tamin'Izy naka ny fomban'ny mpanompo, ka tonga mitovy amin'ny olombelona. Tamin'ny fisehoany rehetra ho olombelona, dia nilatsa-tenany ho ambany dia ambany Izy, nanolo-tena hanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia fahafatesana tamin'ny Hazofijaliana !” (Filip 2,5-8)¹.

462. Miteny izany mystery izany koa ny Taratasy ho an'ny Hebrio :

Noho izany indrindra, nony niditra teto amin'izao tontolo izao i Kristy, dia nilaza hoe : Tsy nilainao ny sorona na ny fanatitra ; fa namboatra vatana ho Ahy Ianao. Tsy sitrakao ny sorona dorana sy ny sorona noho ny ota. Ka hoy aho hoe : Inty aho tonga (...) hanao ny sitraponao (Heb 10,5-7, mitanisa ny Sal 40,7-9, dikan-tenin'ny Fitopololahy LXX).

463. Ny finoana ny Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo marina
90 tokoa no famantarana mampiavaka ny finoana kristianina : “Izao no ahafantarana ny fanahy avy amin'Andriamanitra : Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga nofo i Jesoa-Kristy dia avy amin'Andriamanitra” (1 Jo 4,2). Toy izao ny hafaliam-pieken'ny Fiangonana hatrany am-piandohany, rahefa mihira “ny mystery lehibe momba ny fitiavam-bavaka” izy : “Niseho tao amin'ny nofo Izy” (1 Tim 3,16).

III. Tena Andriamanitra tokoa sady tena olombelona tokoa

464. Ny fisehoan-javatra tokana aman-tany sy miavaka tanteraka amin'ny Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo dia tsy midika fa i Jesoa-Kristy dia nisy ampahany Andriamanitra sy ampahany olombelona, na vokatry ny fifangaroana mifanjevon'ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona. Sady tonga olombelona marina tokoa Izy no mijanona ho Andriamanitra marina tokoa. I Jesoa-Kristy dia tena Andriamanitra tokoa
88 sady tena olombelona tokoa. Tsy maintsy narovan'ny Fiangonana izany fahamarinam-pinoana izany, ary nazavainy nandritra ireo taonjato voalohany, teo anatrehan'ny fampianaran-diso nampivaona azy.

465. Tsy dia ny maha-Andriamanitra an'i Kristy loatra no tena nolavin'ireo fampianaran-diso voalohany, fa ny maha-olombelona Azy tokoa (docétisme

¹ jer. LH, tonon-kira amin'ny Vavaka harivan'ny alahady.

gnostique). Nanomboka tamin'ny andron'ny apôstôly ny finoana kristianina no nanantitrantitra ny tena Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo tokoa hoe : “tonga tao amin'ny nofo”¹. Kanefa tany amin'ny taonjato faha-3, voatery nanamafy ny Fiangonana hanoherana an'i Paul de Samosate, tamin'ny Kônsily novorina tao Antiokia, fa i Jesoa-Kristy dia Zanak'Andriamanitra amin'ny fomba aman-toetra maha-Izy Azy fa tsy amin'ny fananganan-janaka tsy akory. Ny Kônsily ekiomenika voalohany tao Nicée, tamin'ny taona 325, dia nanambara ampahibemaso tao amin'ny Fiekempinoany fa ny Zanak'Andriamanitra dia “nateraka, fa tsy natao, iray fisiamaha-izy (*homousios*)² amin'ny Ray”, ary nanameloka an'i Arius izay nilaza ²⁴² ho marina fa “nivoaka avy amin'ny tsy misy, ny Zanak'Andriamanitra”³, ary “tamin'ny fisiamaha-izy hafa noho ny Ray”⁴.

466. Ny fampianaran-dison'i Nestorius dia nilaza fa olombelona iray no nikambana amin'ny maha-Olona-Andriamanitra ny Zanak'Andriamanitra ao amin'i Kristy. Teo anatrehan'izany, nanambara ampahibemaso i Md Cyrille d'Alexandrie sy ny Kônsily ekiomenika fahatelo novorina tao Efezy tamin'ny taona 431, fa “ny maha-olona ny Teny, miray amin'ny nofo velomin'ny fanahy manan-tsaina hendry, dia tonga olombelona”⁵. Ny maha-olombelona an'i Kristy dia tsy manana fototra hafa afa-tsy ny maha-Olona-Andriamanitra ny Zanak'Andriamanitra, izay nozakainy tao Aminy sy nanjary Azy hatramin'ny niforonany tao am-bohoka. Araka izany, nanambara ny Kônsily tao Efezy tamin'ny taona 431 fa i Maria dia nanjary Renin'Andriamanitra ⁴⁹⁵ marina tokoa tamin'ny nahatorontoronina ho olombelona ny Zanak'Andriamanitra tao an-kibony : “Renin'Andriamanitra izy, saingy tsy amin'ny hoe ny Tenin'Andriamanitra no nisintona avy taminy ny fomba aman-toetra maha-Andriamanitra Azy, fa amin'ny hoe avy amin'i Maria no nahazoan'ny Tenin'Andriamanitra ny vatana masina nasiana fanahy manan-tsaina hendry, tafaray ao amin'ny maha-olona azy, ka izany no ilazana hoe : teraka araka ny nofo ny Teny”⁶.

467. Ny "monophysites" dia nanamarina fa levona tamin'ny nizakany tao amin'ny maha-Olona-Andriamanitra amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy, ny fomba aman-toetra maha-olombelona tao amin'i Kristy. Iza no nambaran'ny Kônsily ekiomenika fahefatra tao Chalcedoine tamin'ny taona 451, teo anatrehan'izany fampianaran-diso izany :

Eo am-panarahana an'ireo Ray masina, dia mampianatra amim-piombonan-kevitra izahay hanambara ampahibemaso ny Zanaka tokana sy Izy dia Izy

¹ jer. 1 Jo 4,2-3; 2 Jo 7.

² DS 125.

³ DS 130.

⁴ DS 126.

⁵ DS 250.

⁶ DS 251.

ihany, i Jesoa-Kristy Tompontsika, iray fahalavorariana amin'ny maha-Andriamanitra sy fahalavorariana amin'ny maha-olombelona, ilay sady Andriamanitra marina tokoa no olombelona marina tokoa iray ihany, mitambatra ho fanahy manan-tsaina hendry sy vatana, iray fombam-pisia-maha-izy amin'ny Ray araka ny maha-Andriamanitra, iray fombam-pisia-maha-izy amintsika araka ny maha-olombelona, “mitovy amintsika amin'ny zavatra rehetra, afa-tsy amin'ny fahotana”¹ ; teraky ny Ray talohan'ny taona rehetra araka ny maha-Andriamanitra, ary amin'izao andro farany izao, ho antsika sy ny famonjena antsika, naterak'i Maria Virjiny, Renin' Andriamanitra, araka ny maha-olombelona.

Kristy tokana sy tsy miova, Tompo, Zanaka Lahitokana, no tsy maintsy ekentsika amin'ny fomba aman-toetra roa, tsy misy fifangaroana, tsy misy fiovàna, tsy misy fizarazarana, tsy misy fisaratsarahana. Tsy manafoana velively ny firaisan'izy ireo, ny faha-samy hafa ny fomba aman-toetra, fa vao mainka aza voaro sy voatambatra ho ao amin'ny olona tokana ihany sy ny fisia-maha-olona tokana ihany ny toetra manokana an'ny tsirairay².

468. Taorian'ny Kônsilin'i Chalécédoine, ny olona sasantsasany dia nihevitra ny fomba aman-toetra maha-olombelona an'i Kristy ho karazana foto-javatra momba ny olona manokana fotsiny. Ny Kônsily ekiomenika fahadimy tao Constantinople, tamin'ny taona 553, no nanambara ampahibemaso ho fanoherana azy ireo, hoe : “Tsy misy afa-tsy fisia-maha-olona tokana ihany [na olona] izany, izay i Jesoa-Kristy Tompontsika, *iray amin'ny Trinite*”³.
 254 Koa ny rehetra ao amin'ny maha-olombelona an'i Kristy àry dia tokony hampifandraisina amin'ny maha-Olona-Andriamanitra Azy ho amin'ny foto-javatra momba Azy manokana⁴, ka tsy ny zava-mahagaga ihany fa ny fijaliana koa⁵ sy ny fahafatesana; izany hoe : “i Jesoa-Kristy Tompontsika,
 616 Ilay nofantsihana tao amin'ny nofo, dia Andriamanitra marina tokoa, Tompon'ny Voninahitra, ary Iray amin'ny Trinite Masina”⁶.

469. Miaiky tahaka izany koa ny Fiangonana fa i Jesoa dia tena Andriamanitra tokoa sady tena olombelona tokoa tsy azo sarahina. Izy marina tokoa no ilay Zanak'Andriamanitra izay tonga olombelona, ka rahalahintsika, ary tsy
 212 mampitsahatra ny maha-Andriamanitra Azy izany, izay Tompontsika :

“Maharitra amin'izay fomba aman-toetra efa tao Aminy Izy, sy mizaka ao Aminy izay fomba aman-toetra tsy tao Aminy”, hoy ny hiran'ny litorzia rômanina⁷. Ary ny litorzian'i Md Jean Chrysostome dia manambara sy mihira

¹ jer. Heb 4,15.

² DS 301-302.

³ DS 424.

⁴ jer. efa tamin'ny Kôns. Ephèse : DS 255.

⁵ jer. DS 423.

⁶ DS 432.

⁷ In Solemnitate Sanctae Dei Genetricis Mariae ; jer. Md Léon le Grand, serm. 21,2.

hoe: “Ry Zanaka tokana sy Tenin’Andriamanitra, ilay maharitra mandrakizay, nanaiky Ianao, noho ny famonjena anay, ho tonga nofo tao amin’i Maria, Reny masin’Andriamanitra sy Virjiny mandrakizay, Ianao izay tsy misy fiovaovàna, nefa tonga olombelona, sy nofantsihana teo amin’ny hazofijaliana, ry Kristy Andriamanitra, Ianao izay nandrava ny fahafatesana tamin’ny nahafatesanao, Ianao izay Iray amin’ny Trinite Masina, omemboninahitra miaraka amin’ny Ray sy ny Fanahy Masina, vonjeo izahay¹ !”

IV. Ahoana no maha-olombelona ny Zanak’Andriamanitra ?

470. Satria ao amin’ny firaisana misterin’ny Fahatongavana ho nofo, “ny fomba aman-toetra maha-olombelona dia nozakaina, fa tsy nolevonina”², ka nahatarika ny Fiangonana, nandritra ny taonjato nifandimby, hanambara ampahibemaso ny fisiana feno ny fanahy maha-olombelona, miaraka amin’ny fiasan’ny sainy sy ny sitrapony, ary ny vatana maha-olombelona ao amin’i Kristy. Kanefa mitovy amin’izany koa, mampahatsiaro hatrany hatrany ny Fiangonana fa ny fomba aman-toetra maha-olombelona an’i Kristy dia azy manokana amin’ny maha-Olona-Andriamanitra ny Zanak’Andriamanitra izay nizaka izany tao Aminy. Avy amin’ny maha-anisan’ny “Iray amin’ny Trinite” Azy izay rehetra maha-Izy Azy sy izay ataony ao amin’ny maha-olombelona Azy. Koa ny Zanak’Andriamanitra àry no mampita amin’ny maha-olombelona Azy ny fomba fisiany manokana ao amin’ny Trinite. Araka izany, na ao amin’ny fanahiny na ao amin’ny vatany, dia anehoan’i Kristy amin’ny fomban’olombelona, ny fomba amam-piainan’Andriamanitra Trinite³ :

Ny Zanak’Andriamanitra dia niasa tamin’ny tanan’olombelona, nihevitra tamin’ny sain’olombelona, nihetsika tamin’ny sitrapon’olombelona, nitia tamin’ny fon’olombelona. Noho Izy naterak’i Maria Virjiny, dia tena tonga anisantsika tokoa, mitovy amintsika amin’ny zavatra rehetra, afa-tsy amin’ny fahotana⁴.

Ny fanahy sy ny fahalalana maha-olombelona tao amin’i Kristy

471. Nohamafisin’i Apollinaire de Laodicée fa ny Teny no nisolo ny fanahy na ny saina tao amin’i Kristy. Ho fanoherana io hevi-diso io, dia nanambara ampahibemaso ny Fiangonana fa ny Zanaka mandrakizay dia nizaka tao Aminy koa ny fanahy manan-tsainan’olombelona⁵.

¹ Tononkalom-pivavahana : « O monoghenis ».

² FAA 22, §2.

³ jer. Jo 14,9-10.

⁴ FAA 22, §2.

⁵ jer. DS 149.

472. Manana ny tena fahalalana maha-olombelona tokoa, io fanahy maha-olombelona izay nozakain'ny Zanak'Andriamanitra tao Aminy io. Amin' izany maha-izy azy izany, dia voafetra ihany araka ny toetra maha-olombelona, io fahalalana maha-olombelona io : niseho izany teo amin'ny zotram-piainany ara-tantara namakivaky ny elanelana sy ny fotoana. Araka izany, afaka nanaiky ny “hitombo fahendrena sy tena ary fahasoavana” (Lk 2,52) ilay Zanak'Andriamanitra, tamin'ny fahatongavany ho olombelona, ary koa ny hanana saina tia manadihady amin'ny fomban'olombelona, izay tsy maintsy ianarana amin'ny alalan'ny andram-piainana ahazoam-pahalalana¹. Nifanaraka tamin'ny fisian'ny fanetren-tenany an-tsitrao tamin'ny “fomban'ny mpanompo” (Filip 2,7), izany.

473. Io fahalalana maha-olombelona tokoa ny Zanak'Andriamanitra io koa anefa, dia naneho ny fiainana maha-Andriamanitra ny Tenany². “Ny fomba aman-toetra maha-olombelona ny Zanak'Andriamanitra, *tsy noho ilay fomba aman-toetra, fa noho ilay firaisany amin'ny Teny*, dia nahalala sy naneho tao aminy izay rehetra sahaza an'Andriamanitra”³. Loha laharana amin'izany ny
240 lafiny fahalalana lalina indrindra sy mivantana eo no eo izay ananan'ny Zanak'Andriamanitra tonga olombelona, momba ny Rainy⁴. Nasehon'ny Zanak'Andriamanitra koa teo amin'ny fahalalana maha-olombelona Azy ny halalin-tsain'Andriamanitra nananany ka nahafahany mamantatra ny hevi-miafina ao am-pon'ny olombelona⁵.

474. Avy amin'ny firaisan'ny fahalalana maha-olombelona ananan'i Kristy amin'ny Fahendren'Andriamanitra ao amin'ny Tenan'ny Teny tonga nofo, no nananany tanteraka tao Aminy ny fahalalana amam-pahaizana ny fandaharan'Andriamanitra mandrakizay, izay ny hanambara izany no nahatongavany⁶. Izay nekeny fa tsy fantany tamin'izany⁷, dia nolazainy fa tsy anjarany ny hanambara izany amin'ny iraka nampanaovina Azy⁸.

Ny sitrapo maha-olombelona an'i Kristy

475. Toy izany koa, nanambara ampahibemaso ny Fiangonana, tao amin'ny Kônsily ekiomenika fahenina, fa manana sitrapo anankiroa sy fiasa anankiroa araka fombany avy i Kristy, dia ny an'ny maha-Andriamanitra sy ny an'ny
2008 maha-olombelona, izay tsy mifanohitra fa mifarimbona, hany ka sitrak'ilay
2824 Teny tonga Nofo tamin'ny sitrapo maha-olombelona Azy amin'ny fanekena

¹ jer. Mk 6,38; Mk 8,27; Jo 11,34; sns.

² jer. Md Grégoire le Grand, ep. 10,39 : DS 475.

³ Md Maxime le Confesseur, qu. dub. 1,67.

⁴ jer. Mk 14,36; Mt 11,27; Jo 1,18; 8,55; sns.

⁵ jer. Mk 2,8; Jo 2,25; 6,61; sns.

⁶ jer. Mk 8,31; 9,30; 10,33-34; 14,18-20.26-30.

⁷ jer. Mk 13,32.

⁸ jer. Asa 1,7.

an-dRainy, izay rehetra fanapahan-kevitra ny maha-Andriamanitra Azy miaraka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina, ny amin'ny famonjena antsika¹. Ny sitrapo maha-olombelona ananan'i Kristy dia "manaraka ny sitrapony maha-Andriamanitra, tsy manohitra izany na manakana izany amin'izany ataony, fa vao mainka aza miankina indrindra amin'izany sitrapo mahefa izany"².

Vatan'olombelona tokoa, ny vatan'i Kristy

476. Satria tena nofon'olombelona tokoa no tao amin'ny Teny tonga nofo, ka voafetra ihany ny vatan'i Kristy³. Noho izany antony izany, azo atao ny manoritra ny endrika maha-olombelona an'i Jesoa⁴. Tamin'ny Kônsily ekiomenika fahafito⁵ ny Fiangonana no nanaiky fa ara-dalàna raha aseho amin'ny sary masina izany endrika maha-olombelona an'i Jesoa izany. 1159-1162
2129-2132

477. Nanaiky lalandava ny Fiangonana, tamin'izany fotoana izany, fa manjary hitan'ny masontsika ao amin'ny Vatan'i Jesoa, "ilay Andriamanitra izay tsy hita maso araka ny fomba aman-toetrany"⁶. Satria, maneho ny maha-Olona-Andriamanitra ny Zanak'Andriamanitra, ny toetra manokana an'ny vatan'i Kristy. Voaray ao amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy ny bika aman'endriky ny vatany amin'ny maha-olombelona Azy, hany ka raha aseho antsary masina izany, dia azo atao tsara ny manaja azy ireny satria ny mpino izay manaja ny sariny, dia "manaja ao amin'izany sary izany ny olona izay voasoritra ao"⁷.

Ny Fon'ny Teny tonga nofo

478. Nahalala sy nitia antsika rehetra sy ny isam-batan'olona i Jesoa nandritra ny fiainany sy ny fiadiany aina ary ny fijaliany, sy nanolo-tena ho antsika tsirairay : "Tia ahy ny Zanak'Andriamanitra ary nanolo-tena ho ahy" (Gal 2, 20). Tia antsika rehetra tamin'ny fon'olombelona Izy. Noho izany, ny Fo masin'i Jesoa notrobahin'ny fahotantsika sy ho famonjena antsika⁸, "dia heverina fa famantarana sy fanehoana an'ohatra ambony tokoa ... an'izany fitiavana izany, izay asehon'ilay Andriamanitra Mpanavotra lalandava amin'ny Ray mandrakizay sy amin'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka"⁹. 487
368,2669
766

¹ jer. Kôns. Constantinople III, taona 681 : DS 556-559.

² DS 556.

³ jer. Kôns. Latran, taona 649 : DS 504.

⁴ jer. Gal 3,1.

⁵ jer. Kôns. Nicée II, taona 787 : DS 600-603.

⁶ Vavaka Prefasy amin'ny Noely.

⁷ Kôns. Nicée II : DS 601.

⁸ jer. Jo 19,34.

⁹ Pie XII, Enc. « Haurietis aquas » : DS 3924; jer. DS 3812.

FAMINTINANA

479. *Tamin'ny fotoana voalahatr'Andriamanitra, ny Zanaka Lahitokan'ny Ray, ny Teny mandrakizay, izany hoe ny Teny sy ny Endrika maneho arapisia-maha-Izy ny Ray, dia tonga Nofo : tsy nahavery ny fomba aman-toetra maha-Andriamanitra Azy ny nizaka tao Aminy ny fomba aman-toetra maha-olombelona.*
480. *Tena Andriamanitra tokoa sady tena olombelona tokoa i Jesoa-Kristy, ao amin'ny firaisan'ny maha-Olona-Andriamanitra Azy : noho izany, Izy no hany Mpanelanelana eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona.*
481. *Manana fomba aman-toetra roa i Jesoa-Kristy, dia ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona, tsy mifangaro, fa miray ao amin'ny maha-Olona tokan'ny Zanak'Andriamanitra.*
482. *I Kristy izay sady tena Andriamanitra tokoa no tena olombelona tokoa, dia manana saina aman-tsitra-pon'olombelona, mifanaraka amim-pomba lavorary sy manaiky ny saina aman-tsitra-pony maha-Andriamanitra Azy, izay ananany amin'ny firaisany amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina.*
483. *Noho izany, ny Fahatongavana ho nofo no misterin'ny firaisana amin'ny fomba mampitolagaga ny fomba aman-toetra maha-Andriamanitra sy ny fomba aman-toetra maha-olombelona ao amin'ny Olona tokan'ny Teny.*

Paragrafy 2. “... Noforonin'ny Fanahy Masina, naterak'i Maria Virjiny”

I. Noforonin'ny Fanahy Masina ...

484. Ny Filazana tamin'i Maria no misantatra ny “hafenoan'ny fotoana” (Gal 4, 4), izany hoe ny fahatanterahan'ny fampanantenana sy ny fanomanana.
461 Voasa i Maria hitondra vohoka an'Ilay izay hitoeran'ny “hafenoan'ny maha-Andriamanitra ao amin'ny maha-olombelona” (Kôl 2,9). Ny valin-Tenin'Andriamanitra tamin'ny fanontaniany hoe : “Ahoana no hahatongavan'izany, fa tsy mahalala lahy aho ?” (Lk 1,34), dia nomena tamin'ny herin'ny
721 Fanahy : “Ny Fanahy Masina no ho tonga ao aminao” (Lk 1,35).
485. Mifandray sy mifandrindra lalandava amin'ny fanirahana Zanaka, ny fanirahana ny Fanahy Masina¹. Nirahina ny Fanahy Masina, Izy izay “Tompo loharanon'Aina”, mba hanamasina ny kibon'i Maria Virjiny sy hampitoe-jaza

¹ jer. Jo 16,14-15.

azy amin'ny fomba lavorary, ka hitondrany am-bohoka ny Zanaka mandrakizain'ny Ray, araka ny maha-olombelona nalaina avy amin'ny maha-olombelona an'i Maria.

486. Ny Zanaka Lahitokan'ny Ray izay noforonina ho olombelona tao ankibon'i Maria Virjiny no “Kristy”, izany hoe voahosotry ny Fanahy Masina¹, nanomboka hatramin'ny fisian'ny maha-olombelona Azy, na dia miandalana aza ny fampisehoany izany : tamin'ireo mpiandry ondry², tamin'ireo majy³, tamin'i Joany-Batista⁴, tamin'ireo mpianatra⁵. Koa ny fiainan'i Jesoa-Kristy manontolo no hampiseho hoe “ahoana ny fomba nanosoran'Andriamanitra Azy tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery ?” (Asa 10,38). 437

II. ... naterak'i Maria Virjiny

487. Izay inoan'ny finoana katôlika momba an'i Maria, dia miorina eo ambonin'izay inoany momba an'i Kristy, nefa izay ampianariny ny amin'i Maria, dia manazava kosa indray avy eo ny finoany an'i Kristy. 963

Ny tendry mialoha ho an'i Maria

488. “Nirahin'Andriamanitra ny Zanany” (Gal 4,4), nefa mba “hamboarana vatana”⁶ ho Azy, dia nila fiaraha-miasa amin-kalalahana tamin'ny zavaboary iray Izy. Noho izany, hatramin'ny mandrakizay, Andriamanitra nifidy, ho Renin'ny Zanany, zanakavavin'i Israely, tovovavy jody avy tao Nazareta any Galilea, “virjiny anankiray fofombadin'ny lehilahy atao hoe Josefa, avy amin'ny taranak'i Davida, ary ny anaran'ilay virjiny dia Maria” (Lk 1,27) :

Sitraky ny Rain'ny famindram-po hialoha ny Fahatongavana ho nofo ny faneken'ity Reny voatendry mialoha, satria vehivavy iray no nandray anjara tamin'ny tsanganasam-pahafatesana, ka vehivavy iray torak'izany koa, no nandray anjara tamin'ny fiainana⁷.

489. Tamin'ny alalan'izay nataon'ireo vehivavy masina, ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha manontolo, no *nanomanana* ny ho ataon'i Maria. I Eva no tany am-piandohana : na teo aza ny tsy fanekeny, dia nahazo fampanantenana taranaka izay ho mpandresy an'ilay Mpisompatra izy⁸, sy 722
410

¹ jer. Mt 1,20; Lk 1,35.

² jer. Lk 2,8-20.

³ jer. Mt 2,1-12.

⁴ jer. Jo 1,31-34.

⁵ jer. Jo 2,11.

⁶ jer. Heb 10,5.

⁷ FF 56; jer. koa 61.

⁸ jer. Jen 3,15.

145 fampanantenana mba ho renin'ny velona rehetra¹. Noho ny hasin'izany
fampanantenana izany, dia nitoe-jaza i Sara na efa be taona aza². Tsy araka
ny fanampoizan'ny olona, ny nifidianan'Andriamanitra an'izay noheverina
64 ho tsy manan-kery sy osa³, mba hampisehoana ny tsy fivadihany amin'ny
fampanantenany : i Ana, renin'i Samoela⁴, i Debôrà, i Rota, i Jodita sy i
Esterà, ary vehivavy maro hafa. I Maria no “nitana toerana voalohany
tamin'ireo manetry tena sy ireo mahantran'ny Tompo izay nanantena sy
nandray ny famonjena avy Aminy tamim-pitokiana. Miaraka aminy, dia izy
ilay zanakavavin'i Siôna ambony indrindra, no nahataperan'ny fetr'andro
sy niorenan'ny fitantanam-pamonjena vaovao, taorian'ny fiandrasana ela ny
fampanantenana”⁵.

Ilay Notorontoronina tsy azon-keloka

2676,2853 490. I Maria, mba ho Renin'ny Mpamonjy, dia “nofenin'Andriamanitra ny
fanomezana mifanaraka amin'izany asa lehibe tokoa izany”⁶. Ny Anjely
2001 Gabriely, tamin'ny fotoanan'ny Filazana, dia niarahaba azy ho ilay “feno
hasoavana”⁷. Satria, mba hahafahana manome fankatoavana an-kalalahana
amin'ny finoany, tamin'ny filazana ny fiantsoana azy, dia tsy maintsy
nanaiky tanteraka ho tarihin'ny fahasovan'Andriamanitra izy.

411 491. Nandritra ny taonjato maro ny Fiangonana no nahatsapa tao an-tsainy, fa i
Maria “tototra soa” avy amin'Andriamanitra⁸, dia voavotra nanomboka
hatramin'ny nahatorontoronina azy. Izany no nanambaràna ampahibemaso ny
teny finoana momba ilay Notorontoronina tsy azon-keloka, nataon'ny Papa
Pie IX antso avo tamin'ny taona 1854 hoe :

I Maria Virjiny sambatra, hatramin'ny fotoana voalohany nahatorontoronina
azy, noho ny fahasoavana sy ny tombon-tsoa manokana avy amin'
Andriamanitra Mahefa ny zavatra rehetra, tsinjo amin'ny soa hataon'i Jesoa-
Kristy Mpamonjy ho an'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka, dia narovana
hatrany am-boalohany tsy ho voan'ny loto rehetra avy amin'ny fahotana
tamin'ny fototra⁹.

492. Avy amin'i Kristy daholo izany “fahamasinana mamirapiratra tokana
aman-tany”, izay “nampanankarem-pahasoavana azy hatramin'ny fotoana

¹ jer. Jen 3,20.

² jer. Jen 18,10-14; 21,1-2.

³ jer. 1 Kôr 1,27.

⁴ jer. 1 Sam 1.

⁵ FF 55.

⁶ FF 56.

⁷ Lk 1,28.

⁸ jer. Lk 1,28.

⁹ DS 2803.

voalohany nahatorontoronina azy”¹ izany : “tamin’ny fomba ambony dia ambony no nanavotana azy, ho fitsinjovana ny soa hataon’ny Zanany”². “Notsofin’ny Ray rano, amin’ny tsodrano rehetra ara-panahy any an-danitra, ao amin’i Kristy” (Efez 1,3) izy, mihoatra noho ny olombelona hafa rehetra nateraka. “Nofidin’ny Ray tao amin’i Kristy, talohan’ny nahariana an’izao tontolo izao, mba ho masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany, ao anatin’ny fitiavana” (Efez 1,4) izy.

2011
1077

493. “Ilay Masina Tanteraka” (*Panaghian*) no fiantsoan’ny Aba amin’ny lovam-pampianarana tatsinanana, an’i Maria Renin’Andriamanitra ; ilay “tsy voan’ny lotom-pahotana na kely aza, noforonin’ny Fanahy Masina, novolavolaina ho zavaboary vaovao”³, no ankalazain’izy ireo azy. Noho ny fahasoavan’Andriamanitra, dia naharitra nadio tsy voapentim-pahotana i Maria, teo amin’ny fiainany manontolo.

“Aoka anie ho tanteraka amiko araka ny teninao ...”

494. I Maria, tamin’ny filazana fa Izy no hiteraka “ny Zanaky ny Avo indrindra” tsy amin’ny fahalalana lahy fa noho ny herin’ny Fanahy Masina⁴, dia namaly tamin’ny “fanekem-pinoana” (Rôm 1,5) hoe : “Inty aho mpanompovavin’ny Tompo ; aoka anie ho tanteraka amiko araka ny teninao” (Lk 1,37-38), satria tsy nisalasala izy fa “tsy misy ny tsy hain’Andriamanitra atao”. Noho izany fankatoavany ny Tenin’Andriamanitra izany, dia nanjary Renin’i Jesoa i Maria, ary noho izy nanaraka tamin’ny fony manontolo, tsy voakasi-pahotana, ny sitrapon’Andriamanitra momba ny famonjena, dia nanolotra ny tenany manontolo tamin’ny Zanany sy ny tsanganasany, ka hanompo Azy sy hiankina Aminy ary hiaraka Aminy, noho ny fahasoavan’Andriamanitra, mba hanatanteraka ny misterin’ny Fanavotana⁵ :

2617,148

968

Araka ny voalazan’i Md Irénée, “noho ny faneken’i Maria, dia nanjary antony nahazoana famonjena izy, ho an’ny tenany sy ho an’ny taranak’olombelona rehetra”⁶. Tahaka izany, betsaka amin’ny Aban’ny Fiangonana tany aloha tany no niombon-kevitra taminy, nilaza hoe : “Ny olana vokatry ny tsy faneken’i Eva, dia voavaha tamin’ny faneken’i Maria ; izay namatotra an’i Eva virjiny tamin’ny tsy finoany, dia novahan’i Maria Virjiny tamin’ny finoany”⁷ ; amin’ny fampitahana an’i Maria sy i Eva, dia antsoin’izy ireo hoe

¹ FF 56.

² FF 53.

³ FF 56.

⁴ jer. Lk 1,28-37.

⁵ jer. FF 56.

⁶ Haer. 3, 22, 4.

⁷ jer. *ibid.*

“ilay Renin’ny velona” i Maria, ary ambarany matetika hoe : “Avy amin’i Eva ny fahafatesana, fa avy amin’i Maria ny fiainana”¹.

Ny maha-renin’Andriamanitra an’i Maria

495. I Maria, izay antsoina hoe “Renin’i Jesoa” (Jo 2,1; 19,25)², ao amin’ny Evanjely, dia nohobiana ho “Renin’ny Tompoko” (Lk 1,43), teo ambany tosi-kerim-pamporisikin’ny Fanahy Masina, talohan’ny nahaterahan’ny zanany. Araka izany, Ilay noforonina tao am-bohoka ho olombelona tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina ka tonga Zanany marina tokoa araka ny nofo, dia tsy iza fa ny Zanaka mandrakizain’ny Ray, ilay Olona faharoa amin’ny Trinite Masina. Manambara ampahibemaso ny Fiangonana fa tena *Renin’Andriamanitra* tokoa (*Theotokos*) i Maria³.

466,2677

Ny maha-virjiny an’i Maria

496. Nanomboka hatramin’ny fandrafetana an-tsoratra voalohany ny teny finoana⁴ ny Fiangonana no niaiky fa i Jesoa dia noforonina tamin’ny herin’ny Fanahy Masina irery ihany, tao an-kibon’i Maria Virjiny, amin’ny fanamafisana koa ny endrika ara-batana tamin’io fisehoan-javatra io : I Jesoa dia noforonin’ny “Fanahy Masina tsy nisy tsirinain-dehilahy”⁵. Ny Aban’ny Fiangonana dia mahita famantarana ny amin’ny maha-virjiny mitoe-jaza, fa ilay Zanak’Andriamanitra tokoa no tonga olombelona tahaka antsika :

Araka izany, hoy i Md Ignace d’Antioche (fiandohan’ny taonjato faha-2) : “Miaiky tanteraka ianareo ny amin’ny Tompontsika, izay taranak’i Davida tokoa araka ny nofo⁶, fa Zanak’Andriamanitra araka ny sitrapo sy ny herin’Andriamanitra⁷, nateraky ny virjiny tokoa, (...) Tena nofantsihana tokoa tao amin’ny nofony Izy, ho antsika, tamin’ny andron’i Pôntsy Pilaty (...) Tena nijaly tokoa Izy ary koa tena nitsangan-ko velona tokoa”⁸.

497. Ny tantara ao amin’ny Evanjely⁹ dia nahazo an-tsaina, ny amin’ny maha-virjiny mitoe-jaza, ho tsanganasan’Andriamanitra, mihoatra izay rehetra takatry ny saina sy izay rehetra azon’ny olombelona atao¹⁰ : “Fa ny zaza ao an-kibony dia avy amin’ny Fanahy Masina”, hoy ny Anjely tamin’i Josefa, momba an’i Maria fofombadiny (Mt 1,20). Hitan’ny Fiangonana ao amin’

¹ FF 56.

² jer. Mt 13,55.

³ jer. DS 251.

⁴ jer. DS 10-64.

⁵ Kôns. Latran, taona 649 : DS 503.

⁶ jer. Rôm 1,3.

⁷ jer. Jo 1,13.

⁸ Smyrn. 1-2.

⁹ jer. Mt 1,18-25; Lk 1,26-38.

¹⁰ jer. Lk 1,34.

izany ny fahatanterahan'ny fampanantenan'Andriamanitra nolazainy tamin'ny alalan'i Izaia mpaminany hoe : “Indro ny Virjiny hitoe-jaza, ka hiteraka zazalahy” (Iz 7,14), araka ny dikan-teny grikan'i Mt 1,23.

498. Mahalasa eritreritra ihany indraindray ny tsy nitenenan'ny Evanjelin'i Md Marka sy ireo Taratasin'ny Testamenta Vaovao ny amin'ny maha-virjiny nitoe-jaza an'i Maria. Mety koa mampanontany tena hoe : izy ity ve eto tsy angano ihany na fanamboamboarana ara-teôlôjia tsy marim-pototra ara-tantara. Amin'ny inona no tokony havaly izany : ny finoana ny amin'ny niterahan'i virjiny an'i Jesoa dia nahatonga fifanoherana mahery vaika, fanesoana na tsy fifankahazoana avy amin'ny tsy mpino, jody ary jentily¹ : tsy avy amin'ny anganon'ny mpanompo sampy na avy amin'ny fanamboamboarana sasany amin'ny vinavinan-kevitra tamin'izany fotoana izany manko no anton'izy io. Ny hevitra fonosin'io zava-niseho io dia tsy ho azo afa-tsy amin'ny finoana izay mahita izany ao amin'ilay “fifamatorana manakambana ny 90 mystery amin'ny samy mystery”², ao amin'ny fitambaran'ny misterin'i Kristy manomboka amin'ny Fahatongavany ho nofo ka hatramin'ny Pakany. Efa nanambara io fifamatorana io i Md Ignace d'Antioche hoe : “Ny mpanapaka an'izao tontolo izao no tsy nahalala ny maha-virjiny nitoe-jaza an'i Maria, toy izany koa ny fahafatesan'ny Tompo : mystery telo manakoako, izay tanteraka tao amin'ny 2717 fanginan'Andriamanitra”³.

I Maria - “virjiny mandrakizay”

499 Ny fandalinan'ny Fiangonana ny finoany ny amin'ny maha-reny virjiny no nitarika azy hanambara ampahibemaso ny tena maha-virjiny tokoa sady mandrakizay an'i Maria⁴, na dia tamin'izy niteraka ny Zanak'Andriamanitra tonga olombelona aza⁵. Satria “tsy nampihena, fa vao mainka nanamasina ny tena maha-virjiny tsy misy tomika tokoa” an-dreniny⁶, ny nahaterahan'i Kristy. Ilay *Aeiparthenos*, “virjiny mandrakizay”⁷ no ankalazan'ny litorzian'ny Fiangonana, an'i Maria.

500. Indraindray toherin'ny olona izany, noho ny Soratra Masina milaza an'ireo rahalahy sy anabavin'i Jesoa⁸. Mahazo an-tsaina lalandava ny Fiangonana, fa ireo tsongan-dahatsoratra ireo dia tsy manondro zanaka hafa naterak'i Maria Virjiny : satria, i Jakôba sy i Josefa, “rahalahin'i Jesoa” (Mt 13,55), dia zanak'i Maria anankiray mpianatr'i Kristy⁹, izay notondroina amin'ny filazana mazava hoe :

¹ jer. Md Justin, dial. 66-67; Origène, Cels. 1,32; *ibid.*, 1, 69; snm.

² DS 3016.

³ Md Ignace d'Antioche, Eph. 19,1; jer. koa 1 Kôr 2,8.

⁴ jer. DS 427.

⁵ jer. DS 291; 294; 442; 503; 571; 1880.

⁶ FF 57.

⁷ jer. FF 52.

⁸ jer. Mk 3,31-35; 6,3; 1 Kôr 9,5; Gal 1,19.

⁹ jer. Mt 27,56.

“Maria anankiray”(Mt 28,1). Ny lazaina amin’izany, dia havana akaikin’i Jesoa, araka ny fomba fiteny fantatra ao amin’ny Testamenta Taloha¹.

501. I Jesoa no Zanaka Lahitokan’i Maria. Kanefa ny maha-reny ara-panahy an’i
969 Maria² dia ho an’ny olombelona rehetra, izay hamonjy azy ireo no
nahatongavan’i Jesoa : “Hiteraka ny Zanany izy, izay ataon’Andriamanitra
ho “Lahimatoa maro zandry” (Rôm 8,29), izany hoe ireo mpino, ka amin’ny
fiterahana sy ny fanabeazana azy ireo izy no mitondra ny fiaraha-miasa
970 amin’ny fitiavana maha-reny azy”³.

Ny maha-reny virjiny an’i Maria ao amin’ny fandaharan’ Andriamanitra.

502.Ny fijery ara-pinoana no afaka mahita ao amin’ny fifandraisana miaraka
90 amin’ny fitambaran’ny Fanambaràna, ny antony mifono mystery izay ho
amin’izany no sitrak’Andriamanitra, araka ny fandaharam-pamonjeny,
hiterahan’ny virjiny ny Zanany. Ireny antony ireny dia sady mahakasika ny
tenan’i Kristy sy ny maha-iraka mpanavotra Azy, no mahakasika ny
fandraisan’i Maria io fanirahana io ho an’ny olombelona rehetra.

503.Ny maha-virjiny an’i Maria no mampiseho ny fanombohana tsy miankina na
amin’inona na amin’inona ataon’Andriamanitra amin’ny Fahatongavana ho nofo.
422 Tsy manana ho Ray afa-tsy Andriamanitra i Jesoa⁴. “Ny fomba aman-toetra maha-
olombelona izay noraisiny dia tsy nampanalavitra Azy na oviana na oviana tamin’ny
Ray (...); mazava ho azy fa Zanaky ny Rainy Izy amin’ny maha-Andriamanitra Azy,
ary mazava ho azy fa zanaky ny reniny amin’ny maha-olombelona Azy, nefa
Zanak’Andriamanitra tokoa ao amin’ireo fomba aman-toetrany roa ireo”⁵.

504. Noforonin’ny Fanahy Masina tao an-kibon’i Maria Virjiny i Jesoa, satria Izy no
359 Ilay *Adama Vaovao*⁶ izay misantatra ny fahariana vaovao : “Ny olombelona
voalohany, avy amin’ny tany, ka tany ; ny olombelona faharoa kosa, avy amin’ny
lanitra” (1 Kôr 15,47). Fenô ny Fanahy Masina, hatramin’ny nahatorontoronina Azy,
ny maha-olombelona an’i Kristy, satria “nanome Azy ny Fanahy tsy misy fetra” (Jo
3,34) Andriamanitra. Avy amin’ny “hafenoany”, Izy izay filohan’ny olombelona
voavotra⁷, no “andraisantsika fahasoavana miampy fahasoavana” (Jo 1,16).

505. I Jesoa, ilay Adama Vaovao, no nisantatra tamin’ny fiterahan’i virjiny Azy ny
1265 *fahateraham-baovao*’ireo zanaka atsongana ao amin’ny Fanahy Masina amin’ny
alalan’ny finoana.“Ahoana no hahatongavan’izany ?” (Lk 1,34)⁸. Ny fiombonana

¹ jer. Jen 13,8; 14,16; 29,15; sns.

² jer. Jo 19,26-27; Apôk 12,17.

³ FF 63.

⁴ jer. Lk 2,48-49.

⁵ Kôns. Frioul, taona 796 : DS 619.

⁶ jer. 1 Kôr 15,45.

⁷ jer. Kôl 1,18.

⁸ jer. Jo 3,9.

anjara amin'ny fiainan'Andriamanitra dia tsy avy amin'ny “ra, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'olombelona, fa avy amin'Andriamanitra” (Jo 1,13). Ny fandraisana io aina io dia avy amin'ny virjiny tsy voakasim-pahotana, satria aina omena manontolo ho an'ny olombelona amin'ny alalan'ny Fanahy. Ny hevitra arapanambadiana raketin'ny fiantsoan'Andriamanitra ny olombelona ho vadiny¹, dia tanteraka an-tsakany sy an-davany ao amin'ny maha-reny virjiny an'i Maria.

506. Virjiny i Maria satria ny maha-virjiny azy no *famantarana ny finoany* “tsy simban'ny fisalasalana na dia kely aza”² sy ny fanoloran-tenany iray manontolo amin'ny sitrapon'Andriamanitra³. Ny finoany no nahatonga azy ho renin'ny Mпамонжy : “Sambatra i Maria, ary vao maika sambatra, satria sady nandray ny finoan'i Kristy izy, no niforonan'ny nofon'i Kristy”⁴. 148,1814

507. Sady virjiny no reny i Maria, satria izy no endrika sy lavorary indrindra amin'ny fahatanterahan'ny Fiangonana⁵. “Manjary Reny koa ny Fiangonana, noho ny Tenin'Andriamanitra izay raisiny amim-pinoana : satria, amin'ny alalan'ny fitorian-teny, ary amin'ny alalan'ny Batemy no iterahany, amin'ny fiainana vaovao sy maharitra mandrakizay, an'ireo zanaka noforonin'ny Fanahy Masina sy aterak'Andriamanitra. Virjiny koa ny Fiangonana, amin'ny nanomezany ho an'ilay Vadiny ny finoany marina sy madio tsy misy pentina, izay notahiriziny”⁶. 967 149

FAMINTINANA

508. *Tamin'ny taranak'i Eva Andriamanitra no nifidy an'i Maria Virjiny ho Renin'ny Zanany. Noho izy “feno hasoavana”, dia izy no “ilay vokatra tsara dia tsara indrindra avy amin'ny Fanavotana”⁷ : hatramin'ny fotoana voalohany namoronana azy tao am-bohoka, dia narovana tanteraka mialoha tsy ho voan'ny lotom-pahotana tamin'ny fototra izy, ary maharitra ho madio tsy misy pentin'ny fahotana rehetra an'ny isambatan'olona, amin'ny fiainany manontolo.*

509. Tena “Renin'Andriamanitra” tokoa i Maria Virjiny, satria izy no Renin' ilay Zanaka mandrakizain'Andriamanitra tonga olombelona sady Andriamanitra rahateo koa.

510. *I Maria “dia naharitra ho virjiny tamin'ny niforonan'ny Zanany tao am-bohoka, virjiny tamin'ny niterahany Azy, virjiny tamin'ny nitrotoany Azy, virjiny tamin'ny nampinonoany Azy, Virjiny mandrakizay”⁸ : amin'ny*

¹ jer. 2 Kôr 11,2.

² FF 63.

³ jer. 1 Kôr 7,34-35.

⁴ Md Augustin, virg. 3.

⁵ jer. FF 63.

⁶ FF 64.

⁷ L. 103.

⁸ Md Augustin, serm. 186,1.

fisian-tenany manontolo no maha-“mpanompovavin’ny Tompo” azy (Lk 1,38).

511. “Ny finoany sy ny fanekeny an-kalalahana no nentin’i Maria Virjiny nifarimbona tamin’ny famonjena ny olombelona”¹. “Tamin’ny anaran’ny olombelona rehetra” no nanononany ny eniny². Noho ny fanekeny no nahatonga azy ho Eva vaovao, renin’ny velona.

Paragrafy 3. Ny misterin’ny fiainan’i Kristy

1163 512. Ireto ihany no lazain’ny Sembolin’ny finoana, raha ny momba ny fiainan’i Kristy : ny misterin’ny Fahatongavana ho nofo (niforonana tao am-bohoka sy nahaterahana) sy ny Paka (fijaliana, famantsihana tamin’ny hazofijaliana, fahafatesana, fandevenana, fidinana tany ambanin’ny tany, fitsanganan-ko velona, fiakarana any an-danitra). Tsy milaza na inona na inona, amin’ny fomba tena mazava, ny misterin’ny fiainana miafin’i Jesoa sy ny fiainany ampahibemaso ny sembolin’ny finoana, fa ny andalan-tenim-pinoana momba ny Fahatongavan’i Jesoa ho nofo sy ny Pakany dia efa manazava ny fiainan’i Kristy manontolo teto an-tany. “Izay rehetra nataon’i Jesoa sy nampianariny, hatramin’ny fanombohana ka hatramin’ny andro izay (...) nampakarana Azy any an-danitra” (Asa 1,1-2) dia tsara tarafina amin’ny fahazavan’ny misterin’ny Noely sy ny Paka.

426,561 513. Hovelabelarin’ny katesezy, araka ny toe-javatra niseho, ny harena rehetra amin’ny misterin’i Jesoa. Koa ampy aloha ny milaza eto ireo singafototra sasany iombonana amin’ny mistery manontolon’ny fiainan’i Kristy (I), mba hanoritsoritana araka izany ireo zava-dehibe amin’ny misterin’ny fiainana miafin’i Jesoa (II) sy ny fiainany ampahibemaso (III).

I. Mistery avokoa ny fiainan’i Kristy

514. Betsaka ny zavatra izay mahafinaritra ny fahalianan’ny olombelona momba an’i Jesoa no tsy hita ao amin’ny Evanjely. Saika tsy misy voalaza ny momba ny fiainany tao Nazareta, ary na ny ampahany betsaka amin’ny fiainany ampahibemaso aza dia tsy notantaraina akory³. Ireo izay voasoratra ao amin’ny Evanjely, dia natao “mba hinoanareo fa i Jesoa no Kristy, Zanak’Andriamanitra, ary mba hahazoanareo ny fiainana amin’ny anarany, amin’ny finoana Azy” (Jo 20,31).

¹ FF 56.

² Md Thomas d’A., s. th. 3, 30, 1.

³ jer. Jo 20,30.

515. Ny Evanjely dia nosoratan'ireo olona izay anisan'ny voalohany nanam- 126
pinoana¹, ka te hizara izany amin'ny hafa. Nahalala tamin'ny finoana izy ireo
hoe iza moa i Jesoa, ka afaka nahita sy nampahita ny mariky ny misteriny
nandritra ny fiainany manontolo teto an-tany. Famantarana ny misterin'i
Jesoa avokoa ny lamban-jaza namonosana Azy tamin'ny nahaterahany² ka
hatramin'ny vinaingitra natohoka teo am-bavany fony Izy nampijaliana³, sy
ny lambamena namonosana Azy, nivalona, nony nitsangan-ko velona Izy⁴,
ary ny zavatra rehetra teo amin'ny fiainany. Tamin'ny fihetsiny sy ny zava-
mahagaga nataony ary ny teniny, no manambara fa “ao Aminy araka ny
maha-olombelona Azy, no mitoetra tanteraka ny hafenoan'ny maha-
Andriamanitra” (Kôl 2,9). Araka izany, tsapa ho “sakramenta” ny maha- 609,774
olombelona Azy, izany hoe famantarana amam-pitaovan'ny maha-
Andriamanitra Azy sy ny famonjena atolony : izay hita maso tamin'ny
fiainany teto an-tany dia mitarika ho amin'ny mistery tsy hita maso amin'ny 477
maha-Zanak'Andriamanitra Azy sy amin'ny maha-iraka mpanavotra Azy.

Ny soritra iombonan'ny misterin'i Jesoa

516. *Fanambaràna ny Ray* ny fiainan'i Kristy manontolo : ny teniny sy ny asany, 65
ny fanginany sy ny fijaliany, ny fomba amam-pihetsiny sy ny fiteniny. Afaka
milaza i Jesoa hoe : “Izay mahita Ahy, mahita ny Ray”⁵, ary ny Ray afaka
miteny hoe : “Inty no Zanako malalako, henoy Izy” (Lk 9,35). Noho ny
Tompontsika tonga olombelona mba hanatanteraka ny sitrapon'ny Ray⁶, dia
maneho amintsika “ny fitiavan'Andriamanitra antsika” (1 Jo 4,9), ny soritry 2708
ny misteriny faran'izay kely indrindra.

517. Misterin'ny *Fanavotana* ny fiainan'i Kristy manontolo. Avy amin'ny ra
nalatsany fony Izy nofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana aloha, no
nahazoantsika ny Fanavotana⁷, kanefa, miasa ao amin'ny fiainan'i Kristy 606,1115
manontolo io mistery io : efa tamin'ny Fahatongavany ho Nofo, izay tamin'
izany no nanjary mahantra Izy, mba hampanankarena antsika amin'ny
fahantrany⁸ ; tamin'ny fiainany miafina, izay nanonerany ny tsy
fankatoavantsika, tamin'ny fankatoavany⁹ ; tamin'ny teniny izay manadio ny
mpihaino Azy¹⁰ ; tamin'ny fanasitranany sy ny fandroahany demony, izay

¹ jer. Mk 1,1; Jo 21,24.

² jer. Lk 2,7.

³ jer. Mt 27,48.

⁴ jer. Jo 20,7.

⁵ jer. Jo 14,9.

⁶ jer. Heb 10,5-7.

⁷ jer. Efez 1,7; Kôl 1,13-14 (Volg.); 1 Pi 1,18-19.

⁸ jer. 2 Kôr 8,9.

⁹ jer. Lk 2,51.

¹⁰ jer. Jo 15,3.

“nakàny ny rofintsika sy nitondrany ny aretintsika” (Mt 8,17)¹; tamin’ny Fitsanganany ho velona, izay nanamarinany antsika².

668,2748 518. Misterin’ny *Famondronana ny zavatra rehetra ao amin’ny Filoha tokana*, ny fiainan’i Kristy manontolo. Izay rehetra nataon’i Jesoa, nolazainy sy niaretany fijaliana, dia nanana tarigetra mba hanarenana ny olombelona lavo, ho amin’ny fiantsoana azy tany am-boalohany :

Rahefa tonga Nofo sy tonga olombelona Izy, dia navondrony ao amin’ny Tenany ihany ny tantara lava nolalovan’ny olombelona, ary nampahazo antsika ny famonjena Izy, raha fintinina, hany ka izay verintsika tao amin’i Adama, izany hoe ny maha-endrik’Andriamanitra sy ny fifanahafana Aminy, dia tafaverina ao amin’i Kristy Jesoa³. Izany indrindra no antony nandalovan’i Kristy tamin’ny ambaratongan’ny taona rehetra teo amin’ny fiainana, mamerina indray avy amin’izany amin’ny olombelona rehetra ny fiombonana amin’Andriamanitra⁴.

Ny fiombonantsika amin’ny misterin’i Jesoa

793,602 519. “Natokana ho an’ny olombelona rehetra ary anisan’ny soa ho an’ny tsirairay”⁵ ny haren’i Kristy manontolo. Tsy nivelona ny fiainany ho an’ny Tenany ihany i Kristy, fa *ho antsika*, nanomboka tamin’ny Fahatongavany ho Nofo “ho antsika olombelona sy ny famonjena antsika”⁶ ka hatramin’ny fahafatesany “noho ny fahotantsika” (1 Kôr 15,3) sy ny Fitsanganany ho velona “ho fanamarinana antsika” (Rôm 4,25). Amin’izao fotoana izao koa, Izy no “mpisolovava antsika eo amin’ny Ray” (1 Jo 2,1), “satria velona mandrakizay hanao fifonana ho antsika” (Heb 7,25). Miaraka amin’izay 1085 rehetra niainany sy nijaliany ho antsika indray mandeha ihany, ny maha-eo mandrakizay Azy, “mba hiseho eo anatrehan’Andriamanitra ho antsika ankehitriny” (Heb 9,24).

459,359 2607 520. Tamin’ny fiainany manontolo i Jesoa no nisehoany fa *môdelintsika*⁷ : Izy no “olombelona lavorary”⁸ izay mandrisika antsika mba ho tonga mpianany sy hanaraka Azy : nanome ohatra halaintsika tahaka Izy tamin’ny fanetren-tenany⁹ ; nitaona antsika ho amin’ny fivavahana Izy tamin’ny vavaka

¹ jer. Iz 53,4.

² jer. Rôm 4,25.

³ Md Irénée, haer. 3, 18, 1.

⁴ *Ibid.* 3, 18, 7; jer. koa 2, 22, 4.

⁵ RH 11.

⁶ Sembolin’i Nicée-Constantinople, DS 150.

⁷ jer. Rôm 15,5; Filip 2,5.

⁸ FAA 38.

⁹ jer. Jo 13,15.

nataony¹; niantso antsika hanaiky amin-kalalahana ny fihafiana sy ny fanenjehana Izy tamin'ny fahantrany².

521. Izy rehetra niainan'i Kristy, dia nataony mba hahafahantsika *miaina izany* 2715
ao Aminy sy mba *hiainany izany ao amintsika*. “Noho ny Fahatongavan'ny
Zanak'Andriamanitra ho nofo, dia ny Tenany mihitsy no toa mikambana
amin'ny olombelona manontolo”³. Voantso isika tsy hanao afa-tsy ny ho iray
miaraka Aminy ; izay niainany tao amin'ny nofony ho antsika sy ho 1391
môdelintsika, no ampiraisany antsika ao amin'izany, ho rantsambatan'ny
Vatany :

Tsy maintsy manohy sy manatanteraka ao amintsika ny toetra mbamin'ny misterin'i Jesoa isika, sy mitalaho Aminy matetika, mba hampiasany sy hanatanterahany izany ao amintsika sy ao amin'ny Fiangonany manontolo (...). Satria manana fandaharana hametraka fampanraisana anjara, sy hanao fanitarana amam-panohizana ny misteriny ao amintsika sy ao amin'ny Fiangonany manontolo, ny Zanak'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fahasoaavana izay tiany hampitaina amintsika, sy amin'ny alalan'ny vokatra izay tiany hatao ao amintsika amin'ny alalan'ireo mystery ireo. Ary avy amin'izany fomba izany no tiany hanatanterahana an'ireo ao amintsika⁴.

II Ny misterin'ny fahazazana sy ny fiainana miafin'i Jesoa

Ny fanomanana

522. Ny fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra tety ambonin'ny tany dia zavani-
niseho lehibe dia lehibe tokoa izay sitrak'Andriamanitra ny nanomana izany 711,762
nandritra ny taonjato maro. Nataony manatona sy miafara avokoa ao amin'i
Kristy na ny fombam-pivavahana sy sorona, na ny tandindona sy fanehoana
an'ohatra ny fanekem-pihavanana Voalohany⁵ ; nolazainy tamin'ny vavan'ny
mpaminany izay nifandimby teo amin'i Israely izany. Ankoatra izany,
nofohaziny tao am-pon'ny jentily koa ny fiandrasana manjavozavo an'io
fahatongavana io.

523. *I Md Joany Batista* no mpialoha lalana⁶ mivantana ny Tompo, nirahina
hamboatra lalana ho Azy⁷. “Izy no mpaminanin'ny Avo Indrindra” (Lk 1,76), 712-720
mihoatra ny mpaminany rehetra⁸, farany amin'izany⁹, nisantatra ny Vaovao

¹ jer. Lk 11,1.

² jer. Mt 5,11-12.

³ FAA 22, § 2.

⁴ Md Jean Eudes, regn.

⁵ jer. Heb 9,15.

⁶ jer. Asa 13,24.

⁷ jer. Mt 3,3.

⁸ jer. Lk 7,26.

⁹ jer. Mt 11,13.

mahafaly¹ ; vao tao an-kibon-dreniny izy², dia niarahaba ny fahatongavan'i Kristy, ary nentanin'ny hafaliany ho "sakaizan'ny mpampakatra" (Jo 3,29) izay notondroiny ho "ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra izay manala ny fahotan'izao tontolo izao" (Jo 1,29). Tamin'ny nialohavany lalana an'i Jesoa "tamin'ny fanahy sy ny herin'i Elia"(Lk 1,17) no nijoro ho vavolombelony izy, tamin'ny toriteniny, tamin'ny Batemim-pibebahana nataony ary farany tamin'ny nahafatesany martyry³.

1171 524. Amin'ny fankalazana isan-taona ny *litorzian'ny Fahatongavan'ny Tompo* ny Fiangonana dia mampihatra amin'ny fiainana ankehitriny izany fiandrasana ny Mesia izany : amin'ny firaisam-po amam-panahy tamin'ny fanomanana nandritra ny fotoana lava ny voalohany nahatongavan'ny Mpamonjy, no anavaozan'ny mpino ny faniriana miredareda amin'ny Fahatongavany fanindroany⁴. Amin'ny fankalazana ny nahaterahan'ilay Mpialoha lalana sy ny nahafatesany martyry, no iombonan'ny Fiangonana amin'ny faniriany manao hoe : "Izy tsy maintsy mitombo fa izaho kosa tsy maintsy mihena" (Jo 3,30).

Ny misterin'ny Noely

437,2443 525. Tamin'ny fanetren-tena tao an-tranomby, teo anivon'ny fianakaviana mahantra⁵, no nahaterahan'i Jesoa ; mpiandry ondry tsotra no vavolombelona voalohany nahita maso ny zava-niseho. Tao anatin'izany fahantrana izany no niseho ny voninahitry ny lanitra⁶. Tsy sasatra ny Fiangonana, mihira ny voninahitr'ilay alina amin'ny hoe :

Nateraky ny Virjiny androany ilay Mandrakizay
Ary ny tany nanome lava-bato ho an'ilay Tsihaitakarina.
Ny anjely sy ny mpiandry ondry nidera Azy
Ary ny majy notarihin'ny kintana, nitsaoka Azy
Fa teraka ho anay Ianao,
Ry ilay Zazakely, Andriamanitra mandrakizay⁷ !

526. "Tonga zazakely" amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra no toetra hidirana ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra⁸ ; araka izany, tsy maintsy manetry tena⁹, tonga madinika ; fa indrindra : tsy maintsy "ateraka avy any ambony"

¹ jer. Asa 1,22; Lk 16,16.

² jer. Lk 1,41.

³ jer. Mk 6,17-29.

⁴ jer. Apôk 22,17.

⁵ jer. Lk 2,6-7.

⁶ jer. Lk 2,8-20.

⁷ Kontakion de Romanos le Mélode.

⁸ jer. Mt 18,3-4.

⁹ jer. Mt 23,12.

(Jo 3,7), aterak'Andriamanitra¹ mba “ho tonga zanak'Andriamanitra” (Jo 1, 12). Tanteraka ao amintsika ny misterin'ny Noely rahefa “voasokitra” ao anatintsika ny endrik'i Kristy². Ny Noely no misterin'izany “fifanakalozana mampitolagaga” izany :

Ry fifanakalozana mampitolagaga ! Ilay mpahary ny olombelona manontolo, naka vatana sy fanahy ho an'ny Tenany, dia nanaiky hateraky ny virjiny, ary tamin'ny fahatongavany ho olombelona tsy natera-dehilahy, no nanomezany antsika ny maha-Andriamanitra Azy³.

460

Ny misterin'ny fahazazan'i Jesoa

527. Ny *famoràna* an'i Jesoa, havalooana taorian'ny nahaterahany⁴, dia famantarana ny fampidirana Azy amin'ny taranak'i Abrahama, amin'ny vahoakan'ny fanekem-pihavanana, amin'ny fankatoavany ny Lalàna⁵, sy amin'ny fanirahana Azy amin'ny fanompoam-pivavahan'i Israely, izay handraisany anjara mandritra ny fiainany manontolo. Io famantarana io no manambara mialoha ny “famoràn'i Kristy”, dia ny Batemy izany⁶. 580 1214
528. Ny *Epifania* no fisehoan'i Jesoa ho Mesian'i Israely, Zanak'Andriamanitra sy Mpamonjin'izao tontolo izao. Miaraka amin'ny Batemin'i Jesoa teo Jordany sy ny fampakaram-bady tao Kanà⁷, no ankalazana amin'ny epifania ny fitsaohan'ireo “majy” avy any Atsinanana an'i Jesoa⁸. Tao amin'ireo “majy” ireo, izay solontenan'ny fivavahan'ny jentily teo amin'ny tany manodidina, no ahitan'ny Evanjely ny santatry ny firenena maro izay mandray ny Vaovao Mahafalin'ny famonjena tamin'ny alalan'ny Fahatongavana ho nofo. Ny fahatongavan'ireo majy tao Jerosalema, mba hitsaoka ny mpanjakan'ny Jody⁹, dia mampiseho fa notadiavin'izy ireo tao amin'i Israely, tamin'ny fahazavan'ny Mesia nasehon'ny kintan'i Davida¹⁰, Ilay izay ho mpanjakan'ny firenena rehetra¹¹. Ny fahatongavan'izy ireo no midika fa ny mpanompo sampy dia tsy afaka hahita an'i Jesoa sy hitsaoka Azy ho Zanak'Andriamanitra sy Mpamonjin'izao tontolo izao raha tsy mitodika any amin'ny Jody¹², sy mandray avy amin'izy ireo ny fampanantenana Mesia ho azy ireo, araka ny voarakitra ao amin'ny 439

¹ jer. Jo 1,13.

² jer. Gal 4,19.

³ LH, sasin-kira amin'ny herinandro aorian'ny Noely.

⁴ jer. Lk 2,21.

⁵ jer. Gal 4,4.

⁶ jer. Kôl 2,11-13.

⁷ jer. LH, sasin-kiran'ny Tonon-kiran'i Maria, Vavaka hariva faharoa amin'ny Epifania.

⁸ jer. Mt 2,1.

⁹ jer. Mt 2,2.

¹⁰ jer. Fan 24,17; Apôk 22,16.

¹¹ jer. Fan 24,17-19.

¹² jer. Jo 4,22.

711-716, 122 Testamenta Taloha¹. Ny Epifania no mampiseho fa ny “hafenoan’ny jentily dia ny miditra ao amin’ny fianakavian’ny patriarka”² sy ny fahazoany ny *tombon-tsoa natokana ho an’i Israely (Israelitica dignitas)*³.

583 529. Ny *fanolorana an’i Jesoa tao an-Tempoly*⁴, no mampiseho Azy ho ilay
Voalohan-Teraka ho an’ny Tompo⁵. Niaraka tamin’i Simeôna sy i Ana, ny
fiandrasana rehetra tao amin’i Israely no tonga *nihaona* tamin’ny Mpamonjy
439 azy (izany no iantsoan’ny lovam-pampianarana bizantinina an’ity zava-
niseho ity). I Jesoa dia fantatra ho ilay Mesia nandrasana fatratra, “
fahazavan’ny firenena” sy “voninahitr’i Israely”, ary koa “famantarana
hotoherina”. Ny sabatry ny fahoriana nolazaina mialoha tamin’i Maria dia
614 manambara an’ilay fanoloran-tena hafa, lavorary sy tokana, eo amin’ny
Hazofijaliana, izay hanome ny famonjena “nomanin’Andriamanitra teo
imason’ny firenena rehetra”.

574 530. Ny *fandosirana tany Ejipta* sy ny famonoana ny zazakely tsy manan-tsiny⁶
no mampiseho ny fanoheran’ny maizina ny mazava : “Tonga tao amin’ny
olony Izy, fa ny olony tsy nandray Azy” (Jo 1,11). Ny fiainan’i Kristy
manontolo, dia ho eo ambany famantarana mampiseho fanenjehana.
Miombona anjara Aminy amin’izany ny mpanara-dia Azy⁷. Ny fiakarany avy
tany Ejipta⁸ dia mampahatsiahy ny Fialana (Eksaody) tany⁹ sy mampiseho
an’i Jesoa ho ilay mpanafaka tanteraka.

Ny misterin’ny fiainana miafin’i Jesoa

2427 531. Fomba fiainana niainan’ny ankamaroan’ny olombelona, no niombonan’i
Jesoa nandritra ny ampahany be indrindra tamin’ny fiainany : fiainana
andavanandro tsy hita nisongadina, fivelomana tamin’ny asa tanana, fiainam-
pivavahana jody teo ambany Lalànan’Andriamanitra¹⁰, fiainana tao anatin’ny
ankohonana. Tao anatin’izany fotoana rehetra izany no mampisehoana
tamintsika fa “nanaiky” an’ireo ray aman-dreniny i Jesoa¹¹ sady “nitombo
fahendrena sy vatana, ary nandroso nahatehotia teo anatrehan’Andriamanitra
sy teo anatrehan’ny olombelona” (Lk 2,51-52).

¹ jer. Mt 2, 4-6.

² Md Léon le Grand, serm. 33, 3.

³ MR, Vigile Pascale 26 : vavaka aorian’ny vakiteny fahatelo.

⁴ jer. Lk 2,22-39.

⁵ jer. Eks 13,12-13.

⁶ jer. Mt 2,13-18.

⁷ jer. Jo 15,20.

⁸ jer. Mt 2,15.

⁹ jer. Ôs 11,1.

¹⁰ jer. Gal 4,4.

¹¹ jer. Lk 2,51.

532. Ny fankatoavan'i Jesoa ny reniny mbamin'ny ray nanangana sy mpitaiza azy, no nahatanteraka an-tsakany sy an-davany ny didy fahefatra. Izany no endriky ny faneken-janaka tao Aminy, teto an-tany, amin'ny Rainy any andanitra. Ny fankatoavan'i Jesoa an'i Josefa sy i Maria isan'andro isan'andro, no nilaza sy nampiseho mialoha ny faneken'ny Alakamisy Masina : "Tsy ny sitrapoko anie..." (Lk 22,42). Ny faneken'i Kristy isan'andro tamin'ny fiainany miafina no nisantatra sahady ny tsanganasam-panarenana izay nopotehin'ny tsy faneken'i Adama¹. 2214-2220 612

533. Ny fiainana miafina tao Nazareta no ahafahan'ny olona rehetra miray fo sy miombon-tsaina amin'i Jesoa amin'ny alalan'ireo fomba fiainana mahazatra andavanandro tsotra indrindra :

I Nazareta no sekoly izay anombohan'ny olona hahatakatra an-tsaina ny fiainan'i Jesoa : sekolin'ny Vaovao Mahafaly (...). Fianarana *ho amin'ny fanginana* aloha. Hitsiry ao amintsika anie ny fitiavana ny fanginana, izay toetra mampitolagaga sy ilaina amin'ny toetran'ny fanahy (...). Fianarana ho amin'ny *fiainam-pianakaviana*. I Nazareta anie no hampianatra antsika ny atao hoe fianakaviana, ny fiombonam-pitiavany, ny hasoany be fihafiana sy feno fahatsorana, ny toetrany masina sy tsy azo zimbazimbaina (...). Fianarana momba ny *asa*. Ry Nazareta, tranon'ny "Zanaka Mpandrafitra ô !", eto no tianay hahatakarana an-tsaina sy hankalazana ny lalàna hentitra sy mpanavotra amin'ny asa mafy ataon'ny olombelona (...); farany, eto koa no tianay hiarahabana an'ireo mpiasa rehetra manerana ny tany ary hanehoana amin'izy ireo ny môdely lehibe, dia ny rahalahin'izy ireo izay Andriamanitra². 2717 2204 2427

534. Ny *fahitana indray an'i Jesoa tao an-Tempoly*³ no zava-niseho tokana izay nampijanona ny fanginan'ny Evanjely ny amin'ny fiainana miafin'i Jesoa tao anatin'ny taona maro. Avelan'i Jesoa ho tsikaritra ao amin'izany ny misterin'ny fanokanana Azy manontolo ho amin'ny fanirahana maha-Zanak'Andriamanitra Azy: "Tsy fantatrarao ve fa tsy maintsy manao ny raharahan'ny Raiko Aho ?". "Tsy azon'ny sain'ny Maria sy Josefa izany teny izany, nefa noraisin'izy ireo tamim-pinoana, ary i Maria "nitahiry araka ny tena izy izany fahatsiarovana rehetra izany tao am-pony" nandritra ny taona maro nifandimby, izay nijanonan'i Jesoa tao anatin'ny fanginan'ny fahatsoram-piainana. 583,2599 964

¹ jer. Rôm 5,19.

² Paoly VI, lahateny tamin'ny faha-5 janoary 1964 tao Nazareta.

³ jer. Lk 2,41-52.

III. Ny misterin'ny fiainan'i Jesoa ampahibemaso

Ny Batemin'i Jesoa

719-720 535. Ny fiantombohan'ny¹ fiainan'i Jesoa ampahibemaso, dia ny nanaovan'i Joany batemy Azy tao Jordany². Nitory “batemim-pibebahana ho famelana ny fahotana” (Lk 3,3) i Joany. Mpanota sesehena, poblikanina sy miaramila³, Farisianina sy Sadôseanina⁴ ary mpivaro-tena⁵, no tonga hataony batemy. “Tamin'izay, niseho i Jesoa.” Ilay Mpanao batemy moa niahotra, i Jesoa kosa nikiry : nandray ny Batemy Izy. Tamin'izay ny Fanahy Masina, niendri-
701 batana toa voromahailala, nidina nankeo ambonin'i Jesoa, ary nisy feo avy an-danitra nanambara hoe : “Izy ity no Zanako malalako” (Mt 3,13-17). Izany
438 no fisehoan'i (“Epifania”) Jesoa ho Mesian'i Israely sy Zanak'Andriamanitra.

606 536. Ny Batemin'i Jesoa, ho Azy, no fanekena sy fisantarana ny iraka maha-Mpanompo mijaly Azy. Nanaiky ho anisan'ny mpanota Izy⁶; efa “ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra izay manala ny fahotan'izao tontolo izao” Izy
1224 (Jo 1,29); nataony mialoha sahady ny “batemin'ny” fahafatesany handatsahany ny rany⁷. Tonga sahady Izy “hanatanteraka ny fahamarinana rehetra” (Mt 3,15), izany hoe hankato manontolo ny sitrapon'ny Rainy :
444,727 nekeny amim-pitiavana io batemim-pahafatesana io ho famelana ny fahotantsika⁸. Tamin'io fanekena io no namalian'ny feon'ny Ray izay
739 nankasitraka manontolo ny Zanany⁹. Ny Fanahy, izay ananan'i Jesoa tanteraka hatramin'ny niforonany tao am-bohoka, no tonga “nitoetra” teo
amboniny¹⁰. Izy no ho loharanon'izany ho an'ny olombelona rehetra. Tamin'ny Bateminy no “nisokatra ny lanitra” (Mt 3,16) izay nohidian'ny fahotan'i Adama; ary nohamasinin'ny fidinan'i Jesoa sy ny Fanahy ny rano, izay fambara ny fahariana vaovao.

1262 537. Tamin'ny alalan'ny sakramentan'ny Batemy ny kristianina no mitovy amin'i Jesoa izay nampihatra mialoha ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona, tamin'ny alalan'ny Bateminy; tsy maintsy miditra ao amin'io misterin'ny fanetrena tena ambany dia ambany sy ny fibebahana io izy, tsy maintsy midina ao anaty rano miaraka amin'i Jesoa, mba hiakatra miaraka

¹ jer. Lk 3,23.

² jer. Asa 1,22.

³ jer. Lk 3,10-14.

⁴ jer. Mt 3,7.

⁵ jer. Mt 21,32.

⁶ jer. Iz 53,12.

⁷ jer. Mk 10,38 ; Lk 12,50.

⁸ jer. Mt 26,39.

⁹ jer. Lk 3,22 ; Iz 42,1.

¹⁰ jer. Jo 1,32-33 ; Iz 11,2.

Aminy avy ao, ka ateraky ny rano sy ny Fanahy mba ho tonga zanaka malalan'ny Ray sy "hiaina ny fiainam-baovao" (Rôm 6,4), ao amin'ny Zanaka :

Milevena isika miaraka amin'i Kristy amin'ny Batemy, mba hitsangan-ko velona miaraka Aminy ; midîna isika miaraka Aminy, mba hasandratra miaraka Aminy ; miakara isika miaraka Aminy, mba homem-boninahitra ao Aminy¹. 628

Izay rehetra niseho tao amin'i Kristy dia mampahafantatra antsika fa aorian'ny fandroana amin'ny rano, midina eo ambonintsika ny Fanahy Masina avy any an-tampon'ny lanitra ary voatsangana ho zanaka amin'ny Feon'ny Ray isika, ka tonga zanak'Andriamanitra².

Ny fakam-panahy nosetrain'i Jesoa

538. Milaza ny fotoana naha-irery an'i Jesoa tany an'efitra teo no eo avy hatrany ny Evanjely, taorian'ny nanaovan'i Joany batemy Azy : "Nasesiky ny Fanahy hankany an'efitra" i Jesoa, ka nitoetra tany efapolo andro, tsy nihinan-kanina; niara-niaina tamin'ny bibidia Izy, ary nanompo Azy ny anjely³. Tamin'ny faran'io fotoana io dia nalain'i Satana fanahy intelo Izy amin'ny fihantsiana mba hitsapana ny toe-pihetsika asehony amin'ny maha-Zanaka Azy manoloana an'Andriamanitra. Notoherin'i Jesoa ireny famelezana ireny, izay nanambatra ny fakam-panahin'i Adama tao am-Paradisa sy i Israely tany an'efitra, ka nandao Azy ny devoly "mandra-piavin'ny fotoana indray" (Lk 4,13). 394 518

539. Manoro ny hevi-pamonjena amin'izany zava-niseho mifono mystery izany, ny mpanoratra ny Evanjely. I Jesoa no Adama vaovao, naharitra tsy nivadika, fa tsy tahaka an'ilay Adama voalohany, izay resin'ny fakam-panahy. Nanatanteraka an-tsakany sy an-davany ny fiantsoana an'i Israely i Jesoa : ny fanoherana an'ireo izay nihantsy an'Andriamanitra fahiny nandritra ny efapolo taona tany an'efitra⁴, no nanehoan'i Kristy ny Tenany ho ilay Mpanompon'Andriamanitra manaiky tanteraka ny sitrapon' Andriamanitra. Amin'izany i Jesoa no ilay mpandresy ny devoly : "Nafatony ilay mahery" mba handrobàny ny ao an-tranony⁵. Ny fandresen'i Jesoa an'ilay mpaka fanahy tany an'efitra no misantatra ny fandresena ny fijaliana, fanekena fara tampon'ny fitiavany ny Ray amin'ny maha-Zanaka Azy. 397 385 609

¹ Md Grégoire de Naz., or.40,9.

² Md Hilaire, Mt. 2,6.

³ jer. Mk 1,13.

⁴ jer. Sal 95,10.

⁵ jer. Mk 3,27.

519,2849 2119 1438 540. Mampiseho ny fomban'ny Zanak'Andriamanitra amin'ny maha-Mesia Azy ny fakam-panahy nosetrain'i Jesoa, mifanohitra amin'ny an'izay atolotr'i Satana Azy sy irin'ny olombelona¹ hiheverana Azy. Izany no antony nandresen'i Kristy ny Mpaka fanahy *antsika* : “Satria tsy mpisorombe tsy mahay mangoraka ny fahalementsika no antsika ; fa efa nalaim-panahy tahaka antsika tamin'ny zavatra rehetra Izy, fa tsy nanota” (Heb 4,15). Isantaona ny Fiangonana dia miombona amin'ny misterin'i Jesoa tany an'efitra nandritra ny efaolo andro, amin'ny *Karemy Lehibe*.

“Efa akaiky tokoa ny Fanjakan'Andriamanitra”

669,768, 865 2816 763 541. “Nankany Galilea i Jesoa, taorian'ny nampidirana an-tranomaizina an'i Joany. Izao no antso avo nataony tany momba ny Vaovao Mahafaly avy amin'Andriamanitra : "Tonga ny fotoana, ary efa akaiky tokoa ny Fanjakan'Andriamanitra : mibebaha ianareo ary minoa ny Vaovao Mahafaly”” (Mk 1,14-15). “Mba hanatanterahana ny sitrapon'ny Ray, dia nosantarin'i Kristy teto an-tany ny Fanjakan'ny lanitra”². Ary izao no sitrapon'ny Ray : ny “hanandratra ny olombelona hiombona amin'ny ain' Andriamanitra”³. Tamin'ny namondronany ny olombelona manodidina an'i Jesoa-Kristy Zany, no nanaovan'ny Ray izany. Ny Fiangonana, izay “tsiry sy fanombohan'ny Fanjakan'Andriamanitra”⁴ eto an-tany, io famondronana io.

2233 789 542. I Kristy no foiben'io famondronana ny olombelona io ao anatin'ny “fianakavian'Andriamanitra”. Antsoiny hanodidina Azy izy ireo, amin'ny alalan'ny teniny sy ny famantarana nataony izay maneho ny fanjakan'Andriamanitra, ary ny fanirahana ny mpianany. Ny hanatanterahany ny fahatongavan'ny Fanjakany dia amin'ny alalan'ny mystery lehibe momba ny Pakany indrindra : ny fahafatesany teo amin'ny Hazofijaliana sy ny Fitsanganany ho velona. “Ary izaho, rahefa tafasandratra hiala amin'ny tany, dia hitarika ny olona rehetra hanatona Ahy” (Jo 12,32). Ho amin'izany firaisana amin'i Kristy izany no iantsoana ny olombelona rehetra⁵.

Ny fitoriana ny Fanjakan'Andriamanitra

764 543. Ny *olona rehetra* no antsoina hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Io Fanjakan'ny Mesia io, izay notorina tamin'ny zanak'i Israely aloha⁶, dia natao handraisana ny olombelona avy amin'ny firenen-drehetra⁷. Tsy maintsy raisina ny tenin'i Jesoa, mba hidirana ao :

¹ jer. Mt 16,21-23.

² FF 3.

³ FF 2.

⁴ FF 5.

⁵ jer. FF 3.

⁶ jer. Mt 10,5-7.

⁷ jer. Mt 8,11; 28,19.

Oharina indrindra amin'ny voa afafy izay mamoa ao an-tanimboly ny tenin'ny Tompo : mandray ny fanjakan'i Kristy mihitsy, ireo izay mihaino izany amin-pinoana sy miray amin'ny andian'ondry keliny ; manaraka izany, mitombo mandra-pahatongan'ny fotoam-pijinjana, ny voa mamoa, noho ny herin'ny tenany ihany¹.

544. An'ny mahantra sy ny madinika ny Fanjakan'Andriamanitra, izany hoe an'ireo izay nandray izany tamin'ny fo manetry tena. Nirahina i Jesoa mba “hampita ny Vaovao Mahafaly amin'ny mahantra” (Lk 4,18)². Nambarany hoe sambatra izy ireo satria “azy ireo ny Fanjakan'ny lanitra” (Mt 5,3) ; tamin'ireo “madinika” no sitraky ny Ray hanambaràna an'izay nijanona ho zava-miafina amin'ny hendry sy ny kinga saina³. Niombom-piainana tamin'ny mahantra i Jesoa, nanomboka tao an-tranonomby ka hatrany amin'ny Hazofijaliana ; fantany ny hanoanana⁴, ny hetaheta⁵ sy ny fihafiana mbamin'ny tsy fananana na inona na inona⁶. Fa indrindra : naka ny endriky ny mahantra isan-karazany Izy ary nanao ny fitiavana arahina asa izay atao amin'izy ireny ho fepetra hidirana ao amin'ny Fanjakany⁷. 709
2443,2546
545. Manasa ny mpanota ho eo amin'ny latabaty ny Fanjakan'Andriamanitra i Jesoa : “Tsy tonga hiantso ny marina aho, fa ny mpanota” (Mk 2,17)⁸. Taominy ho amin'ny fibebahana izy ireo, raha tsy izany tsy ho afaka miditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, nefa asehony azy ireo amin'ny teny sy amin'ny asa ny famindram-po tsy misy fetran'ny Rainy ho azy ireo⁹ sy ny “hafaliam-be any an-danitra amin'ny mpanota iray mibebaka” (Lk 15,7). Ny porofo fara tampony mampiseho izany fitiavana izany, dia ny hanaovany sorona ny ainy mihitsy “ho famelana ny fahotana” (Mt 26,28). 1443,588,
1846
1439
546. Miantso ny olona hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra i Jesoa, amin'ny alalan'ny fanoharana, izay fomba fanehoan-kevitra miavaka amin'ny fampianarany¹⁰. Amin'ny alalan'ireny Izy no manasa ny olona ho amin'ny fanasam-ben'ny Fanjakan'ny lanitra¹¹, nefa mitaky safidy hentitra koa : mba hahazoana ny Fanjakan'ny lanitra, tsy maintsy mahafoy ny zavatra rehetra¹² ; tsy ampy ny teny fotsiny, fa tsy maintsy arahina asa¹³. Toy ny fitaratra ho 2613

¹ FF 5.

² jer. Lk 7,22.

³ jer. Mt 11,25.

⁴ jer. Mk 2,23-26 ; Mt 21,18.

⁵ jer. Jo 4,6-7 ; 19,28.

⁶ jer. Lk 9,58.

⁷ jer. Mt 25,31-46.

⁸ jer. 1 Tim 1,15.

⁹ jer. Lk 15,11-32

¹⁰ jer. Mk 4,33-34.

¹¹ jer. Mt 22,1-14.

¹² jer. Mt 13,44-45.

¹³ jer. Mt 21,28-32.

an'ny olona ny fanoharana : tahaka ny tany mafy sa sahala amin'ny tany tsara no andraisany ny teny¹ ? Inona no ataony ny amin'ny talenta noraisiny² ? I Jesoa sy ny fisian'ny Fanjakan'ny lanitra eto amin'ity izao tontolo izao ity, dia miafina eo anivon'ireny fanoharana ireny. Tsy maintsy miditra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra, izany hoe tsy maintsy tonga mpianatr'i Kristy, mba "hahalala ny misterin'ny Fanjakan'ny lanitra" (Mt 13,11). Mijanona ho saro-pantarina ny zava-drehetra³, ho an'ireo izay mitoetra "any ivelany" (Mk 4, 11).

Ireo famantarana ny Fanjakan'Andriamanitra

547. Ny tenin'i Jesoa dia arahiny "zava-mahagaga, zava-mahatalanjona ary famantarana" (Asa 2,22) maro be, izay mampiseho fa eo Aminy ny Fanjakan'Andriamanitra. Manamarina izy ireny fa i Jesoa no ilay Mesia nambara⁴.

156,2616 548. Porofoin'ireo famantarana notontosain'i Jesoa, fa ny Ray no naniraka Azy⁵. Mitaona hino Azy ireny⁶. Ho an'ireo izay manatona Azy amim-pinoana, omeny izay zavatra angatahin'izy ireo⁷. Amin'izany ireo zava-mahagaga no mampahery ny finoana an'Ilay izay manao ny tsanganasan'ny Rainy : manaporofy ireny fa Izy no Zanak'Andriamanitra⁸. Kanefa mety koa ho tonga zava-manafintohina ireny⁹. Tsy hoe hanome fahafaham-po ny fahalianana sy ny faniriana mahazendana tsy akory ireny. Na marina tsy takona afenina aza ny zava-mahagaga nataon'i Jesoa, dia nolavin'ny olona sasany Izy¹⁰; ampangaina aza Izy hoe manao asa amam-pihetsika amin'ny alalan'ny demony¹¹.

1503 549. Tamin'ny nanafahana ny olona sasany tamin'ny ratsy misy eto an-tany, toy ny hanoanana¹², ny tsy fahamarinana¹³, ny aretina ary ny fahafatesana¹⁴, dia nametraka ny famantarana maha-Mesia Azy i Jesoa ; na izany aza, tsy tonga mba hanafoana ny ratsy rehetra eto an-tany Izy¹⁵, fa mba hanafaka ny olona amin'ny fanandevozana faran'izay mahatsiravina, dia ny an'ny fahotana

¹ jer. Mt 13,3-9.

² jer. Mt 25,14-30.

³ jer. Mt 13,10-15.

⁴ jer. Lk 7,18-23.

⁵ jer. Jo 5,36 ; 10,25.

⁶ jer. Jo 10,38.

⁷ jer. Mk 5,25-34 ; 10,52 ; sns.

⁸ jer. Jo 10,31-38.

⁹ jer. Mt 11,6.

¹⁰ jer. Jo 11,47-48.

¹¹ jer. Mk 3,22.

¹² jer. Jo 6,5-15.

¹³ jer. Lk 19,8.

¹⁴ jer. Mt 11,5.

¹⁵ jer. Lk 12,13-14 ; Jo 18,36.

izany¹, izay manampontsampona amin'ny fiantsoana azy ireo ho zanak' Andriamanitra sy mahatonga ny fanandevozana rehetra maha-olombelona ny olombelona.

550. Ny fahatongavan'ny Fanjakan'Andriamanitra no faharesen'ny fanjakan'i Satana² : “Raha amin'ny Fanahin'Andriamanitra no androahako ny demony, dia efa tonga ho anareo tokoa ny Fanjakan'Andriamanitra” (Mt 12,28). Ny *fandroahan'i Jesoa ny demony* no manafaka ny olona amin'ny fahefan'ny demony³. Ireny no misantatra mialoha ny fandresena miezinezin'i Jesoa amin'ilay “mpanapaka an'izao tontolo izao” (Jo 12,31). Amin'ny alalan'ny Hazofijalian'i Kristy ny Fanjakan'Andriamanitra no miorina mandrakizay : “Avy eo ambonin'ny hazofijaliana no nanjaka Andriamanitra”⁴. 394 1673 440,2816

“ Ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra”

551. Vao nanomboka ny raharaham-pamonjeny ampahibemaso i Jesoa, dia nifidy lehilahy roa ambin'ny folo mba hiaraka Aminy sy mba handray anjara amin'ny fanirahana Azy⁵. Nomeny anjara amin'ny fahefany izy ireo “ary nirahany hitory ny Fanjakan'Andriamanitra sy hanasitrana ny marary” (Lk 9,2). Mijanona ho mpikambana mandrakizay ao amin'ny Fanjakan'i Kristy izy ireo satria amin'ny alalan'i Kristy no hitondran'izy ireo ny Fiangonana : 858 765

Izaho hanamboatra Fanjakana ho anareo, tahaka ny nanamboaran'ny Raiko Fanjakana ho Ahy ; mba hihinananareo sy hisotroanareo eo amin'ny latabatra any amin'ny Fanjakako, ary hipetrahanareo amin'ny seza fiandrianana hitsara ny foko roa ambin'ny folon'i Israely (Lk 22,29-30).

552. Amin'ny fiombonam-piadiidian'ny Roa ambin'ny folo, i Simôna Piera no mitana ny toerana voalohany⁶. Nanankinan'i Jesoa andraikitra tsy manampaharoa izy. Noho ny fanambaràna avy amin'ny Ray no nahatonga an'i Piera niaiky hoe : “Ianao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona”⁷. Tamin'izay, hoy ny nambaran'ny Tompontsika taminy : “Ianao no Piera (vatolampy), ary eo ambonin'izany vatolampy izany no hanorenako ny Fiangonako, ary ny Vavahadin'ny afobe tsy haharesy azy” (Mt 16,18). I Kristy, “Vato velona” (1 Pi 2,4), no miantoka ho an'ny Fiangonany miorina eo ambonin'i Piera, amin'ny fandresena ny hery amam-pahefan'ny fahafatesana. I Piera, noho ny finoana nekeny ampahibemaso, dia haharitra ho vatolampin'ny Fiangonana 880,153, 442 424

¹ jer. Jo 8,34-36.

² jer. Mt 12,26.

³ jer. Lk 8,26-39.

⁴ Antsa « Vexilla Regis ».

⁵ jer. Mk 3,13-19.

⁶ jer. Mk 3,16 ; 9,2 ; Lk 24,34 ; 1 Kôr 15,5.

⁷ jer. Mt 16,16.

tsy voahozongozona. Hanana andraikitra hitahiry izany finoana izany tsy ho lefy izy sy hanamafy ny finoan'ireo rahalahiny¹.

553. Nanankinan'i Jesoa fahefana manokana i Piera : “Homeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra : na inona na inona hofehезinao ety antany dia ho voafehy any an-danitra, ary na inona na inona hovahanao ety antany dia ho voavaha any an-danitra” (Mt 16,19). Ilazana ny fanomezampahefana hitondra ny tranon'Andriamanitra, izay tsy inona fa ny Fiangonana, ny hoe : “fahefan'ny fanalahidy”. Nanamafy izany fiadidiana izany i Jesoa, “ilay Mpiandry ondry Tsara” (Jo 10,11), taorian'ny Fitsanganany ho velona : “Fahano ny ondriko” (Jo 21,15-17). Ny fahazoam-pahefana “hamehy sy hamaha” dia midika fahefana hamela ny fahotana, hamoaka hevitra voalanjalanja amin'ny fitambaram-pampianarana momba ny finoana sy ny lalàna ary handray fanapahan-kevitra momba ny fitsipi-pifehezana ao amin'ny Fiangonana. Nankinin'i Jesoa amin'ny Fiangonana io fahefana io, amin'ny alalan'ny andraiki-panompoan'ny apôstôly², ary indrindra ny an'i Piera manokana, ilay izay hany nanankinany miharihary ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra.

Santa-pahasambarana any amin'ny Fanjakan'ny lanitra : ny Fiovàn-tarehy

554. Hatramin'ny andro nieken'i Piera fa i Jesoa no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona, no “nanomboka namboraka tamin'ireto mpianany ilay Mpampianatra fa tsy maintsy ho any Jerosalema Izy, hijaly any (...) hovonoina, fa hitsangan-ko velona amin'ny andro fahatelo” (Mt 16,21) : nandà izany filazana izany i Piera³, tsy nahazo loatra an'izany kosa ireo hafa⁴. Tao anatin'izany toe-javatra izany no nametrahana ny sombin-tantara mifono mystery momba ny Fiovàn-tarehin'i Jesoa⁵, tany an-tendrombohitra avo iray, teo anatrehan'ireo vavolombelona anankitelo nofidiny : i Piera, i Jakôba ary i Joany. Ny tarehin'i Jesoa sy ny fitafiany nanjary nanjelanjelatry ny fahazavana, i Môizy sy i Elia niseho, sy “nilaza ny hialan'i Jesoa eto an-tany izay tsy maintsy hotanteraka any Jerosalema” (Lk 9,31). Nisy rahona nanarona azy ireo sy feo avy any an-danitra nanambara hoe : “Ity no Zanako, ilay Nofidiko ; henoy Izy” (Lk 9,35).

555. Nasehon'i Jesoa tao anatin'ny fotoana fohy ny voninahitra maha-Andriamanitra Azy, izay nankaherezany ny fiekem-pinoan'i Piera. Nasehony koa fa mba “hidirana amin'ny voninahiny” (Lk 24,26), dia tsy maintsy

¹ jer. Lk 22,32.

² jer. Mt 18,18.

³ jer. Mt 16,22-23.

⁴ jer. Mt 17,23 ; Lk 9,45.

⁵ jer. Mt 17,1-8 // ; 2 Pi 1,16-18.

mandalo amin'ny Hazofijaliana any Jerosalema Izy. Nahita maso ny 2576,2583
Voninahitr'Andriamanitra teo an-Tendrombohitra, i Môizy sy i Elia ;
nanambara ny fijalian'ny Mesia ny Lalàna sy ny Mpaminany¹. Sitrapon'ny
Ray tokoa ny fijalian'i Jesoa : nanao ny asan'ny Mpanompon'Andriamanitra
ny Zanaka². Manondro ny fisian'ny Fanahy Masina teo, ny rahona : “Niseho
tamin'izany ny Trinite manontolo : ny Ray tamin'ny feo, ny Zanaka tamin'ny 257
maha-Olombelona Azy, ny Fanahy Masina tamin'ny rahona mazava”³ :

Ry Kristy Andriamanitra, niova tarehy teo an-tendrombohitra Ianao, ary
nibanjina ny Voninahitrao araka izay azony natao ny mpianatrao, mba
hahazoan'izy ireo an-tsaina, rahefa hahita Anao hofantsihana amin'ny
Hazofijaliana, fa an-tsitraro no nijalianao, ary mba hitorian'izy ireo amin'izao
tontolo izao fa Ianao marina no famirapiratan'ny Ray⁴.

556.Ny Batemy no fiandohan'ny fiainana ampahibemaso; ny Fiovàn-tarehy kosa
no fiandohan'ny Paka. Tamin'ny Batemin'i Jesoa “no naseho ny misterin'ny
fanavaozana voalohany antsika” : ny Batemintsika ; ny Fiovàn-tarehy “no
sakramentan'ny fanavaozana faharoa” : ny fananganana ny vatantsika ho
velona⁵. Manomboka izao isika no mandray anjara amin'ny Fitsanganan'ny 1003
Tompo ho velona amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay miasa ao amin'ny
sakramentan'ny Vatan'i Kristy. Ny Fiovàn-tarehy no manome antsika ny
santatry ny fahatongavan'i Kristy amim-boninahitra “izay hanova ny
vatantsika tsinontsinona mba hampitovy endrika izany amin'ny Vatany be
voninahitra” (Filip 3,21). Kanefa mampahatsiaro antsika koa izany fa “amim-
piaretana fahoriana betsaka no tsy maintsy idirantsika ao amin'ny Fanjakan'
Andriamanitra” (Asa 14,21) :

Tsy mbola fantatr'i Piera izany raha naniry hiara-mitoetra amin'i Kristy teo
an-tendrombohitra izy⁶. Notahiriziny ho anao izany, ry Piera, ho amin'ny
aorian'ny fahafatesana. Fa ankehitriny ny tenany ihany no milaza hoe :
Midina mba hiaritra fijaliana mafy eto an-tany, mba hanompo eto an-tany,
mba hoesoina, hofantsihana amin'ny hazofijaliana eto an-tany. Nidina ilay
Fiainana mba hovanoina ; nidina ilay Mofo mba ho noana ; nidina ilay Lalana
mba ho sasatry ny dia ; nidina ilay Loharano mba hangetaheta ; ka ianao ve
handà tsy hijaly⁷ ?

¹ jer. Lk 24,27.

² jer. Iz 42,1.

³ Md Thomas d'A., s.th. 3,45, 4,ad 2.

⁴ Litorzia bizantinina, « Kontakion » ny fetin'ny Fiovan-tarehy.

⁵ Md Thomas d'A. s.th. 3,45,4,ad 2.

⁶ jer. Lk 9,33.

⁷ Md Augustin, serm. 78,6.

Ny fiakaran'i Jesoa any Jerosalema

557. “Ary nony antomotra ny andro tsy maintsy hanalana an'i Jesoa amin'izao tontolo izao, dia nanapa-kevitra hankany Jerosalema Izy” (Lk 9,51)¹. Nampahafantariny tamin'izany fanapahan-kevitra izany fa niakatra tany Jerosalema Izy, ary vonona ho faty tany. Intelo miantoana Izy no nanambara ny fijaliany sy ny Fitsanganany ho velona². Teny am-pizorana ho any Jerosalema, dia hoy Izy : “Tsy mety raha mpaminany ka dia hovonoina ivelan'i Jerosalema” (Lk 13,33).

558. Mahatsiaro ny mpaminany natao martyry izay novonoina tao Jerosalema i Jesoa³. Kanefa, nikiry niantso an'i Jerosalema Izy mba hiangona manodidina Azy : “Impiry no nitadiavako hanangona ny zanakao tahaka ny anangonan' ny reniakoho ny zanany eo ambanin'ny elany (...) fa tsy nety ianao !” (Mt 23,37b). Rahefa nahita an'i Jerosalema i Jesoa dia nitomany azy⁴, ary mbola naneho indray mandeha ny fanirian'ny fony nanao hoe : “Endre! raha izay ianao no mba nahalala izay hafatra hampiadana anao, na dia amin'ity andro nomena anao ity ihany aza ! Saingy indrisy! takona ny masonao izany ankehitriny” (Lk 19,42).

Ny fidirana maha-Mesia an'i Jesoa tao Jerosalema

559. Fomba ahoana no andraisan'i Jerosalema ny Mesiany ? Nodifian'i Jesoa hatrany aloha ny fitadiavan'ny vahoaka hanao Azy ho mpanjaka⁵, fa nifidy ny fotoana Izy ary nanomana tamin'ny an-tsipiriany ny fidirany amin'ny maha-Mesia Azy tao an-tanànan'i “Davida rainy” (Lk 1,32)⁶. Nohobina ho zanak'i Davida Izy, ilay mitondra ny famonjena (*Hosanna* dia midika hoe : “vonjeo re !”, “omeo ny famonjena !”). Ary niditra tao an-Tanànan'ny ilay “Mpanjakan'ny Voninahitra” (Sal 24,7-10), “nitaingina zanak'ampondra” (Zak 9,9) : Tsy tamin'ny hafetsena na herisetra no nandreseny ny Zanakavavin'i Siôna, sary an'ohatra ny Fiangonany, fa tamin'ny fanetrentena izay mampiseho ny Marina⁷. Izany no nahatonga ny ankizy⁸ sy ny 333 Fanjakany, izay nihoby Azy toy ny nanambaràn'ny anjely Azy tamin'ny mpiandry ondry⁹. Ny fihobian'izy ireo hoe : “Hosoavina anie ilay avy amin'ny anaran'ny Tompo” (Sal 118,26), dia averin'ny Fiangonana amin'ny

¹ jer. Jo 13,1.

² jer. Mk 8,31-33 ; 9,31-32 ; 10,32-34.

³ jer. Mt 23,37a.

⁴ jer. Lk 19,41.

⁵ jer. Jo 6,15.

⁶ jer. Mt 21,1-11.

⁷ jer. Jo 18,37.

⁸ jer. Mt 21,15-16 ; Sal 8,3.

⁹ jer. Lk 19,38 ; 2,14.

“Masina! Masina! Masina!” (Sanctus) amin’ny litorzian’ny Eokaristia, ho fanorenana ny tsangambato fahatsiarovana ny Pakan’ny Tompo. 1352

560. Ny *fidiran’i Jesoa tao Jerosalema* dia mampiseho ny Fahatongavan’ny Fanjakan’ny lanitra izay hotanterahin’ily Mesia-Mpanjaka amin’ny Pakan’ny Fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona. Ny fankalazany izany amin’ny alahadin’ny Sampan-kazo, no anombohan’ny litorzian’ny Fiangonana ny Herinandro Masina lehibe. 550,2816 1169

FAMINTINANA

561. “*Fampianarana mitohy lalandava ny fiainan’i Kristy manontolo : ny fanginany, ny zava-mahagaga nataony, ny fihetsiny, ny fivavahany, ny fitiavany ny olombelona, ny tombom-pitiavany ny madinika sy ny mahantra, ny fanekeny ho sorona manontolo teo amin’ny Hazofijaliana ho fanavotana an’izao tontolo izao, ny Fitsanganany ho velona, dia fampiharana ny teniny sy fanatanterahana ny Fanambaràna*”¹.

562. *Tsy maintsy maka tahaka an’i Kristy ny mpianany, mandra-pahary an’i Kristy ao anatin’izy ireo*². “*Noho izany, voakambana ao amin’ny misterin’ny fiainany isika, mitovy endrika Aminy, tafaray amin’ny fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona, eo am-piandrasana ny fahatanterahan’izany amin’ny Fanjakany*”³.

563. *Tsy afaka hahatratra an’Andriamanitra eto an-tany, na Mpiandry ondry na Majy, raha tsy mandohalika eo anoloan’ny tranonombin’i Betilehema ary mitsaoka Azy voafina ao amin’ny halemen-jazakely.*

564. *Tamin’ny fankatoavany an’i Maria sy Josefa, ary koa tamin’ny asany tsotra dia tsotra nandritra ny taona maro tao Nazareta no anomezan’i Jesoa antsika oha-pahamasinana eo amin’ny fiainana andavanandron’ny fianakaviana sy ny asa.*

565. *Hatramin’ny fanombohan’ny fiainany ampahibemaso, tamin’ny Bateminy, i Jesoa no ilay "Mpanompo" manokan-tena tanteraka amin’ny tsanganasam-panavotana izay ho tanteraka amin’ny "batemim"-pijaliany.*

566. *Ny fakam-panahy tany an’efitra dia mampiseho an’i Jesoa, Mesia manetry tena izay mandresy an’i Satana, noho ny firaiketany manontolo amin’ny fandaharam-pamonjena sitraky ny Ray.*

¹ CT 9.

² jer. Gal 4, 19.

³ FF 7.

567. *Teto an-tany no nisantaran'i Kristy ny Fanjakan'ny lanitra. "Amin'ny alalan'ny teniny sy ny asany ary ny maha-eo Azy, no amirapiratan'io Fanjakana io eo imason'ny olombelona"*¹. Ny Fiangonana no tsiry sy santatr'io Fanjakana io. Nankinina tamin'i Piera ny fanalahidiny.

568. *Ny hampahery ny finoan'ireo apôstôly ho amin'ny fijaliana no kendren'ny Fiovàn-tarehin'i Kristy : ny fiakarana tany an-"tendrombohitra avo" no manomana ny fiakarana any an-tampon'i Kalvery. Asehon'i Kristy, Lohan'ny Fiangonana, izay raketin'ny Vatany sy mampirapiratra ao amin'ny sakramenta : "ny fanantenana ny Voninahitra" (Kôl 1,27)*².

569. *Niakatra an-tsitrapo tany Jerosalema i Jesoa, na efa fantany tokoa aza fa ho faty amin'ny herisetra any Izy, noho ny fanoheran'ny mpanota Azy*³.

570. *Mampiseho ny fahatongavan'ny Fanjakan'Andriamanitra, ny fidiran'i Jesoa tao Jerosalema, ka ilay Mesia-Mpanjaka raisin'ny ankizy madinika sy ny manetry tena ao am-po, ao an-tanànany, no hanatanteraka izany amin'ny alalan'ny Pakan'ny Fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona.*

ANDALANA 4

"Nijaly i Jesoa faha-Pôntsy Pilaty, nofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana, maty dia nalevina"

1067 571. Ny misterin'ny Paka namantsihana an'i Kristy teo amin'ny Hazofijaliana sy ny Fitsanganany ho velona no votoatin'ny Vaovao Mahafaly, ka ireo apôstôly sy ny Fiangonana manara-dia azy ireo, no tsy maintsy mitory izany amin'izao tontolo izao. Tamin'ny alalan'ny fahafatesam-panavotan'i Jesoa-Kristy Zanany no nahatanteraka "indray mandeha dia ampy" (Heb 9,26) ny fandaharam-pamonjen'Andriamanitra.

599 572. Matoky lalandava ny Fiangonana, amin'ny "fanazavana ny Soratra Masina manontolo" nomen'ny Tenan'i Jesoa mihitsy, na taloha na taorian'ny Pakany⁴: "Moa tsy tokony ho niaritra ireny fijaliana ireny va ny Mesia mba hidirany amin'ny voninahiny ?" (Lk 24,26). Niverina toy ilay tena nitranga ireo fijalian'i Jesoa notantaraina, rahefa tamin'ny filazana ny "nanosehan'ny loholona sy ny lohandohan'ny mpisorona ary ny mpahay lalàna" (Mk 8,31) Azy, izay "nanolotra Azy tamin'ny jentily mba hoesoina, hokapohina ary hofantsihana amin'ny Hazofijaliana" (Mt 20,19).

¹ FF 5.

² Md Léon le Grand, serm. 51,3.

³ jer. Heb 12,3.

⁴ jer. Lk 24,27.44-45.

573. Koa, azon'ny finoana atao ny miezaka manadihady ireo toe-javatra niseho momba ny nahafatesan'i Jesoa, ampitain'ny Evanjely araka ny tena izy¹ ary 158 hazavain'ny loharanon-tantara hafa, mba hahazoan'ny saina tsaratsara kokoa ny hevitra raketin'ny Fanavotana.

Paragrafy 1. *Jesoa sy Israely*

574. Vao nanomboka ny raharaham-pamonjena ampahibemaso i Jesoa, dia efa niray tsikombakomba amin'izay hahavoazana Azy ny Farisianina sy ny mpomba an'i Herôda, niaraka tamin'ny mpisorona sy ny mpahay lalàna². 530 Tamin'ireo asa sasantsasany nataony (fandroahana demony³, famelana ny fahotana⁴, fanasitranana amin'ny andro sabata⁵, fanazavana hafahafa momba ireo fitsipiky ny fahadiovana voalazan'ny Lalàna⁶ ; fifankahazoana amin'ny poblikanina sy ny mpanota fanta-poko fanta-pirenena⁷), dia noheverin'ny sasany ratsy eritreritra, fa misy demony i Jesoa⁸. Fitenenan-dratsy an' Andriamanitra⁹ sy faminania sandoka¹⁰ no niampangana Azy, izay heloka 591 bevava ara-pivavahana, ka fanamelohana ho faty amin'ny fitoraham-bato no sazy ahatran'ny Lalàna amin'izany¹¹.

575. Betsaka tokoa izany ny asa sy ny tenin'i Jesoa no “famantarana hotoherina”¹², ho an'ireo mpitondra ara-pivavahana tao Jerosalema, izay antsoin'ny Evanjelin'i Md Joany matetika hoe “ny Jody”¹³, ary vao mainka ho an'ny fiombonamben'ny Vahoakan'Andriamanitra¹⁴. Marina fa ny fifandraisany tamin'ny Farisianina tsy dia hoe fifandiran-kevitra fotsiny akory. Fa Farisianina no nampandre Azy rahefa nisy loza nananontanona¹⁵. Derain'i Jesoa ny sasany tamin'izy ireo, toy ilay mpahay lalàna voalazan'i Mk 12,34, ary imbetsaka nisakafo tany amin'ny Farisianina Izy¹⁶. Namarinin'i Jesoa ny tena hevitra ny fitambaram-pampianarana niombonan'ireo sangan'olona ara-pivavahana teo amin'ny Vahoakan'Andriamanitra : ny fitsanganan' ny maty ho velona¹⁷, ny endriky ny fitiavana aseho an'asa (fiantrana, fifadian-kanina

¹ jer. FA 19.

² jer. Mk 3,6.

³ jer. Mt 12,24.

⁴ jer. Mk 2,7.

⁵ jer. Mk 3,1-6.

⁶ jer. Mk 7,14-23.

⁷ jer. Mk 2,14-17.

⁸ jer. Mk 3,22 ; Jo 8,48 ; 10,20.

⁹ jer. Mk 2,7 ; Jo 5,18 ; 10,33.

¹⁰ jer. Jo 7,12 ; 7,52.

¹¹ jer. Jo 8,59 ; 10,31.

¹² jer. Lk 2,34.

¹³ jer. Jo 1,19 ; 2,18 ; 5,10 ; 7,13 ; 9,22 ; 18,12 ; 19,38 ; 20,19.

¹⁴ jer. Jo 7,48-49.

¹⁵ jer. Lk 13,31.

¹⁶ jer. Lk 7,36 ; 14,1.

¹⁷ jer. Mt 22,23-34 ; Lk 20,39.

993 ary fivavahana)¹ sy ny fahazarana miteny amin'Andriamanitra ho toy ny Ray, ny votoaty mampiavaka ny didim-pitiavana an'Andriamanitra sy ny namana².

576. I Jesoa, teo imason'ny maro tao Israely, dia toa manao asa amam-pihetsika manohitra ny fototry iorenan'ny Vahoaka voafidy :

- ny fankatoavana ny Lalàna mirakitra manontolo ireny didiny voasoratra ireny, ary ho an'ny Farisianina dia ny fankatoavana ny fanazavana ny lovantsofina nampitaina am-bava;
- ny maha-ivon-toerana ny Tempolin'i Jerosalema, noho izy toerana masina izay onenan'Andriamanitra amin'ny fomba manokana;
- ny finoana an'Andriamanitra tokana izay tsy misy na iza na iza mitovy voninahitra Aminy.

I. I Jesoa sy ny Lalàna

1965 577. Fampitandremana ampahibemaso no nataon'i Jesoa tamin'ny fanombohana ny Toriteny teo an-Tendrombohitra, izay teo Izy no nanolotra ny Lalàna nomen'Andriamanitra teo Sinaia tamin'ny Fanekem-pihavanana Voalohany, teo ambany fitsilovan'ny fahasoavan'ny Fanekem-pihavanana Vaovao :

1967 “Aza ataonareo fa tonga Aho hanafoana ny Lalàna na ny Mpaminany ; tsy tonga hanafoana Aho, fa hanatanteraka. Fa lazaiko marina aminareo, fa mandra-pahalevon'ny lanitra sy ny tany, dia tsy hisy foana akory ny amin'ny Lalàna na dia i iray na tendro amin'ny i iray akory aza, raha tsy tanteraka izy rehetra. Koa amin'izany, ilay izay handika ny anankiray amin'ireo didy madinika indrindra ireo, dia ho kely indrindra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra; fa ilay izay hanatanteraka sy hampianatra ireo kosa dia ho lehibe ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra” (Mt 5,17-19).

1953 578. I Jesoa, ilay Mesian'i Israely, ilay lehibe indrindra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra àry, dia tsy maintsy nanatanteraka ny Lalàna manontolo hatramin'ny didy madinika indrindra, araka ny teny naloakan'ny vavany ihany. Izy mihitsy aza no hany afaka nanao izany tamin'ny fomba lavorary³. Niaiky marimarina moa ny Jody, fa tsy vitan'izy ireo na oviana na oviana izany hanatanteraka ny Lalàna manontolo izany ka hoe tsy handika na dia ny didy faran'izay madinika aza⁴. Izany no mahatonga ny zanak'i Israely isan-taona, amin'ny fetin'ny Fanonerana, hangata-pamelana amin'Andriamanitra noho ny fandikan'izy ireo ny Lalàna. Satria, iray tsy mivaky ny Lalàna, araka ny fampahatsiahivan'i Md Jakôba izany, fa “na zovy na zovy mitandrina ny

¹ jer. Mt 6,2-18.

² jer. Mk 12,28-34.

³ jer. Jo 8,46.

⁴ jer. Jo 7,19 ; Asa 13,38-41 ; 15,10.

Lalàna manontolo, nefa diso amin'ny anankiray monja, dia meloka amin'izy rehetra” (Jak 2,10)¹.

579. Io fitsipika fototra mahakasika manontolo ny fitandremana ny Lalàna io, izay tsy ara-bakiteny ihany fa ara-panahy koa, dia sarobidy ho an'ny Farisianina. Ny fampisongadinana azy ity ho an'i Israely no nitarihan'ny Farisianina ireo Jody maro, tamin'ny andron'i Jesoa, ho an'ny zotom-pom-pivavahana mihoa-pampana². Io zotom-po io, raha tsy mivadika ho fahaiza-manazava kônsiansy “feno fihatsarambelatsihy”³, dia afaka nanomana ny vahoaka amin'ilay firotsahan' Andriamanitra an-tsehatra amin'ny fomba mahatalanjona, izay tsy inona fa ny fanatanterahana ny Lalàna an-tsakany sy an-davany ataon'Ilay hany Marina, eo amin'ny toeran'ny mpanota rehetra⁴.

580. Tsy ho tanteraka an-tsakany sy an-davany ny Lalàna, afa-tsy amin'ny asan' Izy Andriamanitra Mpanao lalàna ihany, ao amin'ny Tenan'ny Zanany izay nateraka teo ambanin'ny Lalàna⁵. Ao amin'i Jesoa, tsy voasokitra intsony amin'ny takela-bato ny Lalàna, fa “ao am-po lalin'ilay” (Jer 31,33) Mpanompo, izay manjary “fanekem-pihavanana ho an'ny vahoaka” (Iz 42,6), noho Izy “hamoaka amim-pahamarinana ny lalàna” (Iz 42,3). Nanatanteraka ny Lalàna i Jesoa hatramin'ny nandraisany ho an'ny Tenany “ny ozon'ny Lalàna” (Gal 3,13) setrain'ireo izay “tsy manatanteraka ny didy rehetra raketin'ny Lalàna⁶, satria “nisy ny fahafatesan'i Kristy mba hanonerana ny fandikan-dalàna tamin'ny Fanekem-pihavanana Voalohany” (Heb 9,15). 527

581. Hita fa “Mpampianatra”⁷ i Jesoa, teo imason'ny Jody sy ireo filohan'izy ireo ara-panahy. Matetika Izy no mampiasa porofo avy amin'ny fanazavan'ny mpampianatra ny Lalàna⁸. Miaraka amin'izany koa anefa, tsy afaka ny tsy hifandona tamin'ireo manam-pahaizana momba ny Lalàna Izy, satria tsy nianina fotsiny tamin'ny fanomezany fanazavana izay efa anisan'ny nananan'izy ireo, fa “nampianatra toy ny manana fahefana fa tsy mba tahaka ny mpahay lalàna” (Mt 7,28-29). Ao Aminy dia Tenin'Andriamanitra mitovy ihany ilay nanakoako teo Sinaia nanomezana an'i Môizy ny Lalàna voasoratra, sy ilay natao heno indray teo an-Tendrombohitry ny hasambarana⁹. Tsy nanafoana ny Lalàna ny Tenin'Andriamanitra fa manatanteraka izany amin'ny fanomezany ny fanazavana feno tanteraka araka ny fomban' Andriamanitra : “Efa renareo fa voalaza tamin'ny Ntaolo hoe (...) fa izaho kosa milaza aminareo” (Mt 5,33-34). Dia mbola io fahefan'Andriamanitra io ihany koa no 2054

¹ jer. Gal 3,10 ; 5,3.

² jer. Rôm 10,2.

³ jer. Mt 15,3-7 ; Lk 11,39-54.

⁴ jer. Iz 53,11 ; Heb 9,15.

⁵ jer. Gal 4,4.

⁶ jer. Gal 3,10.

⁷ jer. Jo 11,28 ; 3,2 ; Mt 22,23-24.34-36.

⁸ jer. Mt 12,5 ; 9,12 ; Mk 2,23-37 ; Lk 6,6-9 ; Jo 7,22-23.

⁹ jer. Mt 5,1.

entiny mitsipaka ny sasany amin'ny “fomba amam-panao nampitain’olombelona”¹ tandreman’ireo Farisianina izay manafoana ny Tenin’Andriamanitra².

582. Lasa lavidavitra kokoa aza i Jesoa, fa nanatanteraka ny Lalàna momba ny fahadiovana ara-tsakafo, izay tena manan-danja tokoa teo amin’ny fiainana andavanandron’ny Jody, ka tamin’ny alalan’ny fanazavan’Andriamanitra no namborahany ny hevitra “ara-panabeazana”³ fonosiny : “Izay avy eo ivelany ka miditra ao anatin’ny olona dia tsy mahaloto azy (...) – izany no nanambaràny fa madio avokoa ny hanina rehetra. Izay mivoaka avy ao amin’ny olona, izany no mahaloto azy. Satria avy ao anaty, avy ao amin’ny fon’ny olona no iavian’ny saindratsy” (Mk 7,18-21). I Jesoa, amin’ny fanomezana tamin’ny fahefan’Andriamanitra ny fanazavana tanteraka ny Lalàna, dia nifandona tamin’ireo mpahay lalàna sasantsasany izay tsy nandray ny fanazavany momba ny Lalàna, nefa dia azo antoka izany noho ny fisian’ny famantarana avy amin’Andriamanitra nomba azy⁴. Ny amin’ny sabata indrindra no voakasik’izany manokana : mampahatsiahy i Jesoa, matetika tamin’ny fandresen-dahatra fanaon’ny raby⁵, fa ny fitsaharana amin’ny sabata, dia tsy voakorontan’ny fanompoana an’Andriamanitra⁶ na ny namana⁷ izay tontosainy amin’ny fanasitranana.

II. I Jesoa sy ny Tempoly

583. I Jesoa, toy ireo mpaminany talohany, dia nampianatra ny amin’ny fanajana fatratra ny Tempolin’i Jerosalema. Tao no nanoloran’i Josefa sy i Maria Azy, efaolo andro taorian’ny nahaterahany⁸. Fony Izy roa ambin’ny folo taona, nanapa-kevitra Izy hijanona ao an-Tempoly mba hampahatsiahy ny ray aman-dreniny fa tsy maintsy manao ny raharahan’ny Rainy Izy⁹. Niakatra tany Izy, fara fahakeliny isan-taona, mba hamonjy ny fetin’ny Paka, nandritra ny fiainany miafina¹⁰ ; tamin’ny raharaham-pamonjy ampahibemaso ihany koa, niverimberina nanao fivahiniana masina tao Jerosalema Izy, namonjy ireo fety lehibe fanaon’ny Jody¹¹.

584. Niakatra tao an-Tempoly i Jesoa, satria io no toerana voatokana hihaonana amin’Andriamanitra. Ho Azy, ny Tempoly no fonenan’ny Rainy, trano fivavahana, ka nampisendaotra azy ny fahitana fa nanjary toeram-pivarotana ny kianja teo ivelany¹². Matoa Izy nandroaka an’ireo mpivarotra tao an-

¹ jer. Mk 7,8.

² jer. Mk 7,13.

³ jer. Gal 3,24.

⁴ jer. Jo 5,36 ; 10,25.37-38 ; 12,37.

⁵ jer. Mk 2,25-27 ; Jo 7,22-24.

⁶ jer. Mt 12,5 ; Fan 28,9.

⁷ jer. Lk 13,15-16 ; 14,3-4.

⁸ jer. Lk 2,22-39.

⁹ jer. Lk 2,46-49.

¹⁰ jer. Lk 2,41.

¹¹ jer. Jo 2,13-14 ; 5,1.14 ; 7,1.10.14 ; 8,2 ; 10,22-23.

¹² jer. Mt 21,13.

Tempoly dia noho ny hasarotam-piarony an-dRainy : “Aza ataonareo trano fivarotana ny tranon’ny Raiko. Dia tsaroan’ny mpianany fa efa voasoratra hoe : "Ny fitiavako ny tranonao no maharitra ny aiko" (Sal 69,10)” (Jo 2,16-17). Taorian’ny Fitsanganany ho velona, dia mbola notanan’ny apôstôly ny fanajana ny Tempoly amin’ny maha-trano fivavahana azy¹.

585. Teo an-katoky ny fotoana hijaliany anefa, dia nambaran’i Jesoa ny haharava io trano goavana sady marevaka io, izay tsy hisy vato havela hifanongoa eo aminy². Hita eto amin’izany ny filazana ny famantarana ny andro farany izay hanomboka miaraka amin’ny Pakany manokana³. Kanefa izany faminaniana izany no notaterin’ny vavolombelona tsy marina tamin’ny fomba niova endrika, rahefa nofotorana tao amin’ny mpisorombe i Jesoa⁴, sy antony nanevatevana Azy nony voafantsika teo amin’ny Hazofijaliana Izy⁵.

586. Tsy i Jesoa velively no nankahala ny Tempoly⁶, izay tao no nanomezany ny votoatin’ny fampianarany⁷, ka an-tsitrapo no nandoavany ny hetran’ny Tempoly nampiarahany tamin’ny an’i Piera⁸ izay vao avy napetrany ho vato fototry ny Fiangonany mbola hoavy⁹. Fanampin’izany, nampitovy ny Tenany amin’ny Tempoly Izy, amin’ny fisehoany fa fonenan’Andriamanitra mandrakizay eo anivon’ny olombelona¹⁰. Izany no antony nahatonga ny namonoana ny tenany¹¹ ho fanambaràna ny faharavan’ny Tempoly izay hampiharihary ny fidirana ao anatin’ny vanim-potoana vaovao ny tantaram-pamonjena : “Tonga ny andro, ka tsy amin’io tendrombohitra io na any Jerosalema aza no hivavahanareo amin’ny Ray” (Jo 4, 21)¹².

797

1179

III. Jesoa sy ny finoan’i Israely an’Andriamanitra Tokana sady Mpamonjy

587. Raha ny Lalàna sy ny Tempolin’i Jerosalema no nahatonga ny “fanoherana”¹³ nataon’i Jesoa tamin’ireo mpitondra ara-pivavahana tany Israely, dia ny anjara asan’i Jesoa ao anatin’ny fanavotana amin’ny fahotana,

¹ jer. Asa 2,46 ; 3,1 ; 5,20.21 ; sns.

² jer. Mt 24,1-2.

³ jer. Mt 24,3 ; Lk 13,35.

⁴ jer. Mk 14,57-58.

⁵ jer. Mt 27,39-40.

⁶ jer. Mt 8,4 ; 23,21 ; Lk 17,14 ; Jo 4,22.

⁷ jer. Jo 18,20.

⁸ jer. Mt 17,24-27.

⁹ jer. Mt 16,18.

¹⁰ jer. Jo 2,21 ; Mt 12,6.

¹¹ jer. Jo 2,18-22.

¹² jer. Jo 4,23-24 ; Mt 27,51 ; Heb 9,11 ; Apôk 21,22.

¹³ jer. Lk 2,34.

ambony tokoa amin'ny tsanganasan'Andriamanitra kosa, no tena vato nanafintohina azy ireo¹.

588. Nanafintohina ny Farisianina i Jesoa izay sady nihinana niaraka tamin'ny poblikanina sy ny mpanota², no nifankahazo koa tamin'ny tenan'izy ireo³. Ho fanoherany an'ireo “izay natoky tena ho marina sy nanebaka ny namany” (Lk 18,9)⁴ amin'ny samy izy ireo, dia hoy i Jesoa nanamafy : “Tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota hibebaka” (Lk 5,32). Mbola lasa lavidavitra kokoa noho izany Izy tamin'ny fanambaràna teo anatrehan'ny Farisianina fa manenika an'izao tontolo izao ny fahotana⁵, ka izay mihambo ho tsy mila famonjena dia minia mikimpy amin'ny tenan'izy ireo ihany⁶.

545
431,1441
432
589. Ny nanafintohina indrindra tamin'i Jesoa, dia satria Izy nampitovy ny fihetsiny be indrafo amin'ny mpanota, amin'ny fihetsika ataon'ny Tenan'Andriamanitra, teo anatrehan'izy ireny⁷. Lasa hatramin'ny fampahafantarany an'izany fa ny fiarahany miray latabatra amin'ny mpanota⁸ dia efa fandraisany azy ireo amin'ny fanasam-ben'ny Mesia⁹. Fa ny niavaka indrindra tamin'ireny dia ny famelan'i Jesoa ny fahotana izay tena nahavàka ny sain'ireo mpitondra ara-pivavahana teo amin'i Israely. Tsy marina ve raha tao anatin'ny fahasosorana no nilazan'izy ireo hoe : “Andriamanitra irery ihany no afaka mamela ny fahotana ?” (Mk 2,7). Amin'ny famelan'i Jesoa ny fahotana, na manevateva Izy satria olombelona tsotr'izao no milaza tena ho mitovy amin'Andriamanitra¹⁰, na milaza ny marina Izy ka ny Tenany no mampiseho sy manambara ny anaran'Andriamanitra¹¹.

253
590. Ny maha-Andriamanitra ny Tenan'i Jesoa no hany afaka manamarina ny fitakiana sady fandidiana an'ireto lazainy manaraka ireto : “Izay tsy momba Ahy, manohitra Ahy” (Mt 12,30) ; toy izany koa rahefa nilaza Izy fa “lehibe noho i Jônasa, (...) lehibe noho i Salômôna” (Mt 12,41-42), “lehibe noho ny Tempoly”¹² ; rahefa nampahatsiahy ny Aminy Izy tamin'ny niantsoan'i Davida ho Tompony ny Mesia¹³, rahefa nanizingizina Izy hoe : “Fony mbola tsy nisy i Abrahama, dia efa Izaho Aho” (Jo 8,58) ; ary hatramin'ny hoe : “Izaho sy ny Ray dia iray ihany” (Jo 10,30).

¹ jer. Lk 20,17-18 ; Sal 118,22.

² jer. Lk 5,30.

³ jer. Lk 7,36 ; 11,37 ; 14,1.

⁴ jer. Jo 7,49 ; 9,34.

⁵ jer. Jo 8,33-36.

⁶ jer. Jo 9,40-41.

⁷ jer. Mt 9,13 ; Ôs 6,6.

⁸ jer. Lk 15,1-2.

⁹ jer. Lk 15,23-32.

¹⁰ jer. Jo 5,18 ; 10,33.

¹¹ jer. Jo 17,6.26.

¹² jer. Mt 12,6.

¹³ jer. Mt 12,36-37.

591. Niangavian'i Jesoa ireo mpitondra ara-pivavahana tao Jerosalema mba hino Azy noho ny tsanganasan'ny Rainy izay notanterahiny¹. Kanefa, tsy maintsy mandalo amin'ny misterin'ny fahafatesan'ny tena mihitsy, ny asam-pinoana toy izany, mba ho amin'ny fahateraham-baovao avy any ambony² amin'ny fitarihan'ny fahasovan'Andriamanitra³. Ny fitakiam-pibebahana toy izany, manoloana ny fomba mahagaga nahatanteraka ny fampanantenana⁴, dia mety hahazoana an-tsaina ny loza avy amin'ny hadisoan-kevitry ny Sanedrîna izay nilaza fa mendrika ho faty i Jesoa noho Izy mpiteny ratsy an'Andriamanitra⁵. Nanao toy izany koa ireo mpikambana tao aminy, noho ny tsy fahalalana⁶ sy noho ny hajambàna⁷ amin'ny tsy finoana⁸. 526
574

FAMINTINANA

592. *Tsy nofoanan'i Jesoa ny Lalàna teo Sinaia, fa notanterahiny⁹ tamin'ny fomba tena lavorary¹⁰, izay nanambaràny ny hevitra fara tampon'izany¹¹ sy nanavotany ny fandikana izany¹².*

593. *Nanaja ny Tempoly i Jesoa tamin'ny fiakarany tao namonjy ny fety jody fanaovana fivahiniana masina, ary tiany sady nahasaro-piaro azy fatratra io fonenan'Andriamanitra eo anivon'ny olombelona io. Ny Tempoly no mampiseho mialoha ny misteriny. Raha nanambara ny faharavany Izy, dia ho fampisehoana ny famonoana ny Tenany ho faty sy ny fidirany amin'ny vanim-potoana vaovao ny tantaram-pamonjena, izay ny Vatany no ho Tempoly tena izy mandrakizay.*

594. *Nisy asa nataon'i Jesoa, toy ny famelana ny fahotana, izay nampiseho fa Izy mihitsy no ilay Andriamanitra Mpamonjy¹³. Ny Jody sasany, tsy nankato an'ilay Andriamanitra tonga Olombelona¹⁴, izay nihevitra Azy ho olombelona manao ny Tenany ho Andriamanitra¹⁵, dia nitsara Azy ho mpiteny ratsy an'Andriamanitra.*

¹ jer. Jo 10,36-38.

² jer. Jo 3,7.

³ jer. Jo 6,44.

⁴ jer. Iz 53,1.

⁵ jer. Mk 3,6 ; Mt 26,64-66.

⁶ jer. Lk 23,34 ; Asa 3,17-18.

⁷ jer. Mk 3,5 ; Rôm 11,25.

⁸ jer. Rôm 11,20.

⁹ jer. Mt 5,17-19.

¹⁰ jer. Jo 8,46.

¹¹ jer. Mt 5,33.

¹² jer. Heb 9,15.

¹³ jer. Jo 5,16-18.

¹⁴ jer. Jo 1,14.

¹⁵ jer. Jo 10,33.

Paragrafy 2. *Maty nofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana i Jesoa*

I. Ny fiampangana an'i Jesoa teo amin'ny fitsaràna

Fisarahana-tsaina teo amin'ireo mpitondra jody ny amin'i Jesoa

595. Teo anivon'ireo mpitondra ara-pivavahana tao Jerosalema, dia tsy i Nikôdema ilay Farisianina¹ na i Josefa ilay loholona avy any Arimatia ihany no miafinafina amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa², fa efa nisy fisarahana-tsaina hatry ny ela momba Azy io³ teo amin'izy ireo, hany ka ny andro mialoha ny fijaliany, dia azon'i Md Joany nolazaina, fa “maro tamin'izy ireo no nino Azy”, na dia tamin'ny fomba tsy tena lavorary aza (Jo 12,42). Tsy misy tokony hahagaga izany raha dinihana fa ny ampitson'ny Pantekôty, dia “betsaka ny mpisorona nanaiky ny finoana” (Asa 6,7), ary “ny sasany tamin'ny tariky ny Farisianina dia nanjary mpino” (Asa 15,5) hany ka afaka nilaza tamin'i Md Paoly i Md Jakôba fa “an'arivony maro ny Jody nandray ny finoana, nefa mbola fatra-pitàna ny Lalàna izy rehetra” (Asa 21,20).

596. Tsy nitovy hevitra ireo mpitondra ara-pivavahana tao Jerosalema ny amin'ny fihetsika tokony hatao eo anatrehan'i Jesoa⁴. Ireo Farisianina nandrahona fa horoahina hiala ao amin'ny sinagôga ireo izay manaraka Azy⁵. Tamin'ireo izay natahotra fa “hino an'i Jesoa ny olona rehetra ka ho avy ny Rômanina handrava ny Toerana Masintsika sy ny firenentsika” (Jo 11,48), no namoahan'i Kaifa mpisorombe hevitra tamin'ny faminiana hoe : “Tsara ho anareo raha maty ho an'ny vahoaka ny lehilahy anankiray, mba tsy ho rava ny firenena manontolo” (Jo 11,50). Ny Sanedrîna dia nanambara fa “mendrika ho faty” i Jesoa⁶ amin'ny maha-mpiteny ratsy an' Andriamanitra Azy, saingy noho ny tsy fananan'izy ireo fahefana hanameloka ho faty⁷, dia natolotr'izy ireo ny Rômanina i Jesoa tamin'ny niampangana Azy ho mpikomy ara-pôlitika⁸, mba hitovy laharana amin'i Barabasy voampanga fa “nitarika fikomiana” (Lk 23,19). Fandrahonana ara-pôlitika ihany koa no nampiasain'ireo lohandohan'ny mpisorona hanerena an'i Pilaty mba hanamelohany an'i Jesoa ho faty⁹.

¹ jer. Jo 7,50.

² jer. Jo 19,38-39.

³ jer. Jo 9,16-17 ; 10,19-21.

⁴ jer. Jo 9,16 ; 10,19.

⁵ jer. Jo 9,22.

⁶ jer.Mt 26,66.

⁷ jer. Jo 18,31.

⁸ jer. Lk 23,2.

⁹ jer. Jo 19,12.15.21.

Tsy ny Jody rehetra miaraka no tompon'andraikitra tamin'ny fahafatesan'i Jesoa

597. Raha heverina amin'ny fifangaroana ara-tantara momba ny fiampangana an'i Jesoa izay asehon'ny tantara araka ny Evanjely, ary na inona na inona mety ho fahotan'ny tsirairay tompon'antoka tamin'ny fiampangana (Jodasy, ny Sanedrina, Pilaty), izay Andriamanitra irery no mahalala, dia tsy azo lazaina ho tompon'andraikitra tamin'izany daholo ny Jody rehetra tao Jerosalema, na teo aza ny horakoraky ny vahoaka nanaraka am-bokony¹, sy ny fanomezan-tsiny ankapobeny raketin'ny antso avo ho amin'ny fibebahana, taorian'ny Pantekôty². I Jesoa rahateo ihany, tamin'Izy namela heloka teo amin'ny Hazofijaliana³, sy i Piera, taty aoriany, dia nanambara fa tsy fahalalana⁴ no nanaovan'ireo Jody tao Jerosalema an'izany, sy ny filohan'izy ireo koa. Tsy latsak'izany ny antsoantson'ny vahoaka hoe "Aoka ho aminay sy amin'ny zanakay ny rany" (Mt 27,25), izay midika ho fomba filaza manamafy⁵, dia tsy azo ilazana fa andraikitra mahakasika ireo Jody hafa amin'ny toerana sy ny fotoana rehetra izany :

Nanambara tahaka izany koa ny Fiangonana tamin'ny Kônsily faha-II tao Vatikana : "Izy rehetra natao nandritra ny fijalian'i Jesoa, dia tsy azo anomezan-tsiny ny Jody rehetra tsy an-kanavaka izay velona tamin'izany fotoana izany, na amin'izay Jody velona amin'izao androntsika izao (...). Tsy azo atao hoe narian'Andriamanitra ny Jody, na voaozony, toy ny hoe avy amin'ny Soratra Masina ery izany"⁶.

1735

839

Ny mpanota rehetra no tompon'antoka tamin'ny fijalian'i Kristy

598. Tsy hadinon'ny Fiangonana na oviana na oviana, ao amin'ny Toniam-pampianaram-pinoany sy amin'ny filazan'ny Olomasiny, fa "ny tenan'ny mpanota rehetra ihany no tompon'antoka sy toy ny fitaovana nahatonga ny fijaliana rehetra niaretan'ilay Andriamanitra Mpanavotra"⁷. Amin'ny fandraisana ny hevitra hoe nihatra tamin'ny Tenan'i Kristy mihitsy ny fahotantsika⁸, tsy mihambahamba ny Fiangonana milaza fa ny kristianina dia manana andraikitra faran'izay lehibe indrindra amin'ny fampijaliana an'i Jesoa, andraikitra izay matetika loatra no ailika amin'ny Jody irery ihany :

¹ jer. Mk 15,11.

² jer. Asa 2,23,36 ; 3,13-14 ; 4,10 ; 5,30 ; 7,52 ; 10,39 ; 13,27-28 ; 1 Tes 2,14-15.

³ jer. Lk 23,34.

⁴ jer. Asa 3,17.

⁵ jer. Asa 5,28 ; 18,6.

⁶ FFTK 4.

⁷ Kat. R. 1,5,11 ; jer. koa Heb 12,3.

⁸ jer. Mt 25,45 ; Asa 9,4-5.

Tsy maintsy heverintsika ho meloka amin'izany fahadisoana mahatsiravina izany, izay rehetra mikiribiby miverina amin'ny fahotan'izy ireo. Satria ny heloka nataontsika no nahatonga an'i Jesoa-Kristy Tompontsika hiaritra ny fampijaliana teo amin'ny Hazofijaliana, ka marina fa izay rehetra mivarilavo amin'ny filibàna sy amin'ny ratsy no “mamàntsika indray amin'ny Hazofijaliana ao am-pon'izy ireo, araka izay be ao amin'izy ireo, ny Zanak' Andriamanitra, sy manala baraka Azy (Heb 6,6). Ary tsy maintsy ekena, fa ny fahotantsika ao amintsika araka izany toe-javatra izany, dia lehibe kokoa noho ny an'ireo Jody. Satria izy ireo, araka ny fijoroana ho vavolombelona nataon' ny apôstôly, “raha nahalala ny Mpanjakan'ny voninahitra izy ireo, dia tsy ho namàntsika Azy tamin'ny Hazofijaliana na oviana na oviana” (1 Kôr 2,8). Mifanohitra amin'izany ny antsika, satria miaiky isika fa mahalala Azy ; koa ny endrika anamparantsika Aminy ny tanantsika mpamono olona, dia izay fandavantsika Azy amin'ny ataontsika¹.

Fa na dia ny demony aza, tsy namàntsika Azy teo amin'ny Hazofijaliana ; fa ianao niaraka tamin'izy ireo no namàntsika Azy ary mbola mamàntsika Azy amin'ny Hazofijaliana, amin'ny fankafizanao ny faharatsian-toetra sy ny fahotana².

II. Ny fahafatesam-panavotan'i Kristy ao amin'ny fandaharam-pamonjen'Andriamanitra

“Natolotra araka ny fandaharana tsy miovaova an'Andriamanitra i Jesoa”

599. Tsy vokatry ny kisendrasendra tamin'ny fifanojoana trangan-javatra ratsy ny fahafatesana mahatsiravina nanjo an'i Jesoa. Anisan'ny misterin'ny fandaharan'Andriamanitra izany, araka ny nanazavan'i Piera azy tamin'ireo Jody tao Jerosalema, tamin'ny fitoriana voalohany nataony ny andron'ny Pantekôty : “Natolotra araka ny fandaharana tsy miovaova sy ny fahalalan' Andriamanitra mialoha Izy” (Asa 2,23). Tsy midika anefa izany fiteny ara-baiboly izany, fa izay rehetra nanolotra an'i Jesoa³ dia mpanatanteraka tsy araka ny nahim-pony, ny tantara nosoritan'Andriamanitra mialoha.

600. Amin'Andriamanitra, ny fotoana rehetra amin'ny andro dia miseho amin'ny ankehitrinin'izy ireny avokoa. Naoriny àry ny fandaharany mandrakizay momba ny “tendry mialoha”, amin'ny fampidirana ao amin'izany ny valinteny an-kalalahana ny olona tsirairay araka ny sitrany : “Eny tokoa, efa nikaon-doha marina teto amin'ity tanàna ity i Herôda sy i Pôntsy Pilaty ary ny jentily mbamin'ny vahoaka Israely⁴, hanohitra an'i Jesoa Mpanomponao

¹ Kat. R. 1,5,11.

² Md François d'Assise, admon. 5,3.

³ jer. Asa 3,13.

⁴ jer. Sal 2,1-2.

masina voahosotrao, ka tamin'izany no nanatanterahan'izy ireo izay efa notendrenao mialoha rahateo, tamin'ny herinao sy ny fahendrenao” (Asa 4,27-28). Navelan'Andriamanitra ny asa avy amin'ny fahajamban'izy ireo¹, 312 mba hahatontosa ny fandaharam-pamonjeny².

“Maty noho fahotantsika, araka ny Soratra Masina”

601. Izany fandaharam-pamonjen'Andriamanitra tamin'ny famelana ho faty ny Mpanompo, ilay Marina izany³, dia nambara mialoha ao amin'ny Soratra Masina ho misterin'ny fanavotana manenika an'izao tontolo izao, izany hoe fanavotana izay manafaka ny olombelona amin'ny fanandevozan'ny fahotana⁴. Nambaran'i Md Paoly tamin'ny fiakem-pinoana, nolazainy ho noraisiny⁵, fa “maty noho ny fahotantsika i Kristy, *araka ny Soratra Masina*” (1 Kôr 15,3)⁶. Ny fahafatesam-panavotan'i Jesoa dia nanatanteraka 652 manokana ny faminiana an'ilay Mpanompo nijaly⁷. Ny Tenan'i Jesoa 713 rahateo ihany no nanome ny dikan'ny fiainany sy ny fahafatesany araka an'ilay Mpanompo nijaly⁸. Taorian'ny Fitsanganany ho velona, nomeny an'ireo mpianatra nankany Emaosy izany fanazavan-kevitra ny Soratra Masina izany⁹, avy eo tamin'ny tenan'ireo apôstôly mihitsy koa¹⁰.

“Nataon'Andriamanitra ho otantsika Izy”

602. Vokat'izany, afaka nandrafitra tamin'ny rijan-teny izao finoana apôstôlika momba ny fandaharam-pamonjen'Andriamanitra izao i Piera : “Navotana ho afaka tamin'ny fitondran-tena adala nentim-paharazana ianareo, tamin'ny ra sarobidin'i Kristy, ilay Zanak'ondry tsy manan-tsiny aman-kilema, efa voatendry talohan'ny nahariana an'izao tontolo izao, sy naseho tamin'izao andro farany izao, noho ny aminareo” (1 Pi 1,18-20). Ny tambin'ny fahotana nataon'ny olombelona, avy amin'ny fahotana tamin'ny fototra, dia ny fahafatesana¹¹. Tamin'ny nanirahany ny Zanany naka ny fomban'ny 400 mpanompo¹², dia ny an'ny olombelona voaongana sy voatokana ho faty noho ny fahotana¹³, no “nanaovan'Andriamanitra Azy ho otantsika, Ilay tsy

¹ jer. Mt 26,54 ; Jo 18,36 ; 19,11.

² jer. Asa 3,17-18.

³ jer. Iz 53,11 ; Asa 3,14.

⁴ jer. Iz 53,11-12 ; Jo 8,34-36.

⁵ jer. 1 Kôr 15,3.

⁶ jer. koa Asa 3,18 ; 7,52 ; 13,29 ; 26,22-23.

⁷ jer. Iz 53,7-8 sy Asa 8,32-35.

⁸ jer. Mt 20,28.

⁹ jer. Lk 24,25-27.

¹⁰ jer. Lk 24,44-45.

¹¹ jer. Rôm 5,12 ; 1 Kôr 15,56.

¹² jer. Filip 2,7.

¹³ jer. Rôm 8,3.

519 nahalala ota, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy isika" (2 Kôr 5,21).

603. Tsy nahalala ny fanomezan-tsiny i Jesoa noho ny Tenany mihitsy natao ota¹. Kanefa tao anatin'ny fitiavam-panavotana izay nampiray Azy lalandava tamin'ny Ray², no nizakany antsika tao Aminy tamin'ny faniasivana noho ny fahotantsika tamin'Andriamanitra ka nahatonga Azy afaka niteny tamin'ny anarantsika teo amin'ny Hazofijaliana hoe : "Ry Andriamanitra ô ! Ry Andriamanitra ô ! nahoana no dia nilaozanao Aho ?" (Mk 15,34)³. Toy izany koa, noho Izy tonga miombona amintsika mpanota, dia "tsy nandala ny Zany Andriamanitra, fa nahafoy Azy ho antsika rehetra" (Rôm 8,32) mba "ho tafahavana Aminy noho ny nahafatesan'ny Zany isika" (Rôm 5,10).

Andriamanitra no naneho voalohany ny fitiavam-panavotany ny daholobe

211,2009
1825 604. Tamin'ny nanolorany ny Zany noho ny fahotantsika no nampisehoan' Andriamanitra, fa ny fandaharany momba antsika dia fandaharam-pitiavana izay mialoha ny fahamendrehana rehetra ahazoantsika valisoa: "Toy izao izany fitiavana izany : tsy isika no tia an'Andriamanitra rahateo, fa Izy no tia antsika mialoha, sy naniraka ny Zany ho sorom-panavotana antsika noho ny fahotantsika" (1 Jo 4,10)⁴. "Ny porofo fa tia antsika Andriamanitra, dia i Kristy maty ho antsika, fony mbola mpanota isika" (Rôm 5,8).

402
634,2793 605. Tsy manavakavaka io fitiavana io ; nampahatsiahivin'i Jesoa izany raha namarana ny fanoharana momba ilay ondry very Izy hoe : "Toy izany koa, tsy tian'ny Rainareo izay any an-danitra hisy very na dia ny anankiray amin'ireo madinika ireo aza" (Mt 18,14). Hizingiziny ny hoe "mahafoy ny ainy Izy, ho fanavotana *ny be sy ny maro*" (Mt 20,28) ; tsy misy famerana io teny farany io : ny fitambaran'ny olombelona no ampifanoheriny amin'ny singan'olona Mpanavotra izay nanolotra ny tenany hamonjena azy ireo⁵. Ny Fiangonana, eo am-panarahan-dia ny apôstôly⁶, dia mampianatra fa maty ho an'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka i Kristy. "Tsy nisy, tsy misy ary tsy hisy olona na dia iray aza, izay tsy nijalian'i Kristy mba hanavotana azy"⁷.

¹ jer. Jo 8,46.

² jer. Jo 8,29.

³ jer. Sal 22,1.

⁴ jer. Jo 4,19.

⁵ jer. Rôm 5,18-19.

⁶ jer. 2 Kôr 5,15 ; 1 Jo 2,2.

⁷ Kôns. Quiercy tamin'ny 853 : DS 624.

III. Nanolotra ny Tenany tamin-dRainy i Kristy noho ny fahotantsika

Fanatitra ho an'ny Ray ny fiainan'i Kristy manontolo

606. Ilay Zanak'Andriamanitra, nidina avy tany an-danitra tsy hanao ny sitrapony fa ny an'ny Rainy izay naniraka Azy¹, “tamin'ny nidirany teto amin'izao tontolo izao, dia nilaza hoe : (...) Inty aho tonga (...) hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô. (...) Noho ny herin'io sitrapo io no nanamasina antsika tamin'ny fanolorana ny Tenan'i Jesoa-Kristy, indray mandeha monja” (Heb 10,5-10). Hatramin'ny fotoana voalohany Nahatongavany ho nofo, no niandany tamin'ny fandaharam-pamonjen'Andriamanitra amin'ny mahairaka mpanavotra Azy ny Zanaka : “Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'Izay naniraka Ahy, sy ny manatanteraka ny tsanganasany” (Jo 4,34). Ny soron'i Jesoa “noho ny fahotan'izao tontolo izao” (1 Jo 2,2) no fanehoana ny fiombonam-pitiavany amin'ny Ray : “Tia Ahy ny Ray satria mahafoy ny aiko Aho” (Jo 10,17). “Mba ho fantatr'izao tontolo izao fa tiako ny Ray ka araka izay nandidian'ny Ray Ahy no ataoko”(Jo 14,31). 517
536

607. Izany faniriana hiandany amin'ny fandaharan'ny Rainy ombam-pitiavana hanavotra izany no manentana ny fiainan'i Jesoa manontolo², satria ny fijaliam-panavotany no anton'ny Fahatongavany ho nofo : “Raiko ô, vonjeo Aho ho afaka amin'ity ora ity ! Nefa izao indrindra no nahatongavako ho amin'izao ora izao” (Jo 12,27). “Tsy hosotroiko va ny kapoaka nomen'ny Ray Ahy ?” (Jo 18,11). Ary koa teo amin'ny Hazofijaliana, talohan'ny “hahatanteraka ny zavatra rehetra” (Jo 19,30), dia hoy Izy : “Mangetaheta Aho” (Jo 19,28). 457

“Ilay Zanak'Ondry izay manala ny fahotan'izao tontolo izao”

608. Rahefa avy nanaiky hanao Batemy an'i Jesoa taorian'ireo mpanota i Joany-Batista³, dia nahafantatra sy nanondro Azy ho Zanak'Ondrin'Andriamanitra, izay manala ny fahotan'izao tontolo izao⁴. Nabaribariny tamin'izany fa i Jesoa dia sady ilay Mpanompo mijaly, tsy miloa-bava, manaiky hoentina amin'ny toeram-pamonoana⁵ ary mivesatra ny fahotan'ny be sy ny maro⁶, no ilay zanak'ondrin'ny Paka fanehoana an'ohatra ny fanavotana an'i Israely tamin'ny Paka voalohany⁷. Ny fiainan'i Kristy manontolo dia manambara ny 523

¹ jer. Jo 6,38.

² jer. Lk 12,50 ; 22,15 ; Mt 16,21-23.

³ jer. Lk 3,21 ; Mt 3,14-15.

⁴ jer. Jo 1,29,36.

⁵ jer. Iz 53,7 ; Jer 11,19.

⁶ jer. Iz 53,12.

⁷ jer. Eks 12,3-14 ; Jo 19,36 ; 1 Kôr 5,7

517 iraka nampanaovina Azy : hanompo sy hahafoy ny ainy ho fanavotana ny be sy ny maro¹.

Miandany an-kalalahana amin'ny fitiavam-panavotan'ny Ray i Jesoa

609. Tamin'ny fiandanian'i Jesoa tao am-pony maha-olombelona Azy ny
478 fitiavan'ny Ray ny olombelona, no “nitiavany azy ireo hatramin'ny farany”
(Jo 13,1) “satria tsy misy manam-pitiavana lehibe kokoa noho ny mahafofy ny
ainy ho an'ireo izay tiany” (Jo 15,13). Araka izany, tamin'ny fijaliana sy
tamin'ny fahafatesana, ny maha-olombelona Azy dia nanjary fitaovana tsy
voafatopatotra sy lavorary amin'ny fitiavana maha-Andriamanitra Azy izay
515 mankasitraka ny famonjena ny olombelona². Satria, nanaiky tamin-
272,539 kalalahana hijaly sy ho faty Izy noho ny fitiavana ny Rainy sy ny olombelona
izay sitraky ny Rainy hovanjena : “Tsy misy maka ny aiko Amiko, fa ny
Tenako ihany no mahafofy azy” (Jo 10,18). Avy amin'izany ny fahafahana
ambony indrindra ny Zanak'Andriamanitra raha nandroso ho amin'ny
fahafatesana ny Tenany³.

Tamin'ny Sakafo farany i Jesoa no nanolotra mialoha tamin-kalalahana ny ainy

610. Nasehon'i Jesoa ny fara tampon'ny fanolorany an-kalalahana ny Tenany,
766 teo am-pisakafoana niaraka tamin'ny apôstôly roa ambin'ny folo⁴, “tamin'
ilay alina nanolorana Azy” (1 Kôr 11,23). Ny andro mialoha ny fijaliany,
mbola afaka Izy tamin'izay, no nanaovan'i Jesoa tamin'io Sakafo farany
1337 niaraka tamin'ny apôstôliny io ny tsangambato fahatsiarovana ny fanoloran-
tenany an-tsitrabo amin'ny Ray⁵ ho famonjena ny olombelona : “Ity no
Vatako atolotra ho anareo” (Lk 22,19). “Ity no Rako, dia ny ran'ny
fanekem-pihavanana, izay *halatsaka* ho an'ny be sy ny maro ho famelana ny
fahotana” (Mt 26,28).

611. Ny Eokaristia izay naoriny tamin'io fotoana io no ho tsangambato
1364 fahatsiarovana⁶ ny nanolorany ny Tenany ho sorona. Natsofok'i Jesoa tao
anatin'ny fanoloran-tenany ny apôstôly ary nangatahiny izy ireo mba hanohy
hatrany izay nataony⁷. Tamin'izany i Jesoa no nanangana ny apôstôliny ho
1341,1566 mpisoron'ny Fanekem-pihavanana Vaovao : “Manamasina ny tenako ho azy

¹ jer. Mk 10,45.

² jer. Heb 2,10.17-18 ; 4,15 ; 5,7-9.

³ jer. Jo 18,4-6 ; Mt 26,53.

⁴ jer. Mt 26,20.

⁵ jer. 1 Kôr 5,7.

⁶ jer. 1 Kôr 11,25.

⁷ jer. Lk 22,19.

ireo Aho, mba hohamasinina amin'ny fahamarinana koa izy ireo” (Jo 17,19)¹.

Ny fiadian'aina tao Getsemania

612.Ny kalisin'ny Fanehem-pihavanana Vaovao, izay natolotr'i Jesoa mialoha tamin'ny Sakafo farany, nanolorany ny Tenany², dia noraisiny teo antanan'ny Ray, avy eo, tao Getsemania niadiany aina³, ho “fanekeny hatramin'ny fahafatesana” (Filip 2,8)⁴. Nivavaka i Jesoa nanao hoe : “Raiko ô, raha azo atao, aoka hesorina amiko ity kapaoka ity...” (Mt 26,39). Izany no nanehoany ny fomba aman-toetra maha-olombelona Azy, nahatahotra ny fahafatesana. Satria, ny fomba aman-toetra maha-olombelona Azy, toy ny antsika, dia natao ho amin'ny fiainana mandrakizay ; fanampin'izany, ny tsy itoviany amin'ny antsika, dia ny Azy lavorary tsy manam-pahotana⁵, dia ny fahotana mahatonga ny fahafatesana⁶ ; fa indrindra, nozakainy tao amin'ny maha-Olona-Andriamanitry ny “Tompon'ny Aina” (Asa 3,15), “Ilay Velona” (Apôk 1,17)⁷, ny toetra amam-pomba maha-olombelona Azy. Ny fanekeny tamin-tsitrabo maha-olombelona Azy, mba hahatanteraka ny sitrapon'ny Ray⁸, no nanekeny ny fahafatesany amin'ny maha-mpanavotra azy, mba “hitondrany ny fahotantsika ao amin'ny Vatany teo amin'ny hazo” (1 Pi 2, 1009 24).

Ny fahafatesan'i Kristy no sorona tokana sady farany

613.Ny fahafatesan'i Kristy dia sady *oron'ny Paka*, nahatanteraka ny fanavotana ny olombelona indray mandeha ihany dia ampy⁹, tamin'ny alalan' ilay Zanak'Ondry izay nizaka ny fahotan'izao tontolo izao¹⁰, no *oron'ny Fanehem-pihavanana Vaovao*¹¹, mampiombona indray ny olombelona amin' Andriamanitra¹², izay tafahavana Taminy, noho ilay ra nalatsaka ho an'ny be sy ny maro ho famelana ny fahotana¹³. 1366 2009

¹ jer. Kôns. Trente : DS 1752 ; 1764.

² jer. Lk 22,20.

³ jer. Mt 26,42.

⁴ jer. Heb 5,7-8.

⁵ jer. *Ibid.* 4,15.

⁶ jer. Rôm 5,12.

⁷ jer. Jo 1,4 ; 5,26.

⁸ jer. Mt 26,42.

⁹ jer. 1 Kôr 5,7 ; Jo 8,34-36.

¹⁰ jer. Jo 1,29 ; 1 Pi 1,19.

¹¹ jer. 1 Kôr 11,25.

¹² jer. Eks 24,8.

¹³ jer. Mt 26,28 ; Lev 16,15-16.

529,1330 614. Tsy manam-paharoa io soron'i Kristy io, ary manatanteraka sy mihoatra ny sorona rehetra¹. Fanomezan'Andriamanitra Ray rahateo ihany io sorona io : ny Ray no manolotra ny Zanany mba hampihavana antsika Aminy indray². Fanatitr'ilay Zanak'Andriamanitra tonga olombelona ihany koa anefa, io 2100 sorona io, izay nanolorany ny ainy³ an-kalalahana sy am-pitiavana⁴ tamin-dRainy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina⁵, mba hanonerana ny tsy fanekentsika.

Soloan'i Jesoa amin'ny faneken'ny tsy fanekentsika

1850 615. "Tahaka ny nahatongavan'ny be sy ny maro ho mpanota noho ny tsy faneken'ny olona iray, no nahatongavan'ny be sy ny maro ho marina kosa noho ny faneken'ny olona iray" (Rôm 5,19). Ny faneken'ny hatramin'ny fahafatesana no nanatanterahan'i Jesoa ny fisoloana an'ilay Mpanompo mijaly, izay "nanolotra ny ainy ho *sorom-panonerana*", tamin'ny nizakàny 433 ny fahotan'ny be sy ny maro izay namarininy tamin'ny nivesaran'ny Tenany 411 ny fahadisoan'izy ireo⁶. I Jesoa no nanonitra ny fahotantsika ary nampitony ny Ray noho ny fahotantsika⁷.

Teo amin'ny Hazofijaliana no tanterak'i Jesoa ny soron'ny Tenany

478 616. "Ny fitiavana hatramin'ny farany"⁸ no manome ny hasin'ny fanavotana sy ny fanoneram-panarenana, ny fanoneram-pandiovana sy ny fanoneram-pihavanana amin'ny soron'i Kristy. Nahalala antsika rehetra Izy ary nitia tao anatin'ny fanolorany ny ainy⁹. "Ny fitiavan'i Kristy no manery anay, satria fantatray fa maty ho an'ny olona rehetra ny olona iray, ka maty avokoa izany izy rehetra" (2 Kôr 5,14). Tsy misy olombelona na iray aza, na izy aza no masina indrindra, nahavita nizaka tao aminy ny fahotan'ny olombelona rehetra sy nanolo-tena hatao sorona ho azy rehetra. Ny fisian'ny maha-Olona- 468 Andriamanitra ny Zanaka ao amin'i Kristy, izay sady mihoatra no manambatra ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka, ary koa sady mahatonga Azy ho Lohan'ny olombelona rehetra, no mahatonga ny soron'ny Tenany ho 519 mpanavotra ny *rehetra*.

1992 617. "Tamin'ny fijaliany masina, teo amin'ny hazon'ny Lakroà, no nanaovany antsika ho mendrika ny fanamarinana", izany no ampianarin'ny Kônsily tao

¹ jer. Heb 10,10.

² jer. 1 Jo 4,10.

³ jer. Jo 10,17-18.

⁴ jer. Jo 15,13.

⁵ jer. Heb 9,14.

⁶ jer. Iz 53,10-12.

⁷ jer. Kôns Trente : DS 1529.

⁸ jer. Jo 13,1.

⁹ jer. Gal 2,20 ; Efez 5,2.25.

Trente¹, amin'ny fanoritana ny toetra tsy manam-paharoa ny soron'i Kristy ho "foto-pamonjena mandrakizay"². Koa, manaja ny Lakroà ny Fiangonana amin'ny fihiràny hoe : "Arahaba, ry Hazofijaliana, ry hany fanantenany !" ³ 1235

Ny fandraisantsika anjara amin'ny soron'i Kristy

618. Ny Hazofijaliana no sorona tokan'i Kristy "hany mpanelanelana amin' Andriamanitra sy ny olombelona"⁴. Fa satria, ao amin'ny maha-Olona-Andriamanitra tonga Nofo Azy, dia "mova tsy mikambana amin'ny olona rehetra ny Tenany"⁵, ary "nomeny ny olombelona rehetra, amin'ny fomba izay fantatr'Andriamanitra, ny fahazoana mikambana amin'ny misterin'ny Paka"⁶. Miantso ireo mpianany Izy hitondra ny Hazofijalian'izy ireo sy hanaraka Azy⁷, satria nijaly ho antsika Izy, nanoritra ny lalan-kizorantsika, mba hanarahantsika ny diany⁸. Araka izany, tiany hiombona amin'ny sorompanavotany, ireo izay voalohany mahazo tombon-tsoa amin'izany⁹. Tanteraka tamin'ny fara tampony tokoa izany tamin'ny tenan'ny Reniny, izay nandray anjara akaiky dia akaiky mihoatra noho ny hafa rehetra, tamin'ny misterin'ny fijaliam-panavotany¹⁰. 1368,1460
307,2100
964

Ivelan'ny Hazofijaliana, tsy misy tohatra hafa izay hiakarana any an-danitra¹¹.

FAMINTINANA

619. *"Maty noho ny fahotantsika i Kristy, araka ny Soratra Masina"*(1 Kôr 15,3).

620. *Avy amin'ny fitiavan'Andriamanitra antsika mialoha, ny famonjena antsika, satria "Izy no tia antsika mialoha sy naniraka ny Zanany ho sorom-panavotana antsika noho ny fahotantsika" (1 Jo 4,10). "Fa Andriamanitra no nampihavana an'izao tontolo izao Aminy indray ao amin'i Kristy" (2 Kôr 5,19).*

621. *Nanolotra ny Tenany tamin-kalalahana ho famonjena antsika i Jesoa. Nampahafantariny sy notanterahiny mialoha tamin'ny sakafo farany io tolotra io : "Vatako ity izay hatolotra ho anareo" (Lk 22,19).*

¹ DS 1529.

² jer. Heb 5,9.

³ Antsa « Vexilla Regis ».

⁴ jer. 1 Tim 2,5.

⁵ FAA 22, §2.

⁶ FAA 22, §5.

⁷ jer. Mt 16,24.

⁸ jer. 1 Pi 2,21.

⁹ jer. Mk 10,39 ; Jo 21,18-19 ; Kôl 1,24.

¹⁰ jer. Lk 2,35.

¹¹ Mb Rose de Lima, vita.

622. *Toy izao ny fanavotan'i Kristy : "Tonga Izy hahafoy ny ainy ho fanavotana ny be sy ny maro" (Mt 20,28), izany hoe "tia ny azy hatramin'ny farany" (Jo 13,1), mba ho afaka amin'ny fitondran-tena tsy mahaso nentim-paharazana izy ireo*¹.

623. *Tamin'ny fanekena feno fitiavana an-dRainy, "hatramin'ny fahafatesana teo amin'ny Hazofijaliana" (Filip 2,8), no nanatontosan'i Jesoa ny iraka fanoneran'ily Mpanompo mijaly*², *izay nanamarina ny be sy ny maro tamin'ny nivesaran'ny Tenany ny helok'izy ireo*³.

Paragrafy 3 . *Nalevina i Jesoa-Kristy*

1005,362 624."Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, dia niaritra ny fahafatesana Izy mba hamonjy ny olombelona rehetra" (Heb 2,9). Tao anatin'ny fandaharam-pamonjy Andriamanitra no nandamina fa tsy hoe "ho faty noho ny fahotantsika" (1 Kor 15,3) ihany ny Zanany, fa "hiaritra ny fahafatesana" ihany koa, izany hoe hahalala ny toe-pahafatesana, ny toe-pisarahana eo amin'ny fanahiny sy ny vatany, nandritra ny fotoana anelanelan'ny nialany aina teo amin'ny Hazofijaliana sy ny fotoana nitsanganany ho velona. Io toetran'i Kristy maty io no misterin'ny fasana sy ny fidinana tany ambanin'ny tany. Io no misterin'ny Sabotsy Masina, fotoana nilevenan'i Kristy tao am-pasana⁴, nampiseho ny fitsaharan-dehibe nataon'Andriamanitra tamin'ny sabata⁵, aorian'ny fahatanterahan'ny⁶ famonjena ny olombelona, ka mampisy ny fandriampahaleman'izao tontolon'ny zava-drehetra izao⁷.

Ny Vatan-tenan'i Kristy tao am-pasana

625.Ny fitoeran'i Kristy tao am-pasana no maha-fatotra mampiray tokoa ny toetran'i Kristy nijaly talohan'ny Paka, sy ny toetrany be voninahitry ny Fitsanganan-ko velona ankehitriny. Ny tenan'Izy "Velona" ihany no afa-miteny hoe : "Efa maty aho, nefa indro velona mandrakizay mandrakizay" (Apôk 1,18) :

Tsy nosakanan'Andriamanitra (Zanaka) ny fahafatesana mampisaraka ny fanahy amin'ny vatana, araka ny lahatra tsy afaka ialan'ny voary miaina, kanefa nampiraisiny indray ireo tamin'ny Fitsanganan-ko velona, mba ho ny *Vatan-tenany mihitsy amin'ny maha-Olona Azy no ho toeram-pihaonan'ny*

¹ jer. 1 Pi 1,18.

² jer. Iz 53,10.

³ jer. Iz 53,11 ; Rôm 5,19.

⁴ jer. Jo 19,42.

⁵ jer. Heb 4,4-9.

⁶ jer. Jo 19,30.

⁷ jer. Kôl 1,18-20.

fahafatesana sy ny fiainana, tamin'ny nampitsaharany tao Aminy ny faharavan'ny toe-tenan'ny voary miaina ho lo, vokatry ny fahafatesana, sy tamin'ny nahatongavan'ny Tenany mihitsy ho foto-piraisan'ireo ampahany roa nisaraka¹.

626. Satria ilay “Tompon'ny aina” izay novonoina ho faty² ihany no ilay Velona tokoa izay nitsangan-ko velona³, ka tsy maintsy tohizin'ny maha-Olona-Andriamanitra ny Zanak'Andriamanitra ny mizaka ny fanahiny sy ny vatany 470,650 nosarahin'ny fahafatesana :

Noho ny nahafatesan'i Kristy dia tafasaraka tamin'ny nofo ny fanahy, nefa tsy nizara ho olona roa tsy akory ilay olona tokana ; satria ny vatana sy ny fanahin'i Kristy dia fototra iray ihany no nisiany hatrany am-piandohana tao amin'ny tenan'ilay Teny ; ary tamin'ny fahafatesana, na dia nisaraka aza izy roa, samy nijanona tao amin'ny tenan'io Teny io ihany sy tokana izy ireo⁴.

“Tsy havelanao ho tratan'ny fahalòvana ny masinao”

627. Tena fahafatesana tokoa ny fahafatesan'i Kristy noho io namarana ny fisiana maha-olombelona Azy teto an-tany. Kanefa noho ny firaisana izay voatanan' 1009 ny maha-olona ny Zanaka amin'ny Vatany, dia tsy lasan-ko razana toy ny 1683 hafa rehetra Izy, satria “tsy azo atao ny nitanan'ny fahefan'[ny fahafatesana] izany Azy (Asa 2,24). Izany no antony “niarovan'ny herin'Andriamanitra ny Vatan'i Kristy tsy ho tratan'ny fahalòvana”⁵. Iza avy no azo lazaina ny amin'i Kristy : “Nofongorana teo amin'ny tanin'ny velona Izy” (Iz 53,8) ; sy hoe : “Ny nofoko hiorina amin'ny fanantenana fa tsy hanary ny fanahiko ao amin'ny fonenan'ny maty Ianao ary tsy havelanao ho tratan'ny fahalòvana ny Masinao” (Asa 2,26-27)⁶. Ny Fitsanganan'i Jesoa ho velona “tamin'ny andro fahatelo” (I Kôr 15,4 ; Lk 24,46)⁷ no famantarana an'izany, ary izany koa satria ny fahalòvana dia noheverina fa miseho manomboka amin'ny andro fahefatra⁸.

“Niara-nalevina tamin'i Kristy ...”

628. Ny Batemy, izay ny fanatsobohana no famantarana hatrany am-piandohana sy feno, dia midika amin'ny fomba manan-kery ny fidinan'ny kristianina izay 537 maty amin'ny fahotana, ao am-pasana, miaraka amin'i Kristy, mba ho amin'ny fiainam-baovao : “Niara-nalevina tamin'i Kristy tamin'ny Batemy amin' 1215

¹ Md Grégoire de Nysse, or. Catech. 16.

² jer. Asa 3,15.

³ jer. Lk 24,5-6.

⁴ Md Jean Damascène, f.o. 3,27.

⁵ Md Thomas d'A.,s.th. 3,51,3.

⁶ jer. Sal 16,9-10.

⁷ jer. Mt 12,40 ; Jo 2,1 ; Ôs 6,2.

⁸ jer. Jo 11,39.

ny fahafatesana isika mba ho tahaka an'i Kristy izay natsangana tamin'ny maty tamin'ny alalan'ny Voninahitry ny Ray, no ivelomantsika koa ao amin'ny fiainam-baovao” (Rôm 6,4)¹.

FAMINTINANA

629. *Niaritra ny fahafatesana i Jesoa mba hamonjy ny olombelona rehetra². Koa tena ilay Zanak'Andriamanitra tonga Olombelona tokoa no maty sy nalevina.*

630. *Nandritra ny nipetrahan'i Kristy tao am-pasana, ny maha-Olona-Andriamanitra Azy dia nanohy mizaka ny fanahiny sy ny vatany na dia nosarahin'ny fahafatesana aza ireo. Izany no tsy “nahatratran'ny fahalòvana” ny vatan'i Kristy maty (Asa 13,37).*

ANDALANA 5

“Nidina tany ambanin'ny tany i Jesoa-Kristy, ary nitsangana tamin'ny maty, tamin'ny andro fahatelo”

631. “Nidina tany amin'ny faritra ambanin'ny tany i Jesoa. Izy ilay nidina ihany no Ilay niakatra”. (Efez 4,9-10). Ny Sembolin'ny apôstôly dia manambara ampahibemaso amin'andalan-tenim-pinoana iray ihany ny fidinan'i Kristy tany ambanin'ny tany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo, satria tamin'ny Pakany, dia avy ao amin'ny fanambanin'ny fahafatesana no nataony miboiboika ny fiainana.

I Kristy, Zanakao, rahefa tafakatra avy tao amin'ny Fonenan'ny maty, no nanapariaka tamin'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka ny hazavany tony, ary velona sy manjaka amin'ny taona mandrakizay. Amen³.

Paragrafy 1. *Nidina tany ambanin'ny tany i Kristy*

632. Ireo filazana marina miverimberimberina ao amin'ny Testamenta Vaovao izay anehoana fa “nitsangana tamin'ny maty” i Jesoa (1 Kôr 15,20)⁴, dia azo heverina marina fa nitoetra tao amin'ny fonenan'ny maty Izy, talohan'ny fitsanganany ho velona⁵. Izany no hevi-teny voalohany nomen'ny toritenin'ny apôstôly, momba ny fidinan'i Jesoa tany ambanin'ny tany : Nahalala ny fahafatesana toy ny olombelona rehetra i Jesoa, ary tamin'ny fanahiny no

¹ jer. Kôl 2,12 ; Efez 5,26.

² jer. Heb 2,9.

³ MR, Vigile Pascale 18 : Exsultet.

⁴ jer. Asa 3,15 ; Rôm 8,11.

⁵ jer. Heb 13,20.

nahaonany tamin'ireo tao amin'ny fonenan'ny maty. Kanefa amin'ny maha-Mpamonjy Azy no nidinany tany, nitory ny Evanjely tamin'ireo fanahy voatana tao¹.

633. Ny fonenan'ny maty izay nidinan'i Kristy maty, dia antsoin'ny Soratra Masina hoe : ambanin'ny tany, Seoly na Hadesy², satria izay rehetra mitoetra ao dia tsy afaka mahita an'Andriamanitra³. Toy izany, eo am-piandrasana ny Mpanavotra, no toe-javatra misy amin'ireo maty rehetra, na olon-dratsy na olo-marina⁴, izay tsy midika fa mitovy anjara izy ireo, araka ny nasehon'i Jesoa tamin'ny fanoharana momba an'i Lazara mahantra noraisina teo "an-tratran'i Abrahama"⁵. "Soritana mazava izany, fa ireo nanana toe-panahy masina, izay niandry, teo an-tratran'i Abrahama, ny Mpanafaka azy ireo, no nahafahan'i Jesoa-Kristy, fony Izy nidina tany ambanin'ny tany"⁶. Tsy nidina tany ambanin'ny tany tsy akory i Jesoa, mba hanafaka ao an'ireo olom-bery⁷, na handrava ny afoben'ny fahaverezana mandrakizay⁸, fa mba hanafaka ny olo-marina izay nialoha Azy⁹. 1033

634. "Notorina tamin'ny maty koa ny Vaovao Mahafaly..." (1 Pi 4,6). Ny fidinana tany ambanin'ny tany no fanatanterahana, hatramin'ny hafenoany, ny fitoriana momba ny evanjelim-pamonjena. Izany no ambaratonga farany amin'ny iraka maha-Mesia an'i Jesoa, ambaratonga voafintina amin'ny fotoana kanefa midadasika tokoa amin'ny tena dikany marina eo amin'ny fiitaran'ny tsanganasam-panavotana ny olombelona rehetra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra, satria izay rehetra voavonjy dia natao hiombona anjara amin'ny Fanavotana. 605

635. Nidina tany amin'ny hantsan'ny fahafatesana àry i Kristy¹⁰, mba "handrenesan'ny maty ny feon'ny Zanak'Andriamanitra, ka ireo izay handre izany dia ho velona" (Jo 5,25). I Jesoa "ilay Tompon'ny aina" (Asa 3,15), dia "nahatonga ho tsy manan-kery tamin'ny fahafatesany, ilay manana ny fanjakan'ny fahafatesana, izany hoe ny devoly, sy nanafaka an'izay rehetra niharan'ny fanandevozana, nandritra ny andro rehetra niainany, noho ny tahotra ny fahafatesana" (Heb 2,14-15). Nanomboka tamin'izay, i Kristy nitsangan-ko velona "no mitana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny Hadesy" (Apôk 1,18) ary "handohalika amin'ny Anaran'i Jesoa avokoa ny

¹ jer. 1 Pi 3,18-19.

² jer. Filip 2,10 ; Asa 2,24 ; Apôk 1,18 ; Efez 4,9.

³ jer. Sal 6,6 ; 88,11-13.

⁴ jer. Sal 89,49 ; 1 Sam 28,19 ; Ezek 32,17-32.

⁵ jer. Lk 16,22-26.

⁶ Kat. R. 1,6,3.

⁷ jer. Kôns. Rôma tamin'ny 745 : DS 587.

⁸ jer. DS 1011 ; 1077.

⁹ jer. Kôns. Tolède IV tamin'ny 633 : DS 485 ; Mt 27,52-53.

¹⁰ jer. Mt 12,40 ; Rôm 10,7 ; Efez 4,9.

lohalika rehetra, ny any an-danitra, ny ety an-tany, ary ny any ambanin'ny tany” (Filip 2,10).

Fahanginana lehibe no manjaka eto an-tany anio, fahanginana lehibe sy toeramangina lehibe. Fahanginana lehibe satria matory ny Mpanjaka. Nihorohoro ny tany ary nitony satria matory ao amin'ny nofo Andriamanitra sy nandeha namoha an'ireo izay natory hatramin'ny taonjato maro (...) Lasa nitady an'i Adama Izy, ilay voalohany Raintsika, ilay ondry very. Tiany ny handeha hamangy an'ireo izay nipetraka tao anatin'ny maizina sy ny aloky ny fahafatesana. Lasa Izy mba hanafaka ny fahorian'i Adama amin'ny fatorana, sy ny fahorian'i Eva, babo miaraka aminy. Izy Ilay sady Andriamanitr'izy ireo no Zanak'izy ireo (...) “Izaho no Andriamanitrao, ary noho ianao, dia tonga Zanakao Aho. Mifohaza ianao, ianao izay natory, satria Izaho tsy nahary anao mba hitoeranao voafatotra aty amin'ny afobe. Mitsangàna amin'ny maty ianao, fa Izaho no Fiainan'ireo maty”¹.

FAMINTINANA

636. *Amin'ny fiteny hoe “nidina tany ambanin'ny tany i Jesoa”, no anambaran'ny semboly fa tena maty tokoa i Jesoa, ka ny fahafatesany ho antsika no nandreseny ny fahafatesana sy ny devoly, “ilay manana ny herin'ny fahafatesana” (Heb 2,14).*

637. *I Kristy, maty, amin'ny fanahiny miray amin'ny maha-Olona-Andriamanitra Azy, dia nidina tany amin'ny fonenan'ny maty. Namoha ny varavaran'ny lanitra Izy, ho an'ireo olo-marina izay nialoha lalana Azy.*

Paragrafy 2. *Nitsangana tamin'ny maty Izy, tamin'ny andro fahatelo*

638. “Mitory aminareo ny Vaovao Mahafaly izahay : notanterahin' Andriamanitra tamintsika zanak'izy ireo ny fampanantenana nataony tamin'ny razantsika : nanangana an'i Jesoa ho velona Izy” (Asa 13,32-33). Ny Fitsanganan'i Jesoa ho velona no tampon'ny fahamarinam-pinoantsika ao amin'i Kristy, ninoan'ny ankohonam-piangonana kristianina voalohany sy nivelomany ho fahamarinana ivon'ny finoana, nampitaina tamin'ny Lovampampianarana ho fototry ny fahamarinam-pinoana, naraikitra tamin'ireo tahirin-kevitry ny Testamenta Vaovao, notorina ho anisan'ny votoatin'ny misterin'ny Paka miaraka amin'ny Hazofijaliana :

Nitsangana tamin'ny maty i Kristy.

Tamin'ny nahafatesany no nandreseny ny fahafatesana.

Tamin'ireo maty no nanomezany ny fiainana².

¹ Toriteny fahiny fanao tamin'ny Sabotsy Masina.

² Litorzia bizantinina, Tononkalom-pivavahana amin'ny Paka.

I. Ny zava-niseho ara-tantara mihoatra ny tsapa sy ny hita

639. Ny misterin'ny fitsanganan'i Kristy ho velona, dia zava-niseho tokoa izay voamarina ara-tantara ny fisehoany, araka ny fanaporfoan'ny Testamenta Vaovao izany. Efa afaka nanoratra toy izao ho an'ireo Kôrintianina i Md Paoly, sahabo ho tamin'ny taona 56 : “Izao no zavatra ampitaiko aminareo, araka ny nandraisako izany koa : maty noho ny fahotantsika i Kristy, araka ny Soratra Masina, dia nalevina Izy, sy nitsangan-ko velona tamin'ny andro fahatelo, araka ny Soratra Masina, niseho tamin'i Sefasy Izy, vao tamin'ny Roa ambin'ny folo” (1 Kôr 15,3-4). Eto i Paoly, dia miteny ny *lovampianarana velona momba ny Fitsanganan-ko velona* izay noraisiny taorian'ny fibebahany teo ambavahadin'i Damasa¹.

Ny fasana foana

640. “Nahoana no aty amin'ny maty no itadiavanareo ny Velona ? Tsy eto intsony Izy fa efa nitsangan-ko velona” (Lk 24,5-6). Ao anatin'ny zavamiseho manodidina ny Paka, ny singafotra voalohany tojo dia ny fasana foana. Tsy azo heverina ho porofo mivantana anefa izany, raha amin'izany fotsiny. Ny tsy naha-tao am-pasana ny vatan'i Kristy dia azo hazavaina amin'ny fomba hafa². Na izany aza, ny fasana foana, ho an'ny rehetra, dia famantarana ilaina. Ny fahitan'ireo mpianatra an'izany no dingana voalohany mankamin'ny fanekena ny zava-niseho ny amin'ny Fitsanganan-ko velona. Izany no toe-javatra hitan'ireo vehivavy masina aloha³, avy eo i Piera⁴. “Ilay mpianatra tian'i Jesoa” (Jo 20,2) dia nilaza marina fa tamin'ny nidirany tao am-pasana foana sy tamin'ny nahitana ny “lambam-paty nipetraka tamin'ny tany” (Jo 20,6) dia “nahita izy ary nino” (Jo 20,8). Tsapa amin'izany, araka ny toetran'ny fasana foana⁵, fa ny tsy naha-tao ny vatan'i Jesoa dia tsy mety ho tsanganasan'olombelona, ary i Jesoa tsy hoe niverina fotsiny tamin'ny fahavelomana teto an-tany toy ny an'i Lazara⁶. 999

Ny fisehoan'ilay Nitsangan-ko velona

641. I Maria Madelenina sy ireo vehivavy masina, izay tonga hamita ny fanosorana zava-manitra ny vatan'i Jesoa⁷ nalevina maimaika noho ny fahatongavan'ny Sabata ny harivan'ny Zomà Masina⁸, no voalohany nihaona

¹ jer. Asa 9,3-18.

² jer. Jo 20,13 ; Mt 28,11-15.

³ jer. Lk 24,3.22-23.

⁴ jer. Lk 24,12.

⁵ jer. Jo 20,5-7.

⁶ jer. Jo 11,44.

⁷ jer. Mk 16,1 ; Lk 24,1.

⁸ jer. Jo 19,31.42.

553 tamin' ilay Nitsangan-ko velona¹. Araka izany, ny vehivavy no voalohany
mpampita ny hafatry ny Fitsanganan'i Kristy ho velona ho an'ny tenan'ireo
apôstôly². Nanaraka izany, niseho tamin'izy ireo i Jesoa, ka i Piera aloha, avy
eo ny Roa ambin'ny folo lahy³. I Piera, voantso hanamafy ny finoan'ny
448 rahalahiny⁴ àry, no nahita talohan'izy ireo an' ilay Nitsangan-ko velona, ary
tamin'ny fijoroany vavolombelona no nahatonga ny ankohonan'ny mpianatra
niantsoantso hoe : “Efa nitsangan-ko velona tokoa ny Tompo, ary efa niseho
tamin' i Simôna Izy” (Lk 24,34).

659,881 642. Izay rehetra niseho tamin'ny tontolo andron'ny Paka, dia mampiditra ny
tsirairay amin'ny apôstôly – singanina manokana i Piera - amin'ny
fanorenana ny fotoam-baovao izay nanomboka ny marainan'ny Paka. Noho
izy ireo vavolombelon' ilay Nitsangan-ko velona, dia nitoetra ho vato fototra
iorenan'ny Fiangonany izy ireo. Ny finoan'ireo ankohonam-piangonan'ny
mpino voalohany dia miorina amin'ny filazan'ireo olona vavolombelona
860 nahita maso, fantatry ny kristianina, ary ny ankamaroany dia mbola velona
teo anivon'izy ireo. Amin'ireo “vavolombelon'ny Fitsanganan'i Kristy ho
velona ireo”⁵, i Piera no voalohany, ary ireo Roa ambin'ny folo lahy, kanefa
tsy izy ireo ihany : i Paoly dia niteny mazava fa olona mihoatra ny dimanjato
no indray nisehoan' i Jesoa, ankoatra an' i Jakôba sy ny apôstôly rehetra⁶.

643. Manoloana an'ireo filazan'ny vavolombelona ireo, dia tsy mety ho vita ny
manazava ny Fitsanganan'i Kristy ho velona ivelan'ny zavatra ara-batana, sy ny tsy
manaiky izany ho zava-niseho marina ara-tantara. Izany antony izany no nahatonga
ny finoan'ireo mpianatra ho nandalo fitsapan-toetra mahery vaika tamin'ny fijaliana
sy ny fahafatesan'ny mpampianatr'izy ireo teo amin'ny Hazofijaliana voalazan'Izy io
mialoha⁷. Ny fikorontanan-tsaina avy amin'ny fijaliana izay mafy loatra no
nahatonga an'ireo mpianatra (na fara faha keliny ny sasantsasany tamin'izy ireo) ho
tsy nino avy hatrany ny vaovao momba ny Fitsanganan-ko velona. Ny Evanjely dia
tsy mampiseho amintsika velively ankohonana mpianatra entanim-piderana ho miray
amin' Andriamanitra, fa ny haneho amintsika ny mpianatra kivy (“endrika maloka” :
Lk 24,17) sy raiki-tahotra⁸. Izany no antony tsy ninoan'izy ireo an'ireo vehivavy
masina niverina avy tany amin'ny fasana sy “niheveran'izy ireo ho arirarira foana ny
tenin'iretsy” (Lk 24,11)⁹. Rahefa nisehoan' i Jesoa izy iraka ambin'ny folo lahy ny
harivan'ny Paka, “dia nomeny tsiny noho ny tsy finoan'izy ireo sy ny hamafin'ny
fon'izy ireo satria tsy nety nino an'ireo izay nahita maso Azy nitsangan-ko velona”
(Mk 16,14).

¹ jer. Mt 28,9-10 ; Jo 20,11-18.

² jer. Lk 24,9-10.

³ jer. 1 Kôr 15,5.

⁴ jer. Lk 22,31-32.

⁵ jer. Asa 1,22.

⁶ jer. 1 Kôr 15,4-8.

⁷ jer. Lk 22,31-32.

⁸ jer. Jo 20,19.

⁹ jer. Mk 16,11.13.

644. Na teo anatrehan'ny fisiana tena izy an'i Jesoa nitsangan-ko velona aza, dia mbola azon'ny fisalasalana ihany ireo mpianatra¹, satria ny zavatra toy izany ho azy ireo dia toa tsy mety ho tanteraka : noheverin'izy ireo fa matoatoa no hitany². “Tao anatin'ny hafaliany izy ireo dia mbola tsy nino ihany, fa talanjona fotsiny” (Lk 24,41) I Tomà dia hahafantatra an'izany fitsapam-pisalasalana izany koa³, ary tamin'ny fisehoana farany tany Galilea tantarain'i Matio, “ny sasany mbola nisalasalana ihany” (Mt 28,17). Izany no nahatonga ny vinavinan-kevitra hoe ny Fitsanganan-ko velona izay “vokatry” ny finoan' (na ny finoanoan') ny apôstôly dia tsy marim-pototra. Tsy izany mihitsy anefa, fa ny finoan'izy ireo ny Fitsanganan-ko velona dia teraka - teo ambany asan'ny fahasoavan'Andriamanitra - avy amin'ny fahalalana azo tamim-pahazarana mivantana ny tena fisian'i Jesoa nitsangan-ko velona tokoa.

Ny toetran'ny maha-olombelona nitsangan-ko velona an'i Kristy

645. Nampiseho fifandraisana mivantana tamin'ireo mpianany, tamin'ny alalan'ny fitsapana amin'ny tanana⁴ sy ny fiaraha-misakafo⁵ i Jesoa nitsangan-ko velona. Tamin'izany no nanasany azy ireo mba hiaiky fa tsy matoatoa Izy⁶, fa indrindra hanamarina fa ny vatana tafatsangan-ko velona izay miaraka amin'izany no isehoany amin'izy ireo dia tsy hafa fa ilay vatana nampijaliana sy nofantsihana teo amin'ny hazofijaliana ihany, satria mbola mitondra ny mariky ny fijaliany Izy⁷. Amin'izany koa anefa io vatana tena izy sy marina io dia manana ny toetra vaovao ny vatana be voninahitra : tsy voafetran'ny elanelana sy ny fotoana intsony Izy, fa afaka miseho na aiza na aiza araka ny nahim-pony sy na rahoviana na rahoviana araka izay tiany⁸, satria ny maha-olombelona Azy tsy voasakan'ny eto an-tany intsony fa efa anisan'ny any amin'ny fonenan'Andriamanitra Ray⁹. Noho izany antony izany koa, i Jesoa nitsangan-ko velona, dia malalaka tokoa miseho araka izay tiany : maka endriky ny mpiandry saha¹⁰ na “amin'ny endrika hafa” (Mk 16,12) izay nahazatra ny mpianatra, mba hamelombelona indrindra ny finoan'izy ireo¹¹.

646. Ny Fitsanganan'i Kristy ho velona dia tsy hoe fiverenana indray amin'ny fiainana eto an-tany, tahaka an'ireo fananganan-ko velona notanterahiny talohan'ny Paka : ny zanakavavin'i Zaïra, ilay zatovolahy tao Naïma, i Lazara. Ireo zava-nisy ireo dia zava-niseho mahatalanjona, nefa ireo olona nanaovana zava-mahagaga ireo, dia nahita indray, tamin'ny fahefan'i Jesoa,

¹ jer. Lk 24,38.

² jer. Lk 24,39.

³ jer. Jo 20,24-27.

⁴ jer. Lk 24,39 ; Jo 20,27.

⁵ jer. Lk 24,30.41-43 ; Jo 21,9.13-15.

⁶ jer. Lk 24,39.

⁷ jer. Lk 24,40 ; Jo 20,20.27.

⁸ jer. Mt 28,9.16-17 ; Lk 24,15.36 ; Jo 20,14.19.26 ; 21,4.

⁹ jer. Jo 20,17.

¹⁰ jer. Jo 20,14-15.

¹¹ jer. Jo 20,14.16 ; 21,4.7.

549 ny fiainana “mahazatra” eto an-tany. Any andro any volana, mbola ho faty indray izy ireo. Hafa dia hafa noho izany ny Fitsanganan’i Kristy ho velona. Ao amin’ny vatany nitsangan-ko velona, dia mandalo amin’ny toe-pahafatesana ho any amin’ny fiainana hafa any ankoatra ny fotoana sy ny elanelana Izy. Ny vatan’i Jesoa, ao anatin’ny Fitsanganan-ko velona, dia feno ny herin’ny Fanahy Masina ; mandray anjara amin’ny fiainan’Andriamanitra ao amin’ny toetran’ny voninahiny Izy, ka nafahan’i Md Paoly milaza ny amin’i Kristy fa Izy no “olon’ny lanitra”¹.

Zava-niseho mihoatra ny tsapa sy ny hita, ny Fitsanganan-ko velona

647. “Ô Ry alina !, hoy ny Hira fihobiana (“Exultet”) ny Paka, ianao irery no afaka mahalala ny fotoana izay nivoahan’i Kristy velona avy tao amin’ny fonenan’ny maty”². Satria, tsy nisy na iray aza vavolombelona nanatri-maso ny zava-niseho tamin’ny Fitsanganan-ko velona ary tsy nisy na iray aza mpanoratra Evanjely nilazalaza momba izany. Tsy misy olona afaka milaza hoe : Ahoana no nahatonga izany ara-batana ? Vao mainka koa tsy ho tsapan’ny fandrenesana samihafa ny foto-pisiana lalina indrindra ao aminy, dia ny fandalovana mankamin’ny fiainan-kafa izany. Ny Fitsanganan-ko velona, amin’ny maha-zava-niseho ara-tantara azo tsapain-tanana avy amin’ny famantarana ny fasana foana sy ny zava-misy ny amin’ny fihaonan’ireo apôstôly tamin’i Kristy nitsangan-ko velona, dia tsy nijanona amin’izany fotsiny, fa amin’izany no ihoarany ambony dia ambony sy isongonany ny tantara, eo anivon’ny misterin’ny finoana. Izany no antony nahatonga an’i Kristy nitsangan-ko velona ho tsy niseho tamin’izao tontolo izao³ fa tamin’ireo mpianany, “tamin’izy ireo niara-niakatra Taminy avy tany Galilea ho any Jerosalema, ny tenan’izy ireo ihany izay vavolombelony amin’ny vahoaka ankehitriny”(Asa 13,31).

II. Ny Fitsanganan-ko velona – tsanganasan’ny Trinite Masina

648. Ny Fitsanganan’i Kristy ho velona dia votoatim-pinoana noho izy fidiran’
258 ny Tenan’Izy Andriamanitra amin’ny fomba mihoatra ny tsapa sy ny hita eo
989 amin’ny fahariana sy eo amin’ny tantara. Ao amin’izany, ireo Olona telo-
Andriamanitra dia sady miasa miaraka no maneho ny maha-Izy Azy avy.
Tanteraka ny Fitsanganan-ko velona noho ny herin’ny Ray izay
“nanangana ho velona” (Asa 2,24) an’i Kristy, Zanany, ary amin’io endrika
io no ampidirany amin’ny fomba lavorary ny maha-olombelona Azy –
663 miaraka amin’ny vatany – ao amin’ny Trinite. I Jesoa dia niseho tanteraka ho
445 “Zanak’Andriamanitra omban-kery araka ny Fanahy, tamin’ny Fitsanganany
ho velona avy amin’ny maty” (Rôm 1,4). Antitranterin’i Md Paoly ny

¹ jer. 1 Kôr 15,35-50.

² Vigilia Paschalis, Praeconium Paschale (« Exsultet »).

³ jer. Jo 14,22.

fisehoan'ny herin'Andriamanitra¹ amin'ny tsanganasan'ny Fanahy izay 272
namelona ny maha-olombelona maty an'i Jesoa sy nanendry izany ho amin'
ny toetra be voninahitry ny Tompo.

649.Raha ny amin'ny Zanaka, Izy ihany no nanatanteraka ny Fitsanganany ho
velona noho ny herin'Andriamanitra ananany. Nilaza i Jesoa fa ny Zanak'
olona dia tsy maintsy hijaly mafy, hovonoina ho faty, fa hitsangan-ko velona
indray (araka ny hevi-teny manao ny asa²). Any an-kafa, nilaza marina
mazava Izy : “Mahafoy ny aiko Aho, mba handraisako azy indray. (...)
Manam-pahefana hahafoy azy Aho ary manam-pahefana handray azy indray”
(Jo 10,17-18). “Mino isika (...) fa i Jesoa dia maty, avy eo nitsangan-ko
velona” (1 Tes 4,14).

650.Ny Aban'ny Fiangonana dia mibanjina ny Fitsanganan-ko velona miainga
avy amin'ny maha-Olona-Andriamanitra an'i Kristy izay mbola mijanona
miray amin'ny fanahiny sy amin'ny vatany nosarahin'ny fahafatesana : 626
“Amin'ny firaisan'ny fomba aman-toetra maha-Andriamanitra izay maharitra
misy ao amin'ny fanahy amam-batana maha-olombelona, ireo no mikambana
indray. Araka izany, ny fahafatesana dia miseho amin'ny alalan'ny fisarahan'
ny vatana sy ny fanahy maha-olombelona, ary ny Fitsanganan-ko velona dia 1005
avy amin'ny firaisan'ireo zavatra roa tafasaraka ireo”³.

III. Hevitra sy herim-pamonjen'ny Fitsanganan-ko velona

651.“Raha tsy nitsangan-ko velona i Kristy, dia foana ny toriteninay ary foana
koa ny finoanareo” (1 Kôr 15,14). Ny Fitsanganan-ko velona, alohan'ny
zavatra rehetra, no anisan'ny fanamarinana izay rehetra nataon'ny Tenan'Izy
Kristy sy nampianariny. Ny marina rehetra, na dia izay tsy takatry ny sain'
olombelona aza, dia voaporofa tanteraka ny fahamarinany tamin'ny
nitsanganan'i Kristy ho velona, araka ny nampanantenainy, ary voaporofa 129
tamin'izany koa ny maha-fahefan'Andriamanitra ny fahefany. 274

652.Ny Fitsanganan'i Kristy ho velona dia *fahatanterahan'ny fampanantenana*
ao amin'ny Testamenta Taloha⁴ sy avy amin'i Jesoa rahateo ihany nandritra 994
ny fiainany teto an-tany⁵. Ny fomba fiteny hoe “araka ny Soratra Masina”⁶ 601
dia ilazana fa ny Fitsanganan'i Kristy ho velona no manatanteraka an'ireny
faminaniana ireny.

¹ jer. Rôm 6,4 ; 2 Kôr 13,4 ; Filip 3,10 ; Efez 1,19-22 ; Heb 7,16.

² jer. Mk 8,31 ; 9,9.31 ; 10,34.

³ Md Grégoire de Nysse, res.1 ; jer. koa DS 325 ; 359 ; 369 ; 539.

⁴ jer. Lk 24,26-27.44-48.

⁵ jer. Mt 28,6 ; Mk 16,7 ; Lk 24,6-7.

⁶ jer. 1 Kôr 15,3-4 sy ny Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

653. Ny fahamarinan'ny *maha-Andriamanitra* an'i Jesoa no hamafisin'ny
445 Fitsanganany ho velona. Hoy Izy : “Rahefa voasandratreo ny Zanak’olona
vao ho fantatreo fa Izaho Ilay Misy” (Jo 8,28). Ny Fitsanganan-ko velon’
ilay Nofantsihana teo amin’ny hazofijaliana dia nampiharihary fa Izy tokoa
no “Izaho ilay Misy”, ilay Zanak’Andriamanitra ary Andriamanitra rahateo
ihany. Afaka nanambara tamin’ny Jody i Md Paoly hoe : “Ny fampanante-
nana natao tamin’ny razantsika, dia notanterahin’Andriamanitra tamintsika
(...); natsangany tamin’ny maty i Jesoa, araka izay voasoratra ao amin’ny
salamo faharoa hoe : Zanako Ianao, Izaho no niteraka Anao androany” (Asa
13,32-33)¹. Ny Fitsanganan’i Kristy ho velona dia mifamatotra mafy amin’ny
461 misterin’ny Fahatongavan’ny Zanak’Andriamanitra ho nofo. Ao amin’izany
422 no fahatanterahana araka ny fandaharana mandrakizain’Andriamanitra.

654. Misy endrika roa sosona ny misterin’ny Pakan’i Jesoa : tamin’ny alalan’ny
fahafatesany Izy no manafaka antsika amin’ny fahotana, ary tamin’ny
alalan’ny Fitsanganany ho velona Izy no manokatra ho antsika ny fidirana ho
amin’ny fiainam-baovao. Io fitsanganan-ko velona io aloha no *fanamarinana*
1987 izay mamerina antsika amin’ny fahasovan’Andriamanitra² “mba ho tahaka
ny nananganana an’i Kristy tamin’ny maty, no hahavelomantsika amin’ny
fiainam-baovao koa” (Rôm 6,4). Io no fototry ny fandresena ny fahafatesana
vokatry ny fahotana sy amin’ny fandraisana anjara indray amin’ny
1996 fahasovana³. Io no manatanteraka ny *fananganan-janaka*, satria manjary
rahalahin’i Kristy ny olombelona rehetra, araka ny iantsoan’ny Tenan’Izy
Jesoa ny mpianany taorian’ny Fitsanganany ho velona hoe : “Mandehana
milaza amin’ny rahalahiko” (Mt 28,10)⁴. Rahalahy tsy hoe noho ny maha-
mpiray kibo tsy akory, fa noho ny fanomezam-pahasovana, satria izany
fananganan-janaka izany no mahatonga ny fandraisana anjara marina amin’
ny fiainan’ny Zanaka Lahitokana, izay voaseho miharihary manontolo tamin’
ny Fitsanganany ho velona.

655. Farany, ny Fitsanganan’i Kristy ho velona – sy i Kristy nitsangan-ko velona
mihitsy – no fototra sy loharanon’ny *fananganana antsika ho velona*
989 *rahatrizay* : “Nitsangan-ko velona avy amin’ny maty tokoa i Kristy, ary Izy
no santatr’izay efa nodimandry (...), ary toy ny ahafatesan’ny olon-drehetra
ao amin’i Adama, no hahaveloman’ny olon-drehetra koa ao amin’i Kristy”
(1 Kôr 15,20-22). Eo am-piandrasana an’izany fahatanterahana izany, dia
1002 monina ao am-pon’ny mpinony i Kristy nitsangan-ko velona. Ao Aminy ny
kristianina no “manandrana ny hamamin’ny asa mahagaga any amin’ny
fiainan-ko avy” (Heb 6,5) ary ny fiainan’izy ireo dia tarihin’i Kristy ho eo

¹ jer. Sal 2,7.

² jer. Rôm 4,25.

³ jer. Efez 2,4-5 ; 1 Pi 1,3.

⁴ jer. Jo 20,17.

anivon'ny fiainan'Andriamanitra¹ “mba tsy ho velona ho an'ny tenany fotsiny intsony izay velona, fa ho an'Ilay izay maty sy nitsangan-ko velona ho azy ireo” (2 Kôr 5,15).

FAMINTINANA

656. *Ny finoana ny Fitsanganan-ko velona dia mifototra amin'ny zava-niseho izay sady ara-tantara nohamarinin'ny mpianatra noho izy ireo tena nihaona tokoa tamin'ily Nitsangan-ko velona, no mifono mistery mihoatra ny tsapa sy ny hita, noho ny fidiran'ny maha-Olombelona an'i Kristy ao amin'ny Voninahitr'Andriamanitra.*

657. *Nampahafantarin'ny fasana foana sy ny lamba nipetraka teo, fa afaka tamin'ny fatoran'ny fahafatesana sy ny fahalòvana ny vatan'i Kristy, noho ny herin'Andriamanitra. Ireo no nanomana ny mpianatra amin'ny fihaonana amin'ily Nitsangan-ko velona.*

658. *I Kristy, “voalohan-teraka tamin'ny maty” (Kôl 1,18), no fototra iorenan'ny fitsanganantsika ho velona, manomboka izao, amin'ny fanamarinana ny fanahintsika², ary any aoriana any, amin'ny famelomana ny vatantsika³.*

ANDALANA 6

“Niakatra any an-danitra i Jesoa, mipetraka eo an-kavanoan'Andriamanitra, Ray Mahefa ny zavatra rehetra”

659. “Ary rahefa avy niteny tamin'izy ireo i Jesoa Tompo, dia nakarina any an-danitra, ka mipetraka eo an-kavanoan'Andriamanitra” (Mk 16,19). Efa nomem-boninahitra avy hatrany ny Vatan'i Kristy, tamin'ny fotoanan'ny Fitsanganany ho velona, ary porofoin'ny toetra manokana vaovao sy mihoatra ny natoraly izay zakain'ny Tenany maharitra tsy tapaka izany, manomboka hatreo⁴. Kanefa nandritra ny efaolo andro izay niarahany nihinana sy nisotro tamin'ny mpianany tamin'ny fomba mahazatra⁵, ary nampianarany azy ireo ny momba ny Fanjakan'Andriamanitra⁶, dia mbola mijanona ho takon'ny toetran'olombelona tsotra ny voninahiny⁷. Ny

¹ jer. Kôl 3,1-3.

² jer. Rôm 6,4.

³ jer. Rôm 8,11.

⁴ jer. Lk 24,31 ; Jo 20,19.26.

⁵ jer. Asa 10,41.

⁶ jer. Asa 1,3.

⁷ jer. Mk 16,12 ; Lk 24,15 ; Jo 20,14-15 ; 21,4.

66 fisehoan'i Jesoa farany dia nifarana tamin'ny nahatafidiran'ny maha-
olombelona Azy tsy mitampody, ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra,
697 naseho an-tsary amin'ny rahona¹ sy lanitra² izay ao Izy no mipetraka eo an-
kavanan'Andriamanitra³ manomboka hatreo. Amin'ny fomba miavaka tokoa,
sady tokana aman-tany no hisehoany amin'i Paoly "izay toy ny tsy tonga
642 volana" (1 Kôr 15,8) amin'ny fisehoana farany izay anendrena azy ho
apôstôly⁴.

660. Ny voninahitr'ilay Nitsangan-ko velona mbola takona nandritra io fotoana
io, dia taratra tamin'ny teniny mifono mistery tamin'i Maria-Madelenina hoe:
"Mbola tsy niakatra tany amin'ny Ray aho. Fa mandehàna mankany amin'ny
rahalahiko, ka lazao izy ireo hoe : Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny
Rainareo Aho, ary any amin'Andriamanitra sy ny Andriamanitrareo" (Jo 20,
17). Izany dia milaza fanehoana tsy mitovy eo amin'ny voninahitr'i Kristy
nitsangan-ko velona sy ny an'i Kristy tafasandratra eo an-kavanan'ny Ray.
Ny zava-miseho sady ara-tantara no mihoatra ny tsapa sy ny hita momba ny
Fiakarana any an-danitra dia manamarika ny fifindrana avy amin'ilay
voalohany mankany amin'ilay faharoa.

661. Mifamatotra lalina amin'ilay voalohany ity dingana farany ity, izany hoe
tamin'ilay fidinana avy any an-danitra tanteraka tamin'ny Fahatongavana ho
461 nofo. Ilay izay "avy ao amin'ny Ray" irery no afaka "miverina mankany
amin'ny Ray", dia i Kristy izany⁵. "Tsy nisy niakatra tany an-danitra afa-tsy
ny Zanak'olona izay nidina avy tany an-danitra" (Jo 3,13)⁶. Ny olombelona,
raha amin'ny herin'ny tenany fotsiny, dia tsy ho tafiditra ao an-Tranon'ny
Ray⁷, sy tsy hahazo ny fiainana mbamin'ny hasambaran'Andriamanitra. I
Kristy irery ihany no afaka mamoha izany fidirana izany ho an'ny
792 olombelona, "mba hampatoky antsika, rantsambatany, fa hanaraka Azy
Lohantsika sy Fiandohantsika any amin'izay efa niakarany hialoha lalana
antsika isika"⁸.

662. "Ary Izaho rahefa tafasandratra hiala amin'ny tany, dia hitarika ny
olombelona rehetra hanatona Ahy" (Jo 12,32). Ny fanandratana teo amin'ny
Hazofijaliana dia midika sy milaza ny fanandratana amin'ny Fiakarana any
1545 an-danitra, izay izany no fanombohany. I Jesoa-Kristy, Mpisorona tokan'ny
Fanekeh-pihavanana vaovao sady mandrakizay, dia tsy "niditra tao amin'ny
fitoerana masina nataon-tanan'olombelona (...), fa any an-danitra, mba

¹ Jer Asa 1,9 ; jer. koa Lk 9,34-35 ; Eks 13,22.

² jer. Lk 24,51.

³ jer. Mk 16,19 ; Asa 2,33 ; 7,56 ; jer. koa Sal 110,1.

⁴ jer. 1 Kôr 9,1 ; Gal 1,16.

⁵ jer. Jo 16,28.

⁶ jer. Efez 4,8-10.

⁷ jer. Jo 14,2.

⁸ MR, Prefasin'ny Fiakarana any an-danitra.

hiseho ankehitriny eo anatrehan'Andriamanitra ho antsika ” (Heb 9,24). Any an-danitra i Kristy no mampiasa maharitra tsy tapaka ny maha-Mpisorona Azy, “noho Izy velona mandrakizay mba hanao fifonana ho an'ireo izay manatona an'Andriamanitra amin'ny Alalany” (Heb 7,25). Araka ny maha-
“Mpisorombe ny amin'ny soa ho avy” Azy (Heb 9,11), dia Izy no foibe sy 1137
mpanao voalohany ny litorzia izay anomezan-kaja ny Ray any an-danitra¹.

663.I Kristy, nanomboka hatreo, dia *mipetraka eo an-kavanoan'ny Ray* : “Ny hoe an-kavanoan'ny Ray dia ny voninahitra sy ny haja maha-Andriamanitra, ka ilay Zanak'Andriamanitra izay nisy talohan'ny taonjato rehetra amin'ny maha-Andriamanitra sady iray fombam-pisia-maha-izy amin'ny Ray Azy, dia ny vatan-tenany mihitsy no mipetraka eo, taorian'ny nahatongavany ho nofo 648
sy ny nanomezam-boninahitra ny nofony”².

664.Ny fipetrahana eo an-kavanoan'ny Ray dia midika fitokanana ny fanjakan'ny Mesia, fahatanterahan'ny fahitan'i Daniela mpaminany ny amin'ilay Zanak' olona : “Nomena Azy ny fanapahana, ny voninahitra amam-panjakana, ary manompo Azy avokoa ny vahoaka amam-pirenena sy ny samy hafa fiteny rehetra. Fanapahana mandrakizay tsy manam-pahataperana ny fanapahany, ary tsy ho rava na oviana na oviana ny fanjakany” (Dan 7,14). Nanomboka tamin'io fotoana io, nanjary vavolombelon'ny “Fanjakana tsy hanam-pahataperana” ny apôstôly³. 541

FAMINTINANA

665. *Ny fiakaran'i Kristy any an-danitra no milaza ny fidirana tanteraka ny maha-Olombelona an'i Jesoa ao amin'ny fonenan'Andriamanitra any an-danitra, ary avy any Izy mbola ho avy indray⁴, saingy mandrapahatongan'izany, tsy hitan'ny mason'olombelona Izy⁵.*

666. *I Jesoa-Kristy, Lohan'ny Fiangonana, dia mialoha antsika ao amin'ny Fanjakana be voninahitry ny Ray, mba hiainantsika rantsambatan'ny Vatany amin'ny fanantenana fa indray andro any, hiaraka Aminy mandrakizay.*

667. *I Jesoa-Kristy, nony tafiditra io indray mandeha io ihany ao amin'ny toerana masina any an-danitra, dia manalalana tsy an-kijanona ho antsika amin'ny maha-Mpanelanelana Azy izay miantoka tsy tapaka ny fandrotsahana ny Fanahy Masina ho antsika.*

¹ jer. Apôk 4,6-11.

² Md Jean Damascène, f.o. 4,2.

³ Sembolin'i Nicée-Constantinople.

⁴ jer. Asa 1,11.

⁵ jer. Kôl 3,3.

“Avy any Izy mbola ho avy hitsara ny velona sy ny maty”

I. Hiverina amim-boninahitra Izy

Efa manjaka sahady i Kristy amin’ny alalan’ny Fiangonana ...

668. “Maty i Kristy ary velona indray, mba haha-Tompon’ny maty sy ny velona Azy” (Rôm 14,9). Ny Fiakaran’i Kristy any an-danitra dia ilazana ny fandraisan’ny maha-olombelona Azy anjara amin’ny hery sy amin’ny fahefan’Andriamanitra amin’ny maha-Andriamanitra Azy rahateo. I Jesoa-
 450 Kristy no Tompo : manana ny fahefana manontolo any an-danitra sy ety antany Izy. “Ambony lavitra noho ny fiandrianana rehetra, ny fanapahana rehetra, ny fahefana rehetra, ny fanjakana rehetra” Izy, satria “napetraky ny Ray eo an-tongony ny zavatra rehetra” (Efez 1,20-22). I Kristy no Tompon’ izao tontolo izao voarindra¹ sy ny tantara. Ao Aminy, ny tantaran’ny
 518 olombelona, toy izany koa ny zavaboary rehetra, no voavondrona ho iray², no voatomombana mihoatra ny tsapa sy ny hita.

669. Amin’ny maha-Tompo an’i Kristy, mbola Izy koa no Lohan’ny Fiangonana
 792 izay Vatany³. Nakarina any an-danitra sy nomem-boninahitra Izy, ka araka izany, nahatanteraka an-tsakany sy an-davany ny asa nanirahana Azy, nefa
 1088 mitoetra eto an-tany ao amin’ny Fiangonany. Ny Fanavotana no loharanon’ny fahefana izay iasan’i Kristy ao amin’ny Fiangonana, amin’ny alalan’ny Fanahiny Masina⁴. “Ny fanjakan’i Kristy dia efa eo amin’ny Fiangonana
 541 amin’ny fomba mystery”⁵, “tsiry sy fanombohan’io Fanjakana io ety antany”⁶.

670. Tafiditra amin’ny fahatontosany ny fandaharan’Andriamanitra, nanomboka tamin’ny Fiakarana any an-danitra. Efa ao amin’ny “ora farany” isika (1 Jo
 2,18)⁷. “Efa tonga ho antsika àry izany ny fotoana farany. Efa azo tsy
 1042 mimpody intsony ny fanavaozana an’izao tontolo izao, ary ny tena marina dia efa atao mialoha sahady ankehitriny : satria, efa eto an-tany ny Fiangonana no miravaka fahamasinana tsy mbola lavorary, nefa tena izy”⁸. Ny Fanjakan’i
 825 Kristy dia efa mampiseho sahady ny fisiany eto an-tany amin’ny alalan’ireo

¹ jer. Efez 4,10 ; 1 Kôr 15,24.27-28.

² jer. Efez 1,10.

³ jer. Efez 1,22.

⁴ jer. Efez 4,11-13.

⁵ FF 3.

⁶ FF 5.

⁷ jer. 1 Pi 4,7.

⁸ FF 48.

famantarana mampitolagaga¹ izay manampy ny fanambaràn'ny Fiangonana 547
momba izany².

... eo am-piandrasana ny haneken'ny zavatra rehetra Azy

671. Efa tonga ao amin'ny Fiangonany ny Fanjakan'i Kristy, nefa tsy mbola tontosa “amim-pahefana sy amim-boninahitra lehibe” (Lk 21,27)³ amin'ny fahatongavan'ny Mpanjaka eto ambonin'ny tany. Mbola tafihan'ireo hery amam-pahefan'ny ratsy io Fanjakana io⁴, na dia efa resy hatrany am-potony tamin'ny Pakan'i Kristy aza izy ireny. Mandra-pahatongan'ny zavatra rehetra hanaiky Azy⁵, “mandra-pahatongan'ny fotoana izay hahatanterahan'ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao anjakan'ny fahamarinana, ny Fiangonana eo am-pivahiniana dia mitondra ao amin'ireo sakramentany sy ny rafi-pandaminany, izay ao anatin'izao fotoana izao, ny endriky ny fotoana rehetra izay mihelina ihany ; ny Fiangonana dia miaina rahateo eo anivon'ny zavaboary izay mbola mitoreo mandraka ankehitriny anatin'ny hirifirin'ny fiterahana ary miandry ny fampisehoana an'ireo zanak'Andriamanitra⁶. Noho izany antony izany dia mivavaka ny kristianina, indrindra amin'ny fankalazana ny Eokaristia⁷, mba hanafaingana ny fiverenan'i Kristy⁸ indray amin'ny fiantsoana Azy hoe : “ Avia, ry Tompo” (Apôk 22,20)⁹. 1043
769,773
1043,2046
2817
672. I Kristy, talohan'ny Fiakarany any an-danitra, dia nilaza marina fa tsy mbola izao no fotoanan'ny fananganana amim-boninahitra ny Fanjakan'ny Mesia nandrasan'i Israely¹⁰, izay tsy maintsy hitondrana ho an'ny olombelona rehetra, araka ny voalazan'ny mpaminany¹¹, ny filaminana mandrakizay ao anatin'ny fahamarinana sy ny fitiavana ary ny fiadanana. Ny fotoana anio, araka ny Tompo, no fotoanan'ny Fanahy sy ny fijoroana vavolombelona¹², kanefa koa fotoana mbola isehoan'ny “fahasahiranana” (1 Kôr 7,26) sy ny fitsapan'ny ratsy¹³ izay tsy mitsitsy ny Fiangonana¹⁴ ary 732

¹ jer. Mk 16,17-18.

² jer. Mk 16,20.

³ jer. Mt 25,31.

⁴ jer. 2 Tes 2,7.

⁵ jer. 1 Kôr 15,28.

⁶ FF 48.

⁷ jer. 1 Kôr 11,26.

⁸ jer. 2 Pi 3,11-12.

⁹ jer. 1 Kôr 16,22 ; Apôk 22,17.

¹⁰ jer. Asa 1,6-7.

¹¹ jer. Iz 11,1-9.

¹² jer. Asa 1,8.

¹³ jer. Efez 5,16.

¹⁴ jer. 1 Pi 4,17.

2612 misantatra an'ireo ady atrehina amin'ny andro faramparany¹. Koa fotoana fiandrasana sy fiaretan-tory izany².

Fanantenan'i Israely, ny fahatongavan'ny Tompo amim-boninahitra

1040,1048 673. Nanomboka tamin'ny Fiakarana any an-danitra, dia antomotra³ ny fahatongavan'i Kristy amim-boninahitra, na dia “tsy antsika aza ny mahalala ny andro sy ny fotoana izay nalahatry ny Ray amin'ny fahefany irery” (Asa 1,7)⁴. Io fahatongavana any am-parany any io dia mety ho tanteraka na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona⁵ na “voasakana” aza izy, dia izy sy ny fitsapan-toetra farany izay hialoha azy⁶.

840 58 674. Mijanona eo amin'ny fotoana rehetra amin'ny tantara ny fahatongavan'ny Mesia enim-boninahitra⁷, ho amin'ny fankatoavan'i Israely manontolo izany⁸, izay “ny sasany manamafy ny fony”⁹ amin'ny “tsy finoana” (Rôm 11,20) an'i Jesoa. Iza no tenin'i Md Piera tamin'ireo Jody tao Jerosalema taorian'ny Pantekôty : “Mivaloza sy mibebaha ianareo mba ho voafafa ny fahotanareo ary amin'izany no hampiavian'ny Tompo ny fotoam-pialantsasatra. Amin'izay, haniraka an'i Kristy voatendry ho anareo Izy, dia i Jesoa, ilay tsy maintsy horaisin'ny lanitra aloha, mandra-pahatongan'ny andro fanavaozana manenika an'izao tontolo izao izay notenenin'Andriamanitra tamin'ny vavan'ireo mpaminaniny masina” (Asa 3,19-21). Ary hoy i Md Paoly mamerina ny voalazany : “Raha ny fanariana azy ireo àry no fampihavanana an'izao tontolo izao, hanao ahoana ny fandraisana azy ireo, tsy fiainana avy tao amin'ny fahafatesana va ?” (Rôm 11,15). Ny fidiran'ny hafenoan'ny Jody¹⁰ ao amin'ny famonjen'ny Mesia, arahin'ny hafenoan'ny jentily¹¹ no hahatonga ny Vahoakan'Andriamanitra “hahatanteraka ny hafenoan'i Kristy” (Efez 4,13) ka ao amin'izany “Andriamanitra dia ho zavatra rehetra amin'izy rehetra” (1 Kôr 15,28).

¹ jer. 1 Jo 2,18 ; 4,3 ; 1 Tim 4,1.

² jer. Mt 25,1-13 ; Mk 13,33-37.

³ jer. Apôk 22,20.

⁴ jer. Mk 13,32.

⁵ jer. Mt 24,44 ; 1 Tes 5,2.

⁶ jer. 2 Tes 2,3-12.

⁷ jer. Rôm 11,31.

⁸ jer. Rôm 11,26 ; Mt 23,39.

⁹ jer. Rôm 11,25.

¹⁰ jer. Rôm 11,12.

¹¹ jer. Rôm 11,25 ; Lk 21,24.

Ny Fitsapan-toetra faran'ny Fiangonana

675. Alohan'ny fahatongavan'i Kristy, dia tsy maintsy mandalo fitsapan-toetra farany, izay hanozongozona ny finoan'ny mpino maro be, ny Fiangonana¹. 769
Ny fanenjehana izay manjohy ny fivahiniany eto ambonin'ny tany², no hampiharihary ny “misterim-paharatsiana” amin'ny endriky ny famitahana ara-pivavahana mitondra vahaolana hita maso ho an'ny olona amin'ny olampianan'izy ireo, noho ny fivadiham-pinoana amin'ny marina Ny famitahana ara-pivavahana tampony dia ny an'ny Antikristy, izany hoe ny an'ny fampanantenana mesia sandoka izay ny olona ihany no manome voninahitra ny tenany eo amin'ny toeran'Andriamanitra sy ny Mesiany tonga nofo³.
676. Izany famitahan'ny antikristy izany dia misoritra sahady eto amin'izao tontolo izao, isaky ny misy mihambo hanatanteraka amin'ny tantara ny fanantenana mesia izay tsy mety ho tontosa raha tsy any ankoatra ny tantara amin'ny alalan'ny fitsaràna any amparany any : na amin'ny endriny efa somary nalefahana aza, dia tsipahin'ny Fiangonana io fisandohana ny Fanjakana ho avy io, izay mitondra anarana hoe fanjakana arivo taona⁴, indrindra amin'ny endrika pôlitikan'ny fampanantenana mesia tsy ara-pivavahana “mirakitra fahavetavetana ao anaty”⁵. 2425
677. Tsy hiditra ao amin'ny voninahitry ny Fanjakan'Andriamanitra ny Fiangonana, raha tsy amin'ilay Paka tampony izay hanarahany ny Tompony ao amin'ny fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona⁶. Tsy amin'ny fandresena ara-tantara eo amin'ny Fiangonana araka ny fandrosoana miakatra izany no hahatanterahan'ny Fanjakan'Andriamanitra⁷, fa amin'ny fandresen'Andriamanitra ny fitroatra faran'ny ratsy⁸ izay hampidina avy any an-danitra ny Vadiny⁹. Ny fandresen-dehiben'Andriamanitra ny amin'ny fikomian'ny ratsy dia haka endriky ny Fitsaràna farany¹⁰, aorian'ny fihovitrovitry ny maha-izao tontolo izao voarindra an'ity tany mandalo ity¹¹. 2853

¹ jer. Lk 18,8; Mt 24,12.

² jer. Lk 21,12 ; Jo 15,19-20.

³ jer. 2 Tes 2,4-12 ; 1 Tes 5,2-3 ; 2 Jo 7 ; 1 Jo 2,18.22.

⁴ jer. DS 3839.

⁵ jer. Pie XI, ansikl. « Divini Redemptoris » nanameloka ny « faux mysticisme » an'io « halatahaka ny amin'ny fanavotana ny manetry tena sy ny mahantra » io ; FAA 20-21.

⁶ jer. Apôk 19,1-9.

⁷ jer. Apôk 13,8.

⁸ jer. Apôk 20,7-10.

⁹ jer. Apôk 21,2-4.

¹⁰ jer. Apôk 20,12.

¹¹ jer. 2 Pi 3,12-13.

1038-1041 II. Mba hitsara ny velona sy ny maty

1470 678. Taorian'ireo mpaminany¹ sy i Joany-Batista², no nanambaràn'i Jesoa tamin' ny toriteniny, ny Fitsaràna amin'ny Farandro. Amin'izay no hiharihary ny fitondran-tenan'ny tsirairay³ sy ny tsiambaratelon'ny fo maro⁴. Amin'izay no hanamelohana ny tsy finoana mahameloka izay nanao tsinontsinona ny fahasoavana natolotr'Andriamanitra⁵. Ny fihetsika natao tamin'ny namana no hampiharihary ny fandraisana na ny fandavana ny fahasoavana sy ny fitiavan'Andriamanitra⁶. Hilaza i Jesoa amin'ny farandro hoe : “Izay rehetra nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto, dia Izaho no nanaovanareo an'izany” (Mt 25,40).

1021 679. Tompon'ny fiainana mandrakizay i Kristy. Ny zo feno hitsara tanteraka ny tsanganasa sy ny fon'ny olombelona dia anjarany, amin'ny maha-Mpanavotra an'izao tontolo izao Azy. “Azony” tamin'ny Hazofijaliany io zo io. Ny Ray koa moa “nanome ny Zanaka ny fitsaràna manontolo” (Jo 5,22)⁷. Kanefa, tsy tonga mba hitsara ny Zanaka, fa mba hamonjy⁸ sy mba hanome ny fiainana izay ao Aminy⁹. Amin'ny fandavana ny fahasoavana ao amin'izany fiainana izany no mitsara tena sahady ny tsirairay¹⁰, raisiny araka ny tsanganasany¹¹ ary mety hamery mandrakizay ny tenany aza amin'ny fandavana ny Fanahin' ny fitiavana¹².

FAMINTINANA

680. *Efa manjaka sahady amin'ny alalan'ny Fiangonana, i Kristy Tompo, kanefa tsy mbola eo ambany fahefany avokoa ny zava-drehetra amin'izao tontolo izao. Tsy ho tonga ny fandresen-dehibe ny Fanjakan'i Kristy raha tsy misy aloha famelezana mahery vaika faramparany ataon'ny hery amam-pahefan'ny ratsy.*

681. *Amin'ny Andro Fitsaràna, amin'ny faran'izao tontolo izao, no ho avy amim-boninahitra i Kristy, mba hanatontosa ny tena fandresen'ny tsara ny ratsy izay hiara-mitombo tahaka ny voa tsara sy ny ahi-dratsy, mamakivaky ny tantara.*

¹ jer. Dan 7,10 ; Joely 3-4 ; Mal 3,19.

² jer. Mt 3,7-12.

³ jer. Mk 12,38-40.

⁴ jer. Lk 12,1-3 ; Jo 3,20-21 ; Rôm 2,16 ; 1 Kôr 4,5.

⁵ jer. Mt 11,20-24 ; 12,41-42.

⁶ jer. Mt 5,22 ; 7,1-5.

⁷ jer. 5,27 ; Mt 25,31 ; Asa 10,42 ; 17,31 ; 2 Tim 4,1.

⁸ jer. Jo 3,17.

⁹ jer. Jo 5,26.

¹⁰ jer. Jo 3,18 ; 12,48.

¹¹ jer. 1 Kôr 3,12-15.

¹² jer. Mt 12,32 ; Heb 6,4-6 ; 10,26-31.

682. *Amin'ny hahatongavany amin'ny farandro hitsara ny velona sy ny maty i Kristy be voninahitra, dia hanambara ny ao am-po tsy miloaka, ary hamaly ny isam-batan'olona araka ny tsanganasany avy, sy araka izay nandraisany na nandavany ny fahasoavana.*

TOKO FAHATELO

Izaho mino ny Fanahy Masina

683. “Tsy misy afa-milaza hoe : Jesoa no Tompo, raha tsy amin'ny Fanahy Masina” (1 Kôr 12,3). “Nirahin’Andriamanitra ho ao anatin’ny fontsika ny Fanahin’ny Zanany izay miantso hoe : *Aba, Ray!*” (Gal 4,6). Tsy ho tanteraka izany fahalalana ara-pinoana izany raha tsy ao amin’ny Fanahy Masina. Mba hifandray amin’i Kristy, dia tsy maintsy notohinin’ny Fanahy Masina aloha. Izy no mialoha antsika ary mahatonga ny finoana ho ao amintsika. Tamin’ny alalan’ny Batemintsika, sakramenta voalohan’ny finoana, no nampitana tamintsika ny Aina ao anaty lalina ao sy ho an’ny isam-batan’olona tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina ao amin’ny Fiangonana, ka ny Ray no loharanon’io Aina io, ary ao amin’ny Zanaka no anolorany azy ho antsika :

Ny Batemy no manome antsika ny fahasoavan’ny fahateraham-baovao ao amin’Andriamanitra Ray amin’ny alalan’ny Zanany ao amin’ny Fanahy Masina. Satria ireo izay mitondra ny Fanahin’Andriamanitra dia voatarika ao amin’ny Teny, izany hoe : ao amin’ny Zanaka ; fa ny Zanaka no manolotra azy ireo amin’ny Ray, ary ny Ray no mampahazo azy ireo ny tsy fahalòvana. Noho izany, raha tsy ny Fanahy, tsy ho azo atao ny mahita ny Zanak’Andriamanitra, ary raha tsy ny Zanaka, tsy misy olona afa-manatona ny Ray, satria ny fahalalana ny Ray, dia ny Zanaka, ary ny fahalalana ny Zanak’Andriamanitra dia manjary amin’ny alalan’ny Fanahy Masina¹.

684. Ny Fanahy Masina, amin’ny alalan’ny fahasoavany, no mampahatsiaro voalohany ny finoantsika sy ny fiainam-baovao izay mifantoka amin’ny fahalalana ny Ray sy Ilay izay nirahiny, dia i Jesoa-Kristy². Izy anefa no farany amin’ny fanambaràna ireo Olon’ny Trinite Masina. Nazavain’i Md. Grégoire de Nazianze, “*ilay Teòlôjianina*”, izany fandrosoana amin’ny alalan’ny fanabeazan’ny “*fiambonian-tenan’*” Andriamanitra izany :

Nanambara miharihary ny Ray ny Testamenta Taloha, fa somambisamby ihany ny Zanaka. Nampiseho mazava ny Zanaka ny Testamenta Vaovao, fa tsikaritra koa ny maha-Andriamanitra ny Fanahy. Ankehitriny, zon’ny Fanahy ny miaraka amintsika sy mampahazo antsika ny fahitana mazavazava kokoa ny amin’ny Tenany. Noho izany, tsy mety raha tsy manaiky ny maha-Andriamanitra ny Ray, kanefa manambara ampahibemaso ny Zanaka, ary raha

¹ Md Irénée, dem. 7.

² jer. Jo 17,3.

tsy manaiky ny maha-Andriamanitra ny Zanaka, hanampy ny Fanahy Masina ho enta-mavesatra famenony indray ve, raha lazaina amin'ny fiteny somary hafahafa ... Amin'ny fandrosoana sy fivoaran'ny "laza amam-boninahitra" hatrany no hibaliaka bebe kokoa ny fahazavan'ny saina momba ny Trinite¹.

- 236 685. Ny mino ny Fanahy Masina àry dia ny miaiky fa anankiray amin'ny Olon' ny Trinite Masina ny Fanahy Masina, iray fombam-pisia-maha-izy amin'ny Ray sy ny Zanaka, "tsaohina sy omem-boninahitra miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka"². Izany no antony nahatonga ny resaka momba ny mystery maha-Andriamanitra ny Fanahy Masina ho ao amin'ny "teôlôjia" momba ny Trinite. Ny resaka Fanahy Masina eto àry, dia izay mikasika ihany ny "fitantanam-pamonjen' "Andriamanitra.
- 258 686. Ny Fanahy Masina dia miara-niasa amin'ny Ray sy ny Zanaka hatrany ampiandohana ka hatrany amin'ny fahatanterahan'ny fandaharam-pamonjena antsika. Kanefa tamin'ny "fotoana farany" nosantarina niaraka tamin'ny Fahatongavan'ny Zanaka Mpanavotra ho nofo, no voambara sy nomena, nekena sy noraisina ho Olona Izy. Noho izany, io fandaharan'Andriamanitra, tomombana tao amin'i Kristy, "Voalohan-Teraka" sy Lohan'ny voary vaovao io, dia ho tanteraka ao amin'ny maha-olombelona amin'ny alalan'ny Fanahy voarotsaka : ny Fiangonana, ny fiombonan'ny olomasina, ny fanalana ny ota, ny fitsanganan'ny vatana ho velona, ny fiainana mandrakizay.

ANDALANA 8

"Izaho mino ny Fanahy Masina"

- 243 687. "Tsy misy mahalala ny momba an'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin' Andriamanitra"(1 Kôr 2,11). Ary, ny Fanahiny izay manambara Azy no mampahafantatra antsika an'i Kristy, Teniny, Teniny velona, fa tsy milaza ny Tenany Izy. Ilay izay "niteny tamin'ny alalan'ny mpaminany"³ no ahafahantsika mandre ny Tenin'ny Ray. Fa isika tsy mandre Azy. Tsy mahalala Azy isika afa-tsy amin'ny fihetsika izay anambaràny amintsika an' ilay Teny sy andrisihany antsika handray Azy amin'ny finoana. Ny Fanahin' ny Fahamarinana izay "mampiharihary" an'i Kristy amintsika dia "tsy miteny avy amin'ny Tenany"⁴. Ny toetra mipetrapetraka toy izany, izay tena toetran' Andriamanitra mihitsy, no manazava ny antony "tsy ahazoan'izao tontolo izao mandray Azy, satria tsy hitany Izy ka tsy fantany", fa ireo izay mino an'i Kristy kosa dia mahafantatra Azy satria mitoetra ao amin'izy ireo Izy (Jo 14,17).

¹ Md Grégoire de Naz., or. Theol. 5,26.

² Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

³ *Ibid.* DS 150

⁴ jer. Jo 16,13.

688.Ny Fiangonana, fiombonana velona ao amin'ny finoan'ny apôstôly izay nampitainy, no toeran'ny fahalalantsika ny Fanahy Masina :

- ao amin'ny Soratra Masina izay avy amin'ny fitsilovany ;
- ao amin'ny Lovam-pampianarana, izay ny Aban'ny Fiangonana no vavolombelona tsy tontan'ny ela ;
- ao amin'ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana izay ampiany ;
- ao amin'ny litorzia ara-tsakramenta, izay amin'ny alalan'ireo teniny sy ireo fanehoany an'ohatra no ampiombonan'ny Fanahy Masina antsika amin'i Kristy ;
- ao amin'ny fivavahana izay amin'izany Izy no manelanelana ho antsika ;
- ao amin'ireo fanomezam-pahasoavana sy andraiki-panompoana izay amin'izany no andrafetana ny Fiangonana ;
- ao amin'ireo famantarana ny fiainana maha-apôstôly sy maha-misiônera ;
- ao amin'ny fijoroana vavolombelon'ireo olomasina izay amin'izany Izy no mampiseho ny fahamasinany sy manohy ny tsanganasam-pamonjena.

I. Ny iraka iraisan'ny Zanaka sy ny Fanahy

689.Ilay izay nirahin'ny Ray ao am-pontsika, ny Fanahin'ny Zanany¹, dia Andriamanitra marina tokoa. Noho Izy iray fombam-pisia-maha-izy amin'ny Ray sy amin'ny Zanaka, dia tsy azo sarahina amin'izany Izy, na ao amin'ny Fiainana lalin'ny Trinite izany na amin'ny fanomezam-pitiavany an'izao tontolo izao. Kanefa amin'ny fitsaohana ny Trinite Masina, mamelombelon'aina, iray fombam-pisia-maha-izy sy iray tsy mivaky, dia manambara ampahibemaso ny fiavahan'ny Olona Telo koa ny finoan'ny Fiangonana Rahefa maniraka ny Teniny ny Ray, dia mandefa lalandava ny Fofon'ainy : iraka iraisana izay mampiavaka ny Zanaka sy ny Fanahy Masina kanefa tsy azo sarahina. Marina fa i Kristy no miseho, Izy, ilay Endrika hita maso maneho an'Andriamanitra tsy hita maso, nefa ny Fanahy Masina no manambara Azy. 245

690.I Jesoa no Kristy, “voahosotra”, satria ny Fanahy no nanosotra Azy, ary izay rehetra tonga nanomboka tamin'ny Fahatongavana ho nofo dia avy amin'io hafenoana io avokoa². Rahefa nomem-boninahitra i Kristy tamin'ny farany³, dia azony atao koa, avy eo anilan'ny Ray, ny maniraka ny Fanahy amin'ireo izay mino Azy : Izy no mampita amin'izy ireo ny Voninahiny⁴, izany hoe ny Fanahy Masina izay manome Voninahitra Azy⁵. Amin'izany ny iraka iraisana dia hiseho ao amin'ireo zanaka natsangan'ny Ray ao amin'ny Vatan-tenan'ny 485

¹ jer. Gal 4,6.

² jer. Jo 3,34.

³ jer. Jo 7,39.

⁴ jer. Jo 17,22.

⁵ jer. Jo 16,14.

Zanany : ny fanirahana ny Fanahim-pananganan-janaka, dia ny hampiray azy ireo amin'i Kristy sy hahavelona azy ireo ao Aminy.

448

Ny fahalalana ny atao hoe fanosorana dia hahitana hevitra (...) fa tsy misy elanelana mihitsy eo amin'ny Zanaka sy ny Fanahy. Satria, toy ny eo amin'ny faritry ny vatana sy ny fanosorana menaka azy, izay samy tsy mahatsapa ny elanelana amin'izany na ny saina na ny fandrenesana, dia mivantana tahaka izany koa ny fifandraisan'ny Zanaka amin'ny Fanahy, hany ka ho an'ilay izay te hanatona ny Zanaka amin'ny alalan'ny finoana, dia ilaina aloha ny fanosorana amin'ny menaka. Satria, tsy misy faritra na kely aza izay mety tsy hisy ny Fanahy Masina. Izany no mahatonga ny fiekena ny maha-Tompo ny Zanaka, hatao ao amin'ny Fanahy Masina, ho an'ireo izay mandray fanosora-menaka, dia ny Fanahy tonga hatraiza hatraiza eo anoloan'ireo izay manatona amin'ny alalan'ny finoana¹.

II. Ny anaran-tsamirery sy ny anaram-piantsoana ary ny fanehoana an'ohatra ny Fanahy Masina

Ny anaran-tsamirerin'ny Fanahy Masina

691. "Fanahy Masina", izany no anaran-tsamirerin'Ilay tsaohintsika sy omentsika voninahitra miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka. Noraisin'ny Fiangonana avy amin'ny Tompo io anarana io, ary ambarany ampahibemaso ao amin'ny Batemin'ireo zanany vaovao².

Ny teny hoe "Fanahy" no andikana ny teny hebrio hoe : *Ruah*, izay araka ny heviny voalohany, dia midika hoe fofon'aina, rivotra, tsio-drivotra. Nampiasa indrindra ny sary an'ohatra azo tsapain-tanana momba ny rivotra i Jesoa, mba hanome hevitra an'i Nikôdema ny maha zava-baovao mihoatra ny tsapa sy ny hita an'Ilay izay tenan'ny Fofon'Ain'Andriamanitra mihitsy, dia ny Fanahin'Andriamanitra³. Etsy an-kilany ny hoe Fanahy sy Masina, dia toetran'Andriamanitra manokana iombonan'ireo Olona Telo-Andriamanitra. Kanefa amin'ny fanakambanana an'ireo teny roa ireo, ny Soratra Masina, ny litorzia ary ny fiteny ara-teôlôjia, dia manondro ny Olona tsy hay ambara amin'ny teny momba ny Fanahy Masina, tsy manana hevi-droa mety hitranga amin'ny fampiasana hafa ny teny hoe "fanahy" sy "masina".

Ny anaram-piantsoana ny Fanahy Masina

1433

692. I Jesoa, fony Izy nanambara sy nampanantena ny fahatongavan'ny Fanahy Masina, dia niantso Azy hoe "Parakleto", ara-bakiteny dia hoe : "Ilay voantso ho eo akaiky", *ad-vocatus* (Jo14,16.26 ; 15,26 ; 16,7). "Mpisolo vava" no mahazatra andikana ny "Parakleto", ka i Jesoa no mpisolo vava voalohany⁴.

¹ Md Grégoire de Nysse, Spir. 16.

² jer. Mt 28,19.

³ jer. Jo 3,5-8.

⁴ jer. 1 Jo 2,1.

Ny Tenan'Izy Tompo koa dia miantso ny Fanahy Masina hoe "Fanahin'ny Fahamarinana" (Jo 16,13).

693. Afa-tsy ny anaran-tsamireriny, izay ampiasaina be indrindra ao amin'ny Asan'ny apôstôly sy ireo Taratasy, dia hita ao amin'i Md Paoly ny anaram-piantsoana hoe : Fanahin'ny fampanantenana (Gal 3,14 ; Efez 1,13), Fanahim-pananganan-janaka (Rôm 8,15 ; Gal 4,6), Fanahin'i Kristy (Rôm 8,11), Fanahin'ny Tompo (2 Kôr 3,17), Fanahin'Andriamanitra (Rôm 8,9,14 ; 15,19 ; 1 Kôr 6,11 ; 7,40), ary ao amin'i Md Piera, Fanahin'ny voninahitra (1 Pi 4,14).

Ny fanehoana an'ohatra ny Fanahy Masina

694. *Ny rano.* Fanehoana an'ohatra mampibaribary ny asan'ny Fanahy Masina amin'ny Batemy ny rano, satria, aorian'ny fitalahoana ny Fanahy Masina, dia manjary 1218 famantarana ara-tsakramenta mandaitra amin'ny fahateraham-baovao ny rano : toy ny naha-tao am-bohoka antsika tamin'ny fahaterahantsika voalohany izay tanteraka tao anaty rano, ny asan'ny rano fanaovana batemy izay midika marina tokoa fa ny fahaterahantsika amin'ny ain'Andriamanitra dia nomena antsika tamin'ny Fanahy Masina. Fa "natao batemy tao amin'ny Fanahy iray ihany" isika, ary "Fanahy iray ihany koa no nampisotroana" antsika (1 Kôr 12,13) : ny Tenan'ny Fanahy mihitsy koa àry no ilay Rano velona izay miboiboika avy ao amin'i Kristy nofantsihana¹ satria loharano ipoirany, sy izay miboiboika ao amintsika ho Fiainana mandrakizay². 2652

695. *Ny fanosora-menaka.* Ny fanosora-menaka dia fanehoana an'ohatra mampibaribary koa ny Fanahy Masina, ka tonga hatramin'ny fitovian'ny hevitra raketiny Aminy 1293 mihitsy aza³. Amin'ny firosoana ho kristianina, izany no famantarana ara-tsakramentan'ny Fankaherezana, antsoina ara-drarin'ny amin'ny Fiangonana Tatsinanana hoe "Fanosorana masina" ("Chrismation"). Kanefa mba hahatsapana ny heriny manontolo, tokony hiverenana ilay fanosorana voalohany notanterahin'ny Fanahy Masina : ny an'i Jesoa. Ny Kristy ("Mesia" amin'ny teny hebrio) dia midika 436 hoe "voahosotry" ny Fanahin'Andriamanitra. Nisy ireo "voahosotry" ny Tompo ao amin'ny Fanehem-pihavanana Taloha⁴, ny ambony dia ambony amin'izany dia i Davida mpanjaka⁵. Kanefa i Jesoa no Ilay voahosotr'Andriamanitra tamin'ny fomba tsy manam-paharoa : ny maha-olombelona izay zakain'ny Zanaka ao Aminy dia "voahosotry ny Fanahy Masina" manontolo. Natokan'ny Fanahy Masina ho "Kristy" i Jesoa⁶. Nanana anaka an'i Kristy tamin'ny Fanahy Masina i Maria Virjiny izay nolazain'ny anjely hoe i Kristy amin'ny fotoana hahaterahany⁷ ary nanosika an'i

¹ jer. Jo 19,34 ; 1 Jo 5,8.

² jer. Jo 4,10-14 ; 7,38 ; Eks 17,1-6 ; Iz 55,1 ; Zak 14,8 ; 1 Kôr 10,4 ; Apôk 21,6 ; 22,17.

³ jer. 1 Jo 2,20,27 ; 2 Kôr 1,21.

⁴ jer. Eks 30,22-32.

⁵ jer. 1 Sam 16,13.

⁶ jer. Lk 4,18-19 ; Iz 61,1.

⁷ jer. Lk 2,11.

1504 Simeôna ho tonga tao an-Tempoly mba hahita ny Kristin'ny Tompo¹; Izy no nameno
an'i Kristy² ary ny heriny no nivoaka avy tao amin'i Kristy tamin'ny asam-
panasitranany amam-pamonjeny³. Farany, Izy no nanangan-ko velona an'i Jesoa
tamin'ny maty⁴. Koa noho izany, noho i Jesoa voatokana tanteraka ho "Kristy" ao
amin'ny maha-olombelona mpandresy ny fahafatesana Azy⁵, dia mandefa ny Fanahy
Masina Izy mandra-pahatongan'ny "olomasina" hitambatra ao anatin'ny firaisan'izy
794 izay manatanteraka ny hafenoan'i Kristy" (Efez 4,13) : "i Kristy manontolo", araka
ny fomba fitenin'i Md Augustin⁶.

696.Ny afo. Raha midika ho fahaterahana sy fahavokaran'ny Aina nomena tao amin'ny
Fanahy Masina ny rano, ny afo kosa dia maneho an'ohatra ny hery manovan'ny
1127 asan'ny Fanahy Masina. I Elia mpaminany, izay "nitsangana toy ny afo, ary nirehitra
toy ny fanilo ny teniny" (Ekl 48,1), noho ny vavaka nataony, no nisintona afo avy
2586 any an-danitra handoro ny sorona teo an-tendrombohitr'i Karmela⁷, sarin'ny afon'ny
Fanahy Masina manova izay kasihiny. I Joany-Batista, "izay nandeha teo anoloan'ny
Tompo tamin'ny "fanahy" sy ny "herin'i Elia" (Lk 1,17), dia nanambara an'i Kristy
718 ho ilay izay "hanao batemy amin'ny Fanahy Masina sy ny afo" (Lk 3,16), io Fanahy
io izay holazain'i Jesoa hoe : "Tonga hanipy afo ety ambonin'ny tany Aho, ka akory
ity faniriako mba hirehetan'izany sahady !" (Lk 12,49). Endrika lela "nolazaina hoe
mitarehin'afon'ny" no nisehoan'ny Fanahy Masina izay nipetraka teny ambonin'ny
mpianatra tamin'ny marainan'ny Pantekôty ary nameno azy rehetra⁸. Ny lovantsofina
ara-panahy dia hitàna io fanehoana an'ohatra momba ny afo io ho iray amin'ireo
mampiseho mazava indrindra ny asan'ny Fanahy Masina⁹ : "Aza mamono ny
Fanahy" (1 Tes 5,19).

697.Ny rahona sy ny hazavana. Tsy azo sarahina ireo fanehoana an'ohatra roa ireo
amin'ny fisehoan'ny Fanahy Masina. Hatramin'ny fisehoan'Andriamanitra ao
amin'ny Testamenta Taloha, ny Rahona, izay mbetika maizina, mbetika mazava, no
nanehoana an'Andriamanitra velona sady mpamonjy, amin'ny fanaronana ny
voninahiny ambony tsy taka-polopolorina : tamin'i Môizy tany an-tendrombohitr'i
Sinaia¹⁰, tao amin'ny Tranolay Fihaonana¹¹ ary nandritra ny dia tany an-tany efitra¹² ;
niaraka tamin'i Salômônina nandritra ny fitokanana ny Tempoly¹³. Ary dia
484 notanterahin'i Kristy tao amin'ny Fanahy Masina ireny tandindona ireny. Ity farany

¹ jer. Lk 2,26-27.

² jer. Lk 4,1.

³ jer. Lk 6,19 ; 8,46.

⁴ jer. Rôm 1,4 ; 8,11.

⁵ jer. Asa 2,36.

⁶ Md Augustin, serm. 341,1,1 ; *ibid.* 9,11.

⁷ jer. 1 Mpanj 18,38-39.

⁸ jer. Asa 2,3-4.

⁹ jer. Md Jean de la Croix, Ilama.

¹⁰ jer. Eks 24,15-18.

¹¹ jer. Eks 33,9-10.

¹² jer. Eks 40,36-38 ; 1 Kôr 10,1-2.

¹³ jer. 1 Mpanj 8,10-12.

ity izay tonga tao amin'i Maria Virjiny sy “nanaloka azy” mba hampitoe-jaza azy sy hiterahany an'i Jesoa¹. Tany an-tendrombohitry ny Fiovàn-tarehy, Izy no “avy 554
tampoka tao amin'ny rahona ka nanarona” an'i Jesoa, Môizy ary Elia, Piera, Jakôba
ary Joany, ary “nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe : “Ity no Zanak
malalako, henoy Izy” (Lk 9,34-35). Farany, dia mbola io Rahona io ihany no
“nanakona an'i Jesoa, ka tsy hitan'ny mason'ny” mpianatra, tamin'ny andron'ny 659
Fiakarana any an-danitra², sy haneho Azy ho Zanak'Olonao amin'ny voninahiny,
amin'ny Andron'ny Fahatongavany³.

698. *Ny fitomboka* no fanehoana an'ohatra manakaiky ny an'ny fanosorana. Ary satria i
Kristy no “nasian'Andriamanitra ny tombo-kaseny” (Jo 6,27) ka dia ao Aminy no 1295-1296
anamarihan'ny Ray antsika koa amin'ny tombo-kaseny⁴. Satria ny sarin'ny
fitomboka (*sphragis*) no anondroana ny vokatra tsy maty vonoina avy amin'ny 1121
fanosoran'ny Fanahy Masina amin'ny sakramentan'ny Batemy, ny Fankaherezana
ary ny Filaharana, dia nampiasaina tamin'ny lovantsofina ara-teôlôjia sasany izany
mba hanehoana ny “marika” tsy maty vonoina naraikitr'ireo sakramenta telo ireo
izay tsy azo averina intsony.

699. *Ny tanana*. Amin'ny fametrahan-tanana no anasitranan'i Jesoa ny marary⁵
sy itsofany rano ny ankizy madinika⁶. Amin'ny anarany, hanao toraka izany 292
koa ny apôstôly⁷. Mbola tsaratsara kokoa, fa tamin'ny fametrahan-tanan'ny
apôstôly no nanomezana ny Fanahy Masina⁸. Ny Taratasy ho an'ny Hebrio 1288
dia manao ny fametrahan-tanana ho anisan'ny “andalana fototry” ny
fampianarany⁹. Izany famantaram-pandrotsahana ny Fanahy Masina manan-
kery tsy hay tohaina izany dia mbola tanan'ny Fiangonana amin'ny 1300,
epikilezin'ireo sakramenta. 1573,1668

700. *Ny rantsantanana*. “Amin'ny rantsantanana'Andriamanitra no androahan' [i Jesoa]
ny demony”¹⁰. Raha voasoratra tamin'ny takela-bato nosoratan'ny “rantsantanana' 2056
Andriamanitra” (Eks 31,18) ny Lalànan'Andriamanitra, “ny taratasin'i Kristy”,
napetraka teo ambany fiahian'ny apôstôly, “dia voasoratra tamin'ny Fanahin'
Andriamanitra velona, tsy tamin'ny takela-bato, fa tamin'ny takela-nofo, tamin'ny
fo” (2 Kôr 3,3). Ny antsa “Avia, ry Fanahy Mpahary” (“Veni, Creator Spiritus”) no
italahoana ny Fanahy Masina ho “ny rantsantanana'ny tanan-kavanan'ny Ray”¹¹.

¹ jer. Lk 1,35.

² jer. Asa 1,9.

³ jer. Lk 21,27.

⁴ jer. 2 Kôr 1,22 ; Efez 1,13 ; 4,30.

⁵ jer. Mk 6,5 ; 8,23.

⁶ jer. Mk 10,16.

⁷ jer. Mk 16,18 ; Asa 5,12 ; 14,3.

⁸ Asa 8,17-19 ; 13,3 ; 19,6.

⁹ jer. Heb 6,2.

¹⁰ jer. Lk 11, 20.

¹¹ In Dominica Pentecostes, hymnus éd. I et II Vesperas.

701. Ny voromahailala. Tamin'ny fiafaran'ny safo-drano (izay fanehoana an'ohatra ny
 1219 Batemy), dia niverina ny voromahailala nalefan'i Nôe, nitondra sampahon'ôliva
 maitso teny am-bavany, famantarana fa azo onenana indray ny tany¹. Rahefa niakatra
 avy ao anaty rano nanaovana batemy Azy i Kristy, dia nidina teo amboniny sy
 535 nipetraka teo ny Fanahy Masina, niendri-batana toy ny an'ny voromahailala². Midina
 sy miorina ao am-po voadio an'ny vita batemy ny Fanahy. Any amin'ny trano
 fiangonana sasany, tahirizina ao amin'ny toerana iray vita amin'ny metaly miendrika
 voromahailala (*columbarium*) mihantona eo ambonin'ny ôtely ny Tahirin'ny
 Eokaristia masina. Ny fanehoana an'ohatra ny voromahailala mba hoenti-manambara
 ny Fanahy Masina dia efa nampitain'ny lovam-panahy ao amin'ny haisarimasina
 kristianina.

III. Ny Fanahy sy ny Tenin'Andriamanitra tamin'ny andron'ny fampanantenana

702. Hatrany am-piandohana ka hatramin'ny “Hafenoan'ny Andro” (Gal 4,4),
 ny iraka iraisan'ny Teny sy ny Fanahin'ny Ray dia mijanona ho *niafina*, nefa
 122 miasa. Tamin'izany no nanomanan'ny Fanahin'Andriamanitra ny fotoanan'
 ny Mesia, ary na ny andaniny na ny ankilany, izay samy tsy mbola nambara
 manontolo, dia efa nampanantenaina tao amin'izany mba handrasana sy
 horaisina amin'ny fotoanan'ny fisehoan'izy ireo. Izany no antony mahatonga
 ny Fiangonana rahefa mamaky ny Testamenta Taloha³, handinika lalina ao⁴
 107 ny tian'ny Fanahy, “izay niteny tamin'ny vavan'ny mpaminany”⁵, holazaina
 amintsika ny amin'i Kristy.

243 Ny hoe “mpaminany” eto, araka ny finoan'ny Fiangonana, dia ireo rehetra izay
 notsilovin'ny Fanahy Masina tamin'ny fitoriana velona sy tamin'ny fanoratana ny
 Boky Masina, na ny Testamenta Taloha izany na ny Testamenta Vaovao. Avahan'ny
 lovantsofina jody hoe ny Lalàna (ny boky dimy voalohany na Pentateoka), ny
 Mpaminany (ny antsointsika hoe bokin'ny tantara sy ny faminiana) ary ny Soratra
 (indrindra ny ara-pahendrena, singanina manokana ny Salamo)⁶.

Tamin'ny fahariana

703. Ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fofon'ainy no fiandohan'ny fisian-tena sy
 292 ny ain'ny voary manontolo⁷ :

“Sahaza ny Fanahy Masina ny manjaka, ny manamasina ary ny mamelon'aina
 ny voary, satria Andriamanitra iray fombam-pisia-maha-izy amin'ny Ray sy

¹ jer. Jen 8,8-12.

² jer. Mt 3,16 //.

³ jer. 2 Kôr 3,14.

⁴ jer. Jo 5,39.46.

⁵ Sembolin'i Nicée-Constantinople, DS 150.

⁶ jer. Lk 24,44.

⁷ jer. Sal 33,6 ; 104,30 ; Jen 1,2 ; 2,7 ; Mpitor 3,20-21 ; Ezek 37,10.

ny Zanaka Izy (...). Ananany ny fahefana momba ny aina, satria amin'ny maha-Andriamanitra Azy, dia mitahiry ny asa fahariana ao amin'ny Ray amin'ny alalan'ny Zanaka Izy"¹.

291

704. "Fa ny amin'ny olombelona, dia tamin'ny tanan'Andriamanitra ihany [izany hoe ny Zanaka sy ny Fanahy Masina] no nanamboarany azy (...) ary ny endriny ihany no nosoritany teo amin'ilay nofo namboarin'ny tanany, ka na izay hita maso aza, dia mitondra ny endrik'Izy Andriamanitra"².

356

Ny Fanahin'ny fampanantenana

705. Ny olombelona, simban'ny fahotana sy ny fahafatesana, dia mbola "mitovy endrika amin'Andriamanitra", amin'ny endriky ny Zanaka, saingy tsy manana ny Voninahitr'Andriamanitra izy³, tsy manana ny "fifanahafana". Ny fampanantenana natao tamin'i Abrahama no misantatra ny fitantanampamonjena, ka amin'ny faran'izany, Izy Zanaka rahateo no hizaka ao Aminy ny "endrik'olombelona"⁴, hamerina izany amin'ny "fifanahafana" amin'ny Ray ary hanome ho azy indray ny Voninahitra, dia ny Fanahy "loharanon' Aina" izany.

410

2809

706. Na tsy araka ny fanantenana maha-olombelona aza, dia nampanantena taranaka an'i Abrahama Andriamanitra, ho vokatry ny finoana sy ny herin'ny Fanahy Masina⁵. Amin'io taranany io no hanasoavana ny firenena rehetra ambonin'ny tany⁶. I Kristy io taranany io⁷, izay ny fandrotsahana ny Fanahy Masina avy ao Aminy no "hamory ho antokony iray ny zanak'Andriamanitra izay efa niparitaka"⁸. Tamin'ny fampanantenana natao tamim-pianianana⁹, no efa nampanantenan'Andriamanitra ny fanomezana ny Zanany malalany¹⁰ sy ny fanomezana ny "Fanahin'ny Fampanantenana (...) izay (...) manomana ny fanavotana ny Vahoaka nofidin'Andriamanitra ho Azy" (Efez 1,13-14)¹¹.

60

Tamin'ireo Teôfania sy Lalàna

707. Ireo Teôfania (fisehoan'Andriamanitra) no manazava ny lalan'ny fampanantenana, tamin'ireo patriarka hatramin'i Môizy ary tamin'i Jôsôe

¹ Litorzia bizantinina, Tononkalom-pivavahana amin'ny vavaka marainan'ireo alahady amin'ny fomba faharoa.

² Md Irénée, dem.11.

³ jer. Rôm 3,23.

⁴ jer. Jo 1,14 ; Filip 2,7.

⁵ jer. Jen 18,1-15 ; Lk 1,26-38.54-55 ; Jo 1,12-13 ; Rôm 4,16-21.

⁶ jer. Jen 12,3.

⁷ jer. Gal 3,16.

⁸ jer. Jo 11,52.

⁹ jer. Lk 1,73.

¹⁰ jer. Jen 22,17-18 ; Rôm 8,32 ; Jo 3,16.

¹¹ jer. Gal 3,14 ; Efez 1,13-14.

hatramin'ireo fahitana izay nisantatra ny fanirahana an'ireo mpaminany lehibe. Mankato lalandava ny lovam-panahy kristianina, fa ao amin'ireny Fisehoan'Andriamanitra ireny dia ny Tenin'Andriamanitra no namela ny Tenany ho hita sy ho heno, izay sady ambara no “alofana” ao amin'ny Rahon'ny Fanahy Masina.

1961-1964,
122
2585
708. Miseho manokana amin'ny fanomezana ny Lalàna, izany fomba fanabeazan'Andriamanitra izany¹. Nomena ho “mpitaiza sy mpanabe”, mba hitarika ny Vahoaka mankany amin'i Kristy, ny Lalàna². Kanefa noho ny tsy fahampian'ny herin'ny Lalàna hamonjy ny olombelona tsy manana intsony ny “fifanahafana” amin'Andriamanitra sy ny fampahalalany mazava tsara ny fahotana³, no nampitsiry ny faniriana ny Fanahy Masina. Ny toloko aman-toreo ao amin'ny Salamo no vavolombelona manamarina izany.

Tamin'ny Fanjakana sy ny Sesitany

2579
544
709. Ny Lalàna, famantarana ny fampanantenana sy ny fanekem-pihavanana, no tokony hibaiko ny fo sy ny lalàna fototry ny Vahoaka teraka avy amin'ny finoan'i Abrahama. “Raha mihaino ny feoko ianareo, sy mitandrina ny fanekem-pihavanako, dia hataoko fanjakam-pisorona, firenena masina” (Eks 19,5-6)⁴. Kanefa, taorian'i Davida, resin'ny fakam-panahy mba ho tonga fanjakana tahaka an'ireo firenen-kafa i Israely. Ary ilay Fanjakana, fototry ny fampanantenana natao tamin'i Davida⁵, dia ho tsanganasan'ny Fanahy Masina ; ho an'ny mahantra izay araka ny Fanahy izany.

710. Ny fanadinoana ny Lalàna sy ny fivadihana amin'ny fanekem-pihavanana dia miafara amin'ny fahafatesana : ny Sesitany izany, izay araka ny hita, dia tsy fahombiazan'ny fampanantenana, nefa ny tena marina, dia tsy fivadihana mifono misterin'ilay Andriamanitra mpamonjy sy fanombohan'ny fanorenana nampanantenaina, saingy araka ny Fanahy. Tsy maintsy mijaly ny Vahoakan'Andriamanitra amin'izany fanadiovana izany⁶ ; ny Sesitany dia efa mitondra sahadry ny aloky ny Hazofijaliana tao amin'ny fandaharan'Andriamanitra, ary ny Sisa kelin'ireo mahantra izay hiverina avy any no anisan'ny tandindona tena miharihary tokoa maneho ny Fiangonana.

¹ jer. Eks 19-20 ; Det 1-11 ; 29-30.

² jer. Gal 3,24.

³ jer. Rôm 3,20.

⁴ jer. 1 Pi 2,9.

⁵ jer. 2 Sam 7 ; Sal 89 ; Lk 1,32-33.

⁶ jer. Lk 24,26.

Ny fiandrasana ny Mesia sy ny Fanahiny

711. “Fa indro Aho, hanao zava-baovao” (Iz 43,19) : andalan-tenim-paminiana anankiroa no ho voasoritra amin’izany, ka ny iray momba ny fiandrasana ny Mesia, ary ny iray momba ny filazana ny Fanahy vaovao ; 64,522
samy hahakasika an’ily Sisa kely, ily vahoaka Mahantra¹ izany, izay miandry amim-panantenana ny “fanalana alahelo an’i Israely” sy ny “fanafahana an’i Jerosalema”(Lk 2,25.38).

Hita tetsy ambony ny hoe manao ahoana ny nanatanterahan’i Jesoa ny faminiana momba Azy. Ny ho faritana eto, dia ny faminiana izay mampiseho bebe kokoa ny fifandraisan’ny Mesia sy ny Fanahiny.

712. Ny toetran’ny endrik’ily *Mesia* andrasana dia manomboka miseho ao amin’ny Bokin’i Emanoela² (“fony i Izaia nahazo fahitana ny Voninahitr’i” 439
Kristy : Jo 12,41), indrindra ao amin’i Izaia 11,1-2 :

Misy rantsana hipoitra avy amin’ny fototr’i Jese,
ary misy solofo haniry avy amin’ny fakany :
hitoetra eo Aminy ny Fanahin’ny Tompo,
dia ny fanahin’ny fahendrena amam-pahazavan-tsaina,
fanahin’ny fifidianana amam-paherezana,
fanahin’ny fahalalana amam-pahatahorana ny Tompo.

713. Voambara indrindra ao amin’ireo hiran’ny Mpanompo³, ny soritsoritry ny toetran’ily Mesia. Ireo hira ireo no milaza ny hevitra ny fijalian’i Jesoa, sy manondro araka izany ny fomba handrotsahany ny Fanahy Masina hamelon’ 601
aina ny be sy ny maro : tsy avy ety ivelany, fa amin’ny fiandania “ny fomban’ny maha-mpanompo” antsika (Filip 2,7). Amin’ny itondrany ao Aminy ny fahafatesantsika, no ahafahany mampita amintsika ny Fanahin’ny fiainan’ny tenany.

714. Izany no nahatonga an’i Kristy nisantatra ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly tamin’ny nampiharany amin’ny Tenany ity andalan-tsoratr’i Izaia (Lk 4,18-19)⁴ ity :

Ato Amiko ny Fanahin’ny Tompo,fa nanosotra Ahy ny Tompo.
Nirahiny Aho hitory ny Vaovao Mahafaly amin’ny mahantra, hankahery ny torotoro fo ; hilaza famotsoran-keloka amin’ny voababo sy fahafahana amin’ny voafonja ; hitory ny taom-pahasoavana avy amin’ny Tompo.

¹ jer. Sôf 2,3.

² jer. Iz 6-12.

³ jer. Iz 42,1-9 ; Mt 12,18-21 ; Jo 1,32-34 ; manaraka, Iz 49,1-6 ; jer. koa Mt 3,17 ; Lk 2,32 ; farany, Iz 50,4-10 sy Iz 52,13-15 ; 53,12.

⁴ jer. Iz 61,1-2.

715. Teny-marina avy amin'Andriamanitra, ireo lahatsora-paminaniana mikasika mivantana ny fanirahana ny Fanahy Masina; teny-marina izay itenenany ao am-pon'ny Vahoakany amin'ny teny fampanantenana, miaraka amin'ny
214 fanantitranterana ny “fitiavana sy ny tsy fivadivana”¹, ka i Md Piera, amin'ny marainan'ny Pantekôty, no hanambara ny fahatanterahany². Araka ireny fampanantenana ireny, dia any amin'ny “fotoana farany” any ny Fanahin'ny Tompo no hanavao ny fon'ny olombelona amin'ny fandraiketana ao amin'izy
1965 ireo ny Lalàna vaovao ; Izy no hamory sy hampihavana ny vahoaka niparitaka sy nisara-bazana ; Izy no hanova endrika ny fahariana voalohany ary honina ao Andriamanitra miaraka amin'ny olombelona ao anatin'ny fiadanana.

716. Ny fanomanana an'ireo vahoaka “mahantra”³, ireo manetry tena sy ireo malemy fanahy, tena nailikilika tamin'ny fandaharana mifono mystery an'Andriamanitr'izy ireo, ireo izay miandry ny rariny, tsy avy amin'ny olombelona fa avy amin'ny Mesia, tamin'ny farany, no vain-dohandraharahan'ny Fanahy Masina amin'ny iraka miafina nataony nandritra ny fotoanan'ny fampanantenana, mialohan'ny fahatongavan'i Kristy. Ny
368 hatsaran'ny toe-pon'izy ireo, voadio sy voazavan'ny Fanahy, no voateny ao amin'ny Salamo. Ao amin'ireo mahantra ireo ny Fanahy no manomana “vahoaka voavonona tokoa” ho an'ny Tompo⁴.

IV. Ny Fanahin'i Kristy ao amin'ny hafenoan'ny fotoana

Joany, Mpialoha làlana, Mpaminany sy Mpanao batemy

717. “Nisy lehilahy anankiray nirahin'Andriamanitra. Joany no anarany” (Jo
523 1,6). “Fenon'ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny” i Joany (Lk 1, 15)⁵, tamin'ny alalan'ny Tenan'i Kristy ihany izay vao noforonin'ny Fanahy Masina tao an-kibon'i Maria Virjiny. Ny “famangian' ” i Maria an'i Elizabeta araka izany no nanjary famangian'Andriamanitra ny vahoakany⁶.

718. I Joany no Elia izay tsy maintsy ho avy⁷ : ny Afon'ny Fanahy Masina no
696 mitoetra ao aminy sy “mampandeha azy [“amin'ny maha-mpialoha làlana”] eo alohan'ny” Tompo izay tamy. Ao amin'i Joany Mpialoha làlana, dia ny Fanahy Masina no mamarana ny “fanomanana ny vahoaka voavonona tokoa ho an'ny Tompo” (Lk 1,17).

¹ jer. Ezek 11,19 ; 36,25-28 ; 37,1-14 ; Jer 31,31-34 sy Joely 3,1-5.

² jer. Asa 2,17-21.

³ jer. Sôf 2,3 ; Sal 22,27 ; 34,3 ; Iz 49,13 ; 61,1 ; sns.

⁴ jer. Lk 1,17.

⁵ jer. Lk 1,41.

⁶ jer. Lk 1,68.

⁷ jer. Mt 17,10-13.

719. “Mihoatra noho ny mpaminany” i Joany (Lk 7,26). Ao aminy ny Fanahy Masina no manatanteraka ny “tenin’ny mpaminany”. I Joany no namarana ny vanim-potoanan’ny mpaminany nosantarin’i Elia¹. Izy no manambara fa 2684
antomotra tokoa ny fanalana alahelo an’i Israely, izy no “feon’ ” ilay mpampionona izay tonga². Tahaka izay ho ataon’ny Fanahin’ny Fahamarinana, dia “tonga izy ho vavolombelona hanambara ny Fahazavana” (Jo 1,7)³. Raha miohatra amin’i Joany, ny Fanahy no manatanteraka araka izany, “ny fikatsahan’ny mpaminany” sy ny “fanirian” ny anjely⁴ : “Ilay izay hitanao hidinan’ny Fanahy Masina sy hitoerany eo amboniny, Izy no Ilay manao batemy amin’ny Fanahy (...). Eny, nahita aho ka milaza marina fa Izy no Zanak’Andriamanitra. (...) Indro ny Zanak’Ondrin’Andriamanitra” (Jo 536
1,33-36).

720. Farany, miaraka amin’i Joany mpanao batemy ny Fanahy Masina no misantatra, amin’ny fanambaràny izany mialoha, izay hotanterahiny miaraka amin’i Kristy sy ao amin’i Kristy : hamerina indray amin’ny olombelona, ny “fifanahafana” amin’Andriamanitra. Ny an’i Joany dia batemy ho amin’ny fibebahana, fa ny an’Ilay hanao batemy amin’ny rano sy ny Fanahy kosa no 535
ho fahateraham-baovao⁵.

“Mifalia ianao, ry ilay feno hasoavana”

721. I Maria, ilay Tena Reny Masin’Andriamanitra, Virjiny mandrakizay, no sangan’asa amin’ny fanirahana ny Zanaka sy ny Fanahy ao anatin’ny hafenoan’ny fotoana. Sambany ao anatin’ny fandaharam-pamonjena, satria ny Fanahiny no nanomana izany, no mahita *Fonenana* ahafahan’ny Zanany 484
sy ny Fanahiny monina eo anivon’ny olombelona, ny Ray. Amin’izany hevitra izany ny Lovam-pampianaran’ny Fiangonana no mamaky matetika ny lahatsoratra kanto indrindra momba ny Fahendrena misy ifandraisana amin’i Maria⁶ : I Maria dia hiraina sy aseho ao amin’ny litorzia ho toy ny “Fiketrahan’ny Fahendrena”.

Ao amin’i Maria no manomboka miseho ny “zava-mahagaga ataon’ Andriamanitra”, izay hotanterahin’ny Fanahy ao amin’i Kristy sy ao amin’ny Fiangonana :

722. Ny Fanahy Masina no *nanomana* an’i Maria tamin’ny fahasoavany. Mety 489
ny maha-“feno hasoavana” ny Renin’Ilay izay “itoeran’ny Hafenoan’ny

¹ jer. Mt 11,13-14.

² jer. Jo 1,23 ; Iz 40,1-3.

³ jer. Jo 15,26 ; 5,33.

⁴ jer. 1 Pi 1,10-12.

⁵ jer. Jo 3,5.

⁶ jer. Ohab 8,1-9,6 ; Ekl 24.

2676 fomban'Andriamanitra ao amin'ny vatana” (Kôl 2,9). Tamin'ny fahasoavana tsy misy fahony Izy no notorontoronina tsy azon-keloka, ho ilay manetry tena indrindra amin'ny zavaboary, ho ilay afaka mandray indrindra ny Fanomezana tsy hay ambara avy amin'Ilay Mahefa ny zavatra rehetra. Rariny ny niarahaban'ny Anjely Gabriely azy ho toy “Ilay Zanakavavin'i Siôna” hoe: “Mifalia ianao”¹. Ny fisaoran'ny Fiangonana Vahoakan'Andriamanitra manontolo no asandrany any amin'ny Ray ao amin'ny Fanahy Masina amin'ny tonon-kirany², tamin'izy nitondra ao aminy ilay Zanaka mandrakizay.

485,506 723.Ao amin'i Maria no *anatanterahan'ny* Fanahy Masina ny fandaharana feno fitiavan'ny Ray. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, ilay Virjiny no hitoejaza sy hiteraka ny Zanak'Andriamanitra. Manjary fahalonahana tokana aman-tany ny fahavirjiniany, noho ny herin'ny Fanahy sy ny finoana³.

208 2619 724.Ao amin'i Maria no *ampisehoan'ny* Fanahy Masina ny Zanaky ny Ray manjary Zanaky ny Virjiny. Izy no ilay Kirihitra nirehitra manambara ny Fisehoan'Andriamanitra tanteraka: feno ny Fanahy Masina izy, dia nampiseho ilay Teny tao anatin'ny fanetren-tenan'ny nofony, sy nampahalala Azy tamin'ireo Mahantra⁴ sy tamin'ireo santatry ny firenena⁵.

963 725.Farany, amin'i Maria no anombohan'ny Fanahy Masina *mampiombona* amin'i Kristy ny olombelona rehetra “fototry ny fitiavana maneho ny hatsaram-pon'Andriamanitra”⁶, ary ireo manetry tena no loha laharana lalandava mandray izany : ireo mpiandry ondry, ireo majy, i Simeôna sy i Ana, izy mivady tao Kanà ary ireo mpianatra voalohany.

494,2618 726.Amin'ny fiafaran'io fanirahana ny Fanahy io, manjary “Ravehivavy”, Eva vaovao “renin'ny velona rehetra”, Renin'i “Kristy manontolo”⁷ i Maria. Tahaka ny maha-eo azy miaraka amin'ny Roa amin'ny folo lahy, “niray fo, naharitra nivavaka” (Asa 1,14), amin'ny mazava atsinanan'ny “fotoana farany”, no hisantaran'ny Fanahy izany ny marainan'ny Pantekôty miaraka amin'ny fampisehoana ny Fiangonana.

I Kristy Jesoa

727.Ny fanirahana manontolo ny Zanaka sy ny Fanahy Masina ao amin'ny hafenoan'ny fotoana dia mirakitra hevitra hoe ny Zanaka no ilay voahosotry

¹ jer. Sôf 3,14 ; Zak 2,14.

² jer. Lk 1,46-55.

³ jer. Lk 1,26-38 ; Rôm 4,18-21 ; Gal 4,26-28.

⁴ jer. Lk 2,15-19.

⁵ jer. Mt 2,11.

⁶ jer. Lk 2,14.

⁷ jer. Jo 19,25-27.

ny Fanahin'ny Ray nanomboka tamin'ny Fahatongavany ho Nofo : i Jesoa no Kristy, ilay Mesia. 438,695,
536

Ny toko faharoa manontolo ny Sembolin'ny finoana dia hovakina amin' izany fitsilovana izany. Ny tsanganasan'i Kristy manontolo dia fanirahana iraisan'ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Eto, ny homarihina fotsiny dia izay momba ny fampanantenan'i Jesoa ny Fanahy Masina sy ny fanomezany amin'ny alalan'ny Tompo henim-boninahitra.

728. Tsy nanambara manontolo ny Fanahy Masina i Jesoa raha tsy efa nomem-boninahitra tamin'ny Fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona Izy. Kanefa, nasiany tsipy teny tsikelikely izany, na dia tamin'ny fampianarany ny vahoaka aza, rahefa nanambara Izy fa ho fihinana ny Nofony ho fiainan' izao tontolo izao¹. Nasiany tsipy teny koa izany tamin'i Nikôdema², tamin' ilay Vehivavy samaritanina³ ary tamin'ireo izay nandray anjara tamin'ny fetin'ny Tranolay⁴. Tamin'ny mpianany Izy no niteny izany miharihary tamin'ny resaka momba ny fivavahana⁵ sy ny fijoroana vavolombelona izay hataon'izy ireo⁶. 2615

729. Tamin'ny nahatongavan'ny Ora izay hanomezam-boninahitra Azy ihany i Jesoa no *nampanantena* ny fahatongavan'ny Fanahy Masina, satria ny Fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona no ho fahatanterahan'ny fampanantenana natao tamin'ireo Razambe⁷ : ny Fanahin'ny Fahamarinana, ny Parakleto hafa, dia homen'ny Ray amin'ny vavak'i Jesoa ; hirahin'ny Ray amin'ny anaran'i Jesoa Izy ; hirahin'i Jesoa avy amin'ny Ray Izy satria ny Ray no niaviany. Ho avy ny Fanahy Masina, ho fantatsika Izy, hiaraka amintsika mandrakizay Izy, honina hiaraka amintsika Izy ; hampianatra antsika ny zavatra rehetra Izy sy hampahatsiaro antsika izay rehetra nolazain'i Kristy antsika ary ho vavolombelona hanambara Azy ; hitondra antsika amin'ny marina rehetra Izy sady hanome voninahitra an'i Kristy. Raha ny amin'izao tontolo izao kosa, handresy lahatra ny amin'ny fahotana, ny amin'ny fahamarinana ary ny amin'ny fitsaràna Izy. 388,1433

730. Farany, tonga ny Oran'i Jesoa⁸ : mametraka ny fanahiny eo am-pelatanan'ny Ray⁹ i Jesoa amin'ny fotoana izay mahatonga Azy ho mpandresy ny fahafatesana amin'ny Fahafatesany, hany ka “ny fitsanganany ho velona avy

¹ jer. Jo 6,27.52.62-63.

² jer. Jo 3,5-8.

³ jer. Jo 4,10.14.23-24.

⁴ jer. Jo 7,37-39.

⁵ jer. Lk 11,13.

⁶ jer. Mt 10,19-20.

⁷ jer. Jo 14,16-17.26 ; 15,26 ; 16,7-15 ; 17,26.

⁸ jer. Jo 13,1 ; 17,1.

⁹ jer. Lk 23,46 ; Jo 19,30.

amin'ny maty, tamin'ny Voninahitry ny Ray” (Rôm 6,4), no *anomezany* avy hatrany ny Fanahy Masina amin'ny “fitsofana” eo amin'ireo mpianany¹.
850 Manomboka hatramin'io Ora io, tonga fanirahana ny Fiangonana ny fanirahana an'i Kristy sy ny Fanahy : “Tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo koa” (Jo 20,21)².

V. Ny Fanahy sy ny Fiangonana amin'ny fotoana farany

Ny Pantekôty

731. Ny andro Pantekôty (faran'ny herinandro fito ny Paka) no tanteraka ny Pakan'i Kristy, tamin'ny fandrotsahana ny Fanahy Masina izay naseho, nomena, nampitaina amin'ny maha-Olona-Andriamanitra : avy amin'ny
2623,767 Hafenoany, i Kristy, Tompo, no mandrotsaka be dia be ny Fanahy³.
1302

732. Tamin'io andro io no nambara manontolo ny Trinite Masina. Hatramin'io
244 andro io, ny Fanjakana nolazain'i Kristy dia misokatra ho an'ireo izay mino Azy : amin'ny fanetren-tenan'ny nofo sy amin'ny finoana no efa andraisan' izy ireo anjara sahady amin'ny fiombonana amin'ny Trinite Masina. Amin' ny fahatongavany, ary tsy mitsahatra izany, no ampidiran'ny Fanahy Masina
672 an'izao tontolo izao ao amin'ny “fotoana farany”, ny fotoanan'ny Fiangonana, ilay Fanjakana efa nolovàna, nefa tsy mbola tomombana :

Nahita ny Fahazavana tena izy izahay, nandray ny Fanahy avy any an-danitra izahay, nahita ny finoana marina izahay : mitsaoka ny Trinite tsy azo sarahina izahay satria Izy no namonjy anay⁴.

Ny Fanahy Masina – Fanomezan'Andriamanitra

733. “Andriamanitra dia Fitiavana” (1 Jo 4,8.16), ary ny Fitiavana no
218 fanomezana voalohany, ao aminy ny hafa rehetra. Io Fitiavana io no “narotsak'Andriamanitra ao am-pontsika tamin'ny Fanahy Masina izay nomena antsika” (Rôm 5,5).

734. Satria maty isika, na, fara fahakeliny, naratran'ny fahotana, ny vokatra voalohany amin'ny fanomezana ny Fitiavana dia ny famelana ny
1987 fahotantsika. Ny firaisana amin'ny Fanahy Masina (2 Kôr 13,13), ao amin'ny Fiangonana, no mamerina amin'ireo vita batemy ny fifanahafana amin' Andriamanitra, very noho ny fahotana.

¹ jer. Jo 20,22.

² jer. Mt 28,19 ; Lk 24,47-48 ; Asa 1,8.

³ jer. Asa 2,33-36.

⁴ Litorzia bizantinina, Tononkalom-pivavahana fanao amin'ny vavaka harivan'ny Pantekôty : noraisina izy ity amin'ny fankalazana ny Eokaristia, aorian'ny kômonio.

735. Nomeny tamin'izay ny “antoka” na “voaloham-bokatry” ny Lovantsika¹ : ny Fiainana sahala amin'ny an'ny Trinite Masina izay mitia “tahaka ny itiavany antsika”². Io Fitiavana io (fitiavana araka ny 1 Kôr 13) no fototry ny fiainambaovao ao amin'i Kristy, azo tanterahina noho isika “nahazo hery, dia ny an'ny Fanahy Masina” (Asa 1,8). 1822

736. Amin'izany herin'ny Fanahy Masina izany ny zanak'Andriamanitra no afaka mamokatra. Ilay izay nanao grefy antsika tamin'ny Voaloboka tena izy, no hampitondra antsika ny “vokatry ny Fanahy dia : fitiavana, hafaliana, fiadanana, faharetana, hamoram-po, hatsaram-po, fitokiana ny hafa, fahalemam-panahy, fifehezan-tena” (Gal 5,22-23). “Ny Fanahy no Fiainantsika”; arakaraka ny ahafoizantsika ny tenantsika³ no “ampiasan'ny Fanahy koa antsika⁴ : 1832

Amin'ny fiombonana Aminy isika no ataon'ny Fanahy Masina tonga arapanahy, averiny ao am-Paradisa, ampodiany any amin'ny Fanjakan'ny lanitra sy amin'ny fananganan-janaka, omeny fitokiana hiantso an'Andriamanitra Ray sy handray anjara amin'ny fahasoavan'i Kristy, mba ho antsoina hoe zanaky ny fahazavana sy hanana anjara amin'ny voninahitra mandrakizay⁵.

Ny Fanahy Masina sy ny Fiangonana

737. Ny fanirahana an'i Kristy sy ny Fanahy Masina dia tanteraka ao amin'ny Fiangonana, Vatan'i Kristy sy Tempolin'ny Fanahy Masina. Manomboka hatreo io fanirahana miaraka io, dia mampikambana ny mpinon'i Kristy miray amin'ny Ray ao amin'ny Fanahy Masina : ny Fanahy no *manomana* ny olona, mampahalala mialoha azy ireo amin'ny fahasoavany, mba hitaona azy ireo mankany amin'i Kristy. Izy no *mampiseho* amin'izy ireo ny Tompo nitsangan-ko velona, Izy no mampahatsiaro azy ireo ny teniny sy manokatra ny sain'izy ireo hahatakatra ny dikan'ny Fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona. Izy no *mahatonga eo* amin'izy ireo ny misterin'i Kristy, misongadina amin'ny Eokaristia, mba hampihavana azy ireo, *hampiombona* azy ireo amin'Andriamanitra, mba hampamokatra azy ireo “vokatra be dia be” (Jo 15,5.8. 16). 787-798 1093-1109

738. Ny fanirahana ny Fiangonana akory tsy manampy ny an'i Kristy sy ny Fanahy Masina, fa izy no sakramenta amin'izany : amin'ny fisian-tenany manontolo sy ao amin'ireo rantsambatany rehetra no anirahany azy hitory sy hijoro vavolombelona, hampihatra amin'ny fiainana ankehitriny sy hampielly 850,777

¹ jer. Rôm 8,23 ; 2 Kôr 1,22.

² jer. 1 Jo 4,11-12.

³ jer. Mt 16,24-26.

⁴ jer. Gal 5,25.

⁵ Md Basile, Spir. 15,36.

ny misterin'ny firaisan'ny Trinite Masina (izany no ho fototry ny andalana manaraka) :

Isika rehetra izay nahazo fanahy tokana sy mitovy, izany hoe : ny Fanahy Masina, dia voakambana ho iray miaraka amin'Andriamanitra isika samy isika. Satria na dia maro be misaratsaraka aza isika, ary hampitoetra ny Fanahin'ny Ray sy ny Azy ao amin'ny tsirairay amintsika i Kristy, dia io Fanahy tokana tsy azo zaraina io, amin'ny alalan'ny Tenany ihany, no mamerina an'ireo izay mampiavaka amin'izy ireo samy izy ireo amin'ny firaisana (...) ka amin'izany no hisehoan'ny rehetra ho zavatra iray ihany ao amin'ny Tenan'Izy Fanahy. Ary heveriko fa tahaka ny herin'ny fahamasinan'ny maha-olombelona an'i Kristy izay ao Aminy no mahatonga azy rehetra ireny hiforona ho vatana iray, no itovian'ny fomba fonenan'ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ny rehetra, tokana sy tsy azo sarahina, mitarika azy rehetra ho amin'ny firaisana ara-panahy¹.

1076 739. Satria ny Fanahy Masina no fanosorana an'i Kristy, dia i Kristy, Lohan'ny Vatana, no mandrotsaka Azy ao amin'ireo rantsambatany mba hamahana azy ireo, hanasitrana azy ireo, handamina azy ireo amin'ny anjara raharaha ifanampian'izy ireo, hamelona azy ireo, haniraka azy ireo hijoro ho vavolombelona, hanakambana azy ireo amin'ny fanatiny amin'ny Ray sy amin'ny fanelanelanany ho an'izao tontolo rehetra izao. Amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Fiangonana i Kristy no mampita amin'ireo rantsambatan'ny Vatany ny Fanahiny Masina sy Mpanamasina (izany no ho fototry ny fizarana faharoa amin'ity Katesizy ity).

740 Ireo “zava-mahagaga nataon'Andriamanitra”, atolotra ny mpino ao amin'ireo sakramentan'ny Fiangonana, dia mitondra ny vokatr'izy ireo ao amin'ny fiainam-baovao, ao amin'i Kristy, araka ny Fanahy Masina (izany no ho fototry ny fizarana fahatelo amin'ity Katesizy ity).

741.”Ny Fanahy no manohana ny fahalementsika, satria na izay tokony hangatahintsika amin'ny vavaka ataontsika aza tsy fantatsika ; fa ny Tenan'Izy Fanahy ihany no mangataka ho antsika amin'ny fitarainana tsy hay hambara amin-teny” (Rôm 8,26). Ny Fanahy Masina, mpanao ny tsanganasan'Andriamanitra, no Tompon'ny fivavahana (izany no ho fototry ny fizarana fahefatra amin'ity Katesizy ity).

FAMINTINANA

742. “Ny porofo fa zanaka ianareo, dia ny nanirahan'Andriamanitra ao ampontsika ny Fanahin'ny Zanany izay miantso hoe : Aba, Ray !”(Gal 4,6).

¹ Md Cyrille d'Alexandrie, Jo 11,11.

743. *Hatramin'ny fanombohana ka hatramin'ny fahataperan'ny fotoana, rahefa maniraka ny Zanany Andriamanitra, dia maniraka lalandava ny Fanahiny koa : iraisana sy tsy azo sarahina ny fanirahana Azy ireo.*
744. *Tamin'ny hafenoan'ny fotoana, no notanterahin'ny Fanahy Masina tao amin'i Maria ny fanomanana rehetra amin'ny fahatongavan'i Kristy ao amin'ny Vahoakan'Andriamanitra. Tamin'ny alalan'ny asan'ny Fanahy Masina tao aminy, no nanomezan'ny Ray ho an'izao tontolo izao an'i Emanoela, "Andriamanitra miaraka amintsika" (Mt 1,23).*
745. *Natokana ho Kristy (Mesia) tamin'ny fanosoran'ny Fanahy Masina tao amin'ny Fahatongavany ho Nofo, ny Zanak'Andriamanitra¹.*
746. *Tamin'ny Fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona i Jesoa no nataon'Andriamanitra ho Tompo sy Kristy ao amin'ny voninahitra². Avy amin'ny Hafenoany no androtsahany ny Fanahy Masina ao amin'ny Apôstôly sy ny Fiangonana.*
747. *Ny Fanahy Masina izay arotsak'i Kristy, Loha, ao amin'ny rantsambatany, no manorina, mamelon'aina ary manamasina ny Fiangonana. Ny Fiangonana no sakramentan'ny firaisan'ny Trinite Masina sy ny olombelona.*

ANDALANA 9

“Izaho mino ny Fiangonana Masina katôlika”

748. *“I Kristy no fahazavan'ny firenena rehetra : ny Kônsily masina, mivory ao amin'ny Fanahy Masina izany, dia mirary fatratra, eo am-pitoriana ny Vaovao Mahafalin'ny Evanjely amin'ny voary manontolo, hanapariaka eo amin'ny olombelona rehetra ny hazavan'i Kristy izay mamirapiratra eo amin'ny endriky ny Fiangonana”³. Ireo teny ireo no nanokafan'ny Kônsily faharoa tao Vatikana ny “foto-pampianarana momba ny Fiangonana”. Amin' izany ny Kônsily no mampiseho, fa ny andalan-tenim-pinoana momba ny Fiangonana dia miankina manontolo amin'ireo an-dalan-teny momba an'i Kristy Jesoa. Tsy manana fahazavana hafa ny Fiangonana, afa-tsy ny an'i Kristy ; izy, araka ny sary an'ohatra mamin'ireo Aban'ny Fiangonana, dia azo oharina amin'ny volana izay ny fahazavany rehetra dia avy amin'ny taratry ny masoandro.*

¹ jer. Sal 2,6-7.

² jer. Asa 2,36.

³ FF 1.

749.Ny andalana momba ny Fiangonana dia miankina tanteraka koa amin'ny an'ny Fanahy Masina izay mialoha azy. “Satria, rahefa voaseho fa ny Fanahy Masina no loharano sy mpanome ny fahamasinana manontolo, dia ambaranay ampahibemaso izao fa Izy no manome fahamasinana ny Fiangonana”¹. Ny Fiangonana, araka ny fomba fitenin'ireo Aban'ny Fiangonana, no toerana “izay iroboroboan'ny Fanahy”².

811 750.Ny mino fa ny Fiangonana dia “Masina” sy “Katôlika” ary izy dia “Iray” sy “Apôstôlika” (araka ny nanampian'ny Sembolin'i Nicée-Constantinople izany) dia tsy azo sarahina amin'ny finoana an'Andriamanitra Ray, Zanaka sy Fanahy Masina. Ao amin'ny Sembolin'ny Apôstôly no anaovantsika fiekena ampahibemaso ny finoana ny Fiangonana Masina (“*Credo* [...] 169 *Ecclesiam*”), fa tsy finoana amin'ny Fiangonana, mba tsy hampifangaro an'Andriamanitra sy ireo tsanganasany sy mba hanondroana mazava fa avy amin'ny hatsaran'Andriamanitra ny fanomezana *rehetra* izay napetrany ao amin'ny Fiangonany³.

Paragrafy 1. Ny Fiangonana ao amin'ny fandaharan'Andriamanitra

I. Ny anarana sy ny sary an'ohatra ny Fiangonana

751.Ny teny hoe “Eglizy (Fiangonana)” [*ekklèsia*, avy amin'ny teny grika hoe *ek-kalein*, “miantso ny any ivelany”], dia midika hoe “fiantsoana hivory”. Teny ilazana ny famoriam-bahoaka⁴, izay ankapobeny amin'ny endrika arapivavahana. Io no fiteny nampiasaina matetika tao amin'ny Testamenta Taloha amin'ny teny grika amin'ny famoriana eo anatrehan'Andriamanitra ny vahoaka voafidy, indrindra ny famoriana teo Sinaia izay teo no nandraisan'i Israely ny Lalàna sy nanorenan'Andriamanitra azy ho vahoakany masina⁵. Amin'ny fiantsoana hoe “Fiangonana” ireo ankohonana mpino voalohany izay nino an'i Kristy dia mahatsiaro tena ho mpandova an'io fiangonana io. Ao amin'izany, Andriamanitra no “miantso” ny Vahoakany avy amin'ny lafy valon'ny tany. Ny teny hoe *Kyriakè* izay *church*, *Kirche* no sampan-teniny, dia midika hoe “izay an'ny Tompo”.

1140,832 752. Amin'ny fiteny kristianina, ny teny hoe “Fiangonana” dia ilazana ny fiaraha-miangon'ireo mpino amin'ny litorzia⁶, nefa ilazana koa ny

¹ Kat. R. 1,10,1.

² Md Hyppolyte, trad. ap. 35.

³ jer. Kat. R. 1,10,22.

⁴ jer. Asa 19,39.

⁵ jer. Eks 19.

⁶ jer. 1 Kôr 11,18 ; 14,19.28.34-35.

ankohonam-piangonan'ireo mpino eo an-toerana¹ na ny ankohonam- 830
piangonan'ireo mpino manerana ny tany tontolo². Ireo hevi-teny telo ireo,
raha ny tena marina, dia tsy azo sarahina. Ny Vahoaka izay angonin'
Andriamanitra eo amin'ny tany tontolo, "ny Fiangonana". Misy ao anatin'
ireny ankohonam-piangonana eo an-toerana ireny ny Fiangonana, ary
tanteraka ho mpiangona izy amin'ny litorzia, indrindra amin'ny Eokaristia.
Mivelona amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Vatan'i Kristy ny Fiangonana,
ary izy mihitsy amin'izay no tonga Vatan'i Kristy.

Ny fanehoana an'ohatra ny Fiangonana

753. Ahitantsika sary an'ohatra sy tandindona maro be mifandray amin'izy samy
izy, ao amin'ny Soratra Masina, izay amin'ny alalan'ireny ny fanambaràna
no miteny ny mistery tovozin-tsy ritra momba ny Fiangonana. Ireo sary
an'ohatra noraisin'ny Testamenta Taloha dia misy fiovaovàna amin'ny 781
votoatin-kevitra iray, dia ny an'ny "Vahoakan'Andriamanitra". Ao amin'ny
Testamenta Vaovao³, mahita foiben-kevitra anankiray vaovao ireny sary
an'ohatra rehetra ireny dia ny amin'i Kristy manjary "Lohan' "io vahoaka io"⁴ 789
ka noho izany dia Vatany. Manodidina izany foiben-kevitra izany no
ivondronan'ireo sary an'ohatra "nalaina tamin'ny fiainan'ny mpiandry ondry,
na tamin'ny fiainan'ny eny an-tsaha, na tamin'ny asa fanorenan-trano, na
tamin'ny fiainan'ny fianakaviana sy ny fanambadiana"⁵.

754. Ny Fiangonana, araka izany, dia *valan'ondry*, ka i Kristy no vavahady tokana sy
tsy maintsy hidirana⁶. Ny Fiangonana koa dia andian'ondry izay Andriamanitra ihany
no nanambara mialoha fa Izy no ho mpiandry⁷, ary ny ondry, na olombelona aza no 857
ho filoha mpiandry azy ireo, dia ny Tenan'i Kristy ihany, Ilay Mpiandry ondry Tsara
sy Mpanjakan'ny mpiandry ondry⁸ izay nahafoy ny ainy ho an'ny ondriny⁹, no
hitarika sy hamahana azy ireo lalandava.

755. Ny Fiangonana dia *tany fambolena*, sahan'Andriamanitra (1 Kôr 3,9). Ao amin'io
saha io no anirian'ny fototr'oliva tranainy izay ny patriarka no fakany masina ary
amin'izany no miseho sy hiseho ny fampihavanana eo amin'ny Jody sy ny Jentily¹⁰.
Ny Mpamboly voaloboka avy any an-danitra no namboly izany tahaka ny tanim-
boaloboka voafantina¹¹. I Kristy no Voaloboka tena izy : Izy no manome aina sy

¹ jer. 1 Kôr 1,2 ; 16,1.

² jer. 1 Kôr 15,9 ; Gal 1,13 ; Filip 3,6.

³ jer. Efez 1,22 ; Kôl 1,18.

⁴ jer. FF 9.

⁵ FF 6.

⁶ jer. Jo 10,1-10.

⁷ jer. Iz 40,11 ; Ezek 34,11-31.

⁸ jer. Jo 10,11 ; 1 Pi 5,4.

⁹ jer. FF 6 . Jo 10,11-15.

¹⁰ jer. Rôm 11,13-26.

¹¹ jer. Mt 21,33-43 // ; Iz 5,1-7.

795 mampamokatra ny sampana, izay tsy iza fa isika : amin'ny alalan'ny Fiangonana isika no mitoetra ao Aminy, izay raha Izy dia tsy mahefa na inona na inona isika¹.

756. Matetika ihany koa, ny Fiangonana dia lazaina hoe *trano aorin'*Andriamanitra². Izy Tompo ihany no nampitaha ny Tenany tamin'ny vato narian'ny mpanorin-trano fa tonga vato fehizoro (Mt 21,42 // ; Asa 4,11 ; 1 Pi 2,7 ; Sal 118,22). Eo ambonin'io fototra io no nanorenan'ireo apôstôly ny Fiangonana³ ary avy amin'io fototra io no ananany fahamafisana sy firaisan-kina. Noravahana anarana samihafa io fanorenana io : tranon'Andriamanitra⁴, izay ao amin'izany no onenan'ny *fianakaviany*, trano fonenan'Andriamanitra ao amin'ny Fanahy⁵, fonenan'Andriamanitra eo amin'ny olombelona⁶, ary indrindra ilay *tempoly* masina, aseho amin'ny toerana masina naorina tamin'ny vato, izay anton'ny fideran'ireo Ray masina, ary rariny, ao amin'ny litorzia, raha ampitahaina amin'ny Tanàna masina, ilay Jerosalema vaovao izany. Satria, ao amin'izany isika ety an-tany no toy ny vato velona izay mirafitra eo amboniny⁷. Banjinin'i Joany io Tanàna masina io izay midina avy any an-danitra avy any amin'Andriamanitra amin'ny fotoana izay hihavaozan'izao tontolo izao, vonona tahaka ny vehivavy voahaingo ampakarina ho an'ny vadiny (Apôk 21, 1-2)⁸.

757. Ny Fiangonana dia mbola antsoina hoe “ilay Jerosalema avy any ambony” sy 507,796 “renintsika” (Gal 4,26)⁹; nosoritsoritana fa izy dia toy ny vady madio tsy misy pentina an'ny Zanak'Ondry madio tsy misy pentina¹⁰ izay “notiavin'i Kristy, ka nahafizany ny Tenany mba hanamasina azy” (Efez 5,25-26), izay nakambany 1616 Taminy tamin'ny fifanekena tsy azo ravana, izay tsy mitsahatra “velominy sy karakarainy” (Efez 5,29)¹¹.

II. Fiandohana, fanorenana ary fanirahana ny Fiangonana

758.Mba hamakafakana lalina ny misterin'ny Fiangonana, dia mety aloha ny 257 mandinika ny fiandohany ao amin'ny fandaharan'ny Trinite Masina Indrindra sy ny fahatanterahany miandalana teo amin'ny tantara.

Fandaharana teraka tao am-pon'ny Ray

759. “Ny Ray Mandrakizay, tamin'ny alalan'ny fampiasana tanteraka an- 293 kalalahana sy mifono mistery ny fahendreny sy ny hatsarany, dia nahary an'izao tontolon'ny zava-drehetra izao ; nanapa-kevitra Izy ny hanandratra ny

¹ FF 6. jer. Jo 15, 1-5.

² jer. 1 Kôr 3,9.

³ jer. 1 Kôr 3,11.

⁴ jer. 1 Tim 3,15.

⁵ jer. Efez 2,19-22.

⁶ jer. Apôk 21,3.

⁷ jer. 1 Pi 2,5.

⁸ FF 6.

⁹ jer. Apôk 12,17.

¹⁰ jer. Apôk 19,7 ; 21,2,9 ; 22,17.

¹¹ FF 6.

olombelona ho amin'ny fiombonana amin'ny fiainan'Izy Andriamanitra", izay ho amin'izany no iantsoany ny olombelona rehetra ao amin'ny Zanany : "Izay rehetra mino an'i Kristy, dia sitraky ny Ray ny miantso azy ireo hamorona ny Fiangonana Masina". Io "fianakavian'Andriamanitra" io dia miorina sy tanteraka tsikelikely eny am-pamakivakiana ny dingana maro amin'ny tantaran'ny olombelona, arakaraka ny fandaminan'ny Ray : satria, ny Fiangonana dia : "nambara an-tsary mialoha hatramin'ny fiandohan'izao tontolo izao ; nomanina tamin'ny fomba mampitolagaga tao amin'ny tantaran'ny vahoaka Israely sy tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha ; nony ela ny ela, voaroina tao amin'ireo fotoana izay antsoina hoe "farany" ; niseho miharihary tamin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina, ary amin'ny faran'ny taonjato rehetra, ho fanaperana ao amin'ny voninahitra"¹.

Ny Fiangonana – nambara an-tsary mialoha hatramin'ny fiandohan' izao tontolo izao

760. "Noarina izao tontolo izao mba ho an'ny Fiangonana", hoy ny kristianina tany am-boalohany². Nahary an'izao tontolo izao Andriamanitra mba ho amin'ny fiombonana amin'ny fiainan'Izy Andriamanitra, fiombonana izay tanteraka amin'ny alalan'ny "fiantsoana" ny olombelona ao amin'i Kristy, ary io "fiantsoana" io, dia ny Fiangonana. Ny Fiangonana no tanjona faran'ny zavatra rehetra³, ary ny fivadibadiky ny zava-miseho mampangirifiry, toy ny fahalavoan'ny anjely sy ny fahotan'ny olombelona, dia navelan'Andriamanitra hisy mba ho toy ny fotoana tsara sy fitaovana hampiseho ny hery manontolo ny sandriny, ny fatra manontolo ny fitiavana izay sitrany homena an'izao tontolo izao :

Tahaka ny sitrapon'Andriamanitra izay asa, ary antsoina hoe izao tontolo izao, ny faniriany koa, izay famonjena ny olombelona, ary antsoina hoe Fiangonana⁴.

Ny Fiangonana - nomanina tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha

761. Ny fanangonana ny Vahoakan'Andriamanitra dia nanomboka tamin'ny fotoana izay nandravan'ny fahotana ny fiombonan'ny olombelona tamin'Andriamanitra sy ny an'ny olombelona samy olombelona. Ny famoriana ny Fiangonana izany dia azo lazaina hoe valy ataon'Andriamanitra amin'ny fikorontanan'ny tontolo rehetra nateraky ny fahotana. Io fampiraisana indray io dia tanteraka mangingina eo anivon'ny vahoaka rehetra : "Amin'ny

¹ FF 2.

² Hermas, vis. 2,4,1 ; jer. Aristide, apol. 16,7 ; Justin, apol. 2,7.

³ jer. Md Epiphane, haer. 1,1,5.

⁴ Clément d'Alexandrie, paed. 1,6.

firenena rehetra, dia ankasitrahana'Andriamanitra na iza na iza matahotra Azy sy manao ny marina" (Asa 10, 35)¹.

122,522, 60 762. Ny *fanomanana* lavitr'ezaka amin'ny fanangonana ny Vahoakan' Andriamanitra dia nanomboka tamin'ny fiantsoana an'i Abrahama izay nampanantenain'Andriamanitra fa ho tonga rain'ny firenena lehibe iray izy². Ny fanomanana antomotra dia nanomboka tamin'ny fifidianana an'i Israely ho Vahoakan'Andriamanitra³. Tamin'ny fifidianana azy, i Israely no tokony ho famantarana ny fanangonana ny firenen-drehetra rahatrizay⁴. Kanefa dia efa nampangain'ireo mpaminany sahady i Israely fa nandrava ny fanekem-pihavanana sy nitondra tena toy ny vehivavy mpivaro-tena⁵. Nanambara Fanekem-pihavanana Vaovao sy Mandrakizay izy ireo⁶. "Io Fanekem-pihavanana Vaovao io, i Kristy no nanorina izany"⁷.

Ny Fiangonana – naorin'i Kristy Jesoa

541 763. Anjaran'ny Zanaka, tamin'ny hafenoan'ny fotoana, no nanatanteraka ny drafi-pamonjena nosoritan'ny Rainy ; izay no anton'ny "fanirahana"⁸ Azy. "Ny Tompo Jesoa dia nanorina ny fanombohan'ny Fiangonany tamin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly, fahatongavan'ny Fanjakan'Andriamanitra nampanantenaina tao amin'ny Soratra hatramin'ny taonjato maro"⁹. Mba hahatanteraka ny sitrapon'ny Ray, dia hisantatra ny Fanjakan'ny lanitra eto an-tany i Kristy. Ny Fiangonana "no Fanjakan'i Kristy izay efa eo sahady amin'ny fomba mystery"¹⁰.

543 764. "Mamirapiratra eo imason'ny olombelona amin'ny teny, ny tsanganasa ary ny maha-eo an'i Kristy, io Fanjakana io"¹¹. Ny mandray ny tenin'i Jesoa dia "ny mandray ny Fanjakana mihitsy"¹². Ny tsiry sy fanombohan'ny Fanjakana dia ireo "andian'ondry vitsy" (Lk 12,32) izay nantsoin'i Jesoa hanodidina Azy ary dia Izy Tenany ihany no mpiandry¹³. Izy ireo no mamorona ny tena fianakavian'i Jesoa tokoa¹⁴. Ho an'ireo izay nantsoiny hiangona tahaka izany

¹ jer. FF 9 ; 13 ; 16.

² jer. Jen 12,2 ; 15,5-6.

³ jer. Eks 19,5-6 ; Det 7,6.

⁴ jer. Iz 2,2-5 ; Mi 4,1-4.

⁵ jer. Ôs 1 ; Iz 1,2-4 ; Jer 2 ; sns .

⁶ jer. Jer 31,31-34 ; Iz 55,3.

⁷ FF 9.

⁸ jer. FF 3 ; FAA 3.

⁹ FF 5.

¹⁰ FF 3.

¹¹ FF 5.

¹² *Ibid.*

¹³ jer. Mt 10,16 ; 26,31 ; Jo 10,1-21.

¹⁴ jer. Mt 12,49.

hanodidina Azy, dia nampianariny ny “fomba fiasa amam-pitondran-tena”
vaovao, nefa koa fomba fivavaka sahaza izany¹. 1691,2558

765. Nasian'i Jesoa Tompo rafitra izay haharitra mandra-pahatanteraka
manontolo ny Fanjakan'ny lanitra ny ankohonam-piangonany. Ny fifidianana
ny Roa ambin'ny folo, izay i Piera no ho filohan'izy ireo, no voalohany
amin'izany². Noho izy ireo solontenan'ny foko roa ambin'ny folon'i Israely³
dia izy ireo no vato fototr'ilay Jerosalema vaovao⁴. Ny Roa ambin'ny folo⁵ sy
ny mpianatra hafa⁶ dia mandray anjara amin'ny fanirahana an'i Kristy,
amin'ny fahefany, nefa koa amin'ny anjara hihatra aminy⁷. Amin'ny alalan'
ireny asa rehetra ireny no anomanan'i Kristy sy anorenany ny Fiangonany. 860,551

766. Ny Fiangonana anefa, dia teraka indrindra tamin'ny fanoloran-tenan'i
Kristy manontolo ho amin'ny famonjena antsika, nataony mialoha tamin'ny
fanorenana ny Eokaristia ary tanteraka teo amin'ny Hazofijaliana. “Ny
fanombohana sy ny fitomboan'ny Fiangonana dia voambara amin'ny ra sy ny
rano nivoaka avy tao amin'ny lanivoan'i Jesoa nofantsihana teo amin'ny
hazofijaliana”⁸. “Satria tao amin'ny lanivoan'i Kristy nodimandry teo amin'
ny Hazofijaliana no teraka ny sakramenta mahatalanjon'ny Fiangonana
manontolo”⁹. Tahaka ny namoronana an'i Eva tamin'ny taolan-tehezan'i
Adama rendrika tao anatin'ny torimaso, no nahateraka koa ny Fiangonana tao
amin'ny fon'i Kristy voalefona, fony Izy maty teo amin'ny Hazofijaliana¹⁰. 813,610,
1340
617
478

Ny Fiangonana – nahariharin'ny Fanahy Masina

767. “Vantany vao tontosa ny tsanganasa izay nankinin'ny Ray tamin'ny Zanany
hotanterahina eto an-tany, ny andro Pantekôty, dia nirahina ny Fanahy Masina mba
hanamasina maharitra tsy tapaka ny Fiangonana”¹¹. Tamin'izany no “nisehoan'ny
Fiangonana ampahibemaso teo anatrehan'ny vahoaka be dia be sy nanombohan'ny
fampielezana ny Evanjely niaraka tamin'ny fitorian-teny”¹². Noho izy “fiantsoana”
ny olombelona rehetra ho amin'ny famonjena, dia misiônera irahin'i Kristy ho any
amin'ny firenena rehetra ny Fiangonana, amin'ny fomba aman-toetra maha-izy azy,
mba hahatonga ny olona rehetra ho mpianatra¹³. 731
849

¹ jer. Mt 5-6.

² jer. Mk 3,14-15.

³ jer. Mt 19,28 ; Lk 22,30.

⁴ jer. Apôk 21,12-14.

⁵ jer. Mk 6,7.

⁶ jer. Lk 10,1-2.

⁷ jer. Mt 10,25 ; Jo 15,20.

⁸ FF 3.

⁹ L 5.

¹⁰ jer. Md Ambroise, Luc. 2,85-89.

¹¹ FF 4.

¹² AFF 4.

¹³ jer. Mt 28,19-20 ; AFF 2 ; 5-6.

768.Mba hahatanteraka ny fanirahana ny Fiangonana, dia ny Fanahy Masina no “mampitao sy mitari-dalana azy amin’ny alalan’ny fanomezana samihafa na araka ny ambaratongam-pitondrana na ara-pahasoavana manokana”¹. “Koa ny Fiangonana, voavatsy amin’ny fanomezan’ny mpanorina azy, sy mampihatra amim-pitokiana ny fitandremana ny didim-pifankatiavana, amin’ny fanetren-tena sy amin’ny fandavan-tena, dia mahazo iraka hitory ny Fanjakan’i Kristy sy ny an’Andriamanitra ary hanangana izany eo amin’ny firenena rehetra ; izy no manjary tsiry sy fanombohana eto an-tany avy amin’io fanjakana io”².

Ny Fiangonana – fanaperana ao amin’ny voninahitra

769. “Ny Fiangonana (...) dia tsy hanana ny fahalavorariany raha tsy ao amin’ny voninahitra any an-danitra”³, amin’ny fiverenan’i Kristy amim-boninahitra. Mandra-pahatonga an’io andro io, “mizotra amin’ny fivahiniany eny am-pamakivakiana ny fanenjehan’izao tontolo izao sy ny fanalana alahelo avy amin’Andriamanitra, ny Fiangonana”⁴. Eto an-tany, dia fantany fa sesitany izy, lavitra ny Tompo⁵, “ka maniry ny fotoana hahatongavan’ny Fanjakana tena lavorary, izay amin’izany no hiangonany eo amin’ny Mpanjakany, ao amin’ny voninahitra”⁶. Ny fahalavorarian’ny Fiangonana, ary amin’ny alalany, ny an’izao tontolo izao, ao amin’ny voninahitra, dia tsy hanjary raha tsy misy fitsapan-toetra lehibe. Koa “ny olo-marina rehetra ihany hatramin’i Adama, hatramin’i Abela ilay marina ka hatramin’ny olom-pinidy farany no ho tafangona ao amin’ny Fiangonana manerana ny tany tontolo eo anilan’ny Ray”⁷.

III. Ny misterin’ny Fiangonana

770. Sady ao anatin’ny tantara no mihoatra ambony dia ambony ivelan’ny tantaran ny Fiangonana. Amin’ny “masom-pinoana”⁸ irery no ahafahana mahita eo aminy ny fisiany hita maso sady amin’ny fisiana ara-panahy koa, mpitondra ny ain’Andriamanitra.

¹ FF 4.

² FF 5.

³ FF 48.

⁴ Md Augustin, civ. 18,51 ; jer. koa FF 8.

⁵ jer. 2 Kôr 5,6 ; FF 6.

⁶ FF 5.

⁷ FF 2.

⁸ Kat. R. 1,10,20.

Ny Fiangonana – sady hita maso no ara-panahy

771. “I Kristy, hany Mpanelanelana, no manorina sy manohana tsy an-kijanona ny Fiangonany masina, izay fiombonam-pinoana, fanantenana ary fitiavana, 827 eto an-tany, mova tsy zavatra hita maso ka amin’ny alalan’izany Izy no mampiely ho an’ny rehetra, ny fahamarinana sy ny fahasoavana”. Ny Fiangonana dia sady :
- “fikambanana manana rafitra misy ambaratongam-pitondrana no Vatana- 1880 Mistikan’i Kristy ;
 - fivondronana hita maso no ankohonana ara-panahy ;
 - Fiangonana eto an-tany no Fiangonana miravaka ny fanomezana avy any 954 an-danitra”.

Ireo lafiny ireo dia mitambatra ho “fisiana iray ihany amin’ny zavatra maro loha, miforona avy amin’ny singafototra roa dia ny maha-olombelona sy ny maha-Andriamanitra”¹ :

“Ny toetra manokana an’ny Fiangonana, dia izy sady manana ny an’olombelona no manana ny an’Andriamanitra, sady hita maso no mirakitra zavatra maro tsy hita maso, sady mafana fo amin’ny atrik’asa no revo amin’ny fibanjinana, sady eto amin’izao tontolo izao nefa koa vahiny. Amin’izany anefa, izay maha-olombelona ao aminy dia alaminy sy ankininy amin’Andriamanitra; izay hita maso dia alaminy sy ankininy amin’ny tsy hita maso; izay momba ny atrik’asa dia alaminy sy ankininy amin’ny fibanjinana ; ary izay misy amin’ny ankehitriny dia alaminy sy ankininy amin’ily fonenana ho avy izay katsahintsika².

Fanetren-tena re izany ! Fahamboniana re izany ! Tranolain’i Sedara sy toeramasin’Andriamanitra ; fonenana eto an-tany sy lapan’ny lanitra ; trano tanimanga sy lapan’ny mpanjaka ; vatana mety maty sy tempolin’ny fahazavana ; farany, zavatra faneso ho an’ny mpiavonavona fa vadin’i Kristy ! Mainty izy nefa tsara tarehy, dia ilay zanakavavin’i Jerosalema, izay na hatsatry ny harerahana sy ny fahoriana tany an-tsositany naharitra aza, dia manana ny ravaky ny lanitra ho haingony³.

Ny Fiangonana – misterin’ny firaisan’ny olombelona amin’Andriamanitra

772. Ao amin’ny Fiangonana i Kristy no manatanteraka sy manambara ny misterin’ny Tenany ho tarigetran’ny fandaharan’Andriamanitra : “ny hamondrona ny zavatra rehetra ho iray ao amin’i Kristy” (Efez 1,10). Antsoin’i Md Paoly hoe: “mystery lehibe” (Efez 5,32) ny firaisana toy an’ny 518

¹ FF 8.

² L 2.

³ Md Bernard, Cant. 27,7,14.

796 mpivady an'Izy Kristy sy ny Fiangonana. Satria miray amin'i Kristy Mpampakatra azy ny Fiangonana¹, ka manjary mystery torak'izany koa ny tenany². Amin'ny fibanjinana ao aminy ny mystery, dia hoy i Md Paoly miantso hoe : "I Kristy ao aminareo, no fanantenana ny voninahitra" (Kôl 1,27).

773. Ao amin'ny Fiangonana, io fiombonan'ny olombelona amin' Andriamanitra amin'ny "fitiavana izay tsy hanam-pahataperana" (1 Kôr 13,8) io no tanjom-piafaràna mibaiko an'izay rehetra fitaovana ara-tsakramenta ao aminy, mifandray amin'izao tontolo izao mora levona³. "Narindra manontolo amin'ny fahasinan'ireo rantsambatan'i Kristy ny firafiny. Ary ny fahasinanana no anombanana ny fiasan' "ilay mystery lehibe" izay amalian' ny Ampakarina amin'ny alalan'ny fanomezam-pitiavana ny fanomezan'ny Mpampakatra"⁴. Nialoha lalana antsika rehetra i Maria, amin'ny fahasinanana izay misterin'ny Fiangonana tahaka ilay Ampakarina tsy misy panda na ketrona⁵. Izany no mahatonga "ny halehiben'ny toerana momba an'i Maria ao amin'ny Fiangonana ho mialoha ny halehiben'ny toerana momba an'i Piera"⁶.

Ny Fiangonana - sakramentam-pamonjena ny daholobe

774. Ny teny grika hoe *mysterion* dia nadika ho teny latinina tamin'ireto teny anankiroa ireto : *mysterium* sy *sacramentum*. Amin'ny fanazavan-teny taty aoriana, ny teny hoe *sacramentum* dia ilazana bebe kokoa ny famantarana hita maso amin'ny zava-misy takona momba ny famonjena, tondroina amin'ny teny hoe *mysterium*. Amin'io hevitra io, dia ny Tenan'Izy Kristy ihany no misterim-pamonjena : Tsy misy mystery hafa afa-tsy i Kristy⁷. Ny tsanganasam-pamonjen'ny maha-olombelona masina sy manamasina Azy no sakramentam-pamonjena izay miseho sy miasa ao amin'ireo sakramentan'ny Fiangonana (izay antsoin'ireo Fiangonana Tatsinanana koa hoe : "ireo mystery masina"). Ny sakramenta fito no famantarana sy fitaovana izay amin'ny alalan'ireo ny Fanahy Masina no mandrotsaka ny fahasovan'i Kristy, ilay Loha, ao amin'ny Fiangonana Vatany. Ny Fiangonana àry no mirakitra sy mampita ny fahasovana tsy hita maso ambarany. Amin'izany fifanahafan-kevitra izany no iantsoana azy hoe "sakramenta".

775. Ny Fiangonana, ao amin'i Kristy, dia toy ny sakramenta, izany hoe sady famantarana no fitaovan'ny firaisana lalina amin'Andriamanitra sy ny firaisan'ny taranak'olombelona rehetra"⁸ : Ho sakramentan'ny *firaisana*

¹ jer. Efez 5,25-27.

² jer. Efez 3,9-11.

³ jer. FF 48.

⁴ MD 27.

⁵ jer. Efez 5,27.

⁶ jer. MD 27.

⁷ Md Augustin, ep. 187,11,34.

⁸ FF 1.

lalin'ny olombelona amin'Andriamanitra : izany no tarigetra voalohany kenden'ny Fiangonana. Noho ny fiombonan'ny olombelona samy olombelona, miorim-paka ao amin'ny firaisana amin'Andriamanitra, dia sakramentan'ny *firaisan'ny taranak'olombelona rehetra* koa ny Fiangonana. 360 Efa nanomboka sahady, ao aminy, io firaisana io, noho izy manangona ny olombelona “avy amin'ny firenena rehetra, ny fokom-pirenena rehetra, ny vahoaka mbamin'ny samihafa fiteny rehetra” (Apôk 7,9) ; amin'izany koa, ny Fiangonana no “famantarana sy fitaovana” amin'ny fanatanterahana manontolo an'io firaisana izay tsy maintsy mbola ho avy io.

776. Fitaovan'i Kristy ny Fiangonana, amin'ny maha-sakramenta azy. “Izy no fitaovam-Panavotana ny olombelona rehetra, eo am-pelatanan'i Kristy”¹, 1088 “sakramentam-pamonjena ny daholobe”², izay amin'izany no “ampisehoan'i Kristy sy ampiharany amin'ny ankehitriny ny fitiavan'Andriamanitra ny olombelona”³. Izy “no tetik'asa hita maso amin'ny fitiavan'Andriamanitra ny olombelona manontolo”⁴, izay te “hahatonga ny taranak'olombelona manontolo hitambatra ho Vahoaka tokan'Andriamanitra, hiangona ao amin'ny Vatana tokan'i Kristy, mba hirafitra ho tempoly tokan'ny Fanahy Masina”⁵.

FAMINTINANA

777. *Ny teny hoe “Eglizy” (Fiangonana) dia midika hoe “fiantsoana hivory”. Teny ilazana ny famoriana an'ireo izay antsoin'ny Tenin'Andriamanitra mba hanjary Vahoakan'Andriamanitra, sy velomin'ny Vatana'i Kristy ka manjary Vatana'i Kristy mihitsy.*

778. *Ny Fiangonana dia sady lalana no tanjon'ny fandaharan'Andriamanitra : nambara an-tsary mialoha tamin'ny fahariana, nomanina tao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, naorina tamin'ny teny sy ny asan'i Jesoa-Kristy, notanterahina tamin'ny Hazofijaliampanavotany sy ny Fitsanganany ho velona, naseho miharihary ho misterim-pamonjena tamin'ny fandrotsahana ny Fanahy Masina. Ho fanaperana izy ao amin'ny voninahitra any an-danitra, amin'ny maha-famondronana ny olom-boavonjy rehetra eran-tany azy*⁶.

779. *Ny Fiangonana dia sady hita maso no ara-panahy, sady fikambanana mirafitra amin'ny ambaratongam-pitondrana no Vatana-Mistikan'i Kristy. Tokana izy, noforonina amin'ny singafototra roa, dia ny maha-*

¹ FF 9.

² FF 48.

³ FAA 45, §1.

⁴ Paul VI, lahateny tamin'ny 22 jona 1973.

⁵ AFF 7 ; jer. koa FF 17.

⁶ jer. Apôk 14,4.

olombelona sy ny maha-Andriamanitra. Izany no misteriny, izay ny finoana irery no ahafahana mandray izany.

780. *Ny Fiangonana, eto amin'ity tontolo ity, no sakramentam-pamonjena, famantarana sy fitaovana amin'ny fiombonan'Andriamanitra sy ny olombelona.*

Paragrafy 2. Ny Fiangonana – Vahoakan'Andriamanitra, Vatan'i Kristy, Tempolin'ny Fanahy Masina

I. Ny Fiangonana - Vahoakan'Andriamanitra

781. “Marina fa, amin'ny fotoana rehetra, sy amin'ny firenena rehetra, na iza na iza matahotra an'Andriamanitra sy manao ny marina dia ankasitrahany. Kanefa, tsy ny samy maka ho azy, ivelan'ny fifamatorana rehetra, no sitrak'Andriamanitra andraisan'ny olombelona ny fanamasinana sy ny famonjena ; ny mifanohitra amin'izany aza, ny sitrany dia ny hahatonga ho Vahoaka tokana izay hahalala Azy araka ny marina sy hanompo Azy ao anatin'ny fahamasinana. Izany no antony nifidianany ny Vahoaka Israely mba ho tonga Vahoakany izay nanaovany fanekem-pihavanana ary nampianariny miandalana (...). Izany rehetra izany anefa, tsy inona fa mba hanomanana sy hampisehoana ny endriky ny Fanekem-pihavanana Vaovao sady lavorary izay horaiketina ao amin'i Kristy (...). Dia ilay Fanekem-pihavanana Vaovao tamin'ny rany, iantsoana ny Vahoaka avy amin'ny Jody sy ny jentily, mba hiangona ho iray, tsy araka ny nofo, fa ao amin'ny Fanahy”¹.

Ny toetra mampiavaka ny Vahoakan'Andriamanitra

782. Ny Vahoakan'Andriamanitra dia manana toetra mampiavaka azy mazava
871 tsara amin'ireo fikambanana rehetra ara-pivavahana, ara-poko, ara-pôlitika na
ara-kolontsaina eo amin'ny tantara :
- 2787 – Vahoakan'Andriamanitra izy : tsy misy vahoaka na iray aza, manana an'
Andriamanitra ho azy manokana. Kanefa naka vahoaka ho Azy
Andriamanitra, avy amin'ireo izay tsy vahoaka akory taloha : “ho
taranaka voafidy, mpisorona manjaka, firenena masina” (1 Pi 2,9).
- 1267 – Ny mahatonga ho mpikambana amin'io Vahoaka io dia tsy amin'ny
alalan'ny fiterahana ara-batana, fa amin'ny alalan'ny “fahaterahana avy
any ambony”, “amin'ny rano sy ny Fanahy” (Jo 3,3-5), izany hoe amin'
ny finoana an'i Kristy sy ny Batemy.
- 695 – Io Vahoaka io dia manana an'i Jesoa ilay Kristy (voahosotra, Mesia) ho
Filoha (Loha) : satria fanosorana mitovy, dia ny Fanahy Masina, no

¹ FF 9.

nararaka avy amin'ny Loha mankao amin'ny Vatana, ka tonga "Vahoakan'ny Mesia" izy.

- "Ny *toe-piainan'*io Vahoaka io, dia ny fahamboniana amin'ny fahafahan' ny zanak'Andriamanitra : ao am-pon'izy ireo, toy ny ao an-tempoly, no monina ny Fanahy Masina". 1741
- Ny *Lalànany*, dia ny didy vaovao ho tia tahaka ny itiavan'ny Tenan'Izy Kristy mihitsy antsika¹". Izany no lalàna "vaovao" ny Fanahy Masina². 1972
- Ny *asa anirahana azy*, dia ny ho fanasin'ny tany sy ho fahazavan'izao tontolo izao³. "Izy no manorina ho an'ny olombelona rehetra tsy ankanavaka ny fototra mafy indrindra amin'ny firaisana, ny fanantenana ary ny famonjena"⁴. 849
- Farany, ny *anjara iafaràny*, dia ny "Fanjakan'Andriamanitra, natomboky ny Tenan'Izy Andriamanitra ihany, teto an-tany, Fanjakana izay tsy maintsy hiitatra hatrany hatrany, mandra-pahatongan'ny farandro, izay hahatanteraka azy amin'ny alalan'ny Tenan'Izy Andriamanitra ihany"⁵. 769

Vahoaka mpisorona, mpaminany ary mpanjaka.

783. I Jesoa-Kristy no Ilay nohosoran'ny Ray tamin'ny Fanahy Masina sy nataony ho "Mpisorona, Mpaminany ary Mpanjaka". Mandray anjara amin' ireo raharaha telo an'i Kristy ireo, ny Vahoakan'Andriamanitra manontolo, ary mizaka ny fiandraiketana ny fanirahana sy ny fanompoana avy amin' izany⁶. 436
873
784. Rahefa miditra ao amin'ny Vahoakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana sy ny Batemy ny olona, dia mandray anjara amin'ny fiantsoana tokan'io Vahoaka io : amin'ny fiantsoana azy ho *mpisorona* : "I Kristy Tompo, Mpisorombe nalaina avy amin'ny olombelona, dia nanao an'ilay Vahoaka vaovao "ho fanjakana, mpisorona ho an'Andriamaniny sady Rainy". Satria, ireo vita batemy, amin'ny alalan'ny fahateraham-baovao sy ny fanosorana amin'ny Fanahy Masina, dia *voatokana* ho fonenana ara-panahy sy ho mpisorona masina"⁷. 1268
1546
785. "Mandray anjara koa amin'ny asa *maha-mpaminany* an'i Kristy ny Vahoaka masin'Andriamanitra". Manjary izany izy, indrindra amin'ny hevipoanoana mihoatra ny fahalalan'ny sain'olombelona izay an'ny Vahoaka manontolo, lahika sy mpitondra isan'ambaratonga, rahefa "mifikitra 92

¹ FF 9 ; jer. koa Jo 13,34.

² jer. Rôm 8,2; Gal 5,25.

³ jer. Mt 5,13-16.

⁴ FF 9.

⁵ *Ibid.*

⁶ jer. RH 18-21.

⁷ FF 10.

maharitra amin'ny finoana nampitaina indray mandeha ihany tamin'ny olomasina”¹, sy mandalina fahalalana amin'izany ary mijoro vavolombelon'i Kristy eo anivon'izao tontolo izao.

2449 786. Farany, mandray anjara amin'ny asa maha-*mpanjaka* an'i Kristy, ny Vahoakan'Andriamanitra. Mampiasa ny fiandrianana maha-*mpanjaka* Azy i Kristy amin'ny fanintonana ny olona rehetra ho ao Aminy amin'ny alalan'ny fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona². I Kristy, Mpanjaka sy Tompon' izao tontolon'ny zava-drehetra izao, dia nanolo-tena ho mpanompon'ny rehetra, “tsy tonga mba ho tompoina, fa mba hanompo ary hahafoy ny ainy ho fanavotana ny be sy ny maro” (Mt 20,28). Ho an'ny kristianina, “ny hoe manjaka, dia ny manompo Azy”³, indrindra “amin'ny mahantra sy ny mijaly, izay ao amin'izy ireo no ahitan'ny Fiangonana ny endrik'ilay Mpanorina azy mahantra sy mijaly”⁴. Manatanteraka ny “fahamboniana maha-*mpanjaka*” azy ny Vahoakan'Andriamanitra, amin'ny fiainana izany fiantsoana hanompo miaraka amin'i Kristy izany.

Amin'ireo rehetra nohavaozina tao amin'i Kristy, ny famantaran'ny Hazofijaliana no mahatonga azy ireo ho mpanjaka, ny fanosorana amin'ny Fanahy Masina no manamasina azy ireo ho mpisorona, ka mba hiavaka amin'ny asa fanompoan'ny tsirairay amin'ny andraiki-panompoana sahanintsika, dia aoka ny kristianina rehetra manam-panahy sy mampiasa ny sainy, mba hahatsiaro tena ho mpikambana amin'io taranaka mpanjaka io sy mpanjara amin'ny asa maha-mpisorona. Koa inona moa, araka izany, no maha-*mpanjaka* ny olona iray afa-tsy ny mitondra ny tenany amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra ? Ary inona koa no maha-mpisorona afa-tsy ny manokana ny kônsiansy madio tsy misy pentina amin'ny Tompo sy manolotra eo ambony ôtelin'ny fony ny sorom-pitiavam-bavaka tsy misy pentina⁵ ?

II.Ny Fiangonana – Vatan'i Kristy

Fiombonana amin'i Kristy, ny Fiangonana

787. Efa hatrany am-boalohany i Jesoa no nampandray anjara an'ireo mpianany tamin'ny fiainany⁶; nambarany azy ireo ny misterin'ny Fanjakan'ny lanitra⁷; nomeny anjara tamin'ny fanirahana Azy, tamin'ny hafaliany⁸ ary tamin'ny

¹ FF 12.

² jer. Jo 12,32.

³ FF 36.

⁴ FF 8.

⁵ Md Léon le Grand, serm. 4.1.

⁶ jer. Mk 1,16-20 ; 3,13-19.

⁷ jer. Mt 13,10-17.

⁸ jer. Lk 10,17-20.

fijaliany¹ izy ireo. Niresaka momba ny fiombonana mbola lalina kokoa ao Aminy sy ireo izay hanaraka Azy i Jesoa : “Mitomoera ao amiko, tahaka Ahy ao aminareo (...). Izaho no Voaloboka, ianareo no sampana” (Jo 15,4-5). Ary nanambara ny fiombonana mifono mystery sy tena izy eo amin’ny Tenany sy ny antsika Izy : “Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako dia mitoetra ao anatiko ary Izaho ao anatin’ny” (Jo 6,57). 755

788. Nony nesorina teo amin’ireo mpianany ny fahitana maso an’i Jesoa, dia tsy namela azy ireo ho kamboty Izy². Nampanantena azy ireo Izy fa hitoetra miaraka amin’izy ireo ambara-pahatonga ny farandro³, ary naniraka ny Fanahiny ho ao amin’izy ireo⁴. Azo lazaina fa mihamafy kokoa amin’izay ny fiombonana amin’i Jesoa : “Amin’ny fampitànny ny Fanahiny tamin’ireo rahalahiny, mba hamoriana ny firenena rehetra, no nanatambarany azy ireo ho Vatany amim-pomba mistika”⁵. 690

789. Ny fampitahana ny Fiangonana amin’ny vatana dia mamoa hazavana ny amin’ny fifamatorana mafy misy eo amin’ny Fiangonana sy i Kristy. Tsy miangona fotsiny *manodidina* Azy ny Fiangonana ; nampiraisiny *Aminy*, ao amin’ny Vatany izy. Toy izao ireo endrika telo an’ny Fiangonana - Vatan’i Kristy, soritana manokana kokoa : ny firaisan’ny rantsambatana rehetra amin’ny samy izy ireo amin’ny alalan’ny fiombonan’izy ireo amin’i Kristy ; i Kristy Lohan’ny Vatana ; ny Fiangonana, Vadin’i Kristy. 521

“Vatana iray ihany”

790. Ny mpino izay manoina ny Tenin’Andriamanitra sy tonga rantsambatan’i Vatan’i Kristy, dia manjary miray tanteraka amin’i Kristy : “Ao amin’izany vatana izany ny ain’i Kristy no mikoriana ao amin’ny mpino izay ampiraisin’ny sakramenta amin’i Kristy nijaly sy nomem-boninahitra, amin’ny fomba mystery sy tena izy”⁶. Marina indrindra izany amin’ny Batemy izay mampiray antsika amin’ny fahafatesana sy ny Fitsanganan’i Kristy ho velona⁷, sy amin’ny Eokaristia, izay “amin’ny fandraisana anjara marina tokoa ny Vatan’i Kristy”, no “anandratana antsika amin’ny fiombonana Aminy sy amintsika samy isika”⁸. 1227 1329

791. Tsy manafoana ny maha-samihafa ny rantsambatana, ny maha-iray ny vatana : “Amin’ny fandrafetana ny Vatan’i Kristy dia misy ny maha- 814

¹ jer. Lk 22,28-30.

² jer. Jo 14,18.

³ jer. Mt 28,20.

⁴ jer. Jo 20,22 ; Asa 2,33.

⁵ FF 7.

⁶ FF 7.

⁷ jer. Rôm 6,4-5 ; 1 Kôr 12,13.

⁸ FF 7.

1937 samihafa ny rantsambatana sy ny anjara raharahany. Tokana ny Fanahy izay mizarazara ny fanomezana samihafa ho fanasoavana ny Fiangonana, arakaraka ny harenny sy ny fitakian'ny fanompoana"¹. Ny maha-iray ny Vatana-mistika dia miteraka sy mampirisika ny samy mpino amin'ny fifankatiavana : "Araka izany, raha mijaly ny rantsambatana iray, dia miaramijaly aminy ny rantsambatana rehetra, ary raha mahazo voninahitra ny rantsambatana iray, dia miara-mifaly aminy ny rantsambatana rehetra"². Farany, ny maha-iray ny Vatana-mistika no mpandresy ny fisaraham-bazana rehetra eo amin'ny olombelona : "Satria, ianareo rehetra natao batemy tao amin'i Kristy, dia mitafy an'i Kristy avokoa ; tsy misy Jody na Jentily, tsy misy mpanompo na olona afaka, tsy misy lehilahy na vehivavy intsony ; satria ianareo rehetra dia iray ihany ao amin'i Kristy Jesoa" (Gal 3,27-28).

"Amin'io Vatana io, i Kristy no Loha"

792.I Kristy "no Lohan'ny Vatana izay ny Fiangonana" (Kôl 1,18). Izy no
669 Fototry ny fahariana sy ny fanavotana. Nasandratra ao amin'ny Voninahitry
ny Ray, "Izy no Loha amin'ny zavatra rehetra" (Kôl 1,18), indrindra eo
1119 amin'ny Fiangonana izay amin'ny alalany no anitarany ny fanjakany amin'
ny zavatra rehetra :

793.*Izy no mampiray antsika amin'ny Pakany* : tsy maintsy miezaka hanahaka
661 Azy ny rantsambatana rehetra "mandra-pahary an'i Kristy" ao amin'izy ireo
(Gal 4,19). "Amin'izany tarigetra izany no ahatafidirantsika ao amin'ny
519 misterin'ny fiainany, (...) iombonantsika amin'ny fahoriany, tahaka ny
iombonan'ny vatana sy ny loha, iraisantsika amin'ny fijaliany mba
iraisantsika amin'ny voninahiny"³.

794. *Izy no mitsinjo ny fitomboantsika*⁴ : Mba hampitombo antsika mankany
872 Aminy, Lohantsika⁵, dia nalamin'i Kristy ao amin'ny Fiangonana - Vatany,
ireo fanomezana sy ireo fanompoana ifanampiantsika eny an-dàlam-
pamonjena.

795.I Kristy sy ny Fiangonana àry no "*Kristy manontolo*" (*Christus totus*). Iray
695 ny Fiangonana miaraka amin'i Kristy. Tena tsapan'ny olomasina ao an'
eritreriny ao tokoa io firaisana io :

Mifalia àry isika sy misaora noho ny nahatonga antsika, tsy hoe kristianina fotsiny, fa Tenan'Izy Kristy mihitsy. Azonareo ve, ry rahalahy, ny fahasoavana izay narotsak'Andriamanitra tamintsika tamin'ny nanomezana

¹ *Ibid.*

² *Ibid.*

³ FF 7.

⁴ jer. Kôl 2,19.

⁵ jer. Efez 4,11-16.

antsika an'i Kristy ho Loha ? Aoka ianareo hitolagaga ary mifalia ianareo, manjary i Kristy isika. Vokatr'izany, satria Izy no Loha ary isika no rantsambatana, ny olombelona manontolo izany, dia Izy sy isika (...). Ny Hafenoan'i Kristy, dia tsy inona fa ny Loha sy ny rantsambatana ; inona no tian-kolazaina amin'ny hoe : Loha sy rantsambatana ? I Kristy sy ny Fiangonana¹.

Ny Mpanavotra antsika dia nampiseho ny tenany ho olona iray sy mitovy ihany amin'ny Fiangonana izay zakainy ao Aminy².

Loha sy rantsambatana, olona mistika iray sy mitovy ihany, raha azo lazaina ho izany³.

1474

Teny indraim-bava nolazain'i Mb Jeanne d'Arc tamin'ny mpitsara azy no mamintina ny finoan'ireo Mpampianatra masina sy manambara ny hevitra mitombina ananan'ny mpino : "Amin'i Jesoa-Kristy sy ny Fiangonana, araka ny fiheverako, dia iray tokoa, ka tsy misy tokony hohasarotina izany"⁴.

Vady ampakarin'i Kristy ny Fiangonana

796.Ny firaisan'i Kristy sy ny Fiangonana, Loha sy rantsambatan'ny Vatana, dia milaza tsy mivantana koa ny fiavahan'ny roa tonta eo amin'ny fifandraisan'ny tsirairay. Izany endrika izany matetika dia aseho amin'ny sary an'ohatra momba ny mpampakatra sy ny ampakarina. Ny lohahevitra hoe Kristy Mpampakatra ny Fiangonana dia nomanin'ny mpaminany sy nolazain'i Joany-Batista⁵. Izy Tompo ihany no manondro ny Tenany ho "ilay Mpampakatra" (Mk 2,19)⁶. Ny apôstôly dia mampiseho ny Fiangonana sy ny mpino tsirairay, rantsambatan'ny Vatany, ho ilay Ampakarina "nofofoin'i" Kristy Tompo, mba tsy hisy hiaraka Aminy afa-tsy ny Fanahy iray ihany⁷. Izy no Vady madio tsy misy pentina an'ilay Zanak' Ondry madio tsy misy pentina⁸ notiaavin'i Kristy, izay ho an'izany no nanoloran'i Kristy ny Tenany "mba hanamasina azy" (Efez 5,26), ka nampiraisiny Taminy tamin'ny alalan'ny fanekem-pihavanana mandrakizay, ary tsy mitsahatra mikarakara azy ho toy ny Tenany manokana Izy⁹ :

757

219

772

1602

1616

Izany i Kristy manontolo, Loha sy Vatana, tokana mirafitra ho maro (...). Na ny Loha no miteny, na ny rantsambatana, dia i Kristy no miteny. Miteny Izy

¹ Md Augustin, ev. Jo. 21,8.

² Md Grégoire le Grand, mor. Praef. 6,14.

³ Md Thomas d'A., s.th. 3,48,2,ad 1.

⁴ Jeanne d'Arc, proc.

⁵ jer. Jo 3,29.

⁶ jer. Mt 22,1-14 ; 25,1-13.

⁷ jer. 1 Kôr 6,15-17 ; 2 Kôr 11,2.

⁸ jer. Apôk 22,17 ; Efez 1,4 ; 5,27.

⁹ jer. Efez 5,29.

amin'ny anjara asan'ny Loha (*ex persona capitis*) na koa amin'ny anjara asan'ny Vatana (*ex persona corporis*). Araka ny voasoratra hoe : “Ho nofo iray ihany izy roroa”. Misy mistery lehibe amin'io, dia ny firaisan'i Kristy sy ny Fiangonana no tiako ho lazaina” (Efez 5,31-32). Ary izao no nolazain'ny Tenan'Izy Tompo ao amin'ny Evanjely : “Tsy roa intsony izy ireo fa nofo iray ihany” (Mt 19,6). Araka ny hitanareo, dia misy olona roa miavaka tsara, nefa iray ihany izy ireo ao amin'ny firaisan'ny mpivady. (...) *Amin'ny maha-Loha dia mitonon-tena ho “Mpampakatra” Izy, ary amin'ny maha-Vatana dia mitonon-tena ho “Ampakarina” Izy*¹.

III. Ny Fiangonana – Tempolin'ny Fanahy Masina

813 797. “Toy ny maha-ao amin'ny rantsambatantsika ny fanahintsika, izany hoe ny aintsika no tiako hambara, no maha-ao amin'ny rantsambatan'i Kristy, ao amin'ny Vatana'i Kristy, izany hoe ny Fiangonana no tiako hambara, ny Fanahy Masina”². “Ny Fanahin'i Kristy izany amin'ny maha-fototra miafina Azy no tsy maintsy hiheverana fa ny faritra rehetra ao amin'ny Vatana dia mifandray, na amin'izy samy izy na amin'ny fara tampon'ny Lohan'izy ireo, satria monina manontolo ao amin'ny Loha, manontolo ao amin'ny Vatana, manontolo ao amin'ny tsirairay amin'ny rantsambatany, Izy”³. Ny Fanahy 586 Masina no mahatonga ny Fiangonana ho “Tempolin'Andriamanitra velona” (2 Kôr 6,16)⁴ :

Ao amin'ny tenan'ny Fiangonana ihany, araka izany, no nanankinana ny Fanomezan'Andriamanitra. (...) Ao aminy no nametrahana ny fiombonana amin'i Kristy, izany hoe ny Fanahy Masina, antoky ny tsy fahalòvana, fanamafisana ny finoantsika ary tohatra fiakarantsika mankany amin' Andriamanitra (...). Satria izay misy ny Fiangonana, dia misy koa ny Fanahin'Andriamanitra ; ary izay misy ny Fanahin'Andriamanitra, dia misy ny Fiangonana sy ny fahasavana rehetra⁵.

737, 1091-1109 798. Ny Fanahy Masina no “Fototry ny asa manontolo iankinan'ny aina sy tena mahavonjy tokoa ny tsirairay amin'ny faritra samihafa amin'ny Vatana”⁶. Fomba maro no andrafetany ny Vatana manontolo ao anatin'ny fitiavana⁷ : amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra “izay manana hery hanorina ny trano” (Asa 20,32), amin'ny alalan'ny Batemy izay andrafetany ny Vatana'i Kristy⁸ ; amin'ny alalan'ny sakramenta izay mampitombo sy manasitrana ny rantsambatan'i Kristy ; amin'ny alalan'ny “fahasavana nomena ny apôstôly

¹ Md Augustin, Psal. 74,4.

² Md Augustin, serm. 268,2.

³ Pie XII, enc. « Mystici Corporis » : DS 3808.

⁴ jer. 1 Kôr 3,16-17 ; Efez 2,21.

⁵ Md Irénée, haer. 3,24,1.

⁶ Pie XII, enc. « Mystici Corporis » : DS 3808.

⁷ jer. Efez 4,16.

⁸ jer. 1 Kôr 12,13.

ka mitana toerana voalohany amin'izany ireo fanomezany"¹, amin'ny herim-panahy izay mahatonga hanao ny tsara, ary farany, amin'ny alalan'ny fahasoavana manokana maro be (antsoina hoe "fanomezam-pahasoavana")⁷⁹¹ izay mahatonga ny mpino ho "afaka sy vonona hizaka ao Aminy ny fiadidiana sy ny raharaha samihafa, manampy hanavao sy hanorina bebe kokoa hatrany ny Fiangonana"².

Ireo fanomezam-pahasoavana

799. Na mampitolagaga na tsotsotra sy ambanimbany, ireo fanomezam-pahasoavana dia fahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina, ka na mivantana na tsy mivantana, dia natao hahasoa ny Fiangonana, sy narindra amin'ny fandrafetana ny Fiangonana, amin'ny fanasoavana ny olombelona ary amin'izay ilain'izao tontolo izao. ^{951,2003}

800. Ireo fanomezam-pahasoavana dia raisina miaraka amin'ny faneken'izay mandray izany, nefa koa amin'ny rantsambatan'ny Fiangonana rehetra. Araka izany, harem-pahasoavana mahatalanjona tokoa izy ireny ho an'ny hery amam-paharisihina maha-apôstôly sy ho an'ny fahamasinan'ny Vatan'i Kristy manontolo, raha toa ka tena fanomezana avy amin'ny Fanahy Masina tokoa izy ireny, sy ho ampiasaina amin'ny fomba mifanaraka manontolo amin'ny tosi-kerim-pamporisika marina avy amin'io Fanahy io ihany, izany hoe ho ampiasaina araka ny fitiavana, izay fandrefesana marina ny fanomezam-pahasoavana³.

801. Asehon'izany lafin-kevitra izany fa ilaina lalandava ny fahaizamandanjanja momba ny fanomezam-pahasoavana. Tsy misy fanomezam-pahasoavana na iray aza afaka tsy mandalo eo ambany filan-kevitra ny manam-pahefana sy ny fankatoavan'ny Mpitondra Fiangonana. "Izy ireo no manana anjara manokana, tsy hamono ny Fanahy, fa hizaha toetra ny zavatra rehetra ka hitana izay tsara"⁴, mba hiara-miasa ny fanomezam-pahasoavana rehetra, amin'ny faha-samihafa azy ireo sy ny fifamenoan'izy ireo, mba ⁸⁹⁴ "hahasoa ny be sy ny maro" (1 Kôr 12,7)⁵. ¹⁹⁰⁵

FAMINTINANA

802. "*Nanolo-tena ho antsika i Jesoa-Kristy, mba hanavotra antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra sy hanadio ny Vahoaka izay natao ho Azy tokoa*" (Tito 2,14).

¹ FF 7.

² FF 12 ; jer. koa APL 3.

³ jer. 1 Kôr 13.

⁴ FF 12.

⁵ jer. FF 30 ; CL 24.

803. *“Ianareo kosa dia taranaka voafidy, mpisorona manjaka, firenena masina, Vahoaka navotana” (1 Pi 2,9).*
804. *Amin’ny alalan’ny finoana sy ny Batemy no idirana ao amin’ny Vahoakan’Andriamanitra. “Ny olombelona rehetra no antsoina ho anisan’ny Vahoakan’Andriamanitra”¹, mba “hiforona ho fianakaviana tokana sy ho Vahoaka token’Andriamanitra izy rehetra”², ao amin’i Kristy.*
805. *Vatan’i Kristy ny Fiangonana. Noho ny Fanahy Masina sy ny asany ao amin’ny sakramenta, fa indrindra ny Eokaristia, dia manorina ny fiombonan’ny mpino ho Vatany i Kristy maty sy nitsangan-ko velona.*
806. *Ao amin’ny maha-iray io Vatana io, dia maro samihafa ny rantsambatana sy ny anjara asa. Mifamatotra amin’ny rantsambatana ny samy rantsambatana rehetra, indrindra amin’ireo izay mijaly, ireo mahantra ary ireo enjehina.*
807. *Ny Fiangonana io Vatana io, izay i Kristy no Loha : avy Aminy sy ao Aminy ary ho Azy no ahaveloman’ny Fiangonana ; Izy kosa miaina miaraka amin’ny Fiangonana sy ao amin’ny Fiangonana.*
808. *Vadin’i Kristy ny Fiangonana : tia azy Izy ary nanolo-tena mba ho azy. Nodioviny tamin’ny rany izy. Nataony Reny niteraka ny zanak’Andriamanitra rehetra izy.*
809. *Tempolin’ny Fanahy Masina ny Fiangonana. Ny Fanahy Masina no toy ny fanahin’ny Vatana-Mistika, fototry ny ainy sy ny firaisany ao anatin’ny faha-samihafa ary fototry ny habetsahan’ny fanomezany mbamin’ny fanomezam-pahasoavany.*
810. *“Araka izany, ny Fiangonana manerana ny tany tontolo dia hita fa "ilay Vahoaka izay misintona ny maha-iray azy avy amin’ny maha-iray an’Andriamanitra Ray sy Zanaka sy Fanahy Masina”³.”*

¹ FF 13.

² AFF 1.

³ FF 4, milaza ny tenin’i Md Cyprien.

Paragrafy 3. *Iray, masina, katôlika ary apôstôlika ny Fiangonana*

811. “Izany no hany Fiangonan’i Kristy, izay ambarantsika ampahibemaso ao amin’ny semboly fa hoe iray, masina, katôlika ary apôstôlika”¹. Manondro ny soritsoritra ny toetra lehibe indrindra maha-Fiangonana ny Fiangonana sy ny fanirahana azy, ireo marika efatra manokana ireo, izay mifamatotra tsy azo sarahina amin’izy ireo samy izy ireo². Tsy avy amin’ny tenan’izy Fiangonana no ananany an’ireo ; i Kristy, amin’ny alalan’ny Fanahy Masina, no mahatonga ny Fiangonany, ho iray, masina, katôlika ary apôstôlika, ary mbola Izy ihany koa no miantso azy hanatanteraka ny tsirairay amin’ireo toetra ireo. 750
832,865

812. Ny finoana irery ihany no ahafahana mankato fa avy amin’Andriamanitra ny loharano nahazoan’ny Fiangonana an’ireo toetra manokana ireo. Kanefa ny fisehoan’ireo teo amin’ny tantara dia famantarana miharihary koa ho an’ny sain’olombelona. “Ny Fiangonana, tsiahivin’ny Kônsily voalohany tao Vatikana, noho ny fahamasinany, ny firaisany katôlika, ny faharetampioreny tsy hay arodana, dia ny tenan’izy Fiangonana ihany no antony lehibe sy maharitra ahazoana mino, sy porofo tsy hay toherina amin’ny fanirahan’Andriamanitra azy”³. 156,770

I. Iray ny Fiangonana

“Ny mystery masin’ny Maha-iray ny Fiangonana”⁴

813. *Iray ny Fiangonana, avy amin’ny loharano iandohany* : “Avy amin’io mystery io, ny môdely tapitr’ohatra sy fototra dia ny maha-tokana an’ Andriamanitra ao amin’ny firaisan’ireo Olona telo : Ray sy Zanaka, ao amin’ny Fanahy Masina”⁵. Iray ny Fiangonana *avy amin’ny Mpanorina azy* : “Satria Izy Tenan’ny Zanaka tonga Nofa no nampihavana tamin’ny alalan’ny Hazofijaliany, ny olombelona rehetra tamin’Andriamanitra, ka namerina ny firaisan’ny olona rehetra ho Vahoaka tokana sy ho Vatana tokana.”⁶ Iray ny Fiangonana *avy amin’ny “fanahiny”* : “Ny Fanahy Masina izay monina ao amin’ny mpino, izay mameno sy mitondra ny Fiangonana manontolo, no manatanteraka io fiombonan’ny mpino amin’ny fomba mampitolagaga io, sy mampiray azy rehetra amin’ny fomba lalina dia lalina ao amin’i Kristy, izay 172
766
797

¹ FF 8.

² jer. DS 2888.

³ DS 3013.

⁴ EK 2.

⁵ EK 2.

⁶ FAA 78, § 3.

Izy no fototry ny Maha-iray ny Fiangonana”¹. Avy amin’ny foto-pisiany ihany izany no maha-iray ny Fiangonana :

Mistry mampitolagaga re izany ! Iray ihany ny Rain’izao tontolon’ny zava-drehetra izao, iray ihany ny Tenin’izao tontolon’ny zava-drehetra izao ary koa iray ihany ny Fanahy Masina, mitovy na aiza na aiza ; fa misy koa virjiny iray ihany tonga reny, ary tiako ny miantso azy hoe : Fiangonana².

791,873 814. Hatrany am-piandohana anefa, io Fiangonana iray io dia miseho amin’ny *faha-samihafa* lehibe izay sady avy amin’ny fanomezana maro karazana avy amin’Andriamanitra no avy amin’ny hamaroan’ny olona izay mandray izany. Mikambana ao amin’ny maha-iray ny Vahoakan’Andriamanitra, ny faha-samihafa an’ireo firenena sy ny kolontsaina. Misy ny faha-samihafa amin’ny 1202 fanomezana, sy ny adidy aman’andraikitra, ary ny toetra amam-pomba fiainana, eo amin’ny samy rantsambatan’ny Fiangonana ; “ara-dalàna ny fisian’ny Fiangonana eo an-toerana, manana ny lovam-panahiny mampivavaka azy, eo anivon’ny fiombonan’ny Fiangonana”³. Tsy mifanohitra amin’ny 832 maha-iray ny Fiangonana, ny harem-ben’io faha-samihafa io. Kanefa, loza mitatao lalandava ho an’ny fanomezana maha-iray ny Fiangonana, ny fahotana sy ny vesatry ny voka-dratsiny. Izany no mahatonga ny apôstôly mampirisika mba “hitana ny maha-iray ny Fanahy amin’ny alalan’ny fifamatoram-pihavanana” (Efez 4,3).

1827 815. Inona avy ireo fifamatoram-piraisana ireo ? “Ambonin’ny zavatra rehetra [dia] ny fitiavana, izay fehin’ny hatsaram-panahy” (Kôl 3,14). Kanefa ny firaisan’ny Fiangonana mivahiny ety an-tany dia iantohan’ireo fifamatoram-piombonana hita maso koa : 830,837 173

- ny fiekena ny finoana tokana noraisina avy amin’ny apôstôly;
- ny fankalazana iombonana amin’ny fanompoam-pivavahana amin’Andriamanitra, indrindra amin’ireo sakramenta;
- ny fifandimbiasana maha-apôstôly amin’ny alalan’ny sakramentan’ny Filaharana, mitana ny fihavanana maha-mpiray tam-po ny fianakavian’Andriamanitra⁴.

816. “Ny Fiangonana tokan’i Kristy, (...) dia izay napetraky ny Mpamonjintsika, taorian’ny Fitsanganany ho velona, tamin’i Piera, mba izy no ho mpiandry ondry ao aminy, izay nankininy taminy, dia taminy sy tamin’ireo apôstôly hafa, mba hampiely azy sy hitantana azy (...). Io Fiangonana toy ny fikambanana naorina sy narindra eto an-tany io, dia misy sady maharitra ao

¹ EK 2.

² Md Clément d’Alexandrie, paed. 1,6,42.

³ FF 13.

⁴ jer. EK 2 ; FF 14 ; CIC, can. 205.

(*subsistit in*) amin'ny Fiangonana katôlika fehezin'ny dimbin'i Piera sy ireo Eveka miombona aminy"¹ :

Manazava miharihary ny sori-dalana momba ny Ekiomenisma navoakan'ny Kônsily faharoa tao Vatikana, fa : “Avy amin'ny Fiangonana katôlikan'i Kristy irery ihany, izay izy no “fitaovana ankapobeny ahazoana famonjena”, no ahafahana mahazo ny hafenoan'ny fitaovam-pamonjena rehetra. Avy amin'ny fiombonam-piadidian'ny apôstôly irery, izay i Piera no filoha, no nanankinan'ny Tompo, araka ny finoantsika, ny harem-pahasoavana rehetra tamin'ny Fanekem-pihavanana Vaovao, mba hanorenana eto an-tany ny Vatan'i Kristy tokana, izay Aminy no tsy maintsy ho voakambana manontolo, amin'ny endrika iray, izay rehetra efa anisan'ny Vahoakan'Andriamanitra”².

830

Ny ratran'ny firaisana

817.Raha ny marina, “efa hatrany am-piandohana no nisy fisaratsarahana tao amin'io Fiangonana tokana tsy manam-paharoa an'Andriamanitra io, fisaratsarahana izay nolavin'ny apôstôly mafy tokoa sy nomelohiny ; teny am-pamakivakiana ny taona teny dia nipoitra ny fisarahan-kevitra lehibe kokoa, ka nampisy ireo vondrom-piangonana be dia be niendaka tanteraka tao amin'ny fiombonan'ny Fiangonana katôlika, izay indraindray nipoitra avy amin'ny fahadisoan'ny olon'ny an-daniny sy ny olon'ny an-kilany”³. Ny fisaraham-bazana izay mandratra ny firaisan'ny Vatan'i Kristy (avahana amin'izany ny hevi-diso momba ny foto-pinoana, ny fivadiham-pinoana sy ny fisaraham-pinoana⁴) dia tsy nisy raha tsy noho ny fahotan'ny olombelona:

2089

Izay ahitana ny fahotana, dia eo koa ny fitsitokotokoana maro be, eo ny fisaraham-pinoana, eo ny fampianaran-diso momba ny foto-pinoana, eo ny fifanoherana ; fa izay ahitana ny hatsaram-panahy, dia eo koa ny firaisana, ny fiombonana izay nahatonga ny mpino rehetra tsy hanana afa-tsy vatana iray sy fanahy iray⁵.

818.Ireo izay teraka amin'izao fotoana izao ao anatin'ireny vondrom-piangonana avy amin'ny fisarahana ireny “sy izay mivelona amin'ny finoana an'i Kristy, dia tsy azo anilihana ny fahotan'ny fisaraham-bazana, ary ny Fiangonana katôlika dia miaraka amin'izy ireo amim-panajana feno firahalahiana sy fifankatiavana (...). Nohamarinina tamin'ny finoana noraisina tamin'ny Batemy, voakambana amin'i Kristy, dia mitondra ara-drariny ny anarana hoe kristianina izy ireo, ary ny zanaky ny Fiangonana katôlika dia mahatsiaro azy ireo marina tokoa ho havana ao amin'ny Tompo”⁶.

1271

¹ FF 8.

² EK 3.

³ EK 3.

⁴ jer. CIC, can. 751.

⁵ Origène, hom. In Ezech. 9,1.

⁶ EK 3.

819. Fanampin'izany, “maro amin'ireo singafototry ny fahamasinana sy ny fahamarinana”¹ no misy ivelan'ny fetra hita maso ao amin'ny Fiangonana katôlika : “ny Tenin'Andriamanitra voarakitra an-tsoratra, ny fiainam-pahasoavana, ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, ny fanomezana anaty hafa avy amin'ny Fanahy Masina ary ny singafototra hita maso hafa koa”². Mampiasa ireny Fiangonana sy ankohonam-piangonana ireny ho fitaovam-pamonjena ny Fanahin'i Kristy, ka ny heriny dia avy amin'ny hafenoan'ny fahasoavana sy ny fahamarinana nankinin'i Kristy tamin'ny Fiangonana katôlika. Ireny soa rehetra ireny dia avy amin'i Kristy sy mitondra mankany Aminy³, ary amin'ireny ihany no mitaky ny “firaisana katôlika”⁴.

Miroso ho amin'ny firaisana

820. Ny firaisana, “izany no eken'i Kristy ho an'ny Fiangonany hatrany ampiandohana. Mino isika fa maharitra amin'ny fomba tsy mety very izany, ao amin'ny Fiangonana katôlika, ary manantena isika fa hitombo isan'andro isan'andro izany mandra-pahatapitry ny taona rehetra”⁵. Omen'i Kristy lalandava ny Fiangonany ny fanomezana ho amin'ny firaisana, nefa tsy maintsy mivavaka sy miasa lalandava ny Fiangonana mba hitazonana, hanamafisana ary handavorariana ny firaisana izay sitrak'i Kristy ho azy. 2748 Izany no nahatonga ny Tenan'i Jesoa nivavaka tamin'ny oran'ny fijaliany, ary tsy mitsahatra mitalaho amin'ny Ray Izy mba ho an'ny firaisan'ny mpianany : “... Mba ho iray izy rehetra, Tahaka Anao, Ray, ao Amiko, ary Izaho ao Aminao, izy ireo koa anie mba ho iray ao Amintsika, mba hinoan' izao tontolo izao fa Ianao no naniraka Ahy” (Jo 17,21). Ny faniriana hahita indray ny firaisan'ny kristianina rehetra dia fanomezana avy amin'i Kristy sy antson'ny Fanahy Masina⁶.

821. Mba hamaliana izany araka ny saha azy, dia takina :

- ny *fiavaozana* tsy tapaka ao amin'ny Fiangonana, ao anatin'ny tsy fivadihana lehibe indrindra amin'ny fiantsoana azy. Izany fanavaozana izany no herin'ny hetsika mankamin'ny firaisana⁷;
- 827 – ny *fibebahan'ny fo* “mba hiaina ao anatin'ny fahadiovana kokoa araka ny Evanjely”⁸, satria ny fivadihan'ireo rantsambatana amin'ny fanomezan'i Kristy no miteraka ny fisaraham-bazana;

¹ FF 8.

² EK 3 ; jer. koa FF 15.

³ jer. EK 3.

⁴ FF 8.

⁵ EK 4.

⁶ jer. EK 1.

⁷ jer. EK 6.

⁸ jer. EK 7.

- ny *fiaraha-mivavaka*, satria “ny fibebahan’ny fo sy ny fahamasinam-piainana, 2791 atambatra amin’ny vavaky ny daholobe sy ny an’ny tsirairay ho amin’ny firaisan’ny kristianina, dia tsy maintsy heverina ho aina mamelona ny ekiomenisma manontolo, ary azo antsoina ara-drariny hoe ekiomenisma arapanahy”¹ ;
- ny *fifankahalalana maha-mpiray tam-po ara-pinoana*²;
- ny *fanofanana momba ny ekiomenisma* ho an’ny mpino, fa indrindra ho an’ny Pretra³;
- ny *fifanakalozan-kevitra* eo amin’ny samy teôlôjianina sy ny fihaonan’ny samy kristianina avy amin’ny Fiangonana samihafa sy ny fikambanana samy hafa⁴;
- ny *fiaraha-miasan’ny* samy kristianina eo amin’ny sehatr’asa samihafa amin’ny asan’olombelona⁵.

822. “Mahakasika ny Fiangonana manontolo : ny mpino sy ny mpiandry ondry”⁶, ny mameno ny saina hahatanteraka ny firaisana. Kanefa koa tsy maintsy “mahatsiaro tena fa izany fikasana masina izany, izany hoe ny fampihavanana ny kristianina rehetra ho anatin’ny firaisana maha-tokana sy itambaran’ny Fiangonan’i Kristy, dia mihoatra ny tanjaky ny olombelona sy ny herim-pahaizany”. Izany indrindra no hametrahantsika ny fanantenantsika manontolo “amin’ny vavak’i Kristy ho an’ny Fiangonana, ao amin’ny fitiavan’ny Ray ny amintsika, ary amin’ny herin’ny Fanahy Masina”⁷.

II. Masina ny Fiangonana

823. “Ny Fiangonana (...) dia masina amin’ny fomba maharitra lalandava eo imason’ny finoana. Satria i Kristy, Zanak’Andriamanitra, izay ankalazaina, miaraka amin’ny Ray sy ny Fanahy Masina, ho “hany Masina”, dia tia ny Fiangonana ho vadiny, ka nanolo-tena ho azy mba hanamasina azy, sy nampiray azy ho Vatany, ary nameno soa azy tamin’ny fanomezana ny Fanahy Masina, ho Voninahitr’Andriamanitra”⁸. Noho izany, ny Fiangonana no “Vahoaka masin’Andriamanitra”⁹, ary antsoina hoe “masina”¹⁰ ny mpikambana ao aminy. 459 796 946

824. Ny Fiangonana, miray amin’i Kristy, dia nohamasinin’ny Tenany ; amin’ny alalany sy ao Aminy dia manjary *mahamasina* koa izy. “Ny tanjona iafaran’ny tsanganasa rehetra ataon’ny Fiangonana dia ny fanamasinana ny olombelona ao amin’i Kristy sy ho amin’ny fanomezam-boninahitra an’Andriamanitra”¹¹. Ao amin’ny Fiangonana

¹ EK 8.

² jer. EK 9.

³ jer. EK 10.

⁴ jer. EK 4 ; 9 ;11.

⁵ jer. EK 12.

⁶ EK 5.

⁷ EK 24.

⁸ FF 39.

⁹ FF 12.

¹⁰ jer. Asa 9,13 ; 1 Kôr 6,1 ; 16,1.

¹¹ L 10.

816 no itahirizana ny “hafenoan’ny fitaovam-pamonjena rehetra”¹. Ao aminy no
“andraisantsika ny fahamasinana amin’ny alalan’ny fahasoavan’Andriamanitra”².

670 825. “ Efa miravaka fahamasinana tena izy, ny Fiangonana, eto an-tany, na mbola tsy
lavorary aza”³. Mbola ezahina ho azo, ao amin’ireo rantsambatany, ny fahamasinana
lavorary : “Manoloana ny habetsahana sy ny halehiben’ny fitaovam-pamonjena, izay
rehetra mino an’i Kristy na manao ahoana na manao ahoana ny fomban’izy ireo sy
2013 ny lalam-piainana arahin’izy ireo, dia samy antsoin’Andriamanitra tsirairay amin’
izany lalam-piainany izany ho amin’ny fahamasinana, ka ny fahalavorarian’ny Ray
ihany no fahalavorariany”⁴.

1827,2658 826. Ny *fifankatiavana* no aina mamelona ny fahamasinana izay iantsoana ny olon-
drehetra : “Izy no mitarika ny fitaovam-panamasinana rehetra, manome an’ireo no
ain’izy ireo sy mitondra an’ireo amin’ny tanjom-piafaràn’izy ireo”⁵ :

864 Azoko an-tsaina fa raha nanana vatana ny Fiangonana, itambaran’ny rantsambatana
samy hafa, ny ilaina indrindra, ny mendrika indrindra amin’izy rehetra dia tsy
maintsy ho tao, azoko an-tsaina fa *manana Fo* ny Fiangonana *ary io Fo io* dia
MIREHI-PITIAVANA. Azoko an-tsaina fa ny *Fitiavana irery* no nampiasa ny
rantsambatan’ny Fiangonana, fa raha ny *Fitiavana* no manjary maty, tsy ho
nanambara ny Vaovao Mahafaly intsony ny apôstôly, ho nandà handatsaka ny rany
ireo Martiry (...). Azoko an-tsaina fa *NY FITIAVANA NO MIRAKITRA NY*
FIANTSOANA MANONTOLO, NY FITIAVANA NO ZAVA-DREHETRA, IZY NO
MANENIKA NY FOTOANA REHETRA SY NY TOERANA REHETRA (...) RAHA
*ATAO INDRAY MILAZA, HO MANDRAKIZAY IZY*⁶!

1425-1429 827. “Noho i Kristy masina, tsy manan-tsiny, tsy misy pentina, tsy tonga afa-tsy mba
hanonitra ny fahotan’ny vahoaka, dia tsy nahalala ota; ny Fiangonana kosa, izay *misy*
mpanota ao aminy, dia sady masina no antsoina hidio, ary manohy tsy an-kijanona
ny ezaka ataony ho amin’ny fivalozana sy ny fanavaozana”⁷. Ny mpikambana rehetra
821 ao amin’ny Fiangonana, ao anatin’izany ny mpandraharaha masiny, dia tsy maintsy
miaiky ho mpanota⁸. Ao amin’izy rehetra, ny ahi-dratsin’ny fahotana, dia mbola hita
mifangaro amin’ny voa tsaran’ny Vaovao Mahafaly, mandra-pahatongan’ny
farandro⁹. Ny Fiangonana àry no mamondrona ny mpanota nahazo ny famonjen’i
Kristy, nefa mbola eo an-dalan’ny fanamasinan-tena lalandava :

Masina ny Fiangonana na dia misy mpanota aza ao anatin’ny, satria tsy manana
aina hafa ny tenany afa-tsy ny an’ny fahasoavana : amin’ny fivelomana ny
fiainany no hanamasinan’ny mpikambana ao aminy ny tenany; amin’ny tsy

¹ EK 3.

² FF 48.

³ FF 48.

⁴ FF 11.

⁵ FF 42.

⁶ Mb Terezin’i Jesoa Zazakely, ms. Autob. B 3v.

⁷ FF 8 ; jer. koa EK 3 ; 6.

⁸ jer. 1 Jo 1,8-10.

⁹ jer. Mt 13,24-30.

fielomana ny fiainany no mahatonga azy ireo ho latsaka ao anatin'ny fahotana sy ny korontana izay misakana ny famirapiratra ny fahamasinany. Izany no mahatonga azy hijaly sy hanao asa fivalozana amin'ireny fahadisoana ireny, izay izy no manana ny fahafahana hanasitrana ny zanany amin'ny alalan'ny ran'i Kristy sy ny fanomezana ny Fanahy Masina¹.

828. Amin'ny *fananganana ho olomasina* ireo mpino sasantsasany, izany hoe amin'ny fanambaràna manetriketrika fa ireny mpino ireny dia nampiasa ny hatsaram-panahy tamin-kerim-po sy niaina tamim-pitokiana ny fahasoavan'Andriamanitra, no ahatsapan'ny Fiangonana ny herin'ny Fanahin'ny fahamasinana ao aminy, ary manohana ny fanantenan'ny mpino izy amin'ny fanomezana azy ireo olomasina ho môdely sy mpitalaho². “Loharano sy fiandoham-panavaozana lalandava tao anatin'ny fotoana sarotra indrindra nodiavin'ny tantaran'ny Fiangonana, ny olomasina lehilahy sy vehivavy”³. Satria, “ny fahamasinana no loharano miafina sy fandrefesana tsy mety mandiso amin'ny raharaha maha-apôstôly azy sy amin'ny ezaka mahamisiônera azy”⁴. 1173 2045

829. “Ao amin'ny tenan'ilay Virjiny sambatra ny Fiangonana no efa mahatratra sahady ny fahalavorariana izay mahatonga azy ho tsy misy panda na kentrona. Ireo mpinon'i Kristy, dia mbola mikely aina mba hitombo fahamasinana, amin'ny alalan'ny fandresena ny fahotana : izany no antony mahatonga azy ireo hiandrandra an'i Maria”⁵ : efa masina tanteraka ny Fiangonana, ao aminy. 1172 972

III. Katôlika ny Fiangonana

Inona no dikan'ny hoe “katôlika” ?

830. Ny teny hoe “katôlika dia midika hoe “manerana ny tany tontolo” amin'ny hevitra hoe “maha-fitambarana manontolo” na “maha-fahafenoana manontolo”. Katôlika ny Fiangonana amin'ireto hevitra anankiroa ireto :

Katôlika izy satria ao aminy lalandava i Kristy : “Izay misy an'i Kristy Jesoa dia misy ny Fiangonana Katôlika”⁶. Ao aminy no aharetan'ny hafenoan'ny Vatan'i Kristy miray amin'ny Lohany⁷, izay milaza tsy mivantana fa raisin'ny Fiangonana avy amin'i Kristy “ny hafenoan'ny fitaovam-pamonjena”⁸ izay ankasitrahany : fiekem-pinoana mahitsy sy feno, fiainana ara-tsakramenta tsy misy tomika ary andraiki-panompoana masina avy amin'ny fifandimbiasana maha-apôstôly. Ny Fiangonana, amin'izany votoatin-kevitra izany, dia katôlika tamin'ny andron'ny 795 815-816

¹ SPF 19.

² jer. FF 40 ; 48-51.

³ CL 16,3.

⁴ CL 17,3.

⁵ FF 65.

⁶ Md Ignace d'Antioche, Smyrn. 8,2.

⁷ jer. Efez 1,22-23.

⁸ AFF 6

Pantekôty¹, ary ho izany lalandava izy mandra-pahatongan'ny Andro hiverenan'ny Tompo amim-boninahitra.

831. Katôlika izy satria nirahin'i Kristy hampielany ny finoana manerana ny tontolom-piainan'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka² :

Voantso ho anisan'ny Vahoakan'Andriamanitra ny olombelona rehetra. Noho izany io Vahoaka io , izay maharitra ho iray sy itambarana hatrany, dia natao hiitatra amin'ny sehatra maro manerana ny tontolon'ny zavatra rehetra sy hanenika ny taonjato rehetra mifandimby, mba ho tanteraka izay nalahatry ny sitrapon'Andriamanitra nahary hatrany am-piandohana ny olombelona ho amin'ny firaisana, sy tamin'ny fanapahan-kevitra hanangona, nony farany, ireo zany niparitaka mba ho anatin'ny firaisana (...). Io toetra manerana ny tontolom-piainana rehetra io, izay mampiratra eo amin'ny Vahoakan'Andriamanitra, dia fanomezana avy amin'ny Tenan'Izy Tompo, ka mahatonga ny Fiangonana katôlika, amin'ny fomba mandaitra sy maharitra, hiezaka hamondrona ny olombelona manontolo miaraka amin'izay soa rehetra ananany eo ambany fahefan'i Kristy filoha, ao amin'ny firaisana amin'ny Fanahiny³.

“Katôlika” ny Fiangonana tsirairay eo an-toerana

832. “Ny Fiangonan'i Kristy dia hita marina tokoa ao amin'ireo vondron'ny mpino rehetra ara-dalàna eo an-toerana, miray amin'ireo mpitondra azy, izay nandray ny anarana hoe Fiangonana, ao amin'ny Testamenta Vaovao (...). Ao amin'izy ireny : angonin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafalin'i Kristy ny mpino ; ankalazaina ny misterin'ny Sakafo farany nataon'ny Tompo (...). Ao amin'ireny ankohonam-piangonana ireny, na bitika sy mahantra toy inona aza izy ireny matetika na koa miparitaka, dia ao i Kristy amin'ny hery izay manambatra ny Fiangonana ho iray, masina, katôlika ary apôstôlika”⁴.

833. Ny antsoina hoe Fiangonana eo an-toerana, izay tsy inona fa ny diôsezy (na faritanim-piangonana), dia ankohonan'ireo mpino kristianina miombona ao amin'ny finoana sy ny sakramenta miaraka amin'ny Evekan'izy ireo nohamasinina tao anatin'ny fifandimbiasana maha-apôstôly⁵. Ireny Fiangonana eo an-toerana ireny “dia voarina hitovy endrika amin'ny Fiangonana manerana ny tany tontolo; ao amin'izy ireny sy miainga avy amin'izy ireny no isian'ny Fiangonana katôlika iray sy iraisana”⁶.

834. Ny Fiangonana eo an-toerana dia katôlika manontolo amin'ny alalan'ny fiombonana amin'ilay anankiray amin'ny samy izy ireo, dia ny Fiangonan'i Rôma

¹ jer. AFF 4.

² jer. Mt 28,19.

³ FF 13.

⁴ FF 26.

⁵ jer. AE 11 ; CIC, can. 368-369 ; CCEO, can. 177 § 1; 178; 311 § 1 ; 312.

⁶ FF 23.

“ izay mitondra ho amin’ny fifankatiavana”¹. “Satria, miaraka amin’io Fiangonana io, noho ny fiandohany ambony tokoa, no tsy maintsy hifanarahan’ny Fiangonana manontolo, izany hoe ny mpino na avy aiza na avy aiza”². “Noho izany, raha vao nidina tety amintsika ny Teny tonga nofo, ny Fiangonana kristianina rehetra na aiza na aiza dia nitana sy mitana an’ily Fiangonana lehibe izay eto (Rôma) ho fototra tokana sy fanorenana, satria, araka ny fampanantenana avy amin’ny Mpamonjy ihany, ny vavahadin’ny afobe dia tsy maharesy azy na oviana na oviana”³.

835. “Ny Fiangonana manerana ny tany tontolo dia tsy tokony hoferana ho toy ny fitambarana tsotra na vondrom-Piangonana eo an-toerana. Fa ambonin’izany ny Fiangonana, manerana ny tany tontolo noho ny fiantsoana sy ny fanirahana, izay miorim-paka eo amin’ny sehatra samihafa ara-kolontsaina, ara-tsôsialy ary mahaolona, amin’ny fakana ny endrika sy ny fomba fanehoana isan-karazany eo amin’ny faritra tsirairay an’izao tontolo izao”⁴. Ny fahamaroan’ny sampam-pahalalana ao amin’ny Fiangonana, ny fombam-pivavahana ara-litorzia, ary ny lovam-pahalalana ara-teôlôjia sy ara-panahy manokana ho an’ny Fiangonana eo an-toerana, dia “ mampiseho miharihary, amin’ny alalan’ny fifanojoan’izy ireny ao anatin’ny firaisana, ny maha-katôlika ny Fiangonana iray tsy mivaky”⁵. 1202

Iza no anisan’ny Fiangonana katôlika ?

836. “Ho amin’ny firaisana katôlikan’ny Vahoakan’Andriamanitra (...) no iantsoana ny olombelona rehetra ; ao amin’io firaisana amin’ny endrika samihafa na andaminany azy io, ny mpino katôlika, sy ireo hafa izay manana finoana ao amin’i Kristy, ary farany ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka, no antsoin’ny fahasovan’Andriamanitra ho amin’ny famonjena”⁶ : 831

837. “Ny tafiditra ho mpikambana manontolo ao amin’ny fikambanana, izay tsy inona fa ny Fiangonana, dia ireo izay manana ny Fanahin’i Kristy, ka manaiky manontolo ny rafi-pandaminany sy ny fitaovam-pamonjena rehetra naorina ao aminy, ary ankoatra izany, noho ny fifamatorana naorin’ny fiokem-pinoana, ny sakramenta sy ny fitondram-piangonana ary ny fiombonana, dia tafaray, ao anatin’ny fitambaran’ny Fiangonana hita maso, amin’i Kristy izay mitarika azy amin’ny alalan’ny Papa Ray Masina sy ireo Eveka. Ny fidirana ho mpikambana ao amin’ny Fiangonana anefa tsy miantoka ny famonjena, noho ny tsy fitozoana amin’ny fitiavana, ho an’izay mijanona ho ny “vatany” ihany no ao amin’ny Fiangonana, fa ny “fony”⁷ tsy ao velively. 771 815 882

838. “Miaraka amin’ireo izay mitondra ny anarana mendrika hoe kristianina, amin’ny fahavitany batemy, kanefa tsy manaiky manontolo ny finoana na tsy mitandrina ny firaisam-piombonana amin’ny dimbin’i Piera, no ahaizan’ny Fiangonana miray 818

¹ Md Ignace d’Antioche, Rom. 1,1.

² Md Irénée, haer. 3,3,2 : noraisin’ny Kôns. Vatikana I : DS 3057.

³ Md Maxime le Confesseur, opusc.

⁴ EN 62.

⁵ FF 23.

⁶ FF 13.

⁷ FF 14.

1271 amin'izy ireny amin'ny antony maro"¹. " Ireo izay mino an'i Kristy sy izay nandray
ara-dalàna ny Batemy, dia manana fiombonana ihany amin'ny Fiangonana katôlika²,
na dia tsy lavorary aza izany." *Miaraka amin'ny Fiangonana ôrtôdôksa*, io
1399 fiombonana io dia lalina tokoa "izay zavatra bitika sisa tsy ampy aminy mba
Eokaristian'ny Tompo"³.

Ny Fiangonana sy ny tsy kristianina

839. "Ireo tsy mbola nandray ny Vaovao Mahafaly, amin'ny endriny maro samihafa, dia
856 natao koa ho anisan'ny Vahoakan'Andriamanitra"⁴ :

Ny *fifandraisan'ny Fiangonana amin'ny Vahoaka Jody*. Ny Fiangonana, Vahoakan'
Andriamanitra ao amin'ny Fanekem-pihavanana Vaovao, dia mahatsapa, amin'ny
fanadihadiana ny mystery momba azy, ny fifamatorany amin'ny Vahoaka Jody⁵,
63 "izay taminy no voalohany nitenenan'Andriamanitra"⁶. Ny tsy itoviany amin'ny
147 fivavahana hafa tsy kristianina, ny finoana jody dia efa valin-teny rahateo amin'ny
fanambaràn'Andriamanitra ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha. Ny Vahoaka
Jody "no nanana ny fananganan-janaka, ny voninahitra, ny fanekem-pihavanana, ny
didy aman-dalàna, ny fanompoam-pivavahana, ny fampanantenana ary ireo patriarka,
izy izay avy aminy no teraka, araka ny nofo, i Kristy" (Rôm 9,4-5) satria "tsy misy
anenenana ny fanomezan-tsoa sy ny fiantsoan'Andriamanitra" (Rôm 11,29).

840. Ankoatr'izany, rahefa dinihina ny hoavy, ny Vahoakan'Andriamanitra tao amin'
674 ny Fanekem-pihavanana Taloha sy ny Vahoaka vaovao an'Andriamanitra dia
mikendry tanjona mitovy : ny fiandrasana ny fahatongavan'ny Mesia (na ny
fiverenany indray). Ny andrasana anefa, etsy an-daniny, dia ny fiverenan'ny Mesia,
maty sy nitsangan-ko velona, nekena ho Tompo sy Zanak'Andriamanitra, ary etsy
an-kilany ny fahatongavan'ny Mesia, izay mbola takona ny ho endriny, amin'ny
597 farandro, dia fiandrasana arahina fitaintainana amin'ny tsy fahalalana na tsy
fahazoana an-tsaina an'i Kristy Jesoa.

841. Ny *fifandraisan'ny Fiangonana amin'ny Silamo*. "Ny fandaharam-pamonjena, dia
natao hiarovana ihany koa ireo izay miaiky ny Mpahary, ka voalohany amin'izany ny
silamo izay manambara ampahibemaso fa mitana ny finoan'i Abrahama, mitsaoka
miaraka amintsika an'Ilay Andriamanitra tokana, mpamindra fo, mpitsara ny
olombelona amin'ny farandro"⁷.

¹ FF 15.

² EK 3.

³ Paul VI, lahateny tamin'ny 14 desambra 1975 ; jer. koa EK 13-18.

⁴ FF 16.

⁵ jer. FFTK 4.

⁶ MR, Zomà Masina 13 : ranombavaky ny mpino VI.

⁷ FF 16 ; jer koa FFTK 3.

842. Ny *fifamatoran'ny Fiangonana amin'ireo antokom-pinoana tsy kristianina* dia voalohany, ny an'ny fiandohana sy ny fiafarana iombonan'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka : 360

Satria, ny firenena rehetra dia mitambatra ho fiombonana tokana ihany ; fiandohana iray ihany ny azy ireo, satria nataon'Andriamanitra honina eto ambonin'ny tany ny taranak'olombelona rehetra ; manana tanjom-piafaràna tokana koa izy ireo, dia Andriamanitra, izay ny fitahiana, ny fanehoana hatsaram-panahy ary ny fandaharam-pamonjena, dia mivelatra amin'ny rehetra, mandra-pahatongan'ny olom-pinidy ho tafangona ao amin'ilay tanàna masina¹.

843. Fantatry ny Fiangonana ao amin'ireo antokom-pinoana hafa ny fikatsahana, “mbola manjavozavo sy amin'ny sary an'ohatra”, an'Andriamanitra tsy fantatra nefa akaiky noho Izy manome ho an'ny rehetra ny aina, ny fofon'aina ary ny zavatra rehetra, sy noho Izy tia ny hahavoavonjy ny olombelona rehetra. Araka izany, asian'ny Fiangonana lanjany izay rehetra mety ho hita fa tsara sy marina ao amin'ny antokom-pinoana rehetra “ho toy ny fanomanana amin'ny evanjely sy ho toy ny fanomezana avy amin'Ilay izay manazava ny olombelona manontolo, mba hananany ny fiainana, amin'ny farany”². 856

844. Kanefa amin'ny fihetsika amam-pitondran-tena ara-pivavahan'izy ireo, ny olombelona dia mampiseho koa ny fetra sy ny fahadisoana izay manimba ao amin'izy ireo ny endrik'Andriamanitra : 29

Matetika tokoa, noho izy voafitak'ilay mpisompatra, dia nivaona tamin'ny fisainany izy ireo, fa natakalon'izy ireo lainga ny fahamarinan'Andriamanitra, tamin'ny fanompoana ny zavaboary toy izay ny Mpahary, na koa noho izy velona sy maty tsy misy Andriamanitra amin'ity tany ity, dia mitolo-tena eo amin'ny toeran'ny famoizam-po tanteraka izy ireo³.

845. Mba hanangona indray ny zanany rehetra izay naporitaky ny fahotana sy naniaasia no nahatonga ny Ray hiantso ny olombelona rehetra ho ao amin'ny Fiangonan'ny Zanany. Ny Fiangonana no toerana tokony hahitan'ny olombelona ny maha-iray azy sy ny famonjena azy. Izy no “izao tontolo izao tafahavana indray”⁴. Izy no ilay sambo izay “namakivaky tokoa an'izao tontolo izao amin'ny fitsofan'ny Fanahy Masina eo ambanin'ny lain'ny Hazofijalian'ny Tompo”⁵ araka ny sary an'ohatra hafa mamin'ny Aban'ny 953

¹ FFTK 1.

² FF 16 ; jer. koa FFTK 2 ; EN 53.

³ FF 16.

⁴ Md Augustin, serm. 96,7,9.

⁵ Md Ambroise, virg. 18,119.

1219 Fiangonana, izy no naseho an-tsarin'ny Sambofiaran'i Nôe izay hany mahavonjy amin'ny safo-drano¹.

“Ivelan'ny Fiangonana, tsy misy famonjena”

846. Ahoana no tokony handraisana io filazana marina miverimberina matetika teo am-bavan'ny Aban'ny Fiangonana io ? Raha lazaina mazava amin'ny fomba tsy misy isalasalana, dia midika fa ny famonjena rehetra ataon'ny Fiangonana izay Vatan'i Kristy, dia avy amin'i Kristy-Loha avokoa :

161,1257 Ny Kônsily, miankina amin'ny Soratra Masina sy ny Lovam-pampianarana, dia mampianatra fa ity Fiangonana mivahiny eto an-tany ity dia ilaina amin'ny famonjena. Satria, i Kristy irery ihany no mpanalalana sy lalam-pamonjena ; ary manjary tonga eo amintsika Izy ao amin'ny Vatany dia ny Fiangonana izany ; sady samy namafisiny tamintsika, raha nampianatra antsika tamin'ny fomba mazava Izy, fa izay ilana ny finoana sy ny Batemy, dia ilana ny Fiangonana ihany koa, izay ao aminy ny olombelona no miditra amin'ny alalan'ny varavaran'ny Batemy. Noho izany, ireo izay mandà na ny tsy hiditra ao amin'ny Fiangonana katôlika, na ny tsy haharitra ao, nefa mahalala fa naorin'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesoa-Kristy ho tsy maintsy ilaina ny Fiangonana katôlika, dia mety tsy ho voavonjy izy ireny².

847. Io filazana marina io dia tsy mahakasika an'ireo izay tsy mahalala an'i Kristy sy ny Fiangonany, noho ny fahadisoana tsy avy amin'izy ireo :

Satria, ireo izay tsy mahalala ny Vaovao Mahafalin'i Kristy sy ny Fiangonany, izay tsy fahadisoana ho azy ireo ny tsy fahalalana izany, kanefa mitady an'Andriamanitra amin'ny fo mahitsy sy miezaka hiasa, eo ambany fanampian'ny fahasoavany, mba hanatanteraka ny sitrapony araka ny kônsiansin'izy ireo izay manambara izany amin'izy ireo sy manoro izany amin'izy ireo, dia mety hahatafita azy ireo any amin'ny famonjena mandrakizay³.

1260 848. “Na dia afaka aza Andriamanitra, amin'ny lalana fantatr'Izy irery ihany, mitondra ireo olona tsy mahalala ny Vaovao Mahafaly, izay tsy fahadisoana ho azy ireo ny tsy fahalalana izany, ho amin'ny finoana izay raha tsy misy izany tsy misy ahazoana sitraka amin'Andriamanitra⁴, dia manana adidy sady zo masina ny Fiangonana, hitory ny Evanjely”⁵ amin'ny olombelona rehetra.

¹ jer. 1 Pi 3,20-21.

² FF 14.

³ FF 16 ; jer. koa DS 3866-3872.

⁴ jer. Heb 11,6.

⁵ AFF 7.

Ny fanirahana - adidy iray takin'ny maha-katôlika ny Fiangonana

849. *Ny fahefana maha-misiônera.* “Ny Fiangonana, noho izy nirahin’ Andriamanitra ho amin’ny firenena rehetra mba ho sakramentam-pamonjena ny daholobe, sy noho ireo adidy manokana takin’ny maha-katôlika azy sy amin’ny fanekena ny didin’ny mpanorina azy, dia miezaka amin’ny heriny manontolo ho amin’ny fitoriana ny Evanjely amin’ny olombelona rehetra”¹ : “Koa mandehana ianareo, ataovy tonga mpianatro ny firenena rehetra, manaova batemy azy ireo amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, ary ampianaro izy ireny hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo. Ary indro Aho eo aminareo lalandava ambara-pahatongan’ny faran’ izao tontolo izao” (Mt 28,19-20). 738,767
850. *Ny fiandohana sy ny tanjon’ny fanirahana.* Ny fara loharanon’ny fahefana maha-misiôneran’ny Tompo dia ao amin’ny fitiavana mandrakizain’ny Trinite Masina Indrindra : “Amin’ny fomba aman-toetra maha-izy azy, ny Fiangonana, mandritra ny fivahiniany ety an-tany, dia misiônera, satria na ny fiandohan’ny tenany aza dia avy amin’ny fanirahana ny Zanaka sy ny fanirahana ny Fanahy Masina, araka ny fandaharan’Andriamanitra Ray”². Ary ny tanjona faran’ny fanirahana dia tsy hafa fa ny mampandray anjara ny olombelona amin’ny fiombonana izay misy eo amin’ny Ray sy ny Zanaka ao amin’ny Fanahim-pitiavan’izy ireo³. 257 730
851. *Ny anton’ny fanirahana.* Avy amin’ny fitiavan’Andriamanitra ho an’ny olombelona rehetra no nandraisan’ny Fiangonana lalandava ny adidy aman’ andraikitra sy ny herin’ny ezaka ataony amin’ny maha-misiônera : “Fa ny fitiavan’i Kristy no manery anay...”(2 Kôr 5,14)⁴. Satria, “tian’ Andriamanitra ny hahavoavonjy ny olombelona rehetra sy ny hahatongavany amin’ny fahalalana ny marina” (1 Tim 2,4). Sitrak’Andriamanitra ny famonjena ny olona rehetra amin’ny fahalalana ny fahamarinana. Ao amin’ny marina no misy ny famonjena. Ireo izay mankato ny fanentanan’ny Fanahin’ny fahamarinana dia efa eny an-dalam-pamonjena sahady ; kanefa ny Fiangonana, izay taminy no nanankinana izany fahamarinana izany, dia tsy maintsy mihaona amin’ireo maniry izany mba hanomezany ho azy ireo izany. Satria noho izy mino ny fandaharam-pamonjena manenika an’izao tontolo izao, dia tsy maintsy ho misiônera izy. 221,429 74,217 890
852. *Ny lalan-kizorana amin’ny fanirahana.* “Ny Fanahy Masina no tompon-draharaha voalohany amin’ny fanirahana rehetra sahanin’ny Fiangonana”⁵. Izy no mitondra ny Fiangonana amin’ny lalan-kizorana amin’ny fanirahana. Ny Fiangonana “no manohy

¹ AFF 1.

² AFF 2.

³ jer. Joany Paoly II, RM 23.

⁴ jer. APL 6 ; RM 11.

⁵ RM 21.

2044 sy manitatra eny am-pamakivakiana ny tantara eny ny fanirahana ny Tenan'i Kristy, izay nirahina hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny malahelo ; koa ny lalana izay nizoran'ny Tenan'i Kristy ihany àry, eo ambany fandrisihan'ny Fanahin'i Kristy, no tsy maintsy hizoran'ny Fiangonana, izany hoe mandalo amin'ny lalan'ny fahantrana, ny fanekena, ny fanompoana ary ny fanoloran-tena ho sorona hatramin'ny fahafatesana, izay nivoahan'i Kristy ho mpandresy tamin'ny alalan'ny fitsanganany
2473 ho velona”¹. Izany no mahatonga “ny ran'ny martyry ho voa nafafy mahavokatra kristianina”².

853. Kanefa amin'ny fivahiniany ny Fiangonana dia mahalala tamim-pahazarana koa ny “elanelana izay mampisaraka ny hafatra ambarany sy ny halemen'olombelona amin'ireo izay anankinana izany Vaovao Mahafaly izany”³. Koa tsy misy afa-tsy ny firosoana amin'ny lalan' “ny fivalozana sy ny fihavaozana”⁴ ary “amin'ny varavarana tery izakana ny Hazofijaliana”⁵ no ahafahan'ny Vahoakan' Andriamanitra manitatra ny Fanjakan'i Kristy⁶. Satria, “tahaka ny naha tao anatin'ny fahantrana sy ny fanenjehana izay nanatanterahan'i Kristy ny Fanavotana, no iantsoana koa ny Fiangonana hiditra ao amin'io lalana io ihany mba hampitana amin'ny olombelona ny vokatry ny famonjena”⁷.

854. Amin'ny fanirahana azy ihany “ny Fiangonana no miara-dalana amin'ny olombelona manontolo sy miara-mizaka ny anjara fiainana ara-nofon'izao tontolo izao ; toy ny lalivay izy, ary mova tsy aina mamelona ny fikambanan'ny olombelona antsoina hihavao ao amin'i Kristy sy hiova ho fianakavian'Andriamanitra”⁸. Ny ezaka amin'ny maha-misiônèra izany, dia mitaky *faharetana*. Manomboka amin'ny fitoriana ny Evanjely amin'ny vahoaka sy amin'ireo vondron'olona izay tsy mbola mino an'i Kristy izany⁹ ; avy eo mitohy amin'ny fananganana ankohonana kristianina, izay tokony ho “famantarana ny maha-eo amin'izao tontolo izao an' Andriamanitra”¹⁰, sy amin'ny fanorenana ny Fiangonana eo an-toerana¹¹ ; mampiditra ny fizotran'ny fampanaraham-bolon-tany ny kolontsaina, mba hahatonga nofo ny Vaovao Mahafaly ao amin'ireo kolontsaim-pirenena¹² ; tsy tokony ho hadinoina ny mahatsapa koa ny tsy fahombiazana. “Ny amin'izay mikasika ny olombelona, ny vondron'olona ary ny vahoaka, dia miandalana no ahatrafran'ny Fiangonana azy ireo sy ahatafidirany ao amin'izy ireo, ary izakany ao aminy azy ireo araka izany, ho katôlika tanteraka”¹³.

¹ AFF 5.

² Tertullien, apol. 50,13.

³ FAA 43, § 6.

⁴ FF 8 ; jer koa 15.

⁵ FAA 1.

⁶ jer. RM 12-20.

⁷ FF 8.

⁸ FAA 40, § 2.

⁹ jer. RM 42-47.

¹⁰ FAA 15.

¹¹ jer. RM 48-49.

¹² jer. RM 52-54.

¹³ FAA 6.

855. Ny fanirahana ny Fiangonana dia mila ezaka ho amin'ny *firaisan'ny kristianina*¹. Satria, “ny fisaraham-bazana eo amin'ny samy kristianina dia misakana ny Fiangonana tsy hahatanteraka ny hafenoan'ny maha-katôlika, izay toetrany manokana ao amin'ireo zanany, izay marina fa azy tamin'ny alalan'ny Batemy, nefa tafasaraka amin'ny fiombonana tanteraka aminy. Ary na ho an'ny tenan'ny Fiangonana ihany aza, manjary sarotra kokoa ny maneho amin'ny endriny rehetra ny hafenoan'ny maha-katôlika eo amin'ny tena fiainany marina”². 821

856. Ny lahasa maha-misiônera dia mila *fifanakalozan-kevitra amim-panajana* eo amin'ireo izay tsy mbola manaiky ny Vaovao Mahafaly³. Ny mpino dia afaka maka 839 tombon-tsoa ho an'ny tenan'izy ireo ihany avy amin'io fifanakalozan-kevitra io amin'ny fianarana hahalala tsaratsara kokoa “izay rehetra efa misy ny fahamarinana sy ny fahasoavana ao amin'ireo firenena ho porofon'ny maha-eo an'Andriamanitra amin'ny fomba miafina”⁴. Raha mitory ny Vaovao Mahafaly amin'ireo izay tsy 843 mahalala izany izy ireo, dia ny mba hanamafy, hameno ary hanandratra ny marina sy ny soa izay afafin'Andriamanitra eo anivon'ny olombelona sy ny vahoaka, ary mba handiovana azy ireo amin'ny fahadisoan-kevitra sy ny faharatsiana “ho voninahitr' Andriamanitra, ho henatry ny demony ary ho fahasambaran'ny olombelona”⁵.

IV. Apôstôlika ny Fiangonana

857. Apôstôlika ny Fiangonana satria naorina eo ambonin'ny apôstôly, ary mirakitra 75 hevitra telo izany :

- naorina ary mbola miorina hatrany eo “ambonin'ny fanorenan'ny apôstôly” izy (Efez 2,20)⁶, dia ireo vavolombelona nofidin'ny Tenan'i Kristy ihany sy nirahiny hanatanteraka ny iraka⁷ ;
- izy no mitahiry sy mampita, miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy izay monina 171 ao aminy, ny fampianarana⁸, ny tahiry tsara, ny teny marina heno tamin'ny apôstôly⁹ ;
- tsy mitsahatra ampianarina, amasinina ary tantanan'ny apôstôly izy mandrapiverin'i Kristy, noho ireo izay mandimby azy ireo amin'ny fiadidiana pastôraly sahanin'izy ireo : ny fiombonam-piadidian'ireo Eveka “ampian'ireo Pretra, miombona amin'ny dimbin'i Piera, mpiandry ondry fara tampon'ny Fiangonana”¹⁰: 880,1575

Ry Ray mandrakizay ô, tsy mandao ny andian'ondrinao Ianao fa miandry azy Ianao amin'ny alalan'ny apôstôlinao sambatra eo ambany fiarovanao

¹ jer. RM 50.

² EK 4.

³ jer. RM 55.

⁴ FAA 9.

⁵ FAA 9.

⁶ jer. Apôk 21,14.

⁷ jer. Mt 28,16-20 ; Asa 1,8 ; 1 Kôr 9,1 ; 15,7-8 ; Gal 1,1 ; sns.

⁸ jer. Asa 2,42.

⁹ jer. 2 Tim 1,13-14.

¹⁰ FAA 5.

maharitra. Mbola mitarika azy Ianao amin'ny alalan'ireo mpiandry ondry ireo ihany izay manohy ny asan'ny Zanakao ankehitriny¹.

Ny fanirahana ny apôstôly

858. Iraky ny Ray i Jesoa. Hatrany am-piandohan'ny raharaham-pamonjeny Izy no
551 “niantso ireo izay tiany hantsoina hankeo Aminy, ary nanendry Roa ambin'ny folo
425,1086 lahy tamin'izany hiara-kitoetra Aminy sy hirahiny hitory teny” (Mk 3,13-14). Koa
noho izany, izy ireo no “iraka” irahiny (izay dikan'ny teny grika hoe *apostoloi*). Ao
amin'izy ireo no mitohy ny asa nanirahana ny Tenan'i Jesoa : “Tahaka ny
nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo koa” (Jo 20,21)². Koa ny andraiki-
panompoan'izy ireo àry dia ny fanohizana ny asa nanirahana ny Tenan'i Jesoa : “Izy
mandray anareo, mandray Ahy”, hoy Izy tamin'ny Roa ambin'ny folo lahy (Mt
10,40)³.
859. Nampiraisin'i Jesoa amin'ny fanirahana Azy noraisiny avy amin'ny Ray izy ireo :
satria “tsy mahazo manao na inona na inona ho an'ny Tenany ihany ny Zataka” (Jo
5,19.30) fa mandray ny zavatra rehetra avy amin'ny Ray izay naniraka Azy, tahaka
izany ireo izay irahin'i Jesoa dia tsy afa-manao na inona na inona raha tsy Izy⁴ izay
andraisan'izy ireo ny fahefana amin'ny fanirahana sy ny fahefana hanatanteraka
izany. Koa fantatry ny apôstôlin'i Kristy àry fa izy ireo dia voahosotr'Andriamanitra
876 ho “mpandraharaha masin'ny fanekem-pihavanana vaovao” (2 Kôr 3,6),
“mpandraharaha masin'Andriamanitra”(2 Kôr 6,4), “masoivohon'i Kristy” (2 Kôr
5,20) “mpanompon'i Kristy sy mpizara ny misterin'Andriamanitra” (1 Kôr 4,1).
860. Amin'ireo fiadidian'ny apôstôly, dia misy sehon-javatra iray tsy mety ampitaina : ny
642 nifidianana azy ireo ho vavolombelon'ny Fitsanganan'ny Tompo ho velona sy ho
vato fototry ny Fiangonana. Kanefa misy koa ny sehon-javatra maharitra eo amin'ny
fiadidian'izy ireo. Nampanantena azy ireo i Kristy fa *ho eo amin'izy ireo* ambara-
765 pahatongan'ny farandro⁵. “Ny fanirahan'Andriamanitra nankinin'i Jesoa tamin'ny
apôstôly dia natao haharitra hatramin'ny faran'ny taonjato rehetra, satria ny Evanjely
izay tsy maintsy ampitain'izy ireo, ho an'ny Fiangonana, no fototry ny fiainany
1536 manontolo, mandritra ny faharetan'ny fotoana rehetra. Izany no nahatonga ny
apôstôly nikarakara ny fananganana (...) mpandimby azy ireo”⁶.

Ny Eveka dimbin'ny apôstôly

861. “Mba hitohizan'ny fanirahana nankinina tamin'ny apôstôly aorian'ny fahafatesan'
77 izy ireo, dia nanome fahefana toy ny fara hafatra tamin'ireo mpiara-miasa aminy
akaiky izy ireo, mba hamita ny lahasan'izy ireo sy hanamafy ny tsanganasa
natombok'izy ireo, tamin'ny nanafarana azy ireo hiahny ny andian'ondry izay
amin'izany no nanendren'ny Fanahy Masina azy ireo hamahana ny Fiangonan'

¹ MR, Prefasin'ny apôstôly.

² jer. Jo 13,20 ; 17,18.

³ jer. Lk 10,16.

⁴ jer. Jo 15,5.

⁵ jer. Mt 28,20.

⁶ FF 20.

Andriamanitra. Koa noho izany nanangana olona ho amin'ity sokajy ity izy ireo, ary taty aoriana, nanapaka fa aorian'ny fahafatesan'izy ireo, dia olona hafa voazaha toetra no handray ny andraiki-panompoan'izy ireo"¹. 1087

862."Tahaka ilay adidy aman'andraikitra nankinin'ny Tenan'ny Tompo tamin'i Piera, ilay voalohany amin'ny apôstôly, sy natokana hampitaina amin'ireo mpandimby azy, natao ho adidy aman'andraikitra maharitra, no mampaharitra toy izany koa ny adidy aman'andraikitra nankinina tamin'ny apôstôly ho mpitondra Fiangonana, adidy aman'andraikitra izay ny filaharana masin'ny Eveka no tsy maintsy miantoka ny faharetany lalandava." Izany no antony ampianaran'ny Fiangonana fa "ny Eveka, noho ny lalàna fototra naorin'Andriamanitra, no mandimby ny apôstôly ho mpitondra Fiangonana, hany ka ireo izay mihaino azy ireo, mihaino an'i Kristy, izay mandà azy ireo, mandà an'i Kristy sy Ilay izay naniraka an'i Kristy"². 880 1556

Ny apôstôlà

863. Apôstôlika ny Fiangonana manontolo noho izy maharitra ao anatin'ny fiombonampinoana amam-piainana hatramin'ny fiandohany, amin'ny alalan'ny dimbin'i Md Piera sy ny apôstôly. Apôstôlika ny Fiangonana manontolo noho izy "irahina" manerana an'izao tontolo izao ; ny rantsambatana rehetra ao amin'ny Fiangonana, na dia samihafa aza ny fomba, dia mandray anjara amin'izany fanirahana izany. "Ny fiantsoana kristianina dia midika koa amin'ny fomba aman-toetra maha-izy azy fa fiantsoana ho amin'ny apôstôlà." Ny antsoina hoe "apôstôlà", dia "ny raharaha rehetra ataon'ny Vatana mistika" izay miezaka "hanitatra ny fanjakan'i Kristy manerana ny tany"³. 900 2472

864. "I Kristy nirahin'ny Ray no loharano sy fiandohan'ny apôstôlà rehetra ataon'ny Fiangonana", koa miharihary fa ny fahavokaran'ny apôstôlà, na ny an'ny mpandraharaha voahosotra na ny an'ny lahika, dia miankina amin'ny fiombonan'izy ireo aina amin'i Kristy⁴. Arakaraka ny fiantsoana, ny antso takin'ny vaninandro, ny fanomezan-tsamihafa avy amin'ny Fanahy Masina, no ahazoan'ny apôstôlà endrika samihafa indrindra. Kanefa ny fitiavana lalandava, tovozina indrindra ao amin'ny Eokaristia, no "toy ny ain'ny apôstôlà rehetra"⁵. 828 824 1324

865. *Iray, masina, katôlika ary apôstôlika* ny Fiangonana, ao amin'ny maha-izy azy lalina sy farany, satria ao aminy no efa misy rahateo sy ho tanteraka amin'ny farandro " ny Fanjakan'ny lanitra", "ny Fahefan'Andriamanitra manjaka"⁶, tonga ao amin'ny Tenan'i Kristy sy mitombo amin'ny fomba mistery ao am-pon'ireo izay voakambana Aminy, ambara-piharihary tanteraka any am-parany any. Koa noho izany, ny olombelona *rehetra* navotany, voaverina ao Aminy ho "*masina* sy madio tsy misy pentim-pahotana eo anatrehan'Andriamanitra anatin'ny Fitiavana"⁷, dia 811,541

¹ FF 20 ; jer. koa Md Clément de Rome, Cor. 42 ; 44.

² FF 20.

³ APL 2.

⁴ jer. Jo 15,5 ; APL 4.

⁵ APL 3.

⁶ jer. Apôk 19,6.

⁷ jer. Efez 1,4.

hangonina ho Vahoaka *tokan'Andriamanitra*, “ho Vadin’ny Zanak’Ondry” (Apôk 21,9) “ho Tanàna masina nidina avy any an-Danitra, avy amin’Andriamanitra, mitondra ao aminy ny Voninahitr’Andriamanitra”¹; ary “ny mandan’ny tanàna dia miorina eo ambonin’ny vato fanorenana roa ambin’ny folo samy mitondra ny anarana tsirairay an’ireo *apôstôly roa ambin’ny folon’ny Zanak’Ondry*” (Apôk 21,14).

FAMINTINANA

866. Iray ny *Fiangonana* : *tsy manana afa-tsy Tompo iray izy, tsy miaiky afa-tsy finoana iray izy, tsy nateraka afa-tsy tamin’ny Batemy iray izy, tsy mamorona afa-tsy Vatana iray izy, velomin’ny Fanahy iray, ho amin’ny fanantenana iray² ka amin’izany fiteny izany no ho resy ny fitsitokotokoana rehetra.*

867. Masina ny *Fiangonana* : *ilay Andriamanitra masina indrindra no mpamorona azy; i Kristy, Vadiny, no nanolo-tena ho azy mba hanamasina azy; ny Fanahin’ny fahamasinana no mamelon’aina azy. Na dia mbola misy mpanota aza ao aminy, dia izy no “ilay tsy misy fahotana natao ho an’ny mpanota”. Ao amin’ireo olomasina no mampirapiratra ny fahamasinany ; ao amin’i Maria izy no efa masina manontolo rahateo.*

868. Katôlika ny *Fiangonana* : *mitory ny finoana manontolo izy ; mitondra ao aminy sy mizarazara ny hafenoan’ny fitaovam-pamonjena izy ; irahina ho amin’ny firenena rehetra izy ; manatona ny olombelona rehetra izy ; manerana ny fotoana rehetra izy ; “misiônera³ no fomba aman-toetra tena maha-izy azy”.*

869. Apôstôlika ny *Fiangonana* : *naorina eo ambonin’ny fototra maharitra izy : “ny apôstôly roa ambin’ny folon’ny Zanak’Ondry”⁴ ; tsy mety rava izy⁵ ; maharitra amin’ny fahamarinana amin’ny tsy feteza-mandiso izy; i Kristy no mitondra azy amin’ny alalan’i Piera sy ireo apôstôly hafa, ary eo amin’ny dimbin’izy ireo, dia ny Papa sy ny fiombonam-piadian’ireo Eveka.*

870. “Ny *Fiangonana tokan’i Kristy izay ambarantsika ampahibemaso ao amin’ny Semboly fa iray, masina, katôlika ary apôstôlika (...), dia ao amin’ny Fiangonana katôlika no misy azy, tantanan’ny dimbin’i Piera sy ireo Eveka miombona aminy, na dia maro be aza ireo singafototry ny*

¹ jer. Apôk 21,10-11.

² jer. Efez 4,3-5.

³ AFF 2.

⁴ jer. Apôk 21,14.

⁵ jer. Mt 16,18.

fahamasinana sy ny fahamarinana mitoetra any ivelan'ny rafitra ijoroany"¹.

Paragrafy 4. Ny mpinon'i Kristy Ambaratongam-pitondrana, lahika, fanokanam-piainana

871. "Ny mpinon'i Kristy, noho izy ireo voakambana amin'i Kristy tamin'ny Batemy, dia ireo izay mitambatra ho Vahoakan'Andriamanitra, ary noho io antony io, mandray anjara araka ny fomban'izy ireo amin'ny raharaha maha-mpisorona, maha-mpaminany ary maha-mpanjaka an'i Kristy, dia voantso, samy araka ny fomba fiainany manokana avy, hisahana ny fanirahana nankinin'Andriamanitra tamin'ny Fiangonana mba hanatontosany izany eo amin'izao tontolo izao"². 1268-1269
782-786
872. "Eo amin'ireo mpinon'i Kristy, noho ny fihavaozan'izy ireo ao amin'i Kristy, raha ny amin'ny fahamendrehana sy amin'ny asa fanao, dia misy fitoviana marina tokoa, izay amin'izany no ifarimbonan'izy rehetra amin'ny fandrafetana ny Vatan'i Kristy, araka ny fomba fiainana sy ny anjara raharahan'ny tsirairay manokana"³. 1934
794
873. Ny tsy fitoviana izay sitraky ny Tompo mihitsy ny nametraka izany teo amin'ny rantsambatan'ny Vatany dia manampy amin'ny firaisany sy ny fanirahana azy. Satria, "maro ny andraiki-panompoana misy ao amin'ny Fiangonana, nefa tokana ny fanirahana. Nankinin'i Kristy tamin'ny apôstôly sy amin'ny dimbin'izy ireo ny fiadidiana hampianatra sy hanamasina ary hitondra amin'ny anarany sy amin'ny alalan'ny fahefany. Fa ny lahika nomena anjara adidy aman'andraikitra amin'ny maha-mpisorona, maha-mpaminany ary maha-mpanjaka an'i Kristy, dia mizaka ao amin'ny tenany ny anjara tandrify azy amin'izay fanirahana ny Vahoakan'Andriamanitra manontolo, ao amin'ny Fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao"⁴. Farany, misy "mpino izay ao amin'ny sokajin'ny an-daniny sy ny an-kilany [ambaratongam-pitondrana sy lahika], izay noho ny fanaovana voady hanaraka ny torohevitra ny Evanjely (...), dia manokam-piainana ho an'Andriamanitra sy miaramiasa amin'ny asam-pamonjena anirahana ny Fiangonana araka ny fomban'izy ireo manokana avy"⁵. 814,1937

I. Fanorenana ny ambaratongam-pitondrana ny Fiangonana

Inona no anton'ny andraiki-panompoan'ny Fiangonana ?

874. Izy Kristy ihany no loharano ipoiran'ny andraiki-panompoana ao amin'ny Fiangonana. Izy no nanorina azy, nanome azy fahefana sy fanirahana, torolalana sy tanjom-piafaràna : 1544

¹ FF 8.

² CIC, can. 204, § 1 ; jer. koa FF 31.

³ CIC, can. 208 ; jer. koa FF 32.

⁴ APL 2.

⁵ CIC, can. 207, § 2.

I Kristy Tompo, mba hiantoka ny Vahoakan'Andriamanitra amin'ny mpiandry ondry sy ny fomba fitomboany, dia nanorina ao amin'ny Fiangonany ny andraiki-panompoana samihafa izay mikendry ny soa ho an'ny vatana manontolo. Satria, ireo mpandraharaha masina izay afaka mampiasa ny fahefana masina, dia milatsa-tenany hanompo ny rahalahiny, ka izay rehetra anisan'ny Vahoakan'Andriamanitra (...) dia mba ho tody any amin'ny famonjena¹.

166 875. “Atao ahoana no fino izay tsy mbola re aloha ? Atao ahoana no fandre raha tsy misy mpitoriteny ? Ary atao ahoana no fitory teny raha tsy misy irahina aloha ?” (Rôm 10,14-15). Tsy misy na iza na iza, na singan'olona na vondrom-piangonana, afaka hitory amin'ny tenany ihany ny Evanjely. “Avy amin'ny toriteny ny finoana” (Rôm 10,17). Tsy misy na iza na iza afaka manome ho an'ny tenany ihany ny fahefana sy ny fanirahana hitory ny Evanjely. Miteny sy miasa ny iraky ny Tompo, tsy avy amin'ny fahefan'ny tenany manokana, fa noho ny fahefana avy amin'i Kristy; tsy amin'ny maha-mpikambana azy ao amin'ny vondrom-piangonana, fa amin'ny fitenenana azy amin'ny anaran'i Kristy. Tsy misy na iza na iza afaka manolotra ho an'ny tenany ihany ny fahasoavana, fa tsy maintsy ampahafantarina sy atolotra izany. Mila mpandraharahan'ny fahasoavana, nahazo lalana sy nahazo fahefana ara-dalàna avy amin'i Kristy izany. Avy Aminy no andraisan'ireo Eveka sy ireo Pretra ny fanirahana sy ny fahazoana (ny “fahefana masina”) miasa *in persona Christi Capitis* (ao amin'ny Tenan'i Kristy Loha), andraisan'ireo Diakra ny hery enti-manompo ny vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny “fanompoana” amin'ny litorzia, ny teny sy ny fifankatiavana, miombona amin'ny Eveka sy ny fivondronan'ny Pretrany. Io andraiki-panompoana io izay anaovan'ny irak'i Kristy sy anomezany ny fanomezan'Andriamanitra izay tsy azon'izy ireo atao sy omena avy amin'ny tenan'izy ireo fotsiny, no antsoin'ny lovam-pampianaran'ny Fiangonana hoe “sakramenta”. Ny andraiki-panompoan'ny Fiangonana dia omena amin'ny alalan'ny sakramenta manokana.

1551 876. Ny fifamatorana anaty amin'ny toetra maha-sakramenta ny andraiki-panompoan'ny Fiangonana no *endrika mampiavaka ny asa fanompoany*. Satria, amin'ny fiankinana tanteraka amin'i Kristy izay manome iraka sy fahefana no tena mpanompon'i Kristy tokoa ny mpandraharaha masina², amin'ny endrik'i Kristy izay naka tamin-kalalahana ho antsika “ny fomban'ny mpanompo” (Filip 2,7). Satria ny teny sy ny fahasoavana izay izy ireo no mpandraharaha masina amin'izany, dia tsy azy ireo, fa an'i Kristy izay nanankina izany tamin'izy ireo mba ho an'ny hafa, ka manjary mpanompon'ny rehetra amin-kalalahana izy ireo³.

1559 877. Torak'izany, misy manana *endrika fiombonam-piandidiana*, ny toetra maha-sakramenta ny andraiki-panompoan'ny Fiangonana. Satria, hatrany ampiandohan'ny raharaham-pamonjeny i Jesoa Tompo no nanendry ny Roa ambin'ny folo lahy, “tsirin'i Israely Vaovao sady koa fiandohan'ny

¹ FF 18.

² jer. Rôm 1, 1.

³ jer. 1 Kôr 9,19.

ambaratongam-pitondrana masina”¹. Nofidina miaraka izy ireo, ka nirahiny miaraka koa, ary ny firaisana maha-mpiray tam-po ara-pinoana azy ireo dia ho amin’ny asa fampimbonana maha-mpiray tam-po ara-pinoana ny mpino rehetra; ho toy ny taratra sy porofon’ny fiombonan’ireo Olona-Andriamanitra izany firaisan’izy ireo izany². Araka izany, ny Eveka rehetra dia manao ny andraiki-panompoany eo anivon’ny fiombonam-piadidiana maha-eveka, miombona amin’ny Evekan’i Rôma, dimbin’i Md Piera sy filohan’ny fiombonam-piadidiana ; ny Pretra dia manao ny andraiki-panompoan’izy ireo eo anivon’ny fivondronan’ny maha-pretra eo amin’ny diôsezy, eo ambany fitondran’ny Evekan’izy ireo.

878. Farany, misy manana *endrika an’ny tsirairay*, ny toetra maha-sakramenta ny andraiki-panompoan’ny Fiangonana. Raha miasa amin’ny fiombonana ny mpandraharahan’i Kristy, dia miasa lalandava koa amin’ny tsirairay. Ny isam-batan’olona dia voantso tsirairay hoe : “Ianao, manaraha Ahy” (Jo 21, 22)³, mba ho vavolombelona tsirairay, eo amin’ny asa fanirahana iombonana, amin’ny fiantsorohan’ny isam-batan’olona ny andraikitra eo anoloan’Ilay izay manome ny fanirahana, sy amin’ny fiasany “ao amin’ny tenany” sy ho an’ny olona : “Izaho manao batemy anao amin’ny anaran’ny Ray ...”; “Izaho mamela ny fahotanao ...” 1484

879. Koa ny andraiki-panompoana ara-tsakramenta ao amin’ny Fiangonana àry dia raharaha atao amin’ny anaran’i Kristy. Manana toetra an’ny tsirairay izy sady manana endrika fiombonam-piadidiana. Voamarina izany amin’ny fifamatorana misy eo amin’ny fiombonam-piadidiana maha-eveka sy ny filohany, ny dimbin’i Md Piera, ary amin’ny fifandraisana misy eo amin’ny andraikitra maha-mpiandry ondry ny Eveka ho an’ny Fiangonany eo antoerana sy amin’ny fiahiana iombonana amin’ny fiombonam-piadidiana maha-eveka ho an’ny Fiangonana Manerana ny tany tontolo.

Ny fiombonam-piadidiana maha-eveka sy ny filohany, ny Papa

880. I Kristy, tamin’ny nanendreny ny Roa ambin’ny folo, dia “nanangana azy ireo ho fiombonam-piadidiana, izany hoe ho vondrona maharitra, ary nametraka an’i Piera izay nofidiny teo anivon’izy ireo ho filohan’izy ireo”⁴. “Tahaka ny nanendren’ny Tompo an’i Md Piera sy ireo Apôstôly sisa, hitambatra ho fiombonam-piadidiana maha-apôstôly tokana ihany, no ifampiraisan’ny Evekan’i Rôma, dimbin’i Md Piera, sy ny Eveka rehetra, dimbin’ny apôstôly, amin’izy ireo samy izy ireo”⁵. 552,862

¹ AFF 5.

² jer. Jo 17,21-23.

³ jer. Mt 4,19.21 ; Jo 1,43.

⁴ FF 19.

⁵ FF 22 ; jer. koa CIC, can. 330.

881. Ny Tompo no nanao an'i Simôna irery, izay nomeny anarana hoe Piera, ho
 553 vatolampin'ny Fiangonany. Tamin'izany no nanomezany azy ny fanalahidy¹;
 Izy no nametraka azy ho mpiandry ny andian'ondry manontolo². “Kanefa ilay
 adidy aman'andraikitra hamehy sy hamaha izay nomena an'i Piera, dia
 nomena koa, tsy misy isalasalana, ny fiombonam-piadidian'ireo apôstôly
 miray amin'ny filohan'izy ireo”³. Io adidy aman'andraikitra maha-mpiandry
 642 ondry an'i Piera sy ireo apôstôly hafa io, dia anisan'ny fototra iorenan'ny
 Fiangonana. Tohizin'ny Eveka izany eo ambany fahefan'ny Papa amin'ny
 Fiangonana manontolo.
882. Ny *Papa*, Evekan'i Rôma sy dimbin'i Md Piera, “no fototra maharitra sy
 834,1369 hita maso ary fanorenana ny firaisana izay manakambana azy ireo amin'ny
 samy izy ireo, na Eveka, na ny mpino maro be”⁴. “Satria, ny Evekan'i Rôma,
 837 ao amin'ny Fiangonana, noho ny adidy aman'andraikitra ny maha-Vikeran'i
 Kristy sy ny maha-Mpitondra Fiangonana manontolo azy, dia manana
 fahefana feno, ambony indrindra ary manerana ny tany tontolo izay azony
 ampiasaina lalandava amin-kalalahana”⁵.
883. “Ny *fiombonam-piadidiana na vondron'ny maha-eveka*, dia tsy manana fahefana
 raha tsy fantatra fa tena mikambana amin'ny Evekan'i Rôma, amin'ny maha-filohany
 azy. Tahaka izany, io fiombonam-piadidiana io, no “fototry ny fahefana fara
 tampony sy feno koa eo amin'ny Fiangonana manontolo, fahefana izay tsy azo
 ampiasaina anefa, raha tsy miaraka amin'ny fankatoavan'ny Evekan'i Roma”⁶.
884. “Ny Fiombonam-piadidian'ireo Eveka dia mampiasa ny fahefana eo amin'ny
 Fiangonana manontolo amin'ny fomba manetriketrika ao amin'ny Kônsily
 Ekiomenika”⁷. “Tsy misy ny Kônsily Ekiomenika raha toa ka tsy nohamafisin'ny
 dimbin'i Piera izany, na fara fahakeliny nekeny”⁸.
885. “Amin'ny maha-fitambaran'olona maro karazana azy, io fiombonam-piadidiana io
 no mampiseho ny maha-samihafa sy ny maha-manerana ny tany tontolo ny
 Vahoakan'Andriamanitra ; izy no mampiseho, amin'ny alalan'ny famoriany ho eo
 ambanin'ny filoha iray ihany, ny maha-tokana ny andian'ondrin'i Kristy”⁹.
886. “Ireo *Eveka*, araka ny anjara asany avy, no fototra sy fanorenana ny firaisana ao
 1560,833 amin'ny Fiangonana eo an-toerana iandraiketan'izy ireo”¹⁰. Araka izany no
 “ampiasan'izy ireo ny fahefana maha-mpiandry ondry azy eo amin'ny ampahan'ny

¹ jer. Mt 16,18-19.

² jer. Jo 21,15-17.

³ FF 22.

⁴ FF 23.

⁵ FF 22 ; jer. koa AE 2 ; 9.

⁶ FF 22 ; jer. koa CIC, can. 336.

⁷ CIC, can. 337, § 1.

⁸ FF 22.

⁹ FF 22.

¹⁰ FF 23.

Vahoakan'Andriamanitra izay ankinina amin'izy ireo"¹, ampian'ny Pretra sy ny Diakra. Kanefa, amin'ny maha-mpikambana azy ao anatin'ny fiombonam-piadidiana maha-eveka, ny tsirairay amin'izy ireo dia manana anjara fiahiana ny Fiangonana manontolo², izay ampiasainy aloha "amin'ny fitondrana tsara ny Fiangonany manokana izay ampahany amin'ny Fiangonana manerana ny tany tontolo", amin'izany no andraisany anjara "amin'ny fanasoavana ny Vatana mistika manontolo izay Vatan'ny Fiangonana koa"³. Io fiahiana io dia hampitomboina manokana amin'ireo mahantra⁴, amin'ireo enjehina noho ny finoana, ary koa amin'ireo misiônera izay miasa manerana ny tany. 2448

887. Ny Fiangonana eo an-toerana mifanakaiky sy mitovy kolontsaina no mitambatra ho fari-piadidiam-piangonana na vondrom-paritra midadasika antsoina hoe patriarkà na faritany⁵. Ny Eveka amin'ireo vondrom-paritra ireo dia afaka mivory amin'ny sinôda na amin'ny kônsilim-paritany. "Tahaka izany, ny Fivondronan'ny Eveka, ankehitriny, dia afaka manampy amin'ny fomba maro sy mahavokatra mba ho hita mivaingana ny toe-tsaina amam-panahin'ny fiombonam-piadidiana"⁶.

Ny adidy aman'andraikitra hampianatra

85-87,
2032-2040

888. Ny Eveka, miaraka amin'ny Pretra, mpiara-miasa aminy, "dia manana ho voalohandahasa hitory ny Evanjelin'Andriamanitra amin'ny olombelona rehetra"⁷, araka ny baikon'ny Tompo⁸. Izy ireo no "mpanao antso avo ny finoana, izay mitondra mpianatra vaovao eo amin'i Kristy, izy ireo no mpampianatra marina" ny finoana apôstôlika, "manana ny fahefan'i Kristy"⁹. 2068

889. Mba hitazonana ny Fiangonana ao anatin'ny finoana madio tsy misy fahony nampitain'ny apôstôly, dia sitrak'i Kristy ny nanome ny Fiangonany ny fandraisana anjara amin'ny tsy feteza-mandiso momba ny fampianarana ananan'ny tenany, Izy ilay Fahamarinana. Amin'ny "hevi-pinoana mihoatra ny fahalalan'ny sain'olombelona", ny Vahoakan'Andriamanitra dia "miraiki-po maharitra amin'ny finoana", eo ambany fitarihan'ny Toniam-pampianarana velon'ny Fiangonana¹⁰. 92

890. Ny anton-draharaha ny Toniam-pampianarana dia mifamatotra amin'ny toetra raikitra ny fanekem-pihavanana naorin'Andriamanitra ao amin'i Kristy miaraka amin'ny Vahoakany ; izy no tsy maintsy miaro azy amin'ny fivaonan-kevitra sy amin'ny faharerahan-tsaina, ary miantoka azy amin'ny fahazoana, tsapa ety ivelany, manambara tsy misy diso ny finoana marina. Ny adidy aman'andraikitra pastôralin'ny Toniam-pampianarana, araka izany, dia nalamina mba hitandremana amin'ny tsy 851

¹ FF 23.

² jer. AE 3.

³ FF 23.

⁴ jer. Gal 2,10.

⁵ jer. Canon des apôtres 34.

⁶ FF 23.

⁷ RFP 4.

⁸ jer. Mk 16,15.

⁹ FF 25.

¹⁰ jer. FF 12 ; FA 10.

1785 hialan'ny Vahoakan'Andriamanitra ao anatin'ny fahamarinana izay manafaka. Mba hanatanterahana io asa io, dia nomen'i Kristy ny mpiandry ondry ny fanomezam-pahasoavana amin'ny tsy feteza-mandiso momba ny finoana sy ny fomba fiainana amam-pitondran-tena. Ny fampiasana io fanomezam-pahasoavana io dia mety maka endrika amin'ny fombafomba maro :

891. "Izany tsy feteza-mandiso momba ny fampianarana izany, dia ananan'ny Evekan'i Rôma, filohan'ny fiombonam-piadidian'ireo Eveka, ary ampiasainy rahefa manambara, amin'ny raki-tsoratra raikitra, lafim-pitambaram-pampianarana iray mahakasika ny finoana sy ny fomba fiainana amam-pitondran-tena izy, noho ny fiadidiana maha-mpiandry ondry sy maha-mpampianatra fara tampony ny mpino rehetra azy, sy noho izy nampandraiketana ny fanamafisana ny rahalahiny amin'ny finoana (...). Ny tsy feteza-mandiso momba ny fampianarana izay nampanantenaina ny Fiangonana dia miorina koa ao amin'ny vondron'ireo Eveka, rahefa ampiasainy ny Fahefana maha-mpampianatra fara tampony azy miombona amin'ny dimbin'i Piera", indrindra amin'ny Kônsily Ekiomenika¹. Ny Fiangonana, amin'ny Toniam-pampianarany fara tampony, rahefa manolotra zavatra "inoana ho nambaran' Andriamanitra"² sy araka ny fampianaran'i Kristy, dia "tsy maintsy araikitra ao anatin'ny fanekem-pinoana amin'ny famaritana toy izany"³. Io tsy feteza-mandiso momba ny fampianarana io dia miiatra lavitra toy ny tahirin'ny Fanambaràn' Andriamanitra ihany koa⁴.

892. Ny fanampian'Andriamanitra dia mbola nomena koa an'ireo dimbin'ny apôstôly, miaraka amin'ny dimbin'i Piera, rahefa mampianatra izy ireo, sy, amin'ny fomba manokana ho an'ny Evekan'i Rôma, Mpitondra ny Fiangonana manontolo, raha manolotra fampianarana izay mitondra ho amin'ny fahalalana tsaratsara kokoa ny Fanambaràna ny amin'ny finoana sy ny fomba fiainana amam-pitondran-tena izy ireo, amin'ny fampiasana ny Fahefa-mampiana-pinoana andavanandro, na dia tsy tonga amin'ny fanoritana ny tsy feteza-mandiso momba ny fampianarana aza, sy tsy manapa-kevitra "amin'ny fomba raikitra". Tokony "hanome ny fankatoavam-pivavahana avy amin'ny fisainany, amin'io fampianarana tsotra io ny mpino"⁵, ka na miavaka amin'ny fankatoavam-pinoana aza izany, dia manohy azy kosa.

Ny adidy aman'andraikitra hanamasina

1561 893. Ny Eveka dia miantsooka koa "ny fiandraiketana hizara ny fahasoavana amin'ny maha-mpisorona fara tampony"⁶, indrindra amin'ny Eokaristia izay atolotry ny tenany na izay iantohany amin'ny fanatitry ny Pretra, mpiara-miasa aminy. Satria ny Eokaristia no votoatin'ny fiainan'ny Fiangonana eo an-toerana. Ny Eveka sy ny Pretra dia manamasina ny Fiangonana amin'ny alalan'ny vavak'izy ireo sy ny asan'izy ireo, amin'ny alalan'ny andraiki-panompoana ny teny sy ny sakramenta. Manamasina azy izy ireo amin'ny oha-piainan'izy ireo, "tsy amim-pizakazakana

¹ FF 25 ; jer. koa Vatikana I : DS 3074.

² FA 10.

³ FF 25.

⁴ jer. FF 25

⁵ FF 25.

⁶ FF 26.

amin'ny anjara fiandrasana, fa amim-pisehoana ho môdelin'ny andian'ondry” (1 Pi 5,3). Amin'izany “ izy ireo no ho tody, miaraka amin'ny andian'ondry nankinina tamin'izy ireo, any amin'ny fiainana mandrakizay”¹.

Ny adidy aman'andraikitra hitondra

894. “Ireo Eveka no mitantana ny Fiangonan'izy ireo eo an-toerana toy ny vikera sy masoivohon'i Kristy amin'ny alalan'ny torohevitr'izy ireo, ny fandrisihan'izy ireo, ny oha-piainan'izy ireo, nefa koa amin'ny alalan'ny fahefan'izy ireo sy amin'ny alalan'ny fampiasana ny fahefana masin'izy ireo”², izay tokony ho ampiasain'izy ireo ho amin'ny hatsaram-pitondran-tena, ao anatin'ny toe-tsaim-panompoana izay an'ny Tompon'izy ireo³. 801

895. “Io fahefana izay iantsorohan'ny tenan'izy ireo mihitsy amin'ny anaran'i Kristy io dia fahefana azy manokana, ara-dalàna ary eo no eo mivantana : na izany aza, ny fampiharany izany dia miankina amin'ny fandaminana faran'ny fahefana fara tampony ao amin'ny Fiangonana”⁴. Kanefa, tsy azo atao hoe vikera'ny Papa ireo Eveka, satria ny fahefana ifehezan'ny Papa andavanandro sy eo no eo mivantana ny Fiangonana manontolo, dia tsy manafoana fa manamafy sy miaro ny fahefan'izy ireo. Io fahefana io dia tsy maintsy atao mivelatra ao anatin'ny fiombonana miaraka amin'ny Fiangonana manontolo eo ambany fitondran'ny Papa. 1558

896. Ny Mpiandry ondry tsara no ho môdely sy “endriky” ny fiadidian'ny maha-mpiangondry ondry ny Eveka. Amin'ny fahatsapany ny fahalemeny “ny Eveka no afaka miseho ho be indrafo manoloana ireo tsy mahalala sy mania. Aoka tsy hadikidiky azy ny mihaino ireo izay miankina aminy, amin'ny fambombana azy ireo ho toy ny tena zanaka tokoa (...). Raha ny amin'ny mpino, dia tokony hiraiki-po amin'ny Evekany izy ireo tahaka ny Fiangonana amin'i Jesoa-Kristy ary tahaka an'i Jesoa-Kristy amin'ny Rainy”⁵ : 1550

Arahonareo rehetra ny Eveka, tahaka an'i Jesoa-Kristy [manaraka] ny Rainy, sy ny fivondronan'ny maha-pretra tahaka ny apôstôly; raha ny amin'ireo Diakra, hajaonareo izy toy ny lalànan'Andriamanitra. Aoka tsy hisy olona, raha tsy nahazo lalana avy amin'ny Eveka, hanao na inona na inona amin'izay mikasika ny Fiangonana⁶.

II. Ny mpino lahika

897. “Ny antsoina hoe lahika eto, dia ny kristianina ankapobeny afa-tsy ireo mpikambana ao amin'ny filaharana masina sy ny fiainan-dreljiozy ankatoavin'ny Fiangonana, izany hoe ny kristianina, izay voakambana amin'i Kristy tamin'ny 873

¹ FF 26.

² FF 27.

³ jer. Lk 22,26-27.

⁴ FF 27.

⁵ FF 27.

⁶ Md Ignace d'Antioche, Smyrn. 8,1.

Batemy, tafiditra ho anisan'ny Vahoakan'Andriamanitra manontolo, natao ho mpandray anjara araka ny fomban'izy ireo amin'ny raharaha maha-mpisorona, maha-mpaminany ary maha-mpanjaka an'i Kristy, ka misahana araka ny anjaran'izy ireo, ao amin'ny Fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao, ny fanirahana izay an'ny vahoaka kristianina manontolo”¹.

Ny fiantsoana ny lahika

2105 898. “Ny fiantsoana manokana ny lahika dia mifototra amin'ny fikatsahana ny fanjakan' Andriamanitra, indrindra amin'ny fiandraiketam-pitantanana ny zavatra ara-nofa eto tany izay alamin'izy ireo araka an'Andriamanitra (...). Anjaran'izy ireo, amin'ny fomba manokana, ny manazava sy ny mampitodika ireny zava-misy rehetra ara-nofa eto an-tany ireny izay ifandraisany lalina, hany ka hihatsara sy hiroborobo lalandava araka an'i Kristy izy ireny sy mba ho fiderana ny Mpahary sy Mpanavotra”².

2442 899. Ny fahaiza-misanta-javatra eo amin'ny kristianina lahika dia ilaina manokana raha hahitana zava-baovao, hamoronana fomba hoenti-mamonto ny zava-misy ara-tsôsialy, ara-pôlitika, ara-piharian-karena, araka izay fitakian'ny fitambaram-pampianarana sy ny fiainana kristianina. Izany fahaiza-misanta-javatra izany dia singafototra ara-dalàna eo amin'ny fiainan'ny Fiangonana :

Ny mpino lahika no eo amin'ny loha laharana kokoa amin'ny fiainan'ny Fiangonana ; amin'ny alalan'izy ireo, ny Fiangonana no foto-pahaveloman'ny fiaraha-monina. Noho izany, izy ireo indrindra no tsy maintsy manana kônsiansy mazava kokoa lalandava, tsy hoe amin'ny maha-anisan'ny Fiangonana fotsiny, fa tena Fiangonana mihitsy, izany hoe ny fiombonan'ireo mpino eto an-tany eo ambany fitondran'ny Filoha iombonana, dia ny Papa sy ny Eveka miombona aminy. Ireo no Fiangonana³.

863 900. Satria, toy ny mpino rehetra, ireo lahika nampianandraiketin'Andriamanitra apôstôla noho ny Batemy sy ny Fankaherezana, dia manana adidy sy manana zo, mandeha tsirairay na mivondrona amin'ny fikambanana, hiasa mba ho fantatra sy ho voarain'ny olombelona rehetra sy ny tany tontolo ny hafa-pamonjen'Andriamanitra ; mbola maika kokoa izany adidy izany raha toa ka tsy misy afa-tsy amin'ny alalan'izy ireo no ahafahan'ny olona mahaheno ny Vaovao Mahafaly sy mahalala an'i Kristy. Ao amin'ny ankohonam-piangonana, ilaina tokoa ny asan'izy ireo, fa raha tsy misy izany, dia matetika tsy afaka hitondra vokatra feno ny apôstôla ataon'ny mpiandry ondry⁴.

¹ FF 31.

² FF 31.

³ Pie XII, lahateny tamin'ny 20 febroary 1946 : nolazain'i Joany Paoly II, CL 9.

⁴ jer. FF 33.

Fandraisan'anjaran'ny lahika amin'ny adidy aman'andraikitra maha-mpisorona an'i Kristy

901. “Ny lahika, noho ny fanokanana azy ireo amin'i Kristy sy noho ny fanosoran'ny Fanahy Masina, dia nandray ny antso mampitolagaga sy ny fomba izay mamela ny Fanahy hitera-bokatra bebe kokoa hatrany ao amin'izy ireo. Satria, izay rehetra raharahan'izy ireo, fivavahan'izy ireo sy asan'apôstôly ataon'izy ireo, fiainan'izy ireo ao an-tokantrano sy ao amin'ny fianakaviana, asa mafy ataon'izy ireo isan'andro, fialam-bolin'izy ireo ara-tsaina sy ara-batana, raha iainan'izy ireo amin'ny Fanahin'Andriamanitra, ary na dia ireo sedra-piainana aza, raha toa ka zakaina amim-paharetana, dia manjary “fanati-panahy ankasitrahan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy” (1 Pi 2,5) izany rehetra izany ; ary amin'ny fankalazana ny Eokaristia, ireny fanatitra ireny dia akambana amin'ny fanolorana ny Vatan'ny Tompo mba hatolotra amim-pitiavam-bavaka manontolo amin'ny Ray. Dia toy izany no anokanan'ny lahika an'izao tontolo izao ho an'Andriamanitra, amin'ny fanaovana vavaka fitsaohana an'Andriamanitra, na aiza na aiza, ao anatin'ny fahamasinampiainan'izy ireo”¹. 784,1268

902. Amin'ny fomba manokana, mandray anjara amin'ny adidy aman'andraikitra amin'ny fanamasinampiainana ny ray aman-dreny “rahefa miaina ny maha-mpivady araka ny toe-tsaina amam-panahy kristianina sy manome ho an'ny zanany ny fanabeazana kristianina”².

903. Ny lahika, raha toa izy ireo ka manana ny toetra mendrika ilaina, dia mety azo raisina amin'ny fomba maharitra ho amin'ny andraiki-panompoan'ny mpamaky teny sy ny akôlita³. “Eo amin'ny zavatra ilain'ny Fiangonana izay mitaky izany noho ny tsy fahampian'ireo mpandraharaha masina, ny lahika dia afaka koa, na tsy mpamaky teny sy tsy akôlita aza izy ireo, misolo toerana amin'ny anjara raharaha sasantsasany sahanin'iretsy, dia ireto avy izany : mampiasa ny andraiki-panompoana ny teny, mitarika ny fivavahana litorzika, manao batemy sy mizara ny kômonio masina, araka ny fandaminana voafaritry ny lalànan'ny Fiangonana”⁴. 1143

Fandraisan'anjaran'ny lahika amin'ny adidy aman'andraikitra maha-mpaminany an'i Kristy

904. “I Kristy (...) dia nanatontosa ny anjara raharaha maha-mpaminany Azy, tsy amin'ny alalan'ny ambaratongam-pitondrana irery ihany (...), fa koa amin'ny alalan'ny lahika izay ajorony ho vavolombelon'izany amin'ny namatsiana azy ireo ny fahalalana ny dikan'ny finoana sy ny fahasoavan'ny teny”⁵ : 785

¹ FF 34 ; jer. koa FF 10.

² CIC, can. 835, § 4.

³ jer. CIC, can. 230, § 1.

⁴ CIC, can. 230, § 3.

⁵ FF 35. 92

Ny mampianatra olona iray mba hitarika azy ho amin'ny finoana no lahasan'ny mpitory teny tsirairay ary na dia ny mpino tsirairay koa aza¹.

2044 905. Ny iraka maha-mpaminany ny lahika dia tanterahin'izy ireo koa amin'ny alalan'ny fitoriana ny Evanjely, “izany hoe ny fanambaràna an'i Kristy atao amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelon'ny fiainana sy amin'ny alalan'ny teny”. Eo amin'ny lahika, “izany asam-pitoriana ny Evanjely izany (...) dia ahitana toetra miavaka sy fandairana manokana noho izy tontosaina amin'ny kojakojam-piainana iombonana mandavantaona”² :

2472 Tsy mifototra amin'ny fijoroana vavolombelon'ny fiainana fotsiny, io apôstôla io : ny tena apôstôly marina dia mitady ny fotoana azo araraotina hanambaràna an'i Kristy amin'ny alalan'ny teny, na amin'ny tsy mpino (...) na amin'ny mpino³.

2495 906. Amin'ireo samy mpino lahika izay afaka mahavita izany sy mianatra an'izany, dia afaka mitondra ny anjara birikin'izy ireo koa amin'ny fampiofanana ara-katesezy⁴, amin'ny fampianarana taranjam-pahalalana masina⁵, amin'ny fitaovam-pifandraisan'ny mpiara-belona⁶.

907. “Araka ny adidy, ny fahaizana manokana ary ny laza izay ananan'izy ireo, dia manana zo izy ireo ary indraindray aza manana adidy hanome ny hevitr'izy ireo amin'ny Mpianondry ondry voahosotra, ny amin'izay mahakasika ny soa ho an'ny Fiangonana sy ny mampahalala izany amin'ny mpino hafa, amin'ny faharetana miaro ny fahamarinana tsy misy tomika ny finoana sy ny fomba fiainana amampitondran-tena ary ny fanajana tokony hatao amin'ireo mpiandry ondry, sy amin'ny fiheverana ny tombon-tsoa iombonana sy ny fahamendrehan'ny olona”⁷.

Fandraisan'anjaran'ny lahika amin'ny adidy aman'andraikitra maha-mpanjaka an'i Kristy

786 908. Tamin'ny fanekenany hatramin'ny fahafatesana⁸ i Kristy no nampita tamin'ny mpianany ny fanomezam-pahasoavana amin'ny fahafahana maha-mpanjaka, “mba hamongoran'izy ireo ny fahotana sy ny fanjakany ao amin'ny tenan'izy ireo, amin'ny alalan'ny fahafoizan-tenan'izy ireo sy ny fahamasinam-piainan'izy ireo”⁹ :

¹ Md Thomas d'A., s.th. 3 71,4 ad 3.

² FF 35.

³ APL 6 ; jer. koa AFF 15.

⁴ jer. CIC, can. 774 ; 776 ; 780.

⁵ jer. CIC, can. 229.

⁶ jer. CIC, can. 822, § 3.

⁷ CIC, can. 212, § 3.

⁸ jer. Filip 2,8-9.

⁹ FF 36.

Izay mampanaiky ny vatan-tenany sy mitantana ny fanahiny, tsy mamela azy ho revon'ny firehetam-paniriana no tompon'ny tenany : azo antsoina hoe mpanjaka izy satria afaka mitondra ny tenany ihany ; sady afaka no mahaleo tena izy ary tsy manaiky ho baboin'ny fanandevozana mahameloka¹.

909. “Fanampin’izany, aoka ny lahika, amin’ny fanatambarana ny heriny, hitondra fanatsarana sahaza ireo rafi-pitondrana sy ireo fomba fiainana eto amin’izao tontolo izao, rahefa mandrisika ho amin’ny fahotana ireo, mba hahatongavan’ireo hifanaraka amin’ny fitsipi-pahamarinana sy hampandroso amin’ny fampiasana ny hatsaram-panahy toy izay ho vato misakana izany. Amin’ny fanaovana izany no amontosan’izy ireo amin’ny soatoavina aramôraly ny kolontsaina sy ny tsanganasan’olombelona”². 1887
910. “Ny lahika dia mety koa hahatsiaro tena fa voantso na tena voantso hiaramiasa amin’ireo mpiandry ondry amin’ny fanompoana ny ankohonampiangonana tiana hitombo vahana sy aina, amin’ny fisahanana ny andraiki-panompoana maro karazana, araka ny fahasoavana sy ny fanomezampahasoavana tian’Izy Tompo hapetraka tsara ao amin’izy ireo”³. 799
911. Ao amin’ny Fiangonana, “ny mpino lahika dia afaka mifarimbona araka ny lalàna manan-kery amin’ny fampiasana ny fahefam-pitondrana”⁴. Tahaka izany ny fisian’izy ireo ao amin’ny Filan-kevitra manokana⁵, ny Sinôdan’ny diôzezy⁶, ny Filan-kevitra pastôraly⁷; amin’ny fampiasana ny fiandraiketana pastôralin’ny paroasy⁸; ny fiaraha-miasa amin’ny Filan-kevitra momba ny raharaha ara-piharian-karena⁹; ny fandraisana anjara amin’ny tribunalim-piangonana¹⁰, sns. 2245
912. Ny mpino dia tokony “hanavaka amim-pitandremana ny zo amin’ny adidy izay iantsorohan’izy ireo amin’ny maha-rantsambatan’ny Fiangonana azy ireo, sy izay tandrifin’izy ireo araka ny maha-olon’ny fiaraha-monina azy ireo. Aoka izy ireo hiezaka hampifandrindra an’ireny amin’ny samy izy ireny, amin’ny fahatsiarovan-tena fa ny kônsiansy kristianina no tokony ho mpitari-dalana azy ireo amin’ny sehatra rehetra misy amin’izao fiainana aranofo eto an-tany izao, satria tsy misy na iray aza asa fanaon’olombelona, amin’ny maha-ara-nofo izany, ho azo esorina amin’ny fahefan’Andriamanitra”¹¹. 2245

¹ Md Ambroise, Psal. 118, 14, 30 : PL 15, 1476.

² FF 36.

³ EN 73.

⁴ CIC, can. 129, § 2.

⁵ jer. CIC, can. 443, § 4.

⁶ jer. CIC, can. 463, §§ 1-2.

⁷ jer. CIC, can. 511-512 ; 536.

⁸ jer. CIC, can. 517, § 2.

⁹ jer. CIC, can. 492, § 1 ; 537.

¹⁰ jer. CIC, can. 1421, § 2.

¹¹ FF 36.

913. “Amin’izany, ny lahika rehetra, noho ny fanomezana izay natao ho azy ireo, dia mitambatra ho vavolombelona no sady fitaovana velona amin’ny fanirahana ny tenan’ny Fiangonana rahateo ihany "araka ny ambaratongampanomezana avy amin’i Kristy" (Efez 4,7)”¹.

III. Ny fanokanam-piainana

2103 914. “Ny lalam-piainana miorina amin’ny fanaovana voady araka ny torohevitra ny Evanjely, na tsy mikasika ny rafitr’ambaratongam-pitondrana ny Fiangonana aza, dia tsy azo lavina fa anisan’ny fiainany sy ny fahamasinany”².

Torohevitra ny Evanjely, fanokanam-piainana

1973-1974 915. Ny torohevitra ny Evanjely, amin’ny hamaroan’izy ireo, dia atolotra ho an’izay rehetra mpianatr’i Kristy. Ny fahalavorariana amin’ny fitiavana izay iantsoana ny mpino rehetra, no ananan’ireo izay manolo-tena an-kalalahana amin’ny famaliana ny antso ho amin’ny fanokanam-piainana, adidy mampihatra ny fahadiovam-pitiavana amin’ny fijanonana ho mpitovo noho ny Fanjakan’Andriamanitra, ny fahantrana ary ny fanekena. Ny *fanaovana voady* araka ireo torohevitra ireo, ao anatin’ny toe-piainana mafy orina ankatoavin’ny Fiangonana, no mampiavaka ny toeran’ny “fanokanam-piainana”³ ho an’Andriamanitra.

2687 916. Amin’izany ny toetran’ny fanokanam-piainana no hita fa iray amin’ireo fomba ahalalana ny fanokanana “lalina indrindra”, izay miorim-paka amin’ny Batemy sy atokana manontolo ho an’Andriamanitra⁴. Ny kendren’ny mpinon’i Kristy amin’ny fanokanam-piainana, eo ambany fanentanan’ny Fanahy Masina, dia ny hanaraka an’i Kristy akaikikaiky kokoa, ny hanolo-tena amin’Andriamanitra tiany mihoatra noho ny zavatra rehetra, ary eo ampikatsahana ny fahalavorariam-pitiavana hanompo ny Fanjakan’Andriamanitra, dia ny hampahafantatra sy hitory ao amin’ny Fiangonana ny voninahitry ny tontolo ho avy⁵.

Hazo lehibe iray, maro sampana

2684 917. “Tahaka ny hazo iray izay misampantsampana amin’ny fomba mampitolagaga sy maro ao amin’ny sahan’ny Tompo, niainga avy amin’ny tsirin’ny voa nafafin’Andriamanitra, dia tahaka izany no itomboan’ny endrika samihafa ny fiainana

¹ FF 33.

² FF 44.

³ jer. FF 42-43 ; FFR 1.

⁴ jer. FFR 5.

⁵ jer. CIC, can. 573.

manirery na mivondrona, ny fianakaviana samihafa izay ny loharanon-karena arapanahy dia sady mahasoa ny mpikambana amin'ireny fianakaviana ireny no mahasoa ny Vatan'i Kristy manontolo"¹.

918. "Hatransy am-piandohan'ny Fiangonana, nisy lehilahy sy vehivavy izay naniry, amin'ny fampiharana ny torohevitra ny Evanjely, hanaraka an-kalalahana an'i Kristy sy haka tahaka Azy araka ny tena izy kokoa ary, araka ny fombany avy, miaina ny fanokanam-piainana amin'Andriamanitra. Maro tamin'izy ireny, teo ambany tosi-kerim-pamporisikin'ny Fanahy Masina, no niaina tao anatin'ny fitoka-monina, na koa nanorina fianakavian-dreljiozy izay noraisin'ny Fiangonana tamim-pifaliana sy nankatoaviny tamin'ny fahefany"².

919. Ny Eveka dia miezaka lalandava handanjalanja ny fanomezam-pahasoavana momba ny fanokanam-piainana vaovao nankinin'ny Fanahy Masina amin'ny Fiangonany ; ny fankatoavana ny endrika vaovao ny fanokanam-piainana dia natokana ho an'ny Foibem-pitondrana apôstôlika³.

Fiainan'ny mpitoka-monina irery

920. Na tsy manao voady ampahibemaso lalandava araka ny torohevitra telo ny Evanjely aza ny mpitoka-monina irery, dia "ao anatin'ny fiesorana mafimafy kokoa amin'izao tontolo izao, ao anatin'ny fahanginan'ny fitoka-monina, ao anatin'ny fahazotoana mivavaka sy ny fivalozana, no anokanany ny fiainany amin'ny fiderana an'Andriamanitra sy amin'ny famonjena an'izao tontolo izao"⁴.

921. Asehon'izy ireo amin'ny tsirairay io endrika anatin'ny misterin'ny Fiangonana io, izay tsy inona fa fisakaizana lalin'ny tsirairay amin'i Kristy. Ny fiainan'ny mpitoka-monina irery, takona eo imason'ny olombelona, dia fitoriana mangina an'Ilay izay nanolorany ny fiainany, satria Izy no zavatra rehetra ho azy. Izany no antso manokana hahitana any an'efitra, ao anatin'ny adim-panahy ihany koa, ny voninahitr'Ilay Nofantsihana. 2719 2015

Ny virjiny sy ny maty vady manokan-tena

922. Hatramin'ny andron'ny apôstôly, nisy virjiny⁵ kristianina sy maty vady⁶, nantsoin'ny Tompo hifikitra Aminy manontolo ao anatin'ny fahafahana tanteraky ny fo sy ny vatana ary ny fanahy, izay nandray fanapahan-kevitra, nankatoavin'ny Fiangonana, hiaina ao anatin'ny toe-piainan'ny virjiny mandra-pahafaty ireo nanokan-tena ho virjiny, ary hiaina ao anatin'ny fahadiovam-pitiavana mandra-pahafaty ireo maty vady manokan-tena, "noho ny Fanjakan'ny lanitra" (Mt 19,12). 1618-1620

¹ FF 43.

² FFR 1.

³ jer. CIC, can. 605.

⁴ CIC, can. 603, § 1.

⁵ jer. 1 Kôr 7,34-35.

⁶ Joany Paoly II, exh. ap « Vita consecrata », 7.

1537 923. “Amin’ny fanambaràna ny tenim-pikasana masina hanaraka an’i Kristy akaikikaiky
mitondra diôsezy araka ny fombam-pivavahana litorzika ankatoavina, no
manambady amin’ny fomba mistika an’i Kristy Zanak’ Andriamanitra, ary manolo-
1672 tena ho amin’ny fanompoana ny Fiangonana”¹. Amin’ny alalan’io fombam-
pivavahana manetriketrika io (*Consecratio virginum*) “ilay virjiny no tonga anisan’ny
olona manokan-tena, famantarana mihoatra ny tsapa sy ny hita ny fitiavan’ny
Fiangonana mankamin’i Kristy, sary eskatôlôzikan’io Vady io any an-Danitra sy ny
ny fiainan-ko avy”².

924. Noho ny fikambanan’ny virjiny, “mitovitovy fomba amin’ireo fikambanan’ny
manokam-piainana ho an’Andriamanitra”³, dia mametraka ny vehivavy miaina eto
amin’izao tontolo izao (na ny relijiozy vavy mihiboka) ho amin’ny fivavahana,
fivalozana, fanompoana ny anadahiny ary asa maha-apôstôly, araka ny toetra sy ny
fanomezam-pahasavana mifanandrify amin’izany nomena ny tsirairay⁴. Ny
manokan-tena ho virjiny dia afaka mivondrona mba hitandremana araka ny tena izy
ny teny naloakan’ny vavan’izy ireo⁵.

Ny fiainan-drelijiozy

1672 925. Ny fiainan-drelijiozy, teraka tany Atsinanana tamin’ny taonjato voalohandohan’ny
fivavahana kristianina⁶ ary niainana tao anatin’ireo fikambanana natsangan’ny
Fiangonana ara-dalàna⁷, dia miavaka amin’ireo fanokanam-piainana amin’ny endriny
hafa araka ny fanompoam-pivavahana, araka ny fanononana voady ampahibemaso
an’ireo torohevitra ny Evanjely, araka ny fiainana maha-mpiray tam-po ara-pinoana
mitondra amin’ny fiombonana, araka ny fijoroana ho vavolombelona amin’ny
firaisan’i Kristy sy ny Fiangonana⁸.

796 926. Ny fiainan-drelijiozy dia miankina amin’ny misterin’ny Fiangonana. Fanomezana
noraisin’ny Fiangonana tamin’ny Tompony izany, ary atolony ho toy ny lalam-
piainana mafy orina eo amin’ny mpino nantsoin’Andriamanitra amin’ny fanaovana
voady araka ny torohevitra ny Evanjely. Amin’izany, azon’ny Fiangonana atao ny
sady maneho an’i Kristy no mahatsiaro tena ho Vadin’ny Mpamonjy. Ny fiainan-
drelijiozy dia asaina mampahafantatra, amin’ireo endriny samihafa, ny fitiavana avy
amin’Andriamanitra ihany, amin’ny fitenin’izao andro iainantsika izao.

927. Ny relijiozy rehetra, na afaka amin’ny fandidian’ny mpitondra eo an-toerana na tsy
afaka⁹, dia mahazo toerana ho anisan’ny mpiara-miasa amin’ny Eveka mitondra

¹ CIC, can. 604, § 1.

² OCV praenotanda 1.

³ CIC, can. 604, § 1.

⁴ OCV praenotanda 2.

⁵ jer. CIC, can. 604, § 2.

⁶ jer. EK 15.

⁷ jer. CIC, can. 573.

⁸ jer. CIC, can. 607.

⁹ jer. CIC, can. 591.

diôzezy amin'ny fiadidiana maha-mpiandry ondry azy¹. Ny fampijoroana sy fanitarana ny maha-misiônera ny Fiangonana dia mila ny fisian'ny fiainan-drelijiozy amin'ny endriny rehetra, hatrany am-panombohana ny fitoriana ny Evanjely². “Ny tantara dia manamarina ny halehiben'ny fahamendrehan'ireo fianakavian-drelijiozy tamin'ny fampielezana ny finoana sy tamin'ny fanorenana Fiangonana vaovao, nanomboka tamin'ny Fikambanan'ny mpitoka-monina fahiny sy ny Fikambanan-drelijiozy tamin'ny taonjato antenatenany ka hatramin'ny Fikambanan-drelijiozy amin'ny androm-piainana ankehitriny”³. 854

Ny fikambanana tsy relijiozy

928. “Ny fikambanana tsy relijiozy dia fikambanan'ny fanokanam-piainana izay ao ny mpino miaina eo amin'izao tontolo izao no miezaka ho amin'ny fahalavorariam-pitiavana sy mikely aina handray anjara indrindra avy ao anaty amin'ny fanamasinana an'izao tontolo izao”⁴.

929. Amin'ny alalan'ny “fanokanam-piainana tanteraka sy manontolo amin'[izany] fanamasinana [izany]”⁵, ny mpikambana amin'ireny fikambanana ireny no mandray anjara amin'ny asam-pitoriana ny Evanjely sahanin'ny Fiangonana, “eo amin'izao tontolo izao sy miainga avy amin'izao tontolo izao”⁶, izay ny fisian'izy ireo ao dia miasa “araka ny fomban'ny lalivay”⁷. Ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelon'ny fiainana kristianina dia mikendry ny handaminana araka an'Andriamanitra izao zavamisy ara-nofo eto an-tany izao sy haninteraka an'izao tontolo izao amin'ny herin'ny Evanjely”. Zakain'izy ireo ao aminy amin'ny alalan'ny fifamatorana masina ny torohevitra ny Evanjely ary tandrovin'izy ireo amin'ny samy izy ireo ny fiombonana sy ny firahalahiana sahaza ny fombam-piainana tsy maha-relijiozy azy ireo⁸. 901

Ny fikambanam-piainana apôstôlika

930. Eo anilan'ny endrika samihafa ny fanokanam-piainana no “maka toerana ny fikambanam-piainana apôstôlika ka ny mpikambana ao aminy, na tsy manao voadin-drelijiozy aza, dia mikatsaka ny tanjona hotratrarina amin'ny maha-apôstôly sahaza ny fikambanany, ary amin'ny fiombonam-piainana maha-mpiray tam-po ara-pinoana no mikendry, araka ny fombam-piainany manokana, ny fahalavorariam-pitiavana amin'ny fitandremana ny lalàm-panorenana. Misy fikambanana ao amin'izy ireo izay ny mpikambana no mizaka ao aminy ny torohevitra ny Evanjely”, araka ny lalàm-panorenan'izy ireo⁹.

¹ jer. AE 33-35.

² jer. AFF 18 ; 40.

³ Joany Paoly II, RM 69.

⁴ CIC, can. 710.

⁵ Pie XII, const. ap. « Provida Mater ».

⁶ CIC, can. 713, § 2.

⁷ FFR 11.

⁸ jer. CIC, can. 713.

⁹ CIC, can. 731, §§ 1.2.

Fanokanana sy fanirahana : mitory an'Ilay Mpanjaka ho avy

931. Noho izy nanolo-tena amin'Andriamanitra tiana indrindra, ilay izay efa natokan'ny Batemy ho Azy, dia mahatsiaro tena araka izany, ho voatokana lalindalina kokoa amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, sy voatolotra ho amin'ny fanasoavana ny Fiangonana. Amin'ny lalan'ny fanokanam-piainana ho an'Andriamanitra no anehoan'ny Fiangonana an'i Kristy sy ampisehoany ny fiasan'ny Fanahy Masina ao aminy, amin'ny fomba mahatalanjona. Koa ireo izay manao voady araka ny torohevitra ny Evanjely àry dia manao ho vaindohan-draharaha hiaina ny fanokanam-piainan'izy ireo. "Fa satria izy ireo manokam-piainana hanompo ny Fiangonana, ka noho izany, voatery izy ireo hanao amin'ny fomba miavaka ny tsanganasa misiônera, araka ny fomba manokana an'ny Fikambanan'izy ireo"¹.

775 932. Ao amin'ny Fiangonana izay toy ny sakramenta, izany hoe famantarana sy fitaovan'ny ain'Andriamanitra, ny fanokanam-piainana no miseho ho famantarana manokana ny misterin'ny Fanavotana. Ny manara-dia sy ny maka tahaka an'i Kristy "akaikikaiky kokoa", ny mampiseho "mazavazava kokoa" ny maha-tsinontsinona ny tena, dia ny miditra "lalindalina kokoa" ao am-pon'i Kristy, amin'ireo mpiara-belona amin'ny tena. Satria ireo izay ao amin'io lalana "teritery kokoa" io dia mandrisika ny rahalahiny amin'ny oha-piainan'izy ireo, ijoroan'izy ireo ho vavolombelona mampitolagaga fa hoe : "izao tontolo izao dia tsy mety ho voaova endrika sy ho voatolotra ho an'Andriamanitra, raha tsy misy ny toe-panahin'ny hasambarana"².

672 933. Na ampuhibemaso io fijoroana ho vavolombelona io, toy ny amin'ny fiainan-drelijiozy, na tsy misehoseho fry, na miafina mihitsy, ny fahatongavan'i Kristy dia mitoetra ho fiandohana sy Kintana fitarik'andron'ny fiainan'ireo manokan-tena rehetra :

769 Satria ny Vahoakan'Andriamanitra tsy manana fonenana maharitra ety antany, [izany toetra izany] (...) no mampiseho amin'ny mpino rehetra ny fisiana, efa eto amin'ity fotoana iainana ity rahateo, ireo haren-tsoan'ny lanitra; izy no maneho ny fiainana vaovao sy mandrakizay azo tamin'ny Fanavotan'i Kristy, izy no mitory ny fitsanganan-ko velona ho avy sy ny voninahitry ny lanitra³.

FAMINTINANA

934. "*Avy amin'ny fanorenan'Andriamanitra, dia misy amin'ireo mpino, ao amin'ny Fiangonana, no voatokana ho mpandraharaha masina, izay aradalàna ny iantsoana azy koa hoe olom-boahosotra ; ny an'ny hafa dia antsoina hoe lahika*". Farany, *misy mpino ao amin'ny sokajin'ny andaniny sy ny ankilany izay manokam-piainana ho an'Andriamanitra, amin'ny fanaovana voady hanaraka ny torohevitra ny Evanjely, ary mampiasa izany amin'ny fanirahana ny Fiangonana*⁴.

¹ CIC, can. 783 ; jer. koa RM 69.

² FF 31.

³ FF 44.

⁴ CIC, can.207, § 1.2.

935. *Mba hitory ny finoana sy hanorina ny Fanjakany, no nanirahan'i Kristy ny apôstôliny sy ny dimbin'izy ireo. Nomeny anjara amin'ny fanirahana Azy izy ireo. Avy Aminy no andraisan'izy ireo ny fahefana hiasa amin'ny anaran'ny Tenany.*
936. *Ny Tompo no nanao an'i Md Piera ho fanorenana hita maso ny Fiangonany. Nomeny azy tamin'izany ny fanalahidy. Ny Evekan'ny Fiangonan'i Rôma, dimbin'i Md Piera, no "filohan'ny Fiombonampiadidian'ireo Eveka, Vikeran'i Kristy ary Mpitondra ny Fiangonana manontolo eto amin'ity tany ity"¹.*
937. *Ny Papa, "araka ny fanorenan'Andriamanitra, no manana ny fahefana fara tampony, feno, eo no eo mivantana ary manerana ny tany tontolo ho amin'ny fiadidiana ny olona"².*
938. *Ny Eveka rehetra, napetraky ny Fanahy Masina, no mandimby ny apôstôly. Izy ireo "tsirairay araka ny anjara asany, no fototra hita maso sy fanorenana ny firaisana ao amin'ny Fiangonan'izy ireo eo antoerana"³.*
939. *Ampian'ny Pretra, mpiara-miasa aminy, sy ny Diakra, ny Eveka dia manana adidy aman'andraikitra hampianatra tsy misy diso ny finoana, hankalaza amin'ny fanompoam-pivavahana, indrindra ny Eokaristia, ary hitondra ny Fiangonany amin'ny tena maha-mpiandry ondry tokoa. Anisan'ny fiadidiany koa ny fiahiana ny Fiangonana manontolo, miaraka amin'ny Papa sy eo ambany fahefany.*
940. *"Ny maha-lahika ny lahika manokana, dia ny miaina eo anivon'izao tontolo izao sy ny manao ny raharahan'izao tontolo izao, antsoin' Andriamanitra izy ireo hanao ny apôstôlàn'izy ireo eo amin'izao tontolo izao araka ny fiasan'ny lalivay, noho ny herin'ny fanahy maha-kristianina"⁴.*
941. *Ny lahika dia mandray anjara amin'ny maha-Mpisorona an'i Kristy : arakaraka ny iraisany Aminy, no ampivelaran'izy ireo ny fahasovan'ny Batemy sy ny Fankaherezana, eo amin'ny sehatra rehetra mikasika ny fiainan'ny olona manokana, ny fianakaviana, ny fiaraha-monina ary ny Fiangonana, sy anatanterahany tahaka izany ny antso ho amin'ny fahamasinana miantefa amin'ny vita batemy rehetra.*

¹ CIC, can.331.

² AE 2.

³ FF 23.

⁴ APL 2.

942. Noho ny iraka maha-mpaminany azy ireo, ny lahika “dia voantso koa hijoro ho vavolombelon’i Kristy, amin’ny fisehon-javatra rehetra sy eo anivon’ny fiombonam-ben’ny olombelona mihitsy”¹.
943. Noho ny iraka maha-mpanjaka azy ireo, ny lahika dia manana fahefana hamongotra ny fahotana sy ny fanjakany ao amin’ny tenan’izy ireo sy eo amin’izao tontolo izao, amin’ny alalan’ny fahafoizan-tenan’izy ireo sy ny fahamasinam-piainan’izy ireo².
944. Ny fanokanam-piainana ho an’Andriamanitra dia hita miharihary amin’ny fanaovana voady ampahibemaso araka ny torohevitra ny Evanjely momba ny fahantrana, ny fahadiovam-pitiavana ary ny fanekena ao anatin’ny toe-piainana mafy orina ankatoavin’ny Fiangonana.
945. Ilay efa natokan’ny Batemy ho an’Andriamanitra, noho izy nanolo-tena Aminy izay tiany indrindra, dia mahatsiaro tena, ao amin’ny lalan’ny fanokanam-piainana, fa tafiditra lalindalina kokoa amin’ny fanokanan-tena hanompo an’Andriamanitra sy amin’ny fanoloran-tena hanasoa ny Fiangonana manontolo.

1474-1477

Paragrafy 5. Ny fiombonan’ny olomasina

- 823 946. Ny Sembolin’ny apôstôly, rahefa avy niaiky ny finoana “ny Fiangonana Masina katôlika”, dia manampy hoe “ny fiombonan’ny olomasina”. Io andalana io, dia tsy misy isalasalana fa fanazavana miharihary ny teo aloha : “Inona moa ny Fiangonana fa tsy ny fitambaran’ny olomasina rehetra ve³ ?” Ny fiombonan’ny olomasina raha soritana mazava, dia ny Fiangonana.
- 790 947. “Satria mirafitra ho vatana iray ihany ny mpino rehetra, ka ampitaina amin’ny hafa ny haren-tsoan’ny tsirairay (...).Tsy maintsy hinoana, araka izany, fa misy fiombonana haren-tsoa ao amin’ny Fiangonana. Ny rantsambatana ambony indrindra anefa dia i Kristy, satria Izy no loha (...). Araka izany, ny haren-tsoan’i Kristy dia ampitaina amin’ny rantsambatana rehetra, ary izany fampitana izany dia atao amin’ny alalan’ny sakramentan’ny Fiangonana”⁴. “Noho io Fiangonana io entin’ny Fanahy tokana ihany, ny haren-tsoa rehetra izay noraisiny dia manjary ilaina ho tahiry iombonana”⁵.
- 1331 948. Ka noho izany ny teny hoe “fiombonan’ny olomasina”, dia manana dikany roa mifamatotra mafy : “fiombonana amin’ny zavatra masina, *sancta*” sy “fiombonana eo amin’ny samy olona masina, *sancti*”.

¹ FAA 43, §4.

² jer. FF 36.

³ Nicéas, symb. 10.

⁴ Md Thomas d’A., symb.13.

⁵ Catech. R. 1,10,24.

“*Sancta sanctis !* (Izay zava-masina ho an’ireo izay olomasina)”, no ambaran’ny mpitarika fankalazana amin’ny ankamaroan’ny litorzia tatsinanana, rahefa amin’ny fanandratana ny Tolotra masina mialoha ny fizarana kômonio. Ny mpino (*sancti*) dia velomin’ny Vatana aman-dRan’i Kristy (*sancta*) mba hitombo ao amin’ny fiombonana amin’ny Fanahy Masina (*Koinônia*) sy hampita izany amin’izao tontolo izao.

I. Ny fiombonana amin’ny harem-panahy

949. Tao amin’ny ankohonam-piangonana voalohany tao Jerosalema, dia “nazoto tamin’ny fampianaran’ny apôstôly, nahatoky tamin’ny fiombonana mahampiray tam-po ara-pinoana, tamin’ny famakiana ny mofo ary tamin’ny fivavahana” (Asa 2,42) ny mpianatra :

Ny *fiombonana amin’ny finoana*. Ny finoan’ny mpino no finoan’ny *Fiangonana* noraisina avy tamin’ny apôstôly, raki-piainana izay mitombo amin’ny fizarana izany. 185

950. Ny *fiombonana amin’ny sakramenta*. “Ny vokatry ny sakramenta rehetra dia ho an’ny rehetra. Satria ny sakramenta, fa indrindra ny Batemy izay toy ny varavarana ka aminy no idiran’ny olombelona ao amin’ny Fiangonana, no tahaka ny fatorana masina izay mampiray ny rehetra sy mamehy azy ireo amin’i Jesoa-Kristy. Ny fiombonan’ny olomasina, dia fiombonana amin’ireo sakramenta (...). Ny anarana hoe fiombonana dia azo iantsoana ny tsirairay amin’ireo, satria ny tsirairay amin’ireo dia mampiray antsika amin’ Andriamanitra (...). Kanefa io anarana io dia sahaza tsara ny Eokaristia raha miohatra amin’ny hafa rehetra, satria ny Eokaristia indrindra no mahatanteraka an’io fiombonana io”¹. 1130
1331

951. Ny *fiombonana amin’ny fanomezam-pahasoavana* : ao amin’ny fiombonan’ny Fiangonana, ny Fanahy Masina “dia mizara koa amin’ireo mpino araka ny ambaratonga rehetra (...) ny fahasoavana manokana”, ho amin’ny fandrafetana ny Fiangonana². Ary “samy omena ny fanomezana maneho ny Fanahy izy tsirairay avy, mba hahasoa ny be sy ny maro” (1 Kôr 12,7). 799

952. “*Niombonan’izy ireo daholo ny zavatra rehetra*” (Asa 4,32) : “Izay rehetra ananan’ny tena kristianina tokoa, dia tokony heveriny ho tahaka ny harentsoa izay iombonany amin’ny rehetra, ary lalandava, tokony ho vonona sy dodona izy hamonjy amin’ny fahantrana sy amin’ny fahorian’ny namana”³. Ny kristianina no mpitantana ireo haren-tsoan’ny Tompo.⁴ 2402

¹ Catech. R. 1,10,24.

² FF 12.

³ Catech. R. 1,10,27.

⁴ jer. Lk 16,1.3.

1827 953. Ny *fiombonana amin'ny fitiavana* : ao amin'ny *fiombonana masina*
(*sanctorum communio*) “tsy misy amintsika, velona ho an'ny tenany, ary tsy
misy maty, ho an'ny tenany” (Rôm 14,7). “Mijaly ve ny rantsambatana iray ?
miara-mijaly aminy daholo ny rantsambatana rehetra. Mahazo voninahitra ve
ny rantsambatana iray ? miombona hafaliana aminy ny rantsambatana
rehetra. Ary ianareo no Vatan'i Kristy, ka samy rantsambatany manaraka ny
laharany tsirairay avy” (1 Kôr 12,26-27). “Ny fitiavana dia tsy mitady ny ho
2011 azy” (1 Kôr 13,5)¹. Ny kely indrindra amin'ny asantsika atao amim-pitiavana
dia misy akony amin'ny tombon-tsoan'ny rehetra, ao anatin'izany firaisan-
kina amin'ny olona rehetra izany, na velona na maty, izay miorina ao amin'
ny fiombonan'ny olomasina. Ny fahotana rehetra no manimba an'izany
845,1469 fiombonana izany.

II. Ny fiombonan'ny Fiangonan'ny lanitra sy ny tany

771 954. Ny *toetra telo ny Fiangonana*. “Amin'ny fiandrasana fa ho avy amin'ny
fiandrianany ny Tompo arahin'ny anjely rehetra, sy amin'ny fiandrasana ny
1031,1023 haharava ny fahafatesana, ka hanaiky ny Tompo ny zavatra rehetra, ny sasany
amin'ireo mpianany dia manohy ny fivahinian'izy ireo ety an-tany ; ny hafa,
rahefa tapitra ny fiainany tety, dia mbola midio ; farany, ny hafa dia ao
anatin'ny voninahitra amin'ny fibanjinana “an'ilay Andriamanitra tokana
Olona telo, amin'ny maha-Izy Azy, ao anatin'ny fahazavana tanteraka”² :

Kanefa isika rehetra, amin'ny ambaratonga samihafa sy amin'ny endrika
samihafa, dia miombona ao amin'ny fitiavana iray ihany, mankamin'
Andriamanitra sy mankamin'ny namana, amin'ny fihirana ny antsa
fanomezam-boninahitra iray ihany an'ilay Andriamanitsika. Satria, izay
rehetra an'i Kristy sy manana ny Fanahiny, no mitambatra ho Fiangonana iray
ihany sy mifanohana amin'ny maha-iray tsy mivaky ao amin'i Kristy³.

955. “Ny fiombonan'ireo izay mbola eny an-dalana miaraka amin'ny rahalahiny
izay efa nodimandry ao amin'ny fiadanan'i Kristy, dia tsy mahita
fahatapatapahana kely akory; ny mifanohitra amin'izany aza, fa araka ny
finoana tsy miova sy maharitra ao amin'ny Fiangonana, dia hamafisin'ny
fifanakalozana an'ireo harem-panahy izany fiombonana izany”⁴.

1370 956. Ny *fanalalan'ireo olomasina*. “Satria, noho ny firaisana lalindalina kokoa
amin'i Kristy, ny mponin'ny lanitra dia mandray anjara mba hahamafy
2683 fototra kokoa ny Fiangonana amin'ny fahamasinana (...). Tsy mitsahatra izy
ireo manalalana antsika eo anilan'ny Ray, amin'ny fanolorany ireo anjara

¹ jer. 10,24.

² FF 49.

³ FF 49.

⁴ FF 49.

valisoam-pahamendrehana azon'izy ireo tety an-tany tamin'ny alalan'Ilay hany Mpanalalana an'Andriamanitra sy ny olombelona, dia i Kristy Jesoa (...). Amin'izany ny fiahiam-pirahalahan'izy ireo no vonjy lehibe indrindra amin'ny kilemantsika"¹ :

Aza mitomany ianareo, fa ho ilainareo bebe kokoa aho aorian'ny fahafatesako ary hanampy anareo amin'ny fomba mandaitra kokoa noho izao mahavelona ahy izao².

Ho laniako amin'ny fanaovana ny tsara eto an-tany ny lanitro³.

957. *Ny fiombonana amin'ireo olomasina.* “Tsy noho ny oha-piainan'izy ireo fotsiny no anajantsika amin'ny alalan'ny fahatsiarovana ny mponin'ny lanitra; ny katsahintsika bebe kokoa amin'izany dia ny hanamafisana ny firaisan'ny Fiangonana manontolo ao amin'ny Fanahy noho ny fampiasana ny fifankatiavana maha-mpiray tam-po ara-pinoana. Satria ny fiombonan'ireo samy kristianina eto an-tany no mampanakaikikaiky antsika kokoa amin'i Kristy, dia tahaka izany koa ny fiombonana amin'ireo olomasina no mampiray antsika amin'i Kristy, izay avy Aminy, amin'ny maha-filohan'izy ireo Azy, no ipoiran'ny fahasoavana rehetra sy ny ain'ny tenan'izy Vahoakan'Andriamanitra”⁴ : 1173

I Kristy no itsaohantsika, satria Izy no Zanak'Andriamanitra ; fa ny amin' ireo marty, dia tiavintsika izy ireo amin'ny maha-mpianatra sy mpaka tahaka ny Tompo azy ireo, ary rariny izany, noho ny fanompoana tsy manan-tсахala ataon'izy ireo amin'ny mpanjaka sy tompon'izy ireo ; enga anie isika koa, ho naman'izy ireo sy ho mpiara-mianatra amin'izy ireo⁵.

958. *Ny fiombonana amin'ireo nodimandry.* “Amin'ny fiekena izany avy hatrany an'io fiombonana izay misy ao anatin'ny vatana mistikan'i Jesoa-Kristy manontolo io, ny Fiangonana ao amin'ireo rantsambatany izay mizotra ety an-tany dia nanamarika tamin'ny fitiavam-bavaka betsaka ny fahatsiarovana an'ireo nodimandry hatramin'ny fotoana niandohan'ny fivavahana kristianina, amin'ny fanolorana koa ny vavaka ho azy ireo ; satria “ny mihevitra hivavaka ho an'ny maty, mba hahafahan'izy ireo amin'ny fahotany, dia hevitra masina ombam-pitiavam-bavaka” (2 Mak 12,45)”⁶. Ny vavaka ataontsika ho azy ireo dia tsy natao fotsiny hanampy azy ireo, fa koa hampandaitra ny fanalalan'izy ireo amin'ny soa ho antsika. 1371 1032,1689

¹ FF 49.

² Md Dominique, maty, ho an'ireo rahalahiny, jer. Jourdain de Saxe, lib. 93.

³ Mb Terezin'i Jesoa Zazakely, verba.

⁴ FF 50.

⁵ Md Polycarpe, mart. 17.

⁶ FF 50.

1027 959. *Ao amin'ny fianakaviana tokan'Andriamanitra. "Raha ny fifankatiavana sy ny fiaraha-midera ny Trinite Masina Indrindra no mampiombona antsika samy isika, isika rehetra, zanak'Andriamanitra izay tsy hafa fa fianakaviana iray ihany ao amin'i Kristy, dia aoka isika hiara-manoina ny fiantsoana manako lalina ao amin'ny Fiangonana"*¹.

FAMINTINANA

960. *"Fiombonan'ny Olomasina" ny Fiangonana : izany fombam-piteny izany dia manondro ny "zava-masina" (sancta) aloha, ka voalohany indrindra amin'izany ny Eokaristia, izay amin'izany "no anehoana sy anatontosana ny firaisan'ny mpino izay miforona ho Vatana iray ihany ao amin'i Kristy"*².

961. *Io fombam-piteny io dia manondro koa ny fiombonan'ireo "olona masina"(sancti) ao amin'i Kristy izay "maty ho an'ny olona rehetra", hany ka izay ataon'ny tsirairay na iaretany fijaliana ao amin'i Kristy sy ho an'i Kristy, dia mitondra vokatra ho an'ny rehetra.*

962. *"Inoantsika ny fiombonan'ny mpino rehetra an'i Kristy, dia ireo izay mpivahiny eto an-tany, ireo nodimandry izay manapitra ny fidiovany, ireo olontsambatra any an-danitra, ka ireo rehetra ireo mitambatra no mamorona ny Fiangonana iray ihany, ary inoantsika fa amin'io fiombonana io ny fitiavana be indrafon'Andriamanitra sy ny olomasiny dia mihaino lalandava ny fivavahantsika"*³.

Paragrafy 6. *I Maria – Renin'i Kristy, Renin'ny Fiangonana*

487-507, 721-726 963. *Rahefa voaresaka ny anjara asan'i Maria Virjiny ao amin'ny misterin'i Kristy sy ny Fanahy, dia mety amin'izay ny mandinika ny toerany ao amin'ny misterin'ny Fiangonana. "Araka izany, i Maria Virjiny (...) dia ekena sy hajaina fa tena Renin'Andriamanitra sy Renin'ny Mpanavotra tokoa (...). Izy koa dia tena "Renin'ny rantsambatan' [i Kristy] tokoa (...) noho izy niara-niasa tamin'ny fitiavany tamin'ny fiterahana tao amin'ny Fiangonana ny mpino izay rantsambatan'io Filoha io"*⁴. " ... I Maria Renin'i Kristy dia Renin'ny Fiangonana"⁵.

¹ FF 51.

² FF3.

³ SPF 30.

⁴ FF 53, lazain'i Md Augustin, virg. 6.

⁵ Paoly VI, lahateny tamin'ny 21 nôvambra 1964.

I. Ny maha-Renin'ny Fiangonana an'i Maria

Miray fiainana tanteraka amin'ny Zanany...

964. Ny anjara asan'i Maria amin'ny Fiangonana dia tsy azo sarahina amin'ny firaisam-piainany amin'i Kristy, avy aminy mivantana izany. “Io firaisam-piainan'i Maria amin'ny Zanany ao amin'ny tsanganasam-pamonjena io dia niharihary nanomboka tamin'ny fotoana nahatorontoronina an'i Kristy tao an-kibo virjiny tsy voakasi-pahotana, hatramin'ny nahafatesany”¹. Niharihary manokana izany tamin'ny oran'ny fijaliany:

Nandroso tamin'ny zotram-pinoana ilay Virjiny sambatra, tamin'ny nitandrovana marina ny firaisana amin'ny Zanany hatreo amin'ny 534
Hazofijaliana izay nijoroany, araka ny fandaharan'Andriamanitra, tamin'ny niaretany fijaliana mangirifiry niaraka tamin'ny Zanany Lahitokana, tamin'ny nandraisany anjara tamin'ny fon-dreny ny sorony, tamin'ny nanomezany ny 618
fanekem-pitiavany amin'ny fisoronana an'ilay sorona, teraka avy amin'ny nofony, ary amin'ny farany, tamin'ny alalan'io Kristy Jesoa maty teo amin'ny Hazofijaliana io ihany, nomena ho Renin'ilay mpianatra, tamin'ireto teny ireto : “Ravehivavy, indro ny zanakao” (Jo. 19,26)².

965. Taorian'ny Fiakaran'ny Zanany any an-danitra, i Maria dia “nanotrana tamin'ny fivavahany ny Fiangonana vao teraka”³. Nivory niaraka tamin'ny apôstôly sy vehivavy sasantsasany, “dia hita i Maria niantso koa tamin'ny fivavahany ny fanomezana ny Fanahy izay, tamin'ny Filazana, no efa azon'ny tenany teo ambany alony”⁴.

... ary koa tamin'ny Fampiakarana azy any an-danitra.

966. “Farany, ilay Virjiny madio tsy voakasi-pahotana, narovan'Andriamanitra mialoha tsy ho voan'ny fahotana tamin'ny fototra mihitsy, nony tapitra ny fiainany teto an- 491
tany, dia nakarina vatana sy fanahy any amin'ny voninahitry ny lanitra, ary nasandrany ny Tompo ho Mpanjakavavin'izao tontolon'ny zava-drehetra izao, mba hitovy tanteraka araka izany amin'ny Zanany, Tompon'ny tompo, mpandresy ny fahotana sy ny fahafatesana”⁵. Ny Fampiakarana any an-danitra ny Virjiny Masina dia fandraisana anjara miavaka amin'ny Fitsanganan'ny Zanany ho velona sy fananganan-ko velona mialoha an'ireo kristianina hafa :

Tao amin'ny fiterahanao dia voatahirinao ny maha-virjiny, tao amin'ny torimasom-pahafatesanao, tsy nandao an'izao tontolo izao ianao, ry Renin'Andriamanitra : nikambana tamin'ilay loharanon'Aina ianao, ianao

¹ FF 57.

² FF 58.

³ FF 69.

⁴ FF 59.

⁵ FF 59 ; jer. koa Fanambaràna nataon'ny Papa Pie XII, tamin'ny taona 1950, ny foto-pinoana momba ny Fampiakarana any an-danitra an'i Maria Virjiny Sambatra : DS 3903.

izay niteraka an'ily Andriamanitra velona ary, tamin'ny vavaka nataonao, no hanafahanao ny fanahinay amin'ny fahafatesana¹.

... izy no Renintsika ao amin'ny fandaharam-pahasoavana.

967. Noho ny firaketany tanteraka amin'ny sitrapon'ny Ray, amin'ny tsanganasampanavotan'ny Zanany, amin'ny fanentanana manontolo ny Fanahy Masina, i Maria
2679 Virjiny ho an'ny Fiangonana no môdely amin'ny finoana sy ny fitiavana. Amin'izany, izy no “rantsambatana ambony indrindra sy tokana aman-tany tanteraka
507 ao amin'ny Fiangonana”², izy mihitsy no nanorina “ny fanatanterahana môdelin'ny”,
typus, Fiangonana³.
968. Kanefa ny anjara asany raha oharina amin'ny Fiangonana sy amin'ny olombelona
494 manontolo, dia mbola lasa lavidavitra kokoa. “Izy no nitondra teo amin'ny
tsanganasan'ny Mpamonjy, ny fiaraha-miasa tanteraka tsy manan-tсахala, tamin'ny
alalan'ny fanekeny, ny finoany, ny fanantenany, ny fitiavany miredareda, mba
himpody ao amin'ny olombelona ny aina mihoatra ny natoraly. Izany no antony
mahatonga azy ho Renintsika, ao amin'ny fandaharam-pahasoavana”⁴.
969. “Izany maha-reny an'i Maria ao anatin'ny fitantanam-pahasoavana izany,
149,501 nanomboka tamin'ny fankatoavana izay nasehony tamin'ny alalan'ny finoany, ny
andron'ny Filazana, ary mbola notanany tao anatin'ny herim-po teo am-pototry ny
Hazofijaliana, dia mitohy tsy tapaka mandra-pahafeno tanteraka ny olom-pinidy
rehetra. Satria, taorian'ny Fampiakarana azy any an-danitra, tsy nitsahatra ny anjara
1370 asany amin'ny famonjena : amin'ny alalan'ny fitalahoany miverimberina, ataony tsy
tapaka ny hahazoantsika ny fanomezana izay miantoka ny famonjena antsika
mandrakizay (...). Izany no antony iantsoana ao amin'ny Fiangonana ny Virjiny
sambatra amin'ireto anarana ireto hoe : mpisolovava, mpanampy, mpanome vonjy,
mpanelanelana”⁵.
970. “Ny anjara asa maha-Reny an'i Maria eo anatrehan'ny olombelona anefa, tsy
2008 manakona ary tsy mampihena kely akory ny maha-mpanelanelana tokana an'i Kristy:
vao mainka aza mampiseho ny heriny izany. Satria ny fihatran'ny hery rehetra
mahavonjy avy amin'ny Virjiny sambatra (...), dia avy amin'ny soa mihoa-pampana
nataon'i Kristy ; miankina amin'ny fanelanelanan'i Kristy izany ny herim-
pamonjen'i Maria, fanelanelanana izay iankinany manontolo ary avy amin'izany no
isintonany ny heriny rehetra”⁶. “Tsy misy zavaboary na dia iray aza araka izany na
rahoviana na rahoviana azo apetraka hitovy laharana amin'ny Teny tonga nofo sy
1545 mpanavotra. Kanefa sahala amin'ny andraisana anjara amin'ny endrika samihafa ny
maha-mpisorona an'i Kristy, na ho an'ny mpandraharaha masina na ho an'ny
vahoaka mpino, sy sahala amin'ny tena irotsahan'ny hatsaram-po tokan'
Andriamanitra tokoa amin'ny endrika samihafa eo amin'ny zavaboary, dia tahaka

¹ Litorzia bizantinina, Tononkalom-pivavahana amin'ny fetin'ny Dormition (15 aogositra).

² FF 53.

³ FF 63.

⁴ FF 61.

⁵ FF 62.

⁶ FF 60.

izany ny fanelanelanana tokan'ily Mpanavotra, tsy manafoana, fa vao mainka aza mahatonga fiaraha-miasa isan-karazany avy amin'ny zavaboary, miankina amin'ny loharano tokana”¹. 308

II. Ny fanajana am-bavaka an'i Virjiny Masina

2673-2679

971. “*Antsoin'ny taranaka rehetra hoe sambatra aho*” (Lk 1,48) : “Ny fitiavan-kanaja am-bavaka ataon'ny Fiangonana amin'ny Virjiny Masina, dia tafiditra ao anatin'ny fanompoam-pivavahana kristianina”². Ny Virjiny Masina dia “omen'ny Fiangonana voninahitra ara-drariny amin'ny alalan'ny fanajana am-bavaka manokana. Izany tokoa, fa efa hatramin'ny fahagolan-tany, ny Virjiny sambatra no nomem-boninahitra tamin'ny anarana hoe : “Renin'Andriamanitra” ; ny mpino dia mialoka eo ambany fiarovany, amin'ny fitalahoam-bonjy aminy amin'ny loza rehetra manjo azy ireo sy ny zavatra rehetra ilain'izy ireo (...). Io fanajana am-bavaka io (...) na dia mampiseho endrika tsy manam-paharoa tanteraka aza, (...) dia tsy misy itoviana mihitsy na kely aza amin'ny fivavahana fitsaohana atao amin'ny Teny tonga nofo ary koa amin'ny Ray sy amin'ny Fanahy Masina ; afaka manampy amin'ny fomba ambony dia ambony ny fitsaohana an'Andriamanitra ny fanajana am-bavaka an'i Maria”³ ; hita ny fampisehoana an'io fanajana io, ao amin'ireo fety litorzika natokana ho an'ny Renin'Andriamanitra⁴ sy ao amin'ny vavaka momba an'i Masina Maria toy ny Raozery Masina, izay “famintinana ny Evanjely manontolo”⁵. 1172 2678

III. Maria – sarimasina maneho ny Fiangonana any am-parany any

972. Rahefa avy niresaka ny amin'ny Fiangonana, ny amin'ny fiandohany, ny amin'ny fanirahana azy ary ny amin'ny anjara fiafarany, dia tsy ho haintsika ny tsy hamarana metimety kokoa raha tsy manopy maso any amin'i Maria, mba hibanjina ao aminy ny atao hoe Fiangonana ao amin'ny misteriny, ao amin'ny “fivahiniany ara-pinoana” sy izay ho toetrany any an-tanindrazana amin'ny faran'ny diany, izay iandrasana izany “ao amin'ny voninahitry ny Trinite Masina Indrindra sy tsy azo sarahina”, “ao amin'ny fiombonan'ny olomasina rehetra”⁶, ilay izay hajain'ny Fiangonana ho Renin'ny Tompony sy ho Renin'ny tenany : 773 829

Ny Renin'i Jesoa, sahala amin'ny any an-danitra izay efa anomezam-boninahitra azy vatana sy fanahy, no mampiseho sy misantatra ny Fiangonana amin'ny fahatanterahany ao anatin'ny fotoan-ko avy, torak' izany koa ety antany, eo am-piandrasana ny fahatongavan'ny andron'ny Tompo, dia efa mamirapiratra sahadry toy ny famantaram-panantenana azo antoka izy, sy 2853

¹ FF 62.

² MC 56.

³ FF 66.

⁴ jer. L 103.

⁵ jer. MC 42.

⁶ FF 69.

fiononana eo anatrehan'ny Vahoakan'Andriamanitra eny an-dalam-pivahiniana¹.

FAMINTINANA

973. *Teo am-panononana ny “Aoka anie ho tanteraka amiko” tamin'ny Filazana sy teo am-panolorana ny fanekeny ny misterin'ny Fahatongavana ho Nofo i Maria dia efa niara-niasa sahadry tamin'ny tsanganasa manontolo izay tsy maintsy hotanterahin'ny Zanany. Reny izy ao amin'izay rehetra maha-Mpamonjy sy Lohan'ny Vatana mistikan'ny Zanany.*

974. *I Maria Virjiny Masina Indrindra, nony tapitra ny androm-piainany teto an-tany, dia nakarina vatana sy fanahy ao amin'ny voninahitra any andanitra, izay any Izy no efa mandray anjara sahadry amin'ny voninahitry ny Fitsanganan'ny Zanany ho velona, misantatra ny fitsanganan-ko velon'ny rantsambatana rehetra an'ny Vatany.*

975. *“Mino isika fa ny Reny Masin'Andriamanitra Indrindra, Eva vaovao, Renin'ny Fiangonana, dia manohy any an-danitra ny anjara asa maha-Reny azy eo anatrehan'ny rantsambatan'i Kristy”².*

ANDALANA 10

“Izaho mino ny famelana ny fahotana”

976. Mampifamatotra ny finoana ny famelana ny fahotana amin'ny finoana ny Fanahy Masina ny Sembolin'ny apôstôly, ary koa amin'ny finoana ny Fiangonana sy amin'ny fiombonan'ny olomasina. Tamin'ny nanomezany ny Fanahy Masina ny apôstôliny i Kristy tafatsangan-ko velona no nanome azy ireo ny fahefana maha-Andriamanitra ny Tenany mamela ny fahotana : “Raiso ny Fanahy Masina. Ireo izay havelanareo ny fahotany dia ho voavela amin'izany izy ireo ; ireo izay hotananareo izany, dia ho voatana amin'izany izy ireo” (Jo 20, 22-23).

(Ny fizarana faharoa amin'ny Katesizy no hamelabelatra mazava tsara ny amin'ny famelana ny fahotana amin'ny alalan'ny Batemy, amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Fivalozana ary amin'ny alalan'ny sakramenta hafa, indrindra ny Eokaristia. Ampy àry ny mampahatsiahy fohifohy eto, ny foto-kevitra vitsivitsy iaingana).

¹²⁶³ I. Batemy tokana ho amin'ny famelana ny fahotana

977. Ny Tompontsika dia mampifamatotra ny famelana ny fahotana amin'ny finoana sy amin'ny Batemy : “Mandehana ianareo amin'izao tontolo izao, mitoria ny Vaovao Mahafaly amin'ny voary manontolo. Izay hino ka hatao batemy dia ho voavonjy”

¹ FF 68.

² SPF 15.

(Mk 16,15-16). Ny Batemy no voalohany sy lehibe indrindra amin'ny sakramentan'ny famelana ny fahotana, satria izy no mampiray antsika amin'i Kristy maty noho ny fahotantsika, nitsangan-ko velona ho fanamarinana antsika¹, mba "hivelomantsika ihany koa amin'ny fiainam-baovao" (Rôm 6, 4).

978. "Tamin'ny fotoana nanaovantsika ny fiekem-pinoantsika voalohany, rahefa nandray ny Batemy masina izay nanadio antsika isika, dia feno sy manontolo tokoa ny famelana ny fahotantsika, hany ka tsy misy na inona na inona hofafana intsony ao amintsika, na ny avy amin'ny fahotana tamin'ny fototra, na ny avy amin'ny fahotana niniansika natao, ary tsy misy sazy na iray aza hiaretana mba hanonerana izany (...). Kanefa na izany aza, tsy manafaka ny kileman'ny maha-olona ny fahasoavan'ny Batemy. Vao mainka aza isika mbola miady amin'ny fitaoman'ny fanirian-dratsy izay tsy mitsahatra mandrisika antsika ho amin'ny ratsy"². 1264

979. Amin'izany adin'ny fironana amin'ny ratsy izany, iza no ampy herim-po sy fitandremana mba ho afaka amin'ny ratram-pahotana rehetra? "Araka izany, raha ilaina ny hananan'ny Fiangonana ny fahefana hamela ny fahotana, dia tsy tokony ho ny Batemy koa ho azy no hany fitaovana ampiasaina amin'ireo fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra izay noraisiny tamin'i Jesoa-Kristy; tokony ho afaka mamela ny fahadisoan'ireo mpibebaka rehetra izy, na dia hanota aza izy ireo hatramin'ny faran'ny androm-piainan'izy ireo"³. 1446

980. Amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Fivalozana no ahafahan'ny vita batemy mihavana indray amin'Andriamanitra sy amin'ny Fiangonana : 1422-1484

Marina ny an'ireo Aba miantso ny fivalozana hoe "Batemy miasa mafy"⁴. Io sakramentan'ny Fivalozana io, ho an'ireo izay lavo indray taorian'ny Batemy, dia ilaina ho amin'ny famonjena, tahaka ny ilana ny Batemy ho amin'izany koa, ho an'ireo izay tsy mbola nateraka indray⁵.

II. Ny fahefan'ny fanalahidy

981. I Kristy taorian'ny nitsanganany ho velona dia naniraka ny apôstôliny "hitory amin'ny firenena rehetra ny fibebahana amin'ny anarany ho famelana ny fahotana" (Lk 24,47). Tsy ny fanambaràna amin'ny olombelona ny famelan'Andriamanitra mendrika ho antsika amin'ny alalan'i Kristy, sy ny fiantsoana azy ireo hibebaka sy hino, no hany nanatanterahan'ny apôstôly sy ny dimbin'izy ireo izany "andraiki-panompoana amin'ny fampihavanana" (2 Kôr 5,18) izany, fa koa ny fampitana amin'izy ireo ny famelana ny fahotana amin'ny alalan'ny Batemy sy ny fampihavanana azy ireo amin'Andriamanitra sy ny Fiangonana, noho ny fahefan'ny fanalahidy noraisina avy amin'i Kristy : 1444

¹ jer. Rôm 4,25.

² Catech. R. 1,11,3.

³ Catech. R. 1,11,4.

⁴ Md Grégoire de Naz., or. 39,17.

⁵ Kôns. Trente : DS 1672.

553 Nandray ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra ny Fiangonana, mba ho ao aminy no hamelana ny fahotana amin'ny alalan'ny ran'i Kristy sy ny asan'ny Fanahy Masina. Ao amin'io Fiangonana io no hahaveloman'ny fanahy indray, izay matin'ny fahotana, mba ho velona miaraka amin'i Kristy, izay ny fahasovany no nahavonjy antsika¹.

1463 982. Tsy misy hadisoana na dia iray aza, na toy inona halehibeny, ka tsy ho azon'ny Fiangonana Masina havela. "Tsy misy olona, na dia ratsy fanahy sy meloka toy inona tokoa aza izy, izay tsy tokony hanantena intsony ny famelana azy, raha toa ka avy ao am-po tokoa ny fanenenany"². Sitrak'i Kristy izay maty ho an'ny olombelona rehetra, ny hisokafan'ny varavaran'ny famelana lalandava ao amin'ny Fiangonany, ho an'izay miala amin'ny fahotana na iza na iza³.

1442 983. Hiezaka ny katesezy hamohafoha sy hamelona ny finoan'ireo mpino, noho ny halehiben'ny fanomezana izay nataon'i Kristy nitsangan-ko velona ho an'ny Fiangonany : ny fanirahana sy ny fahefana hamela marina tokoa ny fahotana, amin'ny alalan'ny andraiki-panompoan'ny apôstôly sy ny dimbin'izy ireo :

1465 Sitraky ny Tompo ny hananan'ny mpianany fahefana lehibe dia lehibe : sitrany raha ny mpanompony mahantra no manatanteraka amin'ny anarany izay rehetra nataony fony Izy teto an-tany⁴.

Nandray ny fahefana izay tsy nomen'Andriamanitra na tamin'ny anjely na tamin'ny arkanjely ny Pretra. (...) Ataon'Andriamanitra any ambony any manan-kery izay rehetra ataon'ny Pretra eto an-tany⁵.

Raha tsy nisy ny famelana ny fahotana ao amin'ny Fiangonana, tsy hisy fanantenana na kely aza, ary tsinontsinona ny fanantenana ny fiainana mandrakizay sy ny fanafahana mandrakizay. Isaorantsika Andriamanitra izay nanome ho an'ny Fiangonany ny fanomezana toy izany⁶.

FAMINTINANA

984. *Ny Izaho mino dia mampifandray "ny famelana ny fahotana" sy ny fiekem-pinoana momba ny Fanahy Masina. Satria, nankinin'i Kristy nitsangan-ko velona tamin'ny apôstôly ny fahefana hamela ny fahotana tamin'ny nanomezany azy ireo ny Fanahy Masina.*

985. *Ny Batemy no sakramenta voalohany sady fototra amin'ny famelana ny fahotana : mampiray antsika amin'i Kristy maty sy nitsangan-ko velona izany, ary manome antsika ny Fanahy Masina.*

¹ Md Augustin, serm. 214,11.

² Catech. R. 1,11, 5.

³ jer. Mt 18,21-22.

⁴ Md Ambroise, poenit. 1,8,34.

⁵ Md Jean Chrysostome, sac. 3,5.

⁶ Md Augustin, serm. 213,8.

986. Avy amin'ny sitrapon'i Kristy no ananan'ny Fiangonana ny fahefana hamela ny fahotan'ny vita batemy, ary amin'ny alalan'ny Eveka sy ny Pretra no fomba mahazatra anatanterahany izany amin'ny sakramentan'ny fivalozana.

987. “Ny Pretra sy ny sakramenta, amin'ny famelana ny fahotana, no fitaovana mangarangarana izay tena sitrak'i Jesoa-Kristy Tompontosika, ilay hany Tompon'antoka sy Mpizarazara ny famonjena ho antsika, ampiasaina mba hamafana ny tsy fahamarinantsika sy hanomezana antsika ny fahasoavam-panamarinana”¹.

ANDALANA 11

“Izaho mino ny fitsanganan'ny vatana amin'ny maty”

988. Ny Izaho mino kristianina – fiekena ny finoantsika an'Andriamanitra Ray, Zanaka sy Fanahy Masina, sy ny asany mahary, mamonjy ary manamasina – dia tonga amin'ny fara tampony amin'ny fanambaràna ny fitsanganan'ny maty ho velona amin'ny farandro, ary ny fiainana mandrakizay.

989. Mino mafy isika, ary manantena amin'izany, fa tahaka an'i Kristy nitsangan-ko velona marina tokoa avy amin'ny maty, ary velona mandrakizay, dia tahaka izany, ireo olo-marina aorian'ny fahafatesan'izy ireo dia ho velona mandrakizay miaraka amin'i Kristy nitsangan-ko velona ary Izy hanangana azy ireo ho velona amin'ny farandro². Tahaka ny Azy, ny fitsanganantsika ho velona dia ho tsanganasan'ny Trinite Masina Indrindra :

Ary raha ny Fanahin'Ilay izay nanangana an'i Jesoa avy amin'ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Ilay izay nanangana an'i Kristy Jesoa avy amin'ny maty no hamelona koa ny vatanareo mety maty, amin'ny alalan'ny Fanahiny izay mitoetra ao anatinareo” (Rôm 8,11)³.

990. Ny teny hoe “nofo” dia enti-milaza ny olombelona amin'ny toetra maha-osa sy mahamety maty azy⁴. Ny “fitsanganan'ny nofo ho velona”, dia midika fa, aorian'ny fahafatesana, tsy ny ain'ny fanahy tsy mety maty ihany no hisy, fa koa ny “vatantsika mety maty” (Rôm 8,11) dia ho velona indray.

991. Ny mino ny fitsanganan'ny maty ho velona dia singafotra iray tsy azo avela amin'ny finoana kristianina hatrany am-piandohany. “Finoam-

¹ Catech. R. 1,11,6.

² jer. Jo 6,39-40.

³ jer. 1 Tes 4,14 ; 1 Kôr 6,14 ; 2 Kôr 4,14 ; Filip 3,10-11.

⁴ jer. Jen 6,3 ; Sal 56,5 ; Iz 40,6.

pahamarinana kristianina ny fitsanganan'ny maty ho velona ; izany finoana izany no mamelona antsika”¹ :

Ahoana ity ilazan'ny sasany aminareo hoe tsy misy ny fitsanganan'ny maty ho velona ? Raha tsy misy ny fitsanganan'ny maty ho velona, tsy nitsangan-ko velona tokoa i Kristy. Kanefa raha tsy nitsangan-ko velona i Kristy, dia foana izany ny toriteninay, foana koa ny finoanareo (...). Tsy izany anefa, fa efa nitsanganana-ko velona avy amin'ny maty i Kristy, ary Izy no santatr'ireo izay nodimandry (1 Kôr 15,12-14.20).

I. Ny Fitsanganan'i Kristy ho velona sy ny antsika

Fanambaràna miandalana ny Fitsanganan-ko velona

297 992. Ny fitsanganan'ny maty ho velona dia nambaran'Andriamanitra miandalana tamin'ny Vahoakany. Ny fanantenana ny amin'ny fitsanganan'ny vatan'ny maty ho velona, dia mampanaiky ho vokatry ny finoana avy anaty an'ilay Andriamanitra mpahary ny olombelona manontolo, fanahy sy vatana. Ilay mpahary ny lanitra sy ny tany no Ilay izay mitana marina ny fanekem-pihavanany tamin'i Abrahama sy ny taranany koa. Avy amin'izany fijery anankiroa izany no hanomboka hazava ny finoana ny amin'ny fitsanganan-ko velona. Tao anatin'ny fitsapan-toetra azy ireo, ry Makabeo martiry no nanambara ampahibemaso fa :

Ilay Mpanjakan'izao tontolo izao dia hanangana anay ho amin'ny fiainana mandrakizay, izahay izay maty amin'ny lalànany (2 Mak 7,9). Sambatra izay matin'ny tanan'olombelona amin'ny fifikirana ny fanantenana avy amin'Andriamanitra fa ho hatsangany amin'ny maty ! (2 Mak 7,14)².

575 993.Ny Farisianina³ sy ny olona betsaka niara-niaina tamin'ny Tompo⁴ dia nanantena ny fitsanganan-ko velona. Nampianatra izany tamin'ny fomba hentitra i Jesoa. Iza no navaliny an'ireo Sadoseanina izay nandà izany : “Tsy fantatrareo na ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra, ka diso hevitra ianareo” (Mk 12,24). Ny finoana ny fitsanganan-ko velona dia miompana 205 amin'ny finoana an'Andriamanitra izay “tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ny velona” (Mk 12,27).

994. Fa fanampin'izany : Ampiraisin'i Jesoa amin'ny Tenany mihitsy ny finoana ny fitsanganan-ko velona : “Izaho no Fananganana-ko velona sy fiainana” (Jo 11,25). Ny Tenan'i Jesoa ihany no hanangana ho velona amin'ny farandro

¹ Tertullien res. 1,1.

² jer. 2 Mak 7,29 ; Dan 12,1-13.

³ jer. Asa 23,6.

⁴ jer. Jo 11,24.

an'ireo izay hino Azy¹ sy izay hihinana ny nofony sy hisotro ny rany².
Nanomboka hatreo, nanome famantarana sy antoka amin'izany Izy tamin'ny 646
famelomana ny maty sasantsasany³, ilazana avy amin'izany ny Fitsanganan'
ny tenany ho velona izay ho amin'ny fomba hafa anefa. Ho amin'io zava-
niseho tokana aman-tany io, no nitenenany ny famantarana ny amin'i
Jônasa⁴, ny famantarana ny amin'ny Tempoly⁵ : Manambara ny Fitsanganany 652
ho velona amin'ny andro fahatelo, aorian'ny famonoana Azy ho faty Izy⁶.

995. Ny hoe vavolombelon'i Kristy, dia “vavolombelon'ny Fitsanganany ho
velona” (Asa 1,22)⁷, “nihinana sy nisotro niaraka Taminy taorian'ny 860
Fitsanganany tamin'ny maty” (Asa 10,41). Ny fanantenana kristianina ny
amin'ny fitsanganan-ko velona dia voamarika indrindra tamin'ireo fihaonana
tamin'i Kristy nitsangan-ko velona. Hitsangan-ko velona toa Azy, miaraka 655
Aminy, amin'ny Alalany, isika.

996. Hatrany am-piandohana, ny finoana kristianina ny amin'ny fitsanganan-ko
velona dia tojon'ny tsy fahatakarana an-tsaina sy fanoherana⁸. “Tsy misy na 643
iray aza eo amin'ny lafiny finoana kristianina tojon'ny fanoheran-kevitra afa-
tsy ny amin'ny fitsanganan'ny nofo ho velona”⁹. Ekena tokoa amin'ny
ankapobeny fa aorian'ny fahafatesana, ny fiainan'ny olombelona dia mitohy
amin'ny endrika ara-panahy. Kanefa ahoana no inoana fa ity vatana
miharihary fa mety maty ity dia ho afaka hitsangan-ko velona ho amin'ny
fiainana mandrakizay ?

Ahoana no hitsanganan'ny maty ho velona indray ?

997. *Inona ny hoe “mitsangan-ko velona” ?* Amin'ny fahafatesana, fisarahan'ny
fanahy sy ny vatana, ny vatan'ny olombelona no tratran'ny fahalovana, fa ny 366
fanahiny dia lasa mihaona amin'Andriamanitra, eo am-piandrasana ny
iraisany indray amin'ny vatany nomem-boninahitra. Andriamanitra amin'ny
maha-Mahafa ny zavatra rehetra Azy dia hamerina tanteraka ny aina tsy mety
lo amin'ny vatantsika amin'ny fampiraisana azy amin'ny fanahintsika, noho
ny herin'ny Fitsanganan'i Jesoa ho velona.

¹ jer. Jo 5,24-25 ; 6,40.

² jer. Jo 6,54.

³ jer. Mk 5,21-43 ; Lk 7,11-17 ; Jo 11.

⁴ jer. Mt 12,39.

⁵ jer. Jo 2,19-22.

⁶ jer. Mk 10,34.

⁷ jer. 4,33.

⁸ jer. Asa 17,32 ; 1 Kôr 15,12-13.

⁹ Md Augustin, Psal. 88,2,5.

1038 998. *Iza no hitsangan-ko velona ?* Ny olombelona rehetra izay maty : “Ireo izay nanao soa dia hatsangan-ko velona ho amin’ny fiainana, fa ireo izay nanao ratsy dia hatsangan-ko velona ho amin’ny fahaverezana mandrakizay” (Jo 5,29)¹.

640 999. *Amin’ny fomba ahoana ?* I Kristy dia nitsangan-ko velona niaraka tamin’ny vatany mihitsy : “Zahao ny tanako sy ny tongotro : Izaho mihitsy ity” (Lk 24,39) ; kanefa tsy niverina tamin’ny fiainana teto an-tany Izy. Torak’izany koa, ao Aminy “ny olona rehetra no hatsangan-ko velona miaraka amin’ny vatan’izy ireo, izay ananan’izy ireo ankehitriny”², kanefa izany vatana izany dia hiova endrika ho vatana be voninahitra³, “ho vatana mitoe-panahy” (1 Kôr 15,44) :

“Fa hisy hanao hoe : fomba ahoana no hitsanganan’ny maty ho velona ? Amin’ny vatana toy inona no hiverenany ? Ry adala ! Izay afafinao, tsy ho velona, raha tsy maty. Ary izay afafinao, tsy ny tenan’izay ho avy, fa ny voa ihany (...). Mety lo izy no afafy, fa tsy mety lo no atsangana ; (...) ny maty dia ho hatsangana amin’ny tsy fahalovana (...). Noho izany, ity mety lo ity hitafy ny tsy fahalovana, ary ity mety maty ity hitafy ny tsy fahafatesana” (1 Kôr 15,35-37. 42.52-53).

647 1000. Io amin’ny “fomba ahoana” io dia mihoatra ny eritreritsika sy ny saintsika ; tsy mety ho azo afa-tsy amin’ny finoana izany. Kanefa ny fandraisantsika anjara amin’ny Eokaristia no isantarantsika sahadry ny fanovàna endrika ny vatantsika amin’ny alalan’i Kristy :

1405 Toy ny mofo izay avy amin’ny tany, rahefa avy nandray ny valim-pitalahoana avy amin’Andriamanitra, dia tsy mofo tsotra intsony, fa Eokaristia, izay itambaran-javatra roa : ny iray avy amin’ny tany ary ny iray avy amin’ny lanitra, dia toy izany koa ny vatantsika izay mandray anjara amin’ny Eokaristia, tsy mety lo intsony, satria manana ny fanantenana ny fitsanganan-ko velona⁴.

1038,673 1001. *Rahoviana ?* Tsy miova intsony fa “amin’ny farandro” (Jo 6,39-40.44.55 ; 11,24) ; “amin’ny faran’izao tontolo izao”⁵. Noho izany, ny fitsanganan’ny maty ho velona dia mifamatotra lalina amin’ny Fahatongavan’i Kristy indray :

Satria ny Tenan’Izy Tompo ihany, amin’ny baiko homena amin’ny alalan’ny feon’arkanjely sy ny feon-trômpetran’Andriamanitra, dia hidina avy any andanitra, ka izay maty tao amin’i Kristy no hatsangana aloha (I Tes 4,16).

Mitsangan-ko velona miaraka amin’i Kristy

1002. Raha marina fa i Kristy no hanangana antsika ho velona “amin’ny farandro”, dia marina koa, amin’ny endrika iray, fa efa natsangan-ko velona miaraka amin’i Kristy

¹ jer. Dan 12,2.

² Kôns. Latran IV : DS 801.

³ jer. Filip 3,21.

⁴ Md Irénée, haer. 4,18,5.

⁵ FF 48.

isika. Satria, noho ny Fanahy Masina, ny fiainana kristianina, amin'izao mbola eto an-tany izao, dia fandraisana anjara amin'ny fahafatesana sy amin'ny Fitsanganan'i Kristy ho velona : 655

Fa niara-nalevina tamin'i Kristy ianareo tamin'ny Batemy, ary niara-nitsangana taminy koa, satria nino ny herin'Andriamanitra izay nanangan-ko velona Azy avy amin'ny maty ianareo (...). Koa raha niara-natsangan-ko velona tamin'i Kristy àry ianareo, ny zavatra any ambony any amin' izay misy an'i Kristy, mipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra, no katsaho (Kôl 2,12 ; 3,1).

1003. Ny mpino, nampiraisina tamin'i Kristy tamin'ny Batemy, dia efa mandray anjara marina amin'ny fiainana any an-danitra misy an'i Kristy nitsangan-ko velona¹, kanefa io fiainana io dia mijanona ho “miafina miaraka amin'i Kristy ao amin' Andriamanitra” (Kôl 3,3). “Miaraka Aminy, natsangany ho velona sy napetrany any an-danitra, ao amin'i Kristy Jesoa, isika” (Efez 2,6). Mivelona amin'ny Vatany amin'ny Eokaristia isika, ka efa anisan'ny ao amin'ny Vatan'i Kristy sahadry. Rahefa hatsangan-ko velona isika amin'ny farandro dia “haseho miaraka Aminy henim-boninahitra” koa (Kôl 3,4). 1227 2796

1004. Eo am-piandrasana izany andro izany, ny vatana sy ny fanahin'ny mpino dia efa mandray anjara sahadry amin'ny fahamendrehana ho “an'i Kristy” ; koa avy amin'izany no ilana ny fanajana ny vatan-tenantsika, ary koa ny an'ny hafa, indrindra raha mijaly izy : 364 1397

Ny vatana ho an'ny Tompo, ary ny Tompo ho an'ny vatana. Ary Andriamanitra, izay nanangana ny Tompo ho velona, hanangana antsika koa, amin'ny heriny. Tsy fantatrarao va fa rantsambatan'i Kristy ny vatanareo ? (...) Tsy anareo ny vatanareo (...). Andriamanitra àry no omeo voninahitra ao amin'ny vatanareo (1 Kôr 6,13-15.19-20).

II. Maty ao amin'i Kristy Jesoa

1005. Mba hitsangan-ko velona miaraka amin'i Kristy, tsy maintsy maty miaraka amin'i Kristy, tsy maintsy “miala amin'ity vatana ity, mba handeha hitoetra eo akaikin'ny Tompo” (2 Kôr 5,8). Ao amin'io fialana² io, izay tsy inona fa ny fahafatesana, dia misaraka amin'ny vatana ny fanahy. Hakambana indray amin'ny vatany izy amin'ny andron'ny fitsanganan'ny maty ho velona³. 624, 650

Ny fahafatesana

1006. “Eo anoloan'ny fahafatesana no tonga amin'ny fara tampony ny zavatra saro-pantarina momba ny toe-piainan'olombelona⁴”. Amin'ny lafiny iray, dia arapomban'ny zavaboary ny fahafatesan'ny vatana, nefa ho an'ny finoana dia 164,1500

¹ jer. Filip 3,20.

² jer. Filip 1,23.

³ jer. SPF 28.

⁴ FAA 18.

“tambin’ny ota” izany (Rôm 6,23)¹, raha ny tena marina. Fa ho an’ireo izay maty ao amin’ny fahasovan’i Kristy, dia fandraisana anjara amin’ny fahafatesan’ny Tompo izany, mba hahafahana mandray anjara koa amin’ny Fitsanganany ho velona².

1007. *Fiafaran’ny fiainana eto an-tany ny fahafatesana.* Voarefin’ny fotoana ny fiainantsika, ary mandritra izany dia miova isika, mihaantitra, ary toy ny ao amin’ireo zavamananaina rehetra eto an-tany no itrangan’ny fahafatesana ho toy ny fiafaran’ny fiainana tsotra izao fotsiny. Io endriky ny fahafatesana io dia mampiseho fahamehana amin’ny fiainantsika : ny fieritreretana ny fahafatesantsika dia manampy koa hampahatsiaro antsika fa tsy manana afa-tsy fotoana voafetra ihany isika mba hanatanterahana ny fiainantsika :

Tsarovy ny Mpahary anao amin’ny andron’ny fahatanoranao, (...) dieny mbola tsy miverina amin’ny tany ny vovoka, araka ny toetrany taloha indray, ary ny fofon’aina kosa hiverina amin’Andriamanitra izay nanome azy (Mpitor 12,1.7).

1008. *Vokatry ny fahotana ny fahafatesana.* Amin’ny maha-mpivaofy marina ny voalazan’ny Soratra Masina³ sy ny Lovam-pampianarana ny Toniam-pampianaran’ny Fiangonana, dia mampianatra izy fa tafiditra teto amin’izao tontolo izao ny fahafatesana noho ny fahotan’ny olombelona⁴. Na dia manana toetra mety maty aza ny olombelona, Andriamanitra kosa nandahatra azy tsy ho faty. Koa noho izany, ny fahafatesana dia mifanohitra amin’ny fandaharan’Andriamanitra Mpahary, fa noho izy vokatry ny fahotana no nidirany teto amin’izao tontolo izao⁵. “Ny fahafatesan’ny vatana, izay tsy tokony nihatra tamin’ny olombelona raha tsy nanota izy”⁶, araka izany, no “fahavalo faran’ ” ny olombelona tsy maintsy resena (1 Kôr 15,26).

1009. *Novàn’i Kristy ny fahafatesana.* I Jesoa, ilay Zanak’Andriamanitra, dia niaritra koa ny fahafatesana, izay tandra vadin-koditry ny toe-piainan’olombelona. Kanefa, na teo aza ny horohoro aman-tahotra nanjo Azy nanoloana izany⁷, dia nozakainy tao anatin’ny asa fankatoavana tanteraka sy an-kalalahana ny sitrapon’ny Rainy izany. Ny faneken’i Jesoa no nanova ny ozon’ny fahafatesana ho tsodrano⁸.

1681-1690 Ny dikan’ny fahafatesana kristianina

1010. Noho i Kristy, misy dikany marina ny fahafatesana kristianina. “Raha ny amiko, dia i Kristy no ahavelomako ary ny fahafatesana no ahazoako tombony” (Filip 1,21). “Teny mahatoky tokoa izao : raha miara-maty Aminy isika, hiara-belona Aminy koa” (2 Tim 2,11). Eo amin’izany ny zava-baovao ilaina amin’ny fahafatesana kristianina : amin’ny Batemy, ny kristianina dia efa “maty miaraka amin’i Kristy”

¹ jer. Jen 2,17.

² jer. Rôm 6,3-9 ; Filip 3,10-11.

³ jer. Jen 2,17 ; 3,3 ; 3,19 ; Fah 1,13 ; Rôm 5,12 ; 6,23.

⁴ jer. DS 1511.

⁵ jer. Fah 2,23-24.

⁶ FAA 18.

⁷ jer. Mk 14,33-34 ; Heb 5,7-8.

⁸ jer. Rôm 5,19-21.

ara-tsakramenta, mba hivelona amin'ny aim-baovao ; ary raha maty ao anatin'ny fahasoavan'i Kristy isika, ny fahafatesana ara-batana no manapitra io "maty miaraka amin'i Kristy" io sy mamarana, araka izany, ny fanakambanana antsika Aminy amin'ny asam-panavotany :

Tsara ho ahy ny maty ao amin'i (*eis*) Kristy Jesoa, mihoatra noho ny manjaka hatrany amin'ny faran'ny tany. Izy no katsahiko, izay maty ho antsika. Izy no ilaiko, izay nitsangan-ko velona ho antsika. Manakaiky ny fahaterahako (...). Avelao aho handray ny fahazavana madio mangaranganana ; rahefa ho tonga eo aho, dia izay aho no ho olona¹.

1011. Amin'ny fahafatesana no miantso ny olombelona hankany Aminy Andriamanitra. Izany no ahafahan'ny kristianina mahatsapa, manoloana ny fahafatesana, ny faniriana mitovy amin'ny an'i Md Paoly hoe : "Iriko ny handeha ho any amin'i Kristy sy hiaraka Aminy" (Filip 1,23) ; ary afaka hanova ny fahafatesan'ny tenany ho asam-panekena sy fitiavana ny Ray izy, amin'ny oha-piainan'i Kristy² :

1025

Nofantsihana teo amin'ny hazofijaliana ny faniriako teto an-tany ; (...) ato amiko ato misy rano velona izay mizozozozo malefaka sy miteny ao anatiko hoe : "Andao ho any amin'ny Ray"³.

Maniry hahita maso an'Andriamanitra aho, ary mba hahitana Azy dia tsy maintsy maty⁴.

Tsy maty aho akory, miditra any amin'ny fiainana aho⁵.

1012. Ny fahitan'ny kristianina ny fahafatesana⁶ dia voambara amin'ny fomba manantombo sy manokana ao amin'ny litorzian'ny Fiangonana :

Ho an'ireo izay mino Anao ry Tompo, miofo ny aina fa tsy levona ; ary rahefa tapitra ny fonenan'izy ireo eto an-tany, dia efa manana fonenana mandrakizay any an-danitra sahady izy ireo⁷.

1013. Ny fahafatesana no fiafaran'ny fivahinian'ny olombelona eto an-tany, fiafaran'ny fotoanan'ny fahasoavana sy ny famindram-po izay natolotr'Andriamanitra azy mba hanatontosany ny fiainany teto an-tany araka ny fandaharan'Andriamanitra sy mba hanapahany hevitra ny amin'ny anjarany farany. Rahefa nifarana "ilay hany zotram-piainantsika teto an-tany"⁸, tsy hiverina intsony amin'ny fiainana hafa eto an-tany isika. "Tsy maty afa-tsy indray mandeha ihany ny olombelona"(Heb 9,27). Tsy misy "fiverenan-ko nofo indray" aorian'ny fahafatesana.

¹ Md Ignace d'Antioche, Rom. 6,1-2.

² jer. Lk 23,46.

³ Md Ignace d'Antioche, Rom. 7,2.

⁴ Mb Terezin'i Jesoa Zazakely, poe 7.

⁵ Mb Terezin'i Jesoa Zazakely, lettre.

⁶ jer. 1 Tes 4,13-14.

⁷ MR, Prefasy ho an'ny nodimandry.

⁸ FF 48.

1014. Mamporisika antsika ny Fiangonana mba hiomanantsika amin'ny andron'ny fahafatesantsika (“Afaho izahay, ry Tompo, amin'ny fahafatesana tampoka sy tsy ampoizina”: Litania tranain'ny olomasina), hangataka amin'ny Renin' Andriamanitra hitalaho ho antsika “amin'ny fotoana hahafatesantsika” (Vavaka Arahaba, ry Maria), ary mba hanankinantsika izany amin'i masindahy Josefa, mpiaro ny tsara fahafatesana :

Amin'ny asanao amam-pihetsikao rehetra, amin'ny eritreritrao rehetra, tokony hahay hitondra tena ianao sahala amin'ny hoe tsy maintsy ho faty anio ihany ianao. Raha tsara toetra ny kônsiansinao, tsy hatahotra loatra ny fahafatesana ianao. Tsaratsara kokoa ny mitandrin-tena tsy hanota noho ny mandositra ny fahafatesana. Raha anio ianao tsy vonona, ahoana moa no hahavonona anao rahampitso¹ ?

Ho deraina anie Ianao ry Tompoko, noho ranabavy fahafatesanay ara-batana, izay tsy azon'ny olo-miaina na iza na iza andosirana. Loza ho an'ireo izay ho faty ao anatin'ny fahotana mahafaty, fa sambatra sy tretrika kosa ireo izay ho hitan-drafahafatesana ao anatin'ny sitrapony masina indrindra, satria tsy hanisy ratsy azy ireo ny fahafatesana faharoa².

FAMINTINANA

1015. “*Ny nofo no iompanan'ny famonjena*”³. *Mino an'Andriamanitra izay mpahary ny nofo isika; mino ny Teny tonga nofo mba hanavotra ny nofo isika ; mino ny fitsanganan'ny nofo ho velona, fahavitan'ny fahariana sy ny fanavotana ny nofo isika.*

1016. *Amin'ny fahafatesana no misaraka amin'ny vatana ny fanahy, fa amin'ny fitsanganan-ko velona Andriamanitra no hamerina ny aina tsy mety levona ao amin'ny vatantsika voaova amin'ny fampiraisana azy amin'ny fanahintsika. Tahaka ny nananganana an'i Kristy ho velona sy mahavelona Azy mandrakizay, no hananganana antsika rehetra koa amin'ny farandro.*

1017. “*Mino ny tena fitsanganan-ko velon'ity nofo ananantsika ankehitriny ity tokoa isika*”⁴. *Kanefa, vatana mety lo no asitrika ao am-pasana, ary vatana tsy mety lo*⁵, “*vatana mitoe-panahy*”, *no atsangana avy ao*” (1 Kôr 15,44).

¹ Imitation du Christ, 1,23,5-8.

² Md François d'Assise, cant.

³ Tertullien, res. 8,2.

⁴ DS 854.

⁵ jer. 1 Kôr 15,42.

1018. *Vokatry ny fahotana tamin'ny fototra, tsy maintsy iharan'ny "fahafatesam-batana ny olombelona, izay tsy ho nihatra taminy izany raha tsy nanota izy"*¹.

1019. *I Jesoa, Zanak'Andriamanitra, dia niaritra an-tsitrabo ny fahafatesana ho antsika, tao anatin'ny fankatoavana tanteraka sy an-kalalahana ny sitrapon'Andriamanitra, Rainy. Tamin'ny fahafatesany no nandreseny ny fahafatesana, ka amin'izany no anokafany ho an'ny olombelona rehetra ny fahazoam-pamonjena.*

ANDALANA 12

"Izaho mino ny fiainana mandrakizay"

1020. Ny kristianina izay mampiray ny fahafatesan'ny tenany amin'ny an'i Jesoa dia mahita ny fahafatesana ho fandehanana ho any Aminy sy fidirana any amin'ny fiainana mandrakizay. Ny Fiangonana, rahefa avy nilaza farany ny teny famelana sy famotsoran'i Kristy ny heloka tamin'ilay kristianina niala aina, nanosotra azy farany tamin'ny fanosorana mampatanjaka ary nanome azy an'i Kristy amin'ny sakramentan'ny Eokaristia ho vatsin-dalana, dia miteny aminy amim-pitokiana mahavelom-bolo hoe :

1523-1525

Ilaozy izao tontolo izao, ry fanahy kristianina, amin'ny anaran'ny Ray Mahefa ny zavatra rehetra izay nahary anao, amin'ny anaran'i Jesoa-Kristy, Zanak'Andriamanitra velona, izay nijaly ho anao, amin'ny anaran'ny Fanahy Masina izay narotsaka tao aminao. Ankehitriny, raiso ny toeranao ao anatin'ny fiadanana, ary araiketo ny fonenanao miaraka amin'Andriamanitra ao Siôna masina, miaraka amin'i Maria Virjiny, Renin'Andriamanitra, miaraka amin'ny masindahy Josefa, ny anjely sy ny olomasina rehetra an'Andriamanitra (...). Miverena eo anilan'ny Mpahary anao izay namorona anao tamin'ny vovoky ny tany. Amin'ny ora izay hivoahan'ny fanahinao avy ao amin'ny vatanao, hidodododo hitsena anao anie i Maria, ny anjely sy ny olomasina rehetra (...). Enga anie hahita ny Mpanavotra anao mifanatri-tava aminao ianao²....

2677,336

I. Ny fitsaràna ny tsirairay manokana

1021. Ny fahafatesana no mamarana ny fiainan'ny olombelona izay ho fanomboham-potoana andraisana na andavana ny fahasoavan' Andriamanitra naseho tao amin'i Kristy³. Ny tena resahin'ny Testamenta Vaovao indrindra dia ny fitsaràna amin'ny endriky ny fihaonana farany amin'i Kristy amin'ny

1038

¹ FAA18.

² OEx « Commendatio animae ».

³ jer. 2 Tim 1,9-10.

679 fiverenany fanindroany, nefa manantitrantitra imbetsaka koa izy ny amin'ny valin'ny natao omena eo no eo avy hatrany aorian'ny fahafatesan'ny tsirairay, arakaraka ny tsanganasany sy ny finoany. Ny fanoharana momba an'i Lazara mahantra¹ sy ny tenin'i Kristy teo amin'ny Hazofijaliana tamin'ilay jiolahy nivalo², toy izany koa ny lahatsoratra maro hafa ao amin'ny Testamenta Vaovao³, dia miteny ny amin'ny anjara farany ho an'ny fanahy⁴, izay mety tsy hitovy amin'ny an'ny sasany ny an'ny hafa.

1022. Ny olombelona tsirairay, raha vantany vao maty izy, dia mandray ao amin'ny fanahiny tsy mety maty, ny valy mandrakizay amin'ny nataony, manoloana ny fitsaràna manokana izay hijerena ny fiainany araka an'i Kristy, na amin'ny alalan'ny fandiovana⁵, na hiditra eo no eo avy hatrany any amin'ny fahasambaran'ny lanitra⁶, na mamery ny tenany eo no eo avy hatrany any amin'ny fahoriana mandrakizay⁷.

1470 Amin'ny faran'ny fiainantsika, ny fitiavana no hitsaràna antsika⁸.

II. Ny lanitra

1023. Ireo izay maty ao anatin'ny fahasoavana sy ny fisakaizana amin'Andriamanitra, ary voadio tanteraka, no velona mandrakizay miaraka amin'i Kristy. Mifanahaka mandrakizay amin'Andriamanitra izy ireo, satria mahita Azy “araka ny tena maha-Izy Azy” (1 Jo 3,2), “mifanatri-tava Aminy” (1 Kôr 13,12)⁹ :

Avy amin'ny fahefana apôstôlika anananay no amariparitanay fa, araka ny fandaminan'Andriamanitra ankapobeny, ny fanahin'ny olomasina rehetra (...) sy ny mpino hafa rehetra maty taorian'ny nandraisany ny Batemy masin'i Kristy, ka tsy nisy na inona na inona hodiovina intsony ao aminy nony maty izy ireo, (...) na koa, raha nisy na misy zavatra sasany mila hodiovina, rahefa nofaranan'izy ireo ny fanaovana izany taorian'ny fahafatesany, (...) na dia mialoha ny fananganana ny vatan'izy ireo ho velona sy ny Fitsaràna mitamba-be aza, ary izany dia nanomboka hatramin'ny Fiakaran'ny Tompo sady Jesoa-Kristy Mpamonjy any an-danitra, dia efa tany an-danitra, any an-danitra ary ho any an-danitra, any amin'ny Fanjakan'ny lanitra sy any amin'ny Paradisan'ny lanitra miaraka amin'i Kristy, voaray ao amin'ny fikambanan'ny

¹ jer. Lk 16,22.

² jer. Lk 23,43.

³ jer. 2 Kôr 5,8 ; Filip 1,23 ; Heb 9,27 ; 12,23.

⁴ jer. Mt 16,26.

⁵ jer. Kôns. Lyon : DS 856 ; Kôns. Florence : DS 1304 ; Kôns. Trente : DS 1820.

⁶ jer. Kôns. Lyon : DS 857 ; Jean XXII : DS 991 ; Benoît XII : DS 1000-1001 ; Kôns. Florence : DS 1305.

⁷ jer. Kôns. Lyon : DS 858 ; Benoît XII : DS 1002 ; Kôns. Florence : DS 1306.

⁸ Md Jean de la Croix, avisos 57.

⁹ jer. Apôk 22,4.

anjely masina izy ireo. Nanomboka hatramin'ny fijaliana sy ny fahafatesan'i Jesoa-Kristy Tompontosika, dia nahita ary mahita ny foto-pisian'Andriamanitra izy ireo, amin'ny fomba fahitana tonga fotsiny amin'izao sy mifanatrika mivantana mihitsy, tsy mila ny fanelanelanan'ny zavaboary na dia iray aza¹.

1024. Izany fiainana lavorary miaraka amin'ny Trinite Masina Indrindra izany, izany fiombonan'aina amam-pitiavana Aminy, miaraka amin'i Maria Virjiny sy ny anjely ary ny olon-tsambatra rehetra izany, no antsoina hoe "lanitra". 260,326,
Ny lanitra no tanjom-piafaràna sady fahatanterahan'ny faniriana lalina 2734
indrindra ao am-pon'ny olombelona, toe-pahasambarana fara tampony sady 1718
mandrakizay.

1025. Ny hoe miaina any an-danitra dia ny "mitoetra miaraka amin'i Kristy"². Mivelona "ao Aminy" ny olom-pinidy, fa ao izy ireo no mitahiry sy mahita 1011
tsara tokoa ny tena maha-izy Azy, sy ny anarany manokana avy³ :

Satria ny fiainana dia ny mitoetra miaraka amin'i Kristy : izay misy an'i Kristy, misy ny fiainana, misy ny fanjakan'ny lanitra⁴.

1026. Tamin'ny alalan'ny fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona i Jesoa-Kristy no "nanokatra" ny lanitra ho antsika. Ny fiainan'ny olon-tsambatra dia mifototra amin'ny fananana ny hafenoan'ny vokatry ny fanavotana notontosain'i Kristy izay manakambana an'ireo izay nino Azy sy izay tsy nivadika mihitsy tamin'ny sitrapony, amin'ny fanomezam-boninahitra Azy any an-danitra. Ny lanitra no fiombonam-pahasambaran'izay rehetra 793
voakambana tanteraka Aminy.

1027. Izany misterin'ny fiombonam-pahasambarana miaraka amin'Andriamanitra sy miaraka amin'izay rehetra ao amin'i Kristy izany, dia mihoatra noho izay rehetra azo heverina sy izay rehetra azo aseho. Sary an'ohatra maro no itenenan'ny Soratra an'izany amintsika : fiainana, 959,1720
fahazavana, fiadanana, fanasam-be amin'ny fampakaram-bady, divain'ny fanjakan'Andriamanitra, tranon'ny Ray, Jerosalema any an-danitra, paradisa : "Zavatra tsy mbola hitan'ny maso, tsy mbola ren'ny sofina, tsy mbola tafiditra ao am-pon'ny olona velively, no namboarin'Andriamanitra ho an'ireo izay tia Azy"(1 Kôr 2,9).

1028. Noho ny fahamboniana tsy taka-polopolorina an'Andriamanitra, dia tsy mety ho hitan'ny maso amin'ny tena maha-Izy Azy Izy, raha tsy ny Tenany mihitsy no manokatra ny misteriny amin'ny fibanjinan'ny olombelona eo no 1722
eo mivantana, ary Izy no manome azy ny herim-pahazoana manao izany. Io

¹ Benoît XII : DS 1000 ; jer. koa FF 49.

² jer. Jo 14,3 ; Filip 1,23 ; 1 Tes 4,17.

³ jer. Apôk 2,17.

⁴ Md Ambroise, Luc 10,121.

163 fibanjinana an'Andriamanitra ao amin'ny voninahiny any an-danitra io no antsoin'ny Fiangonana hoe : “fahitana mivantana an'Andriamanitra any an-danitra” :

Hanao ahoana re izany voninahitrao sy hasambaranao ! : rahefa voaray ho anisan'ny mahita maso an'Andriamanitra, manana ny haja amam-boninahitra handray anjara amin'ny hafaliam-pamonjena sy ny fahazavana mandrakizay amin'ny fiarahana amin'i Kristy ilay Tompo Andriamanitrao, (...) miadampinaritra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra amin'ny fiarahana amin'ny olomarina sy ny sakaizan'Andriamanitra, amin'ny hafaliam-pananana ny tsy fahafatesana¹.

956 1029. Ao amin'ny voninahitry ny lanitra, manohy manatanteraka amin-kafaliana
668 ny sitrapon'Andriamanitra ny olon-tsambatra, raha ampitahaina amin'ny olombelona hafa sy amin'ny zavaboary manontolo. Efa manjaka miaraka amin'i Kristy izy ireo ; miaraka Aminy, “hanjaka mandrakizay mandrakizay izy ireo” (Apôk 22,5)².

III. Ny fandiovana farany na Afofandiovana

1030. Ireo izay maty ao anatin'ny fahasoavana sy ny fisakaizana amin'Andriamanitra, kanefa tsy voadio tanteraka, na azo antoka aza ny famonjena mandrakizay ho azy ireo, dia mijaly amin'ny fandiovana aorian'ny fahafatesany izy ireo, mba hahazoana ny fahamasinana ilaina hidirana ao amin'ny hafalian'ny lanitra.

954,1472 1031. Antsoin'ny Fiangonana hoe *Afofandiovana* izany fandiovana farany ireo olom-pinidy izany, izay tsy mitovy velively amin'ny famaizana ny olom-bery any amin'ny afobe. Nandrafitra tamin'ny rijan-teny ny fitambarampampianaram-pinoana momba ny Afofandiovana ny Fiangonana, indrindra tamin'ny Kônsily tao Florence³ sy tao Trente⁴. Ny lovam-pampianaran'ny Fiangonana, izay manovo hevitra avy amin'ny lahatsoratra sasany ao amin'ny Soratra Masina⁵, dia miteny afo mpandio :

Noho ny fisian'ny fahadisoana kely sasantsasany, tsy maintsy mino fa misy afo mpandio alohan'ny fitsaràna, araka ny nolazain'Ilay Fahamarinana, amin'ny fitenenana fa ny olona izay hanao teny faniratsirana ny Fanahy Masina, dia tsy hahazo famelan-keloka, na amin'ity fiainana ity na amin'ny fiainana ho avy (Mt 12,32). Ao amin' izany tenim-pitsaràna izany no ahafahantsika mahafantatra fa ny fahadisoana sasantsasany dia mety ho

¹ Md Cyprien, ep. 58,10.

² jer. Mt 25,21.23.

³ jer. DS 1304.

⁴ jer. DS 1820 ; 1580.

⁵ Ohatra 1 Kôr 3,15 ; 1 Pi 1,7.

voavela eto amin'ity fiainana ity, fa ny hafa sasantsasany dia any amin'ny fiainana ho avy¹.

1032. Miankina koa amin'ny fanaovana vavaka ho an'ireo nodimandry izay efa nolazain'ny Soratra Masina, izany fampianarana izany : “Izany no nanaovany (i Jodasa Makabeo) an'izany sorona fanonerana izany ho an'ny maty, mba ho afaka amin'ny fahotany izy ireo” (2 Mak 12,46). Hatrany am-boalohany ny Fiangonana no nanaja ny fahatsiarovana ireo nodimandry sy nanolotra vavaka ho azy ireo, indrindra ny soron'ny Eokaristia², mba ho afaka ho tonga amin'ny fahitana mivantana an'Andriamanitra any an-danitra izy ireo, rahefa voadio. Ny Fiangonana dia manafatrafatra koa amin'ny fiantrana, ny endolzansy ary ny tsanganasa fivalozana ho an'ireo nodimandry :

Mitondrà isika vonjy ho azy ireo ary manaova isika fahatsiarovana azy ireo mandritra ny fivavahana. Raha ny zanak'i Jôba aza voadion'ny sorona nataondrainy³, koa aza misalasala isika fa ny fanatitsika ho an'ireo nodimandry dia mitondra fiononana ho azy ireo ? Aza mihambahamba isika mitondra vonjy ho an'ireo izay nialoha lalana sy manolotra ny fivavahantsika ho azy ireo⁴.

IV. Ny afobe

1033. Tsy afaka ho tafaray amin'Andriamanitra isika raha tsy misafidy amin-kalalahana ny ho tia Azy. Kanefa tsy afaka ho tia an'Andriamanitra isika raha manao fahotana lehibe Aminy, amin'ny namantsika na amin'ny tenantsika : “Izay tsy tia dia mitoetra ao amin'ny fahafatesana. Na iza na iza mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona ; ary fantatrarao fa tsy misy mpamono olona manana ny fiainana mandrakizay mitoetra ao anatin'ny” (1 Jo 3,14-15). Mampitandrina antsika ny Tompontsika fa ho tafasaraka Aminy isika raha tsy miraharaha hanampy amin'ny zavatra lehibe ilain'ny mahantra sy ny madinika izay rahalahiny⁵. Ny maty amin'ny fahotana mahafaty tsy nanenina tamin'izany sy tsy nandray ny fitiavana feno famindram-pon' Andriamanitra, dia midika fa mijanona ho tafasaraka Aminy mandrakizay noho ny safidy malalaka nataon'ny tenantsika. Ary izany toetra fanesoran-tena raikitra ho any ivelan'ny fiombonana amin'Andriamanitra sy amin'ireo olon-tsambatra izany, no lazaina amin'ny teny hoe “afobe”.

1034. Miteny matetika momba ny “gehen'afo tsy mety maty” i Jesoa⁶, natokana ho an'ireo izay mandà hatramin'ny fara fiainan'izy ireo tsy hino sy tsy

¹ Md Grégoire le Grand, dial. 4,41,3.

² jer. DS 856.

³ jer. Jôba 1,5.

⁴ Md Jean Chrysostome, in 1 Cor, hom. 41,5.

⁵ jer. Mt 25,31-46.

⁶ jer. Mt 5,22.29 ; 13,42.50 ; Mk 9,43-48.

hibebaka, ary izay no mety hahavery ny fanahy sy ny vatana miaraka¹. Tamin'ny teny henjana no nambaran'i Jesoa fa “haniraka ny anjely Izy, izay hanangona sy hamoaka ny mpanafintohina sy ny mpanao ratsy rehetra (...), sy hanipy azy ireo ao amin'ny memy mirehitra” (Mt 13,41-42), ary hamoaka ny teny fanamelohany Izy hoe : “Mialà Amiko ianareo, ry voaozona, mba ho any amin'ny afo mandrakizay !“(Mt 25,41).

1035. Ny fampianaran'ny Fiangonana dia manantitrantitra ny fisian'ny afobe sy
393 ny maha-mandrakizay izany. Ny fanahin'ireo izay maty ao amin'ny toepahotana mahafaty dia midina eo no eo avy hatrany any amin'ny afobe aorian'ny fahafatesana, izay ao izy no mijaly amin'ny sazin'ny afobe, “ilay afo mandrakizay”². Ny sazy lehibe indrindra ao amin'ny afobe dia ny fisarahana mandrakizay amin'Andriamanitra, satria ao amin'Andriamanitra irery ny olombelona no afaka mahazo ny fiainana sy ny fahasambarana izay ho amin'izany no nahariana azy ary izany rahateo no iriny.

1036. Ny fanantitranteran'ny Soratra Masina sy ny fampianaran'ny Fiangonana
1734 momba ny afobe, dia *antso ho amin'ny adidy aman'andraikitra* izay tsy maintsy ampiasan'ny olombelona ny fahafahany eo am-piatrehana ny anjara
1428 fiainany mandrakizay. Anisan'ny *antso maika ho amin'ny fibebahana* koa izany : “Midira amin'ny vavahady ety. Fa lehibe ary malalaka ny lalana mankany amin'ny fahaverezana, ka maro no mizotra any ; fa tery ny vavahady ary ety ny lalana mankany amin'ny Fiainana, ka vitsy no mahita izany”(Mt 7, 13-14) :

Noho ny tsy fahalalana ny andro sy ny ora, araka ny fampitandreman'ny Tompo, dia tsy maintsy miambina lalandava isika, mba ho mendrika, rahefa hifarana ity fiainantsika tokana eto an-tany ity, ho voaray miaraka Aminy ao amin'ny fampakaram-bady sy horaisina ho anisan'ireo nosoavin' Andriamanitra, fa tsy ho mpanompo ratsy sy kamo, nodidin'Andriamanitra hihataka any amin'ny afo mandrakizay, any amin'ireo maizina any ivelany izay any izy ireo no hitomany sy hikitra-nify³.

1037. Andriamanitra tsy nandahatra mialoha na iza na iza ho any amin'ny
162 afobe⁴ ; ny fankahalana an'Andriamanitra iniana atao (fahotana mahafaty), sy
1014,1821 ny mikiry tsy hiala amin'izany hatramin'ny farany no mahatonga izany. Ny Fiangonana, amin'ny litorzian'ny Eokaristia sy amin'ny vavaka isan' andro ataon'ny mpinony, dia mitalaho ny famindram-pon'Andriamanitra, izay tsy tia “ny hahavery na iza na iza, fa ny hahatonga ny olona rehetra hibebaka daholo” (2 Pi 3, 9) :

¹ jer. Mt 10,28.

² jer. DS 76 ; 409 ; 411 ; 801 ; 858 ; 1002 ; 1351 ; 1575 ; SPF 12.

³ FF 48.

⁴ jer. DS 397 ; 1567.

Indro atolotray Aminao ry Tompo ny fanatitra avy aminay mpanomponao sy ny fianakavianao manontolo, ka mba raiso amin'ny fo antra. Aoreno ao amin'ny fiadananao ny andro iainanay rehetra, afaho amin'ny fanamelohana mandrakizay izahay, ary raiso ho anisan'ny olom-pinidinao¹.

V. Ny Fitsaràna farany

678-679

1038. Ny fananganan-ko velona ny maty rehetra, “ny marina sy ny mpanota” (Asa 24,15), no hialoha ny Fitsaràna farany. Amin'izany no ho “fotoana handrenesan'izay rehetra ao am-pasana ny feon'ny Zanak'olona, ka hivoaka tao izy ireo ; ireo izay nanao soa dia hatsangan-ko velona ho amin'ny fiainana, fa ireo izay nanao ratsy dia hatsangan-ko velona ho amin'ny fahaverezana mandrakizay” (Jo 5,28-29). Amin'izay i Kristy “ho avy amim-boninahitra, hotronin'ny anjely rehetra (...). Ho vory eo anatrehan'ny firenena rehetra, ary Izy hanavaka ny olona tsirairay avy sahala amin'ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy. Ny ondry moa hapetrany eo an-kavanany, ary ny osy kosa eo an-kaviany (...). Dia ho any amin'ny fijaliana mandrakizay ireto, fa ny marina kosa ho any amin'ny fiainana mandrakizay” (Mt 25,31-33.46) 1001,998

1039. Eo anatrehan'i Kristy Fahamarinana no hibaribary tanteraka ny marina momba ny fifandraisan'ny olombelona tsirairay amin'Andriamanitra². Ny Fitsaràna farany no hampiseho, hatrany amin'ny vokany farany indrindra, amin'izay tsara nataon'ny tsirairay na tsy noraharahainy ny nanao izany nandritra ny fiainany tety an-tany : 678

Voarakitra an-tsoratra daholo ny ratsy rehetra nataon'ny ratsy fanahy – ary tsy fantatr'izy ireo izany. Amin'ny Andro izay “tsy hanginan' Andriamanitra” (Sal 50,3) (...) hitodika amin'ireo olon-dratsy Izy hiteny hoe : “Ho anareo no nametrahako ny mahantra keliko teny an-tany. Izaho, filohan'izy ireo, nisonanina tany an-danitra teo an-kavanan'ny Raiko – nefa tety an-tany kosa ny rantsambatako noana. Raha mba nanome ho an'ireny rantsambatako ireny ianareo, dia ho nipaka hatrany amin'ny Loha izay nomenareo. Raha nametraka tety ambonin'ny tany ireny mahantra keliko ireny Aho, dia izy ireny no notendreko ho irakirakareo hitondra ny asa soa vitanareo ho ao amin'ny vatan-drakitro : tsy nametraka na inona inona teo an-tanan'izy ireo ianareo, izany no antony tsy anananareo na inona na inona eto anilako”³.

1040. Amin'ny fiverenan'i Kristy amim-boninahitra no hiseho ny Fitsaràna farany. Ny Ray ihany no mahalala ny ora sy ny andron'izany, Izy irery ihany no manapa-kevitra ny amin'ny fahatongavany. Amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy Zanany no hanononany amin'izay ny teniny farany momba ny tantara 637

¹ MR, Canon Romain 88.

² jer. Jo 12,48.

³ Md Augustin, serm. 18,4,4.

manontolo. Ho fantatsika ny hevitra farany raketin'ny tsanganasam-pahariana manontolo sy ny fitantanam-pamonjena manontolo, ary ho azontsika antsaina ny lalana mahagaga izay hitarihan'ny Fitahian'Andriamanitra ny zavatra rehetra ho amin'ny tanjom-piafaràny. Ny Fitsaràna farany no hampiseho fa ny fahamarinan'Andriamanitra no mandresy ny tsy fahamarinana rehetra nataon'ny zavaboariny ary ny fitiavany no mahery kokoa noho ny fahafatesana¹.

1432 1041. Miantso ho amin'ny fibebahana, ny hafatry ny Fitsaràna farany, dieny mbola omen'Andriamanitra ny olombelona “ny fotoana tsara, ny androm-pamonjena” (2 Kôr 6,2). Izany no miteraka tahotra masina an'Andriamanitra, sy mandrisika hanao ny fahamarinan'ny Fanjakany, ary manambara ny 2854 “fanantenana mahavelom-bolo” (Tito 2,13) amin'ny fiverenan'ny Tompo, izay “ho tonga mba homem-boninahitra ao amin'ireo olomasiny, sy higagana ao amin'izay rehetra hino” (2 Tes 1,10).

VI. Ny fanantenana ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao

769 1042. Amin'ny farandro, ho tonga amin'ny hafenoany ny Fanjakan' Andriamanitra. Aorian'ny fitsaràna ny daholobe, hanjaka mandrakizay miaraka amin'i Kristy ny olo-marina, hohanim-boninahitra amin'ny vatana sy 670 amin'ny fanahy, ary izao tontolon'ny zava-drehetra izao mihitsy koa hohavaozina :

Amin'izany ny Fiangonana no “ho fanaperana ao anatin'ny voninahitry ny lanitra, rahefa hahita ny fahalavorariany tanteraka ao amin'i Kristy izy, miaraka amin'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka, izao tontolon'ny zava-drehetra izao mihitsy, tafaray lalina amin'ny olombelona ary mahatratra 310 amin'ny alalany ny anjara fiainany”².

671 1043. Izany fanavaozana amin'ny fomba mystery izany, izay hanova ny olombelona sy izao tontolo izao, no antsoin'ny Soratra Masina hoe “lanitra vaovao sy tany vaovao” (2 Pi 3,13)³. Izany no ho fanatontosana raikitra ny 280,518 fandaharan'Andriamanitra “hamerenana ny zavatra rehetra ho eo ambany Filoha tokana, i Kristy, na ny any an-danitra na ny ety an-tany” (Efez 1,10).

1044. Ao amin'io “tontolon'ny zava-drehetra vaovao” (Apôk 21,5), ilay Jerosalema any an-danitra io, dia hanana ny fonenany eo anivon'ny olombelona rehetra Andriamanitra. “Hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo ; ny fahafatesana, tsy hisy intsony izany ; ny tomany, ny

¹ jer. Ton 8,6.

² FF 48.

³ jer. Apôk 21,1.

kiakiaka sy ny fahoriana, tsy hisy intsony izany, satria efa lasa izao tontolo izao tranainy” (Apôk 21,4)¹.

1045. *Ho an’ny olombelona*, izany fanaperana izany no ho fanatontosana farany ny firaisan’ny taranak’olombelona rehetra, sitrak’Andriamanitra hatramin’ ny fahariana, ka ny Fiangonana mivahiny no “toy ny sakramentan’izany”². Ireo izay tafaray amin’i Kristy no hamorona ny fiombonamben’ny olona voavotra, ilay Tanàna Masin’Andriamanitra (Apôk 21,2), “ilay Vadin’ny Zanak’ Ondry” (Apôk 21,9). Izy io dia tsy ho voaratra intsony amin’ny fahotana, ny loto³, ny fihamboana, izay mandrava na mandratra ny fiombonan’ny olombelona ety an-tany. Ny fahitana mivantana an’ Andriamanitra any andanitra, izay amin’izany Izy no hiharihary amim-pomba tsy manam-petra amin’ny olom-pinidy, no ho loharano tsy mety ritra amin’ny fahasambarana, ny fiadanana ary ny fiombonana ifanomezana. 775 1404

1046. *Raha ny amin’izao tontolo izao voarindra*, dia milaza marina ny Fanambaràna fa misy fiombonana lalina eo amin’ny anjara fiainan’ny tontolon’ny manam-batana sy ny an’ny olombelona :

Fa indrakindrafana be ihany ny zavaboary maniry ny fampisehoana ireo zanak’Andriamanitra (...) miaraka amin’ny fanantenana fa ho ahafahana amin’ny fanandevozan’ny fahalovana koa izy. (...) Satria, fantatsika izany fa ny zavaboary manontolo hatramin’izao andro izao dia mitaraina toy ny mihetsi-jaza. Ary tsy izy irery ihany, fa ny tenantsika koa izay manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy, dia mitaraina ao anaty amin’ny fiandrasana ny fanavotana ny vatantsika (Rôm 8,19-23). 349

1047. Ny tontolon’ny zava-drehetra hita maso izany dia natokana hiova endrika ihany koa, “mba izao tontolo izao mihitsy, naverina amin’ny toetrany tany am-boalohany, no ho ampiasain’ireo olo-marina, tsy misy zava-misakana intsony na iray aza”, amin’ny fandraisana anjara amin’ny fanomezamboninahitra azy ireo ao amin’i Jesoa-Kristy nitsangan-ko velona⁴.

1048. “*Tsy haintsika ny fotoana hahataperan’ny tany sy ny olombelona rehetra, tsy fantatsika ny fomba fanovàna ny endrik’izao tontolo izao voarindra. Marina fa mandalo ny endrik’izao tontolo izao, nosimban’ny fahotana ; kanefa nampahafantarina antsika, fa Andriamanitra dia manomana ho antsika fonenana vaovao sy tany vaovao izay hanjakan’ny fahamarinana, ary ny fahasambarana no hameno sy hahasafononoka ny hetahetam-piadanana rehetra izay mipololotra avy ao am-pon’ny olombelona*”⁵. 673

¹ jer. Apôk 21,27.

² FF 1.

³ jer. Apôk 21,27.

⁴ Md Irénée, haer. 5,32,1.

⁵ FAA 39, § 1.

2820 1049. “Kanefa ny fiandrasana ny tany vaovao, tsy tokony hahaketraka antsika velively ny amin’ny fiahiana hanajary ity tany ity, fa vao mainka aza tokony hanaitaitra izany : ao no itomboan’ny vondrom-pianakavian’olombelona vaovao, izay manolotra sahady ny soritsoritra sasantsasany ny taonjato ho avy. Noho izany, raha tsy maintsy havahana amim-pitandremana ny fandrosoam-pitomboan’ny fanjakan’i Kristy eto an-tany, dia manan-danja lehibe ho an’ny fanjakan’Andriamanitra io fandrosoana io, raha toa izany ka afaka hanampy amin’ny fandrindrana tsaratsara kokoa ny fianakaviamben’ny olombelona”¹.

1709 1050. “Satria ny vokatra tsara rehetra avy amin’ny voarintsika sy ny orinasantsika, izay aelintsika eran-tany araka ny baikon’ny Tompo sy ao amin’ny Fanahiny, dia ho hitantsika indray ireny any aoriana any, saingy voadio amin’ny loto rehetra, voazava, voaova endrika, rahefa hatolotr’i Kristy amin’ny Rainy ny fanjakana mandrakizay sy manenika an’izao tontolon’ny zavatra rehetra izao”². Amin’izay Andriamanitra dia “ho zavatra rehetra amin’izy rehetra” (1 Kôr 15,28) ao amin’ny *fiainana mandrakizay* :

Ny Ray no fiainana maharitra sy tena izy, ka amin’ny alalan’ny Zanaka sy ao amin’ny Fanahy Masina no androtsahany ny fanomezan’ny lanitra amin’ny rehetra tsy misy avahana. Isika olombelona koa, noho ny famindram-pony, dia nandray ny fampanantenana maharitra lalandava hahazo ny fiainana mandrakizay³.

FAMINTINANA

1051. *Raha vao maty ny olombelona tsirairay, dia mandray ny valy mandrakizay amin’ny nataony, ao amin’ny fanahiny tsy mety maty, amin’ny fitsaràna ny tsirairay manokana ataon’i Kristy, Mpitsara ny velona sy ny maty.*

1052. “*Mino isika fa ny fanahin’izay rehetra maty ao amin’ny fahasoavan’i Kristy (...), no ilay Vahoakan’Andriamanitra any ankoatra ny fahafatesana, izay ho resy tanteraka amin’ny andron’ny fananganan-ko velona ka amin’izany ireo fanahy ireo no hakambana indray amin’ny vatan’izy ireo*”⁴.

1053. “*Mino isika fa ny vahoaka maro be avy amin’ireo izay tafangona manodidina an’i Jesoa sy i Maria any am-Paradisa, no mamorona ny Fiangonan’ny lanitra, izay ao anatin’ny hasambarana mandrakizay no ahitan’izy ireo an’Andriamanitra araka ny tena maha-Izy Azy, ary ao amin’izany koa izy ireo, amin’ny ambaratonga samihafa, no voakambana*

¹ FAA 39, § 2.

² FAA 39, § 3 ; jer. koa FF 2.

³ Md Cyrille de Jérusalem, catech. ill. 18,29.

⁴ SPF 28.

amin'ny anjely masina ao amin'ny fitondram-panjakan'Andriamanitra iandraiketan'i Kristy ao amin'ny voninahitra, amin'ny fanelanelanana ho antsika sy amin'ny fanampiana ny fahalementsika amin'ny alalan'ny fiahiana maha-mpiray tam-po azy ireo amin'ny finoana"¹.

1054. *Ireo izay maty anatin'ny fahasoavana sy ny fisakaizana amin' Andriamanitra, kanefa tsy voadio tanteraka, na azo antoka aza ny famonjena mandrakizay ho azy ireo, dia mijaly amin'ny fandiovana izy ireo aorian'ny fahafatesany, mba hahazo ny fahamasinana ilaina hidirana ao amin'ny hafalian'Andriamanitra.*

1055. *Noho ny "fiombonan'ny olomasina", ankinin'ny Fiangonana amin'ny famindram-pon'Andriamanitra ireo nodimandry ary anolorany vavaka ho azy ireo, indrindra ny sorona masin'ny Eokaristia.*

1056. *Amin'ny fanarahana ny oha-piainan'i Kristy ny Fiangonana no mampitandrina ny mpino ny amin'ny "fisian'ny fahafatesana mandrakizay"² izay sady mampalahelo no mampahonena", antsoina koa hoe "afobe".*

1057. *Ny fahoriana voalohany indrindra any amin'ny afobe dia ny fisarahana mandrakizay amin'Andriamanitra izay ao Aminy irery no afahan'ny olombelona manana ny fiainana sy ny fahasambarana, ary ho amin'izany no nahariana azy sy iriny.*

1058. *Mivavaka ny Fiangonana mba tsy hisy olombelona ho very : "Tompo ô, aza avela ho tafasaraka Aminao na oviana na oviana aho"*³. *Raha marina fa tsy afaka mahavonjy tena amin'ny herin'ny tenany ihany ny olombelona, dia marina koa fa "tian'Andriamanitra ny hahavoavonjy ny olona rehetra" (1 Tim 2,4) ary ho Azy "vitany avokoa ny zavatra rehetra" (Mt 19,26).*

1059. *"Ny Fiangonana rômanina Masina Indrindra dia mino sy miaiky marina, fa amin'ny andron'ny Fitsaràna, hiseho vatana eo anoloan'ny tribonalin'i Kristy ny olombelona rehetra mba hanao tatitra ny asa rehetra nataony avy"*⁴.

1060. *Amin'ny farandro, ho tonga amin'ny hafenoany ny Fanjakan' Andriamanitra. Amin'izay ny olo-marina hanjaka miaraka amin'i Kristy mandrakizay, henim-boninahitra vatana sy fanahy, ary ny tontolon'ny*

¹ SPF 29.

² DCG 69.

³ Oratio ante communionem, 132.

⁴ DS 859 ; jer. koa DS 1549.

zava-drehetra manam-batana koa hovàna endrika. Amin'izay Andriamanitra “ho zavatra rehetra amin'izy rehetra”(1 Kôr 15,28) ao amin'ny fiainana mandrakizay.

“AMEN”

1061. Ny Izaho mino, tahaka ny boky faran'ny Soratra Masina¹ koa, dia miafara amin'ny teny hebrio hoe *Amen*. Ahitana izany matetika amin'ny faran'ireo vavaka ao amin'ny Testamenta Vaovao. Toy izany koa, faranan'ny Fianganana amin'ny “Amen” ny fivavahany rehetra.

1062. Amin'ny fiteny hebrio, ny hoe *Amen* dia mifandray amin'ny fototeny iray ihany izay niavian'ny teny hoe “mino”. Io fototeny io dia manambara ny fahamafisana, ny fahazoana antoka, ny tsy fivadihana. Araka izany, fantatra ny antony mahatonga ny “Amen” ho azo ilazana ny tsy fivadihan' Andriamanitra amintsika sy ny fitokiantsika Aminy.

1063. Ao amin'i Izaia mpaminany dia ahitana ny fomba fiteny hoe “Andriamanitry ny fahamarinana”, ara-bakiteny dia hoe “Andriamanitry ny Amen”, izany hoe Andriamanitra tsy mivadika amin'ny fampanantenany : “Na iza na iza te hotahina eto an-tany, dia te hotahin'ny Andriamanitry ny Amen” (Iz 65,16). Mampiasa matetika ny teny hoe “Amen”² ny Tompontosika, indraindray amin'ny endrika averina indroa³, mba hanamafisana ny maha-azo antoka ny fampianarany, ny Fahefany miorina amin'ny Fahamarinan'Andriamanitra.

1064. Ny “Amen” famaranana ny Izaho mino izany dia mamerina sy manamafy ireo teniny anankiroa voalohany hoe : “Izaho mino”. Ny mino, dia ny milaza hoe “Amen” amin'ny teny, amin'ny fampanantenana, amin'ny didin' Andriamanitra, dia ny matoky tanteraka an'Ilay izay “Amen’ ” ny fitiavana tsy manam-petra sy tsy fivadihana tanteraka. Ny fiainana kristianina isan' andro izany dia ho “Amen” amin'ny “Izaho minon'ny” Fiekem-pinoana tamin'ny Batemintsika :

Aoka ny Sembolinao ho toy ny fitaratra ho anao. Jereo ao aminy ny tenanao : mba ahitana raha inoanao izay rehetra ambaranao fa inoana. Ary mifalia ianao isan'andro amin'ny finoanao⁴.

¹ jer. Apôk 22,21.

² jer. Mt 6,2.5.16.

³ jer. Jo 5,19.

⁴ Md Augustin, serm. 58, 11,13.

1065. Ny Tenan'i Jesoa-Kristy mihitsy no "ilay Amen" (Apôk 3,14). Izy no "Amen" tsy miovan'ny fitiavan'ny Ray antsika ; Izy no mizaka ao Aminy sy manatomombana ny "Amen' " antsika amin'ny Ray : "Ny fampanantenana rehetra avy amin'Andriamanitra, araka izany, dia ny "eny" azy ireo tao Aminy ; ka moa tsy amin'ny Alalany rahateo no ilazantsika ny "Amen" antsika amin'ny Voninahitr'Andriamanitra !" (2 Kôr 1,20) :

Amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy,
ry Andriamanitra Ray Mahefa ny zavatra rehetra,
dia Anao avokoa, ao amin'ny Fanahy Masina,
ny haja amam-boninahitra,
amin'ny taona rehetra mandrakizay.
AMEN¹.

* * * * *

¹ Doxologio post precem eucharisticam.

Fizarana Faharoa

Ny fankalazana ny mystery kristianina

Inona no anton'ny litorzia ?

1066. Ao amin'ny Sembolin'ny finoana no anambàran'ny Fiangonana ampahibemaso ny misterin'ny Trinite Masina sy ny “fandaharana lalin'ny safidim-pony” (Efez 1,9) amin'ny voary manontolo : notanterahin'ny Ray ny “misterin'ny sitrapony” tamin'ny nanomezany ny Zanany Malalany sy ny Fanahiny Masina ho famonjena an'izao tontolo izao sy ho voninahitry ny anarany. Izany no misterin'i Kristy¹, nambara sy notanterahina teo amin'ny tantara araka ny drafitra, ny “fandaharana” voalamina tamimpahendrena izay antsoin'i Md Paoly hoe “filaharan'ilay hevitra lalina miafina hatrizay hatrizay” (Efez 3,9), ary hantsoin'ny lovam-pampianaran'ny Aba hoe “fitantanany Teny tonga nofo”, na hoe “fitantanam-pamonjena”.

1067. “Izany tsanganasam-panavotana ny olombelona sy ny fanomezamboninahitra lavorary an'Andriamanitra izany, izay nosantarina mialoha tamin'ireo tsanganasa lehibe nataon'Andriamanitra teo amin'ny vahoakan'ny Testamenta Taloha, dia i Kristy Tompo no nanatanteraka indrindra izany tamin'ny misterin'ny Pakan'ny fijaliany mahasambatra, ny fitsanganany ho velona avy tao amin'ny toeran'ny maty ary ny fiakarany amim-boninahitra any an-danitra ; misterin'ny Paka izay tamin'izany no "nandravany ny fahafatesantsika tamin'ny nahafatesany, sy nanavaozany ny fiainana tamin'ny nitsanganany ho velona". Satria tao amin'ny lanivoan'i Kristy maty teo amin'ny Hazofijaliana no teraka "ny sakramenta mahatalanjon'ny Fiangonana manontolo"².” Izany no mahatonga ny Fiangonana mankalaza mialoha, amin'ny litorzia, ny misterin'ny Paka izay amin'ny alalany no anatanterahan'i Kristy ny tsanganasam-pamonjena antsika.

1068. Koa io misterin'i Kristy io no ambaran'ny Fiangonana sy ankalazainy amin'ny litorziany, mba hivelona amin'izany ny mpino sy hijoro ho vavolombelon'izany eo amin'izao tontolo izao :

Satria, ny litorzia, izay aminy, indrindra amin'ny sorona masin'ny Eokaristia, no “iasan'ny tsanganasa fanavotana antsika”, dia manampy amin'ny fomba ambony indrindra amin'izay asehon'ny mpino sy aharihariny amin'ny hafa, amin'ny alalan'ny fiainan'izy ireo, ny misterin'i Kristy sy ny fomba aman-toetra tena izy ny Fiangonana marina tokoa³.

¹. jer. Efez 3,4.

². L 5.

³ L 2.

Inona no dikan'ny teny hoe litorzia ?

1069. “Tsanganasam-bahoaka”, “asa fanompoan'ny vahoaka / ho tombon-tsoam-bahoaka” no dikan'ny teny hoe “litorzia” tany am-piandohana. Amin'ny lovam-pampianarana kristianina kosa, dia ny fandraisan'ny Vahoakan' Andriamanitra anjara amin'ny “tsanganasan'Andriamanitra”¹, no tiana hampahafantarina amin'io teny io. Amin'ny alalan'ny litorzia, i Kristy Mpamonjintsika sy Mpisorombe no manohy ao amin'ny Fiangonany, miaraka aminy sy amin'ny alalany, ny tsanganasam-panavotana antsika :

1070. Ny teny hoe “litorzia” ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ampiasaina tsy hoe hanondroana fotsiny ny fankalazana amin'ny fanompoam-pivavahana amin'Andriamanitra², fa koa ny fitoriana ny Evanjely³ sy ny fifankatiavana arahin'asa⁴. Ny fototr'ireo toe-draharaha rehetra ireo, dia ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny olombelona. Amin'ny fankalazana litorzika, ny Fiangonana dia mpanompo, amin'ny endriky ny Tompony, ilay “Mpilitorzia”⁵ tsy manam-paharoa, amin'ny fandraisany anjara ny maha-mpisorona Azy (asam-panompoana an'Andriamanitra), maha-mpaminany Azy (asam-pitoriana), ary maha-mpanjaka Azy (asam-pitiavana ny hafa) : 783

Noho izany, ara-drariny raha heverina fa ny litorzia dia fampiasana ny anjara raharaha maha-mpisorona an'i Jesoa-Kristy, fampiasana izay amin'izany ny fanamasinana ny olombelona no ampahafantarina amin'ny alalan'ireo famantarana ren'ny fandresana sy tanterahina amin'ny fomba sahaza ny tsirairay avy amin'izy ireo, izay amin'izany ny fanompoam-pivavahan'ny vahoaka manontolo no ampiasain'ny Vatana mistikan'i Jesoa-Kristy, izany hoe amin'ny alalan'ny Filoha sy amin'ny alalan'ny rantsambatany. Koa noho izany, ny fankalazana litorzika rehetra, amin'ny maha-tsanganasan'i Kristy mpisorona sy ny Vatany, izay ny Fiangonany, dia asa masina ambony indrindra ka tsy misy asa hafa na dia iray aza ataon'ny Fiangonana mety hahatratra ny vokatra mitovy fiamboniana sy mitovy ambaratonga aminy⁶.

Loharanon'aina ny litorzia

1071. Ny litorzia, noho izy tsanganasan'i Kristy, dia asan'ny *Fiangonany* koa. Izy no manatanteraka sy mampiseho ny Fiangonana ho famantarana hita maso amin'ny fiombonan'Andriamanitra sy ny olombelona amin'ny alalan' i Kristy. Izy no mampiotsaka ny mpino ao amin'ny Fiainam-baovao ny 1692

¹ jer. Jo 17,4.

² jer. Asa 13,2 ; Lk 1,23.

³ jer. Rôm 15,16 ; Filip 2,14-17 sy Filip 2,30.

⁴ jer. Rôm 15,27 ; 2 Kôr 9,12 ; Filip 2,25.

⁵ jer. Heb 8,2 sy 6.

⁶ L 7.

ankohonam-piangonana. Izy no mampisy ny fandraisana anjaran'ny rehetra “amim-pahatsiarovan-tena, amim-pahavitrihana ary amim-pahavokarana”¹.

1072. “Tsy mahatapitra ny asa rehetra sahanin'ny Fiangonana akory ny litorzia”²: tokony hialohavan'ny fitoriana ny Evanjely, ny finoana ary ny fibebahana izy ; koa noho izany, afaka mitondra ny vokany ao amin'ny fiainan'ny mpino izy : ny Fiainam-baovao araka ny Fanahy, ny firotsahana eo amin'ny fanirahana ny Fiangonana ary ny fanompoana ho amin'ny Firaisany.

Vavaka sy litorzia

1073. Fandraisana anjara koa amin'ny vavak'i Kristy ny litorzia, avantana amin'ny Ray ao amin'ny Fanahy Masina. Ao aminy no ahitan'ny vavaka kristianina manontolo ny fiandohany sy ny fiafarany. Amin'ny alalan'ny litorzia, ny olona anaty no mamahatra sy miorina³ amin'ny “fitiavana lehibe izay itiavan'ny Ray antsika” (Efez 2,4) ao amin'ny Zanany Malalany. Izany dia iray ihany amin'ny “zava-mahagaga ataon' Andriamanitra” izay iainana sy ampidirina ao anaty amin'ny alalan'ny vavaka rehetra “atao lalandava, ao amin'ny Fanahy” (Efez 6,18).

2558

Katesezy sy litorzia

1074. “Ny litorzia no fara tampony amin'izay kendrena amin'ny asan'ny Fiangonana, sady koa loharano ipoiran'ny heriny manontolo”⁴. Izy izany no toerana fanovozan-tsoa manokana amin'ny katesezin'ny Vahoakan' Andriamanitra. “Mifamatotra anaty amin'ny asa rehetra ara-litorzia sy aratsakramenta ny katesezy, satria amin'ny sakramenta, fa indrindra amin'ny Eokaristia i Jesoa-Kristy no manao asa feno fatra ho amin'ny fanovàna ny olombelona”⁵.

1075. Ny katesezy litorzika dia mikendry ny hampiditra ao amin'ny misterin'i Kristy (“mystagogie” no iantsoana izany), avy amin'ny hita maso no mankamin'ny tsy hita maso, avy amin'izay manambara mankamin'izay ambara, avy amin'ny “sakramenta” mankamin'ny “mistry”. Ny katesezy toy izany no andraikitry ny katesizy eo an-toerana sy amin'ny faritany. Ity Katesizy ity, izay te-hanampy ny Fiangonana manontolo, ao anatin'ny fahasamy hafa ny fombam-pivavahany sy ny kolontsainy⁶, no hanolotra izay fototra sy iombonan'ny Fiangonana manontolo mikasika ny litorzia

426

774

¹ L 11.

² L 9.

³ jer. Efez 3,16-17.

⁴ L.10.

⁵ Joany Paoly II, CT 23.

⁶ jer. L 3-4.

amin'ny maha-mistery sy maha-fankalazana azy (*sampana voalohany*) manaraka izany ny sakramenta fito sy ny sakramentaly (*sampana faharoa*).

SAMPANA VOALOHANY

Ny fitantanam-pamonjena ara-tsakramenta

1076. Ny andron'ny Pantekôty, tamin'ny fandrotsahana ny Fanahy Masina, no naseho tamin'izao tontolo izao ny Fiangonana¹. Ny fanomezana ny Fanahy no nisantatra ny vanim-potoana vaovao tamin'ny “fizarazarana ny mistery”: ny vanim-potoanan'ny Fiangonana, izay mandritra izany i Kristy no maneho, tonga eo ary mampita ny tsanganasam-pamonjeny amin'ny alalan'ny litorzian'ny Fiangonany, “mandra-piaviny” (1 Kôr 11,26). Mandritra izany vanim-potoanan'ny Fiangonana izany, dia miaina sy miasa ao amin'ny Fiangonany i Kristy hatramin'izao ary miaraka aminy amin'ny fomba 739 vaovao, sahaza izany vanim-potoana vaovao izany. Miasa amin'ny alalan'ny sakramenta Izy; izany no iantsoan'ny Lovam-pampianarana iombonan'ny Tatsinanana sy ny Tandrefana hoe : “fitantanam-pamonjena ara-tsakramenta”; ny maha-izy azy ity dia ny fampitana (na “fizarazarana”) ny vokatry ny misterin'ny Pakan'i Kristy amin'ny fankalazana ny litorzia “ara-tsakramentan' ” ny Fiangonana.

Noho izany, zava-dehibe ny manazava mialoha io “fizarazarana ny sakramenta” io (*toko voalohany*). Amin'izany no hahitana mazava tsara kokoa ny toetra sy ny tena endriky ny fankalazana litorzika (*toko faharoa*).

¹ jer. L 6 ; FF 2.

TOKO VOALOHANY
Ny misterin'ny Paka
ao amin'ny vanim-potoanan'ny Fiangonana

ANDALANA 1

Ny litorzia – tsanganasan'ny Trinite Masina

I. Ny Ray, loharano ipoirana sy tanjona iafaran'ny litorzia

492 1077.”Hisaorana anie Andriamanitra sady Rain'i Jesoa-Kristy Tompontsika, izay nitsodrano antsika tamin'ny tsodrano rehetra ara-panahy, any an-danitra, ao amin'i Kristy. Tamin'izany Izy no nifidy antsika tao Aminy, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba ho masina sy madio tsy misy pentim-pahotana eo anatrehany, ao amin'ny fitiavana, tamin'ny nanendreny antsika mialoha, mba ho zanaka hatsangana ho Azy amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy isika. Izany no safidin'ny sitrapony, amin'ny fiderana ny voninahitry ny fahasoavany izay nanomezany ny soa ho antsika ao amin'Ilay Malalany” (Efez 1,3-6).

2626 1078.Ny mitsodrano dia asan'Andriamanitra izay manome ny fiainana ka ny Ray no loharano ipoiran'izany. Ny tsodranony dia sady teny no fanomezana (*bene-dictio, eu-logia*). Io teny io, rahefa ampiharina amin'ny olombelona, dia hanana dikany hoe fitsaohana sy fanolorana ao anatin'ny fisaorana ny Mpahary azy.

1079.Hatramin'ny fiandohana ka mandra-pahatapitra ny fotoana rehetra, ny tsanganasan'Andriamanitra manontolo dia *tsodrano*. Manomboka amin'ny tononkalo litorzikan'ny fahariana voalohany ka hatramin'ny tonon-kiran'i Jerosalema any an-danitra, ny mpanoratra nahazo fitsilovan-tsaina dia manambara ny fandaharam-pamonjena ho tsodrano tsy misy fetra avy amin'Andriamanitra.

1080.Nanomboka tany am-piandohana Andriamanitra no nitsodrano ireo zavamananaina, singanina manokana ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny fanekem-pihavanana tamin'i Nôe sy tamin'ireo zavamananaina no nanavaozana izany tsodranom-piterahana amam-pahavokarana izany, na dia teo aza ny fahotan'ny olombelona izay nahatonga ny tany ho “voaozona”. Kanefa, nanomboka tamin'i Abrahamana ny tsodranon' Andriamanitra no naninteraka ny tantaran'ny olombelona, izay mandeha ho any amin'ny fahafatesana, mba hamerina azy hiakatra ho amin'ny fiainana, any amin'ny loharano nipoirany : amin'ny alalan'ny finoan'ilay “rain'ny mpino” izay nandray ny tsodrano no nisantarana ny tantaram-pamonjena.

1081. Ny tsodranon'Andriamanitra dia miharihary amin'ny zava-dehibe tsy fahita andavanandro mampitolagaga sy mahavonjy : ny nahaterahan'i Isaaka, ny fialana tao Ejipta (Paka sy Eksaody), ny fanomezana ny Tany nampanantenaina, ny fifidianana an'i Davida, ny maha-ao an-tempoly an' Andriamanitra, ny sesitany mpanadio ary ny fiverenan'ny "Sisa kely". Ny Lalàna, ny Mpaminany ary ny Salamo izay mandrafitra ny litorzian'ny Vahoaka voafidy, dia sady mampahatsiaro ireny tsodranon'Andriamanitra ireny no mamaly izany amin'ny tsodranom-piderana sy fisaorana.
1082. Ao amin'ny litorzian'ny Fiangonana ny tsodranon'Andriamanitra no ambara sy ampitaina manontolo : ny Ray no ekena marina sy tsaohina ho Loharano ipoirana sy Tanjona iafaran'ny tsodrano rehetra amin'ny fahariana sy ny famonjena; ao amin'ny Teniny, tonga nofo, maty sy nitsangan-ko velona ho antsika, no amenoany ao amintsika ny tsodranony mitafotafo, ary amin'ny Alalany no androtsahany ao am-pontsika ny Fanomezana izay misy ny fanomezana rehetra : ny Fanahy Masina.
1083. Mazava àry izany ny lafin-kevitra roa amin'ny litorzia kristianina ho valim-pinoana sy fitiavana amin'ireo "tsodrano ara-panahy" izay anomezan'ny Ray ny soa ho antsika. Etsy an-daniny, ny Fiangonana, miray amin'ny Tompony sy "entanin'ny Fanahy Masina" (Lk 10,21), dia mankalaza ny Ray "noho ny Fanomezany tsy hay ambara" (2 Kôr 9,15) amin'ny alalan'ny fitsaohana, ny fiderana ary ny fisaorana. Etsy an-kilany, mandra-pahatontosa ny fandaharan'Andriamanitra, tsy mitsahatra ny Fiangonana manolotra amin'ny Ray "ny fanatitra avy amin'ny fanomezany manokana" ary mitalaho Aminy mba handrotsaka ny Fanahy Masina eo amin'ilay fanatitra, eo amin'ny tenan'izy Fiangonana, eo amin'ny mpino ary eo amin'izao tontolo rehetra izao, ka noho ny fiombonana amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy-Mpisorona ho velona sy noho ny herin'ny Fanahy, dia hisy vokany amin'ny fiainana ireny tsodranon' Andriamanitra ireny, "amin'ny fiderana ny voninahitry ny fahasoavany" (Efez 1,6). 2627
1360

II. Ny tsanganasan'i Kristy ao amin'ny litorzia

I Kristy nomem-boninahitra ...

1084. "Amin'ny fipetrahan'i Kristy eo an-kavanoan'ny Ray" sy amin'ny fandrotsahana ny Fanahy Masina ao amin'ny Vatany, izay ny Fiangonana izany, dia miasa Izy hatramin'izao amin'ny alalan'ireo sakramenta, noforonin'ny Tenany mba hampitana ny fahasoavany. Ny sakramenta dia famantarana ren'ny fandrenesana (teny sy asa), mora azon'ny maha-olona antsika izao. Ireo sakramenta ireo no manatanteraka amim-pomba 662

1127 mandaitra ny fahasoavana izay ampahafantariny, noho ny asan'i Kristy sy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

1085. Ao amin'ny litorzian'ny Fiangonana, i Kristy no mampahafantatra sy manatanteraka voalohany indrindra ny misterin'ny Pakany. Nandritra ny fiainany teto an-tany, nambaran'i Jesoa tamin'ny alalan'ny fampianarany sy nataony mialoha tamin'ny alalan'ny asany ny misterin'ny Pakany. Nony tonga ny Orany¹, dia niainany ny zava-miseho tokana aman-tany teo amin'ny tantara izay tsy mihelina fotsiny : maty i Jesoa, dia nalevina, nitsangana tamin'ny maty ary mipetraka eo an-kavanan'ny Ray “indray mandeha monja dia ampy” (Rôm 6,10; Heb 7,27; 9,12). Tena zava-niseho marina izany, tonga tsy nampoizina teo amin'ny tantarantsika, nefa dia tokana aman-tany : ny zava-miseho hafa rehetra eo amin'ny tantara dia miseho indray mandeha, dia miserana, ary dia atelin'ny lasa. Ny misterin'ny Pakan'i Kristy kosa tsy mety hivalona fotsiny ho lasa, satria tamin'ny alalan'ny Fahafatesany no nandravany ny fahafatesana, ary izay rehetra maha-Kristy an'i Kristy, sy izay rehetra nataony ary niaretany fijaliana ho an'ny olombelona rehetra, dia miombona anjara amin'ny mandrakizain'Andriamanitra sy mihoatra ny fotoana rehetra amin'izany, ary eo lalandava. Ny Zava-niseho teo amin'ny Hazofijaliana sy ny Fitsanganan-ko velona dia *maharitra* ary manintona ny rehetra ho any amin'ny Fiainana.

... nanomboka tamin'ny Fiangonan'ny apôstôly ...

1086. ”Tahaka ny nanirahan'ny Ray an'i Kristy no nanirahan'ny Tenan'Izy Kristy koa ny apôstôliny, fenon'ny Fanahy Masina, tsy hoe mba hanambaràn'izy ireo fotsiny, amin'ny fitoriana ny Evanjely amin'ny voary rehetra, fa ny Zanak'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona, no nanafaka antsika tamin'ny fahefan'i Satana sy tamin'ny fahafatesana, ary namindra antsika ho ao amin'ny Fanjakan'ny Rainy, fa koa mba hampiasan'izy ireo izany tsanganasam-pamonjena nambarany izany, amin'ny alalan'ny Sorona sy ny sakramenta izay ifantohan'ny fiainana litorzika manontolo”².

1087. Araka izany, i Kristy nitsangan-ko velona, tamin'ny nanomezany ny Fanahy Masina ny apôstôly, dia nanankina tamin'izy ireo ny fahefampanamasinany³ : manjary famantarana ara-tsakramentan'i Kristy izy ireo. Tamin'ny alalan'ny herin'io Fanahy Masina io ihany, nankinin'izy ireo tamin'ny dimbiny io fahefana io. Izany “fifandimbiasana maha-apôstôly” izany no mandrafitra ny fiainana litorzika manontolo iainan'ny Fiangonana;

¹ jer. Jo 13,1 ; 17,1.

² L.6.

³ jer. Jo 20,21-23.

ara-tsakramenta rahateo izany, ampitaina amin'ny alalan'ny sakramentan' ny Filaharana. 1536

... dia eo amin'ny litorzia eto an-tany ...

1088. “Ho fanatanterahana izany tsanganasa lehibe loatra izany” - ny fizarazarana na fampitana ny tsanganasam-pamonjen'i Kristy -, “dia eo amin'ny Fiangonany lalandava Izy, indrindra amin'ny asa litorzika. Eo Izy amin'ny Soron'ny Lamesa, sy ao amin'ny tenan'ny mpandraharaha masina, “ka amin'ny fisoronany ihany no nataony maharitra amin'ny alalan'ny andraiki-panompoan'ny Pretra, ny nanolorany ny Tenany mihitsy teo amin'ny Hazofijaliana”, ary eo Izy, amin'ny fara tampony indrindra, amin'ny endriky ny mofo sy ny divay amin'ny Eokaristia. Eo Izy amin'ny alalan'ny hasiny ao amin'ny sakramenta, hany ka rahefa misy olona iray manao batemy, dia ny Tenan'Izy Kristy mihitsy no manao batemy. Eo Izy ao amin'ny teniny, satria Izy no miteny rahefa vakina ao amin'ny Fiangonana ny Soratra Masina. Farany, eo Izy rahefa mivavaka sy mihira ny salamo ny Fiangonana, Izy izay nampanantena hoe: “Na aiza na aiza iangonan'ny olona roa na telo amin'ny anarako, dia eo Aho, eo afovoan'izy ireo” (Mt 18,20)”¹. 776,669 1373

1089.”Ho fanatanterahana io tsanganasa lehibe io izay ankalazana tanteraka an'Andriamanitra sy anamasinana ny olombelona, dia miara-miasa lalandava i Kristy sy ny Fiangonana Vady malalany, izay miantso Azy ho Tompony sy mampanolotra amin'ny Alalany ny fivavahany amin'ny Ray mandrakizay”². 796

... izay mandray anjara amin'ny litorzia any an-danitra

1090.“Amin'ny litorzia eto an-tany no andraisantsika anjara amin'ny santatry ny litorzia any an-danitra ankalazaina ao an-tanàna masin'i Jerosalema izay mankany aminy no izorantsika mpivahiny, izay any no ipetrahan'i Kristy eo an-kavanan'Andriamanitra, amin'ny maha-mpandraharaha Azy ny toerana masina sy ny tabernakla tena izy ; miaraka amin'ny tafiky ny lanitra tontolo no ihirantsika ny antsa fanomezam-boninahitra ny Tompo ; amin'ny fanajam-pahatsiarovana ny olomasina no anantenantsika ny fiombonana anjara amin'ny fikambanan'izy ireo ; andrasantsika amin'ny maha-Mpamonjy Azy i Jesoa-Kristy Tompontosika, mandra-pahatongan'ny fisehoan'ny Tenany mihitsy, Izy izay fiainantsika, ary amin'izay isika no hiseho miaraka Aminy ao amin'ny voninahitra”³. 1137-1139

¹ L.7.

² L.7.

³ L.8 ; jer. FF 50.

III. Ny Fanahy Masina sy ny Fiangonana ao amin'ny litorzia

798 1091. Ny Fanahy Masina, amin'ny litorzia, no mpanabe ny Vahoakan' Andriamanitra amin'ny finoana, mpiasa tanan'ny “sangan'asan' Andriamanitra”, dia ny sakramentan'ny Fanekem-pihavanana Vaovao izany. Ny faniriana sy ny tsanganasan'ny Fanahy eo anivon'ny Fiangonana, dia ny hivelomantsika amin'ny ain'i Kristy nitsangan-ko velona. Rahefa mifanojo Aminy ao anatintsika ny valim-pinoana izay Izy no nahatonga izany, dia tanteraka ny tena farimbon'asa marina. Amin'ny alalan'izany, manjary tsanganasa iombonan'ny Fanahy Masina sy ny Fiangonana ny litorzia.

737 1092. Ny Fanahy Masina, amin'ity fizarazarana ara-tsakramenta ny misterin'i Kristy ity, dia miasa amin'ny fomba mitovy ao amin'ny fotoan-tsamihafa ny fitantanam-pamonjena : Izy no manomana ny Fiangonana hihaona amin'ny Tompony; Izy no mampahatsiahy sy mampiseho an'i Kristy amin'ny finoan'ny mpiangona; Izy no mahatonga eo sy mampihatra amin'ny fiainana ankehitriny ny misterin'i Kristy amin'ny alalan'ny heriny manova ; farany, ny Fanahin'ny fiombonana no mampiray ny Fiangonana amin'ny fiainana sy amin'ny fanirahana an'i Kristy.

Ny Fanahy Masina no manomana ny handraisana an'i Kristy

762 1093. Ny Fanahy Masina no manatanteraka ao amin'ny fitantanam-pamonjena ara-tsakramenta ny tandindona ao amin'ny *Fanekem-pihavanana Taloha*. Noho ny Fiangonan'i Kristy “nomanina tamin'ny fomba mahagaga teo amin'ny tantaran'ny vahoaka Israely sy tao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha”¹, dia notahirizin'ny litorzian'ny Fiangonana ho ampahany tsy azo esorina sy tsy azo soloana, amin'ny fanaovana ireny ho an'ny tenany, ireo singafototry ny fanompoam-pivavahana ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha :

- 121 – alohan'ny rehetra, ny famakiana ny Testamenta Taloha ;
- 2585 – ny vavaka Salamo ;
- 1081 – ary indrindra ny fahatsiarovana ireo zava-niseho lehibe nahavonjy sy ireo zava-nisy miharihary izay ao amin'ny misterin'i Kristy no ahitana ny fahatanterahan'izy ireny (ny fampanantenana sy ny fanekem-pihavanana, ny Eksaody sy ny Paka, ny Fanjakana sy ny Tempoly, ny Sesitany sy ny Fiverenana).

¹ FF2.

1094. Amin'izany firindran'ny Testamenta roa izany¹ no itohizan'ny katesezin'ny Pakan'ny Tompo², manaraka izany ny an'ny apôstôly sy ny Aban'ny Fiangonana. Izany katesezy izany dia mampiseho an'izay niafina tao amin'ny soratry ny Testamenta Taloha : ny misterin'i Kristy. Nantsoina hoe "arapisantaram-panehoana" ("typologique") izany satria mampiseho ny zava-baovaon'i Kristy niainga avy amin'ireo "tandindona" (soritr' endrika) izay nanambara izany tamin'ny zava-niseho, ny teny ary ny fanehoana an'ohatra tao amin'ny fanekem-pihavanana voalohany. Amin'ny alalan'ny famakiana izany indray ao amin'ny Fanahin'ny Fahamarinana manomboka amin'i Kristy, no voala sarena ny tandindona³. Araka izany, ny safo-drano sy ny Sambofiaran'i Nôe no nanambara mialoha ny famonjena amin'ny alalan'ny Batemy⁴, torak'izany ny Andry rahona sy ny fiampitana ny ranomasina Mena, ary ny rano avy ao amin'ny vatolampy no tandindon'ny fanomezana ara-panahy avy amin'i Kristy⁵ ; ny mana tany an'efitra no nanambara mialoha ny Eokaristia, "ilay Mofa tena izy avy any an-danitra" (Jo 6,32). 128-130

1095. Izany no mahatonga ny Fiangonana, singanina manokana ny amin'ny fotoanan'ny Fahatongavan'ny Tompo, ny Karemy ary indrindra amin'ny alin'ny Paka, mamaky indray sy miaina indray ireo zava-dehibe rehetra niseho teo amin'ny tantaram-pamonjena ao amin'ny "anio" ny litorziany. Izany anefa dia mitaky koa ny mba hanampian'ny katesezy ny mpino hisokatra amin'io fahalalana "ara-panahy" ny fitantanam-pamonjena io, araka izay ampisehoan'ny litorzian'ny Fiangonana izany sy amelomany antsika amin'izany. 281
117

1096. *Litorzia Jody sy litorzia kristianina*. Ny fahalalana tsara indrindra ny finoana sy ny fiainam-pivavahan'ny vahoaka jody, araka ny mbola iekena sy iainana azy ankehitriny, dia afaka manampy hahazoana tsaratsara kokoa ny endrika sasantsasany amin'ny litorzia kristianina. Ho an'ny jody sy ho an'ny kristianina ny Soratra Masina dia ampahany tsy azo avela amin'ny litorzian'izy ireo : amin'ny fanaovana antso avo ny tenin'Andriamanitra, ny valy amin'izany Teny izany, ny vavaka fiderana sy fitalahoana ho an'ny velona sy ny maty, ny fangataham-bonjy amin'ny famindram-pon'Andriamanitra. Ny litorzian'ny Teny, amin'ny firafiny manokana, dia niandoha avy amin'ny fivavahana jody. Ny Vavaka isan'Andro sy ny lahatsoratra hafa ary ny rijan-teny ara-litorzia dia misy mifandrindra amin'ny azy ireo, tahaka izany koa ny rijan-tenin'ny tena fivavahantsika manan-kasina indrindra, izay ny "Rainay any an-danitra". Ny vavaka fisaorana amin'ny Eokaristia dia notakarina koa avy amin'ny môdelin'ny lovam-panahy jody. Ny fitoviana misy eo amin'ny litorzia jody sy ny litorzia kristianina, nefa koa ny tsy fitovian'ny votoatin'izy ireo, dia hita indrindra ao amin'ireo fety lehibe amin'ny taona litorzika, toy ny Paka. Ny kristianina sy ny jody dia mankalaza ny Paka : 1174
1352

¹ jer. FA 14-16.

² jer. Lk 24,13-49.

³ jer. 2 Kôr 3,14-16.

⁴ jer. 1 Pi 3,21.

⁵ jer. 1 Kôr 10,1-6.

840 Pakan'ny tantara, mandroso mankamin'ny hoavy, ho an'ny jody ; Paka tanteraka tamin'ny fahafatesana sy ny Fitsanganan'i Kristy ho velona, ho an'ny kristianina, na dia eo am-piandrasana lalandava ny fahataperan'izany tanteraka aza.

1097.Amin'ny *litorzian'ny Fanekem-pihavanana Vaovao*, ny asa litorzika rehetra, singanina manokana ny fankalazana ny Eokaristia sy ireo sakramenta, dia fihaonan'i Kristy sy ny Fiangonana. Ny fiaraha-miangona amin'ny litorzia dia mitana ny firaisany amin'ny “fiombonana amin'ny Fanahy Masina” izay mamory ny zanak'Andriamanitra ao amin'ny Vatana token'i Kristy. Mihoatra ny fifandraisana maha-olombelona, ara-poko, ara-kolontsaina ary ara-piaraha-monina izany.

1430 1098.Tsy maintsy *miomana* hihaona amin'ny Tompony ny mpiangona, ho “vahoaka vonona tsara” (Lk 1,17). Izany fanomanana ny fo izany dia tsanganasa iombonan'ny Fanahy Masina sy ny mpiangona, singanina manokana ny mpandraharahany masina. Ny fahasoavan'ny Fanahy Masina no manetsika ny finoana, ny fiovàn'ny fo ary ny firaiketana amin'ny sitrapon'ny Ray. Ireo toe-panahy ireo dia heverina ho mialohan' ny fandraisana ny fahasoavana hafa atolotra ao amin'ilay fankalazana ihany sy ny vokatry ny Aim-baovao izay natao hamokatra ao aoriana.

Ny Fanahy Masina no mampahatsiaro ny misterin'i Kristy

91 1099.Ny Fanahy sy ny Fiangonana no mifarimbona hampiseho an'i Kristy sy ny tsanganasam-pamonjeny ao amin'ny litorzia. Amin'ny Eokaristia indrindra aloha, ary tahaka izany ny amin'ireo sakramenta hafa, ny litorzia dia *Tsangambato fahatsiarovana* ny misterim-pamonjena. Ny Fanahy Masina no fitadidiana velon'ny Fiangonana¹.

1134 1100.Ny *Tenin'Andriamanitra*. Ny Fanahy Masina no mampahatsiaro mialoha ny mpiangona amin'ny litorzia ny dikan'ny zava-niseho tamin'ny famonjena amin'ny fanomezana aina amin'ny Tenin'Andriamanitra izay torina mba ho raisina sy hivelomana :

103,131 Ny Soratra Masina, ao anatin'ny fankalazana amin'ny litorzia, dia manandanja aoka izany. Avy aminy no akana ireo lahatsoratra izay ho vakina sy ho hazavaina amin'ny toriteny, tahaka izany ireo salamo izay ho hiraina ; avy amin'ny fitarihan-keviny sy ny fihetseham-po avy aminy, ny fitalahoana, ny vavaka am-po sy ny antsa litorzika no mipoitra, ary avy aminy koa ny asa sy ny fanehoana an'ohatra no mandray ny hevitra raketin'izy ireo².

¹ jer. Jo 14,26.

² L.24.

1101. Ny Fanahy Masina no manome ny mpamaky teny sy ny mpihaino, araka ny toe-pon'izy ireo, ny fahatakarana ara-panahy ny Tenin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny teny, ny asa ary ny fanehoana an'ohatra izay mamorona ny soritsoritry ny fankalazana, Izy no mampisy fifandraisana velona eo amin'ny mpino sy ny mpandraharaha masina amin'i Kristy, Teny sy Endriky ny Ray, mba hahafahan'izy ireo mampita ao amin'ny fiainan'izy ireo ny dikan'izay zavatra henon'izy ireo, banjiny ary ataony ao amin'ny fankalazana. 117

1102. “Ny Tenim-pamonjena no mamelona ny finoana ao am-pon'ny kristianina : izy no miteraka sy mampitombo ny fiombonan'ny kristianina”¹. Tsy mijanona amin'ny fampianarana ny fitoriana ny Tenin'Andriamanitra : mila *valy amin'ny finoana* izany, ho fankatoavana sy firotsahana, eo anatrehan'ny fanekem-pihavanana ifanaovan'Andriamanitra sy ny vahoakany. Mbola ny Fanahy Masina no manome ny fahasovan'ny finoana, manamafy izany sy mampitombo izany ao amin'ny ankehonampiangonana. Ny fiaraha-miangona amin'ny litorzia izany dia fiombonana amin'ny finoana. 143

1103. Ny “*Anaminezy*”. Miankina lalandava amin'ny firotsaham-pamonjen'Andriamanitra eo amin'ny tantara ny fankalazana litorzika. “Atao amin'ny alalan'ny asa sy ny teny, mifamatotra lalina amin'izy samy izy, ny fitantanam-panambaràna (...). Ny teny no manambara ny tsanganasa sy manala sarena ny mystery izay raketiny ao amin'izany”². Amin'ny litorzian'ny Teny ny Fanahy Masina no “mampahatsiaro” ny mpiangona amin'izay rehetra nataon'i Kristy ho antsika. Araka ny toetran'ny asa litorzika sy ny lovam-panahy amin'ny fombam-pivavahan'ny Fiangonana, ny fankalazana no “mampahatsiaro” ao amin'ny Anaminezy somary novelabelarina, ireo zava-mahagaga nataon'Andriamanitra. Ny Fanahy Masina, izay mamoha-foha tahaka izany ny fahatsiarovan'ny Fiangonana, no mahatonga amin'izay ny fisaorana sy ny fiderana (*Tenim-boninahitra; Doxologie*). 1362

Ny Fanahy Masina no mampihatra amin'ny fiainana ankehitriny ny misterin'i Kristy

1104. Ny litorzia kristianina dia tsy mampahatsiaro fotsiny ny zava-niseho izay namonjena antsika, fa mampihatra azy ireny amin'ny fiainana ankehitriny, mahatonga ny fisian'izy ireny ho eo. Ankalazaina ny misterin'ny Pakan'i Kristy fa tsy hoe averimberina ; ny fankalazana no miverimberina ; ao amin'ny litorzia tsirairay no tonga tsy ampoizina ny firotsahan'ny Fanahy Masina, izay mampihatra amin'ny fiainana ankehitriny ny mystery tokana. 1085

¹ RFP 4.

² FA 2.

1105. Ny “*Epikilezy*” (“fiantsoana an’ny”) no vavaka fitalahoana izay italahoan’
1153 ny Pretra amin’ny Ray handefa ny Fanahy Mpanamasina mba ho zary
vatana sy ran’i Kristy ny fanatitra ary amin’ny fandraisana izany ireo mpino
mihitsy no manjary fanatitra velona amin’Andriamanitra.

1106. Ny votoatin’ny fankalazana atao amin’ny sakramenta tsirairay, indrindra
ny Eokaristia, dia ny “*Epikilezy*”, miaraka amin’ny “*Anaminezy*” :

1375 Manontany ianao hoe : ahoana no ahatongavan’ny mofo ho Vatan’i Kristy, sy
ny divay (...) ho Ran’i Kristy ? Izaho, milaza aminao hoe : ny Fanahy Masina
no mirotsaka sy manatanteraka izany, izay mihoatra ny teny rehetra sy ny
hevitra rehetra (...). Aoka ho ampy ho anao ny mandre fa amin’ny alalan’ny
Fanahy Masina, toy ny avy amin’ilay Virjiny Masina sy amin’ny alalan’ny
Fanahy Masina no nahatonga ny Tompo ho nofo amin’ny alalan’ny Tenany
ihany sy ao amin’ny Tenany ihany¹.

1107. Manafaingana ny fahatongavan’ny Fanjakan’Andriamanitra sy ny
2816 fahatanterahan’ny misterim-pamonjena, ny herim-panavaozan’ny Fanahy
Masina amin’ny litorzia. Eo am-piandrasana sy ao anatin’ny fanantenana no
mahatonga antsika manatanteraka mialoha marina tokoa ny fiombonana
manontolo amin’ny Trinite Masina. Ny Fanahy izay irahin’ny Ray manaiky
ny Epikilezin’ny Fiangonana no manome ny aina an’ireo izay mandray
izany, ary mamboatra ho azy ireo, manomboka izao, ny “antoky” ny
lovan’izy ireo².

Ny firaisana amin’ny Fanahy Masina

1108. Ny fiafaran’ny fanirahana ny Fanahy Masina ao amin’ny asa litorzika
manontolo dia ny mampiray antsika amin’i Kristy mba handrafitra ny
788 Vatany. Ny Fanahy Masina no toy ny ranon-kazon’ny Foto-boaloboky ny
Ray izay mitondra ny voany ao amin’ny sampana³. Ao amin’ny litorzia no
1091 tanteraka ny farimbon’asa lalina indrindra eo amin’ny Fanahy Masina sy ny
Fiangonana. Izy, Fanahy mampiray, dia mitoetra amin’ny fomba maharitra
ao amin’ny Fiangonana, ka noho izany ny Fiangonana no sakramenta lehibe
775 mampiombona amin’Andriamanitra, izay anangonana ny zanany niparitaka.
Ny vokatry ny asan’ny Fanahy ao amin’ny litorzia dia tsy azo sarahina
amin’ny firaisana amin’ny Trinite Masina sy ny firaisana maha-mpiray tam-
po ara-pinoana⁴.

1109. Ny “*Epikilezy*” koa dia vavaka ho amin’ny vokatra feno fatra amin’ny
firaisan’ny mpiangona ao amin’ny misterin’i Kristy. “Ny fahasoavan’i

¹ Md Jean Damascène, f.o. 4,13.

² jer. Efez 1,14 ; 2 Kôr 1,22.

³ jer. Jo 15,1-17 ; Gal 5,22.

⁴ jer. 1 Jo 1,3-7.

Jesoa-Kristy Tompontosika, ny fitiavan'Andriamanitra Ray ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina” (2 Kôr 13,13) dia tokony hitoetra lalandava ao amintsika sy hamokatra aorian'ny fankalazana ny Eokaristia. Mitalaho amin'ny Ray àry ny Fiangonana haniraka ny Fanahy Masina mba hampanjariany ho sorona velona ho an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanovàna ara-panahy hitovy endrika amin'i Kristy, ao amin'ny fiainan'ny mpino, ny fiahiam-piraisan'ny Fiangonana, sy ny fandraisana anjara amin'ny fanirahana azy amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona, ary ny asam-pitiavana ny hafa. 1368

FAMINTINANA

1110. *Amin'ny litorzian'ny Fiangonana, Andriamanitra Ray no isaorana sy tsaohina ho loharanon'ny tsodrano rehetra amin'ny fahariana sy ny famonjena, izay anasoavany antsika ao amin'ny Zanany, mba hanomezana antsika ny Fanahim-pananganan-janaka.*

1111. *Ny tsanganasan'i Kristy amin'ny litorzia dia ara-tsakramenta satria ny misterim-pamonjeny dia misy ao amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahiny Masina; satria ny Vatany, izay tsy inona fa ny Fiangonana, dia toy ny sakramenta (famantarana sy fitaovana) izay ao amin'izany no izarazaran'ny Fanahy Masina ny misterim-pamonjena; satria amin'ny alalan'ireo asany litorzika, ny Fiangonana mivahiny ety an-tany dia efa mandray anjara sahady, amin'ny fisantarana, ny litorzia any an-danitra.*

1112. *Ny andraikitry ny Fanahy Masina ao amin'ny litorzian'ny Fiangonana dia ny manomana ny mpiangona hihaona amin'i Kristy ; ny mampahatsiaro ny momba an'i Kristy sy ny maneho Azy amin'ny finoan' ny mpiangona ; ny mahatonga ho eo sy ny mampihatra amin'ny fiainana ankehitriny ny tsanganasam-pamonjen'i Kristy amin'ny heriny manova, ary ny mampamokatra ny fanomezam-pahasoavana mampiray ao amin'ny Fiangonana.*

ANDALANA 2

Ny misterin'ny Paka ao amin'ny sakramentan'ny Fiangonana

1113. *Ny fiainana litorzika rehetra iainan'ny Fiangonana dia miompana amin'ny Soron'ny Eokaristia sy ireo sakramenta¹. Misy fito ny sakramenta ao amin'ny Fiangonana : ny Batemy, ny Fankaherezana na Fanosorana masina, ny Eokaristia, ny Fivalozana, ny Fanosorana ny marary, ny Filaharana, ny* 1210

¹ jer. L.6.

Fanambadiana¹. Amin'ity andalana ity no iresahana an'izay iombonan'ny sakramenta fito an'ny Fiangonana, ny amin'ny lafin'ny fitambaram-pampianarana. Izay iombonan'izy ireo amin'ny endriky ny fankalazana no hovelabelarina amin'ny toko faha-II, ary izay manokana an'ny tsirairay amin'ireo no ho fototry ny sampana faha-II.

I. Ny sakramentan'i Kristy

1114. “Miraiki-po amin'ny fitambaram-pampianaran'ny Soratra Masina, amin'ny lovam-panahy apôstôlika (...) ary amin'ny hevitra iraisan'ny Aba”² isika, ka manambara ampahibemaso fa “ireo sakramentan'ny Lalàna vaovao dia naorin'i Jesoa-Kristy Tompotsika daholo”³.

512-560 1115. Ny teny sy ny asan'i Jesoa nandritra ny fiainany miafina sy ny raharaham-pamonjeny ampahibemaso dia efa ahazoam-pamonjena sahady. Nialoha ny herin'ny misterin'ny Pakany izy ireny. Nilaza sy nanomana izay homeny ny Fiangonana izy ireny rahefa ho tanteraka ny zavatra rehetra. Ny misterin'ny fiainan'i Kristy no fototr'izay zarazarain'i Kristy ao amin'ny sakramenta, hatramin' izao, amin'ny alalan'ny mpandraharaha masin'ny Fiangonany, satria “izay hita maso tao amin'ny Mpamonjy antsika dia miampita ao amin'ny misteriny”⁴.

1504,774 1116. Ny sakramenta, “hery izay mivoaka” avy amin'ny Vatan'i Kristy⁵, velona sy mamelombelon'aina lalandava, asan'ny Fanahy Masina am-perinasa ao amin'ny Vatany izay tsy inona fa ny Fiangonana, no “sangan'asan' Andriamanitra” ao amin'ny fanekem-pihavanana vaovao sady mandrakizay.

II. Ireo sakramentan'ny Fiangonana

120 1117. Amin'ny alalan'ny Fanahy izay mitari-dalana azy “amin'ny marina rehetra” (Jo 16,13), ny Fiangonana dia nahafantatra tsikelikely io harena sarobidy noraisina avy amin'i Kristy io ary nanoritra mazava ny “fizarazarana” ny amin'izany, toy ny nataony mikasika ny fitsipika namerana ny Soratra Masina sy ny fitambaram-pampianaram-pinoana, amin'ny maha-mpiandraiki-draharaha mahatoky momba ny misterin' Andriamanitra azy⁶. Araka izany, nandritra ny taonjato mifandimby no nandanjalanjan'ny Fiangonana, fa amin'ireo fankalazana litorzika ataony,

¹ jer. DS 860 ; 1310 ; 1601.

² DS 1600.

³ DS 1601.

⁴ Md Léon le Grand, serm. 74,2.

⁵ jer. Lk 5,17 ; 6,19 ; 8,46.

⁶ jer. Mt 13,52 ; 1 Kôr 4,1.

ny fito amin'izany, araka ny hevitra fototry ny teny, dia ireo sakramenta naorin'ny Tompo.

1118. “An’ny Fiangonana” ireo sakramenta ireo, araka izao heviny mandray roa maha-izy azy izao : “amin’ny alalany” sy “ho azy”. “Amin’ny alalan’ny Fiangonana”, satria ny Fiangonana no sakramentan’ny asan’i Kristy miasa ao aminy noho ny fanirahana ny Fanahy Masina. Ary “ho an’ny Fiangonana”, satria ireo no “sakramenta mamorona ny Fiangonana”¹, ary ireo, fa indrindra ny Eokaristia, no mampiseho sy mampita amin’ny olombelona ny misterin’ny firaisan’Andriamanitra Fitiavana, Tokana Olona telo. 1396
1119. Amin’ny fiforonana miaraka amin’i Kristy-Loha “ho olona mistika tokana aman-tany”², ny Fiangonana dia miasa ao amin’ireo sakramenta ho “ankohonana mpisorona”, “voarindra ara-drafitra”³ : amin’ny alalan’ny Batemy sy ny Fankaherezana, afaka mahavita mankalaza ny litorzia ny vahoaka mpisorona ; etsy ankilany, ny mpino sasany, “misalotra ny Filaharana masina, dia natsangana amin’ny anaran’i Kristy mba hamahana ny Fiangonana amin’ny teny sy ny fahasoavan’ Andriamanitra”⁴. 792
1120. Ny andraiki-panompoana masina na ny *fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra*⁵ dia fanompoana avy amin’ny maha-mpisorona tamin’ny Batemy. Izy no miantoka, ao amin’ny sakramenta, fa i Kristy mihitsy no miasa amin’ny alalan’ny Fanahy Masina ho an’ny Fiangonana. Ny fanirahana hamonjy nankinin’ny Ray tamin’ny Zanany tonga nofo dia nankinina tamin’ny apôstôly ary tamin’ny alalan’izy ireo no nanankinany izany kosa tamin’ny dimbin’izy ireo : mandray ny Fanahin’i Jesoa izy ireo mba hiasana amin’ny anarany sy amin’ny tenany mihitsy⁶. Araka izany, ny mpandraharaha voahosotra no fifamatorana ara-tsakramenta izay itohizan’ny asa litorzika amin’izay nolazain’ny apôstôly sy nataony, ary, amin’ny alalan’izy ireo, amin’izay nolazain’i Kristy sy nataony, loharano sy fototry ny sakramenta. 1547
1121. Ireo sakramenta telo : ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Filaharana masina, ampian’ny fahasoavana, dia mampisy *marika manokana* ara-tsakramenta na “fitomboka” izay andraisan’ny kristianina anjara amin’ny maha-mpisorona an’i Kristy sy mahatonga azy ho anisan’ny Fiangonana araka ny lalam-piainana arahina sy ny anjara asa samihafa. Izany 1272,
1304,1582

¹ Md Augustin, civ. 22,17 ; jer. Md Thomas d’A., s.th.3,64,2,ad 3.

² Pie XII, enc. "Mystici Corporis".

³ FF 11.

⁴ FF 11.

⁵ FF 10.

⁶ jer. Jo 20,21-23 ; Lk 24,47 ; Mt 28,18-20.

fanahafana eo amin'i Kristy sy ny Fiangonana izany, izay tontosain'ny Fanahy, dia tsy maty vonoina¹ sy tsy miala mandrakizay ao amin'ny kristianina mba ho fepetra azo antoka amin'ny fahasoaavana, ho fampanantenana sy fiantohana amin'ny fiarovan'Andriamanitra ary ho fiantsoana hanompo an'Andriamanitra sy hanompo ny Fiangonana. Koa, izay efa nandray ireo sakramenta ireo dia tsy azo omena izany intsony.

III. Ny sakramentan'ny finoana

849 1122. Naniraka ny apôstôliny i Kristy mba ho “amin'ny anarany no hitorian'izy ireo amin'ny firenen-drehetra ny fibebahana ho famelana ny fahotana” (Lk 24,47). “Ataovy tonga mpianatro ny firenen-drehetra, manaova batemy azy ireo amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina” (Mt 28, 19). Ny fanirahana hanao batemy, izay fanirahana ara-tsakramenta izany, dia ao anatin'ny fanirahana hitory ny Evanjely, satria ny sakramenta dia omanina amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny finoana izay fankatoavana io Teny io :

1236 Ny amoriana ny Vahoakan'Andriamanitra aloha, dia ny Tenin'ilay Andriamanitra velona. (...) Ny amin'ny raharaha ara-tsakramenta kosa, ilaina ny fanambaràna ny Teny, satria mikasika ny sakramentan'ny finoana izany, ary ny finoana rahateo mila mitsiry sy mivelona amin'ny Teny².

1154 1123. “Ny zava-kendrena amin'ny sakramenta dia ny hanamasina ny olombelona, ny handrafitra ny Vatan'i Kristy, ary farany, ny hanompoana an'Andriamanitra amin'ny fivavahana ; kanefa, amin'ny maha-famantarana azy ireny, dia manana anjara asa amin'ny fampianarana koa izy ireny. Tsy hoe finoana fotsiny no takin'izy ireny, fa mbola mamelona sy mankahery ary maneho izany finoana izany, amin'ny alalan'ny teny sy amin'ny alalan'ny zavatra izy ireny ; izany no antony ilazana azy ireny hoe sakramentan'ny finoana”³.

166 1124. Ny finoan'ny Fiangonana no alohan'ny finoan'ny mpino, ka ny finoan'ny Fiangonana no asaina ifikiran'ny mpino. Rahefa mankalaza ny sakramenta ny Fiangonana, dia manambara ampahibemaso ny finoana noraisina tamin'ny apôstôly. Avy amin'izany ilay ohabolana tranainy hoe: 1327 “*Lex orandi, lex credendi*” (na: “*Legem credendi lex statuat supplicandi*”, araka ny voalazan'i Prosper d'Aquitaine⁴ [taonjato faha-5]). Ny lalànan'ny fivavahana no lalànan'ny finoana, mino ny Fiangonana tahaka azy

¹ Kôns. Trente : DS 1609.

² RFP 4.

³ L.59.

⁴ Ind. c8 : DS 246.

mivavaka. Ny litorzia dia singafototra iray maha-izy ny Lovam- 78
pampianarana masina sy velona¹.

1125.Noho izany, tsy misy fombam-pivavahana ara-tsakramenta na dia iray aza 1205
azo ovàna na amboarina araka izay tian'ny mpandraharaha masina na ny
ankohonam-piangonana. Na dia ny manam-pahefana fara tampony ao
amin'ny Fiangonana aza dia tsy mahazo manova ny litorzia araka izay
tiany, raha tsy ao anatin'ny fanekem-pinoana sy ao anatin'ny fanajana ara-
pivavahana ny misterin'ny litorzia ihany.

1126.Ankoatra izany, satria ny sakramenta no maneho sy mamelabelatra ny 815
fiombonam-pinoana ao amin'ny Fiangonana, dia iray amin'ireo mari-
pitsaràna ilaina amin'ny fifanakalozan-kevitra izay itadiavana ny
famerenana ny firaisan'ny kristianina, ny *lex orandi*² (*lalànan'ny*
fivavahana).

IV. Ny sakramentam-pamonjena

1127.Manome ny fahasoavana izay ambarany ireo sakramenta ankalazaina 1084
amim-pahamendrehana amin'ny finoana³. *Mandaitra* ireo satria ao amin'
ireo ny Tenan'i Kristy mihitsy no miasa : Izy no manao batemy, Izy no
miasa ao amin'ireo sakramentany mba hampita ny fahasoavana izay
ambaran'ny sakramenta. Ny Ray dia mankato lalandava ny vavaky ny 1105
Fiangonan'ny Zanany izay maneho ny finoany amin'ny herin'ny Fanahy,
amin'ny epikilezin'ny sakramenta tsirairay. Tahaka ny anovàn'ny afo ao 696
aminy an'izay rehetra mikasika azy, no anovàn'ny Fanahy Masina amin'ny
Ain'Andriamanitra an'izay mankato ny heriny.

1128.Ao amin'izany ny dikan'ny teny fanamafisan'ny Fiangonana⁴ hoe : ny 1584
sakramenta dia miasa *ex opere operato* (ara-bakiteny : “avy amin'ny asa
natao dia tanteraka izany”), izany hoe tanteraka indray mandeha ihany,
noho ny tsanganasam-pamonjen'i Kristy. Koa, “tsy noho ny fahamarinan'
ny olona manome na mandray ny sakramenta no mahatanteraka ilay
sakramenta, fa noho ny herin'Andriamanitra”⁵. Manomboka amin'ny
fotoana ankalazana ny sakramenta iray mifanaraka amin'ny hevitra ny
Fiangonana, dia ny herin'i Kristy sy ny Fanahiny no miasa ao aminy sy
amin'ny alalany, fa tsy miankina amin'ny fahamasinan'ny tenan'ny
mpandraharaha masina. Kanefa, ny vokatry ny sakramenta dia miankina
kosa amin'ny toe-po amam-toe-panahin'ilay izay mandray azy.

¹ jer. FA 8.

² jer. EK 2 sy 15.

³ jer. Kôns.Trente : DS 1605 sy 1606.

⁴ jer. Kôns.Trente : DS 1608.

⁵ Md Thomas d'A., s. th. 3,68,8.

1257,2003 1129. Milaza marina ny Fiangonana fa ny sakramentan'ny Fanekem-pihavanana Vaovao, ho an'ny mpino, dia *ilaina amin'ny famonjena*¹. Ny “fahasoavana ara-tsakramenta” dia ny fahasoavan'ny Fanahy Masina omen'i Kristy sy araka ny hasina manokana ananan'ny sakramenta tsirairay. Ny Fanahy no manasitrana sy manova ireo izay mandray ny sakramenta amin'ny fampitoviana azy ireo amin'ny Zanak' Andriamanitra. Ny vokatry ny fiainana ara-tsakramenta dia ny fanandratan'ny Fanahim-pananganan-janaka ny mpino ho Andriamanitra² amin'ny fampiraisan'aina azy ireo amin'ny Zanaka Lahitokana, ilay Mpamonjy.

V. Ny sakramentan'ny fiainana mandrakizay

2817 1130. Ny Fiangonana dia mankalaza ny misterin'ny Tompony “mandra-piaviny” (1 Kôr 11,26) sy mandra-pahatonga “an'Andriamanitra ho zavatra rehetra amin'izy rehetra” (1 Kôr 15,28). Nanomboka tamin'ny andron'ny apôstôly ny litorzia no notarihana mankany amin'ny fiarafany amin'ny alalan'ny fitarainan'ny Fanahy ao amin'ny Fiangonana hoe : “*Marana tha !*” (*Avia, ry Tomponay !*) (1 Kôr 16,22). Mandray anjara amin'ny fanirian'i Jesoa toy izao ny litorzia : “Naniry dia naniry hiara-mihinana ity Paka ity aminareo Aho (...) mandra-pahatanterany any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra” (Lk 22,15-16). Ao amin'ireo sakramentan'i Kristy, ny Fiangonana dia efa mandray sahady ny antoky ny lovany, efa mandray anjara sahady amin'ny fiainana mandrakizay, “eo am-piandrasana ny hasambarana antenaina sy ny andro isehoan'ny voninahitry ny Andriamanitra lehibe sy Mpamonjy antsika, dia i Kristy Jesoa” (Tito 2,13). “Hoy ny Fanahy sy ny Ampakarina : Avia! (...) Avia, ry Jesoa Tompo! ” (Apôk 22,17.20).

Fintinin'i Md Thomas toy izao ny lafiny samihafa amin'ny famantarana ara-tsakramenta : “Ny sakramenta no famantarana mampahatsiaro an'izay teo aloha, izany hoe ny fijalian'i Kristy ; mampiharihary an'izay tanteraka ao amintsika noho ny fijalian'i Kristy, izany hoe ny fahasoavana ; maminavina, izany hoe milaza mialoha, ny Voninahitra hoavy”³.

FAMINTINANA

1131. Ny sakramenta dia famantarana mandaitra andraisam-pahasoavana, naorin'i Kristy sy nankininy amin'ny Fiangonana, izay izarazarana amintsika ny ain'Andriamanitra. Ny fombam-pivavahana hita maso izay ankalazana ny sakramenta, no mampahafantatra sy mampahazo ny fahasoavana manokana an'ny sakramenta tsirairay. Mamokatra ao amin'ireo izay mandray amin'ny toe-panahy ilaina handraisana azy ny sakramenta.

¹ jer. Kôns.Trente : DS 1604.

² jer. 2 Pi 1,4.

³ S. th. 3,60,3.

1132. *Manao fankalazana ara-tsakramenta ny Fiangonana noho izy ankohonana mpisorona mirafitra amin'ny maha-mpisorona avy amin'ny Batemy sy ny an'ny mpandraharaha voahosotra.*
1133. *Ny Fanahy Masina no manomana ny olona hiroso amin'ny sakramenta, amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra sy amin'ny finoana, ho an'izay mandray ny Teny amin'ny fo vonona tsara. Noho izany, sady manamafy no manambara ny finoana ny sakramenta.*
1134. *Ny vokatry ny fiainana ara-tsakramenta dia sady ao amin'ny isambatan'olona no ao amin'ny Fiangonana manontolo. Etsy an-daniny, io vokatra io dia fiainana ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa, ho an'ny mpino rehetra ; etsy an-kilany, io vokatra io, ho an'ny Fiangonana, dia fitomboana ao anatin'ny fifankatiavana sy amin'ny iraka fijoroany ho vavolombelona.*

TOKO FAHAROA

Ny fankalazana ara-tsakramenta ny misterin'ny Paka.

1135. Ny fahazoana an-tsaina momba ny fitantanam-pamonjena ara-tsakramenta aloha no nampahafantariny ny katesezy momba ny litorzia (*tao amin'ny toko voalohany*). Tamin'izany fahaizana izany no nihariharian'ny zava-baovaon'ny *fankalazana* azy. Ny horesahina amin'ity toko ity ary izao, dia ny fankalazana ny sakramentan'ny Fiangonana. Hodin'ina aloha, amin'ny alalan'ny hamaroan'ny lovam-panahy amin'ny litorzia, izay iombonana amin'ny fankalazana ireo sakramenta fito ; fa izay toetra manokana an'ny tsirairay amin'izy ireo dia haseho any aoriana. Ity katesezy fototra amin'ny fankalazana ara-tsakramenta ity no hamaly ireo fanontaniana voalohany izay apetraky ny mpino amin'ireto foto-dresaka ireto :
- Iza no mankalaza ?
 - Atao ahoana ny fankalaza ?
 - Rahoviana no mankalaza ?
 - Aiza no mankalaza ?

Mankalaza ny litorzian'ny Fiangonana.

I. Iza no mankalaza ?

795,1090 1136. “Asan’ ” i “*Kristy manontolo*” (*Christus Totus*) ny litorzia. Ireo izay mankalaza izany ankehitriny tsy amin’ny famantarana, dia efa ao amin’ny litorzian’ny lanitra sahadry, izay tena fiombonana sy Fety tanteraka ny fankalazana atao any.

2642 **Ireo mankalaza amin’ny litorzia any an-danitra**

662 1137. Ny Apôkalipsan’i Md Joany, vakina ao amin’ny litorzian’ny Fiangonana, dia mampiseho amintsika aloha, ny seza fiandrianana iray miorina any an-danitra, ary Olona iray mipetraka eo ambonin’io seza fiandrianana io¹ : “ny Tompo Andriamanitra” (Iz 6,1)². Manaraka izany, ny Zanak’ Ondry, “tahaka ny voavono sy nitsangana” (Apôk 5,6)³ : i Kristy voafantsika sy nitsangan-ko velona, Mpisorombe tokana ny tena toerana masina tokoa⁴, sady “ilay manolotra no ilay atolotra, ilay manome no ilay nomena”⁵. Farany, “ilay onin-dranon’ny Fiainana izay miboiboika avy ao amin’ilay seza fiandrianan’Andriamanitra sy ny Zanak’Ondry” (Apôk 22,1), iray amin’ireo fanehoana an’ohatra kanto indrindra ilazana ny Fanahy Masina⁶.

335 1138. Ireto avy “ireo navondrona” ao amin’i Kristy, mandray anjara amin’ny fanompoam-piderana an’Andriamanitra sy amin’ny fanatanterahana ny fandaharany : ny Herin’ny lanitra⁷, ny voary manontolo (ny Zavamananaina efatra), ireo mpanompon’ny Fanekem-pihavanana Taloha sy ny Vaovao (ireo Anti-dahy efatra amby roapolo), ny vahoaka vaovao an’Andriamanitra (ireo efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy⁸), singanina manokana ireo martiry “novonoina noho ny Tenin’ Andriamanitra” (Apôk 6,9), ary ilay hany Reny Masin’Andriamanitra (ilay Vehivavy⁹ ; ilay Vadin’ny Zanak’Ondry¹⁰), ary farany, “vahoaka maro dia maro, tsy tambo isaina, avy amin’ny firenena rehetra, fokom-pirenena, vahoaka mbamin’ny olona samihafa fiteny rehetra” (Apôk 7,9).

¹ jer. Apôk 4,2.

² Jer. Ezek 1,26-28.

³ jer. Jo 1,29.

⁴ jer. Heb 4,14-15; 10,19-21 sns.

⁵ Litorzian’i Md Jean Chrysostome, Anaphore.

⁶ jer. Jo 4,10-14; Apôk 21,6.

⁷ jer. Apôk 4-5; Iz 6,2-3.

⁸ jer. Apôk 7,1-8 ; 14,1.

⁹ jer. Apôk 12.

¹⁰ jer. Apôk 21,9.

1139.Amin'izany litorzia maharitra mandrakizay izany no ampandraisan'ny Fanahy sy ny Fiangonana anjara antsika rahefa mankalaza ny misterim-pamonjena ao amin'ireo sakramenta isika.

Ireo mankalaza amin'ny litorzia ara-tsakramenta.

1140.Ny *Ankohonam-piangonana* manontolo, dia ny Vatan'i Kristy miray amin'ny Filohany, no mankalaza. “Ny asa litorzika rehetra dia tsy asan'olon-drery, fa fankalazan'ny Fiangonana, izay "sakramentan'ny firaisana", izany hoe ny vahoaka masina voavory sy voalamina eo ambany fahefan'ny Eveka. Noho izany, ny asa litorzika rehetra dia asan'ny Fiangonana-Vatana iray manontolo, sady manambara azy manontolo sy manokana azy manontolo ; kanefa mahakasika ny tsirairay amin'ny rantsambatany ireny, amin'ny fomba samihafa, araka ny faha-samihafa ny laharana, ny anjara raharaha ary ny fandraisana anjara an'asa”¹. Noho izany koa, “rahefa misy fankalazana iombonana, izay mazava ho azy fa samy manana ny maha-izy azy manokana avy ny fombam-pivavahana atao amin'izany, fanao matetika sy andraisan'ny mpino anjara amim-pahavitrihana, dia hamafisina fa io fankalazana iombonana io, araka izay azo atao, no tokony hihoatra ny fankalazana ataon'izy ireo tsirairay sy ny saika ataony manokana”². 752,1348 1372

1141.Ny mpiangona izay mankalaza dia fiombonan'ireo vita batemy, izay “tamin'ny alalan'ny fanavaozana sy ny fanosorana tamin'ny Fanahy Masina izy ireo no voatokana mba ho tempoly ara-panahy sy ho mpisorona masina, mba hanolotra fanatitra ara-panahy, amin'ny tsanganasa rehetra ataon'ny kristianina”³. Izany “fisoronana iombonana” izany dia ilay an'i Kristy, Mpisorona tokana, andraisan'ny rantsambatany rehetra anjara⁴ : 1120

Maniry fatratra ny Fiangonana Reny mba ny mpino rehetra no ho voatarika amin'izany fandraisana anjara feno, amim-pahatsiarovan-tena sy amim-pahavitrihana amin'ny fankalazana litorzika izany, izay angatahin'ny fomban'ny litorzia rahateo, ary noho ny Bateminy, dia zo sy adidy izany ho an'ny vahoaka kristianina “taranaka voafidy, vahoaka manjaka, firenena masina, vahoaka navotana (1 Pi 2,9)”^{5,6}. 1268

1142.Kanefa “tsy mitovy raharaha ny rantsambatana rehetra” (Rôm 12,4). Ny rantsambatana sasany dia antsoin'Andriamanitra, ao amin'ny Fiangonana sy amin'ny alalany, ho amin'ny fanompoana manokana ny fiombonan'ny mpino. Ireo mpanompo ireo dia voafidy sy voatokana tamin'ny alalan'ny

¹ L 26.

² L 27.

³ FF 10.

⁴ jer. FF 10; 34; RFP 2.

⁵ jer. 1 Pi 2,4-5.

⁶ L 14.

sakramentan'ny Filaharana, izay amin'izany no ataon'ny Fanahy Masina manjary afaka miasa amin'ny Tenan'i Kristy-Loha mihitsy izy ireo, ho fanompoana ny rantsambatan'ny Fiangonana manontolo¹. Ny mpandrahara-
1549 raha voahosotra dia mova tsy "sarimasin' " i Kristy Mpisorona. Satria ao amin'ny Eokaristia no miharihary manontolo ny sakramentan'ny Fiangonana, ka dia amin'ny fitarihana ny Eokaristia no miseho aloha ny
1561 andraiki-panompoan'ny Eveka, ary amin'ny fiombonana aminy, ny an'ny Pretra sy ny Diakra.

1143.Mba hampiasana ny anjara asam-pisoronana iombonan'ny mpino, misy
903 koa ny *andraiki-panompoana* hafa *manokana*, tsy nohamasinana tamin'ny alalan'ny sakramentan'ny Filaharana, ka ny Eveka no mamaritra ny anjara asa manandrify izany araka ny lovam-pampianarana litorzika sy araka izay ilaina amin'ny pastôraly. "Koa ny mpiservy, ny mpamaky teny, ny
1672 mpivaofy ary ireo antoko-mpihira dia samy manatontosana andraiki-panompoana litorzika marina tokoa"².

1144.Araka izany, amin'ny fankalazana ny sakramenta, ny mpiangona manontolo no "mpilitorzia", ny tsirairay araka ny anjara raharaha manandrify azy, nefa ao amin'ny "firaisana amin'ny Fanahy" izay miasa ao amin'ny rehetra. "Amin'ny fankalazana litorzika, ny tsirairay, mpandraharaha masina na mpino, amin'ny fanatontosana ny anjara raharahany avy, ny *hany* hataony ary hataony *manontolo*, dia izay anjara natao ho azy ihany araka ny toetran'ny zavatra sy ny fitsipika litorzika"³.

II. Atao ahoana ny fankalaza ?

1333-1340 **Famantarana sy fanehoana an'ohatra**

1145.Narafitra amin'ny famantarana sy fanehoana an'ohatra maro ny
53 fankalazana ara-tsakramenta iray. Araka ny fanabeazan'Andriamanitra eo amin'ny famonjena, ny hevitra raketin'izy ireny dia miorim-paka ao anatin'ny tsanganasa fahariana sy ao amin'ny kolontsain'ny olombelona, mihamazava eo amin'ireo zava-niseho tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha ary miharihary manontolo ao amin'ny Tenan'i Kristy sy ny tsanganasany.

1146.*Famantarana amin'ny tontolon'ny olombelona*. Mitana toerana lehibe ny famantarana sy fanehoana an'ohatra, eo amin'ny fiainan'ny olombelona.
362,2702 Ny olombelona, noho izy natao ho manana vatana sady manana fanahy, dia

¹ jer. RFP 2 sy 15.

² L 29.

³ L 28.

maneho sy mahatsapa ny zava-misy ara-panahy amin'ny alalan'ny famantarana sy ny fanehoana an'ohatra amin'ny zavatra hita maso, tsapan'ny tanana. Noho ny olombelona natao hiara-monina, dia mila famantarana sy fanehoana an'ohatra izy mba hifandray amin'ny hafa, amin'ny alalan'ny teny, amin'ny alalan'ny fihetsika, amin'ny alalan'ny asa. 1879
Torak'izany koa ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

1147. Miteny amin'ny olombelona amin'ny alalan'ny zavaboary hita maso Andriamanitra. Ny tontolon'ny zavaboary voarindra hita maso, tsapan'ny tanana, no miseho ao an-tsain'ny olombelona mba hahafahany mamaky ao ireo mariky ny Mpahary azy¹. Ny hazavana sy ny alina, ny rivotra sy ny afo, ny rano sy ny tany, ny hazo sy ny voankazo dia miteny an'Andriamanitra, sy maneho an'ohatra ny maha-ambony Azy sady maha-akaiky Azy. 299

1148. Amin'ny maha-zavaboary ireny zava-misy tsapan'ny fandrenesana ireny, dia mety ho zary fototra fanehoana ny asan'Andriamanitra izay manamasina ny olombelona, sy ny asan'olombelona izay hanomezan' izy ireo voninahitra an'Andriamanitra amin'ny fivavahana ireny. Toy izany koa ireo famantarana sy fanehoana an'ohatra eo amin'ny fiainam-piaraha-monin'ny olombelona : manasa amin'ny rano sy manosotra amin'ny menaka, manapatapaka ny mofa sy mizara ny kalisy izay mety manambara ny fisiam-panamasinan'Andriamanitra sy ny fankasitrahan'ny olona eo anatrehan'ny Mpahary azy.

1149. Ny antokom-pivavahana lehibe arahin'ny olona dia manaporofa amin'ny fombam-pivavahany, matetika amin'ny fomba mampitolagaga, io hevitra araka ny tontolon'ny zavaboary voarindra sy ara-panehoana an'ohatra io. 843
Ny litorzian'ny Fiangonana dia mandray rahateo sy mampiditra ary manamasina ireo singafototry ny zavaboary sy ny kolontsain'ny olombelona amin'ny fanomezana azy ireo ny hasin'ny famantaram-pahasoavana sy ny fahariana vaovao, ao amin'i Jesoa-Kristy.

1150. *Famantarana ny fanekem-pihavanana.* Ny vahoaka voafidy dia nandray tamin'Andriamanitra ny famantarana sy ny fanehoana an'ohatra miavaka izay manamarika ny fiainany ara-litorzia : tsy fankalazana fotsiny intsony amin'ny fihodinan'ny tontolon'ny zavaboary voarindra sy ny fihetsika ara-piaraha-monina izany, fa famantarana ny fanekem-pihavanana, sy fanehoana an'ohatra ny zava-dehibe nataon'Andriamanitra ho an'ny vahoakany. Azo singanina amin'ireny famantarana litorzikan'ny Fanekem-pihavanana Taloha ireny ny famoràna, ny fanosorana sy ny fanamasinana mpanjaka sy mpisorona, ny fametrahan-tanana, ny sorona, ary indrindra ny 1334

¹ jer. Fah 13,1 ; Rôm 1,19-20 ; Asa 14,17.

Paka. Hitan'ny Fiangonana ao amin'ireny famantarana ireny ny tandindon'ny sakramentan'ny Fanekem-pihavanana Vaovao.

1335 1151. *Famantarana nampiasain'i Kristy*. Matetika, nampiasa famantarana maro avy amin'ny zavaboary i Jesoa Tompo, tamin'ny toriteniny, mba hampahafantarana ny misterin'ny Fanjakan'Andriamanitra¹. Tamin'ny famantarana hita maso sy tsapan'ny tanana, na tamin'ny fihetsika an' ohatra no nanatanterahany ny fanasitranany na nanamafisany ny toriteniny². Nomeny hevitra vaovao ireo zava-niseho sy ireo famantarana tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, indrindra ny tamin'ny Eksaody sy ny tamin'ny Paka³, satria Izy Tenany mihitsy no ambaran'ireny famantarana rehetra ireny.

1152. *Famantarana ara-tsakramenta*. Nanomboka tamin'ny Pantekôty, dia amin'ny alalan'ny famantarana ara-tsakramentan'ny Fiangonany no anaovan'ny Fanahy Masina ny tsanganasa fanamasinana. Ny sakramentan'ny Fiangonana dia tsy manafoana, fa manadio sy mampiditra manontolo ao aminy ny harena rehetra amin'ny famantarana sy ny fanehoana an'ohatra ny tontolon'ny zavaboary voarindra sy ny fiainam-piaraha-monina. Afa-tsy izany, ny sakramentan'ny Fiangonana no manatanteraka ireo tandindona sy ireo sary an'ohatra tao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, mampahafantatra sy manatontosa ny famonjena nataon'i Kristy, ary manambara mialoha sy mampisantatra ny voninahitry ny lanitra.

Teny sy asa

53 1153. Ny fankalazana ara-tsakramenta dia fihaonan'ny zanak'Andriamanitra amin'ny Rain'izy ireo, ao amin'i Kristy sy ny Fanahy Masina, ary io fihaonana io dia zary resaka ifanaovana, amin'ny alalan'ny asa sy ny teny. Marina fa ny asa an'ohatra dia efa fitenenana rahateo, kanefa tsy maintsy manampy sy mamelombelon'aina ireny asa ireny ny Tenin'Andriamanitra sy ny valim-pinoana, mba hamokatra ao amin'ny tany tsara ny voa mamoa ny Fanjakan'Andriamanitra. Ny asa litorzika no mampahafantatra an'izay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra : etsy an-andaniny, ny fanombohampanambaràna ataon'Andriamanitra maimaim-poana, ary etsy an-kilany, ny valim-pinoana ataon'ny vahoakany.

1100 1154. Ampahany tsy azo esorina amin'ireo fankalazana ara-tsakramenta, ny *litorzian'ny Teny*. Mba hampitombo ny finoan'ny mpino, tokony hasongadina ireo mari-pamantarana ny Tenin'Andriamanitra : ny boky mirakitra ny Teny (boky litorzika mirakitra ny vakiteny masina na boky

¹ jer. Lk 8,10.

² jer. Jo 9,6 ; Mk 7,33-35 ; 8,22-25.

³ jer. Lk 9,31 ; 22,7-20.

litorzika mirakitra ny evanjely), ny fanajana azy (prôsesiô, emboka, jiro), ¹⁰³ ny toerana fanambaràna azy (polipitra), ny famakiana azy ho heno tsara sy ho mora azo an-tsaina, ny toritenin'ny mpandraharaha masina izay manohy ny fanambaràna azy, ny valy ataon'ny mpiangona (fihobiana, salamo fandinihana, litania, fiekem-pinoana).

1155. Tsy azo saratsarahina ny teny sy ny asa litorzika amin'ny maha-famantarana sy fampianarana azy, dia toy izany koa, amin'ny mahampanatanteraka azy ny zavatra izay ampahafantariny. Tsy ny manome ¹¹²⁷ fotsiny ny fahafaha-mahazo ao an-tsaina ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fampitsiriana ny finoana no ataon'ny Fanahy Masina, fa Izy koa no manatanteraka amin'ny alalan'ny sakramenta ireo “zava-mahagaga” ataon'Andriamanitra ambaran'ny Teny : Izy no mahatonga ny fisiana eo sy mampita ny tsanganasan'ny Ray notontosain'ny Zanaka malala.

Hira sy mozika

1156. “Ny lovam-panahy momba ny mozika teo amin'ny Fiangonana manerana ny tany tontolo dia nihary raki-tsoa tsy voavidy vola izay mampisongadina azy amin'ireo zavakanto hafa, indrindra, fa amin'ny maha-hira masina azy miaraka amin'ny tonony, dia manjary ampahany tena ilaina na ampahany tsy azo esorina amin'ny litorzia manetriketrika izy”¹. Ny famoronana sy ny fihirana ny Salamo masina, matetika narahina zavamaneno, dia efa nifamatotra mafy tamin'ireo fankalazana ara-litorzian'ny Fanekempihavanana Taloha. Tohizin'ny Fiangonana sy ampiroboroboiny izany lovam-panahy izany : “Salamo, antsa ary tonon-kira masina no ifampitanisaonareo ; hirao sy ankalazao amin'ny fonareo manontolo ny Tompo” (Efez 5,19)². “Izay mihira dia mivavaka indroa”³.

1157. Ny hira sy ny mozika dia manao ny anjara asa maha-famantarana azy, sady amin'ny fomba miharihary izay “ifandraisan'izy ireny bebe kokoa amin'ny asa litorzika”⁴, araka ireto mari-pitsaràna lehibe telo ireto : ny fanehoampankafizana fivavahana, ny firaisam-pon'ny mpiangona mandray anjara amin'ireo fotoana voalamina ary ny toetra manetriketriky ny fankalazana. Ny hira sy ny mozika, araka izany, dia manampy tosika ho amin'ny tanjompiafaran'ny teny sy ny asa litorzika : ny Voninahitr'Andriamanitra sy ny fanamasinana ny mpino⁵ :

¹ L 112.

² jer. Kôl 3,16-17.

³ jer. Md Augustin, Psal. 72,1.

⁴ L 112.

⁵ jer. L 112.

Endre ! izany izaho nitomany raha nandre ny antsanareo, ny tonon-kiranareo, ny fireondreony mahafinaritra izay nampanakoako ny Fiangonanareo ! Fiontanam-po manao ahoana no nahazo ahy tamin'izany ! Nikoriana tato antsofiko izy ireny, nampielany ny fahamarinana tato am-poko. Hetsi-panahy lehibe ho amin'ny fitiavam-bavaka no nanainga ahy, ary nijoy namonto ny takolako ny ranomaso, nefa nahaso ahy izy ireny¹.

- 1201 1158. Ny firindran'ireo famantarana (hira, mozika, teny ary asa) eto dia sady maneho mazava sy mamokatra, no manazava ny ao anatin'ny *harena arakolontsaina* manokana an'ny Vahoakan'Andriamanitra izay mankalaza². Noho izany, “hamporisihana sy hotohanana amim-pahendrena ny famoronan-kiram-pivavahana mora hain'ny vahoaka, mba hahafahan'ny mpino miara-manandra-peo, amin'ny fanazaran-tena ho tia vavaka sy ho masina, sy amin'ny asa litorzika rahateo, araka ny fitsipiky ny Fiangonana”³. Kanefa, “ny tonony natokana ho an'ny hira masina dia hifanaraka amin'ny fitambaram-pampianarana katôlika ary tsaratsara kokoa aza raha halaina avy amin'ny Soratra Masina sy avy amin'ny loharano litorzika izy ireny”⁴.

476-477, 2129-2132 **Ny sary masina**

1159. I *Kristy* no asehon'ny sary masina, ny Sarimasina litorzika, ambonin'ny rehetra. Ny sary anefa tsy afaka hampiseho an'ilay Andriamanitra tsy hita maso sy tsy takatry ny saina ; ny Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo no nisantarana ny “fitantanana” vaovao mikasika izany :

Fahiny Andriamanitra izay tsy hita vatana, tsy hita bika, dia tsy azo naseho an-tsary mihitsy. Kanefa ankehitriny, rahefa naseho teo amin'ny nofo Izy sy niara-niaina tamin'ny olombelona, dia afaka manao sary an'izay hitako teo amin'Andriamanitra aho. (...) Miharihary ny endrika, ka afaka mibanjina ny voninahitry ny Tompo isika⁵.

1160. Ny angontsarimasina kristianina no mandika amin'ny alalan'ny sary ny hafatry ny Evanjely izay ampitain'ny Soratra Masina amin'ny alalan'ny teny. Mifanazava ny sary sy ny teny :

Mba hilazana amin'ny teny fohy ny fiakem-pinoantsika, dia tahirizintsika ny lovam-pampianaran'ny Fiangonana rehetra voasoratra na tsy voasoratra izay nampitaina tamintsika tsy misy fanovana. Anankiray amin'ireny ny fampisehoana amin'ny sary hoso-doko, izay mifanaraka amin'ny fitoriana ny tantara momba ny Evanjely, amin'ny finoana fa ilay Andriamanitra Teny dia

¹ Md Augustin, conf. 9,6,14.

² jer. L 119.

³ L 118.

⁴ L 121.

⁵ Md Jean Damascène, imag. 1,16.

tonga olombelona marina tokoa fa tsy araka ny hita ety ivelany, izay ilaina koa sy mampahazo tombon-tsoa koa, satria ny zavatra izay mifanazava dia manana hevitra mitovy tsy misy mampisalasala mihitsy¹.

1161. Misy ifandraisana amin'i Kristy avokoa ny famantarana rehetra amin'ny fankalazana litorzika ; toy izany koa ny sary masin'ny Reny masin' Andriamanitra sy ireo olomasina. Satria, izy ireny no mampahafantatra an'i Kristy izay omem-boninahitra ao amin'izy ireny. Izy ireny no mampiseho “ny vavolombelona zavon-tany ” (Heb 12,1) izay manohy mandray anjara amin'ny famonjena izao tontolo izao, ary miombona amin'izy ireo isika, indrindra amin'ny fankalazana ara-tsakramenta. Amin'ny alalan'ny sarimasin'izy ireo, dia ny olombelona “natao mitovy endrika amin' Andriamanitra”, ary tamin'ny farany voaova endrika “hifanahaka Aminy”², no miseho amin'ny finoantsika, ary na ireo anjely aza dia navondrona koa ao amin'i Kristy :

Araka ny fampianarana nitsilovan'Andriamanitra ny sain'ireo Abantsika masina sy ny lovam-panahin'ny Fiangonana katôlika, izay fantatsika fa lova nampitain'ny Fanahy Masina izay monina ao aminy, dia soritanay tsy amimpisalasalana sy amim-pahamarinana tanteraka fa ny sary mendri-kaja sy masina, tahaka ireo sary mampiseho ny Hazofijaliana sarobidy sy mamelombelon'aina, na natao hoso-doko izany, na natao rafi-bato madinika samihafa volo, na natao tamin'ny foto-javatra hafa sahaza azy, dia tokony homena toerana ao am-piangonana masin'Andriamanitra, eo amin'ny fitaovana ampiasaina sy ny fanamiana masina, eo amin'ny rindrina sy ny tabilao fametahan-tsary, ao an-trano sy eny an-dalana ; tahaka izany koa ny sarin'ny Tompontosika, Andriamanitra sy Mpamonjy, dia i Jesoa-Kristy, na ny an'ny Tompovavintsika, ilay Reny madio indrindra sy masin' Andriamanitra, ny an'ny anjely masina, ny olomasina sy ny olo-marina rehetra³.

1162. “ Manaitaitra ny fivavahako ny hakanto sy ny lokon'ny sary. Fety ho an'ny masoko izany, tahaka ny zavatra hita eny an-tsaha mandrisika ny foko hanome voninahitra an'Andriamanitra”⁴. Ny fibanjinana ny sarimasina, ampiraisina amin'ny fandinihana ny Tenin'Andriamanitra sy amin'ny fihirana ny antsa litorzika, dia tonga mampirindra ny famantarana amin'ny fankalazana, mba horaiki-tadidy ao am-po ny mystery ankalazaina, ary aorian'izay hanazava ny heviny eo amin'ny fiainam-baovaon'ny mpino. 2502

¹ Kôns. Nicée II, tamin'ny 787 : COD 135.

² jer.Rôm 8,29 ; 1 Jo 3,2.

³ Kôns. Nicée II : DS 600.

⁴ Md Jean Damascène, imag. 1,47.

III. Rahoviana no mankalaza ?

Ny fotoana litorzika

1163. “Mihevitra tokoa ny Fiangonana Masina Renintsika fa adidiny ny mankalaza ny tsanganasam-pamonjen’ ilay Andriamanitra Vadiny, amin’ ny alalan’ny fahatsiarovana masina, atao andro raikitra, mandavantaona. Isan-kerinandro, ny andro antsoina hoe "Andron’ny Tompo", dia atao ho fahatsiarovana ny Fitsanganan’ny Tompo ho velona, izay mbola ankalazaina indray mandeha isan-taona, miaraka amin’ny fijaliany mahasambatra, amin’ny alalan’ny fankalazana manetriketrika ny Paka. Ary asehony mandritra ny fihodinan’ny taona ny misterin’i Kristy manontolo. (...) Eo am-pankalazany araka izany ireo misterin’ny fanavotana ny Fiangonana, dia manokatra ho an’ny mpino ireo haren’ny hatsaram-panahy sy ny soa avy amin’ny Tompony ; amin’ny fomba toy izany, ireny mistery ireny dia toy ny hoe hita eo mandritra ny fotoana manontolo, ka ifampikasohan’ny mpino amin’izy ireny sy hameno azy ny fahasoavam-pamonjena”¹.

512

1164. Ny Vahoakan’Andriamanitra, nanomboka tamin’ny lalànan’i Môizy, dia nahalala ireo fety raikitra nanomboka tamin’ny Paka, mba hahatsiarovana ny asa mahagaga nataon’Andriamanitra Mpamonjy, hisaorana Azy amin’ izany, hampaharitra ny fahatsiarovana sy hampianarana ny taranaka vaovao mba hampifanarahany izy ireo ny fitondran-tenany amin’izany. Amin’ny vanim-potoanan’ny Fiangonana, eo anelanelan’ny Pakan’i Kristy, izay efa tanteraka indray mandeha ihany, sy ny fahataperany ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra, ny litorzia ankalazaina amin’ny andro raikitra dia manamarika manontolo ny zava-baovaon’ny misterin’i Kristy.

1165. Rahefa mankalaza ny misterin’i Kristy ny Fiangonana, misy teny iray izay manoritra ny fivavahany: “*Anio!*”, avy amin’ny akon’ny vavaka izay nampianarin’ny Tompony² azy sy ny antson’ny Fanahy Masina³. Io “*anio*” an’Andriamanitra velona io izay iantsoana ny olombelona hiditra ao no “*Oran’*” ny Pakan’i Jesoa izay mamakivaky sy mitondra ny tantara manontolo :

2659,2836

1085

Voavelatra eo amin’ny fisiana manontolo ny fiainana ary heniky ny hazavana lehibe ny rehetra ; ilay Fahazavana avy any atsinanana dia manenika an’izao tontolon’ny zava-drehetra izao, ary Ilay izay “talohan’ny kintana fitarik’ andro” sy talohan’ny zava-misy rehetra eny an’habakabaka, tsy mety maty sy tsy manam-petra, ilay Kristy Lehibe dia mampirapiratra eo amin’ny zavatra

¹ L 102.

² jer. Mt 6,11.

³ jer. Heb 3,7- 4,11; Sal 95,8.

rehetra mihoatra noho ny masoandro. Izany no antony, ho antsika mino Azy, ipoiran'ny andron'ny fahazavana, lava, mandrakizay, izay tsy mety maty : ny Paka mistika¹.

Ny Andron'ny Tompo

2174-2188

1166. “Mankalaza ny misterin'ny Paka ny Fiangonana, araka ny lovampianaran'ny apôstôly efa hatramin'ny andro nitsanganan'i Kristy ho velona mihitsy, isaky ny andro fahavalo, izay tena antsoina marina hoe Andron'ny Tompo, na alahady”². Ny andro Nitsanganan'i Kristy ho velona dia sady ilay “andro voalohany amin'ny herinandro”, tsangambato fahatsiarovana ny andro voalohan'ny fahariana, no “andro fahavalo” izay nisantaran'i Kristy, taorian'ny “fitsaharany” tamin'ny Sabata lehibe, ilay Andro “izay nataon'ny Tompo”, ho andro “tsy mahalala hariva”³. Ny “sakafon'ny Tompo” no foibeny, satria eo ny ankohonana manontolo ny mpino no mihaona amin'ny Tompo nitsangan-ko velona izay manasa azy ireo amin'ny fanasam-beny⁴ :

Ny Andron'ny Tompo, andron'ny Fitsanganan-ko velona, andron'ny kristianina, no androntsika. Ho amin'izany no niantsoana azy hoe andron'ny Tompo : satria tamin'izany andro izany ny Tompo no niakatra tamin'ny maha-mpandresy Azy eo anilan'ny Ray. Raha antsoin'ny jentily hoe andron'ny masoandro izany, isika koa, miaiky izany an-tsitrapo : fa androany no niposahan'ny fahazavan'izao tontolo izao, androany no nisehoan'ny masoandron'ny fahamarinana izay mitondra famonjena ny tarany⁵.

1167. Ny alahady no andro ambony indrindra amin'ny fiaraha-miangona amin'ny litorzia, izay hiangonan'ny mpino “ka amin'ny fihainoana ny Tenin' Andriamanitra sy amin'ny fandraisana anjara amin'ny Eokaristia, no hanaovan'izy ireo ny fahatsiarovana ny fijaliana, ny Fitsanganan-ko velona ary ny Voninahitr'i Jesoa Tompo, amin'ny fisaorana an' Andriamanitra izay nanavao azy ireo ho amin'ny fanantenana velona amin'ny alalan'ny Fitsanganan'i Jesoa-Kristy tamin'ny maty”⁶ :

Ry Kristy ô ! rahefa mandinika izahay, ny zava-mahagaga izay tanteraka tamin'ity andro alahadin'ny Fitsanganan-ko velonao masina ity, dia hoy izahay hoe : Voahasina ny andro alahady, satria taminy no nanombohan'ny fahariana (...) ny famonjena an'izao tontolo izao (...) ny fanavaozana ny taranak'olombelona (...). Taminy ny lanitra sy ny tany no nifaly ary nahafeno fahazavana ny tontolon'ny zava-drehetra. Voahasina ny andro alahady, satria

¹ Pseudo-Hippolyte, in sanctum Pasche 1,1-2.

² L 106.

³ Litorzia bizantinina.

⁴ jer. Jo 21,12; Lk 24,30.

⁵ Md Jérôme, pasch.

⁶ L 106.

tamin'ny no nisokafan'ny varavaran' ny paradisa mba tsy hatahotra hiditra ao i Adama sy ny voasesitany rehetra¹.

Ny taona litorzika

1168. Manomboka amin'ny Hateloan'andron'ny Paka, araka ny maha-loharanom-pahazavany azy, ny andro vaovao ny Fitsanganan-ko velona no mameno ny taona litorzika manontolo amin'ny famirapiratory. Tsikelikely, avy amin'ny andaniny sy ny ankilan'io loharano io, no nanovàn'ny litorzia endrika ny taona. Tena “taom-pahasoavan'ny Tompo”² tokoa izany. Miasa ao anatin'ny fe-potoana ny fitantanam-pamonjena, kanefa hatramin'ny fahatanterahany tamin'ny Pakan'i Jesoa sy ny firotsahan'ny Fanahy Masina, ny fahataperan'ny tantara dia niroso mialohan'ny fotoana, “nosantarina mialoha”, ary miditra ao amin'ny fotoanantsika ny Fanjakan'Andriamanitra.
1169. Noho izany, tsy fety fotsiny eo anivon'ny hafa ny *Paka* : izy no “Fety fara tampon'ny fety rehetra”, “Manetriketrika indrindra amin'ny manetriketrika”, tahaka ny Eokaristia izay sakramentan'ireo sakramenta (ilay Sakramenta lehibe). “Ilay alahady Lehibe”³ no iantsoan'i Md Athanase azy, tahaka ny Herinandro Masina antsoin'ny any Atsinanana hoe “Herinandro lehibe”. Ny misterin'ny Fitsanganan-ko velona, izay tamin'izany no nandravan'i Kristy ny fahafatesana, no maninteraka ny fotoana tranainintsika tamin'ny fahefany mahery, mandra-pahatonga ny zavatra rehetra ho eo ambany fahefany.
1170. Tamin'ny Kônsilin'i Nicée (taona 325) ny Fiangonana rehetra dia nifanara-kevitra fa ny Paka kristianina dia ho ankalazaina ny alahady izay manaraka ny volana fenomanana (14 Nisan), aorian'ny andro itovian'ny halavan'ny andro sy alina amin'ny lohataona. Noho ny tsy fitovian'ny fomba fikajiana ny 14 Nisan, tsy mifanojo lalandava ny datin'ny Paka ao amin'ny Fiangonana Tandrefana sy ny Tatsinanana. Izany no mahatonga ireo Fiangonana ireo ankehitriny, mikaroka fifanarahana, mba hahatongavana indray amin'ny fankalazana ny Fitsanganan'ny Tompo ho velona amin'ny daty iraisana.
1171. Ny taona litorzika no famelarana ny endrika maro samihafa ny mystery tokan'ny Paka. Torak'izany indrindra koa ny momba ireo fety manodidina ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo (Filazana, Noely, Epifania) izay ankalazana ny fahatsiarovana ny fiandohan'ny famonjena antsika sy ampitana amintsika ny santatra ny misterin'ny Paka.

¹ Fanqîth, Office syriaque d'Antioche, Vol 6, La partie de l'été, p. 193b.

² jer. Lk 4,19.

³ Ep. Fest I (tamin'ny 329), 10.

Ny fanajana ny Olomasina ao amin'ny taona litorzika

1172. “Ny Fiangonana Masina, amin’ny fankalazana ny misterin’i Kristy mandritra ny fihodinan’ny taona, dia manaja amim-pitiavana manokana an’i Maria sambatra, Renin’Andriamanitra, izay niombona tamin-Janany teo amin’ny tsanganasam-pamonjena tamin’ny alalan’ny fifamatorana tsy azo sarahina. Ao amin’i Maria ny Fiangonana dia migaga sy midera ny vokatry ny tsara indrindra avy amin’ny fanavotana, ary, toy ny ao amin’ny sary iray madio dia madio izy no mibanjina amin-kafaliana, izay irin’ny tenany rahateo sy antenainy ho izy manontolo”¹. 971
2030
1173. Rahefa mahatsiaro ny martiry sy ny olomasina sasany ny Fiangonana, ao anatin’ny fihodinan’ny taona, dia “manambara ny misterin’ny Paka” ao amin’izy ireo na lehilahy na vehivavy “izay nijaly niaraka tamin’i Kristy sy nomem-boninahitra niaraka Taminy, ary manolotra ho an’ny mpino ny oha-piainan’izy ireo izay nitarika azy rehetra ho any amin’ny Ray amin’ny alalan’i Kristy, ary amin’ny mahamendri-balisoa azy ireo, no ahazoan’ny Fiangonana ny soa avy amin’Andriamanitra”². 957

Ny Vavaka isan’Andro

1174. Ny misterin’i Kristy, ny Fahatongavany ho nofo sy ny Pakany, izay ankalazaintsika amin’ny Eokaristia, singanina manokana ny amin’ny fiangonana alahady, dia maninteraka sy manova endrika ny fotoana isan’andro amin’ny alalan’ny fankalazana amin’ny Vavaka isan’Andro, “Fankalazana an’Andriamanitra isan’andro”³. Izany fankalazana izany, tsy mivaona amin’ny hafatrafatry ny apôstôly ny amin’ny hivavahana lalandava⁴, “no natambatra mba hanamasinana ny fisonan’ny andro sy ny alina amin’ny fiderana an’Andriamanitra”⁵. Izy no “vavaky ny daholobe ao amin’ny Fiangonana”⁶ izay amin’izany ny mpino (mpandraharaha voahosotra, relijiozy ary lahika) no manatanteraka ny maha-mpisorona manjaka ny vita batemy. Rahefa ankalazaina “araka ny fomba ankatoavin’ny Fiangonana ny Vavaka isan’Andro, “dia tena feon’ily Ampakarina mihitsy izay miantefa amin’ily Mpampakatra azy ; ary azo lazaina koa hoe vavaka amin’ny Ray ataon’i Kristy miaraka amin’ny Vatany”⁷. 2698

¹ L 103.

² L 104 ; jer. L 108 sy 111.

³ jer. L IV, 83-101.

⁴ jer. I Tes 5,17 ; Efez 6,18.

⁵ L 84.

⁶ L 98.

⁷ L 84.

1175. Voatokana hanjary ho vavaky ny Vahoakan'Andriamanitra manontolo ny Vavaka isan'Andro. "Ny Tenan'i Kristy mihitsy no manohy ny anjara raharaha maha-mpisorona Azy amin'ny alalan'ny Fiangonany"¹, amin'ny Vavaka isan'andro ; mandray anjara amin'izany ny tsirairay, arakaraka ny toerana misy azy eo amin'ny Fiangonana sy ny toe-java-miseho eo amin'ny fiainany : ny Pretra, araka ny fanoloran-tenany amin'ny andraiki-panompoana ara-pastôraly, satria voantso izy hazoto amin'ny fivavahana sy amin'ny asa fanompoana ny Teny²; ny religiozy lehilahy sy vehivavy, araka ny fanomezam-pahasoavan'ny fanokanam-piainan'izy ireo³; ny kristianina rehetra, araka izay fahafahan'izy ireo manao izany : "Ny mpitondra ny Vahoakan'Andriamanitra dia hitandrina, mba hankalazaina miaraka ao am-piangonana, ireo Fotoam-bavaka lehibe, indrindra ny Vavaka hariva, ny alahady ary ny andro fety manetriketrika. Amporisihana ny samy lahika hanao vavaka fankalazana an'Andriamanitra isan'andro, na miaraka amin'ny Pretra, na rahafa izy samy izy miara-mivory, na izy irery aza"⁴.

2700 1176. Tsy ny mampirindra ny feo miaraka amin'ny fo izay mivavaka ihany no takina amin'ny mankalaza ny Vavaka isan'Andro, fa koa "ny manao izay ahazoana fahalalana be dia be momba ny litorzia sy ny Baiboly, indrindra ny salamo"⁵.

2586 1177. Ny antsa sy ny litanian'ny Vavaka isan'Andro dia manatsofoka ny vavaka salamo ao anatin'ny fotoanan'ny Fiangonana, amin'ny fanambaràna ara-panehoana an'ohatra ny fotoana ao anatin'ny iray andro, ny taona litorzika na ny fety ankalazaina. Fanampin'izany, ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra isaky ny Fotoam-bavaka (miaraka amin'ny valin-kira na ny sasin-kira izay manaraka izany), ary, amin'ny Fotoam-bavaka sasany, ny famakiana ny bokin'ny Aba sy ny mpampianatra ara-panahy, no manambara lalindalina kokoa ny dikan'ny mystery ankalazaina, manampy amin'ny fahalalana ny salamo sy manomana amin'ny vavaka am-po tsy miloa-bava. Ny *famakiana ny tenin'Andriamanitra (lectio divina)*, izay ao no vakina sy dinihina ny Tenin'Andriamanitra mba ho zary vavaka, dia miorim-paka araka izany amin'ny fankalazana litorzika.

1378 1178. Ny Vavaka isan'Andro, izay toy ny fitohizan'ny fankalazana ny Eokaristia, dia tsy manavaka fa mitaky amin'ny fomba mifameno ny fitiavam-bavaka samihafa ataon'ny Vahoakan'Andriamanitra, singanina manokana ny fitsaohana sy ny fanajana am-bavaka ny Sakramenta Masina.

¹ L 83.

² jer. L 86 ; 96 ; RFP 5.

³ jer. L 98.

⁴ L 100.

⁵ L 90.

IV. Aiza no mankalaza ?

1179. Tsy voafehy amin'ny toerana iray manokana, ny fivavahana amin'ny “fanahy sy ny fahamarinana” (Jo 4,24), araka ny Fanekem-pihavanana Vaovao. Masina ny tany tontolo ary nankinina amin'ny zanak'olombelona. Ny voalohany, raha miangona amin'ny toerana iray ny mpino, dia izy ireo no “vato velona”, miangona mba “hanangana trano ara-panahy” (1 Pi 2,5). Ny Vatan'i Kristy nitsangan-ko velona no tempoly ara-panahy izay ao no ipoiran'ny loharano velona miboiboika. Noho isika voakambana amin'i Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia “isika no tempolin' Andriamanitra velona” (2 Kôr 6,16). 586
1180. Rahefa tsy voasakantsakana ny fampiasana ny fahazoa-mivavaka ankalalahana¹, dia afaka manorina trano lehibe natokana hanompoana an' Andriamanitra amin'ny vavaka, ny kristianina. Tsy toeram-pivoriana tsotra fotsiny ireny fiangonana hita maso ireny, fa mampahafantatra sy mampiseho ny Fiangonana velona eo amin'io toerana io, izay fonenan' Andriamanitra miaraka amin'ny olombelona tafahavana sy tafaray ao amin'i Kristy. 2106
1181. “Ny trano fivavahana izay ao ny Eokaristia no ankalazaina sy tahirizina, izay ao ny mpino no miangona, izay ao ny Zanak'Andriamanitra Mpamonjintsika no atolotra ho antsika eo amin'ny ôtely fanaovan-tsorona, dia hajaina mba ho fanohanana sy ho fankaherezana ny kristianina; tokony ho tsara tarehy sy sahaza ny fivavahana mbamin'ny fankalazana ny Eokaristia io trano io”². Ao amin'io “tranon' Andriamanitra io”, ny fahamarinana sy ny firindran'ny famantarana izay manorina azy dia tsy maintsy maneho an'i Kristy izay eo sy miasa ao amin'io toerana io³. 2691
1182. Ny ôtelin'ny Fanekem-pihavanana Vaovao dia ny Hazofijalian'ny Tompo⁴ izay avy eo no ipoiran'ny sakramentan'ny misterin'ny Paka. Eo ambonin'ny ôtely izay ivon'ny trano fiangonana, no mahatonga ny fisiana eo ny soron'ny Hazofijaliana amin'ny alalan'ny famantarana ara-tsakramenta. Ny ôtely koa no Latabatry ny Tompo, izay eo amin'izany no anasana ny Vahoakan' Andriamanitra hihinana⁵. Ao amin'ny litorzia sasantsasany Tatsinanana, ny ôtely koa no fanehoana an'ohatra ny Fasana (maty tokoa sy nitsangan-ko velona tokoa i Kristy). 617,1383
1183. Ny *tabernakla* dia tsy maintsy apetraka “ao am-piangonana eo amin'ny toerana mendrika indrindra, ombam-panajana lehibe indrindra”⁶. Ny fahamboniana, ny

¹ jer. DH 4.

² RFP 5 ; jer L 122-127.

³ jer. L 7.

⁴ jer. Heb 13,10.

⁵ jer. IGMR 259.

⁶ MF.

1379,2120 fahazoana mampiasa ary ny fahazoana antoka ny tabernakla misy ny Eokaristia¹ dia tokony hampirisika sy hampandroso ny fitsaohana ny Tompo izay tena eo tokoa ao amin'ny Sakramenta Masin'ny ôtely.

1241 Ny *diloilo masina* (myron), izay ny fanosorana no famantarana ara-tsakramenta amin'ny fitomboky ny fanomezana ny Fanahy Masina, araka ny lovam-panahy, dia tahirizina sy hajaina eo amin'ny toerana azo antoka misy ny toerana masina. Azo ampiarahina ao ny diloilon'ny katekomena sy ny an'ny marary.

1184.Ny *seza fiketrahan'*ny Eveka (cathèdre) na ny fitoeran'ny Pretra dia “tokony hampiseho ny anjara raharahan'ilay izay miandraikitra ny fiangonana sy mitarika ny fivavahana”².

103 Ny *polipitra* : “Ny fahambonian'ny Tenin'Andriamanitra dia ilana toerana manokana ao am-piangonana izay manampy amin'ny fitoriana izany Teny izany, ka eny no itodihan'ny mason'ny mpino sy ifantohan'ny saina aman'eritreriny, mandritra ny Fankalazana ny Tenin'Andriamanitra”³.

1185.Manomboka amin'ny Batemy ny famoriana ny Vahoakan'Andriamanitra ; noho izany, ny fiangonana dia tokony hanana toerana fankalazana ny *Batemy* (toerana fanaovana batemy) sy hanampy amin'ny fahatsiarovana ny toky nomena tamin'ny Batemy (rano voahasina).

Mitaky *fivalozana* ny fanavaozam-piainana ny Batemy. Noho izany, ny trano fiangonana dia tokony ho saha ny fanehoam-panenenana sy ny fandraisana ny famelan-keloka, ka mila toerana saha amin'ny fandraisana ny mpivalo.

2717 Ny fiangonana koa dia tokony ho toerana malalaka izay mahasarika ho amin'ny fanombenan-tsaina sy ho amin'ny vavaka tsy miloa-bava izay manohy sy mampiditra ao anaty ny vavaka Fisaorana lehibe.

1130 1186.Farany, mirakitra hevitra momba ny any am-parany any ny fiangonana. Mba hidirana ao an-tranon'Andriamanitra, tsy maintsy mandingana ny *tokonana*, izay fanehoana an'ohatra ny fandalovan'ny tontolo voaratan'ny fahotana ho amin'ny tontolon'ny Fiainam-baovao iantsoana ny olombelona rehetra hankao. Ny fiangonana hita maso no maneho an' ohatra ny tranon'ny Ray izay mankany no izoran'ny Vahoakan' Andriamanitra ary ao ny Ray no “hamafa ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo” (Apôk 21,4). Noho izany koa no maha-tranon'ny zanak'Andriamanitra *rehetra* ny fiangonana, mivoha midanadana sy mpandray olona.

¹ jer. L 128.

² IGMR 271.

³ IGMR 272.

FAMINTINANA

1187. *Tsanganasan'i Kristy manontolo, Loha sy Vatana, ny litorzia. Mankalaza izany tsy an-kijanona amin'ny litorzia any an-danitra ny Mpisorombentsika, miaraka amin'ny Reny Masin'Andriamanitra, ny apôstôly, ny olomasina rehetra ary ireo olona tsy tambo isaina izay efa tafiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.*
1188. *Amin'ny fankalazana litorzika, ny Mpiangona manontolo no "mpilitorzia", ny tsirairay arakaraka ny anjara asa manandrify azy. Ny maha-mpisorona avy amin'ny Batemy dia an'ny Vatan'i Kristy manontolo. Misy anefa mpino sasantsasany nohamasinina tamin'ny sakramentan'ny Filaharana mba hisolo tena an'i Kristy ho Lohan'ny Vatana.*
1189. *Ny fankalazana litorzika dia mirakitra famantarana sy fanehoana an'ohatra izay misy avy amin'ny zavaboary (hazavana, rano, afo), misy avy amin'ny fiainan'ny olombelona (manasa amin'ny rano, manosotra menaka, manapatapaka mofo) ary misy avy amin'ny tantaram-pamonjena (ny fombam-pivavahana amin'ny Paka). Natsofoka ao anatin'ny tontolon'ny finoana sy tohanan'ny herin'ny Fanahy Masina ireny singafototra momba ny tontolon'ny zavaboary voarindra ireny, ireny fombam-pivavahan'ny olombelona ireny, ireny fihetsika ahatsiarovana an'Andriamanitra ireny, dia manjary mpitondra ny asam-pamonjena amam-panamasinan'i Kristy.*
1190. *Ny litorzian'ny Teny dia ampahany tsy azo esorina ao anatin'ny fankalazana manontolo. Ny hevitra raketin'ny fankalazana dia ambara amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra izay torina sy amin'ny alalan'ny firosahana amin'ny finoana izay amaliana izany.*
1191. *Misy fifandraisana mafy amin'ny asa litorzika ny hira sy ny mozika. Toy izao ny mari-pitsaràna amin'ny fampiasana tsara azy ireny : ny fanehoampankafizana ny fivavahana, ny firaisam-pon'ny mpiangona mandray anjara, ary ny fanehoana ny toetra masin'ny fankalazana.*
1192. *Ny sary masina, fahita ao am-piangonantsika sy ao an-tranontsika, dia natao hamohafoha sy hamelombelon'aina ny finoantsika ao amin'ny misterin'i Kristy. Amin'ny alalan'ny Sarimasin'i Kristy sy ny tsanganasampamonjeny, dia Izy no tsaohintsika. Amin'ny alalan'ny sary masin'ny Reny masin'Andriamanitra, ny Anjely sy ny Olomasina, dia ilay tena olona izay asehon'ny sary no hajaintsika.*
1193. *Ny alahady, "Andron'ny Tompo", no andro lehibe indrindra fankalazana ny Eokaristia, satria io no andron'ny Fitsanganan-ko velona. Andro soa indrindra amin'ny andro iangonan'ny mpino amin'ny fankalazana litorzika, andron'ny fianakaviana kristianina, androm-pifaliana sy fialan-*

*tsasatra amin'ny asa. Io no "fototra sy votoatin'ny taona litorzika manontolo"*¹.

1194. *"Asehon'ny Fiangonana mandritra ny fihodin'ny taona ny misterin'i Kristy manontolo, manomboka amin'ny Fahatongavany ho nofo sy ny Fahaterahany ka hatramin'ny Fiakarany any an-danitra sy ny Pantekôty sy ny fiandrasana ny hasambarana nampanantenaina ary ny Fahatongavan'ny Tompo amim-boninahitra amin'ny farandro"*².
1195. *Amin'ny fahatsiarovana ny Olomasina, loha laharana amin'izany ny Reny masin'Andriamanitra, manaraka izany ireo apôstôly, ireo martiry ary ireo Olomasina hafa, amin'ny andro noraiketina amin'ny taona litorzika, no ampisehoan'ny Fiangonana eto an-tany fa miombona amin'ny litorzia any an-danitra izy ; manome voninahitra an'i Kristy nahatontosa ny famonjeny an'ireo rantsambatany efa enim-boninahitra izy ; ny oha-piainan'izy ireo no mandrisika azy eny an-dalany mizotra mankany amin'ny Ray.*
1196. *Ireo mpino izay mankalaza ny Vavaka isan'Andro dia miombona amin'i Kristy, Mpisorombentsika be fiandrianana, amin'ny alalan'ny vavaka salamo, ny fandinihana masina ny Tenin'Andriamanitra, ny tonon-kira ary ny tsodrano, mba hikambanan'izy ireo amin'ny fivavahany tsy an-kijanona sy ho an'ny rehetra, izay anomezam-boninahitra ny Ray sy italahoana ny fanomezan'ny Fanahy Masina ho an'izao tontolo rehetra izao.*
1197. *I Kristy no tena Tempolin'Andriamanitra tokoa, "toerana izay ao no onenan'ny voninahiny"; noho ny fahasoavan'Andriamanitra, manjary Tempolin'ny Fanahy Masina koa ny kristianina, vato velona izay iorenan'ny Fiangonana.*
1198. *Amin'ny maha-eto an-tany ny Fiangonana, mila toerana izy, izay ao no ahazoan'ny ankohonan'ny mpino miangona : ny fiangonantsika hita maso, toerana masina, sarin'ny Tanàna masina, ilay Jerosalema any an-danitra izay mankany no izorantsika mpivahiny ety.*
1199. *Any amin'ireny trano fiangonana ireny no ankalazan'ny Fiangonana ny fivavahana ampahibemaso ho voninahitry ny Trinite Masina, ihainoany ny Tenin'Andriamanitra sy ihiràny ny fiderana Azy, anandratan'ny fivavahany, ary anolorany ny Soron'i Kristy, eo anivon'ny mpiangona amin'ny alalan'ny sakramenta. Ireny trano fiangonana ireny koa no toerana anaovana fieritreretana sy vavaka irery.*

¹ L 106.

² L 102.

Ny faha-samihafa litorzika sy ny maha-iray ny mistery

Lovam-panahy litorzika sy maha-katôlika ny Fiangonana

1200. Nanomboka tamin'ny Ankohonam-piangonana voalohany tao Jerosalema ka mandra-pahatongan'ny Fiverenan'i Kristy amim-boninahitra amin'ny farandro, na aiza na aiza, dia ny misterin'ny Paka iray ihany no ankalazain'ireo Fiangonan'Andriamanitra tsy mivadika amin'ny finoana apôstôlika. Iray ihany ny mistery ankalazaina amin'ny litorzia, fa ny endriky ny fankalazana azy no maro samihafa. 2625

1201. Tsy hita noanoa ny haren'ny misterin'i Kristy, hany ka tsy misy lovam-panahy litorzika na dia iray aza afaka hahatapitra ny fanehoana izany. Ny tantaran'ny fisehoana amam-pivelaran'ireny fombam-pivavahana ireny dia manaporofy fifamenoana mampitolagaga. Rahefa niaina ireny lovam-panahy litorzika ao anatin'ny fiombonana amin'ny finoana sy ny sakramentan'ny finoana iombonana ireny ny Fiangonana samihafa, dia nanjary nitombo harem-panahy tao amin'izy ireo samy izy ireo izany ary nitombo tao anatin'ny tsy fivadihana amin'ny Lovam-pampianarana sy amin'ny fanirahana iombonan'ny Fiangonana manontolo¹. 2663
1158

1202. Ny lovam-panahy samihafa ara-litorzia dia nipoitra arakaraka ny fanirahana ny Fiangonana ihany. Ireo Fiangonana iray faritra ara-jeôgrafia sy ara-kolontsaina dia tonga mankalaza ny misterin'i Kristy amin'ny alalan'ny fanehoan-tandindona hafa kely, nasiana endrika ara-kolontsaina : ao amin'ny lovam-panahin'ny tahirim-pinoana², eo amin'ny fanehoana an'ohatra litorzika, eo amin'ny fandaminana ny fiombonana maha-mpiray tam-po ara-pinoana, eo amin'ny fahaizana amam-pahalalana ara-teôlôjian'ny mistery ary eo amin'ny môdelim-pahamasinana. Amin'izany, i Kristy, Fahazavana sy Vonjin'ny firenen-drehetra, no asehon'ny fiainana litorzikan'ny Fiangonana iray, amin'ny vahoaka sy amin'ny kolontsaina izay amin'izany no anirahana azy ary ao amin'izany izy no miorim-paka. Katôlika ny Fiangonana, ka vitany ny mampiditra manontolo ao anatin'ny maha-iray azy, ny harena ara-kolontsaina rehetra tena izy, amin'ny fanadiovana an'ireny³. 814
1674
835
1937

1203. Ny lovam-panahy litorzika, na fombam-pivavahana, ampiasaina ankehitriny ao amin'ny Fiangonana, dia ny fombam-pivavahana latinina (voalohany indrindra ny fombam-pivavahana rômanina, fa eo koa ireo fombam-pivavahan'ny Fiangonana sasany eo an-toerana toy ny fombam-pivavahana ambrôzianina, na ny fombam-

¹ jer. EN 63-64.

² jer. 2 Tim 1,14.

³ jer. FF 23 ; EK 4.

pivavahan'ireo fikambanan-dreljiozy sasany) sy ny fombam-pivavahana bizantinina, aleksandrinina na kôpta, siriàka, armenianina, marônita ary kaldeanina. "Amin'ny fankatoavana amim-pitokiana ny lovam-panahy, ambaran'ny Kônsily masina fa ny Fiangonana Reny masina dia mihevitra ny satam-pivavahana rehetra nankatoavina ara-dalàna ho mitovy zo aman-kasina, ary tiany, ho an'ny hoavy, ny mitahiry ireny sy mampiroborobo ireny amin'ny fomba rehetra"¹.

Litorzia sy kolontsaina

1204. Noho izany, tokony hifanandrify amin'ny toetra mampiavaka ny firenena samihafa sy ny kolontsainy, ny fankalazana amin'ny litorzia². Mba "hahafantaran'ny firenena rehetra" ny misterin'i Kristy, "ka hitarihana azy ireo hanaiky ny finoana" (Rôm 16,26), dia tokony hotorina, hankalazaina ary hivelomana ao amin'ny kolontsaina rehetra io misteriny io, saingy tsy foanana akory ireny kolontsaina ireny fa havotana sy hotanterahina amin'ny alalany³. Miaraka sy amin'ny alalan'ny kolontsaina maha-olombelona an'ireo vahoaka be zanak'Andriamanitra, kolontsaina nozakain'i Kristy ao Aminy sy novàny endrika, no hanatonan'izy ireo eo akaikin'ny Ray, mba hankalaza Azy, ao amin'ny Fanahy iray ihany.

1205. "Amin'ny litorzia, indrindra ny an'ny Sakramenta, dia misy *ampahany tsy azo ovàna* - satria fanorenana avy amin'Andriamanitra izany -, izay ny Fiangonana no mpitahiry, sy ampahany maro *azo ovàna*, izay ananan'ny Fiangonana fahefana, ary indraindray aza ananany adidy, ny mampisahaza azy amin'ny kolontsain'ny firenena nitorina ny Evanjely tsy ela"⁴.

1206. "Ny faha-samihafa ara-litorzia dia mety ho loharanon-karem-panahy, mety koa hahatonga fifanolanana, na tsy fifankahazoan'ny andaniny sy ny ankilany, na ho fisaraham-bazana mihitsy aza. Ao amin'ity sehatra ity, dia mazava fa tsy tokony hanimba ny maha-iray ny faha-samihafa. Tsy mety ho voazava izy raha tsy ao anatin'ny fifikirana amin'ny finoana iombonana, amin'ireo famantarana ara-tsakramenta izay noraisin'ny Fiangonana tamin'i Kristy, ary amin'ny fiombonana amin'ny ambaratongam-pitondrana. Ny fampisahaza amin'ireo kolontsaina dia mitaky fiovàn'ny fo, ary, raha ilaina, fialana amin'ny fomban-drazana tsy afa-miaraka amin'ny finoana katôlika"⁵.

FAMINTINANA

1207. *Tokony ho ezahina ny mampiseho ny fankalazana ny litorzia amin'ny kolontsain'ny vahoaka izay misy ny Fiangonana ; tsy tokony hilefitra anefa*

¹ L 4.

² jer. L 37-40.

³ jer. CT 53.

⁴ Joany Paoly II, l. ap. "Vicesimus quintus annus" 16; jer. L 21.

⁵ Joany Paoly II, l. ap. "Vicesimus quintus annus" 16.

izy, eo anatrehan' ilay kolontsaina. Ankoatra izany, ny litorzia dia miteraka kolontsaina sy mamolavola izany.

1208. *Ny lovam-panahy samihafa ara-litorzia, na fombam-pivavahana, nekena fa ara-dalàna, satria mampahalala sy mampita ny misterin'i Kristy rahateo ihany, no maneho ny maha-katôlika ny Fiangonana.*

1209. *Ny mari-pitsaràna izay miantoka ny firaisana ao anatin'ny fahamaroan' endriky ny lovam-panahy litorzika, dia ny tsy fivadihana amin'ny Lovam-panahy avy amin'ny apôstôly, izany hoe : ny fiombonana amin'ny finoana sy ireo sakramenta noraisina tamin'ny apôstôly, fiombonana izay ambara sy iantohan'ny fifandimbiasana maha- apôstôly.*

SAMPANA FAHAROA

Ny sakramenta fito an'ny Fiangonana

1210. I Kristy no nanorina ireo sakramentan'ny Lalàna vaovao, ary fito no isany, ka ireto avy izany : ny Batemy, ny Fankaherezana, ny Eokaristia, ny Fivalozana, ny Fanosorana ny marary, ny Filaharana ary ny Fanambadiana. Mahakasika ny dingana rehetra sy ny fotoan-dehibe rehetra amin'ny fiainan'ny kristianina ireo sakramenta fito ireo : ny fiterahana sy ny fitomboana, ny fanasitranana sy ny fanirahana eo amin'ny fiainampinoan'ny kristianina. Amin'izany, misy fifanahafana marina eo amin'ny dingam-piainana voa-Janahary sy ny dingam-piainana ara-panahy¹. 1113

1211. Amin'ny fanarahana io fifanahafana io, dia hovelabelarina aloha ny sakramenta telo firosoana ho kristianina (*toko voalohany*), manaraka izany ny sakramenta fanasitranana (*toko faharoa*), farany ny sakramenta izay fiandraiketana ny fiombonana sy ny fanirahana ny mpino (*toko fahatelo*). Marina, fa tsy io fandaminana io ihany tsy akory no hany azo atao, kanefa ahafahana mahita io fa ny sakramenta dia mirafitra ho lamina iray miaramiasa, izay ao aminy ny sakramenta tsirairay manokana no manana ny anjara toerany maha-fototry ny aina azy. Ao amin'io lamina io, ny Eokaristia no mitana toerana tsy manam-paharoa amin'ny maha-“sakramentan'ny sakramenta” azy : “Ny sakramenta hafa rehetra dia alamina amin'izy io, araka ny zava-kinendrin'izy ireo avy”². 1374

¹ jer. Md. Thomas d'A., s. th. 3, 65, 1.

² S. Thomas d'A., s. th. 3, 65, 3.

TOKO VOALOHANY

Ny sakramenta firosoana ho kristianina

1212. Amin'ireo sakramenta firosoana ho kristianina : ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Eokaristia, no iorenan'ny *fototry* ny fiainana kristianina manontolo. “Ny fandraisana anjara amin'ny fomba amantoetran'Andriamanitra, omena ny olombelona amin'ny alalan'ny fahasovan'i Kristy, dia misy fifanahafana marina amin'ny fiandohana, ny fitomboana ary ny fiahiana ny fiainana voa-Janahary. Nateraka amin'ny fiainam-baovao tamin'ny Batemy ny mpino, noho izany, dia ankaherezina amin'ny sakramentan'ny Fankaherezana ary mandray amin'ny Eokaristia ny mofon'ny fiainana mandrakizay. Araka izany, amin'ireo sakramenta firosoana ho kristianina ireo, no andraisan'izy ireo bebe kokoa hatrany ny harem-piainan'Andriamanitra sy irosoany ho amin'ny fahalavorarian'ny fifankatiavana”¹.

ANDALANA 1

Ny sakramentan'ny Batemy

1213. Ny Batemy masina no fototry ny fiainana kristianina manontolo, tokonambaravaran'ny fiainana ao amin'ny Fanahy (*vitae spiritualis ianua*), sy varavarana izay manokatra ny fidirana amin'ireo sakramenta hafa. Tamin'ny Batemy isika no nafahana tamin'ny fahotana sy nateraka indray ho zanak'Andriamanitra, manjary rantsambatan'i Kristy sy voakambana ho vatana iray amin'ny Fiangonana ary natao ho mpandray anjara amin'ny fanirahana azy² : “Ny Batemy no sakramentan'ny fahateraham-baovao amin'ny alalan'ny rano sy amin'ny teny”³.

I. Ahoana no iantsoana ity sakramenta ity ?

1214. Antsoina hoe *Batemy* izy araka ny fombam-pivavahana fototra izay anatanterahana azy : ny manao batemy (*baptizein* amin'ny teny grika), dia midika hoe “ mandentika ao anaty rano”, “manatsoboka ao anaty rano” ; ny “fanatsobohana ao anaty rano”, dia maneho an'ohatra ny fandevenana ny katekomena ao amin'ny fahafatesan'i Kristy, izay avy ao izy no mivoaka amin'ny fitsanganan-ko velona miaraka Aminy⁴, ho “zavaboary vaovao” (2 Kôr 5,17 ; Gal 6,15).

¹ Paul VI, const. Ap. « Divinae consortium naturae » ; jer. OICA praenotanda 1-2.

² jer. Kôn. Florence : DS 1314 ; CIC, can. 204, § 1 ; 849 ; CCEO, can. 675, § 1.

³ Catech. R. 2, 2, 5.

⁴ jer. Rôm 6,3-4 ; Kôl 2,12.

1215. Ity sakramenta ity dia antsoina koa hoe : “*fampandroana ho amin’ny fahateraham-baovao sy ho amin’ny fanavaozana* ao amin’ny Fanahy Masina” (Tito 3,5), satria izy no mampahafantatra sy manatanteraka io fiterahana amin’ny rano sy amin’ny Fanahy io, ka raha tsy misy azy “tsy misy na iray aza afa-miditra ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra” (Jo 3,5). 1257

1216. “Antsoina hoe *fanazavana* io fandroana io, satria ireo izay mandray ity fampianarana [momba ny katesezy] ity, dia manana fanahy voazava...”¹. Ny vita batemy, noho izy nandray tamin’ny Batemy an’ily Teny “izay fahazavana marina, manazava ny olona rehetra” (Jo 1,9), nony efa nohazavaina izy² dia manjary zanaky ny mazava³, ary “fahazavana” mihitsy (Efez 5,8) :

Ny Batemy no tsara indrindra sy mahafinaritra indrindra amin’ireo fanomezan’Andriamanitra (...). Antsointsika izy hoe : fanomezana, famelan-keleka, fanosorana, fanazavana, fitafiana ny tsy fahalovana, fampandroana amin’ny fahateraham-baovao, fitomboka, ary izay rehetra misy ny sarobidy indrindra. *Fanomezana*, satria omena ho an’ireo izay tsy mitondra na inona na inona izy ; *famelan-keleka*, satria omena azy na dia ireo meloka aza ; *Batemy*, satria alevina ao anaty rano ny fahotana ; *fanosorana*, satria masina izy sy maha-mpanjaka (manjary toy ireo izay voahosotra) ; *fanazavana*, satria fahazavana mamirapiratra izy ; *fitafiana*, satria manarona ny henatrantsika izy ; *fandroana*, satria manasa izy ; *fitomboka*, satria miaro antsika izy ary famantarana ny maha-tompom-pahefana an’Andriamanitra⁴.

II. Ny Batemy ao amin’ny fitantanam-pamonjena

Ireo tandindon’ny Batemy ao amin’ny Fanekem-pihavanana Taloha

1217. Ny Fiangonana, amin’ny litorzian’ny Alin’ny Paka, rahefa manao ny *fanamasinana ny rano fanaovana Batemy*, dia mampahatsiaro amin’ny fomba manetriketrika ireo zava-dehibe niseho teo amin’ny tantaram-pamonjena izay efa nanambara mialoha sahady ny misterin’ny Batemy :

Tamin’ny herinao, ry Tompo, no nanaovanao zava-mahagaga tao amin’ny sakramentanao, ary nandritra ny tantaram-pamonjena no nampiasanao ny rano, zavaboarinao, mba hampahalala anay ny fahasovan’ny Batemy⁵.

1218. Hatrany am-piandohan’izao tontolo izao, ny rano, izay zavaboary tsotra sy mahagaga, no loharanon’ny aina sy ny fiterahana amam-pahavokarana. Ny 344,694

¹ Md Justin, apol. 1, 61.

² jer. Heb 10,32.

³ jer. 1 Tes 5,5.

⁴ Md Grégoire de Naz., or. 40, 3-4.

⁵ MR, Fiaretan-tory amin’ny fankalazana ny Paka 42 : fanamasinana ny rano fanaovana Batemy.

Soratra Masina dia mahita azy ho toy ny “fikotrehana” amin’ny alalan’ny Fanahin’Andriamanitra¹ :

Tamin’ny fiandohan’izao tontolo izao, ny Fanahinao no nisonenika teo ambonin’ny rano mba handraisan’ny rano ny foto-piandohan’ny hery izay hanamasinana².

701,845 1219.Hitan’ny Fiangonana tao amin’ny Sambofiaran’i Nôe ny tandindon’ny famonjena amin’ny Batemy. Satria, tamin’ny alalany ny “olona vitsy, valo monja ny fitambarany, no voavonjy tamin’ny rano” (1 Pi 3,20).

Tamin’ny fisondrotry ny safo-drano, no nanambarànao ny Batemy izay mahatonga ho velona indray, satria ny rano tamin’ny safo-drano dia sady nanambara mialoha ny fahafatesana amin’ny fahotana no nanambara mialoha koa ny fahaterahan’ny fahamarinana rehetra³.

1010 1220.Raha ny ranon’ny loharano no maneho an’ohatra ny fiainana, ny ranon’ny ranomasina kosa no maneho an’ohatra ny fahafatesana. Izany no antony ahafahan’ny fanehoana an’ohatra mampiseho an-tsary ny misterin’ny Hazofijaliana. Avy amin’io fanehoana an’ohatra io, ny Batemy dia midika hoe fiombonana amin’ny fahafatesan’i Kristy.

1221.Fa indrindra tamin’ny fiampitàna ny ranomasina mena, fanafahana marina an’i Israely tamin’ny fanandevozana tao Ejipta, no manambara ny fanafahana ataon’ny Batemy :

Nampitainao teo amin’ny ranomasina Mena nandia tany maina ny zanak’i Abrahama, mba ho tandindon’ny vahoakan’ny vita batemy ilay vahoaka nafahanao tamin’ny fanandevozana⁴.

1222.Farany, nambara mialoha teo amin’ny fiampitàna ny onin’i Jordany ny Batemy, izay tamin’ny alalan’izany ny Vahoakan’Andriamanitra no nahazo ny fanomezana ny Tany nampanantenaina tamin’ny taranak’i Abrahama, sarin’ny fiainana mandrakizay. Ny fampanantenana io lovam-pahasambarana io dia tanteraka ao amin’ny Fanekem-pihavanana Vaovao.

Ny Batemin’i Kristy

1223.Ny tandindona rehetra ao amin’ny Fanekem-pihavanana Taloha, dia ao amin’i Kristy Jesoa no ahitana ny fahatanterahany. Nanomboka ny fiainany ampahibemaso Izy taorian’ny nanaovan’i Joany-Batista batemy Azy tao

¹ jer. Jen 1,2.

² MR, Fiaretan-tory amin’ny fankalazana ny Paka 42 : fanamasinana ny rano fanaovana Batemy.

³ *Ibid.*

⁴ *Ibid.*

amin'ny onin'i Jordany¹, ary, taorian'ny fitsanganany ho velona, izao no iraka nomeny ny apôstôly : “Koa mandehana ianareo, ataovy tonga mpianatro ny firenena rehetra, manaova batemy azy ireo amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, ary ampianaro izy ireo hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo” (Mt 28,19-20)². 232

1224.Nanaiky an-tsitrapo ny Tompontsika handray ny Batemin'i Md Joany-Batista, izay voatokana ho an'ny mpanota, mba “hahatanteraka ny fahamarinana rehetra” (Mt 3,15). Io fihetsik'i Jesoa io dia fanehoana ny fanetren-tenany³. Ny Fanahy izay nisonenika teo ambonin'ny ranon'ny fahariana voalohany no nidina teo ambonin'i Kristy tamin'izay, ho fambara mialoha ny fahariana vaovao, ary ny Ray no nampiseho an'i Jesoa fa “Zanany malalany” (Mt 3,16-17). 536

1225.Tamin'ny Pakany i Kristy no nanokatra ho an'ny olona rehetra ny loharanon'ny Batemy. Satria, efa niteny Izy ny amin'ny fijaliany izay hiaretany any Jerosalema ho toy ny “Batemy” izay tsy maintsy hanaovana batemy Azy⁴. Ny Ra sy ny rano izay nikoriana teo amin'ny lanivoan'i Jesoa nolefonina fony Izy nifantsika teo amin'ny Hazofijaliana⁵ no tandindon'ny Batemy sy ny Eokaristia, sakramentan'ny fiainam-baovao⁶ : nanomboka tamin'izay, azo atao “ny ateraky ny rano sy ny Fanahy” mba hidirana ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra (Jo 3,5). 766

Diniho hoe : taiza ianao no natao batemy, avy aiza ny Batemy, raha tsy avy amin'ny Hazofijalian'i Kristy, avy amin'ny fahafatesan'i Kristy. Ao amin'izany ny mistery manontolo : Nijaly ho anao Izy. Tao Aminy no voavotra ianao, tao Aminy no voavonjy ianao⁷.

Ny Batemy ao amin'ny Fiangonana

1226.Nanomboka tamin'ny andro Pantekôty no nankalaza sy nanome ny Batemy masina ny Fiangonana. Satria, hoy i Md Piera nanambara tamin'ny vahoaka voatohin'ny toriteniny : “Mibebaha ianareo, ary aoka ianareo samy hatao batemy amin'ny anaran'i Jesoa-Kristy mba hahazo ny famelana ny fahotana, dia handray ny fanomezana ny Fanahy Masina ianareo” (Asa 2,38). Ny apôstôly sy ireo mpiara-miasa amin'izy ireo dia nanome ny Batemy na tamin'iza na tamin'iza nino an'i Jesoa : jody, matahotra 849

¹ jer. Mt 3,13.

² jer. Mk 16,15-16.

³ jer. Filip 2,7.

⁴ jer. Mk 10,38 ; Lk 12,50.

⁵ jer. Jo 19,34.

⁶ jer. 1 Jo 5,6-8.

⁷ Md Ambroise, sacr. 2,2,6.

an'Andriamanitra, mpanompo sampy¹. Hita lalandava fa mifamatotra amin'ny finoana ny Batemy : “Minoa an'i Jesoa Tompo ; ho voavonjy ianao amin'izay, dia ianao sy ny ao an-tranonao rehetra”, hoy ny nambaran'i Md Paoly tamin'ny mpiambina azy tao an-tranomaizina tao Filipy. Hoy ny tohin'ny tantara : “Nandray ny Batemy ilay mpiambina ny tranomaizina, tamin' izay ora izay ihany, dia izy sy ny tao an-tranony rehetra” (Asa 16,31-33).

790 1227. Araka an'i Md Paoly apôstôly, amin'ny alalan'ny Batemy ny mpino no miombona amin'ny fahafatesan'i Kristy ; nalevina miaraka Aminy ilay mpino ary nitsangan-ko velona miaraka Aminy koa :

Isika rehetra natao batemy ao amin'i Kristy Jesoa, dia natao batemy tao amin'ny fahafatesany. Koa niara-nalevina Taminy tamin'ny Batemy tao amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy ho velona avy amin'ny maty, tamin'ny voninahitry ny Ray, no hivelomantsika koa amin'ny fiainam-baovao (Rôm 6,3-4)².

“Mitafy an'i Kristy” (Gal 3,27) ny vita batemy. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, ny Batemy dia fandroana izay manadio, manamasina ary manamarina³.

1228. Noho izany, fandroana amin'ny rano ny Batemy, izay amin'izany “ny voa mamoa tsy mety lo ” dia ny Tenin'Andriamanitra no miteraka ny vokany mpamelon'aina⁴. Hoy i Md Augustin taty aoriana ny amin'ny Batemy : “Mikambana amin'ny singafototry ny zavatra manam-batana ny teny ka manjary sakramenta izany”⁵.

III. Ahoana ny fomba ankalazana ny sakramentan'ny Batemy ?

Ny firosoana ho kristianina

1229. Manjary kristianina, tanteraka izany nanomboka tamin'ny andron'ny apôstôly, amin'ny alalan'ny fizotra sy ny firosoana misy dingana maromaro. Mety ho haingana na mety ho miadana no izorana amin'io lalana io. Tsy maintsy misy lalandava anefa ireto singafototra sasany tena ilaina ireto : ny fitoriana ny Teny, ny fandraisana ny Evanjely izay mitarika ho amin'ny fibebahana, ny fiakem-pinoana, ny Batemy, ny fandrotsahana ny Fanahy Masina, ny fandraisana ny kômonion'ny Eokaristia.

¹ jer. Asa 2,41 ; 8,12-13 ; 10,48 ; 16,15.

² jer. Kôl 2,12.

³ jer. 1 Kôr 6,11 ; 12,13.

⁴ jer. 1 Pi 1,23 ; Efez 5,26.

⁵ Augustin in Ev. Jo. 80,3.

1230. Niovaova be ihany ity firosoana ity nandritra ny taonjato nifandimby sy araka ny toe-javatra niseho. Tany amin'ny taonjato voalohandohan'ny Fiangonana, nisy fivelarana be tokoa ny firosoana ho kristianina, tamin'ny fotoana lava *fïomanana amin'ny Batemy (katekomenà)* sy ny filahatry ny fombam-pivavahana sava 1248 ranonando izay nanoritra ara-litorzia ny lalam-pïomanana amin'ny Batemy sy niafara tamin'ny fankalazana ny sakramenta firosoana ho kristianina.
1231. Tany amin'ny toerana izay ny Batemin-jaza no nanjary betsaka ny endrika mahazatra fankalazana an'ity sakramenta ity, dia nanjary asa tokana izany fankalazana izany, izay nampidirana manontolo ny dingana rehetra mialoha ny firosoana ho kristianina, amin'ny fomba tena mifintina. Araka ny fombany mihitsy, ny Batemin-jaza dia mitaky *katekomenà aorian'ny Batemy*. Tsy hoe filana fampïanarana aorian'ny Batemy ihany tsy akory izany, fa filana ny fivelaran'ny fahasoavan'ny Batemy araka ny fitomboan'ny olona koa. Izany no sehatra sahaza 13 indrindra ny *fampïanarana katesizy*.
1232. Ny Kônsily faharoa tao Vatikana dia nanavao, ho an'ny Fiangonana latinina, “ny fïomanana amin'ny Batemin'olon-dehibe, notsinjaraina ho dingana maromaro”¹. Ao amin'ny *Ordo initiationis christianae adultorum* (Boky fandaharana ny fombam-pivavahana rehetra amin'ny firosoan'ny olon-dehibe ho kristianina) (1972) no ahitana ny fombam-pivavahana amin'izany. Ankoatra izany, nanome lalana ny Kônsily fa “anjoatra ireo singafototry ny firosoana nomen'ny lovampanahy kristianina”, dia azo raisina, any amin'ny tanin'ny misiôna, “ireo singafototra hafa amin'ny firosoana izay voamarina ny fampiasana azy any amin'ny firenena tsirairay any, raha hita fa azo ampifanarahina amin'ny fombam-pivavahana kristianina”². 1204
1233. Ankehitriny àry, amin'ny fombam-pivavahana rehetra latinina sy tatsinanana, ny firosoan'ny olon-dehibe ho kristianina dia manomboka raha vantany vao miditra amin'ny katekomenà izy ireo, mba hahatratra ny fara tampony amin'ny fankalazana iray ihany ny sakramenta telo : ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Eokaristia³. Amin'ny fombam-pivavahana tatsinanana, ny firosoan'ny ankizy ho kristianina dia 1290 manomboka amin'ny Batemy arahin'ny Fankaherezana sy ny Eokaristia eo no ho eo avy hatrany, fa amin'ny fombam-pivavahana rômanina kosa, dia mitohy izany mandritra ny taona maro ianarana ny katesezy, mba ho vita aty aoriana amin'ny Fankaherezana sy ny Eokaristia, fara tampony amin'ny firosoan'izy ireo ho kristianina⁴.

Ny dikan'ny famantarana ampiasaina amin'ny fankalazana

1234. Amin'ny fombam-pivavahana ankalazana azy no hita mazava tsara ny hevitra sy ny fahasoavana amin'ny sakramentan'ny Batemy. Amin'ny

¹ L 64.

² L 65 ; jer. L 37-40.

³ jer. AFF 14 ; CIC, can. 851 ; 865 ; 866.

⁴ jer. CIC, can. 851, 2° ; 868.

fanarahana ireo fihetsika sy ireo teny mandritra ny fankalazana izany, omban'ny fandraisana anjara amim-pifantohana, no andraisan'ny mpino ny harem-pahalalana izay ampahafantarin'io sakramenta io sy tanterahiny ao amin'ny vao vita batemy tsirairay.

1235.Ny *famantarana ny Hazofijaliana*, eo am-panombohana ny fankalazana, no
617 ampisehoana ny marik'i Kristy eo amin'ny tenan'izay mpianany sy
2157 ampahafantarana ny fahasoavam-panavotana izay nampahazoan'i Kristy
antsika tamin'ny alalan'ny Hazofijaliany.

1236.Ny *fitoriana ny Tenin'Andriamanitra* no manazava ny fahamarinana
1122 nambara amin'ny mpangataka batemy sy ny mpiangona, ary mahatonga ny
valim-pinoana, tsy azo sarahina amin'ny Batemy. Satria, ny Batemy, amin'
ny fomba manokana, no “sakramentan'ny finoana” noho izy fidirana ara-
tsakramenta ao amin'ny fiainam-pinoana.

1237.Satria ny Batemy midika fanafahana amin'ny fahotana sy ny mpandrisika
1673 amin'izany, ny devoly, dia anaovana tonom-bavaka iray (na maro)
fandroahana demony ilay mpangataka batemy. Hosorana ny menaky ny
katekomena izy na koa mametra-tanana aminy ny mpitarika ny
fanompoam-pivavahana, ary izy kosa mandà an-kitsirano an'i Satana. Vita
189 izany, dia azony atao ny *manambara ny finoan'ny Fiangonana*, izay
amin'izany no “hanankinana” azy amin'ny Batemy¹.

1238.Hamasinina amin'izay ny *rano fanaovana batemy*, amin'ny alalan'ny
1217 vavaka epikilezy (na amin'io fotoana io ihany, na amin'ny alin'ny Paka).
Angatahin'ny Fiangonana amin'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny Zanany,
ny hirotsahan'ny herin'ny Fanahy Masina ao amin'io rano io, mba
“hateraky ny rano sy ny Fanahy” (Jo 3,5) ireo izay hatao batemy ao.

1239.Manaraka izany, ny *votoatin'ny fombam-pivavahana* amin'ny sakramenta :
1214 ny tena *Batemy*, izay mampahafantatra sy manatanteraka ny fahafatesana
noho ny fahotana sy ny fidirana ao amin'ny fiainan'ny Trinite Masina
Indrindra, amin'ny alalan'ny fanahafana ny misterin'ny Pakan'i Kristy.
Amin'ny fanatsobohana intelo ao anaty rano an'ilay atao batemy no
tanteraka amin'ny fomba miharihary ny Batemy. Kanefa, hatry ny fahagola,
dia mety koa ny anomezana izany, amin'ny fandrotsahana intelo ny rano eo
an-dohan'ilay atao batemy.

1240.Amin'ny Fiangonana latinina, io fanatsobohana intelo io, dia arahin'ny tenin'ny
mpandraharaha masina hoe : “R... izaho manao batemy anao amin'ny anaran'ny
Ray, sy ny Zanaka, sy ny Fanahy Masina”. Amin'ny litorzia tatsinanana, rahefa
voatodika any Atsinanana ny katekomena, dia hoy ny Pretra : “Ny mpanompon'

¹ jer. Rôm 6,17.

Andriamanitra, R..., dia atao batemy amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, sy ny Fanahy Masina". Ary amin'ny fiantsoana ny anaran'ny olona tsirairay ny Trinite Masina Indrindra, dia alentiny ao anaty rano ilay atao batemy sy atsangany avy ao.

1241. Ny *fanosorana diloilo masina*, diloilo nasiana zava-manitra sy nohamasinin'ny Eveka, dia midika ny fanomezana ny Fanahy Masina an'ilay vao vita batemy. Tonga kristianina izy, izany hoe : "voahosotry" ny Fanahy Masina, voakambana amin'i Kristy, izay voahosotra ho mpisorona, mpaminany ary mpanjaka¹. 1294,1574 783

1242. Amin'ny litorzian'ireo Fiangonana Tatsinanana, ny fanosorana aorian'ny Batemy no sakramentan'ny Fanosorana masina (Kônfirmasiôna). Amin'ny litorzia rômanina, io no manambara ny fanosorana fanindroany amin'ny diloilo masina izay homen'ny Eveka : ny sakramentan'ny Fankaherezana, izay azo lazaina hoe "manamafy" ary mamarana ny fanosorana amin'ny Batemy. 1291

1243. Ny *akanjo fotsy* no ampisehoana an'ohatra, fa ny vita batemy dia "mitafy an'i Kristy" (Gal 3,27) : natsangan-ko velona miaraka amin'i Kristy. Ny *jiro*, arehitra amin'ny jiron'ny Paka, dia midika fa i Kristy no manazava ny zazavao amin'ny finoana. Ao amin'i Kristy, ireo vita batemy, no "fahazavan'izao tontolo izao" (Mt 5,14)². 1216

Tonga zanak'Andriamanitra ao amin'ny Zanany Lahitokana amin'izay ilay vao vita batemy. Afaka manambara ilay vavaky ny zanak' Andriamanitra izy : ny "Rainay". 2769

1244. Ny *fandraisana kômonio voalohany amin'ny Eokaristia*. Noho ilay zazavao amin'ny finoana tonga zanak'Andriamanitra, mitafy ny akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady, dia voaray "ao amin'ny fanasam-be amin'ny fampakaram-badin'ny Zanak'Ondry" izy, ary mandray ny sakafon'ny fiainam-baovao, dia ny Vatana aman-dRan'i Kristy. Ireo Fiangonana tatsinanana dia mitana amim-pahamalinana tokoa ny firaisan'ny firosoana ho kristianina, amin'ny fanomezana ny kômonio masina an' izay rehetra vao vita batemy sy fankaherezana, na dia amin'ny ankizy madinika aza, amin'ny fahatsiarovana ny tenin'ny Tompo hoe : "Avelao ny ankizy madinika hanatona Ahy, fa aza rarànareo" (Mk 10,14). Ny Fiangonana latinina, izay manokana ny fahazoana mandray ny kômonio masina ho an'ireo izay tonga amin'ny taona maha-vory saina, dia mampiseho ny fivelaran'ny Batemy ao amin'ny Eokaristia, amin'ny fampanatonana eo amin'ny ôtely ny ankizy vao vita batemy amin'ny vavaka Rainay. 1292

¹ jer. OBP 62.

² jer. Filip 2,15.

1245. Ny *tsodrano manetriketrika* no mamarana ny fankalazana ny Batemy. Amin'ny fotoana fanaovana Batemin-jaza vao teraka, dia mitana toerana manokana ny fitsofan-drano ny reny.

IV. Iza no mahazo mandray ny Batemy ?

1246. “Ny olombelona rehetra tsy mbola vita batemy, ary izy ihany, no mahazo mandray ny Batemy”¹.

Ny Batemin’olon-dehibe

1247. Hatrany am-piandohan’ny Fiangonana, ny Batemin’olon-dehibe dia toe-javatra mahazatra indrindra teo amin’ny toerana izay mbola vao haingana no nitorina ny Evanjely. Koa ny katekomenà (fiomanana amin’ny Batemy) no nitana toerana lehibe tamin’izay. Amin’ny maha-fampahalalana ny finoana sy ny fiainana kristianina azy, dia tsy maintsy nalamina izany amin’ny fandraisana ny fanomezan’Andriamanitra ao amin’ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Eokaristia.

1230 1248. Ny katekomenà, na fampianarana amam-panabeazana ny katekomena, dia mikendry ny hahafahan’ireo katekomena mitondra ny fibebahan’izy ireo sy ny finoan’izy ireo ho amin’ny fahamatorana, ho valin’ny fanaovan’Andriamanitra dingana mialoha sy ho firaisana amin’ny ankohonam-piangonana. Ny atao amin’izany dia “fampianarana amam-panabeazana ho amin’ny fiainana kristianina tsy misy tomika (...) izay amin’ny alalan’izany no iraisan’ny mpianatra amin’i Kristy Mpampianany. Noho izany, ny katekomena dia tsy maintsy tarihina hahalala (...) ny misterim-pamonjena sy ny fampiharana eo amin’ny fiainana ny Vaovao Mahafaly, sy hampidirina amin’ny fiainana ny finoana, ny litorzia ary ny fitiavana ny Vahoakan’Andriamanitra, amin’ny alalan’ny fombam-pivavahana masina, ankalazaina amin’ny fotoana mifandimbidimby”².

1259 1249. Ny katekomena “dia efa tafaray amin’ny Fiangonana, efa anisan’ny ao an-tranon’i Kristy, ka tsy mahagaga raha miaina ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana izy ireo”³. “Efa mambomba azy ireo ho toy ny ankohonany ao anatin’ny fitiavany amin’ny fikarakarana azy ireo, ny Fiangonana Reny”⁴.

¹ CIC, can. 864 ; CCEO, can. 679.

² AFF 14 ; jer. OICA 19 sy 98.

³ AFF 14.

⁴ FF 14 ; jer. CIC, can. 206 ; 788.

Ny Batemin-jaza

1250. Ny zaza, noho izy teraka miaraka amin'ny fomba aman-toetra maha-olombelona lavo sy voaloton'ny fahotana tamin'ny fototra, dia mila koa ny fahateraham-baovao amin'ny Batemy¹, mba ho afaka amin'ny herin' ny maizina sy ho afindra ao amin'ny toeram-pahafahan'ny zanak' Andriamanitra², izay ho amin'izany no iantsoana ny olombelona rehetra. Ny fanomezana tena maimaim-poana tokoa ny fahasoavam-pamonjena dia miseho manokana ao amin'ny Batemin-jaza. Koa noho izany, ny Fiangonana sy ny ray aman-dreny dia manesotra ny zaza amin'ny fahasoavana tsy voavidim-bola hahatongavana ho zanak'Andriamanitra, raha tsy manome ny Batemy azy ao aoriana kely ny nahaterahany³. 403
1996

1251. Ho fantatry ny ray aman-dreny kristianina fa io fomba fanao io dia mifanaraka koa amin'ny andraikitra maha-mpamelona azy ireo amin'ny fiainana izay nankinin'Andriamanitra tamin'izy ireo⁴.

1252. Lovam-panahin'ny Fiangonana efa fahagola ny fanaovana Batemin-jaza. Voamarina mazava tsara izany hatramin'ny taonjato faharoa. Kanefa, azo inoana fa nanomboka tany am-piandohan'ny fitorian-tenin'ny apôstôly, rahefa nandray ny Batemy ny "iray trano" manontolo⁵, dia natao batemy koa ny zaza⁶.

Finoana sy Batemy

1253. Sakramentan'ny finoana ny Batemy⁷. Mila ankohonan'ny mpino anefa ny finoana. Tsy misy afa-tsy amin'ny finoan'ny Fiangonana ihany ny mpino tsirairay no afaka mino. Ny finoana izay ilaina amin'ny Batemy dia finoana tsy lavorary sy tsy matotra, fa fanombohana ihany izay ilaina hitombo. Ny katekomena na ny mpiantoka azy dia anontaniana hoe : "Inona no angatahinareo amin'ny Fiangonan'Andriamanitra ? Dia valiany hoe : Ny finoana !" 1123
168

1254. Eo amin'ny vita batemy rehetra, na ankizy na olon-dehibe, tokony hitombo hery ny finoana aorian'ny Batemy. Izany indrindra no ankalazan'ny Fiangonana isan-taona, amin'ny Alin'ny Paka, ny fanavaozana ny toky tamin'ny Batemy. Ny fanomanana amin'ny Batemy dia tsy mitondra afa-tsy eo amin'ny tokenam-baravaran'ny fiainam-baovao. Ny Batemy no 2101

¹ jer. DS 1514.

² jer. Kôl 1,12-14.

³ jer. CIC, can. 867 ; CCEO, can. 686, §1.

⁴ jer. FF 11 ; 41 ; AFF 48 ; CIC, can. 774, § 2 ; 1136.

⁵ jer. Asa 16,15.33 ; 18,8 ; 1 Kôr 1,16.

⁶ jer. CDF, instr. "Pastoralis actio".

⁷ jer. Mk 16,16.

loharanon'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy izay avy amin'izany no ipoiran'ny fiainana kristianina manontolo.

1311 1255.Mba hahafahan'ny fahasoavan'ny Batemy mivelatra, zava-dehibe ny fanampian'ireo ray aman-dreny. Eo koa ny anjara toeran'ny ray na ny reny *mpiantoka*, izay tsy maintsy ho mpino marim-pototra, afaka sy vonona hanampy ny vao vita Batemy, na ankizy na olon-dehibe, eny an-dalany amin'ny fiainana kristianina¹. Tena asam-piangonana tokoa (*officium*)² ny lahasan'izy ireo. Ny ankohonam-piangonana manontolo dia samy miantso-roka ny anjara andraikitra amin'ny fampivelarana sy ny fitahirizana ny fahasoavana noraisina tamin'ny Batemy.

V.Iza no mahazo manao batemy ?

1752 1239-1240 1256.Ny mpandraharaha masina manam-pahefana andavanandro hanao batemy dia ny Eveka sy ny Pretra, ary, ao amin'ny Fiangonana latinina, ny Diakra koa³. Raha toa ka an-kamehana, ny olona rehetra, na dia tsy vita batemy aza, raha manana ny fikasana ilaina, dia afaka manao batemy, amin'ny fampiasana ny rijan-teny fanaovana batemy amin'ny anaran'ny Trinite⁴. Ny fikasana ilaina, dia ny finiavana hanao izay ataon'ny Fiangonana amin'ny fanaovana batemy, sy mampiasa ny rijan-teny fanaovana batemy amin'ny Anaran'ny Trinite. Tsapan'ny Fiangonana ny anton'io fahazoan' ny olona rehetra manao batemy io amin'ny sitrapon'Andriamanitra hamonjy ny daholobe⁵ sy amin'ny ilana ny Batemy ho amin'ny famonjena⁶.

VI. Ny ilana ny Batemy

1129 161,846 1257.Ny Tenan'Izy Tompo mihitsy no manamafy fa ilaina ho amin'ny famonjena ny Batemy⁷. Koa nandidy ny mpianany Izy hitory ny Evanjely sy hanao batemy ny firenen-drehetra⁸. Ilaina amin'ny famonjena ny Batemy ho an'ireo izay nitorina ny Evanjely sy izay afaka mangataka io sakramenta io⁹. Tsy mahafantatra fomba hafa afa-tsy ny Batemy ny Fiangonana mba hiantohana ny fidirana any amin'ny hasambarana mandrakizay ; izany no antony itandremany tsy hanao an-tsirambina ny iraka noraisiny avy amin'ny Tompo mba hahatonga izay rehetra mety hatao batemy ho "ateraka amin'ny

¹ jer. CIC, can. 872-874.

² jer. L 67.

³ jer. CIC, can. 861, § 1 ; CCEO, can. 677, § 1.

⁴ jer. CIC, can. 861, § 2.

⁵ jer. 1 Tim 2,4.

⁶ jer. Mk 16,16.

⁷ jer. Jo 3,5.

⁸ jer. Mt 28,20 ; jer. DS 1618 ; FF 14 ; AFF 5.

⁹ jer. Mk 16,16.

rano sy ny Fanahy”. *Nakamban’Andriamanitra amin’ny sakramentan’ny Batemy ny famonjena, nefa ny Tenan’Izy Andriamanitra tsy voafatotry ny sakramentany.*

1258. Hatramin’ny ela ny Fiangonana no mitana ny finoana tsy voahozongozona fa ireo izay niharan’ny fahafatesana noho ny finoana, tsy nandray akory ny Batemy, dia vita batemy tamin’ny alalan’ny fahafatesan’izy ireo ho an’i ²⁴⁷³ Kristy sy miaraka Aminy. Io *Batemy amin’ny ra io*, toy ny *faniriana ny Batemy*, dia mitondra ny vokatry ny Batemy, na dia tsy sakramenta aza.
1259. Ho an’ny *katekomena* izay maty alohan’ny Batemin’izy ireo, ny fanirian’izy ireo miharihary mazava handray izany miaraka amin’ny nenina ¹²⁴⁹ noho ny fahotan’izy ireo sy amin’ny fifankatiavana, no miantoka ny famonjena ho azy ireo izay tsy afaka noraisiny tamin’ny alalan’ny sakramenta.
1260. “Satria maty ho an’ny olona rehetra i Kristy, ary tena tokana tokoa ny fiantsoana farany ny olombelona, izany hoe ny fiantsoan’Andriamanitra, dia tsy maintsy heverintsika fa ny Fanahy Masina no manolotra ho an’ny olona rehetra, araka izay fomba fantatr’Andriamanitra, ny fahazoan’izy ireo miombona amin’ny misterin’ny Paka”¹. Ny olona rehetra mikatsaka ny fahamarinana sy manao ny sitrapon’Andriamanitra araka izay fantany ⁸⁴⁸ amin’izany, na dia tsy mahalala ny Evanjelin’i Kristy sy ny Fiangonany aza, dia mety ho voavonjy. Azo heverina fa ny olona toy izany dia ho *naniry ny Batemy tamin’ny fomba mazava tsara* raha toa ka fantatr’izy ireo ny ilana izany.
1261. Raha ny amin’ny *zaza maty tsy vita batemy*, tsy misy azon’ny Fiangonana atao afa-tsy ny manankina azy ireo amin’ny famindram-pon’ ¹²⁵⁷ Andriamanitra, tahaka ny anaovany izany amin’ny fombam-pivavahana fandevenana azy ireo. Satria, ny halehiben’ny famindram-pon’ Andriamanitra “izay tia ny hahavoavonjy ny olona rehetra” (1 Tim 2,4), sy ny fanehoam-pitiavan’i Jesoa ny zaza, izay nahatonga Azy niteny hoe : “Avelao ny zaza hanatona Ahy, fa aza rarànareo” (Mk 10,14), no ahafahantsika manantena fa mety hisy ny lalam-pamonjena ho an’ny zaza maty tsy vita batemy. Izany indrindra koa no manery mafy ny Fiangonana hanao antso avo mba tsy hanakana ny zaza hanatona an’i Kristy amin’ny ¹²⁵⁰ alalan’ny fanomezana ny Batemy masina.

¹ FAA 22 ; jer. FF 16 ; AFF 7.

VII. Ny fahasoavana amin'ny Batemy

1262. Ny vokatra samihafa amin'ny Batemy dia ampahafantarina amin'ny
1234 alalan'ireo singafototry ny zavatra tsapan'ny fandrenesana amin'ny
fombam-pivavahana ara-tsakramenta. Ny fandentehana ao anaty rano dia
ilazana ny fanehoana an'ohatra ny fahafatesana sy ny fanadiovana, nefa koa
ny fahaterahana indray sy ny fanavaozana. Ny vokatra roa lehibe indrindra
amin'ny Batemy ary dia ny fanadiovana ny fahotana sy ny fahateraham-
baovao ao amin'ny Fanahy Masina¹.

Ho famelana ny fahotana ...

1263. Amin'ny alalan'ny Batemy, voavela avokoa ny *fahotana rehetra*, ny
977 fahotana tamin'ny fototra sy ny fahotana rehetra nataon'ny isam-batan'
1425 olona ary koa ny sazy rehetra vokatry ny fahotana². Satria, eo amin'ireo
izay nateraka indray, tsy misy mihitsy antony izay misakana azy ireo tsy
hiditra any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, na ny fahotan'i Adama, na ny
fahotan'ny olona tsirairay, na ny vokatry ny fahotana, izay ny fisarahana
amin'Andriamanitra no mamohetra indrindra.

1264. Mitoetra ihany anefa, ao amin'ny vita batemy, ny vokatra misy fetra
sasantsasany tamin'ny fahotana, toy ny fijaliana izany, ny aretina, ny
fahafatesana, na ny faharefo zary raiki-tampisaka amin'ny fiainana, toy ny
fahalemen-toetra, sns., tahaka izany koa ny fironana amin'ny fahotana izay
976,2514, antsoin'ny Lovam-pampianarana hoe *fanirian-dratsy*, na, ara-panoharana,
1426 “foibem-pahotana” (*fomes peccati*). “Ny fanirian-dratsy, na tavela ho an'ny
ady ataontsika aza, dia tsy afaka hanimba ireo izay tsy mankato izany,
amin'ny fanoherana azy amin-kerim-po amin'ny alalan' ny fahasoavan'i
405 Kristy. Fanampin'izany, “izay hiady araka ny fitsipika no hosatroham-
boninahitra (2 Tim 2,5)”³.

“Zavaboary vaovao”

1265. Tsy hoe manadio fotsiny ny fahotana rehetra ny Batemy, fa mahatonga koa
505 ny zazavao amin'ny finoana ho “zavaboary vaovao” (2 Kôr 5,17), ho
zanaka atangan'Andriamanitra⁴ izay tonga mpandray anjara amin'ny

¹ jer. Asa 2,38 ; Jo 3,5.

² jer. DS 1316.

³ Kôns. Trente : DS 1515.

⁴ jer. Gal 4,5-7.

fomba aman-toetran'Andriamanitra¹, rantsambatan'i Kristy² sy mpiray lova 460
Aminy³, tempolin'ny Fanahy Masina⁴.

1266. Omen'ny Trinite Masina Indrindra an'ilay vita batemy ny *fahasoavana* 1992
mahamasina, ny fahasoavam-*panamarinana* izay :

– mahatonga azy ho afaka mino an'Andriamanitra, manantena Azy ary 1812
tia Azy amin'ny alalan'ny *herim-panahy avy amin'Andriamanitra* ;

– manome azy ny fahazoa-mivelona sy fahafaha-miasa eo ambany 1831
fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny *fanomezan'ny Fanahy* 1831
Masina ;

– ahafahany mitombo amin'ny hatsarana amin'ny alalan'ny *herim-* 1810
panahy enti-mitondra tena.

Araka izany, ao amin'ny Batemy masina no misy ny fakan'ny foto-javatra
rehetra momba ny fiainana mihoatra ny natoraly eo amin'ny kristianina.

Voakambana amin'ny Fianganana, Vatan'i Kristy

1267. Mahatonga antsika ho rantsambatan'ny Vatan'i Kristy ny Batemy. “Koa 782
noho izany, (...) moa va tsy mifampirantsambatana avokoa isika rehetra?”
(Efez 4,25). Mampikambana amin'ny *Fianganana* ny Batemy. Avy ao
amin'ny dobo fanaovana batemy no teraka ilay Vahoaka tokan'
Andriamanitry ny Fanekem-pihavanana Vaovao, izay mihoatra ny fetra
rehetra voa-Janahary na maha-olon'ny firenena, ny kolontsaina, ny
firazanana ary ny maha-lahy sy maha-vavy : “Moa tsy Fanahy iray ihany va
no nanaovana batemy antsika rehetra, mba hirafitra ho vatana iray ihany
isika ?” (1 Kôr 12,13).

1268. Manjary “vato velona” mba ho “fananganana ny tempoly fanahy, ho 1141
mpisorona masina” (1 Pi 2,5) ireo vita batemy. Amin'ny alalan'ny Batemy
no mandray anjaran'ny maha-mpisorona an'i Kristy, amin'ny fanirahana
maha-mpaminany sy maha-mpanjaka Azy izy ireo, ka manjary “taranaka
voafidy, mpisorona manjaka, firenena masina, vahoaka navotana, mba
hitory ny hatsaran'Ilay izay niantso azy (ireo) hiala amin'ny maizina ho
amin'ny fahazavany mahagaga” (1 Pi 2,9). *Manome anjara amin'ny* 784
fisoronana iombonan'ny mpino ny Batemy.

1269. Ny vita batemy, noho izy manjary rantsambatan'ny Fianganana, dia tsy
azy intsony ny tenany⁵, fa an'Ilay izay maty sy nitsangan-ko velona ho

¹ jer. 2 Pi 1,4.

² jer. 1 Kôr 6,15 ; 12,27.

³ jer. Rôm 8,17.

⁴ jer. 1 Kôr 6,19.

⁵ jer 1 Kôr 6,19.

antsika¹. Koa noho izany, voantso izy hankato ny hafa², hanompo azy ireo³ ao anatin'ny fiombonana amin'ny Fiangonana, sy ho olona “fatra-panaiky sy mora anarin’ ” ireo filoha mpitondran'ny Fiangonana⁴ ary mandray azy ireo amim-panajana sy amim-pitiavana⁵. Tahaka ny maha-loharanon' andraikitra sy adidy ny Batemy, dia tahaka izany koa no ananan'ny vita batemy zo eo anivon'ny Fiangonana : mandray ireo sakramenta, velomina amin'ny tenin'Andriamanitra ary tohanana amin' ny fanampiana hafa ara-panahy avy amin'ny Fiangonana⁶.

871
2472 1270. “Noho izy ireo manjary zanak'Andriamanitra tamin'ny fiterahana indray [tamin'ny Batemy], (ireo vita batemy) dia tsy maintsy manambara eo anatrehan'ny olona, ny finoana izay noraisiny avy amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Fiangonana”⁷, ary mandray anjara amin'ny raharaha maha-apôstôly sy maha-misiônera ny Vahoakan'Andriamanitra⁸.

Ny fatotra ara-tsakramenta mahairay ny kristianina

818,838 1271. Ny Batemy no iorenan'ny fototry ny fiombonana eo amin'ny kristianina rehetra, ary koa amin'ireo izay tsy mbola miombona tanteraka amin'ny Fiangonana katôlika : “Satria, ireo izay mino an'i Kristy sy izay nandray ara-dalàna ny Batemy dia misy fiombonana ihany, na dia tsy lavorary aza, amin'ny Fiangonana katôlika. (...) Noho izy ireo nohamarinina tamin'ny finoana noraisina tamin'ny Batemy, voakambana amin'i Kristy, dia aradrariny no itondran'izy ireo ny anarana hoe kristianina, ary ny zanaky ny Fiangonana katôlika dia tena manaiky marina azy ireo ho havana ao amin'ny Tompo”⁹. “Noho izany, ny Batemy no *fatotra ara-tsakramenta mahairay*, misy ao amin'ireo izay nateraka indray taminy”¹⁰.

Marika ara-panahy tsy maty vonoina ...

1121 1272. Mitovy endrika amin'i Kristy¹¹ ny vita batemy, noho izy voakambana amin'i Kristy tamin'ny Batemy. Mampisy marika ara-panahy tsy maty vonoina (*character*) ao amin'ny kristianina ny Batemy, avy amin'ny maha-an'i Kristy azy. Tsy voafafan'ny fahotana na oviana na oviana io marika io,

¹ jer. 2 Kôr 5,15.

² jer. Efez 5,21; 1 Kôr 16,15-16.

³ jer. Jo 13,12-15.

⁴ jer. Heb 13,17.

⁵ jer. 1 Tes 5,12-13.

⁶ jer. FF 37 ; CIC, can. 208-223 ; CCEO, can. 675,2.

⁷ FF 11.

⁸ jer. FF 17 ; AFF 7; 23.

⁹ EK 3.

¹⁰ EK 22.

¹¹ jer. Rôm 8,29.

na dia ny fahotana aza no manakana ny Batemy tsy hitondra ny vokatry ny famonjena¹. Araka izany, izay vita batemy dia tsy azo atao intsony.

1273. Noho ireo mpino nakamban'ny Batemy amin'ny Fiangonana, dia mahazo marika ara-tsakramenta izy ireo, izay manokana azy ireo ho amin'ny fanompoam-pivavahana kristianina². Ny fitomboky ny Batemy no mahatonga ny kristianina ho afaka sy hirotsaka hanompo an'Andriamanitra amin'ny fandraisana anjara maharitra amin'ny litorzia masin'ny 1070
Fiangonana, sy hampiasa ny maha-mpisorona azy ireo avy amin'ny Batemy, amin'ny fanehoam-piainana masina sy fifankatiavana mahomby³.

1274. Ny “*fitomboky ny Tompo*” (“*Dominicus character*”⁴) dia ny fitomboka izay nanamarihan'ny Fanahy Masina antsika “ho amin'ny andron'ny fanavotana” (Efez 4,30)⁵. “Ny Batemy, araka izany, no fitomboky ny fiainana mandrakizay”⁶. Ny mpino izay “hahatahiry ny fitomboka” hatramin'ny farany, izany hoe izay haharitra tsy mivadika amin'ny zavatra 197
takin'ny Bateminy, no afaka “homarihina amin'ny famantaram-pinoana”⁷, miaraka amin'ny finoana tamin'ny Bateminy, eo am-piandrasana ny 2016
fahitana amim-pahasambarana an'Andriamanitra – fahatontosan'ny finoana - sy amin'ny fanantenana ny fitsanganan-ko velona.

FAMINTINANA

1275. *Tanteraka amin'ny fitambaran'ny sakramenta telo ny firosoana ho kristianina : ny Batemy izay fiantombohan'ny fiainam-baovao ; ny Fankaherezana izay fanamafisana orina an'izany ; ary ny Eokaristia izay mamelona ny mpianatra amin'ny Vatana aman-dRan'i Kristy mba hanova ny fiainany ho fiainan'i Kristy.*

1276. “*Koa mandehana ianareo, ataovy tonga mpianatro ny firenena rehetra, manaova batemy azy ireo amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, ary ampianaro izy ireo hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo*” (Mt 28,19-20).

1277. *Ny Batemy no iorenan'ny fahaterahana amin'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy. Araka ny sitrapon'ny Tompo, ilaina amin'ny famonjena ny Batemy, ilaina tahaka ny Fiangonana ihany, izay ao aminy no idirana amin'ny Batemy.*

¹ jer. DS 1609-1619.

² jer. FF 11.

³ jer. FF 10.

⁴ Md Augustin, ep. 98,5.

⁵ jer. Efez 1,13-14 ; 2 Kôr 1, 21-22.

⁶ Md Irénée, dem. 3.

⁷ MR, Canon Romain.

1278. *Ny fombam-pivavahana tsy azo avela amin'ny Batemy dia ny manatsoboka ao anaty rano ilay mpangataka batemy na mandraraka ny rano eo amin'ny lohany sady manonona ny anaran'ny Trinite Masina Indrindra, izany hoe ny Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina.*
1279. *Ny vokatry ny Batemy na fahasoavan'ny Batemy dia tena fisiana sarobidy tokoa izay ahazoana an' ireto : ny famelana ny fahotana tamin'ny fototra sy ny fahotana rehetra nataon'ny isam-batan'olona ; ny fahaterahana amin'ny fiainam-baovao, izay mahatonga ny olona ho zanaka atangan' ny Ray, rantsambatan'i Kristy, tempolin'ny Fanahy Masina. Araka izany, ny vita batemy dia voakambana amin'ny Fiangonana, Vatan'i Kristy, ary manjary mpandray anjara amin'ny maha-mpisorona an'i Kristy.*
1280. *Mampisy famantarana ara-panahy tsy maty vonoina ao amin'ny fanahy ny Batemy, marika izay manokana ny vita batemy ho amin'ny fanompoampivavahana kristianina. Noho io marika io dia tsy azo averina intsony ny Batemy, amin'izay efa vita batemy¹.*
1281. *Ireo izay niharan'ny fahafatesana noho ny finoana, ireo katekomena ary ny olona rehetra izay mitady an'Andriamanitra amin-kitsim-po sy miezaka hanatanteraka ny sitrapony, noho ny tosi-kerim-pamporisikin'ny fahasoavana, nefa tsy mahalala ny Fiangonana, dia mety ho voavonjy na dia tsy nandray ny Batemy aza izy ireo².*
1282. *Hatramin'ny ela no efa nanomezana Batemy ny zaza, satria fahasoavana sy fanomezan'Andriamanitra izany, izay tsy mifono hevitra ny mahamendribalisoa ny olombelona ; atao batemy amin'ny finoan'ny Fiangonana ny zaza. Mitondra ho amin'ny lalan'ny tena fahafahana marina ny fidirana ao amin'ny fiainana kristianina.*
1283. *Raha ny amin'ny zaza maty tsy vita batemy, dia manainga antsika hanampitokiana ny famindram-pon'Andriamanitra ny litorzian'ny Fiangonana, sy hivavaka ho amin'ny famonjena azy ireo.*
1284. *Raha an-kamehana, dia mahazo manao batemy ny olona rehetra, raha toa ka mihevitra ny hanao izay fanaon'ny Fiangonana izy, ary mandrotsaka ny rano eo amin'ny lohan'ilay hatao batemy sady miteny hoe : “Izaho manao batemy anao amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina”.*

¹ jer. DS 1609 sy 1624.

² jer. FF 16.

ANDALANA 2

Ny sakramentan'ny Fankaherezana

1285. Miaraka amin'ny Batemy sy ny Eokaristia, no mitambatra ho vondron' "ireo sakramenta firosoana ho kristianina" ny sakramentan'ny Fankaherezana, izay tokony harovana ny mahairay azy. Noho izany, tsy maintsy hazavaina amin'ireo mpino, fa ny fandraisana ity sakramenta ity dia ilaina amin'ny fahatanterahan'ny fahasovan'ny Batemy¹. Satria, "amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Fankaherezana, mihalavorary kokoa ny fatotra mampiray an'ireo vita batemy amin'ny Fiangonana ; nampitomboina hery manokana avy amin'ny Fanahy Masina izy ireo, ary voadidy araka izany amin'ny fomba hentitra kokoa hampielly sy hiaro ny finoana amin'ny teny sy amin'ny asa tena fijoroana ho vavolombelon'i Kristy tokoa"².

I. Ny Fankaherezana ao amin'ny fitantanam-pamonjena

1286. Ao amin'ny *Testamenta Taloha*, nambaran'ireo mpaminany fa ny Fanahin'ny Tompo dia hitoetra ao amin'ilay Mesia antenaina³, ho amin'ny fanirahana maha-mpamonjy Azy⁴. Ny fidinan'ny Fanahy Masina teo ambonin'i Jesoa tamin'ny fotoana nanaovan'i Joany batemy Azy no famantarana fa Izy no Ilay tsy maintsy ho avy, Izy no ilay Mesia, ilay Zanak'Andriamanitra⁵. Noforonin'ny Fanahy Masina Izy ka ny fiainany manontolo sy ny iraka manontolo nampanaovina Azy, dia tontosa tamin'ny firaisana feno amin'ny Fanahy Masina, izay omen'ny Ray Azy "tsy misy fetran'ny" (Jo 3,34). 702-716

1287. Ary izany hafenoan'ny Fanahy izany dia tsy tokony hijanona fotsiny ho an'ny Mesia irery ihany, fa tokony hampitaina amin'ny *Vahoakan'ny Mesia manontolo*⁶. Imbetsaka i Kristy no nampanantena an'io firotsahan'ny Fanahy io⁷, fampanantenana izay notanterahiny tamin'ny andron'ny Paka aloha⁸, ary tato aoriana, tamin'ny fomba manetriketrika ny andron'ny Pantekôty⁹. Fenon'ny Fanahy Masina ny apôstôly ka nanomboka nitory "ny zava-mahagaga ataon'Andriamanitra" (Asa 2,11), ary i Piera koa nanambara fa io firotsahan'ny Fanahy io no famantarana ny fotoanan'ny 739

¹ jer. OCf praenotanda 1.

² FF 11 ; jer. OCf praenotanda 2.

³ jer. Iz 11,2.

⁴ jer. Lk 4,16-22 ; Iz 61,1.

⁵ jer. Mt 3,13-17 ; Jo 1,33-34.

⁶ jer. Ezek 36,25-27 ; Joely 3,1-2.

⁷ jer. Lk 12,12 ; Jo 3,5-8 ; 7,37-39 ; 16,7-15 ; Asa 1,8.

⁸ jer. Jo 20,22.

⁹ jer. Asa 2,1-4.

Mesia¹. Tamin'izany, ireo izay nino tamin'ny toritenin'ny apôstôly sy natao batemy, dia nandray koa ny fanomezana ny Fanahy Masina².

699 1288. “Ny apôstôly, hatramin'io fotoana io, mba hanatanterahana ny sitrapon'i Kristy, dia nampita tamin'ireo zazavao amin'ny finoana, tamin'ny alalan'ny fametrahana-tanana, ny fanomezana ny Fanahy izay mitondra any amin'ny fanaperan'ny fahasovan'ny Batemy³. Izany no antony anomezan'ny Taratasy ho an'ny Hebrîo anjara toerana ny fitambaram-pampianarana momba ny Batemy ary koa momba ny fametrahana-tanana, ho anisan'ireo singafototry ny fampianarana voalohany ho an'ny kristianina⁴. Ara-drariny ny fankatoavan'ny lovam-pampianarana katôlika fa ny fametrahana-tanana no fiandohan'ny sakramentan'ny Fankaherezana izay mampaharitra, amin'ny fomba toy izany, ao amin'ny Fiangonana, ny fahasovana amin'ny Pantekôty”⁵.

695 1289. Tsy ela taty aoriana, mba hahafantarana tsaratsara kokoa ny fanomezana ny Fanahy Masina, dia nampiana fanosorana diloilo manitra (chrême) ny fametrahana-tanana. Manazava ny anarana hoe “kristianina” ity fanosorana ity, izay midika hoe “voahosotra” ary ny fiandohany dia avy amin'ny an'ny Tenan'Izy Kristy ihany, Izy izay “nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina” (Asa 10,38). Ary io fombam-pivavahana fanosorana io dia misy hatramin'izao androntsika izao, na any amin'ny Fiangonana Tatsinanana na any amin'ny Fiangonana Tandrefana. Izany no antony iantsoan'ny Tatsinanana ity sakramenta ity hoe *fanosorana masina*, 436 fanosorana diloilo, na *myron*, izay midika hoe “diloilo masina”. Amin'ny Tandrefana ny anarana hoe *Fankaherezana* no manome hevitra fa io sakramenta io dia sady manamafy ny finoana tamin'ny Batemy no manamafy orina ny fahasovan'ny Batemy. 1297

Lovam-pampianarana anankiroa : ny Tatsinanana sy ny Tandrefana

1290. Tamin'ny taonjato voalohandohany, mazàna ny Fankaherezana dia natambatra tamin'ny fankalazana tokana niaraka tamin'ny Batemy, ka nahatonga miaraka amin'ity ho “sakramenta roa sosona”⁶, araka ny fomba fitenin'i Md Cyprien. Anisan'ireo antony hafa, ny fitomboan'ny Batemin-jaza, ary mandavantaona izany, sy ny fitomboan'ny paroasy (ambanivohitra) izay nampiitatra ny diôsezy, tsy nahafahan'ny Eveka ho tonga intsony tamin'ny fankalazana ny Batemy rehetra. Tany amin'ny Tandrefana, satria nirina atokana ho an'ny Eveka ny fanatontosana 1233 ny Batemy, dia nasiana fanasarahana ara-potoana ny sakramenta roa. Ny

¹ jer. Asa 2,17-18.

² jer. Asa 2,38.

³ jer. Asa 8,15-17 ; 19,5-6.

⁴ jer. Heb 6,2.

⁵ Paoly VI, const. Ap. "Divinae consortium naturae".

⁶ jer. Md Cyprien, ep. 73,21.

Tatsinanana dia nitana ho iray ny sakramenta anankiroa, hany ka ny Pretra izay manao ny batemy ihany no manome koa ny Fankaherezana. Tsy azon'ily Pretra atao anefa izany afa-tsy amin'ny "myron" ("diloilo masina") nohamasinin'ny Eveka¹.

1291. Nisy fomba iray nahazatra tao amin'ny Fiangonan'i Rôma nanamora ny fiitaran'ny fanao tandrefana, noho ny fanosorana indroa miantoana amin'ny diloilo masina aorian'ny Batemy : izay efa nataon'ny Pretra tamin'ily zazavao amin'ny finoana, tamin'ny famoahana azy avy tao amin'ny fandroana amin'ny Batemy, dia tanterahin'ny Eveka amin'ny fanosorana fanindroany eo amin'ny handrin'ny tsirairay amin'ireo vao natao batemy². Ny fanosorana voalohany amin'ny diloilo masina, ilay izay omen'ny Pretra, dia mijanona ho mikambana amin'ny fombam-pivavahana fanaovana batemy ; midika ho fandraisan' anjaran'ny vita batemy izany, amin'ny anjara raharaha maha-mpaminany, maha-mpisorona ary maha-mpanjaka an'i Kristy. Raha olon-dehibe no omena ny Batemy, tsy misy afa-tsy fanosorana iray ihany aorian'ny Batemy : ny an'ny Fankaherezana. 1242

1292. Ny fanaon'ny Fiangonana Tatsinanana dia manamafy bebe kokoa ny mahairay ny firosoana ho kristianina. Ny an'ny Fiangonana latinina kosa, dia mampiseho mazavazava kokoa ny fiombonan'ily vao tonga kristianina amin'ny Evekany, izay antoka sy mpanompon'ny maha-iray ny Fiangonany, ny maha-katôlika azy sy ny maha-apôstôlika azy, ary amin'ny alalan'izany, ny fifamatorana amin'ny fiandohan'ny Fiangonan'i Kristy avy amin'ny apôstôly. 1244

II. Ireo famantarana sy ny fombam-pivavahana amin'ny Fankaherezana

1293. Ao amin'ny fombam-pivavahan'ity sakramenta ity, tsara ny mamakafaka ny famantarana amin'ny *fanosorana* sy izay ambaran'ny fanosorana sy araikiny : ny *fitomboka* ara-panahy. Ny *fanosorana*, ao amin'ny fanehoana an'ohatra ara-baiboly sy fahagola, dia manana dikany maro : ny menaka dia famantarana ny fahavokaram-be³ sy ny hafaliana⁴; manadio izy (fanosorana aloha sy aorian'ny fandroana) sy manalefaka (fanosorana ny mpanao fanatanjahan-tena sy ny mpitolona); famantarana ny fanasitranana izy, satria manalefaka ny ratra sy ny fery⁵, ary mampampirapiratra amin'ny hatsaran-tarehy, mahamiramirana amin'ny fahasalamana, mampisandrahaka ny hery. 695

1294. Hita eo amin'ny fiainana ara-tsakramenta daholo ny dikan'ireo fanosorana diloilo rehetra ireo. Ny fanosorana alohan'ny Batemy amin'ny menaky ny 1152

¹ jer. CCEO, cann. 695,1 ; 696,1.

² jer. Md Hippolyte, trad. ap. 21.

³ jer. Det 11,14, ets.

⁴ jer. Sal 23,5 ; 104,15.

⁵ jer. Iz 1,6 ; Lk 10,34.

katekomena dia midika fanadiovana sy fampatanjahana; ny fanosorana ny marary dia maneho fanasitranana sy fampaherezana. Ny fanosorana amin'ny diloilo masina aorian'ny Batemy, amin'ny Fankaherezana ary amin'ny Filaharana, dia famantarana ny fanamasinana. Amin'ny Fankaherezana, ny kristianina, izany hoe ireo izay voahosotra, dia mandray anjara bebe kokoa amin'ny fanirahana an'i Jesoa-Kristy sy amin'ny hafenoan'ny Fanahy Masina izay manenika Azy, mba ho ny fiainan'izy ireo manontolo no hamoaka “ny hanitra mameroveron'i Kristy”¹.

698 1295. Amin'io fanosorana io no andraisan'ily ankaherezina “ny marika”, ny *fitomboky* ny Fanahy Masina. Ny fitomboka dia fanehoana an'ohatra ny olona², famantarana ny fahefany³, ny maha-tompon'ny zavatra iray azy⁴ - tahaka izany no nanamarihana an'ireo miaramila tamin'ny fitomboky ny lehiben'izy ireo ary koa ireo andevo tamin'ny an'ny tompon'izy ireo - ; ny fitomboka no manamarina ny taratasy iray momba ny fitsaràna⁵ na taratasy fanamarinana iray⁶ ary mety mahatonga izany ho tsiambaratelo⁷.

1121 1296. Ny Tenan'i Kristy mihitsy no manambara fa voamariky ny fitomboky ny *Rainy Izy*⁸. Ny kristianina koa dia nasiana fitomboka : “Ilay izay manamafy anay miaraka aminareo ao amin'i Kristy sy izay nanome anay ny fanosorana, dia Andriamanitra izany, Izy no nanisy ny fitombokany tao amintsika, ary nametraka ao am-pontsika ny antoky ny Fanahy” (2 Kôr 1,21-22)⁹. Io fitomboky ny Fanahy Masina io no manamarika ny maha-an'i Kristy manontolo, ny fametrahana amin'ny fanompoany mandrakizay, nefa koa ny fampanantenana ny fiarovana Andriamanitra amin'ny fitsapan-dehibe any amin'ny andro farany any¹⁰.

Ny fankalazana amin'ny Fankaherezana

1183 1297. Ny fotoan-dehibe izay mialoha ny fankalazana ny Fankaherezana, nefa
1241 raha ny marina, anisany ihany, dia ny *fanamasinana ny diloilo*. Ny Eveka no manamasina ny diloilo ho an'ny diôseziny manontolo, ny Alakamisy Masina, mandritra ny Lamesa fanamasinana diloilo. Any amin'ny Fiangonana Tatsinanana, io fanamasinana io dia natokana ihany ho an'ny Patriarka :

¹ jer. 2 Kôr 2,15.

² jer. Jen 38,18 ; Ton 8,6.

³ jer. Jen 41,42.

⁴ jer. Det 32,34.

⁵ jer. 1 Mpanj 21,8.

⁶ jer. Jer 32,10.

⁷ jer. Iz 29,11.

⁸ jer. Jo 6,27.

⁹ jer. Efez 1,13 ; 4,30.

¹⁰ jer. Apôk 7,2-3 ; 9,4 ; Ezek 9,4-6.

Toy izao no ambaran'ny litorzia tao Antiôkia amin'ny epikilezy fanamasinana ny diloilo (myron) : “[Ry Ray ô (...), iraho ny Fanahinao Masina] ho eto aminay sy ho eto amin'ity diloilo izay manoloana anay ity ary hamasino izy, ho an'ireo rehetra izay hohosorana sy homarihina amin'izany, mba ho : diloilo masina, diloilo maha-mpisorona, diloilo maha-mpanjaka, fanosoram-pifaliana, fitafiam-pahazavana, akanjom-pamonjena, fanomezana ara-panahy, fanamasinana ny fanahy amam-batana, hasambarana maharitra lalandava, fitomboka tsy maty vonoina, ampingan'ny finoana ary fiarovan-doha mahery dia mahery hanoherana ny tsanganasa rehetra ataon'ilay Mpanohitra”¹.

1298. Rahefa ankalazaina misaraka amin'ny Batemy ny Fankaherezana, toy ny fanao amin'ny fombam-pivavahana rômanina, dia ny fanavaozana ny toky tamin'ny Batemy sy ny fikem-pinoan'ireo mpiomana handray ny Fankaherezana no anombohana ny litorzian'ny sakramenta. Hita mazava amin'izany fa milahatra manaraka ny Batemy ny Fankaherezana². Raha olon-dehibe no atao batemy, dia mandray eo no eo avy hatrany ny Fankaherezana izy, ary mandray anjara amin'ny Eokaristia³.

1299. Amin'ny fombam-pivavahana rômanina, manatsotra ny tanana eo amin'ireo rehetra atao Fankaherezana ny Eveka, fihetsika izay, hatramin'ny andron'ny apôstôly no famantarana ny fanomezana ny Fanahy. Ary hoy ny Eveka mitalaho ny firotsahan'ny Fanahy :

Ry Andriamanitra tsara fo indrindra, Rain'i Jesoa-Kristy Tomponay ô, topazo maso ireto vita batemy izay ametrahanay tanana ireto : tamin'ny Batemy no nanafahanao azy ireo tamin'ny fahotana, niterahanao azy ireo indray tamin'ny rano sy ny Fanahy. Araka ny nampanantenainao, arotsahy eo amin'izy ireo ankehitriny ny Fanahinao Masina; omeo azy ireo feno ny Fanahy izay mitoetra ao amin'i Jesoa Zanakao : fanahy fahendrena sy fahazavan-tsaina, fanahy fifidianana sy faherezana, fanahy fahalalana sy fitiavana maha-zanaka; fenoy fanahy fahatahorana an'Andriamanitra izy ireo. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay⁴.

1831

1300. Manaraka izany ny *votoatin'ny fombam-pivavahan'ity sakramenta ity* Amin'ny fombam-pivavahana latinina, “ny sakramenta Fankaherezana dia omena amin'ny alalan'ny fanosorana diloilo masina eo amin'ny handrina, atao amin'ny fametrahan-tanana, sy amin'ny alalan'ireto teny ireto :
"Accipe signaculum doni Spiritus Sancti" ("Raiso ny fitomboka anomezana anao ny Fanahy Masina"⁵.)” Any amin'ny Fiangonana tatsinanana, atao aorian'ny vavaka epikilezy ny fanosorana diloilo, amin'ny faritra mibaribary indrindra eo amin'ny vatana : ny handrina, ny maso, ny orona,

699

¹ Pontificale iuxta ritum Ecclesiae Syrorum Occidentalium id est Antochiae, pars I.

² jer. L 71.

³ jer. CIC, can. 866.

⁴ OCF 25.

⁵ jer. Paul VI : Divinae consortium naturae.

ny sofina, ny molotra, ny tratra, ny lamosina, ny tanana ary ny tongotra, isaky ny fanosorona dia arahina amin'izao rijan-teny izao : “Σφραγις δωρεαζ Πνευματοζ Αγιου” (“Signaculum doni Spiritus Sancti”, “Fitomboky ny fanomezana ny Fanahy Masina”¹).

1301.Ny oroka fanomezam-piadanana izay mamarana ny fombam-pivavahan' ity sakramenta ity dia mampahafantatra sy maneho ny fiombonan'ny Fiangonana amin'ny Eveka sy amin'ny mpino rehetra².

III. Ny vokatry ny Fankaherezana

731 1302.Hita amin'ny fankalazana fa ny vokatry ny sakramenta Fankaherezana dia ny firotsahan'ny Fanahy Masina manokana, tahaka ny nanomezana izany fahiny tamin'ny apôstôly ny andron'ny Pantekôty.

1262-1274 1303.Araka izany, ny Fankaherezana no mampitombo sy mandalina ny fahasoavan'ny Batemy :

- izy no mampiorim-paka antsika lalindalina kokoa amin'ny mahananak'Andriamanitra izay mahatonga antsika hiantso hoe : “Aba, Ray” (Rôm 8,15) ;
- izy no mampiray antsika mafimafy kokoa amin'i Kristy ;
- izy no mampitombo ao amintsika ny fanomezan'ny Fanahy Masina ;
- izy no mahatonga ny fifamatorantsika amin'ny Fiangonana ho lavorary kokoa³ ;
- izy no manome antsika ny hery manokana avy amin'ny Fanahy Masina mba hampielezana sy hiarovana ny finoana amin'ny alalan'ny teny sy amin'ny alalan'ny asa ho tena vavolombelon'i Kristy tokoa, mba hanambaràna ampahibemaso amin-kerim-po ny anaran'i Kristy ary mba tsy hahatsiaro henatra na oviana na oviana ny amin'ny Hazofijaliana⁴ :

2044 Tsarovinao àry fa nandray ny famantarana ara-panahy ianao, ny Fanahin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina, ny Fanahin'ny fifidianana sy ny faherezana, ny Fanahin'ny fahalalana sy ny fitiavam-bavaka, ny Fanahin'ny fahatahorana an'Andriamanitra, ary tano izay noraisinao. Andriamanitra Ray no nanamarika anao tamin'ny famantarany, i Kristy Tompo no nankahery anao ary Izy no nametraka ao am-ponao ny antoky ny Fanahy⁵.

¹ Rituale per le chiese orientali di rito bizantino in lingua greco, pars I^a.

² jer. Md Hippolyte, trad. ap. 21.

³ jer. FF 11.

⁴ jer. DS 1319 ; FF 11 ; 12.

⁵ Md Ambroise, myst. 7,42.

1304. Tahaka ny Batemy izay ny Fankaherezana no manatomombana azy, dia indray mandeha ihany no omena ny Fankaherezana. Satria, mampisy *marika ara-panahy tsy maty vonoina* ao amin'ny fanahy ny Fankaherezana, “marika”¹, izay famantarana nanamarihan'i Jesoa-Kristy ny kristianina iray amin'ny fitombokan'ny Fanahiny, amin'ny fanafiana azy ny hery avy any ambony mba hijoroany ho vavolombelona². 1121

1305. Ny “marika” no mandavorary ny fisoronana iombonan'ny mpino, noraisina tamin'ny Batemy, ary “ny vita Fankaherezana dia mandray ny hery hanambaràna ampahibemaso ny finoana an'i Kristy, sy mba hizakana adidy aman'andraikitra (*quasi ex officio*)”³. 1268

IV. Iza no mahazo mandray ity sakramenta ity ?

1306. Ny vita batemy rehetra tsy mbola nankaherezina no mahazo ary tokony handray ny sakramentan'ny Fankaherezana⁴. Satria ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Eokaristia dia mirafitra ho tokana ihany, koa “manana adidy ny mpino handray io sakramenta io amin'ny fotoana mahamety izany”⁵, satria raha tsy misy ny Fankaherezana sy ny Eokaristia, dia marina fa manan-kery sy mandaitra ny sakramentan'ny Batemy, kanefa mijanona ho tsy tomombana ny firosoana ho kristianina. 1212

1307. Ny fomba mahazatra ny latinina, hatramin'ny taonjato maro nifandimby, dia manondro ny “taona mahavory saina” ho taona azo handraisana ny Fankaherezana. Eo ambavahoanan'ny fahafatesana anefa, dia adidy ny manome ny Fankaherezana ny zaza na mbola tsy tonga amin'ny taona mahavory saina aza izy⁶.

1308. Ny firesahana indraindray ny Fankaherezana ho “sakramentan'ny fahamatorana kristianina”, dia tsy tokony hampifangaro ny taona maha-lehibe ara-pinoana sy ny taona maha-lehibe ara-pitomboana voa-Janahary, na hanadino fa ny fahasoavana amin'ny Batemy, dia fahasoavana avy amin'ny safidy maimaim-poana sy tsy miankina amin'ny mahamendri-balisoa, izay tsy mila “fanamafisana” mba hanjary hitera-bokatra. Mampahatsiaro izany i Md Tômà hoe : 1250

“Tsy mampisy fahavoazana ny fanahy maha-olona ny taonan'ny vatana”. Araka izany, na amin'ny fahazazana aza, mety hahazo ny fahalavorariana amin'ny taona ara-panahy ny olona, izay lazain'ny Fahendrena (4,8) hoe : “Ny fahanterana manan-kaja, tsy dia izay avy amin'ny andro lava iainana, na

¹ jer. DS 1609.

² jer. Lk 24,48-49.

³ Md Thomas d'A., s. th. 3,72,5, ad 2.

⁴ jer. CIC, can. 889,§ 1.

⁵ CIC, can. 890.

⁶ jer. CIC, can. 891; 883,3.

izay lanjaina araka ny hamaroan'ny taona.” Avy amin'izany no mahamaro ny ankizy, noho ny herin'ny Fanahy Masina noraisin'izy ireo, mitolona amin-kerim-po, ary hatramin'ny fandatsahany ny rany ho an'i Kristy¹.

1309. Ny *fanomanana* amin'ny Fankaherezana, dia tsy maintsy mikendry hitondra ny kristianina mankamin'ny firaisana lalindalina kokoa amin'i Kristy, mankamin'ny fifankahazarana miaina bebe kokoa amin'ny Fanahy Masina, ny asany, ireo fanomezany ary ireo antsony, mba hahafahana miantsoroka tsaratsara kokoa ny andraikitra maha-apôstôlin'ny fiainana kristianina. Amin'izany, hezahin'ny katesezin'ny Fankaherezana ny manaitaitra ny fahatsiarovan-tenan'ny maha-anisan'ny Fiangonan'i Jesoa-Kristy, na amin'ny Fiangonana manerana ny tany tontolo izany na amin'ny ankohonan'ny mpino eo amin'ny paroasy. Ity farany moa no miantsoroka ny andraikitra manokana amin'ny fanomanana ireo hankaherezina².

2670 1310. Mba handraisana ny Fankaherezana, tsy maintsy ao anatin'ny toe-panahy voavela heloka ny kristianina. Tokony hidodododo izy hanatona ny sakramentan'ny Fivalozana, mba hodiovina ho amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina. Ny vavaka mafimafy kokoa no tokony hanomanana ny fandraisana amim-pankatoavana sy amim-kahalalahana ny hery sy ireo fahasoavan'ny Fanahy Masina³.

1255 1311. Amin'ny Fankaherezana, toy ny amin'ny Batemy, tokony hitady fanampiana ara-panahy amin'ny *ray na reny mpiantoka* ny mpirotsaka ho amin'ny Fankaherezana. Mety raha ny mpiantoka azy tamin'ny Batemy ihany izany, mba hanamarika tokoa ny firaisan'ireo sakramenta roa ireo⁴.

V. Ny mpandraharaha masin'ny Fankaherezana

1312. Ny *mpandraharaha masina hatrany am-piandohan'ny Fankaherezana* dia ny Eveka⁵.

1233 *Any amin'ny Tatsinanana*, mazàna ny Pretra izay manao ny batemy no manome eo no eo avy hatrany koa ny Fankaherezana, ao anatin'io fankalazana iray io ihany. Ny anaovany izany anefa, dia amin'ny diloilo masina nohamasinin'ny Patriarka na ny Eveka, izay maneho ny firaisan'ny Fiangonana amin'ny apôstôly, izay ny sakramentan'ny Fankaherezana no manamafy ny fifamatorana amin'izany. Ao amin'ny Fiangonana latinina, io fitsipika io ihany no ampiharina amin'ny Batemin'olon-dehibe, na rahefa

¹ Md. Thomas d'A., s. th. 3, 72, 8, ad 2.

² jer. Ocf praenotanda 3.

³ jer. Asa 1, 14.

⁴ jer. Ocf praenotanda 5 ; 6 ; CIC, can. 893, § 1. 2.

⁵ jer. FF 26.

raisina ho amin'ny fiombonana feno ao amin'ny Fiangonana ny vita batemy iray tao amin'ny fiangonana kristianina hafa izay tsy manan-kery aminy ny sakramentan'ny Fankaherezana¹.

1313. *Amin'ny fombam-pivavahana latinina*, ny Eveka no mpandraharaha masina andavanandro manam-pahefana manome ny Fankaherezana². Raha amin'ny toe-javatra tsy ahafahan'ny Eveka mihitsy, na azony atao aza ny manome fahefana ara-dalàna ny Pretra hanome ny Fankaherezana³, dia mety raha izy tenany ihany no manome izany, amin'ny tsy fanadinoana fa ho amin'izany antony izany no nanasarahana ara-potoana ny fankalazana ny Fankaherezana amin'ny Batemy. Ireo Eveka no dimbin'ny apôstôly, izy ireo no nandray ny hafenoan'ny sakramentan'ny Filaharana. Ny fanomezana ity sakramentan'ny Fankaherezana ity amin'ny alalan'izy ireo no manamarika tokoa fa manan-kery izy ity hampiray mafimafy kokoa ireo izay nandray azy amin'ny Fiangonana, amin'ny fiandohany tamin'ny apôstôly ary amin'ny fanirahana azy hijoro ho vavolombelon'i Kristy. 1290
1285
1314. Raha misy kristianina iray eo ambavahoanan'ny fahafatesana, rahefa Pretra dia afaka manome azy ny Fankaherezana⁴. Satria, irin'ny Fiangonana mba tsy hisy na iray aza amin'ireo zanany, na mbola zaza bitika aza, hiala amin'ity tany ity tsy nolavorarian'ny Fanahy Masina miaraka amin'ny fanomezana ny hafenoan'i Kristy. 1307

FAMINTINANA

1315. *“Henon'ny apôstôly tao Jerosalema fa nandray ny tenin'Andriamanitra ny tao Samaria, dia nirahiny hankany i Piera sy i Joany. Nony tonga tao amin'ireo Samaritanina izy roa lahy, dia nivavaka ho azy ireo mba handraisany ny Fanahy Masina ; satria vita batemy tamin'ny anaran'i Jesoa Tompo ihany izy ireo, fa tsy mbola nisy nidinan'ny Fanahy Masina na dia iray aza. Dia nametrahana'i Piera sy i Joany tanana izy ireo, ka nandray ny Fanahy Masina” (Asa 8,14-17).*
1316. *Manatomombana ny fahasoavana tamin'ny Batemy ny Fankaherezana ; izy no sakramenta izay manome ny Fanahy Masina mba hampiorim-paka antsika lalindalina kokoa amin'ny maha-zanak'Andriamanitra, hampikambana antsika mafimafy kokoa amin'i Kristy, hanamafy bebe kokoa ny fifamatorantsika amin'ny Fiangonana, hampiombona antsika bebe kokoa amin'ny fanirahana azy ary hanampy antsika hijoro ho vavolombelon'ny finoana kristianina amin'ny alalan'ny teny arahina tsanganasa.*

¹ jer. CIC, can. 883, § 2.

² jer. CIC, can. 882.

³ jer. CIC, can. 884, § 2.

⁴ jer. CIC, can. 883, § 3.

1317. *Ny Fankaherezana, tahaka ny Batemy, dia mampisy famantarana arapanahy na marika tsy maty vonoina, ao amin'ny fanahin'ny kristianina ; izany no tsy ahazoana mandray ity sakramenta ity afa-tsy indray maka eo amin'ny fiainana.*
1318. *Any amin'ny Tatsinanana, omena eo no eo avy hatrany aorian'ny Batemy ity sakramenta ity ; arahin'ny fandraisana anjara amin'ny Eokaristia, lovam-panahy izay mampisongadina ny firaisan'ny sakramenta telo firosoana ho kristianina. Ao amin'ny Fiangonana latinina, omena ity sakramenta ity rahefa mahatratra ny taona mahavory saina, ary mazàna atokana ho an'ny Eveka ny fanomezana azy, ho fampahafantarana araka izany fa ity sakramenta ity no manamafy ny fifamatorana amin'ny Fiangonana.*
1319. *Ny mpirotsaka ho amin'ny Fankaherezana izay mahatratra ny taona mahavory saina dia tsy maintsy manambara ampahibemaso ny finoana, ao anatin'ny toe-panahy voavela heloka, manana fikasana handray ny sakramenta ary vonona hizaka ny anjara asa maha-mpianatra azy sy mahavavolombelon'i Kristy azy, ao amin'ny ankohonam-piangonana sy eo amin'ny raharaha andavanandro.*
1320. *Ny fombam-pivavahana tsy azo avela amin'ny Fankaherezana dia ny fanosorana amin'ny diloilo masina eo amin'ny handrin'ny vita batemy, (sady eo amin'ny taovam-pandrenesana hafa koa ny any amin'ny Tatsinanana), miaraka amin'ny fametraham-tanan'ny mpandraharaha masina sy ny teny hoe : “Accipe signaculum doni Spiritus Sancti” (“Raiso ny fitomboka anomezana anao ny Fanahy Masina”), araka ny fombam-pivavahana rômanina ; “Signaculum doni Spiritus Sancti” (“Fitomboky ny fanomezana ny Fanahy Masina”), araka ny fombam-pivavahana bizantinina.*
1321. *Raha ankalazaina misaraka amin'ny Batemy ny Fankaherezana, dia ny fanavaozana ny toky tamin'ny Batemy no anehoana amin'ny fomba manokana ny fifamatorany amin'ny Batemy. Ny fankalazana ny Fankaherezana mandritra ny Eokaristia dia manasongadina ny mahairay ny sakramenta firosoana ho kristianina.*

ANDALANA 3

Ny sakramentan'ny Eokaristia

1322. Ny Eokaristia Masina no manatomombana ny firosoana ho kristianina. Ireo izay nasandratty ny Batemy amin'ny fahambonian'ny maha-mpisorona manjaka, sy nataon'ny Fankaherezana mifanahaka amin'i Kristy, no ampandraisan'ny Eokaristia anjara amin'izay, miaraka amin'ny ankehonam-piangonana manontolo, amin'ny soron'ny Tompo ihany koa. 1212
1323. “Ny Tompontosika, tamin'ny Sakafo farany, ny alina izay nanolorana Azy, no nanorina ny soron'ny Eokaristia tamin'ny Vatana aman-dRany, mba hampaharitra ny sorona teo amin'ny Hazofijaliana mandritra ny taona rehetra mifandimby, mandra-piveriny, ary mba hanankinana amin'ny Fiangonana Vady malalany, ny tsangambato fahatsiarovana ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona : sakramentam-pitiavana, famantaram-piraisana, fatoram-pifankatiavana, fanasam-ben'ny Paka izay ao amin'izany i Kristy no raisina ho sakafo, ny fanahy no heni-pahasoavana ary ny antoky ny voninahitra hoavy no omena antsika”¹. 1402

I. Ny Eokaristia – loharano sy tampon'ny fiainan'ny Fiangonana

1324. “Loharano sy tampon'ny fiainana kristianina manontolo” ny Eokaristia². “Ireo sakramenta hafa ary koa ireo andraiki-panompoana rehetra ao amin'ny Fiangonana sy ny lahasa maha-apôstôly dia voafehy avokoa ao amin'ny Eokaristia sy voahasina aminy. Satria ny Eokaristia masina no misy ny rakitra rehetra ara-panahin'ny Fiangonana, izany hoe ny Tenan'Izy Kristy mihitsy, ilay Pakantsika”³. 864
1325. “Ny fiombonam-piainana amin'Andriamanitra sy ny firaisan'ny Vahoakan'Andriamanitra, izay amin'izany no maha-izy ny Fiangonana, dia ny Eokaristia no mampahafantatra izany sy manatanteraka izany. Ao aminy no hita ny tampon'ny asa, izay amin'izany no anamasinan' Andriamanitra an'izao tontolo izao, ao amin'i Kristy, no sady tampon'ny fanompoampivavahana izay ao amin'ny Fanahy Masina no anoloran'ny olombelona izany amin'i Kristy, ary amin'ny Alalany, amin'ny Ray”⁴. 775
1326. Farany, amin'ny alalan'ny fankalazana ny Eokaristia no efa iraisantsika sahady amin'ny litorzia any an-danitra sy isantarantsika ny fiainana 1090

¹ L. 47.

² FF 11.

³ RFP 5.

⁴ CdR, instr. "Eucharisticum mysterium" 6

mandrakizay, rahefa “ho zavatra rehetra amin’izy rehetra” Andriamanitra (1 Kôr 15,28).

1124 1327. Amin’ny teny fohy, ny Eokaristia no famintinana sy fitambaran’ny finoantsika : “Mifanaraka amin’ny Eokaristia ny fomba fihevitsika, ary ho valin’izany manamafy ny fomba fihevitsika ny Eokarisita”¹.

II. Ahoana no iantsoana ity sakramenta ity ?

1328. Ny harena tovozin-tsy ritra avy amin’ity sakramenta ity, dia ambara amin’ny anarana samihafa izay omena azy. Samy milaza ny lafiny sasantsasany ny tsirairay amin’ireo anarana ireo. Antsoina izy hoe :

2637 1082 *Eokaristia* satria fisaorana an’Andriamanitra izy. Ny teny hoe *eucharistein* (Lk 22,19 ; 1 Kôr 11,24) sy ny hoe *eulogein* (Mt 26,26 ; Mk 14,22) dia mampahatsiaro ny vavaka fisaorana jody izay manambara – indrindra 1359 mandritra ny sakafo – ny tsanganasan’Andriamanitra : ny fahariana, ny fanavotana ary ny fanamasinana.

1329. *Sakafon’ny Tompo*², satria mahakasika ny *Sakafo farany* izay niarahan’ny 1382 Tompo tamin’ireo mpianany ny andro mialohan’ny fijaliany, sy fanaovana mialoha ny *sakafo amin’ny fampakaram-badin’ny Zanak’ Ondry*³ ao amin’ily Jerosalema any an-danitra.

790 *Famakiana ny mofa*, satria ity fombam-pivavahana ity, izay fanao manokana amin’ny sakafo jody, dia nampiasain’i Jesoa rahefa nitsodrano sy nizarazara ny mofa amin’ny maha-tompon’ny fanasana Azy Izy⁴, indrindra tamin’ny Sakafo farany⁵. Amin’izany fihetsika izany no hahalalan’ny mpianatra Azy aorian’ny fitsanganany ho velona⁶, ary avy amin’io fombam-pitenenana io no hanondroan’ny kristianina voalohany ny fiarahamiangona ataon’izy ireo amin’ny Eokaristia⁷. Ny ambaran’izy ireo amin’izany dia hoe : ireo rehetra izay mihinana ny mofa tokana novakina, i Kristy, dia miditra amin’ny fiombonana Aminy ary tsy mamorona afa-tsy vatana iray ihany ao Aminy⁸.

¹ Md Irénée, haer. 4,18,5.

² jer. 1 Kôr 11,20.

³ jer. Apôk 19,9.

⁴ jer. Mt 14,19 ; 15,36 ; Mk 8,6,19.

⁵ jer. Mt 26,26 ; 1 Kôr 11,24.

⁶ jer. Lk 24,13-35.

⁷ jer. Asa 2,42.46 ; 20,7.11.

⁸ jer. 1 Kôr 10,16-17.

Fiaraha-miangona amin'ny Eokaristia (synaxis) satria ny Eokaristia dia ankalazaina amin'ny fiaraha-miangona ataon'ny mpino, fanehoana hita maso ny Fiangonana¹. 1348

1330.*Tsangambato fahatsiarovana* ny fijaliana sy ny fitsanganan'ny Tompo ho velona. 1341

Sorona Masina, satria izy no mampihatra amin'ny fiainana ankehitriny ny sorona tokan'i Kristy Mpamonjy sy manatsofoka ny fanatitry ny Fiangonana ; na koa hoe : *sorona masin'ny lamesa*, “*sorom-piderana*” (Heb 13,15)², *sorona ara-panahy*³, *sorona madio*⁴ *sady masina*, satria izy no manatontosa sy mihoatra noho ny sorona rehetra tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha. 2643 614

Litorzia masina sy mahagaga, satria ao amin'ny fankalazana ity sakramenta ity no mahita ny foibeny sy ny fanehoany mafonja indrindra ny litorzia manontolo ny Fiangonana ; mbola amin'izany hevitra izany no iantsoana azy koa hoe fankalazana ny *mystery Masina*. Lazaina koa hoe *Sakramenta Masina Indrindra*, satria izy no sakramentan'ny sakramenta. Izany no anarana ilazana ny endriky ny mofa sy ny divay amin'ny Eokaristia tahirizina ao amin'ny tabernakla. 1169

1331.*Kômonio*, satria amin'ny alalan'ity sakramenta ity no iraisantsika amin'i Kristy, izay mahatonga antsika ho mpandray anjara amin'ny Vatany sy ny Rany, mba hirafitra ho vatana iray⁵ ; mbola antsoina hoe *zava-masina* izy: *ta hagia* ; *sancta*⁶ – izany no dikany voalohany amin'ny hoe “fiombonan'ny olomasina” izay lazain'ny Sembolin'ny apôstôly - , *mofon'ny anjely*, *mofa avy any an-danitra*, *fanafodin'ny tsy fahafatesana*⁷, *vatsy masina* ... 950 948 1405

1332.*Lamesa Masina*, satria ny litorzia izay tanteraka amin'izany ny misterim-pamonjena, dia miafara amin'ny fanirahana ny mpino (*missio*) mba hanatanterahan'izy ireo ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainany andavanandro. 849

¹ jer. 1 Kôr 11,17-34.

² jer. Sal 116,13.17.

³ jer. 1 Pi 2,5.

⁴ jer. Mal 1,11.

⁵ jer. 1 Kôr 10,16-17.

⁶ jer. Const. Ap. 8,13,12 ; Didaché 9,5 ; 10,6.

⁷ Md Ignace d'Antioche, Eph.20,2.

III. Ny Eokaristia ao amin'ny fitantanam-pamonjena

Ny famantarana ny mofo sy ny divay

1333. Eo anivon'ny fankalazana ny Eokaristia, dia misy ny mofo sy ny divay,
1350 izay nanjary Vatana sy Ran'i Kristy, amin'ny alalan'ny tenin'i Kristy sy amin'ny alalan'ny fiantsoana ny Fanahy Masina. Manaraka ny didin'ny Tompo ny Fiangonana ka manohy amin'ny fanaovana hatrany izay nataony ny andro mialohan'ny fijaliany, ho fahatsiarovana Azy, mandra-piveriny amim-boninahitra : “Nandray mofo Izy ... ” “Nandray ny kalisy feno divay Izy...” Amin'ny fahatongavana amim-pomba mystery ho Vatana sy ho Ran' i Kristy, ny famantaran'ny mofo sy ny divay dia manohy maneho koa ny
1147 hatsaran'ny zavaboary. Araka izany, amin'ny Fanolorana no isaorantsika ny Mpahary, noho ny mofo sy ny divay¹ vokatry “ny asa tanan'ny
1148 olombelona”, nefa “vokatry ny tany” sy “ny voaloboka” aloha, fanomezan' ny Mpahary. Hitan'ny Fiangonana amin'ny fihetsik'i Melkisedeka, Mpanjaka sady mpisorona, izay “nitondra mofo sy divay” (Jen 14,18), ny tandindon'ny fanatitra natolotry ny tenany².

1334. Tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, anisan'ireo santa-bokatry ny tany
1150 natolotra ho sorona ny mofo sy ny divay, ho mari-pankasitrahana ny Mpahary. Kanefa nahazo dikany vaovao koa izy ireny ao amin'ny hevitra
1363 manodidina ny Eksaody : Ny mofo tsy misy lalivay, izay hanin'i Israely isan-taona amin'ny Paka no ankalazana ny fahatsiarovana ny hamaikan' ny fiangam-panafahana tao Ejipta ; ny fahatsiarovana ny mana tany an'efitra no hampahatsiahy lalandava an'i Israely fa mivelona amin'ny mofon'ny Tenin'Andriamanitra izy³. Farany, ny mofo hanina isan'andro dia vokatry ny Tany nampanantenaina, antoky ny tsy fivadihan' Andriamanitra amin'ny fampanantenany. Ny “kalisim-pisaorana” (1 Kôr 10,16), amin'ny faran'ny sakafo Pakan'ny Jody, dia manampy fivelaran-kevitra momba ny any amparany any amin'ny hafalian'ny fety avy amin'ny divay, dia ny an'ny fiandrasana ny Mesia ho amin'ny fanarenana indray an'i Jerosalema. Nanorina ny Eokaristiany i Jesoa tamin'ny nanomezana azy hevitra vaovao sy raikitra, tamin'ny fitsofan-drano ny mofo sy ny kalisy.

1335. Ny zava-mahagaga tamin'ny fampitomboana ny mofo, rahefa nitsodrano
1151 ny Tompo, namaky ny mofo sy nizara izany tamin'ny mpianany mba hamahanana ny vahoaka maro be, dia maneho mialoha ny fahabetsahana mihoa-pampana avy amin'ity mofo tokan'ny Eokaristiany ity⁴. Ny

¹ jer. Sal 104,13-15.

² jer. MR, Canon Romain 95 : "Supra quae".

³ jer. Det 8,3.

⁴ jer. Mt 14,13-21 ; 15,32-39.

famantarana momba ny rano voaova ho divay tao Kanà¹ dia manambara sahadry ny Oran'ny fanomezam-boninahitra an'i Jesoa. Maneho ny fahatanterahan'ny sakafon'ny fampakaram-bady any amin'ny Fanjakan'ny Ray izany, izay any ny mpino no hisotro ny divay voavao² tonga Ran'i Kristy.

1336.Nampisara-kevitra ny mpianatra ny fanambaràna voalohany momba ny Eokaristia, tahaka ny fanambaràna ny fijaliana izay nanafintohina azy ireo : “Sarotra izany teny izany ! Iza no mahahaino izany ? ” (Jo 6,61). Ny Eokaristia sy ny Hazofijaliana dia vato mahatafintohina. Mistery iray ihany izany, ary tsy mitsahatra miteraka fisaraham-bazana izy. “Ianareo koa va mba te hiala ?” (Jo 6,68) : manako eny am-pamakivakiana ny taona maro mifandimby eny io fanontanian'ny Tompo io, fiangaviam-pitiavany hamborahana fa Izy irery ihany no manana “ny tenin'ny fiainana mandrakizay” (Jo 6,69) ary ny mandray amim-pinoana ny fanomezana ny Eokaristiany, dia mandray Azy Tenany ihany. 1327

Ny fanorenana ny Eokaristia

1337.Ny Tompo, rahefa tia ny azy, dia tia azy ireo hatramin'ny farany. Fantany fa tonga ny ora hialany amin'izao tontolo izao mba hiverenany any amin'ny Rainy, ka teo am-pisakafoana, dia nanasa ny tongotr'izy ireo Izy sy nanome azy ireo ny didim-pitiavana³. Mba hamelany ho azy ireo ny antok'io fitiavana io, mba tsy hanalavirany na oviana na oviana ireo azy ary mba hanaovany azy ireo ho mpandray anjara amin'ny Pakany, dia nanorina ny Eokaristia Izy ho tsangambato fahatsiarovana ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona, ary nibaiko ny apôstôliny Izy mba hankalaza izany ambara-piveriny, “koa noho izany natsangany ho mpisoron'ny Testamenta Vaovao izy ireo”⁴. 610 611

1338.Ny Evanjely telo sinôptika sy i Md Paoly no nampita amintsika ny tantaran'ny fanorenana ny Eokaristia ; etsy an-kilany, i Md Joany dia mamerina milaza ny tenin'i Jesoa tao amin'ny sinagôgan'i Kafarnaoma, teny izay manomana ny fanorenana ny Eokaristia : manondro ny Tenany ho ny mofon'ny fiainana, nidina avy any an-danitra i Kristy⁵.

1339.Nifidy ny fotoanan'ny Paka i Jesoa mba hanatanterahana izay nambarany tao Kafarnaoma : manome ny Vatany sy ny Rany ho an'ny mpianany : 1169

¹ jer. Jo 2,11.

² jer. Mk 14,25.

³ jer. Jo 13,1-17.

⁴ Kôns. Trente : DS 1740.

⁵ jer. Jo 6.

Dia tonga ny andron'ny Azima izay tsy maintsy hamonoana ny zanak'ondrin'ny Paka. Koa naniraka an'i Piera sy Joany [i Jesoa] nanao hoe : “Mandehàna, hoy Izy, mamboatra ny Paka hohanintsika.” (...) Dia lasa àry izy ireo (...) ary nanomana ny Paka. Nony tonga ny fotoana, dia nipetraka hihinana Izy niaraka tamin'ny apôstôliny ary hoy Izy tamin'izy ireo : “Naniry dia naniry hiara-mihinana ity Paka ity aminareo Aho alohan'ny hijaliako ; satria lazaiko aminareo fa tsy mba hihinana azy intsony Aho mandrapahatanterany any amin'ny Fanjakan' Andriamanitra.” (...) Rahefa izany, dia nandray ny mofo Izy, ka nony efa nisaotra, dia namaky azy sy nanome azy ho azy ireo, nanao hoe : “Ity no Vatako, izay atolotra ho anareo ; ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy.” Dia nataony toy izany koa ny kalisy taorian'ny sakafo, ka hoy Izy : “Ity kalisy ity no Fanekem-pihavanana Vaovao amin'ny Rako, izay alatsaka ho anareo” (Lk 22,7-20)¹.

1340. Tamin'ny fankalazana ny Sakafo farany niarahany tamin'ny apôstôliny nandritra ny sakafon'ny Paka no nanomezan'i Jesoa ny tena dikany raikitra ny Paka jody. Satria, ny fandalovan'i Jesoa tamin'ny alalan'ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona ho any amin'ny Rainy, dia ny Paka vaovao izany, no natao mialoha tamin'ny Sakafo farany sy nankalazaina tamin'ny Eokaristia izay manatontosa ny Paka jody sy manao mialoha ny Paka faran'ny Fiangonana any amin'ny voninahitry ny Fanjakan'Andriamanitra.

“Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy”

1341. Ny didin'i Jesoa mba hamerina ny fihetsiny sy ny teniny “mandrapiveriny” dia tsy mitaky fotsiny ny hahatsiarovana an'i Jesoa sy izay nataony. Ny kendreny dia ny fankalazana litorzika, amin'ny alalan'ny apôstôly sy ny dimbin'izy ireo, ny *tsangambato fahatsiarovana* an'i Kristy, ny fiainany, ny fahafatesany, ny fitsanganany ho velona ary ny fanalalana ataony eo akaikin'ny Ray.

1342. Hatrany am-piandohana ny Fiangonana no tsy nivadika tamin'ny baikon'ny Tompo. Izao no voalaza ny amin'ny Fiangonan'i Jerosalema :

Nazoto izy ireo tamin'ny fampianaran'ny apôstôly, naharitra tamin'ny fiombonana maha-mpiray tam-po ara-pinoana, tamin'ny famakiana ny mofo ary tamin'ny fivavahana. (...) Isan'andro isan'andro, tamin'ny fo iray, nazoto niara-nankao an-Tempoly izy ireo sy namaky ny mofo tao an-tranony, ary nihinan-kanina tamin-kafaliana sy fahatsoram-po (Asa 2,42.46).

1343. “Tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro” indrindra, izany hoe andro alahady, andron'ny nitsanganan' i Jesoa ho velona, no nivorian' ny kristianina “mba hamaky ny mofo” (Asa 20,7). Nanomboka tamin'izany fotoana izany ka hatramin'izao androntsika izao, mitohy maharitra ny

¹ jer. Mt 26,17-29 ; Mk 14,12-25 ; 1 Kôr 11,23-25.

fankalazana ny Eokaristia, hany ka ankehitriny, hitantsika hatraiza hatraiza ao amin'ny Fiangonana izany, mbola araka ny firafitra fototra tsy miova. Ny fankalazana ny Eokaristia no ivon'ny fiainan'ny Fiangonana.

1344. Arak'izany, ny Vahoakan'Andriamanitra ety am-pivahiniana, amin'ny fankalazana mifandimby, anambaràna ny misterin'ny Pakan'i Jesoa “mandra-piaviny” (1 Kôr 11,26), dia “mandroso amin'ny vavahady ety ny Hazofijaliana”¹, mankany amin'ny fanasam-be any an-danitra, fa any ny olom-boafidy rehetra no hipetraka hihinana eo amin'ny latabatry ny Fanjakan'Andriamanitra. 1404

IV. Ny fankalazana ara-litorzia ny Eokaristia

Ny lamesan'ny taonjato nifandimby

1345. Hatrany amin'ny taonjato faharoa, no nananantsika ny soratra vavolombelon'i Md Justin le Martyr ny amin'ireo soritsoritra vaventy amin'ny fizotran'ny fankalazana ny Eokaristia. Maharitra tsy niova amin'ny maha-izy azy ireo soritsoritra ireo hatramin'izao androntsika izao, ho an'ny fianakaviamben'ny litorzia manontolo. Toy izao no nosoratany, sahabo ho tamin'ny taona 155, mba hanazavana amin'i Antonin le Pieux amperora mpanompo sampy (138-161), ny amin'izay ataon'ny kristianina :

“Amin'ny andro antsoina hoe andron'ny masoandro, no anaovana amin'ny toerana iray tsy miova, ny fivorian'ireo rehetra monina an-tanan-dehibe na ambanivohitra.

Vakina ny tahirim-pampianaran'ny apôstôly sy ny bokin'ny mpaminany, araka ny fisian'ny fotoana.

Rahefa nitsahatra ny mpamaky teny, ilay izay mitarika no mandray ny fitenenana, mba hitaona sy hamporisika haka tahaka an'ireny zavatra tsara ireny.

Avy eo, miara-mitsangana izahay rehetra ary manao vavaka”² “ho an'ny tenanay (...) sy ho an'ny hafa rehetra, na aiza na aiza misy azy, mba ho hita fa olo-marina izahay amin'ny fiainanay sy ny asanay, ary olo-mahatoky amin'ny didy, mba hahazoana amin'izany ny famonjena mandrakizay.

Rahefa vita ny fivavahana dia mifanoroka izahay rehetra.

Avy eo, entina atolotra amin'izay mitarika ny mpiray tam-po ara-pinoana ny mofo sy ny kalisy misy rano sy divay mifangaro.

¹ AFF 1.

² Md Justin, apol. 1, 67.

Raisiny ireo, dia manondrotra vavaka fiderana sy fanomezam-boninahitra any amin'ily Rain'izao tontolon'ny zava-drehetra izao izy, amin'ny anaran'ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, ary misaotra (*eucharistian*, amin'ny teny grika) maharitra ela izy amin'izay heverinay fa mendrika an'ireo fanomezana ireo.

Rahefa namarana ny vavaka sy ny fisaorana izy, miredon-kafaliana ny vahoaka rehetra manatrika eo manao hoe : Amen.

Rahefa nahavita ny fisaorana ilay izay nitarika ary nahavaly izany ny vahoaka, dia ireo izay antsoina hoe Diakra eo aminay no mizara ny mofo, ny divay ary ny rano "nanjary Eokaristia" amin'izay rehetra manatrika eo sy mitondra izany koa any amin'ireo tsy tonga teo"¹.

1346. Ny litorzian'ny Eokaristia dia mizotra araka ny rafitra fototra izay voatahiry nandritry ny taonjato maro hatramin'ny androntsika izao. Mivelatra ho fizaram-potoana anankiroa lehibe izy, nefa mirafitra ho tokana ihany ny votoatiny :

- ny famoriana, *ny litorzian'ny Teny*, miaraka amin'ny vakiteny, ny toriteny ary ny ranombavaky ny mpino ;
- *ny litorzian'ny Eokaristia*, miaraka amin'ny fanolorana ny mofo sy ny divay, ny vavaka fisaorana fankamasinana ary ny kômonio.

103 Mitambatra ho "asa fanompoam-pivavahana iray tsy mivaky"² ny litorzian'ny Teny sy ny litorzian'ny Eokaristia miaraka ; satria, ny latabatra voaomana ho antsika ao amin'ny Eokaristia dia sady an'ny Tenin'Andriamanitra no an'ny Vatan'ny Tompo³.

1347. Moa tsy io ihany no fizotran'ny sakafon'ny Pakan'i Jesoa nitsangan-ko velona niarahany tamin'ny mpianany ? Niaraka teny an-dalana sy nanazava ny Soratra Masina tamin'izy ireo Izy, avy eo, nony nipetraka hiaramisakafon'ny ireo, dia nandray ny mofo Izy, notsofiny rano, nozarazarainy ary nomeny azy ireo⁴.

Ny fizotran'ny fankalazana

1140 1348. *Mivory izy rehetra*. Midodododo mankeo amin'ny toerana iray ny kristianina hamonjy ny fiaraha-miangona amin'ny Eokaristia. Ny Tenan' i Kristy mihitsy no Loha mitarika, izay Izy no mpanao voalohany indrindra ny Eokaristia. Izy no mpisoromben'ny Fanekem-pihavanana Vaovao. Ny Tenany mihitsy no mitarika amin'ny fomba tsy hita maso ny fankalazana manontolo ny Eokaristia. Amin'ny fanoloana tena Azy no mahatonga ny

¹ Md Justin, apol. 1,65.

² L 56.

³ jer. FA 21.

⁴ jer. Lk 24,13-35.

Eveka na ny Pretra (manao ny asa ao amin'ny *Tenan'i Kristy Loha*) hitarika 1548 ny mpiangona, handray ny teny aorian'ny vakiteny, handray ny fanatitra sy hanonona ny vavaka fisaorana. Samy manao ny anjarany amim-pahavitrihana avokoa ny *rehetra* amin'ny fankalazana, araka ny fanaony avy : mpamaky teny, mpanatitra ny tolotra, mpizara kômonio, ary ny vahoaka manontolo, ka ny valy hoe : Amen, no anehoany ny fandraisany anjara.

1349. Ny *litorzian'ny Teny* dia misy “ny bokin'ny mpaminany”, izany hoe ny Testamenta Taloha, sy “ny tahirim-pampianaran'ny apôstôly”, izany hoe ny 1354 Taratazin'izy ireo sy ireo Evanjely ; aorian'ny toriteny izay fampirisihana handray izany Teny izany ho tena Tenin'Andriamanitra tokoa¹, sy hanatanteraka izany an'asa, no aroso ny fangatahana ho an'ny olona rehetra, araka ny tenin'ny apôstôly hoe : “Ny angatahiko voalohany indrindra àry, dia ny hanaovana fangatahana, fivavahana, fitalahoana, fisaorana ho an'ny olona rehetra, ho an'ny mpanjaka ary ho an'ireo rehetra nametrahana ny fahefana” (1 Tim 2,1-2).

1350. Ny *fanolorana ny fanatitra* (fanolorana) : entina amin'izay, indraindray entina amim-pilaharana, eo amin'ny ôtely ny mofo sy ny divay izay ho atolotry ny Pretra amin'ny anaran'i Kristy ao amin'ny sorona Eokaristika, izay eo ireo no hanjary Vatana aman-dRan'i Kristy. Mitovy amin'ny fihetsik'i Kristy tamin'ny sakafo farany ihany no anaovana izany, dia “amin'ny fandraisana ny mofo sy ny kalisy”. “Ny Fiangonana irery ihany 1359 no manolotra io fanatitra madio io, amin'ny Mpahary, amin'ny fanolorana azy amim-pisaorana an'izay avy amin'ny zavaboariny”². Ny fanolorana ireo fanatitra ireo eo amin'ny ôtely no anaovana ny fihetsik'i Melkisedeka sy anankinana eo am-pelatanan'i Kristy ny fanomezana avy amin'ny mpahary. Izy, amin'ny soron'ny Tenany no mahatonga ho amin'ny fahalavorarian'ny 614 fiezahana rehetra ataon'ny olombelona manolotra sorona.

1351. Hatrany am-piandohana, ny kristianina no manolotra, miaraka amin'ny mofo sy ny divay ho an'ny Eokaristia, ny fanomezan'izy ireo mba hozaraina amin'ireo izay ao anatin'ny tsy fahampiana. Ity fomba 1397 *fanangonana (rakitra)*³ ity, mitohy hatramin'izao, dia nalaina avy amin'ny 2186 ohatra nomen'i Kristy izay nanjary mahantra mba hampanankarena antsika⁴ :

Ireo izay manankarena sy izay te hanao, dia nanome araka izay noeritreretin'ny tenany avy ; izay voangona dia napetraka teo amin' izay

¹ jer. 1 Tes 2,13.

² Md Irénée, haer. 4,18,4 ; jer. Mal 1,11.

³ jer. 1 Kôr 16,1.

⁴ jer. 2 Kôr 8,9.

nitarika, ka izy io no nanampy ny kamboty sy ny mananotena, ireo izay tsy manana antom-pivelomanana noho ny aretina na antony hafa, ny voafonja, ny mpifindra monina, ary amin'ny teny indrain-bava dia hoe : novonjeny daholo ireo izay tao anatin'ny tsy fahampiana¹.

1352. Ny *vavaka fisaorana* : amin'ny vavaka Eokaristika, vavaka fisaorana sy fankamasinana, no tonga eo amin'ny ivo sy tampon'ny fankalazana isika:

559 Amin'ny *prefasy* ny Fiangonana no misaotra ny Ray, amin'ny alalan'i Kristy, ao amin'ny Fanahy Masina, noho ny tsanganasany rehetra, noho ny fahariana, ny fanavotana ary ny fanamasinana. Ny mpiara-miangona manontolo no manakambana amin'izay ilay fiderana sesilany izay hirain'ny Fiangonana any andanitra, ny anjely ary ny olomasina rehetra, an'Andriamanitra : Masina, Masina, Masina.

1105 1353. Amin'ny *epikilezy*, mangataka amin'ny Ray ny Fiangonana handrotsaka ny Fanahiny Masina (na ny herin'ny tsodranony²) eo amin'ny mofo sy ny divay, mba ho zary Vatana sy Ran'i Jesoa-Kristy ireo, amin'ny alalan'ny heriny, ary ireo izay mandray anjara amin'ny Eokaristia dia mba ho vatana iray sy fanahy iray ihany (ny lovam-panahy litorzika sasantsasany dia mametraka ny epikilezy aorian'ny anaminezy).

1375 Ao amin'ny *tantaran'ny namoronana ny Eokaristia*, ny herin'ny teny sy ny asan'i Kristy, ary ny herin'ny Fanahy Masina, no maha-misy eo ara-tsakramenta, amin'ny endriky ny mofo sy ny divay, ny Vatany sy ny Rany, ny sorona natolony indray mandeha monja teo amin'ny Hazofijaliana.

1103 1354. Manaraka izany, amin'ny *anaminezy*, mahatsiaro ny fijalian'i Jesoa-Kristy, ny fitsanganany ho velona ary ny fiverenany amim-boninahitra ny Fiangonana ; atolony amin'ny Ray ny fanatitry ny Zanany izay mampihavana antsika Aminy indray.

954 Amin'ny *vavaka fitalahoana (intercessions)*, asehon'ny Fiangonana fa ny Eokaristia dia ankalazaina amin'ny fiombonana miaraka amin'ny Fiangonana manontolo any an-danitra sy eto an-tany, ny velona sy ny nodimandry, ary amin'ny fiombonana miaraka amin'ny mpitondra ny Fiangonana, dia ny Papa, ny Evekan'ny diôsezy, ny fivondronan'ny Pretrany sy ny Diakrany, ary ny Eveka rehetra manerana ny tany miaraka amin'ny Fiangonan'izy ireo.

1382 1355. Amin'ny *kômonio*, ialohavan'ny vavaky ny Tompo sy ny famakiana ny mofo, mandray ny “mofon'ny lanitra” sy “ny kalisim-pamonjena” ny mpino, dia ny Vatana sy ny Ran'i Kristy, izay nanolo-tena “ho fiainan' izao tontolo izao” (Jo 6,52) :

¹ Md Justin, apol. 1,67.

² jer. MR, Canon Romain 90.

Satria io mofo io sy io divay io dia “nanjary Eokaristia”¹ araka ny fiteny tranainy, dia “antsointsika hoe : *Eokaristia* io sakafo io ary tsy misy olona mahazo mandray anjara aminy, raha tsy mino ny fahamarinan’izay ampianarina aty aminay izy, raha tsy nandray ny fandroana ho famelana ny fahotana sy ny fahateraham-baovao izy, ary raha tsy miaina araka ny didin’i Kristy izy”².

V. Ny sorona ara-tsakramenta : fisaorana, tsangambato fahatsiarovana, fisiana maha-eo

1356. Raha mankalaza ny Eokaristia hatrany am-piandohana ny kristianina, sy amin’ny endrika izay tsy niova, tao anatin’ny fisia-maha-izy azy, teo ampamakivakiana ny faha-samihafa lehibe ny taona sy ny litorzia dia satria fantatsika fa voafehin’ny baikon’ny Tompo, nomena ny andro mialohan’ ny fijaliany izy ireo : “Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy” (1 Kôr 11,24-25).

1357. Ity baikon’ny Tompo ity, dia tanterahintsika amin’ny fankalazana ny *tsangambato fahatsiarovana ny sorona natolony*. Izany no atao dia ny *anolorantsika amin’ny Ray* izay ny Tenan’Izy ihany no nanome azy antsika : ny fanomezana avy amin’ny zavaboariny, dia ny mofo sy ny divay izay manjary Vatana sy Ran’i Kristy noho ny herin’ny Fanahy Masina sy noho ny tenin’i Kristy : amin’izany no *maha-misy eo* marina sy amin’ny fomba mistery an’i Kristy.

1358. Noho izany, tsy maintsy hodinihintsika ny Eokaristia :

- amin’ny maha-fisaorana sy fiderana ny *Ray* azy ;
- amin’ny maha-tsangambato fahatsiarovana ny soron’i *Kristy* sy ny Vatany azy ;
- amin’ny fisiana maha-eo an’i Kristy amin’ny alalan’ny herin’ny Teniny sy ny *Fanahiny*.

Ny fisaorana sy ny fiderana ny Ray

1359. Ny Eokaristia, sakramentam-pamonjena antsika notanterahin’i Kristy teo amin’ny Hazofijaliana, dia sorom-piderana amin’ny fisaorana noho ny asa fahariana koa. Amin’ny sorona Eokaristika, ny zavaboary manontolo tian’Andriamanitra dia natolotra ny Ray tamin’ny alalan’ny fahafatesan’i Kristy sy ny fitsanganany ho velona. Amin’ny alalan’i Kristy, azon’ny Fiangonana atao ny manolotra sorom-piderana amin’ny fisaorana noho ny soa, ny kanto ary ny marina nataon’Andriamanitra tao amin’ny zavaboary sy tao amin’ny olombelona.

¹ jer. Md Justin, apol. 1,65.

² Md Justin, apol. 1,66.

1083 1360.Sorom-pisaorana ny Ray ny Eokaristia, fisaorana izay anehoan'ny Fiangonana ny fankasitrahany an'Andriamanitra noho ny soa rehetra avy Aminy, noho izay rehetra notanterahiny tamin'ny alalan'ny fahariana, ny fanavotana, ary ny fanamasinana. Ny Eokaristia rahateo dia midika hoe : “fisaorana”.

294 1361.Sorom-piderana koa ny Eokaristia, izay hihiran'ny Fiangonana ny Voninahitr'Andriamanitra amin'ny anaran'ny voary manontolo. Amin'ny alalan'i Kristy ihany no azo atao izany sorom-piderana izany : Izy no mampiray ny mpino amin'ny Tenany, amin'ny fiderany sy amin'ny fitalahoany, hany ka ny sorom-piderana ny Ray dia atolotra amin'ny *alalan'i Kristy sy miaraka* Aminy mba hankatoavina ao Aminy.

Ny tsangambato fahatsiarovana ny soron'i Kristy sy ny Fiangonana - Vatany

1103 1362.Ny Eokaristia no tsangambato fahatsiarovana ny Pakan'i Kristy, fampiharana amin'ny fiainana ankehitriny ary fanatitra ara-tsakramentan'ny sorona tokana aman-tany nataony, ao amin'ny litorzian'ny Fiangonana izay Vatany. Ao amin'ny vavaka fisaorana rehetra no ahitantsika, aorian'ireo teny famoronana, ny vavaka antsoina hoe *anaminezy* na tsangambato fahatsiarovana.

1099 1363.Araka ny hevi-tenin'ny Soratra Masina, ny hoe *tsangambato fahatsiarovana* dia tsy fahatsiarovana fotsiny ny zava-niseho tamin'ny lasa, fa fanaovana antso avo ny zava-mahagaga izay notanterahin' Andriamanitra ho an'ny olombelona¹. Amin'ny fankalazana ara-litorzian'ireny zava-niseho ireny, dia manjary eo sy ankehitriny amin'ny fomba tsy isalasalana izy ireny. Avy amin'izany fomba izany no ahatakarana'i Israely ny fanafahana azy tany Ejipta : isaky ny ankalazaina ny Paka, dia mitamberina ao antsain'ny mpino ireo zava-niseho tamin'ny Eksaody mba hampifanarahan' izy ireo ny fiainany amin'izany.

611 1364.Mahazo hevitra vaovao ny tsangambato fahatsiarovana ao amin'ny Testamenta Vaovao. Rahefa mankalaza ny Eokaristia ny Fiangonana, dia mampahatsiaro ny Pakan'i Kristy, ary mahatonga azy ity ho eo : ny sorona izay natolotr'i Kristy indray mandeha monja teo amin'ny Hazofijaliana dia 1085 mijanona lalandava ho ankehitriny² : “Isaky ny ankalazaina eo ambony ôtely ny soron'ny Hazofijaliana izay tamin'izany no nanaovana sorona an'i Kristy Pakantsika, dia tanterahina ny tsanganasam-panavotana antsika”³.

¹ jer. Eks 13,3.

² jer. Heb 7,25-27.

³ FF 3.

1365. Noho izy tsangambato fahatsiarovana ny Pakan'i Kristy, ny *Eokaristia dia sorona koa*. Ny toetra manokana maha-sorona ny Eokaristia dia miseho amin'ireo teny nanorenana azy ihany : “Ity no Vatako izay atolotra ho anareo” sy “Ity kalisy ity no Fanekem-pihavanana Vaovao amin'ny Rako, izay alatsaka ho anareo” (Lk 22,19-20). Amin'ny Eokaristia i Kristy no manome io vatana iray io ihany amin'izay natolony ho antsika teo amin'ny Hazofijaliana, io ra iray io ihany amin'izay “nalatsany ho an'ny be sy ny maro ho famelana ny fahotana” (Mt 26,28). 2100 1846

1366. Noho izany, sorona ny Eokaristia, satria izy no *mampiseho* (maha-misy eo) ny soron'ny Hazofijaliana, satria izy no *tsangambato fahatsiarovana* an'izany, satria izy no *mampihatra* ny vokatra avy amin'izany : 613

[I Kristy] Andriamanitsika sady Tompo, dia nanolotra indray mandeha monja ny Tenany mihitsy tamin'Andriamanitra Ray, tamin'ny nahafatesany ho mpanalalana eo amin'ny ôtelin'ny Hazofijaliana, mba hanatontosana ho azy ireo (ny olombelona) ny fanavotana mandrakizay. Kanefa, noho ny fahafatesany tsy naha-tapitra ny maha-mpisorona Azy (Heb 7,24.27), tamin'ny Sakafo farany, “ny alina izay nanolorana Azy” (1 Kôr 11,23), dia sitrany ny mamela ao amin'ny Fiangonana, vady malalany, ny sorona hita maso (araka ny takin'ny fomba maha-olombelona), izay isehoan'ny sorona alatsa-dra tanteraka indray mandeha monja teo amin'ny Hazofijaliana, izay hitohy hatramin'ny faran'ny taonjato mifandimby ny fahatsiarovana izany (1 Kôr 11,23) ary hihatra amin'ny fanavotana noho ny fahotana ataontsika isan'andro vaky ny herim-pamonjena avy aminy¹.

1367. *Sorona tokana ihany* ny soron'i Kristy sy ny soron'ny Eokaristia : “Tokana sady mitovy ihany Ilay atao sorona, iray ihany Ilay manolotra sorona ankehitriny amin'ny alalan'ny andraiki-panompoan'ny Pretra, Ilay nanolotra ny Tenany mihitsy tamin'izay teo amin'ny Hazofijaliana. Ny fomba fanolotra fotsiny no tsy mitovy”² : “Ary satria ao amin'izany sorona lavorary sady masina izay tanteraka amin'ny lamesa izany, io Kristy io ihany, izay nanolotra ny Tenany indray mandeha monja tamin'ny fomba nalatsa-dra teo ambony ôtelin'ny Hazofijaliana, no votoaty sy atolotra amin'ny fomba tsy alatsa-dra, koa tena sorom-panonerana marina io sorona io”³. 1545

1368. *Soron'ny Fiangonana koa ny Eokaristia*. Ny Fiangonana, izay Vatan'i Kristy, dia mandray anjara amin'ny fanatitry ny Filohany. Miaraka Aminy, ny tenany mihitsy no atolony manontolo. Miray amin'ny fanalalana ataon'i Kristy eo akaikin'ny Ray ho an'ny olombelona rehetra ny Fiangonana. Amin'ny Eokaristia, manjary soron'ny rantsambatan'ny Vatany koa ny 618,2031

¹ Kôns. Trente : DS 1740.

² Kôns. Trente : DS 1743.

³ *Ibid.*

1109 soron'i Kristy. Ny fiainan'ny mpino, ny fideran'izy ireo, ny fijalian'izy ireo, ny fivavahan'izy ireo, ny asan'izy ireo, dia voakambana amin'ny an'i Kristy sy amin'ny fanatitra manontolony, ary mahazo soatoavina vaovao amin'izany. Ny soron'i Kristy eo ambony ôtely no manome amin'ny taranaky ny kristianina rehetra ny fahazoana miray amin'ny fanatitra atolony.

Any anatin'ireo zohim-pasana, matetika ny Fiangonana dia aseho ho toy ny vehivavy mivavaka, ny sandry mivelatra be araka ny fihetsika atao hoentimivavaka. Tahaka an'i Kristy izay naninjitra ny sandriny teo amin'ny Hazofijaliana, amin'ny Alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy, ny Fiangonana no manolo-tena sy mitalaho ho an'ny olombelona rehetra.

834,882 1369. Ny *Fiangonana manontolo dia miray amin'ny fanatitra sy amin'ny fanalalan'i Kristy*. Noho ny Papa miantso-roka ny andraiki-panompoan'i Piera ao amin'ny Fiangonana, dia akambana amin'ny fankalazana manontolo ny Eokaristia izy, izay amin'izany no anononana ny anarany ho famantarana sy mpanompon'ny firaisan'ny Fiangonana Manerana ny tany tontolo. Ny *Eveka* eo an-toerana no mpiandraikitra lalandava ny Eokaristia, na dia ny *Pretra* aza no mitarika izany ; tononina ao ny anarany mba hampahafantarana ny fiadidiany ny Fiangonana eo an-toerana, eo anivon'ny fivondronan'ny maha-pretra sy miaraka amin'ny fanampian'ny *Diakra*. Ny mpiara-miangona dia mitalaho koa ho an'ny mpandraharaha masina rehetra izay manolotra ny soron'ny Eokaristia, ho azy sy miaraka aminy :

1561
1566

Mba ho ity Eokaristia ity ihany anie no heverina ho ara-dalàna, izay atao eo ambany fiadidian'ny *Eveka* na izay nampandraiketiny izany¹.

Amin'ny alalan'ny andraiki-panompoan'ny *Pretra* no tanteraka ny sorona arapanahin'ny kristianina, mikambana amin'ny soron'i Kristy, hany Mpanalalana, atolotra amin'ny anaran'ny Fiangonana manontolo ao amin'ny Eokaristia amin'ny alalan'ny tanan'ny *Pretra*, amin'ny fomba tsy alatsa-dra sy ara-tsakramenta, mandra-piavin'ny *Tenan'Izy Tompo*².

956 1370. Amin'ny fanatitr'i Kristy, tsy ny rantsambatana mbola ety an-tany ihany
969 no mikambana ao, fa koa ireo izay efa *any amin'ny voninahitry ny lanitra* : amin'ny fiombonana amin'i Maria Virjiny Masina Indrindra sy amin'ny fahatsiarovana azy, ary koa amin'ny olomasina rehetra lehilahy sy vehivavy, no anoloran'ny Fiangonana ny soron'ny Eokaristia. Amin'ny Eokaristia ny Fiangonana, miaraka amin'i Maria, dia toy ny eo am-pototry ny Hazofijaliana, miombona amin'ny fanatitra sy amin'ny fanalalana ataon'i Kristy.

¹ Md Ignace d'Antioche, Smyrn. 8,1.

² RFP 2.

1371. Ny sorona Eokaristika dia atolotra koa ho *an'ny mpino efa nodimandry* “izay maty tao amin'i Kristy ary tsy mbola voadio manontolo”¹, mba 958,1689
1032
hahazoan'izy ireo miditra any amin'ny fahazavana sy ny fiadanana'i Kristy :

Aleveno any amin'izay toerana tianareo handevenana azy ity vatana ity ! Aza mikorontan-tsaina na manana ahiahy kely akory ny aminy ianareo ! Ny hany angatahiko aminareo, dia ny hahatsiarovanareo ahy eo amin'ny ôtelin'ny Tompo na aiza na aiza misy anareo².

Manaraka izany, mivavaka isika [ao amin'ny vavaka fisaorana (anaphore)] ho an'ireo Ray masina sy Eveka nodimandry, ary ankapobeny ho an'ireo rehetra izay nodimandry talohantsika, amim-pinoana fa hisy tombon-tsoa lehibe dia lehibe ho an'ny fanahy, ho an'ireo izay anolorana ny fitalahoana, raha mbola tsaroana eo ilay sorona masina sy mahatahotra tokoa. (...) Amin'ny fanolorana amin'Andriamanitra ny fitalahoantsika ho an'ireo izay nodimandry, na dia mpanota aza izy ireo, (...) manolotra an'i Kristy natao sorona noho ny fahotantsika isika, ka mahatonga fitahiana, ho azy ireo sy ho antsika, ilay Andriamanitra sakaizan'ny olombelona³.

1372. Tamim-pomba mampitolagaga no namintinan'i Md Augustin ity fitambaram-pampianarana ity izay mandrisika antsika amin'ny fandraisana anjara feno mitombo hatrany hatrany amin'ny soron'ny Mpanavotra antsika 1140
izay ankalazaintsika amin'ny Eokaristia :

Ity tanàna navotana manontolo ity, izany hoe ny fiangonana sy ny fikambanan'ny olomasina, dia atolotra an'Andriamanitra ho sorona manenika an'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny Mpisorombe, naka ny endriky ny mpanompo, izay nandeha hatramin'ny nanolorany tena ho antsika tamin'ny fijaliany, mba hahatonga antsika ho vatan'ilay Filoha lehibe aok'izany. (...) Toy izao ny soron'ny kristianina : “Na maro aza, tsy misy afa-tsy vatana tokana ihany ao amin'i Kristy” (Rôm 12,5). Ary io sorona io, tsy mitsahatra mamerina izany ny Fiangonana ao amin'ny sakramentan'ny ôtely fantatry ny mpino tsara, izay eo no ampisehoany azy fa ao amin'izay atolony, dia ny tenany mihitsy no atolotra⁴.

Ny fisiana maha-eo an'i Kristy amin'ny alalan'ny herin'ny Teniny sy ny Fanahy Masina

1373. “I Kristy Jesoa izay maty, nitsangan-ko velona, mipetraka eo ankavanana'Andriamanitra, manalalana ho antsika” (Rôm 8,34), dia eo

¹ Kôns. Trente : DS 1743.

² Tenin'i Mb Monique, talohan'ny nahafatesany, tamin'i Md Augustin sy ny rahalahiny : conf. 9,11,27.

³ Md Cyrille de Jérusalem, catech. myst. 5,9.10.

⁴ Md Augustin in Civ. 10,6.

amin'ny Fiangonany amin'ny fomba maro¹: ao amin'ny Teniny, ao amin'ny vavaky ny Fiangonany, eo amin'izay "iangonan'ny olona roa na telo amin'ny anarako" (Mt 18,20), ao amin'ny mahantra, ny marary, ny voafonja², ao amin'ny sakramentany izay Izy no mpamorona, ao amin'ny soron'ny lamesa sy ao amin'ny tenan'ny mpandraharaha masina. Nefa "amin'ny fara tampony indrindra, eo Izy, amin'ny endriky ny mofo sy ny divay amin'ny Eokaristia"³.

1088

1374. Tokana aman-tany ny fomba fisiana maha-eo an'i Kristy, amin'ny endriky ny mofo sy ny divay amin'ny Eokaristia. Asandrany ho ambonin'ny sakramenta rehetra ny Eokaristia ary ataony "ho fandavorariana ny fiainana ara-panahy sy ho tanjom-piafarana izay amin'izany no iompanan'ny sakramenta rehetra"⁴. Amin'ny sakramenta masina indrindra ny Eokaristia no "misy marina tokoa, tena izy tokoa ary ara-pisia-maha-izy tokoa ny Vatana sy ny Ra miaraka amin'ny fanahy sy ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa-Kristy Tompontsika, koa noho izany, i Kristy iray manontolo"⁵. "Antsoina hoe "tena misy marina " io fisiana maha-eo io, tsy hoe fiantsoana manokana, tahaka ny hoe tsy "tena misy marina" ny maha-eo hafa, fa amin'ny fomba ambony dia ambony satria *fisiana-maha-izy manontolo* izany, ary amin'ny alalan'izany i Kristy, Andriamanitra sady olombelona, no eo manontolo tanteraka"⁶.

1211

1375. Amin'ny *fiovàn'ny* mofo sy divay ho Vatana sy ho Ran'i Kristy no manjary amin'io sakramenta io ny fisiana maha-eo an'i Kristy. Nanantitrantitra mafy ny finoan'ny Fiangonana ny Aban'ny Fiangonana ny amin'ny fandairan'ny Tenin'i Kristy sy ny asan'ny Fanahy Masina mba hanatanteraka io *fiovàna* io. Izany no anambaràn'i Md Jean Chrysostome hoe :

1105

Tsy ny olombelona no mahatonga ireo zavatra atolotra ho zary Vatana sy Ran'i Kristy, fa Izy Kristy mihitsy izay nofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana ho antsika. Ny Pretra, endrik'i Kristy, no manonona ireo teniny, fa ny fandairany sy ny fahasoavana dia avy amin' Andriamanitra. *Ity no Vatako*, hoy Izy. Io teny io no manova ireo zavatra atolotra⁷.

1128

Ary izao no nolazain'i Md Ambroise ny amin'io *fiovàna* io :

¹ jer. FF 48.

² jer. Mt 25,31-46.

³ L 7.

⁴ Md Thomas d'A., s.th. 3,73,3.

⁵ Kôns. Trente : DS 1651.

⁶ MF.

⁷ Md Jean Chrysostome in Prod. Jud. 1,6.

Aoka isika hiaiky “fa tsy toy ny namoronana ny zavaboary izy ity, fa izay nohamasinin’ny vavaka fisaorana, ary ny herin’ny vavaka fisaorana no mandresy ny an’ny zavaboary, satria amin’ny alalan’ny vavaka fisaorana no miova ny tenan’ny zavaboary (...)”¹. Moa ve ny tenin’i Kristy izay afaka namorona avy amin’ny tsy misy an’izay tsy nisy akory, tsy ho afaka koa manova ny zavatra misy amin’izay tsy mbola misy ao aminy? Satria tsy lehibe noho ny mampisy amin’ny zavatra ny toetrany voalohany ny manova azy².

298

1376. Mamintina ny finoana katôlika ny Kônsily tao Trente amin’ny fanambaràna hoe : “Satria i Kristy, Mpanavotra antsika, nilaza fa izay natolony tamin’ny endriky ny mofo dia Vatany marina tokoa, ka tanana lalandava ao amin’ny Fiangonana izany fiekena izany, izay ambaran’ny Kônsily masina indray fa : amin’ny alalan’ny fanamasinana ny mofo sy ny divay no tanteraka ny fiovàn’ny fisia-maha-izy manontolo ny mofo ho amin’ny fisia-maha-izy ny Vatan’i Kristy Tompontsika, ary ny fisia-maha-izy manontolo ny divay ho amin’ny fisia-maha-izy ny Rany ; io fiovàna io no antsoin’ny Fiangonana katôlika ara-drariny sy tena marina hoe : *fiovàm-pisia-maha-izy*”³.

1377. Ny fisiana maha-eo an’i Kristy amin’ny Eokaristia dia manomboka amin’ny fotoanan’ny fankamasinana, ary maharitra ela izany raha mbola maharitra koa ny fisia-maha-izy ny mofo sy ny divay amin’ny Eokaristia. I Kristy dia amin’ny fisia-maha-izy manontolo ny tsirairay amin’ny mofo sy ny divay, sy amin’ny fisia-maha-izy manontolo ny tsirairay amin’ny sombiny avy, hany ka tsy manasaraka an’i Kristy ny famakiana ny mofo⁴.

1378. *Ny fanajana am-bavaka ny Eokaristia.* Ao amin’ny litorzian’ny lamesa no anehoantsika ny finoantsika ny fisiana maha-eo marina tokoa an’i Kristy amin’ny endriky ny mofo sy ny divay, ohatra amin’izany, amin’ny fandohalihana, na amin’ny fiondrehana ambany dia ambany ho famantarana ny fitsaohana ny Tompo. “Naverin’ny Fiangonana katôlika ary tohizany averina io fomba fitsaohana izay tsy maintsy ataony amin’ny sakramentan’ny Eokaristia io, tsy mandritra ny lamesa ihany fa koa ivelan’ny fankalazana azy : amin’ny fitahirizana amim-pitandremana fatratra ny hôstia voahasina, amin’ny fampisehoana azy amin’ny mpino mba hanajan’izy ireo azy amin’ny fomba manetriketrika, amin’ny fitondrana azy amin’ny vavaka eny am-pandehanana”⁵.

1178

103,2628

¹ Md Ambroise in Myst. 9,50.

² Md Ambroise in Myst 9,52.

³ DS 1642.

⁴ jer. Kôns. Trente : DS 1641.

⁵ MF.

1183 1379. Ny fitahirizana masina (tabernakla) dia voalohany indrindra natao hitahirizana
amim-panajana ny Eokaristia mba hahafahana mitondra azy ivelan'ny lamesa ho
an'ireo marary sy ireo tsy tonga. Noho ny fandalinana ny finoana ny amin'ny
fisiana maha-eo marina tokoa an'i Kristy amin'ny Eokaristiany, no nahalalan'ny
2691 Fiangonana ny hevitra ny fitsaohana mangina ny Tompo ao amin'ny endrika
Eokaristika. Izany no tokony hametrahana ny tabernakla eo amin'ny toerana
manokana mendrika ao am-piangonana ; tokony haorina izy mba hitarika ny saina
sy hampiseho ny fahamarinan'ny fisiana maha-eo marina tokoa an'i Kristy amin'ny
sakramenta masina.

669 1380. Mendrika mihitsy ny nanirian'i Kristy hitoetra ao amin'ny Fiangonany
amin'ity fomba tokana aman-tany ity. Noho i Kristy nandao ireo mpianany
amin'ny endrika hita maso, dia sitrany ny nanome antsika ny fisiana maha-
eo Azy ara-sakramenta ; noho Izy nanolo-tena teo amin'ny Hazofijaliana
mba hamonjy antsika, dia sitrany ny hananantsika ny tsangambato
fahatsiarovana ny fitiavana izay nitiavany antsika "hatramin'ny farany" (Jo
13,1), hatramin'ny fahafoizany ny ainy. Noho izany, amin'ny fisiana maha-
eo Azy amin'ny Eokaristia, dia mitoetra amin'ny fomba mystery eo
478 anivontsika Izy, tahaka ilay izay nitia antsika sy nanolo-tena ho antsika¹,
ary mitoetra amin'izany ao amin'ireo famantarana, izay mampiseho sy
mampita izany fitiavana izany Izy :

2715 Ny Fiangonana sy izao tontolo izao dia mila tokoa ny fanajana am-bavaka ny
Eokaristia. Miandry antsika ao amin'izany sakramentan'ny fitiavana izany i
Jesoa. Aza lavintsika ny fotoana mba handehanana hihaona Aminy amin'ny
fitsaohana, amin'ny fibanjinana feno finoana sy mivelatra hanonitra ny
fahotana lehibe sy ny fandikan-dalanan'izao tontolo izao. Enga anie ka tsy
hitsahatra na oviana na oviana ny fitsaohantsika Azy².

156 1381. "Ny fisian'ny Vatana marin'i Kristy sy ny Ra marin'i Kristy amin'ity
sakramenta ity, dia "tsy amin'ny fandrenesana velively no ahafatarana
izany, hoy i Md Thomas, fa *amin'ny alalan'ny finoana irery*, izay miankina
amin'ny fahefan'Andriamanitra". Noho izany, amin'ny fanazavana ny
lahatsoratr'i Md Lioka 22,19 hoe : "Ity no vatako izay hatolotra ho anareo",
dia manambara i Md Cyrille hoe : "Aza manontany tena raha marina izany,
fa aleo mandray amim-pinoana ireo tenin'ny Tompo ireo, satria Izy, ilay
215 Fahamarinana, tsy mba mandainga"³ :

Mitsaoka Anao fatratra aho, ry Andriamanitra miafina,
misy eo marina tokoa amin'ireo endri-javatra ireo ;
Aminao no itokian'ny foko manontolo
satria amin'ny fibanjinana Anao, reraka manontolo izy.

¹ jer. Gal 2,20.

² Joany Paoly II, 1. "Dominicae cenae" 3.

³ Paoly VI, MF ; jer. Thomas d'A., s. th. 3,75,1 ; Md Cyrille d'Alexandrie, Luc 22,19.

Ny fahitana, ny fandrenesan-tsiro, ny fahatsapana, tsy mahatratra Anao :
amin'izay teny heno ihany no tsy maintsy hitokiana ;
mino izay rehetra nolazain'ny Zanak'Andriamanitra aho ;
tsy misy marina tokoa na iray aza noho io tenin'ny Fahamarinana io.

VI. Ny fanasam-be momba ny Paka

1382. Ny lamesa dia sady tsangambato fahatsiarovana ny sorona izay ao amin'izany no hitohizana ny sorona teo amin'ny Hazofijaliana, sy ny fanasam-be masin'ny fiombonana amin'ny Vatana sy amin'ny Ran'ny Tompo ; tsy azo sarahina ireo. Kanefa ny fankalazana amin'ny sorona Eokaristika dia mitodika manontolo any amin'ny firaisana lalin'ny mpino amin'i Kristy amin'ny alalan'ny kômonio. Ny mandray kômonio dia ny mandray ny Tenan'i Kristy mihitsy izay nanolo-tena ho antsika.

950

1383. Ny *ôtely*, izay manodidina izany ny Fiangonana no miara-miangona amin'ny fankalazana ny Eokaristia, dia maneho ireo endrika roa an'ny mistery iray ihany : ny ôtelin-tsorona sy ny latabatry ny Tompo, sady izao indrindra, ny ôtely kristianina dia fanehoana an'ohatra ny Tenan'i Kristy mihitsy, eo anivon'ny fiaraha-miangona ataon'ny mpino Azy, ka sady tena sorona atolotra ho an'ny fampihavanana antsika no tena sakafy any andanitra izay manolo-tena ho antsika. “Koa inona izany fa tsy sarin'ny Vatan'i Kristy ny ôtelin'i Kristy ?”, hoy i Md Ambroise¹, ary ankoatra izany : “Mampiseho an-tsary ny Vatan' [i Kristy] ny ôtely, ary ny Vatan'i Kristy no eo ambony ôtely”². Mampiseho io firaisan'ny sorona sy ny kômonio io ao amin'ny vavaka maro be ny litorzia. Ny Fiangonan'i Rôma dia mivavaka toy izao ao amin'ny vavaka fisaorany :

1182

Mitalaho an-tanan-droa Aminao izahay, ry Andriamanitra Mahefa ny zavatra rehetra : [ity fanatitra ity] anie hoentiny ny anjelinao eo anatrehan'ny voninahitrao, eo amin'ny ôtelinao any an-danitra, ka amin'ny fandraisana eto, amin'ny alalan'ny kômonio eo amin'ny ôtely, ny Vatana aman-dRan'ny Zanakao, dia hoheny ny fahasoavanao sy ny tsodranonao izahay³.

“Samia mandray sy mihinana amin'ity ianareo rehetra” : ny kômonio

1384. Miangavy antsika amin'ny fanasana maika ny Tompo mba handray Azy amin'ny sakramentan'ny Eokaristia: “Lazaiko marina dia marina aminareo fa raha tsy mihinana ny Nofon'ny Zanak'olona ianareo sy tsy misotro ny Rany, dia tsy hanana ny fiainana ao aminareo” (Jo 6,54).

2835

¹ Md Augustin in Sacr. 5,7.

² Md Augustin in Sacr. 4,7.

³ Prex eucharistica I seu Canon Romanus, 96.

1385. Mba hamaliana io fanasana io, dia tsy maintsy *miomana isika* amin'izany fotoan-dehibe tokoa sy masina indrindra izany. Mamporisika antsika handinin-tena i Md Paoly : “Na zovy na zovy mihinana ity mofò ity na misotro ity kalisin'ny Tompo ity tsy amim-pahamendrehana, dia meloka amin'ny Vatana sy ny Ran'ny Tompo. Aoka àry handinin-tena ny olona, izay vao hihinana ity mofò ity sy hisotro ity kalisy ity ; fa izay mihinana sy misotro tsy amim-pamantarana ny Vatan'ny Tompo, dia mihinana sy misotro fanamelohana ny tenany” (1 Kôr 11,27-29). Koa izay mahatsiaro tena fa manam-pahotana lehibe, dia tsy maintsy mandray ny sakramentan'ny Fampihavanana alohan'ny hirosoana amin'ny kômonio.

1386. Eo anatrehan'ny fiambonian'ity sakramenta ity, ny mpino dia tsy afa-manao na inona na inona afa-tsy ny mamerina amim-panetren-tena sy miaraka amin'ny finoana mirehidrehitra ny tenin'ilay Tomponjato¹ hoe : “*Domine, non sum dignus, ut intres sub tectum meum, sed tantum dic verbum, et sanabitur anima mea*” (“Tompo ô, tsy mendrika hidiranao Anao ato amiko aho, fa manonòna teny iray ihany, dia ho sitrana ny fanahiko”²). Ary ao amin'ny litorzia Masin'i Md Jean Chrysostome, mivavaka ao anatin'ny fiombonam-panahy ny mpino hoe :

732 Ry Zanak'Andriamanitra ô ! ataovy miombona anjara amin'ny sakafonao mistika aho anio ! Satria tsy hanambara ny Tsiambaratelo amin'ny fahavalonao aho, na hanome Anao ny orok'i Jodasy. Fa tahaka ilay jiolahy, dia miteny Aminao aho hoe : Tompoko, tsarovy aho, any amin'ny fanjakanao³.

1387. Mba hiomanana amin'ny fomba mendrika handray ity sakramenta ity, ny mpino dia hitandrina ny fifadian-kanina voadidy ao amin'ny Fiangonan'izy ireo⁴. Ny fihetsika aseho (fihetsiky ny tena, fitafiana) no haneho ny fanajana, ny fanetriketrehana, ny hafaliana amin'io fotoana izay i Kristy no tonga mpampiantrano antsika io.

1388. Mifanaraka amin'ny hevitra raketin'ny Eokaristia rahateo, ireo mpino, raha manana ny toe-panahy ilaina, *mandray kômonio rahefa* mandray anjara amin'ny lamesa izy ireo⁵ : “Hafarana mafy ny mpino mba handray anjara amin'ny Lamesa amin'ny fomba lavorary kokoa, amin'ny fandraisana koa ny Vatan'ny Tompo amin'io sorona io ihany, aorian'ny kômonion'ny Pretra”⁶.

¹ jer. Mt 8,8.

² Ritus communionis, 133.

³ Liturgia byzantina Anaphora Iohannis chrysostomi.

⁴ jer. CIC, can. 916-917.

⁵ “Ao anatin'ny iray andro, afaka mandray indroa ny Kômonio Masina indrindra ny mpino, ary indroa ihany” (Pontificia Commissio Codicis Iuris Canonici Authenticae interpretando. Responsa ed proposita dubio 1).

⁶ L 55.

1389. Didian'ny Fiangonana ny mpino handray anjara amin'ny litorzia masina, ny alahady sy ny andro fety¹ ary handray ny Eokaristia fara fahakeliny 2042
indray maka isan-taona, ary raha azo atao, amin'ny fotoanan'ny Paka²,
rahefa voaomana tamin'ny fandraisana ny sakramentan'ny Fampihavanana.
Kanefa amporisihan'ny Fiangonana mafy ny mpino mba handray ny
Eokaristia masina ny alahady sy ny andro fety, na mbola matetika kokoa, na 2837
isan'andro aza.

1390. Noho ny fisiana maha-eo ara-tsakramenta an'i Kristy, amin'ny iray amin'ireo endrika, ny fandraisana kômonio amin'ny endriky ny mofo ihany dia ahafahana mandray ny vokatra manontolo ny fahasoavan'ny Eokaristia. Noho ny antony ara-pastôraly, ity fomba fandraisana kômonio ity, dia efa noraiketina ho ara-dalàna, ho ny fomba mahazatra ao amin'ny fombam-pivavahana latinina. “Ny kômonio masina dia manatanteraka amin'ny fomba feno fatra ny endrika maha-famantarana azy, rahefa raisina amin'ny endriny roa izy. Satria amin'io endrika io, ny famantarana ny fanasam-be amin'ny Eokaristia dia mihamazava manontolo kokoa”³. Izany no fomba mahazatra handraisana ny kômonio any amin'ny fombam-pivavahana tatsinanana.

Ny vokatry ny kômonio

1391. *Mampitombo mafy ny firaisantsika amin'i Kristy ny kômonio.* Ny mandray ny Eokaristia amin'ny kômonio, no mampamokatra be ny firaisana lalina amin'i Kristy Jesoa. Satria hoy ny Tompo : “Izay mihinana ny Nofoko sy misotro ny Rako, dia mitoetra ato Anatiko ary Izaho ao anatin’ny” (Jo 6,57). 460
Ao amin'ny fanasam-be Eokaristika no ahitana ny fototra iorenan' ny fiainana ao amin'i Kristy : “Velona ny Ray naniraka Ahy, Izaho koa dia velona amin'ny Ray ; toy izany koa no hahavelona Amiko izay mihinana 521
Ahy” (Jo 6,58).

Rahefa mandray ny Vatan'ny Zanaka amin'ny fetin'ny Tompo ny mpino, dia mifampilaza ny Vaovao Mahafaly izy ireo, izay ny antoky ny fiainana no nomena, tahaka ny rahefa nilaza tamin'i Maria Madelenina ny anjely hoe : “Nitsangan-ko velona i Kristy !” Indro fa ankehitriny koa ny fiainana sy ny fitsanganan-ko velona no omena an'ilay izay mandray an'i Kristy⁴.

1392. Tahaka ny hamokaran'ny ventin-tsakafo eo amin'ny fiainantsika arabatana, no hanatanterahan'ny kômonio izany amin'ny fomba mahagaga ao amin'ny fiainantsika ara-panahy. Ny fiombonana amin'ny Nofon'i Kristy 1212

¹ jer. FTK 15.

² jer. CIC, can. 920.

³ IGMR 240.

⁴ Fanqîth, Office syriaque d'Antioche, volume 1. Commun, 237a-b.

nitsangan-ko velona, “velomin’ny Fanahy Masina sy mamelon’aina”¹ no mitahiry tsy ho simba, mampitombo hery ary manavao ny aim-pahasoavana noraisina tamin’ny Batemy. Izany fitombon’ny fiainana kristianina izany dia mila hovelomina amin’ny alalan’ny kômonion’ny Eokaristia, mofon’ny fivahiniantsika, mandra-pahatongan’ny fotoanan’ny fahafatesana, izay homena antsika ho vatsy masina eny an-dalana.

1524

1393. *Ny kômonio manasaraka antsika amin’ny fahotana.* Ny Vatan’i Kristy izay raisintsika amin’ny kômonio dia “natolotra ho antsika”, ary ny Ra izay sotroitsika dia “nalatsaka ho an’ny be sy ny maro ho famelana ny fahotana”. Noho izany, ny Eokaristia tsy afaka hampiray antsika ao amin’i Kristy raha tsy sady manadio antsika amin’ny fahotana natao no miaro antsika amin’ny fahotana ho avy :

613

“Isaky ny mandray Azy isika, dia manambara ny fahafatesan’ny Tompo”². Raha manambara ny fahafatesan’ny Tompo isika, dia manambara ny famelana ny fahotana. Raha, isaky ny latsaka ny Rany, latsaka izy ho famelana ny fahotana, tokony handray azy lalandava aho, mba hamelany lalandava ny fahotako. Izaho izay manota lalandava, dia tokony hanana fanafody lalandava³.

1394. Tahaka ny sakafom-batana ilaina mba hamerina ny fahaverezan-kery, dia toy izany koa, ny Eokaristia no manamafy ny fifankatiavana izay mitady hihaosa, eo amin’ny fiainana andavanandro ; ary izany fifankatiavana mamelon’aina izany no *mamafa ny fahotana madinika*⁴. Tamin’ny nanomezany ny Tenany ho antsika i Kristy no mamelombelona ny fitiavantsika sy mahatonga antsika ho afaka mandrava ny firaiketam-po tsy mandeha amin’ny laoniny amin’ny zavaboary ary hampiorim-paka antsika ao Aminy :

1863

1436

Satria maty ho antsika noho ny fitiavana i Kristy, rahefa mahatsiaro ny fahafatesany isika amin’ny fotoanan’ny sorona dia mangataka mba homena antsika amin’ny alalan’ny fahatongavan’ny Fanahy Masina ny fitiavana ; mangataka amin’ny alalan’ny fivavahana isika mba hananantsika ilay fitiavana izay nahatonga an’i Kristy nanaiky hofantsihana ho antsika. Isika koa, noho ny fahasoavan’ny Fanahy Masina, dia afaka mihevitra fa ny tenantsika mihitsy no voafantsika ho an’izao tontolo izao, ary ny an’izao tontolo izao ho toy ny voafantsika ho antsika. (...) Noho isika nandray ny fanomezam-pitiavana, aoka isika ho faty ny amin’ny fahotana ary ho velona ho an’Andriamanitra⁵.

¹ RFP 5.

² jer. 1 Kôr 11,26.

³ Md Ambroise, sacr. 4,28.

⁴ jer. Kôns. Trente : DS 1638.

⁵ Md Fulgence de Ruspe, Fab. 28,17.

1395. Amin'izany fifankatiavana izany ihany izay ampirehetiny ao amintsika no *iarovan'ny Eokaristia antsika amin'ny fahotana mahafaty* ho avy. 1855
Arakaraka ny andraisantsika anjara amin'ny fiainan'i Kristy sy arakaraka ny androsoantsika amin'ny fisakaizana Aminy, no mahasarotra ho antsika ny misaraka Aminy amin'ny fanaovana fahotana mahafaty. Tsy natokana ho famelana ny fahotana mahafaty tsy akory ny Eokaristia. Natokana ho an'ny sakramentan'ny Fampihavanana izany. Ny toetra manokana an'ny 1446
Eokaristia dia ny maha-sakramentan'ireo izay ao anatin'ny fiombonana tanteraka amin'ny Fiangonana.

1396. *Ny maha-iray ny Vatana mistika : maha-Fiangonana ny Eokaristia.* Ireo izay mandray ny Eokaristia dia miray bebe kokoa amin'i Kristy. Amin' 1118
izany koa, i Kristy no mampiray azy ireo amin'ny mpino rehetra ho vatana iray ihany : ny Fiangonana. Ny kômonio no manavao, manamafy, mandalina izany fampikambanana amin'ny Fiangonana izany izay efa tanteraka tamin'ny Batemy. Tamin'ny Batemy isika no voantso hiforona ho 1267
vatana iray ihany¹. Ny Eokaristia no manatanteraka io antso io : “Moa ny kalisim-pisaorana izay isaorantsika, tsy firaisana amin'ny Ran'i Kristy va ? Ary moa ny mofo izay vakintsika, tsy firaisana amin'ny Vatan'i Kristy va ? Satria tsy misy afa-tsy iray ihany ny mofo, ka dia vatana iray ihany koa 790
isika na dia maro aza, fa mofo iray ihany no iombonantsika rehetra” (1 Kôr 10,16-17) :

Raha ianareo no Vatan'i Kristy sy rantsambatany, dia ny sakramentanareo izany no ilay apetraka eo ambonin'ny latabatry ny Tompo, ny sakramentanareo no raisinareo. “Amen” (“Eny, marina izany !”) no avalinareo 1064
an'izay raisinareo, ary izany no ekenareo amin'ny fanomezana valin-teny. Maheno ity teny ity ianao hoe : “Ny Vatan'i Kristy” ary mamaly ianao hoe : “Amen.” Aoka ary ho rantsambatan'i Kristy ianao mba ho marina ny Amen avalinao².

1397. *Miteraka adidy aman'andraikitra manoloana ny mahantra ny Eokaristia.* Mba handraisana amim-pahamarinana ny Vatana aman-dRan'i Kristy natolotra ho antsika, tsy maintsy mamantatra an'i Kristy eo amin'ireny mahantra indrindra rahalahiny ireny isika³ : 2449

Nankafy ny Ran'ny Tompo ianao fa tsy mahafantatra akory na dia ny rahalahinao aza. Manala baraka io latabatra io mihitsy ianao, amin'ny fiheveranao fa tsy mendrika hiombona sakafo aminao ilay izay heverina ho mendrika handray anjara amin'io latabatra io. Nanafaka anao tamin'ny

¹ jer. 1 Kôr 12,13.

² Md Augustin, serm. 272.

³ jer. Mt 25,40.

fahotanao rehetra Andriamanitra sy nanasa anao hankao. Nefa izato ianao kosa, tsy mba niezaka akory ho antra olona¹.

1398. *Ny Eokaristia sy ny firaisan'ny kristianina*. Manoloana ny halehiben'izany mystery izany, loa-bava i Md Augustin hoe : “*Ry sakramentan'ny fitiavam-bavaka ô ! Ry famantarana ny firaisana ô ! ry fehin'ny fitiava-namana ô !*”²

817 Mampandre mangirifiry indrindra ny fisaraham-bazana misy eo amin'ny Fiangonana izay mandrava ny fandraisana anjara iombonana amin'ny latabatry ny Tompo, ka maika dia maika indrindra koa ny vavaka amin'ny Tompo mba hiverenan'ny androm-piraisana tanteraka iraisan'ireo rehetra izay mino Azy.

1399. *Ny Fiangonana tatsinanana izay tsy dia miombona tanteraka amin'ny Fiangonana katôlika dia mankalaza ny Eokaristia amim-pitiavana lehibe tokoa*. “Ireny Fiangonana ireny, na dia tafasaraka aza, dia manana sakramenta marina tokoa, - indrindra indrindra, noho ny fifandimbiasana maha-apôstôly : ny maha-Mpisorona sy ny Eokaristia, - izay mampiray lalina azy ireo amintsika”³. Izay iombonana marina *amin'ny zava-masina (in sacris)*, ao amin'ny Eokaristia izany, dia “tsy hoe azo tanterahina fotsiny, fa amporisihana mihitsy, amin'ny toe-javatra manamora izany, miaraka amin'ny fankatoavan'ny manam-pahefan' ny Fiangonana”⁴.

1400. *Ny vondrom-piangonana nipoitra avy amin'ny Fanavaozana, tafasaraka tamin'ny Fiangonana katôlika, “indrindra noho ny tsy fisian'ny sakramentan'ny Filaharana, dia tsy mitahiry ny fisia-maha-izy manokana sy manontolo ny mystery Eokaristika”⁵. Noho izany antony izany, ho an'ny Fiangonana katôlika, tsy mety ny fiombonana kômonio amin'ny Eokaristia miaraka amin'ireny vondrom-piangonana ireny. Kanefa, ireny vondrom-piangonana ireny, “rahefa manao fahatsiarovana ao amin'ny Sakafo masin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'ny Tompo ho velona, dia manambara ampahibemaso fa mifototra amin'ny fiombonana amin'i Kristy ny fiainana ary miandry ny fiverenany amim-boninahitra”⁶.*

1401. *Raha misy anton-javatra lehibe manery dia manery, araka ny fahaiza-mandanjalanjan'ny manam-pahefana andavanandro eo an-toerana, ny mpandraharaha masina katôlika dia mahazo manome ny sakramenta (Eokaristia, Fivalozana, Fanosorana ny marary) ho an'ny kristianina hafa izay tsy miombona tanteraka amin'ny Fiangonana katôlika, nefa mangataka izany araka ny nahim-pony izy ireo : raha izany, tsy maintsy maneho ny finoana katôlika mikasika ireo sakramenta ireo izy ireo ary tsy maintsy mahatsiaro tena hanatanteraka ny fepetra ilaina*⁷.

¹ Md Jean Chrysostome, hom. In 1 Cor 27,5.

² Md Augustin in Ev. Jo 26,13; jer. L 47.

³ EK 15.

⁴ EK 15 ; jer. CIC, can. 844, § 3.

⁵ EK 22.

⁶ EK 22.

⁷ jer. CIC, can. 844, § 4.

VII. Ny Eokaristia – “antoky ny voninahitra ho avy”

1402. Ao amin’ny vavaka tranainy iray, manambara an-kafaliana ny misterin’ny Eokaristia ny Fiangonana hoe : “Ry fanasam-be masina ô, ianao no misy an’i Kristy sakafonay, ianao no mamelombelona ny fahatsiarovana ny fijaliany, ianao no mameno ny fahasoavana ny fanahinay, ianao no manome anay ny antoky ny fiainan-ko avy”¹. Raha tsangambato fahatsiarovana ny Pakan’ny Tompo ny Eokaristia, raha noho ny fiombonantsika eo amin’ny ôtely no mahahenika antsika ny “tsodrano rehetra any an-danitra sy ny fahasoavana”², dia fisantarana koa ny voninahitry ny lanitra ny Eokaristia. 1323 1130
1403. Tamin’ny Sakafo farany, ny Tenan’Izy Tompo mihitsy no nampitodika ny fijerin’ny mpianany ho amin’ny fahatanterahan’ny Paka any amin’ny fanjakan’Andriamanitra : “Lazaiko aminareo, tsy hisotro intsony avy amin’ity vokatry ny voaloboka ity Aho mandra-pahatongan’ny andro izay hisotroako miaraka aminareo ny divay vaovao any amin’ny Fanjakan’ny Raiko” (Mt 26,29)³. Isaky ny mankalaza ny Eokaristia ny Fiangonana, dia mahatsiaro izany fampanantenana izany ary mampitodika ny fijeriny any amin’Ilay “izay ho avy” (Apôk 1,4). Amin’ny fivavahany, miantso ny fahatongavany izy : “*Marana tha*” (1 Kôr 16,22), “Tongava, ry Jesoa Tompo” (Apôk 22,10), “Ho tonga anie ny fahasoavanao ary handalo anie izao tontolo izao!”⁴ 671
1404. Mahafantatra ny Fiangonana, hatramin’izao, fa tonga amin’ny Eokaristiany ny Tompo, ary ao Izy sy eo anivontsika. Kanefa, takona io fisiana maha-eo io. Izany no ankalazantsika ny Eokaristia eo “am-piandrasana ny hasambarana nampanantenaina sy ny fiavian’i Jesoa-Kristy Mpamonjy antsika”⁵, sy eo am-pangatahana “mba ho heniky ny voninahitrao, any amin’ny Fanjakan’nao, miaraka avokoa sy ho mandrakizay, rahefa hofaohanao avokoa ny ranomaso rehetra amin’ny tavanay ; eo am-pahitana Anao, Ianao Andriamanitray, araka ny maha-Ianao Anao, dia hitovy endrika Aminao mandrakizay izahay, ary tsy hitsahatra izahay hihira ny fiderana Anao, amin’ny alalan’i Kristy Tomponay”⁶. 1041 1028
1405. Avy amin’izany fanantenana lehibe izany, fanantenana ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao izay hanjakan’ny fahamarinana⁷, dia tsy manana antoka tena marina sy famantarana tena miharihary, afa-tsy ny Eokaristia isika. 1042

¹ In solemnitate SS. mi corporis et sanguinis christi.

² MR, Canon Romain 96 : "Supplices te rogamus".

³ jer. Lk 22,18 ; Mk 14,25.

⁴ Didaché 10,6.

⁵ Tohim-bavaka aorian’ny Rainay ; jer. Tito 2,13.

⁶ MR, vavaka fisaorana III, 116 : vavaka ho an’ny nodimandry.

⁷ jer. 2 Pi 3,13.

Noho izany, isaky ny ankalazaina io mystery io, dia “mamokatra ny tsanganasam-panavotana antsika”¹, ary isika “no mamaky ny mofo iray ihany izay fanafodin’ny tsy fahafatesana, fanefitra mba tsy ho faty, fa mba ho velona ao amin’i Jesoa-Kristy mandrakizay”².

FAMINTINANA

1406. *Hoy i Jesoa : “Izaho no mofo velona, nidina avy any an-danitra. Izay hihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay (...). Izay mihinana ny Nofoko sy misotro ny Rako no manana ny fiainana mandrakizay (...) mitoetra ao Anatiko izy, ary Izaho ao anatiny” (Jo 6,51.52.55.57).*
1407. *Ny Eokaristia no foibe sy tampon’ny fiainan’ny Fiangonana, satria ao aminy i Kristy no mamondrona ny Fiangonany sy ny rantsambatany rehetra amin’ny sorom-piderany sy fisaorana natolony indray mandeha monja teo amin’ny Hazofijaliana tamin’ny Rainy ; amin’ny alalan’io sorona io no androtsahany ny fahasoavam-pamonjena eo amin’ny Vatany, dia ny Fiangonana izany.*
1408. *Ny fankalazana ny Eokaristia dia mirakitra lalandava : ny fanambaràna ny Tenin’Andriamanitra, ny fisaorana an’Andriamanitra Ray noho ny soa maro be nataony, indrindra noho ny fanomezany ny Zanany, ny fanamasinana ny mofo sy ny divay ary ny fandraisana anjara amin’ny fanasam-be ara-litorzia amin’ny fandraisana ny Vatana aman-dRan’ny Tompo. Ireo singafototra ireo no manorina asam-pivavahana tokana sy mitovy ihany.*
1409. *Tsangambato fahatsiarovana ny Pakan’i Kristy ny Eokaristia : izany hoe ny tsanganasam-pamonjena notontosaina tamin’ny fiainan’i Kristy, ny fahafatesany ary ny fitsanganany ho velona, tsanganasam-pamonjena manjary eo amin’ny asa litorzika.*
1410. *Ny Tenan’i Kristy mihitsy, Mpisorombe mandrakizay amin’ny Fanekempihavanana Vaovao, izay miasa amin’ny andraiki-panompoan’ny Pretra, no manolotra ny sorona eokaristika. Ary mbola io Kristy io ihany izay tena misy eo marina tokoa amin’ny endriky ny mofo sy ny divay, no fanatitry ny sorona eokaristika.*
1411. *Ny Pretra nohamasinina ara-dalàna no hany mahazo mitarika ny fankalazana ny Eokaristia sy manamasina ny mofo sy ny divay mba hanjary Vatana sy Ran’ny Tompo ireo.*

¹ FF 3.

² Md Ignace d’Antioche, Eph. 20,2.

1412. *Ny famantarana tena ilaina amin'ny sakramentan'ny Eokaristia, dia ny mofo vita amin'ny varimbazaha sy ny divay avy amin'ny voaloboka, izay amin'ireo no iantsoana ny tsodranon'ny Fanahy Masina ary tononin'ny Pretra ny teny fankamasinana nolazain'i Jesoa nandritra ny sakafon'ny farany : "Ity no Vatako hatolotra ho anareo ... Ity no kalisy misy ny Rako ..."*
1413. *Amin'ny fankamasinana no tanteraka ny fiovam-pisia-maha-izy ny mofo sy ny divay ho Vatana aman-dRan'i Kristy. Izy Kristy mihitsy, velona sy be voninahitra, tsy hita mivantana amin'ny endriky ny mofo sy ny divay voahasina, no misy eo amin'ny fomba marina tokoa, tena izy tokoa ary ara-pisia-maha-izy tokoa ny Vatany sy ny Rany, miaraka amin'ny fanahiny sy ny maha-Andriamanitra Azy¹.*
1414. *Amin'ny maha-sorona ny Eokaristia, dia atolotra koa izy ho fanonerana ny fahotan'ny velona sy ny nodimandry, ary mba hahazoana avy amin'Andriamanitra ny soa ara-panahy na ara-nofo.*
1415. *Izay te handray an'i Kristy amin'ny kômonion'ny Eokaristia, dia tsy maintsy ao anatin'ny toe-panahy voavela heloka. Izay olona mahatsiaro tena fa manana fahotana mahafaty, dia tsy mahazo miroso amin'ny Eokaristia izy raha tsy efa nahazo mialoha ny famotsoran-keloka tamin'ny sakramentan'ny Fivalozana.*
1416. *Ny fiombonana masina amin'ny Vatana aman-dRan'i Kristy dia mampitombo ny firaisan'ny mpandray amin'ny Tompo, manafaka azy amin'ny fahotana madinika sy miaro azy amin'ny fahotana lehibe. Noho ny fatoram-pifankatiavana mihamafy hery eo amin'ny mpandray sy i Kristy, ny fandraisana an'ity sakramenta ity dia manamafy ny firaisan'ny Fiangonana, Vatana-mistikan'i Kristy.*
1417. *Ampirisihan'ny Fiangonana fatratra ny mpino mba handray ny kômonio masina rahefa mandray anjara amin'ny fankalazana ny Eokaristia izy ireo ; didiany izy ireo hanao izany fara fahakeliny indray maka isan-taona.*
1418. *Satria ny Tenan'i Kristy mihitsy no misy eo amin'ny sakramentan'ny ôtely, tsy maintsy hajaina amin'ny fombam-pivavahana fitsaohana Izy. "Ny famangiana ny Sakramenta Masina Indrindra no porofom-pankasitrahana, famantaram-pitiavana ary adidim-pitsaohana amin'i Kristy Tompontsika"².*
1419. *I Kristy, tamin'ny fialany teto amin'izao tontolo izao ho any amin'ny Ray, no nanome antsika ao amin'ny Eokaristia ny antoky ny voninahitra eo Akaikiny : ny fandraisana anjara amin'ny Sorona Masina no mampitovy*

¹ jer. Kôns. Trente : DS 1640 ; 1651.

² MF.

antsika amin'ny Fony, manohana ny herintsika mandritra ny fivahiniana eto amin'ity fiainana ity, mahatonga antsika haniry ny Fiainana mandrakizay ary efa mampiray antsika amin'ny Fiangonan'ny Lanitra, amin'i Masina Maria Virjiny ary amin'ny Olomasina rehetra.

TOKO FAHAROA

Ny sakramenta fanasitranana

1420. Amin'ny alalan'ny sakramentan'ny firosoana ho kristianina ny olona no mandray ny fiainam-baovaon'i Kristy. Nefa, entintsika “ao amin'ny siny tanimanga” (2 Kôr 4,7) io fiainana io. Ankehitriny, mbola “tsy hita maso miaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra” (Kôl 3,3) izany. Isika dia mbola eto amin'ny fonenantsika eto an-tany ianjadian'ny fahoriana, ny aretina ary ny fahafatesana¹. Io fiainam-baovaon'ny zanak'Andriamanitra io dia mety hihaosa ary ho very mihitsy aza noho ny fahotana.

1421. Sitrak'i Jesoa-Kristy Tompo, mpitsabo ny fanahintsika sy ny vatantsika, Izy izay namela ny fahotan'ilay malemy sy namerina taminy ny fahasalamam-batana², ny hanohizan'ny Fiangonany, amin'ny herin'ny Fanahy Masina, ny tsanganasa fanasitranany sy famonjeny, na dia amin'ireo rantsambatan'ny tenany aza. Izany no zava-kendren'ireo sakramenta roa fanasitranana, dia ny sakramentan'ny Fivalozana sy ny Fanosorana ny marary.

ANDALANA 4

Ny sakramentan'ny Fivalozana sy ny Fampihavanana

1422. “Ireo izay manatona ny sakramentan'ny Fivalozana dia mahazo ny famindram-pon'Andriamanitra ao amin'izany, ny famelana ny fahotana izay nataon'izy ireo Taminy, ka avy hatrany dia tafahavana amin'ny Fiangonana izay noratrain'ny fahotan'izy ireo, sy manampy ho amin'ny fibebahan'izy ireo amin'ny alalan'ny fitiavana, ny oha-piainana, ny vavaka”³.

¹ jer. 2 Kôr 5,1.

² jer. Mk 2,1-12.

³ FF 11.

I. Ahoana no iantsoana ity sakramenta ity ?

1423. Antsoina hoe *sakramentan'ny fibebahana* izy, satria manatanteraka ara-tsakramenta ny antson'i Jesoa ho amin'ny fibebahana¹ sy ny finiavana 1989 hiverina amin'ny Ray² izay nohalavirina tamin'ny fahotana.

Antsoina hoe *sakramentan'ny Fivalozana* izy, satria manamasina ny 1440 finiavan'ny kristianina mpanota, an'ny tsirairay sy miaraka amin'ny Fiangonana, hibe-baka, hanenina ary hanonitra ny fahotany.

1424. Antsoina hoe *sakramentan'ny fibabohana* izy, satria ny fiekena sy ny fibabohana ny fahotana eo anatrehan'ny Pretra no singafototra tsy azo avela 1456 amin'ity sakramenta ity. Amin'ny heviny lalina, dia “kônfesy” koa ity sakramenta ity, fiekena sy fiderana ny fahamasinan'Andriamanitra sy ny famindram-pony amin'ny olombelona mpanota.

Antsoina hoe *sakramentan'ny famelan-keloka* izy, satria amin'ny alalan'ny 1449 famotsoran-keloka ara-tsakramenta ataon'ny Pretra, no anomezan'Andriamanitra “ny famelan-keloka sy ny fiadanana” ho an'ny mpivalo³.

Antsoina hoe *sakramentan'ny Fampihavanana* izy, satria izy no manome 1442 ho an'ny mpanota ny fitiavan'Andriamanitra izay mampihavana : “Mihavàna re ianareo amin'Andriamanitra” (2 Kôr 5,20). Ilay izay mivelona ny fitiavana be indrafon'Andriamanitra no vonona hamaly ny antson'ny Tompo hoe : “Mandehàna aloha ianao, mihavana amin'ny rahalahinao” (Mt 5,24).

II. Nahoana no misy sakramentan'ny Fampihavanana aorian'ny Batemy ?

1425. “Nosasàna sy nohamasinina ary nohamarinina ianareo, tamin'ny anaran'i Jesoa-Kristy Tompo sy tamin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitsika” (1 1263 Kôr 6,11). Tsy maintsy fantatra mazava ny halehiben'ny fanomezan'Andriamanitra izay natao ho antsika ao amin'ny sakramentan'ny firosoana ho kristianina mba hahazoana hoe amin'ny lafiny inona ny fahotana no zavatra voaesotra ho an'izay “nitafy an'i Kristy”⁴. Kanefa milaza koa i Md Joany apôstôly hoe : “Raha milaza antsika ho tsy manam-pahotana isika, dia mamita-tena isika, ary tsy mitoetra velively ao anatintsika ny marina” (1 Jo 1,8). Ary ny Tenan'ny Tompo mihitsy no nampianatra antsika hivavaka

¹ jer. Mk 1,15.

² jer. Lk 15,18.

³ OP, rijan-teny famotsoran-keloka.

⁴ Gal 3,27.

2838 hoe : “Avelao ny fahotanay” (Lk 11,4) amin’ny fanakambanana ny fifamelantsika ny fahotantsika amin’ny famelana izay omen’Andriamanitra amin’ny fahotantsika.

1426.Ny *fiverenana* amin’i Kristy, ny fahateraham-baovaon’ny Batemy, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ny Vatana aman-dRan’i Kristy raisina ho sakafo, no mahatonga antsika “ho masina sy madio tsy misy pentim-pahotana eo anatrehany” (Efez 1,4), tahaka ny Tenan’ny Fiangonana mihitsy, vadin’i Kristy, izay “masina sy madio tsy misy pentim-pahotana eo anatrehany” (Efez 5,27). Kanefa, ny aim-baovao noraisina tamin’ny firosoana ho kristianina dia tsy manafoana ny fahosana sy ny fahalemen’ny toetra maha-olombelona, na ny fironana amin’ny fahotana izay antsoin’ny lovam-panahy hoe *fanirian-dratsy* (*concupiscence*), izay tsy miala ao amin’ny vita batemy mba hisedran’izy ireo amin’ny adim-piainana kristianina ampian’ny fahasovan’i Kristy¹. Io ady io dia ny an’ny *fibebahana* mba ho amin’ny fahamasinana sy ny fiainana mandrakizay izay ho amin’izany no tsy itsaharan’ny Tompo miantso antsika².

405,978
1264

III. Ny fibebahan’ny vita batemy

1427.Miantso ho amin’ny fibebahana i Jesoa. Io antso io dia ampahany tsy azo
541 avela amin’ny fitoriana ny Fanjakan’Andriamanitra : “Tonga ny fotoana ary akaiky tokoa ny Fanjakan’Andriamanitra ; mibebaha ianareo ary minoa ny Vaovao Mahafaly” (Mk 1,15). Amin’ny fitorian-tenin’ny Fiangonana io antso io dia miantefa aloha amin’ireo izay tsy mbola mahalala an’i Kristy sy ny Evanjeliny. Koa moa tsy ny Batemy ve no fotoan-dehibe amin’ny fibebahana voalohany sy ifotony ? Amin’ny alalan’ny finoana ny Vaovao Mahafaly sy amin’ny alalan’ny Batemy³ no handavana ny ratsy sy
1226 hahazoana ny famonjena, izany hoe ny famelana ny fahotana rehetra sy fanomezana ny fiainam-baovao.

1428.Ny antson’i Kristy ho amin’ny fibebahana àry dia mitohy manako eo
1036 amin’ny fiainan’ny kristianina. Izany *fibebahana fanindroany* izany dia lahasa mitohy ho an’ny Fiangonana manontolo izay “misy mpanota ao anatin’ny” sy izay “sady masina no voantso hidio, ary manohy tsy ankijanona ny ezaka ataony amin’ny fivalozana sy ny fanavaozana”⁴. Tsy tsanganasan’olombelona fotsiny izany ezaka ho amin’ny fibebahana izany.
853 Fihetsiky ny fo manenina marina⁵ voasintona sy voahetsiky ny
1996

¹ jer. DS 1515.

² jer. DS 1545 ; FF 40.

³ jer. Asa 2,38.

⁴ FF 8.

⁵ jer. Sal 51,19.

fahasoavana¹ hamaly ny fitiavana be famindram-pon'Andriamanitra izay tia antsika mialoha izany².

1429. Manaporofa izany ny fibebahan'i Md Piera taorian'ny fandavany intelo miantoana ny Mpampianany. Ny fijery tsy manam-petran'ny famindram-pon'i Jesoa no nahatonga ny ranomasom-panenenana³, ary, taorian'ny fitsanganan'ny Tompo ho velona, ny fankatoavana ny fitiavana Azy intelo miantoana⁴. Manana lafiny *iombonana* koa ny fibebahana faharoa. Miseho izany ao amin'ny antson'ny Tompo ho an'ny Fiangonana iray manontolo : "Mibebaha ianao !" (Apôk 2,5.16).

I Md Ambroise dia nilaza ny amin'ny fibebahana roa, fa ao amin'ny Fiangonana, "misy rano sy ranomaso : ny ranon'ny Batemy sy ranomason'ny Fivalozana"⁵.

IV. Ny fivalozana anaty

1430. Toy ny efa teo amin'ny mpaminany, ny antson'i Jesoa ho amin'ny fibebahana sy ho amin'ny fivalozana dia tsy mikendry ny tsanganasa ivelany aloha, "ny lasaka sy ny lavenona", ny fifadian-kanina sy ny fampijalian-tena, fa *ny fiovàn'ny fo, ny fivalozana anaty*. Raha tsy misy azy, mijanona ho tsy mamokatra sy mamitaka ny tsanganasa fivalozana ; kanefa, ny fibebahana anaty no manosika amin'ny fanehoana io fihetsika atao io amin'ny famantarana hita maso, amin'ny fihetsiky ny tena ary amin'ny tsanganasa fivalozana⁶. 1098

1431. Ny fivalozana anaty dia fampitodihana indray hatrany ifotony ny fiainana manontolo, fiverenana, fiovàna mankany amin'Andriamanitra amin'ny fontsika manontolo, fampitsaharana ny fahotana, fankahalana ny ratsy, miaraka amin'ny rikorikon'ny asa ratsy izay nataontsika. Miaraka amin'ny fivalozana anaty koa, ny faniriana sy fanapahan-kevitra hanova fiainana, omban'ny fanantenana ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fitokiana amin'ny fanampian'ny fahasoavany. Io fiovàn'ny fo io dia arahin'ny hirifiry sy alahelom-pamonjena izay antsoin'ireo Aba hoe : *animi cruciatus* (hirifirim-panahy), *compunctio cordis* (nenim-po)⁷. 1451
368

¹ jer. Jo 6,44 ; 12,32.

² jer. 1 Jo 4,10.

³ jer. Lk 22,61-62.

⁴ jer. Jo 21,15-17.

⁵ Md Ambroise in Ep. 41,12.

⁶ jer. Joely 2,12-13 ; Iz 1,16-17 ; Mt 6,1-6.16-18.

⁷ jer. Kôns. Trente : DS 1677-1678 ; 1705 ; Catech. R. 2,5,4.

1989 1432. Donto sy mihamafy ny fon'ny olombelona. Iaina ny hanomezan' Andriamanitra fo vaovao ny olombelona¹. Ny fibebahana aloha dia tsanganasan'ny fahasoavan'Andriamanitra izay mamerina ny fontsika ao Aminy : “Ampivereno Aminao izahay, ry Tompo, mba hiverenanay Aminao tokoa” (Fitom 5,21). Omen'Andriamanitra hery hanombohana indray isika. Amin'ny fahitana ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra, no voahozongozon'ny fihoron-koditra sy ny vesatry ny fahotana ny fontsika, ka hanomboka matahotra ny hanevateva an'Andriamanitra amin'ny fahotana sy ny ho tafasaraka Aminy izy. Mibebaka ny fon'ny olombelona amin'ny fijerena mankany amin'Ilay izay nolefonin'ny fahotantsika² :

Manàna isika maso mifantoka eo amin'ny ran'i Kristy ary fantarontsika hoe : fa toy inona ny hasarobidiny ao amin'ny Ray, satria, tamin'izy nararaka ho famonjena antsika, no nanomezany ny fahasoavam-panenenana ho an'ny olomiaina rehetra³.

729 1433. Nanomboka tamin'ny Paka, dia ny Fanahy Masina no mampisafotofoto an'izao tontolo izao ny amin'ny fahotana⁴, izany hoe tsy nino an'Ilay izay nirahin'ny Ray izao tontolo izao. Kanefa io Fanahy io ihany, izay 692,1848 mampiseho ny fahotana, no ilay Mpanafaka alahelo⁵ izay manome ao ampon'ny olona ny fahasoavana amin'ny fanenenana sy ny fibebahana⁶.

V. Ireo fomba maro fivalozana eo amin'ny fiainana kristianina

1969 1434. Misy fanehoana ety ivelany amin'ny fomba maro karazana tokoa ny fivalozana anaty ny kristianina. Fomba telo no tena antitranterin'ny Soratra Masina sy ny Aban'ny Fiangonana amin'izany : *ny fifadian-kanina*, *ny fivavahana*, *ny fiantrana*⁷, izay manambara ny fibebahana eo amin'ny fifandraisana amin'ny tena ihany, amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra ary amin'ny fifandraisana amin'ny hafa. Manoloana ny fanadiovana hatrany ifotony notanterahin'ny Batemy na ny fanaovana martyry, dia tanisain'izy ireo ho fitaovana hahazoam-pamelana ny fahotana, ny ezaka natao mba hihavanana amin'ny namana, ny ranomasom-pivalozana, ny fiahiam-pamonjena ny namana⁸, ny fanelanelanan'ny olomasina ary ny fanaovana asa fitiava-namana izay “manarona fahotana maro”(1 Pi 4,8).

1435. Eo amin'ny fiainana andavanandro no hisehoan'ny fanatanterahana ny fibebahana, amin'ny alalan'ny fihetsika mampihavana, amin'ny alalan'ny fiahiana

¹ jer. Ezek 36,26-27.

² jer. Jo 19,37 ; Zak 12,10.

³ Md Clément de Rome, Cor. 7,4.

⁴ jer. Jo 16,8-9.

⁵ jer. Jo 15,26.

⁶ jer. Asa 2,36-38 ; jer. Joany Paoly II, FA 27-48.

⁷ jer. Tob 12,8 ; Mt 6,1-18.

⁸ jer. Jak 5,20.

ny mahantra, ny fanaovana sy ny fiarovana ny rariny sy ny hitsiny¹ amin'ny alalan'ny fiekem-pahadisoana amin'ny mpiray tam-po ara-pinoana, ny fanitsiana ny hadisoan'ny mpiray tam-po ara-pinoana, ny jery todika ny fiainana, ny fandinihan-tena, ny fitantanam-panahy, ny fanekena ny fijaliana, ny fiaretana fanenjehana noho ny fahamarinana. Ny mitondra ny Hazofijaliany isan'andro sy ny manaraka an'i Jesoa no lalana azo antoka indrindra amin'ny fivalozana².

1436. *Eokaristia sy fivalozana*. Ao amin'ny Eokaristia no ahitan'ny fibebahana sy ny fivalozana isan'andro ny loharanon'izy ireo sy ny sakafon'izy ireo, satria ao aminy no maha-misy eo ny soron'i Kristy izay mampihavana antsika amin' Andriamanitra ; amin'ny alalany no velomina sy atanjahina ireo izay miaina ny fiainan'i Kristy ; “izy no fanefitra manafaka antsika amin'ny fahadisoantsika isan'andro sy miaro antsika tsy ho azon'ny fahotana mahafaty”³. 1394

1437. Ny famakiana ny Soratra Masina, ny fanaovana ny Vavaka isan'Andro sy ny Rainay, ny asa marina rehetra amin'ny fanompoam-pivavahana na ny fitiavambavaka, no mamelombelona ao amintsika ny toe-tsaim-pibebahana mbamin'ny fivalozana sy manampy amin'ny famelana ny fahotantsika.

1438. *Ny fotoana sy ny andron'ny fivalozana* mandritra ny taona litorzika (ny fotoanan'ny karemy, isaky ny zomà ho fahatsiarovana ny nahafatesan'ny Tompo) no fotoan-dehibe anaovan'ny Fiangonana ny fivalozana⁴. Ireny fotoana ireny no saha indrindra ho an'ny fampiasam-panahy, ny litorzia momba ny fivalozana, ny fivahiniana masina ho mariky ny fivalozana, ny fihafiana an-tsitrapo toy ny fifadian-kanina mbamin'ny asa fiantrana, ny fifampizaràna maha-mpiray tam-po ara-pinoana (asa fitiava-namana sy asa misiônera). 540 2043

1439. Nolazain'i Jesoa tamin'ny fomba mampitolagaga ao amin'ilay fanoharana antsoina hoe zanaka mpandany izay ny ray be famindram-po no ivo, *ny fihetsipibebahana sy fivalozana*⁵ : ny faharenohana teo anoloan'ny fahafahana manodoka, ny fandozana ny tranon-dray ; ny fahoriana mafy dia mafy izay nianjady tamin'ilay zanaka rahefa avy nandanilany foana ny fananany izy ; ny fahafahambaraka lalina teo am-pahitany ny tenany voatery hiandry kisoa, ary ny tena ratsy aza, dia ny fahafahambaraka raha naniry hivoky ny hodi-boan-javatra nohanin'ny kisoa ; ny fandinihana ny fananana very ; ny nenina sy ny fahatapahan-kevitra hampahafantatra fa meloka teo anatrehan'ny rainy ; ny fiverenan-dalana ; ny fandraisana tamin-kalalaham-po nataon'ilay ray ; ny hafalian'ilay ray : izany rehetra izany no toetra manokana amin'ny fizotran'ny fibebahana. Ny akanjo tsara indrindra, ny peratra ary ny fanasam-be amin'ny fety dia fanehoana an'ohatra an'ilay fiainam-baovao, madio, mendrika, feno hafaliana, dia ny fiainan'ny olona izay miverina amin'Andriamanitra sy eo anivon'ny fianakaviany, dia ny Fiangonana izany. Ny fon'i Kristy irery ihany, izay mahalala ny halalin'ny 545

¹ jer. Am 5,24 ; Iz 1,17.

² jer. Lk 9,23.

³ Kôns. Trente : DS 1638.

⁴ jer. L 109-110 ; CIC, can. 1249-1253 ; CCEO, can. 880-883.

⁵ jer. Lk 15,11-24.

fitiavan'ny Rainy, no afaka nanambara tamintsika ny famindram-pony tsy takapolopolorina tamin'ny fomba tena feno fahatsorana sy hatsarana.

VI. Ny sakramentan'ny Fivalozana sy ny Fampihavanana

1850 1440. Ny fahotana aloha dia fanalam-baraka an'Andriamanitra, fahatapahan'ny fiombonana Aminy, ary koa mitera-pahavoazana eo amin'ny fiombonana amin'ny Fiangonana. Izany no antony mahatonga ny fibebahana hanolotra indray miaraka ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra sy ny fampihavanana amin'ny Fiangonana, izay ny sakramentan'ny Fivalozana sy ny Fampihavanana no maneho sy manatanteraka izany ara-litorzia¹.

Andriamanitra irery ihany no mamela ny fahotana

270,431 1441. Andriamanitra irery ihany no mamela ny fahotana rehetra². Satria i Jesoa dia Zanak'Andriamanitra, koa dia Izy ihany no milaza ny amin'ny Tenany : “Ny Zanak'Oloha manana fahefana ety an-tany hanafaka ny fahotana” (Mk 2,10) ary mampiasa izany fahefan'Andriamanitra izany Izy : “Voavela ny helokao !” (Mk 2,5)³. Fa indrindra : noho ny fahefana maha-Andriamanitra Azy, dia omeny ny olona io fahefana io⁴ mba hampiasan'izy ireo izany amin'ny anarany.

983 1442. Sitrak'i Kristy raha ny Fiangonany manontolo, ao amin'ny fivavahany sy ny fiainany ary ny asa amam-pitondran-tenany, no ho famantarana sy fitaovan'ny famelan-keloka sy fampihavanana izay nampahazoany antsika noho ny rany. Nankininy tamin'ny andraiki-panompoana apôstôlika anefa ny fampiasana ny fahefana amin'ny famotsoran-keloka. Izy io no nampiantraiketina ny “andraiki-panompoana amin'ny fampihavanana” (2 Kôr 5,18). Nirahina “amin'ny anaran'i Kristy” ny apôstôly, ary ny Tenan' Izy Andriamanitra mihitsy, amin'ny alalany, no mamporisika sy mitalaho hoe : “Meteza ianareo hihavana amin' Andriamanitra” (2 Kôr 5,20).

Fampihavanana amin'ny Fiangonana

545 1443. Nandritra ny fiainany ampahibemaso, tsy namela ny fahotana fotsiny i Jesoa, fa nampiseho koa ny vokatr'io famelana io : nampiditra indray ny mpanota voavela heloka ho ao amin'ny fiombonan'ny Vahoakan' Andriamanitra Izy, izay ny fahotana no nampanalavitra azy ireo na nandroaka azy ireo tao mihitsy aza. Famantarana mampitolagaga ny nataon'i Jesoa tamin'ny nandraisany ny mpanota ho teo amin'ny latabany,

¹ jer. FF 11.

² jer. Mk 2,7.

³ jer. Lk 7,48.

⁴ jer. Jo 20,21-23.

vaio mainka koa, ny niarahan'ny Tenany mihitsy nisakafo tamin'izy ireo, fihetsika izay maneho indray miaraka amin'ny fomba mampangitakitaka ny famindram-pon'Andriamanitra¹ sy ny fiverenana eo anivon'ny Vahoakan'Andriamanitra².

1444. Tamin'ny nanomezan'ny Tompo ny anjara fahefan'ny Tenany manokana hamela ny fahotana, ho an'ny apôstôly, no nanomezany azy ireo koa ny fahefana hampihavana ny mpanota amin'ny Fiangonana. Izany halehiben'ny lahasan'izy ireo momba ny Fiangonana izany dia voambara indrindra tamin'ny teny manetriketrika nataon'i Kristy tamin'i Simôna Piera hoe : "Homeko anao ny fanalahidin'ny Fanjakan'ny lanitra ; izay rehetra hofehezinao eto an-tany dia ho voafehy any an-danitra, ary izay rehetra hovahanao eto an-tany dia ho voavaha any an-danitra" (Mt 16,19). "Izany adidy aman'andraikitra iray ihany hamehy sy hamaha izay nomena an'i Piera izany dia nomena koa ho an'ny fiombonam-piadian'ireo apôstôly miray amin'ny filohan'izy ireo (Mt 18,18 ; 28,16-20)"³. 981

1445. Ny teny hoe *mamehy* sy *mamaha* dia midika hoe : ilay izay horoahinareo tsy ho ao amin'ny fiombonanareo, dia ho voaroaka tsy ho ao amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra ; ilay izay horaisinareo indray ho ao amin'ny fiombonanareo, dia horaisin'Andriamanitra koa ho ao amin'ny Azy. *Tsy azo sarahina amin'ny fampihavanana amin'Andriamanitra ny fampihavanana amin'ny Fiangonana.* 553

Ny sakramentan'ny famelan-keloka

1446. Nanorina ny sakramentan'ny Fivalozana i Kristy ho an'ny rantsambatany rehetra mpanota, rantsambatan'ny Fiangonany, indrindra moa ho an'ireo izay latsaka tao anatin'ny fahotana lehibe sy namery ny fahasoavan'ny Batemy tamin'izany ary nandratra ny fiombonam-piangonana, taorian'ny Batemy. Ho azy ireo no anoloran'ny sakramentan'ny Fivalozana ny fahafahana vaovao hibebaka sy hahazo indray ny fahasoavampanamarinana. Ny Aban'ny Fiangonana dia mampiseho ity sakramenta ity ho "ody faty faharoa [mahavonjy] taorian'ny faharendrehana, izay tsy inona fa ny fahaverezan'ny fahasoavana"⁴. 979 1856 1990

1447. Nandritra ny taonjato nifandimby, ny endrika azo tsapain-tanana, araka ny nampiasan'ny Fiangonana io fahefana noraisina avy amin'ny Tompo io, dia niovaova be ihany. Nandritra ny taonjato voalohandohany, ny fampihavanana ny kristianina izay nanao fahotana, indrindra ny fahotana lehibe taorian'ny

¹ jer. Lk 15.

² jer. Lk 19,9.

³ FF 22.

⁴ Kôns. Trente : DS 1542 ; jer. Tertullien, paen. 4,2.

Batemin'izy ireo (ohatra : ny fanompoan-tsampy, ny famonoan'olona na ny fanitsakitsaham-bady), dia nifamatotra tamin'ny fitsipi-pifehezana henjana dia henjana, izay tamin'izany no tsy maintsy nanaovan'ny mpivalo fivalozana ampahibemaso noho ny fahotan'izy ireo, matetika nandritra ny taona maro, talohan'ny nandraisana ny fampihavanana. Amin'izany “laharan'ny mpivalo” izany (izay tsy nahakasika afa-tsy ny fahotana lehibe sasany), indraindray tadiavina vao voaray, ary tany amin'ny faritra sasany, indray maka teo amin'ny fiainany. Tamin'ny taonjato faha-7, nisintona tsirin-kevitra avy tamin'ny lovam-panahin'ny mpitoka-monina tany Atsinanana, ireo misiõnera tany Irlande, ka nentin'izy ireo tany amin'ny kôntinanta eorôpeanina ny fanao “voatokana” momba ny fivalozana izay tsy mitaky ny tsanganasa fivalozana tanterahina ampahibemaso sy mitohy maharitra, alohan'ny handraisana ny fampihavanana amin'ny Fiangonana. Nanomboka tamin'izay, tanteraka tamin'ny fomba mifaina kokoa teo amin'ny mpivalo sy ny Pretra ny sakramenta. Io fanao vaovao io dia nitsinjo ny fahazoa-mamerimberina ary nanokatra tamin'izany ny lalana ho amin'ny fifaneraserana mitohy amin'io sakramenta io. Nahafahana nampiditra manontolo ao anatin'ny fankalazana ara-tsakramenta tokana ihany ny famelana ny fahotana lehibe sy ny fahotana madinika izany. Amin'ny fanarahana ny sori-dalana lehibe no anatanterahan'ny Fiangonana io endri-pivalozana io hatramin'izao androntsika izao.

1448. Tamin'ny alalan'ny fiovaovàna izay nodiavin'ny fitsipika sy ny fankalazana an'ity sakramenta ity nandritra ny taonjato nifandimby, no nanavahana ny *rafitra fototra* iray ihany tsy miova. Manana singafototra anankiroa samy ilaina izy ; etsy an-daniny, ny asan'ny olona izay mibebaka eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina : izany hoe ny fanenenana, ny fiekena ary ny fanonerana ; etsy an-kilany, ny asan'Andriamanitra amin'ny fanelanelanan'ny Fiangonana. Ny Fiangonana izay amin'ny alalan'ny Eveka sy ny Pretrany no manome amin'ny anaran'i Jesoa-Kristy ny famelana ny fahotana sy mamaritra ny fombafomban'ny asa fanonerana, dia mivavaka koa ho an'ny mpanota ary mivalo miaraka aminy. Amin'izany ilay mpanota no sitrana sy tafaverina indray ao amin'ny fiombonam-piangonana.

1481 234 1449. Maneho ny singafototra tsy azo avela amin'ity sakramenta ity, ny rijantenany famotsoran-keloka fampiasa ao amin'ny Fiangonana latinina : ny Rain'ny famindram-po no loharanon'ny famelana rehetra. Izy no manatanteraka ny fampihavanana ny mpanota amin'ny alalan'ny Pakan'ny Zanany sy ny fanomezana ny Fanahiny, amin'ny alalan'ny vavaka sy ny andraiki-panompoan'ny Fiangonana :

Enga anie Andriamanitra Ray be indrafo namitram-pihavanana tamin'izao tontolo izao noho ny Zanany maty sy nitsangan-ko velona, ary nandrotsaka ny Fanahy Masina ho famelana ny fahotana, mba hamindra fo aminao sy hanome

fiadanana ho anao amin'ny alalan'ny Eglizy, ary izaho mamela ny fahotanao amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina¹.

VII. Ny asan'ny mpivalo

1450. “Ny Fivalozana no manery ny mpanota hanaiky an-tsitrapo ny singafototra rehetra amin'izany : ao am-pony, ny fanenenana ; amin'ny vavany, ny fiekena ny fahotana ; amin'ny fihetsiny, ny fanetren-tena feno tanteraka na fanonerana mitera-boka-tsoa”².

Ny fanenenana

1451. Ny fanenenana no loha laharana, amin'ireo asan'ny mpivalo. Ny fanenenana dia “alahelon'ny fo sy fankahalana ny fahotana natao, omban'ny fikasana mafy tsy hanota intsony amin'ny hoavy”³. 431

1452. Raha avy amin'ny fitiavana an'Andriamanitra tiana mihoatra noho ny zavatra rehetra ny fanenenana, dia antsoina hoe “lavorary” izy (fanenenana avy amin'ny fitiavana). Ny fanenenana toy izany dia mahafaka ny fahotana madinika ; ahazoana koa ny famelana ny fahotana mahafaty izy, raha manana fikasana mafy hidodododo araka izay azo atao amin'ny fikônfesena ara-tsakramenta⁴. 1822

1453. Ny fanenenana lazaina hoe “tsy lavorary” (na “fanenenana tsara antoniny”), dia fanomezan'Andriamanitra koa, tosi-kerim-pamporisikin' ny Fanahy Masina. Mipoitra avy amin'ny fiheverana ny haratsian'ny fahotana izy io, na avy amin'ny fahatahorana ny ho very mandrakizay sy ny sazy hafa izay mandrahona ny mpanota (fanenenana noho ny tahotra). Ny fikorontanan'ny kônsiantsy toy izany dia mety manampy ny fivoarana ao anaty izay ho tontosa eo ambany asan'ny fahasoavana, amin'ny alalan'ny famotsoran-keloka ara-tsakramenta. Raha amin'ny tenany ihany anefa, ny fanenenana tsy lavorary dia tsy hahazoana ny famelana ny fahotana lehibe, fa manomana ny hahazoana izany amin'ny sakramentan'ny Fivalozana⁵.

1454. Tsara ny manomana ny fandraisana an'ity sakramenta ity amin'ny *fandinihana* ny *kônsiantsy* atao eo ambany fahazavan'ny Tenin'Andriamanitra. Ny lahatsoratra sahaza indrindra amin'izany dia tadiavina ao amin'ny Didy folo sy ao amin'ny katesezy môraly araka ireo Evanjely sy ireo Taratasin'ny apôstôly : ny toriteny teo an-Tendrombohitra, ny fampianaran'ny apôstôly⁶.

¹ OP 46-55.

² Catech. R. 2,5,21 ; jer. Kôn. Trente : DS 1673.

³ Kôn. Trente : DS 1676.

⁴ jer. Kôn. Trente : DS 1677.

⁵ jer. Kôn. Trente : DS 1678 ; 1705.

⁶ jer. Rôm 12-15 ; 1 Kôr 12-13 ; Gal 5 ; Efez 4-6.

Fikônfesena ny fahotana

1455. Ny fikônfesena ny fahotana (fiekena), na amin'ny fomba fijery maha-olona
1424 tsootra fotsiny izao aza, dia manafaka antsika sy manamora ny
fihavanantsika amin'ny hafa. Amin'ny alalan'ny fiekena no ijeren'ny olona
eo anoloany ny fahotana izay nahameloka azy; izy no mizaka ny
1734 andraikitra amin'izany, ary amin'izany izy no misokatra indray amin'
Andriamanitra sy amin'ny fiombonam-piangonana mba hahatanteraka ny
hoavy vaovao.

1456. Ny fikônfesena ny fahotana amin'ny Pretra dia anisan'ny ampahany tsy
azo avela amin'ny sakramentan'ny Fivalozana : “Ny mpivalo, amin'ny
1855 alalan'ny kônfesy, dia tsy maintsy mitanisa ny fahotana mahafaty rehetra
izay tsaroany rahefa avy nandinin-tena tamim-pahamatorana izy, na dia
miafina tokoa azy ireny fahotana ireny, ary na dia tamin'ireo fitsipika
anankiroa farany amin'ny Didy folo ihany aza no nanaovana izany¹, satria
indraindray ireo fahotana ireo no mandratra mafy kokoa ny fanahy sy
mampidi-doza kokoa amin'ny fanaovana an'ireo ka fanta-bahoaka”² :

1505 Rahefa miezaka mikônfesy ny fahotana rehetra tadidiny ny mpinon'i Kristy,
dia tsy isalasalana fa ho atolony daholo amin'ny famelan'ny famindram-
pon'Andriamanitra ireny. Ireo izay manao hafa noho izany sy izay minia
manafina ny sasantsasany amin' ireny, dia tsy manolotra na inona na inona
amin'ny hatsaram-pon'Andriamanitra izay afaka mamela amin'ny alalan'ny
Pretra. Satria “raha menatra ny hampiseho ny feriny amin'ny mpitsabo ny
marary, dia tsy afaka hitsabo izay tsy fantany ny fitsaboana”³.

1457. Araka ny didin'ny Fiangonana, “ny mpino rehetra tonga amin'ny taona mahavory
2042 saina, dia tsy maintsy mikônfesy ny fahotana lehibe izay tsaroany, fara fahakeliny
indray maka isan-taona”⁴. Ilay izay mahatsiaro tena fa nanao fahotana mahafaty
1385 dia tsy mahazo mandray ny kômonio Masina, raha tsy efa nahazo ny famotsoran-
keloka ara-tsakramenta, na dia latsa-panenenana lalina aza izy⁵, raha tsy hoe misy
antony lehibe ny handraisany kômonio sy raha tsy mahita mpampikônfesy ho
hatonina izy⁶. Ny ankizy dia tsy maintsy mandray ny sakramentan'ny Fivalozana
alohan'ny handraisany voalohany ny kômonio Masina⁷.

1458. Na tsy hentitra aza ny ilana ny fikônfesena ny hadisoana isan'andro
(fahotana madinika), dia hafatrafaran'ny Fiangonana tokoa ny hanaovana

¹ jer. Eks 20,17 ; Mt 5,28.

² Kôns. Trente : DS 1680.

³ Kôns. Trente : DS 1680 ; jer. Md Jérôme, Eccl. 10,11.

⁴ Can. 989 ; jer. DS 1683, 1708.

⁵ jer. Kôns. Trente : DS 1647 ; 1661.

⁶ jer. CIC, can. 916 ; CCEO, can. 711.

⁷ jer. CIC, can. 914.

izany¹. Satria, ny mikônfesy matetika ny fahotana madinika no manampy antsika hanabe ny kônsiantsintika, hiady amin'ny fitongilanantsika amin'ny ratsy, hamela antsika hositrarin'i Kristy, handroso ao amin'ny fiainan'ny Fanahy. Ny fandraisana matetika kokoa ny fanomezan'ny Ray ny famindram-pony, amin'ny alalan'ity sakramenta ity, no mandrisika antsika ho mpamindra fo tahaka Azy² : 1783

Izay mikônfesy ny fahotany dia efa miasa miaraka amin' Andriamanitra. Miampanga ny fahotanao Andriamanitra ; ianao koa raha miampanga ireny fahotana nataonao ireny dia miray amin' Andriamanitra ianao. Moa va tsy toy ny fisiana anankiroa ny hoe olombelona sy ny hoe mpanota : rahefa maheno resaka momba ny olombelona ianao, dia Andriamanitra no nanao azy ; rahefa maheno resaka momba ny mpanota ianao, dia ny tenan'izy olombelona ihany no nanao izany. Ravao izay nataonao mba hamonjen'Andriamanitra izay nataony (...). Raha manomboka mankahala izay nataonao ianao, amin'izay no manomboka ny asa tsaranao, satria ianao miampanga ny asa ratsinao. Ny fiantombohan'ny asa tsara, dia ny fibabohana ny asa ratsy. Manao ny marina ianao ka manatona ny Fahazavana³. 2468

Ny fanonerana

1459. Maro ny fahotana mitera-pahavoazana ho an'ny namana. Tsy maintsy manao izay azao atao mba hanonerana izany (ohatra : mamerina ny zavatra nangalarina, manarina ny lazan'izay nendrikendrehina, mitsabo ny ratra). Mitaky izany ny fahamarinana tsotra. Kanefa ambonin'izany, ny fahotana dia mandratra sy mandreraka ny tenan'izy mpanota ihany, tahaka izany koa ny fifandraisany amin'Andriamanitra sy amin'ny namana. Manala ny fahotana ny famotsoran-keloka, saingy tsy ho voaveriny amin'ny laoniny daholo kosa ny korontana rehetra nateraky ny fahotana⁴. Rahefa tafarina tamin'ny fahotana ny mpanota dia mahazo indray ny fahasalamam-panahy tanteraka. Koa tsy maintsy manao zavatra mihoatra noho izany izy, mba hanonerana ny fahotany : tsy maintsy “manonitra” amin'ny fomba sahaza na “manarina” ny fahotany izy. Antsoina koa hoe “fivalozana” io fanonerana io. 1473

1460. Ny *fivalozana* izay andidian'ny mpampikônfesy dia tokony hoheverina amin'ny toerana manokana misy ny mpivalo ary tokony hikendry ny soa ho an'ny fanahiny. Tokony hifanentana araka izay azo atao amin'ny halehibe sy amin'ny karazan'ny fahotana natao izany. Mety ho fanatitra ao anatin'ny vavaka no anaovana izany, mety ho fanampiana ny namana amin'ny asa fiantrana, na fahafoizan-tena amin'ny fihafiana an-tsitrapo, ary indrindra 2447

¹ jer. Kôn. Trente : DS 1680 ; CIC, can. 988, § 2.

² jer. Lk 6,36.

³ Md Augustin, ev. Jo. 12,13.

⁴ jer. Kôn. Trente : DS 1712.

618 amin'ny fanekena amim-paharetana ny Hazofijaliana izay tsy maintsy hoentintsika. Manampy antsika hitovy endrika amin'i Kristy izay hany nanonitra indray mandeha monja ny fahotantsika¹ ny fivalozana tahaka izany. Manampy antsika koa ho tonga mpiara-mandova amin'i Kristy nitsangan-ko velona, "satria mijaly miaraka Aminy isika" (Rôm 8,17)² :

2011 Kanefa ny fanonerana ataontsika dia izay efaintsika ho an'ny fahotantsika, izay tsy misy afa-tsy avy amin'i Jesoa : isika, raha ny tenantsika amin'izao fotsiny, dia tsy mahefa na inona na inona, fa raha miaraka amin'ny fanampian' "Ilay izay mankahery antsika isika, dia mahavita ny zavatra rehetra"³. Araka izany, tsy misy na inona na inona hahafahan'ny olombelona manome voninahy-tena, fa ny "voninahitsika" rehetra dia ao amin'i Kristy (...) ao Aminy isika no manonitra, "amin'ny fanaovana asa mendrika vokatry ny fibebahana"⁴, izay ao Aminy no anovozan'izy ireny ny heriny, amin' ny Alalany no anolorana azy ireny amin'ny Ray ary noho Izy no aneken'ny Ray azy ireny⁵.

VIII. Ny mpandraharaha masina amin'ity sakramenta ity

981 1461.Satria nankinin'i Kristy tamin'ireo apôstôliny ny andraiki-panompoana amin'ny fampihavanana⁶, noho izany, ireo Eveka dimbin'izy ireo, sy ny Pretra mpiara-miasa amin'ny Eveka no manohy ny fampiasana io andraiki-panompoana io. Araka izany, ny Eveka sy ny Pretra, noho ny sakramentan'ny Filaharana, no manana ny fahefana hamela ny fahotana rehetra "amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina".

886 1462.Mampihavana amin'Andriamanitra ny famelana ny fahotana, nefa koa mampihavana amin'ny Fiangonana. Noho izany, rariny ny fiheverana hatramin'ny ela, ny Eveka, filoha hita maso eo amin'ny Fiangonana eo antoerana, ho manana voalohany indrindra ny fahefana sy ny andraiki-panompoana amin'ny fampihavanana : izy no mpanalefaka ny fitsipi-pifehezana momba ny fivalozana⁷. Ny Pretra, mpiara-miasa aminy, dia mampiasa izany araka izay nandraisan'izy ireo ny adidy aman'andraikitra momba izany na avy amin'ny Evekany (na avy amin'ny lehibem-pikambanan-dreljiozy), na avy amin'ny Papa, amin'ny alalan'ny lalànan'ny Fiangonana⁸.

¹ jer. Rôm 3,25 ; 1 Jo 2,1-2.

² jer. Kôns. Trente : DS 1690.

³ jer. Filip 4,13.

⁴ jer. Lk 3,8.

⁵ Kôns. Trente : DS 1691.

⁶ jer. Jo 20,23 ; 2 Kôr 5,18.

⁷ FF 26.

⁸ jer. CIC, can. 844 ; 967-969 ; 972 ; CCEO, can. 722 ; §§ 3-4.

1463. Misy ny fahotana sasany, indrindra ny heloka bevava, ampiarana ny sazy fanesorana tsy hanana anjara amin'ny Fiangonana, ilay famaizany amin'ny fomba henjana tokoa, izay misakana ny fandraisana sakramenta sy ny fanaovana asa sasantsasany ao amin'ny Fiangonana¹, ka ny famotsoran-keloka amin'izany, araka ny lalànan'ny Fiangonana, dia tsy azo omena afa-tsy avy amin'ny Papa, ny Eveka eo an-toerana na ny Pretra nahazo lalana avy amin'izy ireo². Saingy raha ambavahoanan'ny fahafatesana kosa, ny Pretra rehetra, na dia tsy manana ny fahazoana mampikônfesy aza, dia afaka mamela ny fahotana rehetra³ sy izay 982 rehetra fanesorana tsy hanana anjara amin'ny Fiangonana.

1464. Tokony hamporisika ny mpino ny Pretra handray ny sakramentan'ny Fivalozana ary tokony hampiseho fahavononana hankalaza io sakramenta io izy ireo isaky ny mangataka izany amin'ny fomba ara-drariny ny kristianina⁴.

1465. Amin'ny fankalazana ny sakramentan'ny Fivalozana, dia tanterahin'ny Pretra ny andraiki-panompoan'ilay Mpiandry ondry Tsara izay mitady ny 983 ondry very, ny an'ilay Samaritanina Tsara fanahy izay mitsabo ny fery, ny an'ilay Ray miandry ny Zanaka mpandany sy mandray azy amin'ny fiverenany, ny an'ilay mpitsara marina izay tsy mizaha tavan'olona, ka sady marina no feno indrafo ny fitsaràny. Raha fintinina, ny Pretra no famantarana sy fitaovan'ny fitiavana be famindram-pon'Andriamanitra ny mpanota.

1466. Tsy tompony ny mpampikônfesy fa mpanompo ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra. Mila miray saina sy miray fo amin'i Kristy ny 1551 mpandraharaha masina amin'ity sakramenta ity⁵. Mila manana fahalalana voasedra momba ny fihetsika amam-pitondran-tena kristianina izy, mila 2690 fahatsapana ny zavatra momba ny olombelona, mila mahay manaja sy manana fahalem-panahy amin'izay lavo ; tsy maintsy tia ny marina izy, tsy hivaona amin'ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana ary hitarika ny mpivalo amim-paharetana ho amin'ny fanasitranana sy ny fahamatorana feno. Tsy maintsy mivavaka izy ary manao asa fivalozana ho azy amin'ny fanankinana ny tenany amin'ny famindram-pon'ny Tompo.

1467. Amin'ny mahasaro-pady sy mahalehibe ity andraiki-panompoana ity sy ho fanajana atao amin'ny olona, dia ambaran'ny Fiangonana fa ny Pretra rehetra izay mampikônfesy dia voadidy tsy hamoaka ny tsiambaratelo 2490 rehetra mikasika ny fahotana izay nolazain'ny mpivalo taminy, raha tsy

¹ jer. CIC, can. 1331 ; CCEO, can. 1431 ; 1434.

² jer. CIC, can. 1354-1357 ; CCEO, can. 1420.

³ jer. CIC, can. 976 ; CCEO, can. 725.

⁴ jer. CIC, can. 986 ; CCEO, can. 735 ; RFP 13.

⁵ jer. RFP 13.

izany dia hiharan'ny sazy faran'izay henjana izy¹. Tsy azony atao mihitsy koa ny mampahalala ny olona, fa ny kônfesy no nahafantarana ny amin'ny fiainan'ilay mpivalo. Izany tsiambaratelo izany, izay tsy misy fanavahana, dia antsoina hoe “fitomboka ara-tsakramenta”, satria izay nahariharin'ny mpivalo tamin'ny Pretra dia mijanona ho “mihidy amin'ny fitomboka” amin'ny alalan'ny sakramenta.

IX.Ny vokatr'ity sakramenta ity

1468. “Ny vokatra rehetra amin'ny Fivalozana dia mifototra amin'ny fanarenana antsika ho ao anatin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy amin'ny fampiraisana antsika Aminy ao anatin'ny fihavanana tsara tokoa”². Ny *fampihavanana amin'Andriamanitra* izany, no tarigetra sy ny vokatr'ity sakramenta ity. Eo amin'ireo izay mandray ny sakramentan'ny Fivalozana amin'ny fo latsapanenenana sy ao anatin'ny toe-panahin'ny mpivavaka, dia “arahin'ny fiadanana sy ny filaminan'ny kônsiansy izany, sady ampian'ny fiononampanahy feno hery”³. Vokatra ateraky ny sakramentan'ny fampihavanana amin'Andriamanitra koa ny “fitsanganan-ko velona ara-panahy” marina tokoa, ny famerenana ny hasina sy ny hasoam-piainan'ny zanak'Andriamanitra, ka ny sarobidy indrindra amin'izany dia ny fihavanana amin'Andriamanitra⁴.

2305

1469. *Mampihavana antsika amin'ny Fiangonana* ity sakramenta ity. Ny fahotana no manambanga na manapaka ny fiombonana maha-mpiray tampo ara-pinoana. Ny sakramentan'ny Fivalozana no manonitra izany na manarina izany. Amin'io lafiny io, tsy manasitrana fotsiny an'ilay izay voaverina ao anatin'ny fiombonam-piangonana izy, fa mahazo koa ny vokatra mampody aina eo amin'ny fiainan'ny Fiangonana izay nijaly noho ny fahotan'ny anankiray amin'ny rantsambatany⁵. Ny mpanota, voaverina na nohamafisina ao anatin'ny fiombonan'ny olomasina, dia atanjahin'ny fifanakalozana harem-panahy eo amin'ny rantsambatana velona rehetra an'ny Vatan'i Kristy, na mbola eny an-dalam-pivahiniana izy ireo na efa any amin'ny tanindrazana any an-danitra⁶ :

953

949

Ilaina ny mampahatsiahy fa ny fampihavanana amin'Andriamanitra, dia azo lazaina ho toy ny vokatry ny fampihavanana hafa izay hitondra fanafody amin'ny fahatapahana hafa nateraky ny fahotana : ny mpivalo voavela heloka dia mihavana amin'ny tenany ihany ao amin'ny halalin'ny maha-olona azy, izay ao amin'izany izy no mahatafaverina ny fahamarinana anaty avy amin'ny

¹ CIC, can. 983-984 ; 1388, § 1 ; CCEO, can. 1456.

² Catech. R. 2,5,18.

³ Kôns. Trente : DS 1674.

⁴ jer. Lk 15,32.

⁵ jer. 1 Kôr 12,26.

⁶ jer. FF 48-50.

tenany ; mihavana amin'ny havana izay nalany baraka sy noratrainy tamin'ny fomba samihafa ; mihavana amin'ny Fiangonana ; mihavana amin'ny voary manontolo¹.

1470. Amin'ity sakramenta ity, ny fametrahana ny mpanota ny tenany amin'ny fitsaràna be indrafon'Andriamanitra, dia *manatanteraka mialoha*, amin'ny fomba azo antoka, ny *fitsaràna* izay hihatra aminy amin'ny faran'ity fiainana eto an-tany ity. Satria ankehitriny, amin'izao fiainana eto izao, no anolorana antsika ny safidy eo amin'ny fiainana sy ny fahafatesana, ary tsy misy afa-tsy amin'ny alalan'ny lalam-pibebahana no ahafahantsika miditra any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izay tsy hidiran'ny manam-pahotana lehibe². Ny fiverenana amin'i Kristy amin'ny alalan'ny fivalozana sy ny finoana, no hiampitan'ny mpanota avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana ary "tsy hohelohina amin'ny fitsaràna" izy (Jo 5,24). 678,1039

X. Ny endolzansy

1471. Ny fitambaram-pampianarana sy ny fampiasana ny endolzansy ao amin'ny Fiangonana dia mifamatotra mafy amin'ny vokatry ny sakramentan'ny Fivalozana.

Inona no atao hoe "endolzansy" ?

"Ny endolzansy dia ny famelana eo anatrehan'Andriamanitra ny sazy misy fetra vokatry ny fahotana izay efa voafafa ny fahadisoana, famelana izay azon'ny mpino tsara toe-panahy araka ny fepetra maromaro voafaritry, amin'ny alalan'ny asan'ny Fiangonana, izay amin'ny maha-mpizarazara ny fanavotana azy, dia mizara sy mampihatra amin'ny alalan'ny fahefany ny raki-panoneran'i Kristy sy ny olomasina"³.

"Ampahany na manontolo ny endolzansy, arakaraka ny anafahany ampahany na manontolo ny sazy misy fetra vokatry ny fahotana"⁴. "Ny mpino rehetra dia afaka mahazo ny endolzansy ho an'ny tenany ihany na manome izany ho an'ireo nodimandry"⁵.

Ny sazy noho ny fahotana

1472. Mba hahazoana ity fitambaram-pampianarana ity sy ity fanaon'ny Fiangonana ity, tsy maintsy fantarina fa *manana vokatra roa sosona* ny fahotana. Ny fahotana lehibe no manafonana ao amintsika ny fiombonana amin'Andriamanitra, ary amin'izany izy no mahatonga antsika tsy hahazo ny fiainana mandrakizay, ka izany 1861

¹ RP 31.

² Jer. 1 Kôr 5,11 ; Gal 5,19-21 ; Apôk 22,15.

³ Paoly VI, const. ap. "Indulgentiarum doctrina", Normae 1.

⁴ *Ibid.*, Normae 2.

⁵ CIC, can. 994.

1031 fanafoanana izany no antsoina hoe “sazy mandrakizay” vokatry ny fahotana. Etsy an-kilany, ny fahotana rehetra, na madinika aza, dia mitarika firaiaketam-po tsy mahasoa mampifikitra amin’ny zavaboary, izay ilàna fanadiovana, na eto an-tany, na aorian’ny fahafatesana, ao amin’ny toetra izay antsoina hoe Afofandiovana. Io fanadiovana io no manafaka ny amin’ily antsoina hoe “sazy misy fetra” vokatry ny fahotana. Ireo sazy roa ireo dia tsy tokony hoheverina ho karazana valifaty, famaizana ataon’Andriamanitra, fa tena avy amin’ny toetra maha-fahotana ny fahotana mihitsy. Ny fibebahana izay miandoha amin’ny fitiava-namana atao amin-kafanam-po dia mety ho tonga amin’ny fanadiovana tanteraka ny mpanota, hany ka tsy misy sazy haharitra na dia iray aza¹.

2447 1473. Ny famelana ny fahotana sy ny famerenana ny fiombonana amin’Andriamanitra no mitarika ny famelana ny sazy mandrakizay vokatry ny fahotana. Saingy mitoetra ihany ny sazy misy fetra vokatry ny fahotana. Tsy maintsy mikely aina ny kristianina, amin’ny fizakana amim-paharetana ny fijaliana sy ny fitsapan-toetra isan-karazany, ary, raha tonga ny andro, eo am-piatrehana amim-pitoniana ny fahafatesana, dia manaiky ireny sazy misy fetra vokatry ny fahotana ireny ho toy ny fahasoavana ; tsy maintsy milofo izy, amin’ny alalan’ny tsanganana fiantrana sy fitiava-namana, ary koa amin’ny alalan’ny vavaka sy ny asa fivalozana samihafa, hiendaka manontolo amin’ny “olona tranainy” ary mitafy “ny olom-baovao”².

Ao amin’ny fiombonan’ny olomasina

946-959 1474. Tsy manirery tsy akory ny kristianina izay miezaka hihamadio amin’ny fahotany sy hihamasina miaraka amin’ny fanampian’ny fahasoavan’Andriamanitra. “Ny fiainan’ny tsirairay amin’ny zanak’Andriamanitra dia mifamatotra amin’ny fomba mampitolagaga, ao amin’i Kristy sy amin’ny alalan’i Kristy, miaraka amin’ny fiainan’ny havana kristianina hafa rehetra, ao anatin’ny firaisana mihoatra ny natoraly amin’ny Vatana mistikan’i Kristy, toy ny ao amin’ny olona mistika iray”³.

1475. Ao amin’ny fiombonan’ny olomasina, “misy àry eo amin’ny samy mpino – ireo izay manana ny tanindrazana any an-danitra, ireo izay voaray hanonitra ao amin’ny afofandiovana na ireo izay mbola mivahiny eto an-tany – fatoram-pitiavana maharitra sy fifanakalozana be dia be amin’ny haren-tsoa rehetra”⁴. Amin’ izany fifanakalozana mampitolagaga izany, ny fahamasinan’ny anankiray dia mahasoa ireo hafa, mihoatra lavitra noho ny fahavoazana izay ny fahotan’ny anankiray no nahatonga izany tamin’ny hafa. Amin’izany, ny fangataham-bonjy amin’ny fiombonan’ny olomasina no ahafahan’ny mpanota latsa-panenenana ho voadio haingana kokoa sy amim-pomba mandaitra kokoa amin’ny sazim-pahotana.

1476. Ireny harem-panahy amin’ny fiombonan’ny olomasina ireny, antsointsika koa hoe *raki-tsarobidin’ny Fiangonana*, “izay tsy hoe fitambaran-karena tsy akory, araka izany ka hoe harena mivaingana, nangonina nandritra ny taonjato nifandimby, fa ny

¹ jer. Kôns. Trente : DS 1712-1713 ; 1820.

² jer. Efez 4,24.

³ Paoly VI, const. ap. "Indulgentiarum doctrina" 5.

⁴ *Ibid.*

vidy tsy manam-petra sy tsy mety ritra ananan'ny fanonerana sy ny fahamendrehan'i Kristy Tompotsika, eo akaikin'Andriamanitra, atolotra mba hanafahana ny olombelona amin'ny fahotana sy mba hampimbona azy amin'ny Ray. Ao amin'i Kristy Mpanavotra antsika izany no ahitana be dia be ny fanonerana sy ny fahamendrehana avy amin'ny fanavotany"¹. 617

1477.“Anisan'izany raki-tsarobidy izany koa ny valisoa tena tsy hita noanoa, tsy hita fetra sy vaovao lalandava, eo amin'Andriamanitra, ananan'ny vavaka sy ny asa soa ataon'i Maria Virjiny sambatra sy ny olomasina rehetra izay nanamasina ny tenan'izy ireo tamin'ny alalan'ny fahasovan'i Kristy teny am-panarahana ny diany, sy nanatanteraka ny tsanganasa mahafaly ny Ray, hany ka tamin'ny fiezahan'izy ireo hahazo ny famonjena, dia nifarimbona tamin'izany koa izy ireo mba hahazoan'ny mpiray tam-po ara-pinoana amin'izy ireo ny famonjena, ao amin'ny firaisan'ny Vatana mistika"². 969

Mahazo ny endolzansin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fiangonana

1478.Ny endolzansy dia azo amin'ny alalan'ny Fiangonana, izay noho ny fahefana mamehy sy mamaha nomen'i Kristy Jesoa azy, dia izy no manelanelana ho amin'ny tombon-tsoan'ny kristianina iray sy manokatra ho azy ny rakitry ny soa nataon'i Kristy sy ny olomasina, mba hahazoana avy amin'ny Rain'ny famindram-po ny famelana ny sazy misy fetra vokatry ny fahotany. Amin'izany, ny Fiangonana, tsy hoe te hanampy fotsiny an'io kristianina io, fa handrisika azy koa amin'ny tsanganasa fitiavam-bavaka, fivalozana ary fitiava-namana³. 981

1479.Satria ireo mpino nodimandry eo an-dalam-pandiovana dia anisan'io fiombonan'ny olomasina io ihany koa, ka afaka manampy azy ireo isika, singanina amin' izany ny fahazoana ho azy ireo ny endolzansy, hany ka ho afaka amin'ny sazy misy fetra vokatry ny fahotany izy ireo. 1032

XI. Ny fankalazana amin'ny sakramentan'ny Fivalozana

1480.Toy ny sakramenta rehetra, ny Fivalozana dia asa litorzika. Toy izao avy araka ny mahazatra ny singafototry ny fankalazana : fiarahabana sy tsodranon'ny Pretra, famakiana ny Tenin'Andriamanitra mba hanazava ny kônsiansy sy hahatonga fanenenana, sy fampirisihana ho amin'ny fibebahana ; fikônfesena izay iekena ny fahotana sy anambaràna izany amin'ny Pretra ; fanomezana sy fandraisana ny asa fivalozana ; famotsoran-keloka omen'ny Pretra ; teny fisaorana an'Andriamanitra sy fanirahana miaraka amin'ny tsodranon'ny Pretra.

¹ *Ibid.*

² *Ibid.*

³ jer. Paoly VI, *loc. cit.* 8 ; Kôns. Trente : DS 1835.

1481. Ny litorzia bizantinina dia manana rijan-teny maro famotsoran-keloka, amin'ny
1449 endrika fitalahoana, izay mampiseho amin'ny fomba mampitolagaga ny
misterin'ny famelana : “Enga anie Andriamanitra, izay tamin'ny alalan'i Natàna
mpaminany, namela an'i Davida fony izy niaiky ny fahotan'ny tenany, sy tamin'i
Piera fony izy nitomany tamin'alahelo, sy tamin'ilay vehivavy janga fony izy
nandrotsaka ny ranomasony teo an-tongony, sy tamin'ilay Poblkanina, sy
tamin'ilay zaza mpandany, dia io Andriamanitra io ihany no hamela anao amin'ny
alalan'ny tenako mpanota, amin'ity fiainana ity sy any an-koatra, ary Izy anie
hampanatrika anao amin'ny fitsaràna nefa tsy hanameloka anao amin'ny tribonaly
mampatahotra. Izy izay ankalazaina amin'ny taona rehetra mandrakizay. Amen”¹.

1482. Ny sakramentan'ny Fivalozana dia azo atao koa ao anatin'ny sehatry ny
fankalazana iombonana izay amin'izany no iarahana miomana amin'ny kônfesy sy
iarahana misaotra noho ny famelana azo. Eto, ny fieken'ny olona tsirairay ny
fahotany sy ny famotsoran-keloka ho an'ny isam-batan'olona dia tafiditra ao
anatin'ny litorzian'ny Tenin'Andriamanitra, miaraka amin'ny vakiteny sy ny
toriteny, ny fandinihana ny kônsiansy atao miaraka, ny fangatahana iombonana ho
amin'ny famelana, ny vavaka Rainay ary ny fisaorana iombonana. Ity fankalazana
iombonana ity dia mampiseho mazavazava kokoa ny toetra manokana an'ny
fivalozana araka ny Fiangonana. Kanefa na manao ahoana na manao ahoana ny
1140 fomba fankalazana azy, ny sakramentan'ny Fivalozana, araka ny fombany, dia asa
litorzika lalandava, ka noho izany asan'ny Fiangonana sy asan'ny vahoaka².

1483. Amin'ny toe-javatra mahalatsaka an-katerena dia azo atao ny midodododo ho
1401 amin'ny *fankalazana iombonana amin'ny fampihavanana miaraka amin'ny kônfesy
mitamba-be* sy ny *famotsorana mitamba-be*. Mety hiseho ny mahalatsaka an-
katerena raha misy loza mananontanona mety mahafaty, kanefa tsy manana fotoana
ampy hihainoana ny fikônfesen'ny mpivalo tsirairay ny Pretra iray na Pretra maro.
Mety ho toy izao koa ny mahalatsaka an-katerena, raha heverina amin'ny isan'ny
mpivalo ka tsy ampy ny mpampikônfesy mba hihainoana ara-dalàna ny
fikônfesen'ny olona tsirairay ao anatin'ny fotoana saha izany, hany ka ny
mpivalo dia ho hita fa tsy hanana ny fahasoavana ara-tsakramenta na ny kômonio
masina mandritra ny fotoana lava, izay tsy fahadisoana avy amin'izy ireo no
nahatonga izany. Amin'io toe-javatra io, ny mpino, mba hampanan-kery ny
famotsoran-keloka, dia tsy maintsy manana fikasana hikônfesy mitokana ny
fahotany lehibe amin'ny fotoana mahamety izany³. Anjaran'ny Eveka mitondra ny
diôsezy no manapaka raha mitombina ny fepetra ilaina ho amin'ny famotsoran-
keloka mitamba-be⁴. Ny fahabetsahan'ny mpino tonga hamonjy ny fety lehibe na
ny fivahiniana masina, dia tsy anisan'ny toe-javatra mahalatsaka an-katerena⁵.

1484. “Ny fikônfesen'ny tsirairay ny fahotana manontolo arahina famotsoran-
keloka dia maharitra ho hany fomba fanao andavanandro izay amin'izany

¹ Euxologie tò mèga.

² jer. L 26-27.

³ jer. CIC, can. 962, § 1.

⁴ jer. CIC, can. 961, § 2.

⁵ jer. CIC, can. 961, § 1,2.

no ihavanan'ny mpino amin'Andriamanitra sy amin'ny Fiangonana, afa-tsy raha misy tsy fahazoa-manatanteraka ara-batana na ara-tsaina manafaka amin'ny fikônfesena toy izany”¹. Antony lalina no azo anafahana amin' izany. Miasa ao amin'ny tsirairay amin'ny sakramenta i Kristy. Miteny manokana amin'ny tsirairay amin'ny mpanota Izy hoe : “Anaka, voavela ny helokao” (Mk 2,5) ; Izy no mpitsabo izay miondrika eo amin'ny tsirairay amin'ireo marary izay mila Azy² mba hanasitrana azy ireo ; Izy no manarina azy ireo sy mamerina manontolo azy ireo indray ao anatin'ny fiombonam-pirahalaliana. Ny fikônfesen'ny olona manokana àry izany no endrika mampibaribary indrindra ny fampihavanana amin'Andriamanitra sy amin'ny Fiangonana. 878

FAMINTINANA

1485. *“Ny harivan'ny Paka, niseho tamin'ny apôstôliny i Jesoa Tompo, ary nilaza tamin'izy ireo hoe : "Raiso ny Fanahy Masina. Ireo izay havelanareo fahotana, dia ho voavela. Ireo izay ho tananareo amin' izany, dia ho voatana" ” (Jo 20,22-23).*
1486. *Ny famelana ny fahotana natao taorian'ny Batemy dia omena amin'ny alalan'ny sakramenta manokana antsoina hoe : sakramentan'ny fibebahana, fibabohana, Fivalozana na Fampihavanana.*
1487. *Izay manota dia manala baraka an'Andriamanitra sy ny fitiavany, manimba ny hasina maha-olona azy voantso ho zanak' Andriamanitra sy ny fiadanam-panahin'ny Fiangonana izay ny kristianina tsirairay no tsy maintsy ho vato velona.*
1488. *Amin'ny maso ara-pinoana, tsy misy zava-doza na iray aza mihoatra noho ny fahotana ary tsy misy voka-dratsy mahatsiravina noho izay aterany amin'ny tenan'izy mpanota ihany, amin'ny Fiangonana, ary amin'izao tontolo rehetra izao.*
1489. *Ny miverina indray amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra taorian'ny nahaverezan'izany noho ny fahotana, dia fihetsika ateraky ny fahasovan' Andriamanitra feno indrafo sy miahny ny famonjena ny olombelona. Tokony hangatahina ho an'ny tena ihany tahaka ny ho an'ny hafa izany fanomezana sarobidy izany.*
1490. *Ny fandehanana miverina amin'Andriamanitra, antsoina hoe fibebahana sy fanenenana, dia mirakitra alahelo mafy sy rikoriko noho ny fahotana natao, ary fikasana mafy tsy hanota intsony amin'ny hoavy. Mahakasika ny*

¹ OP 31.

² jer. Mk 2,17.

lasa sy ny hoavy àry izany ny fibebahana ; ny fanantenana ny famindrampon'Andriamanitra no ivelomany.

1491. *Ny sakramentan'ny Fivalozana dia miorina amin'ny asa telo ataon'ny mpivalo, sy amin'ny famelan-keloka omen'ny Pretra. Ny asa ataon'ny mpivalo dia : ny fanenenana, ny fikônfesena na filazana ny fahotana amin'ny Pretra ary ny fikasana hanatanteraka ny fanonerana sy ny tsanganasam-panonerana.*
1492. *Ny fanenenana (antsoina koa hoe alahelon'ny fo noho ny ratsy natao tamin'Andriamanitra) dia tsy maintsy ho avy amin'ny antony ara-pinoana. Raha noho ny fitiavana an'Andriamanitra no ahatsapana ilay fanenenana, dia atao hoe “lavorary” izany ; raha noho ny antony hafa kosa no iorenany, dia antsoina hoe “tsy lavorary” izany.*
1493. *Ilay izay maniry hahazo ny fampihavanana amin'Andriamanitra sy amin'ny Fiangonana, dia tsy maintsy mikônfesy amin'ny Pretra ny fahotana lehibe rehetra izay tsy mbola nikônfeseny ka tsaroany amin'ny fandinihany amim-pitandremana ny kônsiasiny. Na dia tsy ilaina loatra aza ny fikônfesena ny fahotana madinika, dia ampirisihan'ny Fiangonana ny fanaovana izany.*
1494. *Manome hevitra ny mpivalo ny mpampikônfesy amin'ny fanatanterahana ny sasantsasany amin'ny asa “fanonerana” na “fivalozana” mba hanonerana ny voka-dratsy nafitsoky ny fahotana sy mba hanarenana indray ny fanao tsara mahazatra ny mpianatr'i Kristy.*
1495. *Ny Pretra izay hany nahazo tamin'ny manam-pahefan'ny Fiangonana ny fahefana hamotsotra heloka no afaka mamela ny fahotana amin'ny Anaran'i Kristy.*
1496. *Ny vokatra ara-panahy azo avy amin'ny sakramentan'ny Fivalozana, dia :*
- ny fihavanana amin'Andriamanitra izay amin'ny alalan'izany no ahazoan'ny mpivalo indray ny fahasoavana ;*
 - ny fihavanana amin'ny Fiangonana ;*
 - ny famelana ny sazy mandrakizay vokatry ny fahotana mahafaty ;*
 - ny famelana, na dia ampahany ihany aza, ny sazy misy fetra vokatry ny fahotana ;*
 - ny fiadanana sy ny fahatonian'ny kônsiansy, ary ny fiononam-panahy ;*
 - ny fitombon'ny herin'ny fanahy hiatrehana ny adim-piainana kristianina.*

1497. *Ny fikônfesen'ny tsirairay ny fahotana lehibe manontolo, arahin'ny famotsoran-keloka, dia maharitra ho hany fomba fanao andavanandro amin'ny fampihavanana amin'Andriamanitra sy amin'ny Fiangonana.*

1498. *Amin'ny alalan'ny endolanzany no ahafahan'ny mpino mahazo ho an'ny tenany ihany, ary koa ho an'ny fanahy ao amin'ny Afofandiovana, ny famelana ny sazy misy fetra vokatry ny fahotana.*

ANDALANA 5

Ny fanosorana ny marary

1499. “Amin'ny fanosorana diloilo masina ny marary sy ny vavaky ny Pretra no anankinan'ny Fiangonana manontolo amin'ny Tompo nijaly sy nomem-boninahitra ireo marary, mba hanamaivana ny aretin'izy ireo sy hamonjy azy ireo ny Tompo ; vao mainka tsara koa aza ny amporisihin'ny Fiangonana azy ireo, hanakambana amin-kalalahana ny fijalian'izy ireo amin'ny fijaliana sy ny fahafatesan'i Kristy ho fandraisan'izy ireo anjara amin'ny fanasoavana ny Vahoakan'Andriamanitra”¹.

I. Fiorenany ao amin'ny fitantanam-pamonjena

Ny aretina eo amin'ny fiainan'olombelona.

1500. Anisan'ireo olana lehibe indrindra mandrakariva, izay mampijaly ny fiainan'olombelona, ny aretina sy ny fijaliana. Amin'ny aretina no hahatsapan'ny olombelona ny tsy fahampian'ny heriny, ny fetrany ary ny maha-misy farany azy. Mety ahatarafantsika ny fahafatesana ny aretina 1006 rehetra.

1501. Mety hitondra amin'ny tebiteby mafy, amin'ny fiforetana ao amin'ny tena ihany, indraindray aza amin'ny famoizam-po sy amin'ny fikomiana amin'Andriamanitra ny aretina. Mety koa hahatonga ny olona ho matomatotra kokoa ny aretina, hanampy azy handanjalanja eo amin'ny fiainany amin'izay tsy ilaina, mba hitodihany mankany amin'izay ilaina. Matetika tokoa, mahatonga hitady an'Andriamanitra sy hiverina Aminy ny aretina.

Ny marary eo anoloan'Andriamanitra

1502. Niaina ny aretina teo anatrehan'Andriamanitra ny olon'ny Testamenta Taloha. Eo anoloan'Andriamanitra no atosany ny fitarainany noho ny

¹ FF 11.

164
376

aretina¹, ary Aminy, ilay Tompon'ny fiainana sy ny fahafatesana no italoahoany ny fahasitranana². Tonga lalam-pibebahana ny aretina³ ary ny famelan'Andriamanitra no misantatra ny fahasitranana⁴. Nahatsapa tamim-pahazarana i Israely fa ny aretina, amin'ny fomba mystery, dia mifandray amin'ny fahotana sy ny ratsy, ary ny tsy fivadihana amin' Andriamanitra, araka ny lalàny, no mamerina ny fiainana : “Satria Izaho Tompo, no mpitsabonao” (Eks 15,26). Tsinjon'ny mpaminany fa ny fijaliana dia mety koa hanana hevi-panavotana amin'ny fahotany hafa⁵. Farany, lazain'i Izaia fa Andriamanitra hanome fotoana ho an'i Siôna, izay hamelany ny fahadisoana rehetra sy hanasitranany ny aretina rehetra⁶.

I Kristy-mpitsabo

1503.Ny fangorahan'i Kristy ny marary sy ny fanasitranany ny rofy maro isan-
549 karazany⁷ no famantarana mampitolagaga ny amin'ny “namangian' Andriamanitra ny vahoakany” (Lk 7,16) ary efa akaiky tokoa ny Fanjakan' Andriamanitra. Tsy hoe manana fahefana hanasitrana fotsiny i Jesoa, fa hamela ny fahotana koa⁸ : tonga Izy hanasitrana ny olona manontolo,
1421 fanahy sy vatana ; Izy no ilay mpitsabo ilain'ny marary⁹. Lasa lavitra kokoa ny fangorahany an'ireo mijaly izay nakany ny endrik'izy ireo: “Narary Aho, novangianareo” (Mt 25,36). Ny tombom-pitiavany an'ireo farofy dia
2288 tsy mitsahatra, mandritra ny taonjato mifandimby, manaitaitra ny kristianina amin'ny fikarakarana manokana an'ireo izay mijaly amin'ny vatan'izy ireo sy amin'ny fanahin'izy ireo. Ny fangorahan'i Kristy no niandohan'ny ezaka tsy mety sasatra mba hanamaivana azy ireny.

1504.Matetika i Jesoa no mangataka amin'ireo marary mba hino¹⁰. Mampiasa famantarana Izy mba hanasitranana : rora sy fametrahan-tanana¹¹, fotaka sy fanasana¹². Mitady hanendry Azy ny marary¹³ satria “nisy hery niala Taminy ka nahasitrana azy rehetra” (Lk 6,19). Araka izany, amin'ny sakramenta, manohy “mikasika” antsika i Kristy mba hanasitrana antsika.

695,1116

¹ jer. Sal 38.

² jer. Sal 6,3 ; Iz 38.

³ jer. Sal 38,5 ; 39,9.12.

⁴ jer. Sal 32,5 ; 107,20 ; Mk 2,5-12.

⁵ jer. Iz 53,11.

⁶ jer. Iz 33,24.

⁷ jer. Mt 4,24.

⁸ jer. Mk 2,5-12.

⁹ jer. Mk 2,17.

¹⁰ jer. Mk 5,34.36 ; 9,23.

¹¹ jer. Mk 7,32-36 ; 8,22-25.

¹² jer. Jo 9,6-15.

¹³ jer. Mk 1,41 ; 3,10 ; 6,56.

1505. Tohina noho ny fijaliana maro i Kristy, ka tsy nanaiky fotsiny hokasihin' ny marary, fa noraisiny ho Azy ny fahorian'izy ireo : “Naka ny rofintsika Izy sy nitondra ny aretintsika” (Mt 8,17)¹. Tsy izay marary rehetra dia nositrany avokoa. Ireo fanasitranany dia famantarana ny fahatongavan' ny Fanjakan'Andriamanitra. Manambara fanasitranana hatrany ifotony ireny :
ny fandresena ny fahotana sy ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny Pakany. 440
Teo amin'ny Hazofijaliana no nandraisan'i Kristy tao Aminy ny vesatra manontolo ny ratsy² sy nanalany “ny fahotan'izao tontolo izao” (Jo 1,29), ka ny aretina dia tsy inona fa vokany ihany. Tamin'ny alalan' ny fijaliany sy ny fahafatesany teo amin'ny Hazofijaliana i Kristy no nanome dikany vaovao ny fijaliana : nanomboka teo afaka mampifanahaka antsika Aminy 307
sy manakambana antsika amin'ny fijalianam-panavotany izany.

“Sitrano ny marary...”

1506. Asain'i Kristy hanaraka Azy ny mpianany amin'ny fitondran'izy ireo ny Hazofijalian'izy ireo³. Amin'ny fanarahana Azy, nahazo fijery vaovao momba ny aretina sy ny marary izy ireo. Nampiraisin'i Jesoa tamin'ny fiainany mahantra sy mpanompo izy ireo. Nampandraisany anjara amin'ny andraiki-panompoan'ny fangorahany sy ny fanasitranany izy ireo :
“Nandeha izy ireo ka nitory fa tsy maintsy mibebaka ny olona ; ary nandroaka demony maro izy ireo, sy nanosotra diloilo ny marary betsaka sy nanasitrana azy ireo” (Mk 6,12-13). 859

1507. Havaozin'ny Tompo nitsangan-ko velona izany fanirahana izany (“Amin' ny anarako” [...] hametra-tanana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny” : Mk 16,17-18) ary hamafisiny izany amin'ny alalan'ny famantarana izay tanterahin'ny Fiangonana amin'ny fiantsoana ny anarany⁴. Ireny famantarana ireny no mampiseho amin'ny fomba manokana fa
“Andriamanitra mamonjy”⁵ marina tokoa i Jesoa. 430

1508. Omen'ny Fanahy Masina amin'ny olona sasany ny fanomezam-pahasoavana manokana hanasitrana⁶, mba hanehoana ny herin'ny fahasoavan'Ilay nitsangan-ko velona. Na dia ny vavaka mafy indrindra aza anefa tsy voatery hahazoana ny fanasitranana ny aretina. Arak'izany, voatery nianatra tamin'ny Tompo i Md Paoly fa “ampy ho anao ny fahasoavako : satria ao amin'ny halemeko no isehoan'ny heriko” (2 Kôr 12,9), sady amin'ny fijaliana iaretana no mety ahazoana ny dikan'ny hoe : 618

¹ jer. Iz 53,4.

² jer. Iz 53,4-6.

³ jer. Mt 10,38.

⁴ jer. Asa 9,34 ; 14,3.

⁵ jer. Mt 1,21 ; Asa 4,12.

⁶ jer. 1 Kôr 12,9.28.30.

“fenoiko ao amin’ny nofoko izay tsy ampy amin’ny fahorian’i Kristy ho an’ny Tenany izay ny Fiangonana” (Kôl 1,24).

1509. “Sitrano ny marary !” (Mt 10,8). Noraisin’ny Fiangonana tamin’ny Tompo io fiadidiana io, ary ezahiny tanterahina, na amin’ny alalan’ny fitsaboana ataony amin’ny marary, na amin’ny alalan’ny vavaka fitalahoana izay anotronany azy ireo. Inoany ny fisiana maha-eo an’i Kristy mamelombelon’aina, mpitsabo ny fanahy sy ny vatana, amin’io fiadidiana io. Io fisiana maha-eo io dia miasa indrindra amin’ny alalan’ny sakramenta, sy amin’ny fomba tena manokana amin’ny alalan’ny Eokaristia, mofo izay manome ny fiainana mandrakizay¹, ary i Md Paoly dia nanisika ny fifamatorany amin’ny fahasalamam-batana².

1405

1510. Kanefa, fantatry ny Fiangonana apôstôlika fa nisy ny fombam-pivavahana manokana ho an’ny marary, izay noporofoin’i Md Jakôba : “Misy marary ve ao aminareo ? Aoka izy hampiantso ny Pretran’ny Fiangonana ary aoka ireo no hivavaka ho azy, rahefa voahosotra diloilo amin’ny anaran’ny Tompo izy. Ny vavaka atao amim-pinoana, hamonjy ny marary, ary hanamaivana ny rofiny ny Tompo. Raha nanota izy, dia havelan’ny Tompo” (Jak 5,14-15). Ny Lovam-pampianarana dia manaiky marina an’io fombam-pivavahana io, ho anisan’ny iray amin’ireo sakramenta fito ao amin’ny Fiangonana³.

1117

Ny sakramentan’ny marary

1511. Mino sy miaiky ny Fiangonana fa amin’ireo sakramenta fito, misy sakramenta natokana indrindra hankaherezana ireo izay sedrain’ny aretina : ny fanosorana ny marary :

Ity fanosorana masina ny marary ity dia naorin’i Kristy Tompontosika ho sakramentan’ny Testamenta Vaovao, nolazaina marina sy araka ny tena izy, nasisik’i Md Marka⁴, nefa nohafatrafarana ho ataon’ny mpino ary nampiharinar’i Jakôba apôstôly sy rahalahin’ny Tompo⁵.

1512. Amin’ny lovam-panahy litorzika, na any amin’ny Tatsinanana izany na any amin’ny Tandrefana, dia ananana hatramin’ny fahagola ny filazan’ny vavolombelona momba ny fanosorana ny marary notanterahina tamin’ny diloilo voahasina. Nandritra ny taonjato nifandimby, nomena indrindra indrindra an’ireo izay nadiva ho faty ihany ny fanosorana ny marary. Noho izany antony izany no nahazoany ny anarana hoe “Fanosorana Farany”. Na teo aza io fivoarana io, tsy

¹ jer. Jo 6,55.59.

² jer. 1 Kôr 11,30.

³ jer. DS 216 ; 1324-1325 ; 1695-1696 ; 1716-1717.

⁴ jer. Mk 6,13.

⁵ Kôns. Trente : DS 1695 ; jer. Jak 5,14-15.

hadinon'ny litorzia na oviana na oviana ny mivavaka amin'ny Tompo mba hahazoan'ny marary fahasalamana indray raha saha azy famonjena azy izany¹.

1513. Ny lalàm-panorenana apôstôlika hoe : “Sacram unctionem infirmorum” (“Fanosorana masina ny marary”) tamin'ny 30 nôvambra 1972, taorian'ny Kônsilin'i Vatikana faharoa², dia nandraikitra, hatramin' izao, ao amin'ny fombam-pivavahana rômanina, fa tanterahina ity manaraka ity :

Ny sakramenta fanosorana ny marary dia omena an'ireo olona marary mafy efa ambavahoana, amin'ny fanosorana azy ireo eo amin'ny handrina sy eo amin'ny tanana amin'ny diloilo voahasina araka ny didy – menaka ôliva na menaka hafa avy amin'ny zavamaniry - amin'ny fitenenana indray maka hoe : “Noho izao fanosorana masina izao ary noho ny famindrampon'Andriamanitra be fitiavana dia enga anie Izy Tompo hanampy anao amin'ny fahasoavan'ny Fanahy Masina. Amin'izay, rahefa afa-pahotana ianao, dia hovonjen'ny Tompo sy hohamaivaniny fa mora fo Izy”³.

II. Iza no mandray ary iza no manome ity sakramenta ity ?

Raha misy marary mafy ...

1514. Ny fanosorana ny marary “dia tsy sakramentan'ireo izay efa ambavahoanan'ny fahafatesana ihany. Koa ny fotoana mety handraisana izany, dia tonga tokoa rahefa manomboka ho tandindomin-doazan'ny fahafatesana ny mpino noho ny aretina avy amin'ny fahosam-batana na ny fahanterana”⁴.

1515. Raha mahazo fahasitranana ny marary iray izay nandray ny fanosorana, azony atao ny mandray indray ity sakramenta ity, raha toa ka voan'ny aretina mafy indray. Mandritra io aretina iray io ihany, azo averina ity sakramenta ity raha mihombo ny aretina. Sahaza horaisina ny fanosorana ny marary, mialoha ny fandidiana lehibe. Tahaka izany koa ho an'ireo olona be taona izay mihamitombo ny faharefo.

“...aoka izy hampiantso ny Pretran'ny Fiangonana”

1516. Ny mpisorona ihany (Eveka sy Pretra) no mpandraharaha masina ny fanosorana ny marary⁵. Adidin'ny mpiandry ondry ny mampahalala ny mpino ny voka-tsoa azo amin'ity sakramenta ity. Aoka ny mpino handrisika ny marary hampiantso Pretra, mba handray ity sakramenta ity. Aoka ny

¹ jer. DS 1696.

² jer. L 73.

³ jer. CIC, can. 847, § 1.

⁴ L 73 ; jer. CIC, can. 1004, § 1 ; 1005 ; 1007 ; CCEO, can. 738.

⁵ jer. Kôns. Trente : DS 1697 ; 1719 ; CIC, can. 1003 ; CCEO, can. 739, § 1.

marary hanoman-tena mba handray izany ao anatin'ny toe-panahy tsara, miaraka amin'ny fanampian'ny mpitondra azy ireo sy ny ankohonam-piangonana manontolo izay nasaina hanotrona manokana ny marary amin'ny fivavahany sy amin'ny fikarakarany ny maha-mpiray tam-po arapinoana.

III. Ahoana ny fomba ankalazana ity sakramenta ity ?

1140 1517. Toy ny sakramenta rehetra, ny fanosorana ny marary dia fankalazana litorzika sy iombonana¹, na ao an-tokantrano, na ao amin'ny hôpitaly na ao am-piangonana, no anaovana izany, ho an'ny marary iray monja na ho an'ny vondrona marary iray manontolo. Tsara tokoa raha eo anivon'ny Eokaristia, tsangambato fahatsiarovana ny Pakan'ny Tompo, no ankalazana ity sakramenta ity. Tokony hialohavan'ny sakramentan' ny Fivalozana sy harahin'ny sakramentan'ny Eokaristia ny fankalazana azy, raha mitaky izany ny toe-javatra miseho. Ny Eokaristia, amin'ny maha-sakramentan'ny Pakan'i Kristy azy, no tokony ho sakramenta farany lalandava amin'ny fivahiniana eto an-tany, ho “vatsy masina” amin'ny “fiampitana” mankany amin'ny fiainana mandrakizay.

1518. Mirafitra ho iray tsy azo sarahina ny teny sy ny sakramenta. Ny litorzian'ny Teny, ialohavan'ny asa fivalozana, no manokatra ny fankalazana. Ny tenin'i Kristy sy ny teny vavolombelon'ny apôstôly, no mamohafoha ny finoan'ny marary sy ny ankohonam-piangonana mba hangataka amin'ny Tompo ny herin'ny Fanahiny.

1519. Ireto singafototra manaraka ireto no voalohany indrindra iompanan'ny fankalazana ity sakramenta ity : mametra-tanana – amim-panginana – amin'ilay marary ny Pretran'ny Fiangonana²; mivavaka eo amin'ilay marary izy, amin'ny finoan'ny Fiangonana³; izany no epikilezy manokana amin'ity sakramenta ity; ataony amin'izay ny fanosorana amin'ny diloilo voahasina, raha azo atao, voahasin'ny Eveka.

Ireo asa litorzika ireo dia mampiseho fa fahasoavana manao ahoana no omen'ity sakramenta ity ny marary.

IV. Ny vokatry ny fankalazana amin'ity sakramenta ity

733 1520. *Fanomezana manokana avy amin'ny Fanahy Masina.* Ny fahasoavana voalohany amin'ity sakramenta ity dia fahasoavam-piononana, fiadanana

¹ jer. L 27.

² jer. Jak 5,14.

³ jer. Jak 5,15.

ary herim-po mba handresena ny fahasahiranana mifanandrify amin'ny toetr'aretina mafy atahorana na ny faharefom-pahanterana. Izany fahasoavana izany dia fanomezan'ny Fanahy Masina izay manavao ny fitokiana sy ny finoana an'Andriamanitra ary manome hery hanoherana ny fakam-panahin'ilay ratsy, fakam-panahim-pahakiviana sy tebitebim-pahafatesana¹. Izany fanampian'ny Tompo amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahiny izany dia te hitondra ny marary ho amin'ny fahasitranam-panahy, nefa koa ho amin'ny fahasitranam-batana, raha izany no sitrapon'Andriamanitra². Afa-tsy izany, “raha nanota izy, dia havela ny fahotany” (Jak 5,15)³.

1521. *Fiombonana amin'ny fijalian'i Kristy*. Mahazo ny hery sy ny fanomezana hiombona lalindalina kokoa amin'ny fijalian'i Kristy ny marary, amin'ny fahasoavan'ity sakramenta ity : azo lazaina tsy amim-pisalasalana fa voamasina izy mba hamokatra noho ny fanahafana ny fijaliampanavotan'ny Mpamonjy. Mahazo hevitra vaovao ny fijaliana, izay takaitra navelan'ny fahotana tamin'ny fototra : manjary fandraisana anjara amin'ny tsanganasam-pamonjen'i Jesoa izany. 1535 1499

1522. *Fahasoavam-piangonana*. Ny marary izay mandray ity sakramenta ity, “ka manakambana izany an-tsitrabo amin'ny fijaliana sy ny fahafatesan'i Kristy”, dia manolotra “ny anjaran'izy ireo amin'ny fanasoavana ny Vahoakan'Andriamanitra”⁴. Rahefa mankalaza ity sakramenta ity ny Fiangonana, amin'ny fiombonan'ny olomasina, dia mitalaho ny soa ho an'ny marary. Ny anjaran'ny marary kosa, noho ny fahasoavan'ity sakramenta ity, dia ny manampy amin'ny fanamasinana ny Fiangonana sy amin'ny soa ho an'ny olombelona rehetra izay ho an'izany no ijalian'ny Fiangonana sy anolorany tena amin'Andriamanitra Ray, amin'ny alalan'i Kristy. 953

1523. *Fanomanana amin'ny fiampitana farany*. Raha omena an'ireo rehetra izay mijaly amin'ny aretina sy ny rofy mahery ny sakramenta Fanosorana ny marary, vao mainka homena an'ireo izay eo an-dalan'ny handao ity fiainana ity izy⁵, hany ka izany koa no iantsoana azy hoe *sacramentum exeuntium*⁶ (*sakramentan'ny miala aina*). Ny fanosorana ny marary no mamarana ny fanahafantsika amin'ny fahafatesana sy ny Fitsanganan'i Kristy ho velona, tahaka ny nanombohan'ny Batemy nanao izany. Izy no manapitra ny fanosorana masina izay manoritra ny fiainana kristianina manontolo ; ny 1020 1294

¹ jer. Heb 2,15.

² jer. Kôns. Florence : DS 1325.

³ jer. Kôns. Trente : DS 1717.

⁴ FF 11.

⁵ "In exitu vitae constituti" : Kôns. Trente : DS 1698.

⁶ *Ibid.*

an'ny Batemy no nanisy fitombo-kase ny fiainam-baovao ao amintsika ; ny an'ny Fankaherezana no mankahery antsika amin'ny ady amin'ity fiainana ity. Ity fanosorana farany ity no mamonona ny fiafaran'ny fiainantsika eto an-tany ho toy ny manda mafy orina hiatrehana ny tolona farany alohan'ny fidirana ao an-Tranon'ny Ray¹.

V.Ny Vatsy masina, sakramenta farany ho an'ny kristianina

1524. Ho an'ireo izay handao ity fiainana ity, dia atolotry ny Fiangonana ho fanampin'ny fanosorana ny marary, ny Eokaristia ho vatsy masina. Raha raisina amin'io fotoana hiampitana mankany amin'ny Ray io, ny kômonion'ny Vatana aman-dRan'i Kristy dia manana hevitra sy lanja manokana. Izy no voa mamoa ny fiainana mandrakizay sy herin'ny fitsanganan-ko velona, araka ny tenin'ny Tompo hoe : “Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana ny fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy ho velona amin'ny farandro” (Jo 6,55). Amin'ny maha-sakramentan'i Kristy maty sy nitsangan-ko velona azy, ny Eokaristia eto dia sakramentan'ny fiampitana avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana, avy eto amin'izao tontolo izao mankany amin'ny Ray².

1525. Amin'izany, tahaka ny sakramentan'ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Eokaristia mitambatra ho iray antsoina hoe “sakramentan'ny firosoana ho kristianina”, dia azo lazaina fa ny Fivalozana, ny Fanosorana Masina ary ny Eokaristia, amin'ny maha-vatsy masina an'ireo, dia mitambatra ho “sakramenta izay manomana ho any an-Tanindrazana” na sakramenta izay mamarana ny fivahiniana, rahefa antomotra ho amin'ny fiafarany ny fiainana kristianina.

FAMINTINANA

1526. *“Misy marary ve eo aminareo ? Aoka izy hampiantso ireo Pretran'ny Fiangonana, ary aoka izy ireo no hivavaka eo aminy sy hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo. Ny vavaka amim-pinoana dia hamonjy ny marary, ary hanasitrana azy ny Tompo. Raha nanota izy, dia havela ny fahotany” (Jak 5 ,14-15).*

1527. *Ny sakramenta Fanosorana ny marary dia nokendrena hanome fahasoavana manokana ny kristianina misedra fahasahiranana izay tandra vadin-koditra noho ny aretina mafy na noho ny fahanterana.*

¹ *Ibid.* : DS 1694.

² jer. Jo 13,1.

1528. *Tonga tokoa ny fotoana tsara andraisan'ny mpino ny Fanosorana Masina, rahefa manomboka hita fa mandindona azy ny fahafatesana, noho ny aretina na noho ny fahanterana.*
1529. *Raha vao misy kristianina marary mafy, dia mahazo mandray ny Fanosorana Masina izy ; ary na efa nahazo aza izy, nefa mihombo ny aretina, dia mbola azo omena indray.*
1530. *Ny mpisorona irery ihany (Pretra sy Eveka) no mahazo manome ny sakramenta Fanosorana ny marary ; mba hanomezana izany, ny diloilo nohamasinin' ny Eveka no ampiasain'izy ireo, na, raha ilaina, ny diloilo nohamasinin'ny tenan'ilay Pretra mitarika ny fankalazana.*
1531. *Ny votoatin'ny fankalazana amin'ity sakramenta ity, dia ny fanosorana eo amin'ny handrina sy ny tanan'ny marary (amin'ny fombam-pivavahana rômanina) na eo amin'ny faritra hafa amin'ny vatana (any Atsinanana), fanosorana arahim-bavaka litorzika ataon'ny Pretra mitarika ny fankalazana izay mangataka ny fahasoavana manokana amin'ity sakramenta ity.*
1532. *Toy izao ny vokatry ny fahasoavana manokana amin'ny sakramenta Fanosorana ny marary :*
- *ny fiombonan'ny marary amin'ny fijalian'i Kristy, mba hahazoany soa ho an'ny tenany sy ho an'ny Fiangonana manontolo ;*
 - *ny fiononam-po, ny fiadanam-po ary ny herim-po mba hizakana amimpomba kristianina ny fangirifiriana noho ny aretina na ny fahanterana ;*
 - *ny famelana ny fahotana raha toa ka tsy afa-nandray izany tamin'ny sakramentan'ny Fivalozana ilay marary ;*
 - *ny fiverenan'ny fahasalamana amin'ny laoniny, raha mifanaraka amin'ny famonjena ara-panahy izany ;*
 - *ny fanomanana ny fiampitana ho any amin'ny fiainana mandrakizay.*

TOKO FAHATELO

Ny sakramenta fiandraiketana ny fiombonana

1533. *Ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Eokaristia no sakramentan'ny firosoana ho kristianina. Ireo no manorina ny fiantsoana iombonan'ny mpianatr'i Kristy rehetra, fiantsoana ho amin'ny fahamasinana sy ho amin'ny fanirahana hitory ny Evanjely amin'izao tontolo izao. Ireo no manome ny fahasoavana ilaina ho amin'ny fiainana araka ny Fanahy amin'ity fiainan'ny mpivahiny mizotra mankany an-tanindrazana ity.* 1212

1534. Ireo sakramenta anankiroa hafa, ny Filaharana sy ny Fanambadiana, dia nalahatra ho amin'ny famonjena ny hafa. Na manampy koa amin'ny famonjena ny tsirairay aza ireo, dia amin'ny alalan'ny fanompoana ny hafa no anaovany izany. Manome iraka manokana ao amin'ny Fiangonana ireo, ary manampy amin'ny fanorenana ny Vahoakan' Andriamanitra.

784 1535. Amin'ireo sakramenta ireo, ireo izay efa *nohamasinina* tamin'ny alalan'ny Batemy sy ny Fankaherezana¹ ho amin'ny fisoronana iombonan'ny mpino rehetra dia afaka mandray ny *fanamasinana* manokana. Ireo izay mandray ny sakramentan'ny Filaharana dia *nohamasinina*, amin'ny anaran'i Kristy, "amin'ny alalan'ny teny sy ny fahasoavan'Andriamanitra mba ho mpitondra ny Fiangonana"². Eo anilan'izy ireo, "ny mpivady kristianina, mba hanatontosa amim-pahamendrehana ny adidy amin'ny lalam-piainana arahin'izy ireo, dia nankaherezina sy *nohamasinina* tokoa amin'ny sakramenta manokana"³.

ANDALANA 6

Ny Sakramentan'ny Filaharana.

860 1536. Ny Filaharana dia sakramenta izay mahatonga ny fanirahana nankinin'i Kristy tamin'ireo apôstôliny hitohy ka ho ampiasaina ao amin'ny Fiangonana mandra-pahatongan'ny farandro : ny Filaharana izany no sakramentan'ny andraiki-panompoana maha-apôstôly. Misy ambaratonga telo izy : ny maha-eveka, ny maha-pretra ary ny maha-diakra.

[Raha ny fampianarana momba ny nanorenan'i Kristy ny andraiki-panompoana maha-apôstôly sy ny nanirahany ho amin'izany, dia efa hita ao amin'ny n° 874-896. Koa ny hany ho resahina eto, dia ny momba ny lalana ara-tsakramenta izay ampitana ity andraiki-panompoana ity.]

I. Nahoana no antsoina hoe Filaharana ity sakramenta ity ?

1537. Ny teny hoe *Ordre (Filaharana)*, tamin'ny andron'ny rômanina fahiny, dia nanondroana ny sampan-draharaham-panjakana amin'ny lafiny sivily, indrindra ireo mpitondra fanjakana. Dia natao hoe *ordinatio (fanokanana)* ny teny ilazana ny fampidirana ho mpikambana tanteraka ao amin'ny *ordo (Laharam-pitondrana)*. Ao amin'ny Fiangonana koa, misy ny sampan-draharaham-pitondrana, sady araka ny fototra ao amin'ny Soratra Masina⁴, izay antsoin'ny Lovam-pampianarana hatramin'ny andro taloha tamin'ny

¹ jer. FF 10.

² FF 11.

³ FAA 48,2.

⁴ jer. Heb 5,6 ; 7,11 ; Sal 110,4.

anarana hoe *taxeis* (amin'ny teny grika), na hoe *ordines* (*fanamasinana araka ny laharan-pitondrana*): amin'izany no itenenan' ny litorzia hoe : *ordo episcoporum* (*fanamasinana ho amin'ny laharana maha-eveka*), *ordo presbyterorum* (*fanamasinana ho amin'ny laharana maha-pretra*), *ordo diaconorum* (*fanamasinana ho amin'ny laharana maha-diakra*). Ny vondron'olona hafa dia mandray koa ity anarana hoe *ordo* ity : ny katekomena, ny virjiny, ny mpivady, ny mananotena ...

1538.Ny fampidirana ho mpikambana feno ao amin'ny iray amin'ireo vondron'olon'ny Fiangonana ireo dia natao tamin'ny fombam-pivavahana nantsoina hoe *ordinatio*, asa ara-pivavahana sy ara-litorzia, izay fanamasinana, fitsofan-drano na sakramenta. Ankehitriny ny teny hoe *ordinatio* dia natokana ho amin'ny asa ara-tsakramenta izay ampidirana ho mpikambana feno ao amin'ny laharan'ny Eveka, laharan'ny Pretra, ary laharan'ny Diakra, ka izany dia ambony noho ny *fifidianana* tsotra, *fanendrena*, *fisolaoan-tena* na *fananganana* ataon'ny ankohonam-piangonana, satria ny *ordinatio* dia omena amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina ahafahana mampiasa ny “fahefana masina” (*sacra potestas*¹) izay tsy mety ho azo afa-
tsy avy amin'ny Tenan'i Kristy ihany, amin'ny alalan'ny Fiangonany. Ny "ordination" dia antsoina koa hoe *consecratio* (*fanamasinana*) satria izany no fanokanana sy fanomezam-pahefana avy amin'ny Tenan'i Kristy ihany, ho an'ny Fiangonany. Ny *fametrahan-tanana* ataon'ny Eveka, miaraka amin'ny vavaka fanamasinana, no mitambatra ho famantarana hita maso amin'ity fanamasinana ity.

II. Ny sakramentan'ny Filaharana ao amin'ny fitantanam-pamonjena

Ny fisoronana tao amin'ny Fanehem-pihavanana Taloha

1539.Natsangan'Andriamanitra ho “fanjaka-mpisorona sy firenena masina” (Eks 19,6)² ny vahoaka voafidy. Kanefa tao anatin'ny vahoaka Israely, dia nifidy foko iray amin'ireo foko roa ambin'ny folo Andriamanitra, dia ny fokon'i Levì izany, izay natokana ho amin'ny fanompoana ara-litorzia³. Izy Andriamanitra mihitsy no anjara lovany⁴. Nisy fombam-pivavahana manokana nanamasinana ny fiandohan'ny fisoronana tamin'ny Fanehem-pihavanana Taloha⁵. Ny mpisorona no “notendrena mba ho solontena manelanelana ny olona amin'ny fifandraisan'izy ireo amin'Andriamanitra,

¹ jer. FF 10.

² jer. Iz 61,6.

³ jer. Fan 1,48-53.

⁴ jer. Jôs 13,33.

⁵ jer. Eks 29,1-30 ; Lev 8.

ka hanolotra fanatitra sy sorona noho ny ota”¹.

2099 1540. Naorina io fisoronana io, mba hitoriana ny Tenin’Andriamanitra² sy mba hamerenana ny fiombonana amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny sorona sy ny fivavahana, saingy tsy manan-kery hahazoana famonjena, hany ka mila famerimberenana tsy an-kijanona ny sorona, ary tsy afaka hipaka amin’ny fanamasinana tanteraka³, izay ny soron’i Kristy no hany mahavita izany.

1541. Kanefa, hitan’ny litorzian’ny Fiangonana fa ny fisoronan’i Aarôna sy ny fanompoan’ny levita, tahaka izany koa ny fanorenana ny vondrona “Loholona”⁴ fitopolo lahy, dia tandindona mampiseho ny andraiki-panompoana masina ao amin’ny Fanehem-pihavanana Vaovao. Araka izany, amin’ny fombam-pivavahana latinina, ao amin’ny prefasy fanamasinana ho amin’ny laharan’ny Eveka, ny Fiangonana dia mivavaka hoe :

Ry Andriamanitra sady Rain’i Jesoa Kristy Tomponay ô, (...) nandritra ny Fanehem-pihavanana Taloha Ianao no nanomboka namolavola ny Fiangonanao ; hatramin’ny voalohany Ianao no nanokana ireo taranak’i Abrahama ho vahoaka masina ; ary Ianao no nanangana ireo filoha sy mpisorona, izay nataonao ho mpandraharaha mandrakariva ny tempolinao⁵...

1542. Amin’ny fotoana fanamasinana ho amin’ny laharan’ny Pretra, mivavaka toy izao ny Fiangonana :

Ry Tompo, Ray Masina ô, (...) efa tamin’ny Fanehem-pihavanana Taloha, sy ho fanambaràna ny sakramenta ho avy, no nametrahanao ireo mpisorombe ho filoha mpitondra ny vahoakanao ; nefa nifidy olona hafa koa Ianao, nampandraisinao anjara tamin’ny fanompoan’ izeo ireo sy nanampy azy ireo tamin’ny lahasany. Ho toy izany no nampitanao tao amin’ireo loholona fitopolo lahy, feno fahendrena, ny fanahy nomenao an’i Môizy, sy nampandraisanao anjara ny zanak’i Aarôna, amin’ny fanamasinana noraisin’ny rain’izeo ireo⁶.

1543. Ary amin’ny vavaka fanamasinana ho amin’ny laharan’ny Diakra, izao no ambaran’ny Fiangonana :

Ry Ray Masina indrindra ô (...), ho fananganana an’izao tempoly vaovao izao (ny Fiangonana) no nanorenanao ny andraiki-panompoana amin’ny

¹ jer. Heb 5,1.

² jer. Mal 2,7-9.

³ jer. Heb 5,3 ; 7,27 ; 10,1-4.

⁴ jer. Fan 11,24-25.

⁵ Pontificale Romanum. De Ordinatione Episcopi, presbyterorum et diaconorum,47.

⁶ *Ibid.* 159.

filaharana telo samihafa, dia ny Eveka, ny Pretra ary ny Diakra, izay nanomezanao azy ireo avy andraikitra hanompo Anao, toy ny nataonao fahiny tamin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, izay nanokananao ireo zanaky ny fokon'i Levi, mba hikarakara ny fonenanao, ary Ianao no lovan'izy ireo ¹.

Ny fisoronana tokan'i Kristy

1544. Tanteraka ao amin'i Kristy Jesoa “mpanalalana tokana amin'Andriamanitra sy ny olombelona” (1 Tim 2,5) ny tandindona rehetra momba ny fisoronana teo amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha. I Melkisedeka, “mpisoron'ily Andriamanitra Avo Indrindra” (Jen 14,18), no noheverin'ny Lovam-pampianarana kristianina ho tandindon'ny maha-mpisorona an'i Kristy, “Mpisorombe tokana, araka ny fomban'i Melkisedeka” (Heb 5,10 ; 874
6,20), “masina, tsy manan-tsiny, madio tsy misy pentim-pahotana” (Heb 7,26), izay “fanatitra iray monja dia mahalavorary mandrakizay ireo izay hamasininy” (Heb 10,14), izany hoe tamin'ny alalan'ny sorona tokan'ny Hazofijaliany.
1545. Tokana ny sorom-panavotan'i Kristy, notanterahina indray mandeha ihany. 1367
Kanefa, manjary eo io sorom-panavotana io amin'ny sorona Eokaristikan'ny Fiangonana. Torak'izany koa amin'ny fisoronana tokan'i Kristy : 662
manjary eo Izy amin'ny fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra, izay tsy mampihen-kasina ny maha-tokana ny fisoronan'i Kristy : “Koa i Kristy irery no hany tena mpisorona, ny hafa kosa dia mpandraharahany masina fotsiny”².

Fandraisana anjara anankiroa amin'ny fisoronana tokan'i Kristy

1546. I Kristy, mpisorombe sy hany mpanalalana, no nanao ny Fiangonana ho “Fanjaka-mpisorona ho an'Andriamaniny sy Ray” (Apôk 1,6)³. Ny ankohonana mpino manontolo, araka izany, dia mpisorona. Ampiasain'ny mpino ny maha-mpisorona azy ireo avy amin'ny Batemy, amin'ny alalan' 1268
ny fandraisan'izy ireo anjara, araka ny fiantsoana ny tsirairay manokana, amin'ny fanirahana an'i Kristy, Mpisorona, Mpaminany ary Mpanjaka. Amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Batemy sy ny Fankaherezana “no nanokanana ny mpino mba ho (...) mpisorona masina”⁴.
1547. Ny fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra na araka ny ambaratongam-pitondran'ny Eveka sy ny Pretra, sy ny fisoronana iombonan'ny mpino rehetra, na dia “samy manana ny fomba manokana avy aza, ny 1142

¹ *Ibid.* 207.

² Md Thomas d'A., Heb 7,4.

³ jer. Apôk 5,9-10 ; 1 Pi 2,5,9.

⁴ FF 10.

1120

andaniny sy ny ankilany, dia mandray anjara amin'ny fisoronana tokan'i Kristy"¹, kanefa sady miavaka araka ny maha-izy azy, no "nalamina hifameno"² ireo. Amin'ny lafiny inona ? Ny fisoronana iombonan'ny mpino moa dia tanteraka eo amin'ny fivelaran'ny fahasovan'ny Batemy, fiainana ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, fiainana araka ny Fanahy, ny fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra kosa, dia manampy amin'ny fisoronana iombonana, mifandray amin'ny fivelaran'ny fahasovan'ny Batemin'ny kristianina rehetra. Koa anisan'ny iray amin'ireo *fomba amampitaovana* izay anorenan'i Kristy ny Fiangonany sy itarihany azy tsy ankijanona io fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra io. Izany no antony namindrany azy amin'ny alalan'ny sakramenta manokana, dia ny sakramentan'ny Filaharana.

Ao amin'ny Tenan'i Kristy-Loha ...

875,792

1548. Amin'ny fanompoam-piangonana iandraiketan'ny mpandraharaha voahosotra, ny Tenan'i Kristy mihitsy no eo amin'ny Fiangonany amin'ny maha-Lohan'ny Vatany Azy, maha-Mpiandry ny andian'ondriny Azy, maha-Mpisoromben'ny sorom-panavotana Azy, maha-Mpampianatra ny Fahamarinana Azy. Izany no ambaran'ny Fiangonana amin'ny filazana fa ny Pretra, noho ny sakramentan'ny Filaharana, dia miasa *ao amin'ny Tenan'i Kristy-Loha*³ (*in persona Christi Capitis*) :

I Kristy Jesoa ihany no Mpisorona, ka marina tokoa fa io maha-Mpisorona Azy io no ampiasain'ny mpandraharaha masina. Eny, marina tokoa, fa mitovy zo amin'ilay Mpisorona Ambony indrindra ny mpandraharaha masina, noho ny fanamasinana ho mpisorona izay noraisiny, ka mizaka ny fahefana hiasa amin'ny alalan'ny herin'Izy Kristy mihitsy izay soloiny tena izy (*virtute ac persona ipsius Christi*)⁴.

I Kristy no loharano ipoiran'ny fisoronana rehetra: satria tandindon'i Kristy ny mpisoron'ny lalàna taloha, ary miasa amin'ny tenan'i Kristy ny mpisoron'ny lalàna vaovao⁵

1549. Amin'ny alalan'ny andraiki-panompoan'ny mpandraharaha voahosotra, singanina manokana ny Eveka sy ny Pretra, dia manjary hita maso eo anivon'ny ankohonan'ny mpino ny maha-misy eo an'i Kristy amin'ny maha-filohan'ny Fiangonana Azy⁶. Araka ny fomba fiteny mahafinaritr'i

¹ FF 10.

² FF 10.

³ jer. FF 10 ; 28 ; L 33 ; AE 11 ; RFP 2 ;6.

⁴ Pie XII, enc. "Mediator Dei".

⁵ Md Thomas d'A., s. th. 3,22,4.

⁶ jer. FF 21.

Md Ignace d'Antioche, ny Eveka dia *typos tou Patros*, izy no toy ny sary 1142
velon'Andriamanitra Ray¹.

1550. Izany maha-misy an'i Kristy ao amin'ny mpandraharaha masina izany, dia
tsy azo ampifandraisina amin'ny hoe : voaro amin'ny fahosana rehetra
maha-olombelona, amin'ny fisainana te-handidy manapaka, amin'ny 896
fahadisoana, na koa amin'ny fahotana ilay mpandraharaha masina. Araka
izany, tsy mitovy ny fomba fiarovan'ny herin'ny Fanahy Masina ny asa
rehetra ataon'ny mpandraharaha masina. Kanefa nomena ao amin'ny
sakramenta rehetra io fiarovana io, hany ka na ny fahotan'ny mpandraha- 1128
raha masina aza tsy afaka misakana ny vokatry ny fahasoavana, saingy 1584
misy asa hafa maromaro maneho ny maha-olombelona ny mpandraharaha
masina, mamela marika izay tsy dia famantarana mandrakariva ny tsy
fivadihana amin'ny Evanjely, koa noho izany mety hanimba ny
fahavokaran'ny maha-apôstôly ny Fiangonana.

1551. *Momba ny maha-mpandraharaha voahosotra* izany fisoronana izany.
“*Fanompoana* marina tokoa io adidy aman'andraikitra nankinin'ny Tompo
tamin'ny mpitondra ny vahoakany io”². Miompana manontolo amin'i 876
Kristy sy amin'ny olombelona izany. Miankina manontolo amin'i Kristy sy
amin'ny maha-mpisorona tokana aman-tany Azy izany, ary naorina ho
an'ny olombelona sy ho an'ny fiombonamben'ny Fiangonana. Mampita
“fahefana masina”, izay tsy hafa fa ny an'i Kristy, ny sakramentan'ny 1538
Filaharana. Ny fampiasana izany fahefana izany àry dia tsy maintsy refesina
avy amin'ny môdely nomen'i Kristy izay nilatsa-tenany ho faraidiny sy ho
mpanompon'ny rehetra, noho ny fitiavana³. “Nilaza mazava ny Tompo fa 608
ny fikarakarana ny andian'ondriny no porofom-pitiavana Azy”⁴.

... “Amin'ny anaran'ny Fiangonana manontolo”

1552. Tsy ny mampiseho an'i Kristy – Lohan'ny Fiangonana – manoloana ny
mpino miangona ihany tsy akory no lahasa amin'ny fisoronana maha-
mpandraharaha voahosotra, fa miasa amin'ny anaran'ny Fiangonana
manontolo koa izy rahefa manolotra ny vavaky ny Fiangonana amin'
Andriamanitra⁵ ary indrindra rahefa manolotra ny soron'ny Eokaristia⁶.

1553. Ny hoe “amin'ny anaran'ny Fiangonana *manontolo*”, tsy milaza fa hoe ny
Pretra no solontenan'ny ankohonam-piangonana. Tsy azo sarahina amin'ny

¹ Trall. 3,1 ; jer. Magn. 6,1.

² FF 24.

³ jer. Mk 10,43-45 ; 1 Pi 5,3.

⁴ Md Jean Chrysostome, sac. 2,4 ; jer. Jo 21,15-17.

⁵ jer. L 33.

⁶ jer. FF 10.

795

vavaka sy ny fanatitr'i Kristy Filohany ny vavaka sy ny fanatitry ny Fiangonana. Fa fanompoam-pivavahan'i Kristy lalandava ao amin'ny Fiangonany sy amin'ny alalan'ny Fiangonany izany. Ny Fiangonana manontolo, Vatan'i Kristy, no mivavaka sy manolo-tena, "amin'ny Alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy", ao amin'ny firaisana amin'ny Fanahy Masina, amin'Andriamanitra Ray. Ny Vatana manontolo, *caput et membra (loha sy rantsambatana)* no mivavaka sy manolo-tena, ary noho izany, ao amin'ny Vatana, ireo izay mpandraharaha masina manokana amin'izany, dia antsoina hoe mpandraharaha masina, tsy an'i Kristy ihany, fa an'ny Fiangonana koa. Satria ny fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra no misolo tena an'i Kristy sy afaka misolo tena ny Fiangonana.

III. Ny ambaratonga telo amin'ny sakramentan'ny Filaharana

1536 1554. "Ny fandraharaham-piangonana, naorin'Andriamanitra, dia ampiasaina ao anatin'ny hamaroan'ambaratonga amin'ny alalan'ireo izay efa hatramin'ny ela no antsoina hoe Eveka, Pretra, Diakra"¹. Ny fitambaram-pampianarana katôlika, voambara ao amin'ny litorzia, ny Toniam-pampianarana ary ny fomba tsy miova fanaon'ny Fiangonana, dia manaiky marina fa misy ambaratonga roa ny fandraisana anjara maha-mpandraharaha voahosotra amin'ny fisoronan'i Kristy : ny maha-eveka sy ny maha-pretra. Ny maha-diakra dia natokana hanampy azy ireo sy hanompo azy ireo. Noho izany, ny teny hoe *sacerdos (mpisorona)* dia manondro, amin'ny fampiasana ankehitriny, ny Eveka sy ny Pretra, fa tsy ny Diakra. Kanefa, ny fitambaram-pampianarana katôlika dia mampianatra fa ny ambaratongan'ny fandraisana anjara amin'ny fisoronana (maha-eveka sy maha-pretra) sy ny ambaratongam-panompoana (maha-diakra) dia samy omena amin'ny alalan'ny asa ara-tsakramenta antsoina hoe "fanamasinana" avokoa izy telo, izany hoe amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Filaharana :

1538

Aoka ny olon-drehetra hanaja ny Diakra ho tahaka an'i Jesoa-Kristy, toy izany koa ny Eveka, izay endriky ny Ray, sy ny Pretra ho tahaka ny antenimieran-doholon'Andriamanitra sy ho tahaka ny antenimieran'ny apôstôly : raha tsy misy azy ireo, tsy afaka miresaka hoe Fiangonana².

Ny fanamasinana ho amin'ny laharana maha-eveka – hafenoan'ny sakramentan'ny Filaharana

1555. "Ny mitana ny toerana voalohany, amin'ireo andraiki-panompoana samihafa izay nosahanina tao amin'ny Fiangonana nanomboka tany ampiandohana, araka ny porofon'ny Lovam-pampianarana, dia ny anjara raharahan'ireo izay napetraka ao amin'ny laharana maha-eveka, amin'ny

¹ FF 28

² Md Ignace d'Antioche, Trall. 3,1.

alalan'ny fifandimbiasana mitohy hatrany am-piandohana, ka izy ireo no sampam-boaloboka izay iampitan'ny voa mamoa avy amin'ny apôstôly”¹. 861

1556.Mba hanatontosana ny iraka ambony ampanaovina azy ireo, dia “ny fandrotsahana manokana ny Fanahy Masina, natsororoka teo ambonin'izy ireo no namenoan'i Kristy ireo apôstôly ; izy ireo kosa, tamin'ny alalan'ny fametrahan-tanana, no nampita tamin'ny mpiara-miasa amin'izy ireo ny fanomezana ara-panahy izay tafita hatraty amintsika amin'ny alalan'ny fanamasinana Eveka”². 862

1557.Ny Kônsily Vatikana faharoa dia “mampianatra, fa amin'ny alalan'ny fanamasinana Eveka no omena ny *hafenoan'ny sakramentan'ny Filaharana*, izay antsoin'ny fomba mahazatra ara-litorzian'ny Fiangonana sy ny feon'ny Ray masina, araka izany, amin'ny anarana hoe mpisorona fara tampony, feno manontolo mihitsy (*summa*) amin'ny andraiki-panompoana masina”³.

1558. “Ny fanamasinana Eveka, miaraka amin'ny fiadidiana hanamasina, dia manome koa ny fiadidiana hampianatra sy hitondra. (...) Araka izany (...) amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana sy amin'ny alalan'ny teny fanamasinana no omena ny fahasoavan'ny Fanahy Masina ary voaraikitra ao anaty ny marika masina, hany ka ny Eveka, amin'ny fomba ambony dia ambony sy hita maso, no mitana ny toeran'ny Tenan'Izy Kristy, Mpampianatra, Mpiandry ondry sy Mpisorona fara tampony, sy manao ny anjara asany (*in Eius persona agent*)”⁴. “Koa, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay nomena azy ireo no voatsangana ho tena mpampianatra ny finoana, tena mpisorona ary tena mpiandry ondry marina sy izy tokoa ireo Eveka”⁵. 895 1121

1559. “Noho ny fanamasinana ara-tsakramenta sy amin'ny fiombonana araka ny ambaratongam-pitondrana amin'ny filohan'ny fiombonam-piadidiana sy ireo mpikambana aminy, no hahatongavan'ny olona iray ho anisan'ny vondron'ny maha-eveka”⁶. Ny toetra manokana sy ny *toetra maha-fiombonam-piadidiana* ny laharan'ny maha-eveka dia niseho tamin'ny fomba manokana tamin'ny fanaon'ny Fiangonana fahiny, izay mitaky fa mba hanamasinana Eveka vaovao iray, Eveka maromaro no mandray anjara amin'ny fanamasinana⁷. Amin'ny fanamasinana ara-dalàna ho amin'ny laharana maha-eveka iray, dia ilaina ankehitriny ny firotsahana manokana 877 882

¹ FF 20.

² FF 21.

³ *Ibid.*

⁴ *Ibid.*

⁵ AE 2.

⁶ FF 22.

⁷ jer. FF 22.

ataon'ny Evekan'i Rôma, noho izy mpampifandray fara tampony hita maso ny fiombonan'ny Fiangonana eo an-toerana sy ny Fiangonana iray, sy mpiantoka ny fahalalahan'izy ireo.

833,886 1560. Ny Eveka tsirairay, amin'ny maha-vikeran'i Kristy azy, dia manana fiadidiana ara-pastôraly ny Fiangonana eo an-toerana izay nankinina aminy, nefa koa sady mizaka ao anatin'ny fiombonam-piadidiana miaraka amin'ny rahalahiny rehetra ao amin'ny laharan'ny maha-eveka amin'ny *fahiana ny Fiangonana manontolo* izy : “Raha ampahany ihany amin'ny andian'ondry nankinina amin'ny fikarakarany no maha-mpiandry ondry manokana ny Eveka tsirairay, ny mahatonga azy ho miara-tompon'andraikitra amin'ny fanirahana apôstôlikan'ny Fiangonana kosa dia ny maha-voahosotra azy ho dimbin'ny apôstôly ara-dalàna araka ny fanorenan'Andriamanitra”¹.

1369 1561. Izay rehetra vao avy nolazaina teo dia manazava ny antony mahatonga ny Eokaristia ankalazain'ny Eveka ho manana hevitra manokana tokoa, satria fanehoana ny Fiangonana mivory manodidina ny ôtely eo ambany fitondran'ily izay misolo tena hita maso an'i Kristy Mpiandry ondry Tsara sy Lohan'ny Fiangonany².

Ny fanamasinana ho amin'ny laharan'ny Pretra - mpiara-miasa amin'ny Eveka

1562. “I Kristy, izay nohamasinin'ny Ray sy nirahiny ho amin'izao tontolo izao, no nanao, tamin'ny alalan'ny apôstôly, ny dimbin'izy ireo, izany hoe ny Eveka, ho mpiombona anjara amin'ny fanamasinany sy amin'ny fanirahany. Anjaran'ireo Eveka kosa, no mamindra ara-dalàna, amin'ireo rantsambatana samihafa ao amin'ny Fiangonana, sy manaraka ny ambaratonga samihafa, ny fiadidiana amin'ny andraiki-panompoan'izy ireo”³. “Ny anjara raharaha maha-mpandraharaha masina azy ireo dia nafindra tamin'ny Pretra eo amin'ny ambaratongan'ny olom-pehezina : ireto dia naorina tamin'ny Laharan'ny maha-pretra mba ho *mpiara-miasa amin'ny Laharan'ny maha-eveka* amin'ny fanatontosana ny fanirahana maha-apôstôly nankinin'i Kristy”⁴.

1563. “Ny anjara raharahan'ny Pretra, noho io miray amin'ny Laharan'ny maha-eveka, dia mahazo anjara amin'ny fahefana izay ny Tenan'i Kristy mihitsy no manorina, manamasina ary mitondra ny Vatany, amin'ny alalan'izany. Noho izany, na miorina amin'ireo sakramenta firosoana ho kristianina aza ny maha-mpisorona ny Pretra, dia misy sakramenta hafa mampisy marika

¹ Pie XII, enc. "Fidei donum" ; jer. FF 23 ; AE 4 ; 36 ; 37 ; AFF 5 ; 6 ; 38.

² jer. L 41 ; FF 26.

³ FF 28.

⁴ RFP 2.

manokana azy ireo sy mampitovy endrika azy ireo amin'i Kristy- 1121
Mpisorona, amin'ny fanosoran'ny Fanahy Masina, mba hahatonga azy ireo
ho afaka miasa amin'ny anaran'ny Tenan'Izy Kristy-Filoha mihitsy"¹.

1564. "Ny Pretra, na tsy manana ny fiadidiana fara tampony an'ny Papa aza ary
na miankina amin'ny Eveka aza ny fampiasana ny fahefan'izy ireo, dia
iombonana amin'izy ireo kosa ny fiambonian'ny maha-mpisorona azy
rehetra ; ary noho ny hasin'ny sakramentan'ny Filaharana, amin'ny endrik'i
Kristy mpisorona fara tampony sy mandrakizay², dia nohamasinina izy ireo
mba hitory ny Evanjely, mba ho mpitondra ny mpino ary mba hankalaza ny
fanompoana an'Andriamanitra amin'ny maha-mpisoron'ny Fanekem- 611
pihavanana Vaovao azy ireo marina tokoa"³.

1565. Noho ny sakramentan'ny Filaharana no andraisan'ny Pretra anjara eo
amin'ny sehatra manerana ny tany tontolo amin'ny iraka nankinin'i Kristy 849
tamin'ny apôstôly. Ny fanomezana ara-panahy izay noraisin'izy ireo
tamin'ny fanamasinana no manomana azy ireo, tsy ho amin'ny iraka
noferana sy nahena, "fa ho amin'ny iraka mitondra famonjena mahenika ny
tontolom-piainana, "hatrany amin'ny faran'ny tany"⁴, "vonona amin' ny fo
tokoa hitory ny Evanjely na amin'ny toerana aiza na amin'ny toerana
aiza"⁵.

1566. "Amin'ny fotoam-pivavahana na *fiaraha-miangona amin'ny Eokaristia* izy 1369
ireo no mampiasa amin'ny fomba tsara indrindra ny fiadidiana masina azy
ireo : amin'io fotoana io, izay andraisan'izy ireo ny toeran'i Kristy sy
anaovany antso avo ny misteriny, no anakambanan'izy ireo ny
fangatahan'ny mpino rehetra amin'ny soron'ilay Filohan'izy ireo, amin'ny
fampisiana eo sy amin'ny fampiharana ao amin'ny soron'ny lamesa,
mandra-piverin'ny Tompo, ilay sorona tokan'ny Fanekem-pihavanana 611
Vaovao, dia ny an'i Kristy nanolo-Tena indray mandeha monja tamin'ny
Rainy ho sorona madio tsy misy pentina"⁶. Ao amin'io sorona tokana aman-
tany io ny andraiki-panompoana rehetra maha-mpisorona azy ireo no
manovo ny heriny⁷.

1567. "Noho ny maha-mpiara-miasa kinga saina amin'ny laharan'ny maha-
Eveka ireo Pretra, izay izy ireo no mpanampy sy fitaovana, nantsoina 1462
hanompo ny Vahoakan'Andriamanitra, dia mitambatra, miaraka amin'ny
Evekany izy ireo, ho *fivondronana* tokan'ny *maha-pretra* amin'ny anjara

¹ RFP 2.

² jer. Heb 5,1-10 ; 7,24 ; 9,11-28.

³ FF 28.

⁴ RFP 10.

⁵ FP 20.

⁶ FF 28.

⁷ jer. RFP 2.

2179

raharaha samihafa. Any amin'ny toerana tsirairay izay ahitana ankohonan'ny mpino, dia izy ireo no toy ny famantarana maha-eo ny Eveka amin'ny fomba azo antoka izay aminy izy ireo no miombona amin'ny fo mahatoky sy malalaka, amin'ny fizakana ny adidy aman'andraikitry ny Eveka sy ny fiahiany araka ny anjara tandrify azy ireo, ary amin'ny fampiasana izany amin'ny fiahian'izy ireo isan'andro ny mpino"¹. Ireo Pretra dia tsy afaka mampiasa ny andraiki-panompoan'izy ireo raha tsy miankina amin'ny Eveka sy amin'ny fiombonana aminy. Ny tokim-panekena izay ataon'izy ireo amin'ny Eveka amin'ny fotoana fanamasinana sy ny fanorohampihavanana ataon'ny Eveka amin'ny faran'ny litorzian'ny fanamasinana, dia midika fa mihevitra azy ireo ho mpiara-miasa aminy, ho zanany, ho rahalahiny ary ho sakaizany ny Eveka, ary ho valin'izany, adidin'izy ireo ny mitia sy mankato azy.

1537

1568. "Ny Pretra, noho ny fanamasinana azy ireo, izay nampiditra azy ireo ao amin'ny laharan'ny maha-pretra, dia samy mifandray am-po lalina amin'izy samy izy amin'ny alalan'ny firahalahiana ara-tsakramenta ; kanefa, amin'ny famindran-toerana azy ireo hiasa amin'ny diôsezy iray izay miankina amin'ny Eveka eo an-toerana, dia mitambatra amin'ny fomba manokana ho fivondronana tokan'ny maha-pretra izy ireo amin'io ambaratonga io"². Hita ao amin'ny fanehoana litorzika ny maha-tokana ny fivondronan'ny maha-pretra, amin'ny fanao izay mitaky ny hametrahan'ny Pretra ny tanan'izy ireo rahefa tonga ny anjarany, aorian'ny an'ny Eveka, mandritra ny fombam-pivavahana fanamasinana.

Ny fanamasinana ho amin'ny laharan'ny Diakra- "mba ho an'ny fanompoana"

1569. "Amin'ny laharana zandriny eo amin'ny ambaratongam-pitondrana no misy ny Diakra izay "tsy ho an'ny maha-mpisorona tsy akory, fa ho an'ny fanompoana" no ametrahan-tanana aminy"³. Amin'ny fanamasinana ho amin'ny laharana maha-diakra, ny Eveka irery no mametra-tanana, izay midika araka izany fa ny Diakra dia miankina manokana amin'ny Eveka eo amin'ny lahasan'ny "maha-mpanompo azy"⁴.

1121

1570. Mandray anjara amin'ny fomba manokana ny Diakra, amin'ny fanirahana an'i Kristy sy amin'ny fahasoavany⁵. Ny sakramentan'ny Filaharana no mampisy marika azy ireo amin'ny *fitomboka* ("marika") izay tsy misy afaka manafoana izany, sy mampitovy endrika azy ireo amin'i Kristy izay nanao

¹ FF 28.

² RFP 8.

³ FF 29 ; jer. AE 15.

⁴ jer. Md Hippolyte, trad. ap. 8.

⁵ jer. FF 41 ; AFF 16.

ny Tenany ho “Diakra”, izany hoe mpanompon’ny rehetra¹. Azo singanina manokana amin’izany ireto asan’ny Diakra ireto : manampy ny Eveka sy ny Pretra amin’ny fankalazana ny misterin’Andriamanitra, indrindra ny Eokaristia, mizara izany, manatrika ny fanambadiana sy mitsodrano izany, manao antso avo ny Evanjely sy mitory teny, mitarika ny fanompoam-pivavahana fandevenana ary mahafoy tena amin’ny asam-pitiava-namana isan-karazany².

1571.Nanomboka tamin’ny Kônsily faharoa tao Vatikana, ny Fiangonana latinina dia namerina indray ny maha-diakra amin’ny “maha-ambaratonga manokana sy maharitra azy eo amin’ny ambaratongam-pitondrana”³, fa ny Fiangonana Tatsinanana kosa dia nitahiry azy lalandava. Ilay *maha-diakra maharitra*, izay azo omena ny lehilahy manambady, dia anisan’ny fampitomboan-danja be tokoa ho an’ny fanirahana ny Fiangonana. Satria, sahaza sy ilaina raha ireo lehilahy izay manatanteraka ao amin’ny Fiangonana ny andraiki-panompoana maha-diakra marina tokoa, na eo amin’ny fiainana litorzika sy pastôraly, na eo amin’ny tsanganasa sôsialy sy fitiava-namana, no “hankaherezina amin’ny alalan’ny fametrahan-tanana nampitaina nanomboka hatramin’ny apôstôly sy hampiraisana bebe kokoa amin’ny ôtely, mba hanefany ny andraiki-panompoan’izy ireo amin’ny fomba mamokatra kokoa, amin’ny alalan’ny fahasoavana ara-tsakramentan’ny maha-diakra”⁴. 1579

VI. Ny fankalazana amin’ity sakramenta ity

1572.Ny fankalazana amin’ny fanamasinana ho amin’ny laharan’ny Eveka, ny Pretra na ny Diakra, noho izy manana ny lanjany lehibe ho an’ny fiainan’ny Fiangonana eo an-toerana, dia mila ny fahatongavan’ny mpino faran’izay betsaka hiombom-bavaka amin’izany. Tsaratsara kokoa raha andro alahady sy ao amin’ny katedraly no anaovana izany, miaraka amin’ny fankalazana manetriketrika mifanaraka amin’ny toe-javatra miseho. Mitovy ihany kosa ny fizotran’ny fanamasinana telo : ny Eveka, ny Pretra ary ny Diakra. Eo anivon’ny litorzia Eokaristika ny toerana anatanterahana izany.

1573.Ny *fombam-pivavahana tsy azo avela* amin’ny sakramentan’ny Filaharana, ho an’ireo ambaratonga telo, dia ny fametrahan-tanan’ny Eveka eo amin’ny lohan’ily hamasinina, omban’ny vavaka fanamasinana manokana izay angatahina amin’Andriamanitra ny fandrotsahana ny Fanahy Masina sy ny fanomezany sahaza amin’ny andraiki-panompoana izay ho amin’izany no anamasinana an’ily hamasinina⁵. 699 1585

¹ jer. Mk 10,45 ; Lk 22,27 ; Md Polycarpe, ep. 5,2.

² jer. FF 29 ; L 35, § 4 ; AFF 16.

³ FF 29.

⁴ AFF 16.

⁵ jer. Pie XII, const. Ap. "Sacramentum ordinis" : DS 3858.

1574. Toy ny ao amin'ny sakramenta rehetra, misy ny fombam-pivavahana fanampiny manodidina ny fankalazana. Na miovaova be noho ny faha-samihafa ny lovampampianarana litorzika aza ireo, dia manana zavatra iombonana hanehoana ny lafiny maro amin'ny fahasovana ara-tsakramenta. Tahaka izany ny fombam-pivavahana fanombohana, tamin'ny fombam-pivavahana latinina – fanolorana sy fifidianana ilay hamasinina, lahateny ataon'ny Eveka, famotopotorana an'ilay hamasinina, litanian'ny olomasina – izay anamarinana fa vita araka ny fomban'ny Fiangonana ny fifidianana ilay hamasinina, sady anomanana ny asa manetriketrikiny tena fanamasinana ; aorian'ny tena fanamasinana kosa dia asesy ireo fombam-pivavahana manambara sy manatanteraka amin'ny fomba fanehoana an'ohatra ny mystery izay notontosaina : ny an'ny fanamasinana Eveka sy ny Pretra : fanosorana azy diloilo masina, izay famantarana ny fanosorana manokana amin'ny Fanahy Masina, no mampamokatra ny andraiki-panompoan'izy ireo ; ny an'ny fanamasinana Eveka : fanolorana aminy ny boky Evanjely, ny peratra, ny satrok'eveka ary ny tehina maha-mpiandry ondry, izay famantarana ny fanirahana maha-apôstôly azy amin'ny fitoriana ny Tenin' Andriamanitra, amin'ny tsy fivadihany amin'ny Fiangonana vadin'i Kristy, amin'ny fiadidiana maha-mpiandry ny andian'ondrin' ny Tompo azy ; ny an'ny fanamasinana pretra : fanolorana aminy ny patena sy ny kalisy, “ilay fanatitry ny vahoaka masina”¹, izay iantsoana azy hanolotra izany amin'Andriamanitra ; ny an'ny fanamasinana Diakra : fanolorana aminy ny boky Evanjely, izay vao nandraisany ny iraka hitory ny Evanjelin'i Kristy.

V. Iza no mahazo manome ity sakramenta ity ?

1575. I Kristy no nifidy ny apôstôly sy nanome azy ireo anjara amin'ny fanirahana azy sy amin'ny fahefany. Nony tafasandratra eo an-kavanan'ny Ray Izy, dia tsy mandao ny andian'ondriny, fa miandry azy amin'ny alalan'ny apôstôly, eo ambany fiarovany maharitra, sy mbola mitarika azy amin'ny alalan'ireo mpiandry ondry ireo ihany, izay manohy ny tsanganasany ankehitriny². Koa i Kristy àry, “no manome” ny sasany ho apôstôly, ny sasany ho mpiandry ondry³. Manohy miasa amin'ny alalan'ny Eveka Izy⁴.

1576. Satria ny sakramentan'ny Filaharana no sakramentan'ny andraiki-panompoana maha-apôstôly, ka anjaran'ny Eveka amin'ny maha-dimbin'ny apôstôly azy ireo, ny mampita ny “fanomezana ara-panahy”⁵, “ny voa mamoa avy amin'ny apôstôly”⁶. Ny Eveka voahasina ara-dalàna, izany hoe izay ao amin'ny laharan'ny fifandimbiasana maha-apôstôly, no manome

¹ Pontificale Romanum. De ordinatione Episcopi, presbyterorum et diaconorum, 163.

² jer. MR, Preface des Apôtres I.

³ jer. Efez 4,11.

⁴ jer. FF 21.

⁵ FF 21.

⁶ FF 20.

ara-dalàna ny ambaratonga telo amin'ny sakramentan'ny Filaharana¹.

VI. Iza no mahazo mandray ity sakramenta ity ?

1577. “Ny lehilahy (*vir*) vita batemy ihany no mahazo mandray ara-dalàna ny fanamasinana amin'ny filaharana masina”². Nifidy lehilahy maro (*viri*) i 551 Jesoa Tompo mba hamorona ny fiombonam-piadidian'ny apôstôly roa ambin'ny folo³, ary izany koa no nataon'ny apôstôly, rahefa nifidy ny mpiara-miasa taminy izy ireo⁴, izay nandimby azy ireo teo amin'ny lahasany⁵. Ny fiombonam-piadidian'ny Eveka, izay miaraka aminy ny 861 Pretra no mikambana amin'ny maha-mpisorona, no mahatonga ho eo sy ahitana ankehitriny ny fiombonam-piadidian'ny roa ambin'ny folo lahy, 862 mandra-piverin'i Kristy. Mahatsiaro tena ho voafehin'izany safidin'ny Tenan'Izy Tompo izany ny Fiangonana. Izany no antony tsy mahamety ny fanamasinana ny vehivavy ho amin'ny sakramentan'ny Filaharana⁶.

1578. Tsy misy olona manana zo handray ny sakramentan'ny Filaharana. Satria, tsy misy afaka hibodo an'izany fiadidiana izany ho an'ny tenany ihany. 2121 Andriamanitra no miantso ho amin'izany⁷. Izay mino fa mahalala ny famantaran'ny fiantsoan'Andriamanitra ho amin'ny andraiki-panompoana masina, dia tokony hanankina amim-panetren-tena ny faniriany amin'ny manam-pahefan'ny Fiangonana, izay manana andraikitra sy zo hiantso olona iray handray ny Filaharana. Toy ny fahasoavana rehetra, ity sakramenta ity dia tsy mety ho *azo* afa-tsy amin'ny maha-fanomezana azy izay tsy miankina amin'ny mahamendri-balisoa.

1579. Ny mpandraharaha voahosotra rehetra ao amin'ny Fiangonana latinina, afa-tsy ny Diakra maharitra, dia nofidina ara-pomba mahazatra teo anivon'ireo olona mpino izay miaina ho mpitovo ary manana ny sitrapo hitandrina ny *fitovoana* “noho ny Fanjakan'ny lanitra” (Mt 19,12). Voantso 1618 hanokam-piainana manontolo ho an'ny Tompo sy amin'ny “raharahany”⁸ izy ireo, ka manolo-tena tanteraka amin'Andriamanitra sy amin'ny olombelona. Ny fitovoana no famantarana io fiainam-baovao io izay anokanana ny mpandraharaha masin'ny Fiangonana ho amin'ny

¹ jer. DS 794 sy 802 ; CIC, can. 1012 ; CCEO, can. 744 ; 747.

² CIC, can. 1024.

³ jer. Mk 3,14-19 ; Lk 6,12-16.

⁴ jer. 1 Tim 3,1-13 ; 2 Tim 1,6 ; Tito 1,5-9.

⁵ Md Clément de Rome, Cor 42,4 ; 44,3.

⁶ jer. MD 26-27 ; Ordinatio sacerdotalis ; CDF, décl. "Inter insigniores" Responsum ad dubium cired doctrinam in Epist. Ap. "Ordinatio Sacerdotalis" traditam.

⁷ jer. Heb 5,4.

⁸ jer. 1 Kôr 7,32.

2233 fanompoana ; ny fankasitrahany izany amin'ny fo henin-kafaliana, dia efa fitoriany amin'ny fanitarana ny Fanjakan'Andriamanitra¹.

1580. Ao amin'ny Fiangonana tatsinanana, hatramin'ny taonjato maro mifandimby, dia misy fitsipi-pifehezana samy hafa mbola manan-kery : ny Eveka no hany notsongaina teo anivon'ny mpitovo, fa ny olona manambady kosa dia azo hamasinina ho Diakra sy Pretra. Izany fanao mahazatra izany dia efa hatramin'ny elabe no noheverina ho ara-dalàna ; ireo Pretra no misahana ny andraiki-panompoana mitera-boka-tsoa eo anivon'ny ankohonam-piangonan'izy ireo². Tsy izany ihany, ny tsy fitovoan'ny Pretra dia nanan-daza tokoa tany amin'ny Fiangonana tatsinanana ary maro be ny Pretra izay nifidy izany tamin-kalalahana, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ny tany Atsinanana toy ny tany Andrefana, ilay izay nandray ny sakramentan'ny Filaharana, dia tsy mahazo manambady intsony.

VII. Ny vokatry ny sakramentan'ny Filaharana

Ny marika tsy maty vonoina

1548 1581. Ity sakramenta ity dia mampitovy endrika amin'i Kristy amin'ny alalan'ny fahasoavana manokana avy amin'ny Fanahy Masina, mba hampiasaina ho fitaovan'i Kristy ho an'ny Fiangonany. Amin'ny alalan'ny fanamasinana ho amin'ny filaharana masina no ahazoana ny fahefana ara-dalàna hiasa ho toy ny solontenan'i Kristy, Lohan'ny Fiangonana, amin'ny anjara raharahany intelo miantoana dia ny maha-mpisorona, ny maha-mpaminany ary ny maha-mpanjaka.

1121 1582. Tahaka ny amin'ny Batemy sy ny amin'ny Fankaherezana, izany fandraisana anjara amin'ny raharahan'i Kristy izany dia ankatoavina indray mandeha ihany. Ny sakramentan'ny Filaharana dia mampisy koa *marika ara-panahy tsy maty vonoina* ary tsy azo averina intsony na omena amin'ny fotoana voafetra³.

1583. Ny olona iray voahosotra ara-dalàna ho mpandraharaha masina dia azo esorina, mazava loatra, raha misy antony lehibe, amin'ny adidy aman'andraikitra sy amin'ny anjara raharaha mifandray amin'ny fanamasinana azy, na sakanana tsy hampiasa izany⁴, nefa tsy afaka hanjary ho lahika indray izy araka ny hevi-teny hentitra⁵, satria ny marika naraikitry ny fanamasinana azy dia natao ho

¹ jer. RFP 16.

² jer. RFP 16.

³ jer. Kôns. Trente : DS 1767 ; FF 21 ; 28 ; 29 ; RFP 2.

⁴ jer. CIC, can. 290-293 ; 1336, § 1, 3°, 5° ; 1338, §2.

⁵ jer. Kôns. Trente : DS 1774.

mandrakizay ao aminy. Ny fiantsoana sy ny fanirahana noraisiny tamin'ny andro nanamasinana azy dia mampisy marika azy amin'ny fomba maharitra.

1584.Satria fantatra fa i Kristy no miasa sy manatanteraka ny famonjena amin'ny alalan'ny mpandraharaha voahosotra, noho izany tsy hahasakana an'i Kristy hiasa ny mpandraharaha voahosotra ratsy toetra¹. Iza no hizingizinin'i Md Augustin mafy amin'izany : 1128

Ho an'ireo mpandraharaha masina miavonavona, dia ampilaharina amin'ny demony izy. Ny fanomezan'i Kristy dia tsy natao ho zimbazimbaina mihitsy, satria izay mikoriana ao Aminy dia mitana ny fahadiovany tsy misy fahony, izay mandalo ao Aminy dia mijanona ho madio mangarangarana ary mipaka hatrany amin'ny tany lonaka (...) Satria, ny hasina ara-panahin'ny sakramenta dia mitovy amin'ny fahazavana : ireo izay tsy maintsy hazavaina dia mandray izany ao anatin'ny fahadiovana mangarangarana ary, na mamakivaky ny zavatra mandoto aza, tsy ho voaloto izy². 1550

Ny fahasoavan'ny Fanahy Masina

1585.Ny fahasoavan'ny Fanahy Masina manokana amin'ity sakramenta ity dia ny fanahafana amin'i Kristy Mpisorona, Mpampianatra ary Mpiandry ondry, izay nanokanana an'ilay nohamasinina ho mpandraharaha voahosotra.

1586.Ho an'ny Eveka, ny fahasoavana ahazoana hery aloha ("Ny Fanahy izay mahatonga ho filoha" : vavaka fanamasinana ny Eveka amin'ny fombampivavahana latinina³) dia ny fahasoavana hitantanana sy hiarovana amin-kery sy amim-pahamalinana ny Fiangonany, toy ny ray sy mpiandry ondry, ombam-pitiavana maimaim-poana ny rehetra sy tombom-pitiavana ny mahantra, ny marary ary ny sahirana⁴. Izany fahasoavana izany no manosika azy hitory ny Evanjely amin'ny rehetra, ho môdelin'ny andian'ondriny, hialoha lalana azy eny an-dalan'ny fanamasinana amin'ny fampitoviana azy ao amin'ny Eokaristia amin'i Kristy Mpisorona sy Sorona, tsy matahotra ny hahafoy ny ainy ho an'ny ondriany : 2448

Ekeo, ry Ray izay mahalala ny fo, ity mpanomponao izay nofidinao ho amin'ny laharan'ny maha-eveka, enga anie izy mba hamahana ny andian'ondrinao masina, sy mba hampiasa amin'ny fanajana Anao ny mampisorona ambony indrindra tsy misy tsiny na kilema, amin'ny fanompoana Anao andro aman'alina ; enga anie izy haneho tsy an-kijanona ny endrikao mitahy ary hanolotra ny fanomezan'ny Fiangonanao masina ; enga anie izy, 1558

¹ jer. Kôns. Trente : DS 1612 ; DS 1154.

² Md Augustin in Ev Jo 5,15.

³ Pontificale Romanum. De ordinatione episcopi, presbyterorum et diaconorum 47.

⁴ jer. AE 13 sy 16.

noho ny fanahin'ny maha-mpisorona ambony indrindra, hanana ny fahefana hamela ny fahotana araka ny didinao, hizara ny andraikitra araka ny baikonao, ary hamaha ny fatotra rehetra noho ny fahefana nomenao ny apôstôly ; enga anie izy hamalifaly Anao amin'ny alalan'ny fahalemem-panahiny sy ny hadiovam-pony, amin'ny fanolorana Aminao ny fanatitra manim-pofona, amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy Zanakao¹...

1564 1587. Ny fanomezana ara-panahy izay omen'ny fanamasinana ho amin'ny laharana maha-pretra dia voambara amin'ity vavaka manokana amin'ny fombam-pivavahana bizantinina ity. Anisan'ny lazain'ny Eveka amin'izany, eo am-pametrahan-tanana, ny hoe :

Tompo ô, fenoy ny fanomezan'ny Fanahy Masina ity nankasitrahanao hasandratra eo amin'ny ambaratongan'ny maha-mpisorona ity, mba ho mendrika izy hijoro tsy manan-tsiny eo anoloan'ny ôtelinao, hitory ny Vaovao Mahafalin'ny Fanjakanao, hanatanteraka ny andraiki-panompoana ny tenim-pahamarinanao, hanolotra Aminao ny fanomezana sy ny sorona ara-panahy, hanavao ny vahoakanao amin'ny alalan'ny fandroana amin'ny fahaterahambaovao ; hany ka ny tenany ihany no 'ndeha hihaona amin'ilay Andriamanitray lehibe sady Mpamonjy, dia i Jesoa-Kristy, Zanakao Lahitokana, amin'ny andron'ny fiverenany fanindroany, ary Izy anie no handray avy amin'ny hatsaram-ponao tsy taka-polopolorina ny valisoan'ny fitantanana mahatoky amin'ny baikony².

1569 1588. Raha ny amin'ny Diakra, "ny fahasoavana ara-tsakramenta no manome azy ireo ny hery ilaina hanompoana ny Vahoakan'Andriamanitra amin'ny "asa fanompoana" amin'ny litorzia, ny teny ary ny fifankatiavana, amin'ny fiombonana amin'ny Eveka sy ny fivondronan'ny Pretrany"³.

1589. Manoloana ny halehiben'ny fahasoavana sy ny fiadidiana maha-mpisorona, dia mahatsapa ao aminy ny antso maika ho amin'ny fibebahana ireo mpampianatra masina, mba hampifanaraka ny fiainan'izy ireo manontolo amin'ny an'Ilay izay nanangana azy ireo ho mpandraharaha masina tamin'ny alalan'ny sakramenta. Araka izany, i Md Grégoire de Nazianze, mbola Pretra vao erotrerony tamin'izany fotoana izany, dia nanandra-peo hoe :

Tsy maintsy manomboka amin'ny manadio tena, alohan'ny handiovana ny hafa ; tsy maintsy hampianarina mba hahafahana mampianatra ; tsy maintsy ho tonga fahazavana mba hanazava, manatona an'Andriamanitra mba hampanatonana ny hafa Aminy, hamasinina mba hanamasina, hitondra antanana sy hanoro hevitra amin'ny saina mahiratra⁴. Haiko ny nahatonga anay

¹ Md Hippolyte, trad. ap. 3.

² Euchologion

³ FF 29.

⁴ Md Grégoire in Or. 2,71.

ho mpandraharaha masina, ny haavon'ny toerana misy anay ary ny any amin'Ilay izay halehanay. Fantatro ny haavon'Andriamanitra sy ny fahalemen'ny olombelona, nefa koa ny heriny¹. [Iza àry izany ny Pretra ? Izy no] ilay mpiaro ny fahamarinana, izy no mijoro miaraka amin'ny anjely, izy no manome voninahitra miaraka amin'ny arkanjely, izy no mampiakatra avo eo ambonin'ny ôtely ny fanatitra atao sorona, izy no mizara ny fisoronan'i Kristy, izy no manavao ny endriky ny zavaboary, izy no mamerina indray [ao amin'ny zavaboary] ny endrik'[Andriamanitra], izy no mamorona indray an'izany ho an'ny tontolo any ambony, ary, mba ilazana an'izay misy zava-dehibe indrindra, *nasandraatra hitovy amin'Andriamanitra izy sy manandraatra ny hafa hitovy amin'Andriamanitra*².

Ary hoy i Md Curé d'Ars: "Ny Pretra no manohy ny tsanganasampanavotana eto ambonin'ny tany" "Raha mahalala tsara ny Pretra eto antany ny olona, tsy ho fatin'ny horohoro, fa ho fatin'ny fitiavana ..." "Ny maha-Mpisorona, dia ny fitiavan'ny fon'i Jesoa"³.

1551

FAMINTINANA

1590. *Hoy i Md Paoly tamin'i Timôte mpianany: "Mananatra anao aho mba hamelombelona indray ny fanomezana izay napetrak'Andriamanitra ao anatinao tamin'ny fametrahako tanana taminao"* (2 Tim 1,6), ary "izay maniry ny raharahan'ny Pretra dia maniry raharaha tsara indrindra izy" (1 Tim 3,1). *Hoy izy tamin'i Tito: "Raha namela anao tao Kreta aho, dia ny mba hamitanao tao ny fandaminana ny zavatra rehetra, sy ny mba hanangananao Pretra isan-tanàna, araka ny nandidiako anao"* (Tito 1,5).

1591. *Vahoaka mpisorona ny Fiangonana manontolo. Noho ny Batemy, mandray anjara amin'ny fisoronan'i Kristy ny mpino rehetra. Antsoina hoe "fisoronana iombonan'ny mpino" izany fandraisana anjara izany. Ao amin'ny fotony sy amin'ny asa fanompoany, dia misy fandraisana anjara hafa amin'ny fanirahana an'i Kristy; ny an'ny andraiki-panompoana omena amin'ny sakramentan'ny Filaharana, izay ny lahasany dia ny manompo amin'ny anarana sy amin'ny Tenan'i Kristy-Loha mihitsy eo anivon'ny ankohonam-piangonana.*

1592. *Samy hafa mihitsy amin'ny fisoronana iombonan'ny mpino ny fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra satria manome fahefana masina ho an'ny fanompoana ny mpino ity. Ny mpandraharaha voahosotra dia manao ny asany eo anatrehan'ny Vahoakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fampianarana (munus docendi), ny fanompoana an'Andriamanitra amin'ny vavaka (munus liturgicum) ary ny fitondrana amin'ny maha-mpiandry ondry (munus regendi).*

¹ *Ibid.*, 2,74.

² *Ibid.*, 2,73.

³ Nodet, Jean-Marie Vianney p.98.

1593. *Efa hatrany am-piandohana no nanomezana sy nampiasana tamin'ny ambaratonga telo ny andraiki-panompoana masina : ny an'ny Eveka, ny an'ny Pretra ary ny an'ny Diakra. Ny andraiki-panompoana nomena tamin'ny alalan'ny fanamasinana dia tsy azo soloina eo amin'ny rafitra voarindra ao amin'ny Fiangonana : raha tsy misy ny Eveka, ny Pretra ary ny Diakra, tsy afaka miresaka hoe Fiangonana¹.*
1594. *Mandray ny hafenoan'ny sakramentan'ny Filaharana ny Eveka, izay mampiditra azy ao amin'ny Fiombonam-piadidian'ny maha-eveka sy mahatonga azy ho filoha hita maso ao amin'ny Fiangonana eo an-toerana izay ankinina aminy. Ireo Eveka, amin'ny maha-dimbin'ny apôstôly sy amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiombonam-piadidiana, dia mahazo anjara amin'ny fiandraiketana maha-apôstôly sy amin'ny fanirahana ny Fiangonana manontolo, eo ambany fifehezan'ny Papa, dimbin'i Md Piera.*
1595. *Miray amin'ny Eveka ireo Pretra amin'ny fahambonian'ny maha-mpisorona sady miankina aminy koa amin'ny fanaovana ny anjara raharaha maha-mpiandry ondry azy ireo ; voantso ho mpiara-miasa kinga saina amin'ny Eveka izy ireo ; manotrana ny Evekany izy ireo amin'ny alalan'ny fivondronan'ny maha-pretra izay miantsooka miaraka aminy ny fiandraiketana ny Fiangonana eo an-toerana. Ny Eveka no andraisan'izy ireo ny fiadidiana ny ankohonana kristianina eo amin'ny paroasy iray na ny fisahanana anjara raharaha iray voafaritra ao amin'ny Fiangonana.*
1596. *Mpandraharaha voahosotra ho amin'ny lahasa fanompoana ny Fiangonana ny Diakra ; tsy mandray ny fisoronana maha-mpandraharaha voahosotra izy, kanefa ny fanamasinana dia manome azy anjara raharaha mavesa-danja amin'ny andraiki-panompoana ny Teny, amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, amin'ny fitantanana pastôraly ary amin'ny asa fanompoana am-pitiavana ny hafa, lahasa izay tsy maintsy tanterahiny eo ambany fahefana maha-mpiandry ondry ny Evekany.*
1597. *Ny sakramentan'ny Filaharana dia omena amin'ny fametrahana-tanana arahin'ny vavaka fanamasinana manetriketrika izay angatahina amin'Andriamanitra ny fahasoavan'ny Fanahy Masina ilain'ilay hamasinina amin'ny andraiki-panompoany. Mampisy marika ara-tsakramenta tsy maty vonoina ny fanamasinana ho mpandraharaha voahosotra.*
1598. *Ny lehilahy (viris) vita batemy no hany azon'ny Fiangonana omena ny sakramentan'ny Filaharana, ka fantatra sy hita araka ny voadidy fa manana ny fahafahana mampiasa ny andraiki-panompoana. Anjaran'ny*

¹ jer. Md Ignace d'Antioche, Trall. 3,1.

manam-pahefan'ny Fiangonana ny adidy sy ny zo hiantso olona iray handray ny sakramentan'ny Filaharana.

1599. *Ao amin'ny Fiangonana latinina, ny sakramentan'ny Filaharana ho amin'ny maha-pretra dia tsy omena araka ny fomba mahazatra afa-tsy amin'izay olona vonona hisafidy an-kalalahana ny ho mpitovo, ary maneho ampahibemaso ny sitrapony hitandrina izany mba ho fitiavana ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fanompoana ny olombelona.*

1600. *Anjaran'ny Eveka no manome ny sakramentan'ny Filaharana amin'ny ambaratonga telo.*

ANDALANA 7

Ny sakramentan'ny Fanambadiana

1601. “Ny fifanekena ara-panambadiana, izay anorenan'ny lehilahy iray sy vehivavy iray eo amin'izy samy izy tokantrano iray ho amin'ny fiainana manontolo, nalahatra araka ny toetrany voa-Janahary amin'ny soa ho an'ny mpivady ary koa ho an'ny taranaka sy ho an'ny fanabeazana ny zanaka, dia nasandratr'i Kristy Tompo eo amin'ny samy vita batemy, ho amin'ny hasin'ny sakramenta”¹.

I. Ny fanambadiana ao amin'ny fandaharan'Andriamanitra

1602. Ny fitoviana endrika sy ny fifanahafana amin'Andriamanitra no anombohan'ny Soratra Masina ny fahariana ny lehilahy sy ny vehivavy², ary ny fahitana ny “fampakaram-badin'ny Zanak'Ondry” (Apôk 19,9) no amaranany izany³. Ny Soratra Masina, hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany, dia miresaka momba ny fanambadiana sy ny “misteriny”, ny fanorenana azy sy ny hevitra izay nomen'Andriamanitra azy, ny fiandohany sy ny fiafarany, ny fanatanterahana azy amin'ny fomba samihafa teo amin'ny tantaram-pamonjena manontolo, ny fahasahiranany nateraky ny fahotana sy ny fanavaozana azy “ao amin'ny Tompo” (1 Kôr 7,39), amin'ny fanekem-pihavanana vaovao an'i Kristy sy ny Fiangonana⁴.

¹ CIC, can. 1055, § 1.

² jer. Jen 1,26-27.

³ jer. Apôk 19,7.

⁴ jer. Efez 5,31-32.

Ny fanambadiana ao amin'ny filaminan'ny zavaboary

1603. “Naorin'ny Mpahary sy nasiany ny lalànany manokana, ny fiombonam-
piainana amam-pifankatiavana lalina izay noforonin'ny mpivady. Ny
371 Tenan'Izy Andriamanitra no mpamorona ny fanambadiana”¹. Ny fiantsoana
ho amin'ny fanambadiana dia voasokitra ao amin'ny toetra voa-Janahary
2331 maha-lehilahy sy maha-vehivavy, raha vao navoaka avy tao amin'ny
tanany Mpahary izy ireo. Tsy fanorenan'ny olombelona tokantrano
fotsiny ny fanambadiana, na dia maro aza ny fiovaovana izay mety
natrehany teny am-pamakivakiana ny taona maro teny, tao anatin'ny tsy
fitoviana kolontsaina, rafi-piaraha-monina ary fihetsika aseho ara-
pivavahana. Tsy tokony hanadinoana ny toetra iombonana sy maharitra
ireny tsy fitoviana ireny. Na tsy miseho eny rehetra eny amin'ny hazavana
mitovy aza ny hasin'io fanorenan-tokantrano io², dia misy kosa ao amin'ny
2210 kolontsaina rehetra ny hevitra marina maneho ny halehiben'ny firaisam-
panambadiana. “Satria ny hafinaretan'ny olona sy ny fiaraha-monina dia
mifamatotra mafy amin'ny fahavanonan'ny ankohonan'ny mpivady sy ny
fianakaviana”³.
1604. Andriamanitra, izay nahary ny olombelona tamin'ny fitiavana, dia niantso
azy koa ho amin'ny fitiavana, fiantsoana fototra sy hatrany am-bohoka ho
355 an'ny olona rehetra. Satria ny olombelona dia noarina mitovy endrika sy
mifanahaka amin'Andriamanitra⁴ izay Izy Tenany mihitsy no Fitiavana⁵.
Tamin'ny naharian'Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy, ny
fifankatiavan'izy ireo dia manjary endriky ny fitiavana tanteraka sy tsy
mety levona izay ity Andriamanitra ny olombelona. Tsara izany, tena
tsara dia tsara, eo imason'ny Mpahary⁶. Ary io fitiavana izay notsofin'
Andriamanitra rano io dia natao hiterahana sy hotanterahina amin'ny
tsanganasa iombonana amin'ny fiarovana ny zavaboary: “Ary
Andriamanitra nitsodrano azy ireo ka hoy Izy tamin'izy ireo: “Miteraha
maro, mitombo, mamenoa ny tany, ka mizakà azy”” (Jen 1,28).
1605. Noarina mba hifameno ny lehilahy sy ny vehivavy, ka hoy ny Soratra
372 Masina manamafy izany: “Tsy tsara raha irery ny lehilahy” (Jen 2,18). Ny
vehivavy, “nofo avy amin'ny nofony”⁷, mitovy aminy, akaiky azy tokoa,
dia nomen'Andriamanitra azy ho mpanampy⁸, amin'ny fanehoana araka

¹ FAA 48, § 1.

² jer. FAA 47, § 2.

³ FAA 47, § 1.

⁴ jer. Jen 1,27.

⁵ jer. 1 Jo 4,8.16.

⁶ jer. Jen 1,31.

⁷ jer. Jen 2,23.

⁸ jer. Jen 2,18.

izany an'Andriamanitra izay vonjintsika¹. “Noho izany handao ny ray aman-dreniny ralehilahy ka hikambana amin'ny vadiny izy, ary ho nofo iray ihany izy roa” (Jen 2,24). Izany no hanambara ny firaisana maharitra lalandava eo amin'ny fiainan'izy roa, ary ny Tenan'ny Tompo mihitsy no mampiseho izany tamin'ny fampahatsiahivana fa izany, “tany am-piandohana”, no fandaharan'ny Mpahary² : “Noho izany, tsy roa intsony izy ireo, fa nofo iray ihany” (Mt 19,6). 1614

Ny fanambadiana eo ambany fahefan'ny fahotana

1606.Ny olona rehetra dia samy mahatsapa ny fisian'ny ratsy, manodidina azy sy ao amin'ny tenany ihany koa. Io fahatsapana io dia miseho koa eo amin'ny fifandraisan'ny lehilahy sy ny vehivavy. Amin'ny fotoana rehetra, manjary loza mitatao amin'ny firaisam-piainan'izy ireo, ny fisarahambazana, ny fisainana te-handidy manapaka, ny fivadihana, ny hasarotampiaro ary amin'ireo fifanoherana izay mety hiafara amin'ny fankahalana sy fahatapaham-pihavanana. Mety hiseho amin'ny fomba mahery vaika kokoa izany korontana izany, ary mety ho azo resena na tsy ho azo resena, arakaraka ny kolontsaina, ny vanim-potoana, ny olona tsirairay, saingy hita fa toa toetra mpahazo ny daholobe izany.

1607.Araka ny finoana, io korontana io, izay tsapantsika mankarary, dia tsy avy amin'ny *toetra voa-Janahary* ny lehilahy sy ny vehivavy, na avy amin'ny *toetra voa-Janahary* ny fifandraisan'izy ireo, fa avy amin'ny *fahotana*. Fahatapaham-pihavanana amin'Andriamanitra ny fahotana voalohany ka ny vokany voalohany dia ny faharavan'ny fiombonana tany am-piandohana nisy teo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Notapatapahin'ny fifanomezantsiny ny fifandraisan'izy ireo³; niova ho fifandraisam-panjakazakana amampitsiriritana⁴ ny fifanintonan'izy ireo, izay fanomezana manokana avy amin'ny mpahary⁵ ; novesaran'ny fijaliana amam-panaintainam-piterahana sy ny fitadiavam-pivelomana⁶, ny fiantsoana tsara ny lehilahy sy ny vehivavy mba hiteraka, hitombo sy hizaka ny tany⁷. 1849 400

1608.Kanefa, maharitra ny filaminan'ny zavaboary, na dia voakorontana mafy aza izany. Mba hanasitranana ny ratram-pahotana, ilain'ny lehilahy sy ny vehivavy ny fanampian'ny fahasoavana izay tsy ho lavin'Andriamanitra na oviana na oviana, noho ny famindram-pony tsy misy fetra⁸. Raha tsy misy 55

¹ jer. Sal 121,2.

² jer. Mt 19,4.

³ jer. Jen 3,12.

⁴ jer. Jen 3,16 b.

⁵ jer. Jen 2,22.

⁶ jer. Jen 3,16-19.

⁷ jer. Jen 1,28.

⁸ jer. Jen 3,21.

io fanampiana io ny lehilahy sy ny vehivavy, tsy afaka ho tonga hanatanteraka ny firaisam-piainan'izy ireo izay naharian'Andriamanitra azy ireo “tany am-piandohana”.

Ny fanambadiana eo ambany fanabeazan'ny Lalàna

1609. Amin'ny famindram-pony, tsy nandao ny olombelona mpanota
410 Andriamanitra. Ny sazy izay manjohy ny fahotana, ny fanaintainam-
piterahana¹, ny asa “amin'ny hatsembohan'ny tavanao” (Jen 3,19), dia
mitambatra koa ho fanafody izay mametra ny vokatry ny fahotana.
Taorian'ny fahalavoana, ny fanambadiana dia manampy handresy ny
fiforetana ao amin'ny tena ihany, ny fitiavan-tena tafahoatra, ny fitadiavana
fahafinaretan'ny tena irery, ka hisokatra amin'ny hafa, amin'ny
fifanampiana, amin'ny fanoloran-tena.

1963,2387 1610.Ny kônsiansy môraly momba ny maha-tokana sy tsy azo ravana ny
fanambadiana, dia nivelatra teo ambany fanabeazan'ny lalàna taloha. Tsy
mbola notoharina tamin'ny fomba tena mazava tsara, ny fampirafesan' ireo
razambe sy ireo mpanjaka. Kanefa, ny lalàna nomena an'i Môizy dia
mikendry hiaro ny vehivavy amin'ny jadona'ny fanjakazakan'ny lehilahy, na
dia mampiseho koa aza izy, araka ny tenin'ny Tompo, ny mariky ny
“hamafin'ny fon' ” ny lehilahy izay nahatonga an'i Môizy nanome lalana
hisao-bady².

219,2380 1611. Ny fandinihana ny fanehem-pihavanan'Andriamanitra tamin'i Israely,
izay naseho an-tsary tamin'ny fifankatiavan'ny mpivady, tokana sy tsy
mivadika³, no nanomanan'ny mpaminany ny kônsiansin'ny vahoaka
voafidy amin'ny fahatakarana lalina ny maha-tokana sy tsy azo ravana ny
2361 fanambadiana⁴. Nanome porofo mampihetsi-po ny dikany avo ny
fanambadiana, ny tsy fivadihana ary ny fanehoam-pitiavan'ny mpivady, ny
bokin'i Rota sy Tobia. Mandrakariva, ao amin'ny Tonon-kira dia Tonon-
kira no ahitan'ny Lovam-pampianarana ny fomba fanehoana manokana ny
fitiavan'olombelona amin'ny maha-taratry ny fitiavan' Andriamanitra azy,
“fitiavana mahery noho ny fahafatesana” izay “tsy mety ho safotry ny
ranobe” (Ton 8,6-7).

Ny fanambadiana ao amin'ny Tompo

1612.Ny fifanekem-panambadiana teo amin'Andriamanitra sy i Israely
vahoakany no nanomanana ny Fanehem-pihavanana vaovao sady

¹ jer. Jen 3,16.

² jer. Mt 19,8 ; Det 24,1.

³ jer. Ôs 1-3 ; Iz 54 ; 62 ; Jer 2-3 ; 31 ; Ezek 16 ;23.

⁴ jer. Mal 2,13-17.

mandrakizay ; amin'io Fanekem-pihavanana io no toa nampiray ny Tenany tamin'ny olombelona rehetra novonjeny ny Zanak'Andriamanitra¹, fony Izy tonga nofo sy nanolotra ny ainy, ka nanomana ho amin'izany ny "fampakaram-badin'ny Zanak'Ondry" (Apôk 19,7.9). 521

1613. Tamin'ny fiandohan'ny fiainany ampahibemaso no nanaovan'i Jesoa ny famantarana voalohany – noho ny fangatahan'ny Reniny – tamin'ny fety fampakaram-bady iray². Manome lanjany lehibe tamin'ny fanatrehan'i Jesoa ny fampakaram-bady tao Kanà ny Fiangonana. Hitany ao ny fanamafisana ny hatsaran'ny fanambadiana sy ny fanambaràna fa hatramin'izao ny fanambadiana dia ho famantarana mahomby amin'ny fisiana maha-eo an'i Kristy.

1614. Tamin'ny fitorian-teniny, nampianatra mivantana tsy misy olakolaka ny hevitra ifotony ny amin'ny firaisan'ny lehilahy sy ny vehivavy i Jesoa, araka izay sitraky ny Mpahary azy hatrany am-piandohana : ny fahazoandalana nomen'i Môizy, hisarahan'ny lehilahy amin'ny vadiny, dia fanomezana noho ny hamafin'ny fo³ ; tsy azo ravana ny firaisampanambadian'ny lehilahy sy ny vehivavy : Izy Andriamanitra mihitsy no namoaka fehin-kevitra hoe : "Aoka àry tsy ho sarahin'olombelona izay nakamban'Andriamanitra" (Mt 19,6). 2336 2382

1615. Izany fanantitranterana tsy misy olakolaka ny amin'ny maha-tsy azo ravana ny fifamatorana ara-panambadiana izany dia mety hanjary mahasanganehana sy miseho ho toy ny fitakiana tsy azo tanterahina⁴. Kanefa i Jesoa tsy nampitondra entana tsy zakan'ny mpivady entina sy mavesatra loatra⁵, raha miohatra amin'ny Lalànan'i Môizy. Tamin'ny fahatongavany hamerina ny filaminan'ny zavaboary tany am-boalohany voakorontan'ny fahotana, Izy Tenany mihitsy no manome ny hery sy ny fahasoavana hiainana ny fanambadiana amin'ny toetra vaovao ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Amin'ny fanarahana an'i Kristy, amin'ny fandavana ny tenan'izy ireo ihany, amin'ny fitondrana ny Hazofijalian' izy ireo eo amin'izy ireo⁶, no hahafahan'ny mpivady "mahatakatra an-tsaina"⁷ ny hevitra ifotony amin'ny fanambadiana sy ny hiainana izany miaraka amin'ny fanampian'i Kristy. Vokatry ny Hazofijalian'i Kristy, izay loharanon'ny fiainana kristianina manontolo, izany fahasoavan'ny fanambadiana kristianina izany. 2364 1642

¹ jer. FAA 22.

² jer. Jo 2,1-11.

³ jer. Mt 19,8.

⁴ jer. Mt 19,10.

⁵ jer. Mt 11,29-30.

⁶ jer. Mk 8,34.

⁷ jer. Mt 19,11.

1616. Izany no mahatonga an'i Md Paoly apôstôly nampahafantatra tamin'ny filazana hoe : "Ianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, toy ny nitiavan'i Kristy ny Fiangonana ; nanolo-Tena ho azy Izy, mba hanamasina azy" (Efez 5,25-26), ary nampiana avy hatrany hoe : "Noho izany, handao ny ray amandreniny ny lehilahy ka hikambana amin'ny vadiny, dia ho nofo iray ihany izy roa" : misy mystery lehibe amin'io ; miantefa amin'i Kristy sy ny Fiangonana no tiako lazaina" (Efez 5,31-32).

796 1617. Ny fiainana kristianina manontolo no mitondra ny mariky ny fifankatiavan'ny maha-mpivady ao amin'i Kristy sy ny Fiangonana. Amin'ny Batemy, izay fidirana ao amin'ny vahoakan'Andriamanitra, dia efa misy misterim-panambadiana : izy, raha azo lazaina, no fandroampanambadiana¹ izay mialohan'ny sakafom-panambadiana, dia ny Eokaristia izany. Ny fanambadiana kristianina kosa avy eo dia manjary famantarana mandaitra, sakramentan'ny fifaneken'i Kristy sy ny Fiangonana. Satria ny fanambadiana kristianina no manambara sy mampahazo ny fahasoavana, koa tena sakramentan'ny Fanekem-pihavanana Vaovao marina tokoa ny fanambadian'ny samy vita batemy².

Ny fanokanan-tena ho virjiny ho an'ny Fanjakan'ny lanitra

2232 1618. I Kristy no foiben'ny fiainana kristianina manontolo. Ny fifamatorana Aminy no mitana toerana voalohany eo anatrehan'ny fifamatorana hafa rehetra, na ara-pianakaviana na ara-piaraha-monina³. Hatrany ampiandohan'ny Fiangonana, nisy lehilahy sy vehivavy izay nahafoy ny soa lehibe amin'ny fanambadiana mba hanara-dia ny Zanak'Ondry na aiza na aiza alehany⁴, mba hiahny ny zavatra ny Tompo, mba hikatsaka izay sitrany⁵, ary mba handeha eo anoloan'ilay Mpampakatra izay tamy⁶. Izy Kristy mihitsy no nitaona ny sasantsasany hanaraka Azy amin'izany fomba fiainany izany, ka Izy hatrany no môdelin'izany :

1579

Misy ny eonoka izay hatrany amin'ny fahaterahana izy no izany, hatrany an-kibon-dreniny ; misy koa ny eonoka izay nataon'ny olona no nahatonga azy ho izany ; ary misy amin'ireny izay ny tenany ihany no nanao azy ho eonoka noho ny Fanjakan'ny lanitra. Aoka handray izay mahay mandray (Mt 19,12).

922-924 1619. Ny fanokanan-tena ho virjiny ho an'ny Fanjakan'ny lanitra dia fivelaran'ny fahasoavan'ny Batemy, famantarana mahery izay maneho ny fahambonian'ny fifamatorana amin'i Kristy, amin'ny fiandrasana amin-

¹ jer. Efez 5,26-27.

² jer. DS 1800 ; CIC, can. 1055, § 1.

³ jer. Lk 14,26 ; Mk 10,28-31.

⁴ jer. Apôk 14,4.

⁵ jer. 1 Kôr 7,32.

⁶ jer. Mt 25,6.

kafanam-po ny fiverenany, famantarana izay mampahatsiaro koa fa zavamisy eo amin'ny fiainana mandalo ny fanambadiana¹.

1620. Ireo roa ireo, izany hoe ny sakramentan'ny Fanambadiana sy ny fanokanan-tena ho virjiny ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra, dia avy amin'ny Tenan'Izy Tompo mihitsy. Izy no mampisy heviny an'ireo sy manome an'ireo ny fahasoavana ilaina mba hivelomana izany araka ny sitrapony². Tsy azo sarahina sady mifanampy ny fankamamiana ny fanokanan-tena ho virjiny ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra³ sy ny hevitra kristianina momba ny fanambadiana : 2349

Ny manazimba ny fanambadiana, dia mampihena miaraka amin'izay koa ny haja amam-boninahitry ny fanokanan-tena ho virjiny ; ny midera azy kosa, dia mampitombo ny haja amam-boninahitra izay sahaza ny fanokanan-tena ho virjiny. (...) Fa rahefa ela ny ela, izay hita fa tsy tsara raha tsy ampitahaina amin'ny ratsy, dia mety ho tsy ny tena tsara ; izay hita kosa fa mbola tsara kokoa raha ampitahaina amin'ny efa tsara tsy azo lavina, izay no tena tsara indrindra⁴.

II. Ny fankalazana amin'ny fanambadiana

1621. Amin'ny fombam-pivavahana latinina, ny fankalazana amin'ny fanambadian'ny samy mpino katôlika, dia tanterahina ara-pomba mahazatra, mandritra ny Lamesa Masina, noho ny fifamatoran'ny sakramenta rehetra amin'ny misterin'ny Pakan'i Kristy⁵. Amin'ny Eokaristia no tanteraka ny tsangambato fahatsiarovana ny Fanekem-pihavanana Vaovao, izay amin'izany no iraisan'i Kristy mandrakizay amin'ny Fiangonana, vady malalany izay ho azy no nanolorany ny Tenany⁶. Koa mety raha mandraikitra ny faneken'izy ireo hifanolo-tena ny mpivady, amin'ny alalan'ny fanolorana ny fiainan'izy ireo avy, amin'ny fanakambanana izany amin'ny fanatitr'i Kristy ho an'ny Fiangonany, izay manjary eo amin'ny soron'ny Eokaristia, sy amin'ny fandraisana ny Eokaristia, mba “ho tonga tena iray” ao amin'i Kristy izy ireo rahefa mihinana ny Vatana sy misotro ny Ran'i Kristy iray ihany⁷. 1323

1622. “Ny fankalazana ara-litorzian'ny fanambadiana, amin'ny maha-fihetsika ara-tsakramentam-panamasinana azy (...), dia tokony ho manan-kery, ho 1368

¹ jer. Mk 12,25 ; 1 Kôr 7,31.

² jer. Mt 19,3-12.

³ jer. FF 42 ; FFR 12 ; FP 10.

⁴ Md Jean Chrysostome, virg. 10,1 ; jer. FM 16.

⁵ jer. L 61.

⁶ jer. FF 6.

⁷ jer. 1 Kôr 10,17.

1422 mendrika ary ho mahavokatra amin'ny alalan'ny tenany ihany"¹. Noho izany, mahaso ny mpifamfo ny miomana amin'ny fandraisana ny sakramentan'ny fivalozana, alohan'ny fankalazana ny fanambadiany.

1623. Araka ny lovam-panahy latinina, dia ny mpivady, izay izy ireo no mpandraharahan'ny fahasoavan'i Kristy, no mifanome ny sakramentan'ny Fanambadiana amin'ny fanambaràna ny faneken'izy ireo eo anatrehan'ny Fiangonana. Amin'ny lovam-panahin'ny Fiangonana tatsinanana, ny Pretra na ny Eveka izay mitarika ny fanompoam-pivavahana no vavolombelon'ny fifanekena ifanaovan'ny mpivady², nefa ilaina koa ny tsodranon'izy ireo mba hahavanona ny sakramenta³.

736 1624. Ny litorzia samihafa dia manankarena vavaka fitsofan-drano sy epikilezy angatahina amin'Andriamanitra ny fahasoavany sy ny tsodrano ho an'ny mpivady vao, indrindra ho an-dravehivavy. Amin'ny epikilezin'ity sakramenta ity no andraisan'izy mivady ny Fanahy Masina mampiray amin'ny fiombonam-pitiavan'i Kristy sy ny Fiangonana⁴. Ny Fanahy Masina no fitomboky ny fifaneken'izy ireo, loharanom-pitiavan'izy ireo ifanolorany lalandava, hery izay hihavaozan'ny tsy fivadihan'izy ireo.

III. Ny fanekena hivady

1734 1625. Ny tompon-draharaha voalohan'ny fifanekena ara-panambadiana dia lehilahy iray sy vehivavy iray samy vita batemy, afaka mifanambady ary manambara amin-kalalahana ny faneken'izy ireo. Ny hoe "malalaka" dia midika hoe :

- tsy iharan'ny faneriterena ;
- tsy misy sampona araka ny lalàna voa-Janahary na lalàm-piangonana.

2201 1626. Heverin'ny Fiangonana fa ny fanekena ifanaovan'ny mpivady no singafototra tsy azo avela "izay maha-fanambadiana ny fanambadiana"⁵. Raha tsy misy ny fanekena, tsy misy ny fanambadiana.

1735 1627. Ny fanekena dia mifototra amin'"ilay asan'olombelona izay ifanoloran'ny mpivady ny tenany sy ifandraisany"⁶ : "Izaho R... dia mandray anao R...

¹ FM 67.

² jer. CCEO, can. 817.

³ jer. CCEO, can. 828.

⁴ jer. Efez 5,32.

⁵ CIC, can. 1057, § 1.

⁶ FAA 48, § 1 ; jer. CIC, can. 1057, § 2.

ho vadiko”¹. Io fanekena izay mamatotra ny mpivady amin’izy samy izy io dia tanteraka rahefa “tonga nofo iray ihany” izy roa².

1628. Ny fanekena dia tsy maintsy ho asan’ny sitrapon’ny tsirairay amin’ny mpifanaiky, afaka amin’ny fanerena na tahotra lehibe avy any ivelany³. Tsy misy fahefan’olombelona na dia iray aza afaka misolo an’io fanekena io⁴. Raha tsy misy io fahafahana io, tsy vanona ny fanambadiana.

1629. Noho io antony io (na antony maro hafa koa mahatonga ny fanambadiana hoheverina ho toy ny tsy misy⁵), ny Fiangonana, aorian’ny fandinihana ny toe-javatra amin’ny alalan’ny tribonalim-piangonana afa-manapaka, dia afaka manambara “ny maha-foana ny fanambadiana”, izany hoe tsy misy na oviana na oviana ilay fanambadiana. Raha izany no toe-javatra misy dia samy afaka manambady ireo nanao fifanekena, satria samy afaka tamin’ny adidy voa-Janahary nampikambana azy ireo taloha⁶.

1630. Ny Pretra (na ny Diakra) izay manatrika ny fankalazana amin’ny fanambadiana, no mandray ny faneken’ny mpivady amin’ny anaran’ny Fiangonana sy manome ny tsodranon’ny Fiangonana. Ny fanatrehan’ny mpandraharaha masin’ny Fiangonana (ary koa ireo vavolombelona), no mampiseho miharihary fa ny fanambadiana dia zava-misy mahakasika ny Fiangonana.

1631. Noho izany antony izany no angatahin’ny Fiangonana araka ny fanao mahazatra amin’ireo mpinony ny *fomba ara-dalànan’ny Fiangonana* amin’ny fanatanterahana ny fanambadiana⁷. Antony maro no manampy amin’ny fanazavana izany famerana izany :

- asa *litorzika* ny fanambadiana ara-tsakramenta. Koa noho izany, tsara ¹⁰⁶⁹ raha ankalazaina amin’ny litorzia atao ampahibemaso eo amin’ny Fiangonana izy ;
- tafiditra ao amin’ny *fitsipika ara-pombam-pivavahan’ny Fiangonana* ¹⁵³⁷ ny fanambadiana, ka miteraka zo sy adidy izy ao amin’ny Fiangonana, eo amin’ny samy mpivady ary amin’ireo zanaka ;
- satria lalam-piainana iray ao amin’ny Fiangonana ny fanambadiana, ka tsy maintsy misy antoka marina amin’ny fanambadiana (izany no tsy maintsy ananana vavolombelona) ;
- ny maha-ampahibemaso ny fanekena no miaro ny “Eny” nomena ²³⁶⁵ indray mandeha ihany sy manampy tsy hivadika amin’izany.

¹ OcM 62.

² jer. Jen 2,24 ; Mk 10,8 ; Efez 5,31.

³ jer. CIC, can. 1103.

⁴ CIC, can. 1057, § 1.

⁵ jer. CIC, can. 1083-1108.

⁶ jer. CIC, can. 1071, § 1.3.

⁷ jer. Kòns. Trente : DS 1813-1816 ; CIC, can. 1108.

1632. Mba ho asa an-kalalahana sy izakana andraikitra ny “Eny ” ifaneken’ny mpivady, ary mba hanana fototra maha-olombelona sy maha-kristianina mafy sy maharitra ny fifanekem-panambadiana, dia ny *fiomanana ho amin’ny fanambadiana* no manan-danja voalohany.

2206 Mijanona ho lalana ahazoan-tsoa amin’io fanomanana io ny oha-piainana sy ny fampianarana omen’ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana.

Ny anjara asan’ny mpiandry ondry sy ny ankohonana kristianina amin’ny maha-“fianakavian’Andriamanitra” azy, dia ilaina ho amin’ny fampitana ny soatoavina maha-olombelona sy maha-kristianina momba ny fanambadiana sy ny fianakaviana¹, ary ity, indrindra amin’izao androntsika izao, betsaka ny tanora no mahatsapa ny fisian’ireo tokantrano rava izay tsy ampy hanamafy orina intsony ity fanoroan-dalana ity :

2350 Tsy maintsy ampahafantarina ara-potoana ny tanora, ary amin’ny fomba saha azy, izay mety kokoa raha eo anivon’ny fianakaviana, ny mikasika ny hasin’ny fifankatiavan’ny mpivady, ny anjara raharahany, ny fampiasana azy : ary rahefa voabe amin’ny fahadiovam-pitiavana amin’izany izy ireo, dia afaka, rahefa tonga ny fotoana, hirotsaka amin’ny fanambadiana aorian’ny fifamofoana niainana tao anatin’ny fahamendrehana².

Ny fanambadiana eo amin’ny samy kristianina samihafa finoana, sy eo amin’ny kristianina sy tsy kristianina

1633. Any amin’ny firenena maro, miseho matetitetika ny toeran’ny *fanambadian’ny samy kristianina samihafa finoana* (eo amin’ny katôlika sy ny vita batemy tsy katôlika). Mitaky fitandremana manokana amin’ny mpivady sy ny mpitondra fiangonana izany ; ny amin’ny fanambadian’ny “*tsy mitovy fivavahana*” (eo amin’ny katôlika sy ny tsy vita batemy) dia mbola mitaky fahamaliana bebe kokoa.

817 1634. Ny tsy fitovian’ny finoana arahina eo amin’ny mpivady dia tsy mampisy vato misakana tsy azo ihoarana ho an’ny fanambadiana, raha vitan’izy ireo ny manakambana an’izay noraisin’ny tsirairay tamin’izy ireo tao amin’ny fiangonany, sy mampianatra ny andaniny sy ny ankilany ny fomba izay niainan’ny tsirairay ny fifikirana amin’i Kristy. Kanefa ny zava-manahirana amin’ny fanambadian’ny samy kristianina samihafa finoana dia tsy tokony hamaivanina velively. Izany dia avy amin’ny toe-javatra izay milaza fa tsy mbola ahitam-panafana ny fisarahan’ny kristianina. Mety hahatsapa ny loza avy amin’ny tsy firaisan’ny kristianina ny mpivady eo anivon’ny tokantranon’izy ireo ihany. Mbola mety hanampy trotraka ireny zava-manahirana ireny ny tsy fitovian’ny fivavahana. Ny fifanoherana mikasika ny finoana, ny fahazoana mihitsy ny hoe fanambadiana, ary koa ny tsy fitovian’ny toe-tsaina enti-mivavaka, dia mety hitambatra ho fototry ny fifanenjanana eo amin’ny fanambadiana, indrindra ny amin’ny fanabeazana ny

¹ jer. CIC, can. 1063.

² FAA 49, § 3.

zanaka. Ny fakam-panahy mety hiseho amin'izany dia ny tsy firaharohana fivavahana.

1635. Araka ny lalàna manan-kery ao amin'ny Fiangonana latinina, ny fanambadian'ny samy kristianina samihafa finoana, mba ho ara-dalàna izy, dia mila ny *fahazoandalana mazava* avy amin'ny manam-pahefan'ny Fiangonana¹. Eo amin'ny an'ny tsy mitovy fivavahana dia takina ny *fanomezan-dalana manokana mazava* amin'ny fanalana sampona mba hanan-kery ara-dalàna ny fanambadiana². Io fahazoandalana io na io fanomezan-dalana manokana io, no mitaky fa ny andaniny sy ny ankilany dia mahalala sy tsy manohitra ny tanjona sy ny toetra manokana maha-izy ny fanambadiana ary koa anamafisan'ily an-daniny katôlika ny fampanantenana nataony, sy entina koa ho amin'ny fampahalalana mazava ny an-kilany tsy katôlika, itahirizana ny finoany ary iantohana ny fanaovana batemy sy ny fanabeazana ny zanaka ao amin'ny Fiangonana katôlika³.

1636. Amin'ny faritany maro, noho ny fifanakalozan-kevitra momba ny firaisampinoana, ireo ankohonana kristianina voakasika izany dia afaka nanangana ny *pastôraly iombonana ho an'ny fanambadian'ny samy kristianina samihafa finoana*.⁸²¹ Ny lahasa sahaniny dia ny manampy ireny mpivady ireny hiaina ny toerana manokana misy azy ireo eo ambany fitsilovan'ny finoana. Tokony hanampy ny mpivady koa izany mba handresena ny fifanolanana eo amin'ny adidin'ny mpivady amin'ny andaniny sy amin'ny ankilany ary amin'ny fiangonan'izy ireo. Tokony handrisika amin'ny fivelarana amin' izay iraisan'izy ireo eo amin'ny finoana izany, sy amin'ny fanajana an'izay mampisaraka azy ireo.

1637. Amin'ny fanambadian'ny tsy mitovy fivavahana, manana lahasa manokana ilay vady katôlika : “Satria ny lehilahy tsy mpino efa nahazo fanamasinana tamin'ny vadiny, ary ny vehivavy tsy mpino efa nahazo fanamasinana tamin'ny vadiny mpino” (1 Kôr 7,14). Hafaliana lehibe ho an'ily vady kristianina sy ho an'ny Fiangonana izany raha mitondra ho amin'ny fibebahana amin-kalalahana an'ily vady tsy mpino ho amin'ny finoana kristianina io “fanamasinana” io⁴. Ny fifankatiavan'ny mpivady amin'ny fo tokoa, ny fizàrana miaina ny hatsarampanahy ao amin'ny fianakaviana, amim-panetren-tena sy amim-paharetana, ary ny fitozoana amin'ny fivavahana, dia afaka manomana ilay vady tsy mpino handray ny fahasoavana amin'ny fibebahana.

IV. Ny vokatry ny sakramentan'ny Fanambadiana

1638. “Avy amin'ny fanambadiana vanona no teraka eo amin'ny mpivady ny *fifamatorana* araka ny toetrany voa-Janahary maha-mandrapahafaty sy maha-tokana azy ; afa-tsy izany, amin'ny fanambadiana kristianina,

¹ jer. CIC, can. 1124.

² jer. CIC, can. 1086.

³ jer. CIC, can. 1125.

⁴ jer. 1 Kôr 7,16.

ankaherezina sy tena hamasinin'ny sakramenta manokana ho amin'ny adidy sy ny fahamendrehan'ny toe-piainan'izy ireo, ny mpivady¹.

Ny fifamatorana ara-panambadiana

1639. Ny fanekena izay ifanoloran'ny mpivady ny tenan'izy ireo sy ifandraisan' izy ireo dia nasian'ny Tenan'Izy Andriamanitra mihitsy toambo-kase². Avy amin'ny fifaneken'izy ireo “no mipoitra ilay tokantrano, izay amafisin'ny lalànan'Andriamanitra, ary koa ankatoavin' ny tany ama-monina³. Ny fifaneken'ny mpivady dia tafiditra ho anisan'ny fanekem-pihavanan' Andriamanitra sy ny olombelona : “Ny fifankatiavana tena izy eo amin'ny mpivady dia azony avy ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra⁴”.

2365 1640. Noho izany, ny Tenan'Izy Andriamanitra mihitsy no nanorina ny *fifamatorana ara-panambadiana*, hany ka ny fanambadiana nifanarahana sy notontosaina eo amin'ny samy vita batemy dia tsy azo ravana na oviana na oviana. Izany fifamatorana izany, izay vokatry ny asan' olombelona malalaka eo amin'ny mpivady sy ny fanatanterahana ny fanambadiana, dia zava-misy tsy azo ovàna hatramin'izao sy iandohan'ny fanekem-pihavanana iantohan'ny tsy fivadihan'Andriamanitra. Tsy anjaran'ny fahefan'ny Fiangonana ny manapa-kevitra hanohitra izany fandaminan'ny fahendren'Andriamanitra izany⁵.

Ny fahasoavana amin'ny sakramentan'ny Fanambadiana

1641. “Eo amin'ny lalam-piainan'izy ireo sy eo amin'ny laharana tandrify azy ireo, [ny mpivady kristianina] dia manana ny anjara fanomezana manokana ho azy ireo ao amin'ny Vahoakan'Andriamanitra⁶ Izany fahasoavana manokana amin'ny sakramentan'ny fanambadiana izany, dia natokana handavorariana ny fitiavan'ny mpivady, hanamafy ny firaisan'izy ireo tsy azo ravana. Avy amin'izany fahasoavana izany “no mifanampy izy ireo hifanamasina eo amin'ny fiainan'ny mpivady, amin'ny fandraisana sy fanabeazana ny zanaka⁷”.

1615 1642. *I Kristy no loharanon'io fahasoavana io*. “Tahaka ny nanombohan' Andriamanitra fahiny ny fanekem-pitiavana sy ny tsy fivadihana tamin'ny vahoakany, dia tahaka izany koa, ankehitriny, no ihaonan'ny Mpamonjy ny

¹ CIC, can. 1134.

² jer. Mk 10,9.

³ FAA 48, § 1.

⁴ FAA 48, § 2.

⁵ jer. CIC, can. 1141.

⁶ FF 11.

⁷ FF 11 ; jer. FF 41.

olombelona, Vadin'ny Fiangonana, amin'ny mpivady kristianina amin'ny 796
alalan'ny sakramentan'ny Fanambadiana"¹. Mijanona miaraka amin'izy
ireo Izy, manome hery azy ireo Izy hanaraka Azy amin'ny fandraisan'izy
ireo an-tanana ny Hazofijalian'izy ireo, hiarina aorian'ny fahalavoan'izy
ireo, hifamela heloka, hifampiantsoroka enta-mavesatry ny andaniny sy ny
ankilany², "hifanoa amin'ny fahatahorana an'i Kristy" (Efez 5,21) ary
hifankatia amin'ny fifankatiavana mihoatra ny natoraly, saro-pady sy
mamokatra. Ao anatin'ny hafalian'ny fitiavan' izy ireo sy ny fiainam-
pianakavian'izy ireo, no ampisehoan'izy ireo, manomboka ety an-tany, ny
santatry ny fanasana amin'ny fampakaram-badin'ny Zanak'Ondry :

Aiza no hanovozako hery ilazalazana amin'ny fomba mahafa-po ny
fahasambaram-panambadiana izay tsimbinin'ny Fiangonana, izay
hamafisin'ny tolotra, izay marihin'ny tsodrano amin'ny toambo-kase ; ny
anjely mankalaza azy, ny Ray any an-danitra mankato azy. (...) Akory ity
fanambadian'ny olon-droa kristianina, ampiraisin'ny fanantenana iray, ny
faniriana iray, ny fitsipi-pifehezana iray, ny fanompoana iray ihany ! Samy
zanaky ny Ray tokana ihany izy roa, mpanompon'ny Tompo iray ihany ; tsy
misy na inona na inona manasaraka azy ireo, na ao amin'ny fanahy na ao
amin'ny nofo ; ny mifanohitra amin'izany aza, tena nofo iray ihany izy roa.
Amin'izany maha-iray ny nofo izany, iray koa ny fanahy³.

V. Ny soa sy ny takin'ny fitiavan'ny mpivady

1643. "Ny fitiavan'ny mpivady dia ahitana ny fitambarana izay ao no
iantombohan'ny singafototra rehetra maha-olona ny olona – antson'ny 2361
vatana sy ny tosi-kerim-panentana ao anaty, herin'ny fihetseham-po sy ny
fiontanam-po, hetahetan'ny fanahy sy ny sitrapo - ; mikendry ny firaisana
lalina maha-olona izy, ka, ankoatra ny firaisana ho nofo iray ihany, dia
mitondra ho amin'ny fo iray sy fanahy iray ; mitaky ny *tsy maha-azo
ravana sy ny tsy fivadihana* amin'ny fifanoloran-tena varo-maty izy ; ary
misokatra ho amin'ny *fiterahana*. Ireo moa dia momba ny toetra manokana
ara-dalàna amin'ny fitiavana voa-Janahary eo amin'ny mpivady rehetra,
nefa koa misy heviny vaovao, izay tsy hoe manadio an'ireo na manamafy
an'ireo fotsiny, fa manondrotra an'ireo mba hanjary fanehoana ny
soatoavina tena kristianina"⁴.

Ny maha-tokana sy ny maha-tsy azo ravana ny fanambadiana

1644. Takin'ny fitiavan'ny mpivady, araka ny toetrany voa-Janahary rahateo, ny
maha-tokana sy ny maha-tsy azo ravana ny fiombonan'ny maha-olona azy

¹ FAA 48, § 2.

² jer. Gal 6,2.

³ Tertullien, ux. 2,8,6-7 ; jer. FM 13.

⁴ FM 13.

ireo, izay manambatra ny fiainan'izy ireo manontolo : “Noho izany, tsy roa intsony izy ireo, fa nofo iray ihany” (Mt 19,6)¹. “Voantso izy ireo hampitombo tsy an-kijanona ny fiombonan'izy ireo amin'ny alalan'ny tsy fivadihana isan'andro, sy hanamafy ny fanomezan-toky amin'ny fifanoloran-tena manontolo izay raketin'ny fanambadiana”². Ny fiombonana amin'i Jesoa-Kristy nomena tamin'ny sakramentan'ny fanambadiana no manamafy sy mandio ary manatontosa izany fiombonana maha-olona izany. Mihalalina izany amin'ny alalan'ny fiainana ny finoana iombonana sy amin'ny alalan'ny Eokaristia iarahana mandray.

369 1645. “Ny fitovian'ny fahamendrehan'ny olona tsirairay izay tsy maintsy fantarina eo amin'ny vehivavy sy eo amin'ny lehilahy ao anatin'ny fitiavana feno fatra izay ifanoloran'izy roa ny tenany dia mampiseho mazava ny maha-tokana ny fanambadiana, nohamafisin'i Jesoa Tompo”³. Ny *fampirafesana* dia manohitra izany fitoviana haja aman-kasina izany sy amin'ny fitiavan'ny mpivady izay tokana sy tsy ananan-droa”⁴.

2364-2365 Ny tsy fivadihana amin'ny fitiavan'ny mpivady

1646. Takin'ny fitiavan'ny mpivady amin'izy mpivady, araka ny toetrany voa-Janahary rahateo, ny tsy fivadihana tsy azo dikaina. Vokatry ny fanomezana ny tenan'izy ireo ihany izay ifanoloran'ny mpivady, io tsy fivadihana io. Tokony ho varo-maty ny fitiavana. Tsy mety hoe “hatramin'izao baiko vaovao izao” izy. “Izany firaisana lalina, ifanoloran'izy roa ny tenany izany, tsy latsaka izany koa ny soa ho an'ny zanaka, dia mitaky ny tsy fivadihana tanteraka eo amin'ny mpivady sy mila ny maha-tokana tsy azo ravana ny fanambadian'izy ireo”⁵.

1647. Ny antony lalina indrindra dia hita eo amin'ny tsy fivadihan' Andriamanitra amin'ny fanekem-pihavanany, sy tsy fivadihan'i Kristy amin'ny Fiangonany. Amin'ny alalan'ny sakramentan'ny fanambadiana ny mpivady dia nahazo fahefana ara-dalàna hampiseho izany tsy fivadihana izany sy hijoro ho vavolombelon'izany. Amin'ny alalan'ny sakramenta, ny maha-tsy azo ravana ny fanambadiana dia mahazo hevitra vaovao sy lalina kokoa.

1648. Mety heverina fa sarotra, na tsy azo atao, ny mifatotra amin'ny olona iray mandritra ny fiainana manontolo. Tsy vitan'izany koa fa zava-dehibe ny mitory ny Evanjely fa tia antsika amin'ny fitia varo-maty sy tsy miova

¹ jer. Jen 2,24.

² FM 19.

³ FAA 49, § 2.

⁴ jer. FM 19.

⁵ FAA 48, § 1.

Andriamanitra, ka mandray anjara amin'io fitiavana io ny mpivady, izay mitondra azy ireo sy manohana azy ireo, ary amin'ny tsy fivadihan'izy ireo no ahafahan'izy ireo mijoro ho vavolombelon'ny fitiavan'Andriamanitra tsy mivadika. Ny mpivady izay, omban'ny fahasoavan'Andriamanitra, mampiseho izany fijoroana vavolombelona izany, matetika amin'ny toedraharaha sarotra tokoa, dia mendrika ny fankasitrahana sy ny fanohanan'ny ankohonam-piangonana¹.

1649. Misy anefa ny toe-javatra izay mahatonga ny firaisan-tranon'ny mpivady ho tsy azo atao noho ny antony maro samihafa. Amin'ny toe-javatra toy izany, eken'ny 2383
Fiangonana ny *fisarahan-toeran*'ny mpivady sy ny fampitsaharana ny firaisan-trano. Mitohy tsy mijanona anefa ny maha-mpivady azy mivady eo anatrehan'Andriamanitra ; tsy afaka ny haka vady vaovao izy ireo. Amin'ity toe-javatra sarotra ity, ny vahaolana tsara indrindra, raha azo atao, dia ny fampihavanana. Antsoina ny ankohonana kristianina hanampy ireny olona ireny hiaina araka ny maha-kristianina ny toe-javatra mihatra amin'izy ireo, ao anatin'ny tsy fivadihana amin'ny fifamatoran'ny fanambadian'izy ireo izay mijanona ho tsy azo ravana².

1650. Betsaka ankehitriny, any amin'ny firenena maro, ny katôlika izay mangataka *fisaraham-panambadiana* araka ny didy aman-dalàna sivily sy manao fifanekena 2384
eo anatrehan'ny lalàna sivily ho amin'ny fanambadiana vaovao. Manantitrantitra ny Fiangonana, noho ny tsy fivadihana amin'ny tenin'i Jesoa-Kristy (“Na iza na iza lehilahy misaraka amin'ny vadiny ka mampakatra vehivavy hafa, dia manitsakitsaka ny vadiny voalohany ; ary raha ny vavy koa no manary ny lahy ka manambady hafa, dia mijangajanga izy” : Mk 10,11-12), fa tsy azony ekena ho vanona ny fanambadiana vaovao, raha mbola vanona ny fisian'ilay fanambadiana voalohany. Raha manambady indray araka ny fomba sivily ireo nisara-panambadiana, dia miditra ao anatin'ny toe-piainana izay mandika tsotr' izao ny lalànan'Andriamanitra izy ireo. Koa noho izany, tsy mahazo mandray kômonio amin'ny Eokaristia izy ireo mandritra ny fotoana aharetan'io toe-piainana io. Noho io antony io koa, tsy afaka misahana andraikitra sasantsasany ao amin'ny Fiangonana izy ireo. Ny fampihavanana amin'ny alalan'ny sakramentan'ny Fivalozana dia tsy azo omena afa-tsy ho an'ireo izay manenina fa nandika ny famantarana ny fifanekem-panambadiana sy ny tsy fivadihana amin'i Kristy, ary mampanantena fa hiaina ao anatin'ny fifadiam-pahafinaretan'ny nofo tanteraka.

1651. Ny amin'ireo kristianina izay miaina ao anatin'izany toe-piainana izany sy izay mitazona matetika ny finoana ary maniry hitaiza amin'ny fomba kristianina ny zanak'izy ireo, dia adidin'ny Pretra sy ny ankohonan'ny mpino manontolo ny mikarakara azy ireo ombam-pitandremana, amin'ny fiainana izay ahafahan'izy ireo sy tsy maintsy andraisany anjara amin'ny maha-vita batemy azy ireo, mba tsy hiheveran'izy ireo fa tafasaraka amin'ny Fiangonana izy ireo :

Hasaina izy ireo hihaino ny Tenin'Andriamanitra, hanatrika ny Soron'ny lamesa, hitozo amin'ny fivavahana, hitondra ny anjara birikin'izy ireo

¹ jer. FM 20.

² jer. FM 83 ; CIC, can. 1151-1155.

amin'ny asam-pitiava-namana sy amin'ny ezaky ny ankohonan' ny mpino ho amin'ny fahamarinana, hitaiza ny zanak'izy ireo amin'ny finoana kristianina, hamolavola toe-tsaim-pibebahana sy hanatanteraka izany amin'ny asa, mba hitalahoana isan'andro mihiratra ny fahasoavan' Andriamanitra¹.

2366-2367 Ny famosahan-kevitra amin'ny fiterahana

1652. “Avy amin'ny toetrany voa-Janahary mihitsy no nandaharana ny fanorenan-tokantrano amin'ny fanambadiana sy ny fifankatiavan'ny mpivady ho amin'ny fiterahana sy ny fanabeazana, izay izany no tampony manamarika ny fahatontosany”² :

Ny zanaka no fanomezana tsara indrindra avy amin'ny fanambadiana sy manampy be tokoa amin'ny soa ho an'ny tenan'izy ray aman-dreny. Sitraky ny Tenan'Izy Andriamanitra mihitsy izay niteny hoe : “Tsy tsara raha irery ny lehilahy” (Jen 2,18) sy izay “[nanao ny olombelona] ho lehilahy sy vehivavy hatrany am-piandohana” (Mt 19,4), ny hanome azy ny fandraisana anjara manokana amin'ny tsanganasa fahariany ; koa nitsodrano ny lehilahy sy ny vehivavy Izy nanao hoe : “Miteraha maro ianareo ary mitombo” (Jen 1,28). Koa noho izany, ny fifankatiavan'ny mpivady marina tokoa sy mazava tsara, mbamin'ny lamin-drafitra manontolo ny fiainam-pianakaviana avy amin'izany, kanefa tsy manambany ny tanjon'ny fanambadiana hafa rehetra, dia samy mikendry hahatonga ny mpivady hanam-pahalalahana mba hiaramiasa amin-kerim-po amin'ny fitiavan'ny Mpahary sy Mpamonjy izay, amin'ny alalan'izy ireo, no sitrany hanondrotra sy hampitomboana tsy ankianona ny fianakavian'ny tenany³.

1653. Ny fahavokaran'ny fifankatiavan'ny mpivady dia mivelatra amin'ny vokatry ny fiainana ara-môraly, ara-panahy sy mihoatra ny natoraly, izay ampitain'ny ray aman-dreny amin'ny zanak'izy ireo amin'ny alalan'ny fanabeazana. Ny ray aman-dreny no mpanabe voalohany sady lehibe indrindra ny zanak'izy ireo⁴. Araka izany lafin-kevitra izany, ny lahasa fototry ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia ny ho fanompoana amin'ny fiainana⁵.

1654. Ireo mpivady izay tsy nomen'Andriamanitra zanaka kosa anefa dia afaka hanana fiainam-panambadiana feno, amin'ny lafiny toe-po sy fomba kristianina. Afaka hamirapiratan'ny fahavokaran'ny fitiava-namana, ny fandraisana olona ary ny fahafaoizan-tena ny fanambadian'izy ireo.

¹ FM 84.

² FAA 48, § 1.

³ FAA 50, § 1.

⁴ jer. FK 3.

⁵ jer. FM 28.

VI. Ny Fiangonana ao an-tokantrano

1655. Sitrak'i Kristy ny ho teraka sy hitombo teo anivon'ny Fianakaviana Masin'i Josefa sy Maria. Tsy hafa tsy akory ny Fiangonana fa ny "fianakavian'Andriamanitra". Hatrany am-piandohany, ny antokon'olona tao amin'ny Fiangonana, dia matetika niorina avy amin'ireo izay nanjary mpino "niaraka tamin'ny ankohonany manontolo"¹. Rahefa nibekaka izy ireo, dia nirin'izy ireo koa ny hahavoavonjy "ny ankohonany manontolo"². Ireny fianakaviana nanjary mpino ireny no vondron-trano voafaritry ny fiainana kristianina eo amin'ny tontolo tsy mpino. 759
1656. Amin'izao androntsika izao, eo amin'ny tontolo izay matetika miavaka sy manohitra ny finoana mihitsy aza, manana ny lanjany lehibe tokoa ny fianakaviana mpino, zary akanin'ny finoana velona sy misandrahaka. Izany no mahatonga ny Kônsily Vatikana faharoa hiantso ny fianakaviana amin'ilay fomba fiteny tranainy hoe *Ecclesia domestica*³ (*Fiangonana ao an-tokantrano*). Eo anivon'ny fianakaviana izany, dia ny ray aman-dreny, "amin'ny alalan'ny teny sy amin'ny alalan'ny oha-piainana (...) no mpitory voalohany ny finoana ho an'ny zanak'izy ireo, amin'ny fanampiana ho an'ny fiantsoan'Andriamanitra tandrify ny tsirairay ary indrindra ny fiantsoana masina"⁴. 2204
1657. Ao amin'ny fianakaviana izany, amin'ny fomba ahazoan-tsoa manokana, no iasan'ny *maha-mpisorona avy amin'ny Batemy* ny raim-pianakaviana, ny reny, ny zanaka, ny mpianakavy manontolo, "amin'ny alalan'ny fandraisana sakramenta, ny vavaka sy ny fisaorana, ny fanehoana fiainampahamasinana, sy amin'ny alalan'ny fandavan-tenan'izy ireo sy ny fifankatiavan'izy ireo azo tsapain-tanana"⁵. Ny tokantrano amin'izany no sekolim-piainana kristianina voalohany sy "sekolim-pampivoarana ny maha-olona"⁶. Ao koa no ianarana ny fihafiana sy ny hafaliana avy amin'ny asa, ny fitiavan'ny maha-mpiray tam-po, ny famelan-keloka amin-kalalaham-po, na dia miverimberina aza ny fahadisoana, ary indrindra ny fanompoana an'Andriamanitra amin'ny vavaka sy ny fanoloram-piainana Aminy. 2214-2231 2685
1658. Mbola tokony hotsarovana koa ireo olona sasantsasany izay, noho ny toepiainana tsy takona afenina tsy maintsy iainan'izy ireo – ary matetika tsy fidiny ho azy izany – manakaiky indrindra ny fon'i Jesoa ka noho izany mendrika fitiavana sy fiahiana fatratra avy amin'ny Fiangonana, indrindra

¹ jer. Asa 18,8.

² jer. Asa 16,31 sy 11,14.

³ FF 11 ; jer. FM 21.

⁴ FF 11.

⁵ FF 10.

⁶ FAA 52, § 1.

ny mpitondra : ireo *olona mpitovo* maro be. Ny ankamaroan'izy ireny dia tsy *misy fianakaviana fa honjohonjony irery*, matetika noho ny antony avy amin'ny fahantrana. Misy ireo izay miaina izany toerana misy azy izany ao anaty toe-panahin'ny hasambarana nambaran'i Jesoa, amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny namana amin'ny fomba azo alain-tahaka. Ho azy rehetra ary, tokony hovohaina midanadana ho azy ireo ny varavaran'ny ankohanana, "Fiangonana ao an-tokantrano", ary ny fianakaviambe izay tsy inona fa ny Fiangonana. "Tsy misy olona tsy tokony hanana fianakaviana eto amin'izao tontolo izao : ny Fiangonana no trano sy fianakavian'ny rehetra, indrindra ho an'ireo izay "miasatra sy itambesaran'ny entamavesatra" (Mt 11,28)"¹.

FAMINTINANA

1659.*Hoy i Md Paoly : "Ianareo lehilahy, tiavo ny vadinareo, toy ny nitiavan'i Kristy ny Fiangonana. (...) Misy mystery lehibe amin'io ; miantefa amin'i Kristy sy ny Fiangonana no tiako lazaina"* (Efez 5,25.32).

1660.*Ny fifanekem-panambadiana, izay anorenan'ny lehilahy iray sy vehivavy iray fiombonam-piainana amam-pifankatiavana lalina eo amin'izy roa, dia naorin'ny Mpahary sy nasiany ny lalànany manokana. Araka ny toetra voa-Janahary momba ny fifanekem-panambadiana dia nalahatra ho amin'ny soa ho an'ny mpivady ary koa ho amin'ny fiterahana sy ny fanabeazana ny zanaka izany. Nasandratr'i Kristy Tompo ho amin'ny hasin'ny sakramenta izany eo amin'ireo vita batemy*².

1661.*Manambara ny firaisan'i Kristy sy ny Fiangonana ny sakramentan'ny Fanambadiana. Manome ny mpivady ny fahasoavana hifankatia amin'ny fitiavana izay nitiavan'i Kristy ny Fiangonany izy ; araka izany, ny fahasoavan'ny sakramenta no mandavorary ny fitiavana maha-olombelona ny mpivady, manamafy orina ny firaisan'izy ireo tsy azo ravana ary manamasina azy ireo eny an-dalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay*³.

1662.*Miorina amin'ny fanekena ifanaovan'ny mpivady ny fanambadiana, izany hoe vokatry ny safidim-po hifanolo-tena sy ho varo-maty ao anatin'ny tarigetra hiaina ny fifanekem-pitiavana tsy mivadika sy hiteraka.*

1663.*Noho ny fanambadiana mametraka ny mpivady amin'ny toe-piainana ampahibemaso ao amin'ny Fiangonana, dia tsara raha atao ampahibemaso ny fankalazana azy, ao anatin'ny fankalazana litorzika, eo anatrehan'ny*

¹ FM 85.

² jer. FAA 48, § 1 ; CIC Can. 1055, &1.

³ jer. Kôns. Trente : DS 1799.

Pretra (na vavolombelona notendren'ny Fiangonana), sy ny vavolombelona ary ny mpino tafangona eo.

1664. *Ny maha-tokana, ny maha-tsy azo ravana ary ny fahalalahana hiteraka dia foto-javatra ilaina amin'ny fanambadiana. Ny fampirafesana dia tsy afa-miaraka amin'ny maha-tokana ny fanambadiana ; ny fisaraham-panambadiana dia mandrava ny nakamban'Andriamanitra ; ny fandavana hiteraka dia mampivaona ny fiainan'ny mpivady amin'ny "fanomezany tsara indrindra", dia ny zanaka izany¹.*

1665. *Ny fanambadiana olon-kafa ataon'izay nisaraka tamin'ny vadiny aradalàna mbola velona dia mandika ny fandaharana sy ny lalànan'Andriamanitra nampianarin'i Kristy. Tsy tafasaraka amin'ny Fiangonana izy ireo, nefa tsy afaka mandray ny kômonion'ny Eokaristia. Hitondran-tena amin'ny maha-kristianina izy ireo, indrindra amin'ny fanabeazana ny zanany amin'ny finoana.*

1666. *Ny tokantrano kristianina no toerana andraisan'ny zanaka ny fanambaràna voalohany ny finoana. Izany no antony iantsoana marina ny tranom-pianakaviana hoe "Fiangonana ao an-tokantrano", ankehonam-pahasoavana amam-bavaka, sekolin'ny hatsaram-panahy maha-olona sy ny fifankatiavana kristianina.*

TOKO FAHEFATRA Ny fankalazana litorzika hafa

ANDALANA 1 *Ny sakramentaly*

1667. "Ny Fiangonana Reny Masina dia nanorina ny sakramentaly, izay famantarana masina manahatahaka ny sakramenta ihany, ka ny vokany, indrindra ny ara-panahy, no ambarany, ary azo amin'ny vavaky ny Fiangonana. Mandrisika ny olona handray ny voka-dehibe amin'ny sakramenta izy ireny, ary manamasina ireo toe-java-miseho samihafa eo amin'ny fiainana"².

Ireo soritsori-toetra mampiavaka ny sakramentaly

1668. *Naorin'ny Fiangonana izy ireny mba ho fanamasinana ny andraiki-panompoana sasantsasany ao amin'ny Fiangonana, ny lalam-piainana*

¹ FAA 50, § 1.

² L 60 ; jer. CIC, can. 1166 ; CCEO, can. 867.

sasantsasany, ny toe-java-miseho maro karazana tokoa eo amin'ny fiainana kristianina, ary koa ny fampiasana ny zavatra mahasoana ny olombelona. Araka ny fanapahan-kevitra pastôralin'ny Eveka, izy ireny dia azo hamaliana koa ny filana, ny kolontsaina ary ny tantara manokana momba ny vahoaka kristianina eo amin'ny faritra iray na ny vanim-potoana iray. Misy vavaka lalandava izy ireny, matetika arahina famantarana voafaritra, toy ny fametrahana-tanana, ny famantarana ny Hazofijaliana, ny famafazana rano voahasina (izay mampahatsiaro ny Batemy).

699 ;2157

1669.Miankina amin'ny fisoronana avy amin'ny Batemy izany : ny vita batemy rehetra dia antsoina ho “fanasoavana”¹ sy hanasoana². Izany no antony hahazoan'ny lahika misahana ny tsodrano sasantsasany³ ; arakaraka ny iompanan'ny tsodrano bebe kokoa amin'ny fiainam-piangonana sy aratsakramenta no anokanana ny fisahanana azy ho an'ny mpandraharaha voahosotra (Eveka, Pretra na Diakra⁴).

784

2626

1670.Tsy manome ny fahasoavan'ny Fanahy Masina araka ny fomban'ny sakramenta ny sakramentaly, nefa amin'ny alalan'ny vavaky ny Fiangonana no anomanan'izy ireny handray ny fahasoavana sy andrisihany hifarimbona amin'izany. “Amin'ny mpino voaomana tsara, saika ny fisehon-javatra rehetra eo amin'ny fiainana no hamasinin'ny fahasoavan'Andriamanitra izay avy amin'ny misterin'ny Pakan'ny fijaliana, ny fahafatesana ary ny Fitsanganan'i Kristy ho velona, satria avy Aminy ny sakramenta sy ny sakramentaly rehetra no manovo ny herin'izy ireo ; ary saika tsy misy na iray aza ny fampiasana mendrika ny zavatra tsapan'ny tanana izay tsy mety hotarihina mankamin'izao tanjom-piafarana izao : ny fanamasinana ny olombelona sy ny fiderana an'Andriamanitra”⁵.

1128,2001

Ny endrika samihafa amin'ny sakramentaly

1671.Anisan'ny mampiseho voalohany indrindra ireo endriky ny sakramentaly ny *tsodrano* (ny olona, ny sakafo, ny zavatra, ny toerana). Ny tsodrano rehetra dia fiderana an'Andriamanitra sy fivavahana mba hahazoana ny fanomezany. Ao amin'i Kristy no mitsodrano ny kristianina Andriamanitra Ray “amin'ny tsodrano rehetra ara-panahy” (Efez 1,3). Izany no antony anomezan'ny Fiangonana ny tsodrano amin'ny fiantsoana ny Anaran'i Jesoa sy amin'ny fanaovana matetika ny famantarana masina ny Hazofijalian'i Kristy.

1078

1672.Misy manan-kery maharitra ny tsodrano sasantsasany : ny vokany dia ny *manamasina* ny olona ho an'Andriamanitra sy ny manokana ny zavatra sy ny

¹ jer. Jen 12,2.

² jer. Lk 6,28 ; Rôm 12,14 ; 1 Pi 3,9.

³ jer. L 79 ; CIC, can. 1168.

⁴ jer. Ben. 16 ;18.

⁵ L 61.

toerana ho ampiasana amin'ny litorzia. Anisany amin'ireo izay natokana ho an'ny olona – tsy hafangaro amin'ny fanamasinana ara-tsakramentan'ny filaharana masina – ny tsodrano ho an'ny lehiben'ny tranon-dreljiozy mpitoka-monina lehilahy na vehivavy, ho an'ny manokan-tena ho virjiny sy ho mananotena, ho an'ny fombam-pivavahana amin'ny voadin-dreljiozy sy ny tsodrano ho amin'ny andraiki-panompoana sasantsasany ao amin'ny Fiangonana (mpamaky teny, akôlita, Katesista, sns.). Ny ohatra amin'ny an'ireo izay momba ny zavatra, dia tsara ho fantatra ny fitokanana na fitsofan-drano ny trano fiangonana na ny ôtely, ny fitsofan-drano ny diloilo masina, ny fitaovana ampiasaina sy ny fanamiana masina, ny lakôlôsy, sns. 923
925,903

1673. Rahefa mangataka ampahibemaso sy amim-pahefana ny Fiangonana, amin'ny anaran'i Jesoa-Kristy, mba ho voaro ny olona na ny zavatra, tsy ho eo ambany fahefan'ilay Ratsy sy ho voaesotra ao amin'ny fanjakany, dia *fandroahana demony* no ilazana izany. Nanatanteraka izany i Jesoa¹, ary avy Aminy no nahazoan'ny Fiangonana ny fahefana sy ny fiadidiana handroaka demony². Ny fandroahana demony amin'ny fomba tsotra, dia tanterahina amin'ny fotoana fankalazana ny Batemy. Ny fandroahana demony amin'ny fomba manetriketrika antsoina hoe “fandroahana demony amin-kery”, dia tsy azo ampiasaina afa-tsy amin'ny alalan'ny Pretra ary miaraka amin'ny fahazoan-dalana avy amin'ny Eveka. Tsy maintsy atao amim-pahamalinana izany, amin'ny fanatanterahana hentitra ny fitsipika naorin'ny Fiangonana³. Ny fandroahana demony dia mikendry ny hamoaka ny demony na hanafaka ny eo ambany fahefan'ny demony, ary izany dia amin'ny alalan'ny manam-pahefana ara-panahy izay nanankinan'i Jesoa ny Fiangonany. Tena hafa ny an'ny toe-javatra momba ny marary, indrindra ny marary saina, izay miankina amin'ny fahaizana ara-pitsaboana ny fikarakarana izany. Koa zava-dehibe àry ny maka antoka, alohan' ny fankalazana atao amin'ny fandroahana demony, na ny fisian'ilay Ratsy tokoa no ao, fa tsy aretina. 395
550
1237

Ny hetsipom-pivavaham-bahoaka.

1674. Ivelan'ny litorzia ara-tsakramenta sy ny sakramentaly, ny katesezy dia tokony hihevitra ny endriky ny fitiavam-bavaky ny mpino sy ny hetsipom-pivavaham-bahoaka. Ny hevitra ara-pivavahan'ny vahoaka kristianina, hatrizay hatrizay, dia nahita ny fanehoany amin'ny endrika samihafa amin'ny fitiavam-bavaka izay manamarika ny fiainana ara-tsakramentan'ny Fiangonana, toy ny fanajana ny sisan-taolan'ny olomasina, ny famangiana ny trano fiangonam-pivahiniana masina, ny fivahiniana masina, ny vavaka am-pandehanana, ny lalan'ny Hazofijaliana, ny dihy ara-pivavahana, ny raozery, ny meday⁴, sns. 2688
2669
2678

¹ jer. Mk 1,25-26.

² jer. Mk 3,15 ; 6,7.13 ; 16,17.

³ jer. CIC, can. 1172.

⁴ jer. Kôns. Nicée II : DS 601 ; 603 ; Kôns. Trente : DS 1822.

1675. Ireny fanehoana ireny dia manohy ny fiainana ara-litorzian'ny Fiangonana, fa tsy misolo azy : “Tsy maintsy hahitsy [ireny] amin'ny fandraisana hevitra avy amin'ny taona litorzika sy harindra amin'ny litorzia, mba hanohizana izany amin'ny fomba azo antoka, ary hampiditra ny vahoaka ao amin'izany, satria ny litorzia, araka ny fombany, dia ambony lavitra noho ireny”¹.

426

1676. Ilaina ny fandanjalanjana ara-pastôraly mba hanamafisana sy hanohanana ny hetsipom-pivavaham-bahoaka sy, raha toa ka miseho izany, mba hanadiovana sy hanitsiana ny hevitra ara-pivavahana izay manokatra an'ireny fitiavam-bavaka ireny ary mba hampandrosoana ny fahalalana ny misterin'i Kristy. Ny fampiasana azy ireny dia ankatoavina amin'ny fitandremana sy amin'ny fandanjalanjan'ny Eveka ary amin'ny fitsipika ankapoben'ny Fiangonana².

Ny hetsipom-pivavaham-bahoaka, raha ny votoatiny, dia ny fitambaran'ny soatoavina izay mamaly, amin'ny fahendrena kristianina, ireo fanontaniana lehibe momba ny fiainana. Ny hevitra marim-pototry ny vahoaka katôlika dia mampahay mamintina ny amin'ny fiainana. Araka izany no mahatonga azy mampifanindran-dalana, amin'ny fomba mahay mamorona, ny momba an'Andriamanitra sy ny momba ny olombelona, i Kristy sy i Maria, ny fanahy sy ny vatana, ny fiombonana sy ny fanorenana, ny isam-batan'olona sy ny ankohonana, ny finoana sy ny tanindrazana, ny fahaizana ara-tsaina sy ny fihetseham-po. Izany fahendrena izany no fampivelarana ny maha-olona kristianina izay manamafy tanteraka ny hasin'ny maha-izy manontolo ny maha-zanak'Andriamanitra, manorina fihavanana hatrany ifotony, mampianatra hihaona amin'ny zavaboary tahaka ny hahalalana ny asa, ary manoro hevitra hiaina ao anatin'ny hafaliana sy ny fiadanam-po, na dia eo anivon'ny hamafin'ny fiainana aza. Izany fahendrena izany koa ho an'ny vahoaka no fototry ny fandanjalanjana, no tosi-kerim-panentana ao anaty avy amin'ny evanjely izay mahatonga azy hahatsapa fotsiny amin'izao hoe : rahoviana ny Evanjely no voalohany tompoina ao amin'ny Fiangonana, na rahoviana no voaesotra amin'ny votoatiny izy sy sempotry ny tombon-tsoa hafa³.

FAMINTINANA

1677. *Ny antsoina hoe sakramentaly dia ireo famantarana masina naorin'ny Fiangonana, ka ny kendreny amin'izany dia ny mba hanomana ny olona handray ny vokatry ny sakramenta sy hanamasinana ny toe-javatra miseho samihafa eo amin'ny fiainana.*

1678. *Ny tsodrano no mitana toerana lehibe amin'ireo sakramentaly. Sady mirakitra fiderana an'Andriamanitra noho ny tsanganasany sy ny fanomezany ireny, no mitondra ny fitalahoan'ny Fiangonana, mba*

¹ L 13.

² jer. CT 54.

³ Document de Puebla; jer. EN 48.

hahafahan'ny olona mampiasa ny fanomezan'Andriamanitra araka ny toepanahy takin'ny Vaovao Mahafaly.

1679. *Ankoatra ny litorzia, ny fiainana kristianina dia mivelona amin'ny fomba maro karazana amin'ny fanehoam-pitiavam-bavaky ny vahoaka, latsa-paka ao amin'ny kolontsaina samihafa. Sady miezaka hanazava ireny amin'ny fahazavan'ny finoana ny Fiangonana, no mampandroso ireo endriky ny hetsipom-pivavaham-bahoaka izay maneho ny tosi-kerim-panentana ao anaty avy amin'ny Evanjely sy ny fahendren'olombelona, sy mampitombo ny harem-piainana kristianina.*

ANDALANA 2

Ny fandevenana kristianina

1680. Ny sakramenta rehetra, voalohany indrindra ny an'ireo firosoana ho kristianina, dia mikendry ny Paka faran'ny zanak'Andriamanitra, ilay Paka izay mampiditra azy, amin'ny alalan'ny fahafatesana, ao amin'ny Fiainan'ny Fanjakan'Andriamanitra. Amin'izany no tontosa izay nambarany tamimpinoana sy tamim-panantenana hoe : “Izaho miandry ny Fitsanganan'ny maty ho velona sy ny Fiainan-ko avy”¹. 1525

I. Ny Paka faran'ny kristianina

1681. Ny hevitra kristianina momba ny fahafatesana dia voambara ao amin'ny fahazavan'ny *misterin'ny Pakan'*ny fahafatesan'i Kristy sy ny fitsanganany ho velona, izay iorenan'ny hany fanantenantsika. Ny kristianina izay maty ao amin'i Kristy Jesoa dia mandao ity vatana ity mba handeha honina eo akaikin'ny Tompo². 1010-1014

1682. Ny andron'ny fahafatesana no misantatra ho an'ny kristianina, amin'ny *faran'ny fiainany ara-tsakramenta*, ny fahatanterahan'ny fahaterahambaovaony natomboka tamin'ny Batemy, ny “fitoviana” tsy miova intsony amin'ny “endriky ny Zanaka” nomena tamin'ny fanosorana amin'ny Fanahy Masina ary ny fandraisana anjara amin'ny Fanasam-be any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izay nosantarina mialoha tamin'ny Eokaristia, na dia mbola ilaina aza ny fanadiovana farany mba hitafy ny akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady.

1683. Ny Fiangonana, amin'ny maha-Reny azy, izay nitondra ara-tsakramenta tao am-bohokany ny kristianina nandritra ny fivahiniany tety an-tany, dia

¹ Sembolin'i Nicée-Constantinople.

² jer. 2 Kôr 5,8.

1020 mambomba azy eo am-pamaranana ny diany mba hametraka azy “eo am-
pelatanan’ny Ray”. Atolony amin’ny Ray, ao amin’i Kristy, ny zanaky ny
627 fahasoavany, ary apetrany amin’ny tany, ao anatin’ny fanantenana, ny
tsirin’ny vatana izay hitsangan-ko velona amim-boninahitra¹. Izany
fanolorana izany dia ankalazaina manontolo amin’ny alalan’ny Sorona
Eokaristika ; ny fitsofan-drano izay mialoha sy manaraka dia sakramentaly.

II. Ny fankalazana amin’ny fandevenana

1684. Fankalazana iray ara-litorzian’ny Fiangonana ny fandevenana kristianina. Amin’ny alalany, ny andraiki-panompoan’ny Fiangonana, amin’ity toe-javatra ity, dia sady mba hanehoana ny fiombonana bebe kokoa amin’ny *maty*, no hampandraisana anjara amin’izany ny *mpiara-miangona* tafavory ho amin’ny fandevenana ary hanaovana antso avo aminy ny fiainana mandrakizay.
1685. Ny fombam-pivavahana fandevenana samihafa dia maneho ny *toetra manokana momba ny Pakan’ny fahafatesana* kristianina sy mamaly ny toe-piainana sy ny lovantsofin’ny faritra tsirairay, na dia izay mahakasika ny loko litorzika aza².
1686. Ny *Boky momba ny fandevenana (Ordo exsequiarum)* (OEx) amin’ny litorzia rômanina dia manolotra karazana fankalazana telo amin’ny fandevenana, mifanaraka amin’ny toerana telo ny fizotrany (ao an-trano, ao am-piangonana, eny am-pasana), sy arakaraka ny lanja hanompanan’ny fianakaviana, ny fomba amampanao eo an-toerana, ny kolontsaina ary ny fanehoam-pitiavam-bavaky ny vahoaka, amin’ireo toerana ireo. Afa-tsy izany io fizotra io dia iombonan’ny lovam-panahy litorzika rehetra rahateo, ary mitsinjara ho fotoan-dehibe efatra :
1687. Ny *fandraisana ny mpiara-miangona*. Ny fiarahabana amim-pinoana no manokatra ny fankalazana. Ny havan’ny maty no raisina amin’ny alalan’ny teny “fampiononana” (amin’ny hevitra ny Testamenta Vaovao : ny herin’ny Fanahy Masina ao amin’ny fanantenana³). Ny mpivavaka izay mivory dia miandry koa ny “tenin’ny fiainana mandrakizay”. Ny fahafatesan’ny rantsambatana iray amin’ny mpiray fiangonana (na ny andro tsingerin-taona, ny andro fahafito na ny andro fahatelo) dia fisehoan-javatra izay manery hampihotra ny fomba fijery any ankoatra “ity fiainana an-tany ity” sy mitarika ny mpino ho amin’ny tena fomba fijery marina ny finoana an’i Kristy nitsangan-ko velona.
1688. Ny *fankalazana ny Tenin’Andriamanitra*, amin’ny fotoam-pandevenana, dia mitaky fanomanana voatandrina tsara tokoa satria ny mpiangona tonga eo dia mety hisy mpino tsy dia mazoto loatra amin’ny litorzia, mety hisy tsy kristianina namana aman-tsakaizan’ny maty. Ny toriteny indrindra moa, dia tokony “hanalavitra ny karazana kabary am-pandevenana fandokafana ny maty”⁴, fa hanazava ny

¹ jer. 1 Kôr 15,42-44.

² jer. L 81.

³ jer. 1 Tes 4,18.

⁴ OEx 41.

misterin'ny fahafatesana kristianina amin'ny fahazavan'i Kristy nitsangan-ko velona.

1689.Ny *Sorona Eokaristika*. Raha ao am-piangonana no atao ny fankalazana, dia ny Eokaristia no votoatin'ny fisian'ny Pakan'ny fahafatesana kristianina¹. Amin' izany 1371
no anambaràn'ny Fiangonana ny fiombonana bebe kokoa amin'ilay nodimandry :
eo am-panolorana amin'ny Ray, ao amin'ny Fanahy Masina, ny soron'ny
fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy ho velona, no angatahan'ny Fiangonana
Aminy mba ho voadio amin'ny fahotany sy ny vokatr' izany ity zanany
nodimandry ary mba ho voaray ao amin'ny hafenoan'ny Paka amin'ny fanasana
any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra². Amin'ny alalan'ny Eokaristia ankalazaina
amin'izany no ianaran'ireo ankohonan'ny mpino, singanina manokana ny
fianakavian'ny maty, miaina amin'ny fiombonana amin'ilay izay “nodimandry ao 958
amin'ny Tompo”, amin'ny firaisana amin'ny Vatan'i Kristy izay izy no
rantsambatana velona, ary avy eo, amin'ny fivavahana ho azy sy miaraka aminy.

1690.Ny *veloma farany* (“any amin'Andriamanitra”) atao amin'ny maty no
“fanankinana azy amin'Andriamanitra” ataon'ny Fiangonana. Izany no “fara
veloma izay anaovan'ny ankohonana kristianina veloma an'ilay anisan'ny
rantsambatany, alohan'ny itondrana ny vatan'ilay maty any amin'ny fasany”³. Ny 2300
lovam-panahy bizantinina dia maneho izany amin'ny alalan'ny oroka fanaovam-
beloma ny maty :

Amin'ny alalan'izao fanaovam-beloma farany izao “no hihirana amin'ny
fialany amin'ity fiainana ity sy amin'ny fisarahana aminy, nefa koa mbola
misy ny fiombonana sy ny fihaonana. Koa, na maty aza isika, dia tsy
tafasaraka velively amin'ny samy isika, satria isika rehetra dia hizotra amin'io
lalana iray io ihany, ary ao amin'ny toerana iray ihany isika no hihaona
indray. Tsy ho tafasaraka na oviana na oviana isika, satria mivelona ao amin'i
Kristy, ary ankehitriny tafaray ao amin'i Kristy isika, mizotra mankany
Aminy (...) ary samy ho ao amin'i Kristy avokoa isika rehetra”⁴.

* * * * *

¹ jer. OEx 1.

² jer. OEx 56.

³ jer. OEx 10.

⁴ Md Syméon de Thessalonique, sep.

Fizarana fahatelo

Ny fiainana ao amin'i Kristy

- 790 1691. "Ry kristianina, fantaro ny fahamendrehanao. Satria mandray anjara amin'ny fomba aman-toetran'Andriamanitra ianao ankehitriny, ka aza miverina mikororosy fahana indray amin'ny fiainanao taloha. Tsarovinao hoe : amin'ny Filoha iza no misy anao ary amin'ny Vatana inona no misy anao rantsambatana. Tadidionao fa nalàna tamin'ny fahefan'ny maizina ianao mba hafindra ao amin'ny fahazavana sy ny Fanjakan'Andriamanitra"¹.
1692. Ny Sembolin'ny finoana dia manambara ampahibemaso ny halehiben'ny fanomezan'Andriamanitra ho an'ny olombelona eo amin'ny tsanganasa fahariany, fa indrindra koa amin'ny fanavotana sy ny fanamasinana. Izy ambaran'ny finoana, dia ampitain'ny sakramenta : amin'ny alalan' "ny sakramenta izay niterahana an'ireo kristianina" no nahatonga azy ireo ho "zanak'Andriamanitra" (Jo 1,12 ; 1 Jo 3,1), "mpandray anjara amin'ny fomba aman-toetran'Andriamanitra" (2 Pi 1,4). Ny faneken'ireo kristianina amim-pinoana ny fahamendrehany vaovao, dia miantso azy ireo, manomboka izao, hanana "fiainana mendrika ny Evanjelin'i Kristy" (Filip 1,27). Amin'ny alalan'ny sakramenta sy ny fivavahana izy ireo no mandray ny fahasovan'i Kristy sy ny fanomezan'ny Fanahiny izay mahatonga azy ireo ho afaka hiaina izany.
1693. Nanao izay nahafaly lalandava ny *Ray* i Kristy Jesoa². Niaina lalandava tamin'ny fiombonana lavorary niaraka Taminy Izy. Toy izany koa, asaina hiaina eo ambany mason'ny Ray "izay mahita ao amin'ny mangingina" (Mt 6,6) ireo mpianany, mba ho "lavorary tahaka ny fahalavorarian'ny Ray any an-danitra" (Mt 5,48).
- 1267 1694. Noho ireo kristianina voakambana amin'i *Kristy* tamin'ny Batemy³, dia "maty amin'ny fahotana fa velona kosa ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa" (Rôm 6,11) izy ireo, ka mandray anjara araka izany amin'ny fiainan'ilay Nitsangan-ko velona⁴. Amin'ny fanarahan'izy ireo an'i Kristy sy amin'ny firaisana Aminy⁵, no ahafahan'izy ireo manahaka an'Andriamanitra amin'ny maha-zanaka malala sy manaraka ny lalam-pitiavana⁶, amin'ny fampanarahana ny eritreritr'izy ireo, ny tenin'izy ireo

¹ Md Léon le Grand, serm. 21,3.

² jer. Jo 8,29.

³ jer. Rôm 6,5.

⁴ jer. Kôl 2,12.

⁵ jer. Jo 15,5.

⁶ jer. Efez 5,1-2.

ary ny asan'izy ireo “amin'ny saina amam-panahy izay ao amin'i Kristy Jesoa” (Filip 2,5) sy amin'ny fanarahana ny oha-piainany¹.

1695. “Nohamarinina tamin'ny anaran'i Jesoa-Kristy Tompo sy tamin'ny Fanahin'ny Andriamanitsika” (1 Kôr 6,11), sy nohamasinina ary nantsoina ho masina² ny kristianina rehetra ka manjary “Tempolin'ny *Fanahy Masina*” (1 Kôr 6,19). Io “Fanahin'ny Zanaka” io no mampianatra azy ireo hivavaka amin'ny Ray³, ka mampanjary izany ho fiainan'izy ireo, ary mampiasa azy ireo⁴ mba “hitondra ny vokatry ny Fanahy”⁵ amin'ny alalan'ny fitiavana aseho an'asa. Ny Fanahy Masina, amin'ny fanasitranana ny ratra noho ny fahotana, no manavao antsika ao anaty amin'ny alalan'ny fanovàna ara-panahy⁶, manazava antsika ary mampahery antsika mba hiaina ny maha-“zanaky ny fahazavana” (Efez 5,8) amin'ny alalan'ny “hatsaram-panahy, ny rariny sy ny hitsiny ary ny fahamarinana” amin'ny zavatra rehetra (Efez 5,9).

1696. “Ny lalan'i Kristy no mahatonga any amin'ny fiainana” (Mt 7,14) ; ny lalana mifanohitra amin'izany kosa, “mahatonga any amin'ny fahaverezana” (Mt 7,13)⁷. Hita lalandava ao amin'ny katesezin'ny Fiangonana ny fanoharan'ny Evanjely momba ny *lalana anankiroa*. Mampahafantatra ny maha-zava-dehibe ny fanapahan-kevitra ara-môraly ho amin'ny famonjena antsika izany. “Misy anankiroa ny lalana, ny iray mankany amin'ny fiainana, ny iray hafa mankany amin'ny fahafatesana ; koa samy hafa tanteraka izy anankiroa ireo”⁸. 1970

1697. Amin'ny *katesezy*, zava-dehibe ny mampiseho mazava tsara ny hafaliana sy ny adidy takina amin'ny fanarahan-dia an'i Kristy⁹. Ho toy izao ao Aminy ny katesezin'ny “fiainam-baovao” (Rôm 6,4) :

- *katesezin'ny Fanahy Masina*, Mpampianatra ao anaty ny amin'ny fiainana araka an'i Kristy, tompon-trano malemy fanahy sy namana izay manoro hevitra, mitarika, manitsy ary manamafy io fiainana io ; 737snn
- *katesezin'ny fahasoavana*, satria amin'ny alalan'ny fahasoavana no voavonjy isika, ary mbola amin'ny alalan'ny fahasoavana no ahafahan'ny tsanganasantsika mamokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay ; 1938snn

¹ jer. Jo 13,12-16.

² jer. 1 Kôr 1,2.

³ jer. Gal 4,6.

⁴ jer. Gal 5,25.

⁵ jer. Gal 5,22.

⁶ jer. Efez 4,23.

⁷ jer. Det 30,15-20.

⁸ Didaché 1,1.

⁹ jer. CT 29.

- 1716snm – *katesezin’ny hasambarana*, satria ny lalan’i Kristy no voafintina ao amin’ny hasambarana, hany lalana mitondra mankamin’ny fahasambarana mandrakizay izay irin’ny fon’ny olombelona ;
- 1846snm – *katesezin’ny fahotana sy ny famelana izany*, satria raha tsy miaiky ho mpanota ny olona, dia tsy afaka hahalala ny marina momba ny tenany izy, izay antoky ny fanaovana ny rariny, ary raha tsy omena azy ny famelana ny fahotana, dia tsy afaka hahazaka izany marina izany izy ;
- 1803snm – *katesezin’ny herim-panahy maha-olombelona* izay mahatonga ho babon’ny hatsarana sy ny fanintonana ny toe-panahy mahitsy ho amin’ny tsara ;
- 1812snm – *katesezin’ny herim-panahy maha-kristianina* amin’ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, izay nanovo hevitra tamin-kalemempahy avy amin’ny oha-piainan’ny olomasina ;
- 2067 – *katesezin’ny didim-pitiavana roa sosona* voavelabelatra ao amin’ny Didy folo ;
- 946snm – *katesezin’ny Fiangonana*, satria amin’ny hamaroan’ny fifanakalozana “harem-panahy” ao amin’ny “fiombonan’ny olomasina” no mety hitomboan’ny fiainana kristianina, hivelarany ary hifampitany.

426 1698.Ny Tenan’i Jesoa-Kristy lalandava, izay “lalana sy fahamarinana ary fiainana” (Jo 14,6), no ho fanovozam-pahalalana voalohany sy farany amin’ity katesezy ity. Ny fibanjinana amim-pinoana an’i Kristy no ahafahan’ireo mpinony manantena fa ny Vatan-tenan’i Kristy mihitsy no manatanteraka ao amin’izy ireo ny fampanantenany, ary ny fitiavana Azy amim-pitiavana izay itiavany azy ireo, no anaovan’izy ireo tsanganasa izay mifanaraka amin’ny fahamendrehan’izy ireo :

Miangavy anareo aho mba handinika fa i Jesoa-Kristy Tompontsika no Filohanareo marina tokoa, ary ianareo dia iray amin’ireo rantsambatany. Anareo Izy tahaka ny filoha izay an’ireo mpikambana aminy ; izay rehetra Azy dia anareo avokoa : ny sainy, ny Fony, ny vatany, ny fanahiny, ary ny talentany rehetra, ary tsy maintsy mampiasa izany ianareo toy ny hoe zavatra anareo ery, mba hanompoana, hiderana, hitiavana ary hanomezamboninahitra an’Andriamanitra. Azy ianareo, tahaka ny maha-an’ny filohan’izy ireo ny mpikambana. Araka izany, irin’ny fatratra ny hampiasa izay rehetra ao aminareo, mba ho fanompoana sy ho voninahitry ny Rainy, tahaka ny hoe zavatra Azy ery¹.

Raha ny amiko, dia i Kristy no ahavelomako (Filip 1,21).

¹ Md Jean Eudes, cord. 1,5.

SAMPANA VOALOHANY

Ny fiantsoana ny olombelona : ny fiainana ao amin'ny fanahy

1699. Ny fiainana ao amin'ny Fanahy Masina no manatanteraka ny fiantsoana ny olombelona (*toko voalohany*). Fiainana natao ho amin'ny fitiavan' Andriamanitra sy ny firaisan-kinan'ny olombelona (*toko faharoa*). Fiainana nomena tamim-pitiavana sy maimaim-poana ho Famonjena (*toko fahatelo*).

TOKO VOALOHANY

Ny fahamendrehan'ny olombelona

1700. Ny nahariana ny olombelona hitovy endrika sy hifanahaka amin' Andriamanitra no fototry ny fahamendrehany (*andalana 1*) ; tanteraka izany amin'ny fiantsoana azy ho amin'ny hasambaran'Andriamanitra (*andalana 2*). Anjarany ny mirotsaka amin-kalalahana hanatratra izany tanjona izany (*andalana 3*). Amin'ny alalan'ny asa ataony amim-piniavana (*andalana 4*) no anarahany, na tsia, ny soa nampanantenain'Andriamanitra sy anamarinan'ny kônsiansy môraly izany (*andalana 5*). Ny tenan'ny olombelona ihany no manabe ny maha-olona azy sy mampitombo izany avy ao anaty : amin'ny fiainan'izy ireo manontolo ara-nofo sy ara-panahy no ampitomboan'izy ireo izany (*andalana 6*). Ny fanampian'ny fahasoavana no itomboan'izy ireo amin'ny herim-panahy (*andalana 7*), andosiran'izy ireo ny fahotana, ary raha tafalatsaka tamin'izany ireo, iverenan'izy ireo toy ilay zaza mpandany¹ handray ny famindram-pon'ny Raintsika any andanitra (*andalana 8*). Amin'izany izy ireo no miditra amin'ny fahalavorariam-pitiavana.

¹ jer. Lk 15,11-31.

ANDALANA 1

Ny olombelona endrik'Andriamanitra

1701. “I Kristy, amin’ny fanambaràna ny misterin’ny Ray sy ny Fitiavany, dia
359 mampiseho miharihary ny olombelona amin’ny tenan’ny olombelona ihany
sy mampahafantatra mazava aminy ny fahambonian’ny fiantsoana azy”¹.
Ao amin’i Kristy, “endrik’Andriamanitra tsy hita maso” (Kôl 1,15)² izany,
no nahariana ny olombelona “mitovy endrika sy mifanahaka” amin’ny
Mpahary. Ao amin’i Kristy, mpanavotra sy mpamonjy izany, ny endrik’
Andriamanitra, simban’ny fahotana voalohany tao amin’ny olombelona, no
navaozina amin’ny hatsarany tany am-piandohana sy nasandra ho
mendrika amin’ny fahasoavan’Andriamanitra³.
1702. Hita ao amin’ny olona tsirairay ny endrik’Andriamanitra. Mampirapiratra ao
1878 amin’ny fiombonan’ny olona izany, amin’ny fifanahafana amin’ny
firaisan’ireo Olona-Andriamanitra amin’izy samy izy (jer. toko faharoa).
1703. Ny olombelona, noho izy nomena fanahy “maha-olona sy tsy mety
363,2258 maty”⁴, no “hany voary eto ambonin’ny tany izay sitrak’Andriamanitra ho
olombelona mihitsy”⁵. Vao notorontoronina izy, dia natokana ho amin’ny
hasambarana mandrakizay.
1704. Mandray anjara amin’ny fahazavana sy amin’ny herin’ny Fanahin’
339 Andriamanitra ny olombelona. Amin’ny alalan’ny saina, afaka mahatakatra
ny filaminan’ny zavatra naorin’ny Mpahary izy. Amin’ny alalan’ny
sitrapony, afaka mitondra ny tenany ihany mankamin’ny tena hasoany
30 tokoa izy. Mahita ny fahalavorariany amin’ny “fikatsahana sy ny fitiavana
ny marina sy ny tsara”⁶ izy.
1705. Ny olombelona, noho ny herin’ny fanahiny sy ny herin’ny sainy mahiratra
1730 ary ny herin’ny sitrapony, dia nomena fahafahana, izay “famantarana
manokana ny maha-endrik’Andriamanitra azy”⁷.
1706. Ny olombelona, amin’ny alalan’ny sainy, dia mahalala ny feon’
Andriamanitra izay manery azy “hanao ny tsara sy handositra ny ratsy”⁸.
1776 Voatery ny tsirairay hanaraka io lalàna io izay manako ao amin’ny

¹ FAA 22.

² jer. 2 Kôr 4,4.

³ jer. FAA 22.

⁴ FAA 14.

⁵ FAA 24, § 3.

⁶ FAA 15, § 2.

⁷ FAA 17.

⁸ FAA 16.

kônsiansy, sy hanatanteraka izany amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana. Ny fampiasana ny fiainana ara-môraly no manamarina ny fahamendrehan'ny olombelona.

1707. “Ny olombelona, noho izy voasodokan'ilay Ratsy, hatrany ampiandohan'ny tantara, dia nanararaotra ny fahafahany”¹. Resin'ny fakampanahy izy ka nanao ratsy. Voatahiriny ny faniriana ny tsara, nefa ny fomba aman-toetrany dia mitondra ny ratran'ny fahotana tamin'ny fototra. Nanjary mirona amin'ny ratsy sy mora azon'ny fahadisoana izy :

Koa ao amin'ny tenany ihany ny olombelona no voasaratsaraka. Indro fa ny fiainana ny olombelona manontolo, ny an'ny tsirairay sy ny itambarana, no hita fa tolona, mahatsiravina tokoa, eo anelanelan'ny tsara sy ny ratsy, eo anelanelan'ny mazava sy ny maizina².

1708. Tamin'ny alalan'ny fijaliany i Kristy no nanafaka antsika tamin'i Satàna sy ny fahotana. Nanao antsika ho mendrika ahazo ny fiainam-baovao ao amin'ny Fanahy Masina Izy. Ny fahasoavany no manavao an'izay nosimbain'ny fahotana tao amintsika.

1709. Ilay izay mino an'i Kristy dia tonga zanak'Andriamanitra. Io fananganan-janaka io no manova azy amin'ny fanarahany ny oha-piainan'i Kristy. Io no mahatonga azy ho afaka miasa amim-pahamarinana sy hanatanteraka ny tsara. Amin'ny firaisana amin'ny Mpamonjy azy ny mpianatra no mahatratra ny fahalavorarian'ny fitiavana, ny fahamasinana. Ny fiainana ara-môraly, noho izy mihamatotra ao amin'ny fahasoavana, dia mivelatra ho amin'ny fiainana mandrakizay, ao amin'ny voninahitry ny lanitra.

FAMINTINANA

1710. “*Amin'ny tenan'ny olombelona ihany no ampisehoan'i Kristy miharihary ny olombelona, sy ampahafantarany mazava ny fahambonian'ny fiantsoana azy*”³.

1711. *Ny olombelona, noho izy nomena fanahy maha-olona, saina ary sitrapo, dia voalahatra ho an'Andriamanitra hatramin'ny niforonany tao am-bohoka ary voatendry ho amin'ny hasambarana mandrakizay. Manohy ny fahalavorariany izy amin'ny “fikatsahana sy fitiavana ny marina sy ny tsara*”⁴.

¹ FAA 13, § 1.

² FAA, 13, § 2.

³ FAA 22, § 1.

⁴ FAA 15, § 2.

1712. *Ny fahafahana tena izy no “famantarana manokana ny fitoviana endrika amin’Andriamanitra”¹ ao amin’ny olombelona.*
1713. *Voadidy ny olombelona hanaraka ny lalàna môraly izay manery azy “hanatanteraka ny tsara sy handositra ny ratsy”². Manako ao amin’ny kônsiansiny io lalàna io.*
1714. *Ny olombelona, noho ny fomba aman-toetrany voaratan’ny fahotana tamin’ny fototra, dia mora andairan’ny fahadisoana sy mirona amin’ny ratsy amin’ny fampiasana ny fahafahany.*
1715. *Ilay izay mino an’i Kristy no manana ny fiainam-baovao ao amin’ny Fanahy Masina. Ny fiainana ara-môraly, mitombo sy mihamatotra amin’ny fahasoavana, dia tsy maintsy ho tomombana any amin’ny voninahitry ny lanitra.*

ANDALANA 2

Ny fiantsoana antsika ho amin’ny hasambarana

I. Ny hasambarana

- 2546 1716. Ny hasambarana no foiben’ny fitorian-tenin’i Jesoa. Ny fanambaràny an’ireny dia mamerina ny fampanantenana natao tamin’ny vahoaka voafidy nanomboka tamin’i Abrahama. Izany fanambaràny izany no manatanteraka ireo fampanantenana amin’ny fandaminana azy ireo tsy amin’ny hafinaretana eto an-tany intsony fotsiny, fa any amin’ny Fanjakan’Andriamanitra :

Sambatra ireo mahantra am-panahy, fa azy ireo ny fanjakan’ny lanitra.

Sambatra ireo malemy fanahy, fa izy ireo no handova ny tany.

Sambatra ireo mitomany, fa halàna alahelo izy ireo.

Sambatra ireo noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa ho voky izy ireo.

Sambatra ireo mamindra fo, fa hamindrana fo izy ireo.

Sambatra ireo madio fo, fa hahita an’Andriamanitra izy ireo.

Sambatra ireo tia fihavanana, fa hantsoina hoe zanak’Andriamanitra izy ireo.

Sambatra ireo miaritra ny fanenjehana noho ny rariny, fa azy ireo ny fanjakan’ny lanitra.

¹ FAA 17.

² FAA 16.

Sambatra ianareo raha tevatavaina, raha enjehina, ary raha ampangaina
lainga amin'ny ratsy rehetra noho ny Amiko.
Mifalia sy miravoravoava ianareo, fa lehibe ny valisoanareo any an-danitra.
(Mt 5,3-12)

1717. Ireo hasambarana ireo no manoritra ny endrik'i Jesoa-Kristy sy
mamelabelatra amin'izany ny fitiavana ; ireo no manambara ny fiantsoan' 459
Andriamanitra ny mpino voakambana amin'ny voninahitry ny fijaliany sy
ny Fitsanganany ho velona ; ireo no manazava ny asa sy ny fihetsika aseho
mampivavaka ny fiainana kristianina ; ireo no fampanantenana mifanohitra
amin'ny hevitra ny maro izay manohana ny fanantenana ao anatin'ny 1820
fahoriana ; ireo no milaza ny tsodrano sy ny valisoa efa azon'ireo mpianatra
amin'ny fomba manjavozavo ; ireo no santarina tao amin'ny fiainan'i Maria
Virjiny sy ny olomasina rehetra.

II. Ny faniriana ho sambatra

1718. Ny hasambarana notorin'i Jesoa no mamaly amin'ny faniriana voa-
Janahary ho sambatra. Avy amin'Andriamanitra izany faniriana izany ; 27,1024
napetrak'Andriamanitra tao am-pon'ny olombelona izany, mba hanintona
azy ho Aminy ilay hany afaka mahampoka azy amin'izany :

Samy te hiaina ao anatin'ny hasambarana isika rehetra, ary eo amin'ny
zanak'olombelona, tsy misy olona izay tsy mankasitraka izany tolo-kevitra
izany na dia tsy voalaza mazava mialoha aza¹.

Nahoana moa aho no mitady Anao, ry Tompo ? Satria eo am-pitadiavana 2541
Anao, ry Andriamanitra ô, mitady ny fiainan-tsambatra aho, ataovy mitady
Anao aho mba ho velona ny fanahiko, satria ny vatako miaina amin'ny
fanahiko ary ny fanahiko miaina Aminao².

Andriamanitra irery no maha-afa-diana³.

1719. Ny hasambarana no mampiseho mazava ny zava-kendrena amin'ny
fisian'ny olombelona sy ny tanjom-piafaràn'ny asany : Miantso antsika 1950
amin'ny hasambarany manokana Andriamanitra. Miantefa amin'ny olona
tsirairay izany antso izany, nefa amin'ny fitambaran'ny Fiangonana koa,
ilay vahoaka vaovaon'ireo izay mandray ny fampanantenana sy miaina
izany amin'ny finoana.

¹ Md Augustin, mor. Eccl. 1,3,4.

² Md Augustin, conf. 10,20,29.

³ Md Thomas d'A., symb. 15.

III. Ny hasambarana kristianina

1720. Mampiasa fiteny maro ny Testamenta Vaovao, mba hamaritana mazava ny
1027 hasambarana izay iantsoan'Andriamanitra ny olombelona : ny faha-
tongavan'ny Fanjakan'Andriamanitra¹; ny fahitana an'Andriamanitra :
“Sambatra ireo madio fo, fa hahita an'Andriamanitra izy ireo” (Mt 5,8)² ;
ny fidirana ao anatin'ny hafalian'ny Tompo³ ; ny fidirana ao amin'ny
Fialan-tsasatr'Andriamanitra⁴ :

Ao no hiala sasatra sy hifankahita isika ; hifankahita sy hifankatia isika ;
hifankatia sy hidera an'Andriamanitra isika. Izany no ho izy any amin'ny
farany tsy manam-piafarana. Fa tanjona hafa inona no ananantsika, raha
tsy ny ho tonga any amin'ny fanjakana izay tsy hanam-piafarana⁵?

1721. Satria napetrak'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao isika mba
hahalala Azy, hanompo Azy sy ho tia Azy ary koa ho tonga any am-
Paradisa. Ny hasambarana no mampandray anjara antsika amin'ny fomba
aman-toetran'Andriamanitra (2 Pi 1,4) sy amin'ny Fiainana mandrakizay⁶.
260 Miraka amin'ny hasambarana ny olombelona no miditra ao amin'ny
voninahitr'i Kristy⁷ sy ao amin'ny hafinaretam-piainan'ny Trinite Masina.

1722. Ny hasambarana toy izany dia mihoatra ny fahatakarana-tsaina sy ny
1028 herin'ny maha-olombelona irery. Hasambarana vokatry ny fanomezana
maimaim-poana avy amin'Andriamanitra. Izany no antony ilazana azy hoe
mihoatra ny natoraly, tahaka izany koa ny fahasoavana izay mandrisika ny
olona hiditra ao amin'ny hafinaretan'Andriamanitra.

“Sambatra ireo madio fo fa hahita an'Andriamanitra izy ireo.” Marina, fa
araka ny halehibe sy ny voninahiny tsy hay lazaina, “tsy misy hahita
an'Andriamanitra ka ho velona”, satria tsy takatry ny saina ny Ray ; nefa
araka ny fitiavan'Andriamanitra, sy ny hatsaram-pony amin'ny
olombelona ary ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra Azy, dia nataony koa
ny manome tombon-tsoa manokana hahita Azy, ho an'ireo izay tia Azy
294 (...) “satria izay tsy vitan'ny olombelona vitan'Andriamanitra”⁸.

1723. Ny hasambarana nampanantenaina no mametraka antsika eo anoloan'ny
2519 safidy hentitra ara-môraly. Izy no mandrisika antsika handio ny fontsika

¹ jer. Mt 4,17.

² jer. 1 Jo 3,2 ; 1 Kôr 13,12.

³ jer. Mt 25,21.23.

⁴ jer. Heb 4,7-11.

⁵ Md Augustin, civ. 22,30.

⁶ jer. Jo 17,3.

⁷ jer. Rôm 8,18.

⁸ Md Irénée, haer. 4,20,5.

manana tosi-kerim-panentana ratsy ao anaty, sy hikatsaka ny fitiavan' Andriamanitra ambonin'ny zavatra rehetra. Izy no mampianatra antsika fa ny tena fahasambarana marina dia tsy miorina amin'ny harena na ny fahafinaretana, na amin'ny voninahitr' olombelona na ny fahefana, na amin'ny tsanganasan'olombelona na dia iray akory aza, na mahasoa tokoa aza izany, toy ny siansa, ny teknika sy ny haikanto, na amin'ny zavaboary iray akory aza, fa ao amin'Andriamanitra irery, loharanon'ny soa rehetra sy 227 ny fitiavana rehetra :

Ny harena no andriamani-dehibe tompoin'ny olona amin'ny andro ankehitriny ; aminy ny vahoaka be, ny sarambaben'ny olona rehetra, no manolotra haja tsy amim-pisainana. Araka ny fananan-karena no andrefesan'izy ireo ny fahasambarana, ary araka ny fananan-karena koa no andrefesany ny fahamendrehan-kaja. (...) Izany rehetra izany dia avy amin'ny fiekena hoe rahefa manankarena, mahavita ny zavatra rehetra. Ny harena àry izany no iray amin'ireo sampin'ny andro ankehitriny ary ny laza no iray hafa amin'izany. (...) Ny laza, ny ho fanta-bahoaka sy ny hanakoako eo amin'izao tontolo izao (izay azo antsoina hoe laza an-gazety), dia manjary heverina fa zava-tsoa amin'ny maha-laza ny laza, zavatra ambony dia ambony, foto-javatra fanaja marina koa¹.

1724.Ny Didy folo, ny toriteny teo an-Tendrombohitra ary ny katesezy avy amin'ny apôstôly no mamelabelatra amintsika ny lalana izay mitondra any amin'ny Fanjakan'ny lanitra. Mirotsaka tsikelikely amin'izany isika, amin'ny alalan'ny asa andavanandro, tohanan'ny fahasovan'ny Fanahy Masina. Noho isika ampamokarin'ny Tenin'i Kristy, dia mamokatra miadana ao amin'ny Fiangonana ho Voninahitr' Andriamanitra².

FAMINTINANA

1725. *Manavao sy manatanteraka ny fampanantenana nataon' Andriamanitra nanomboka hatramin'i Abrahama ireo hasambarana torin'i Kristy, tamin' ny fandrindrany azy ireo amin'ny Fanjakan'ny lanitra. Mamaly ny hetahetam-pahasambarana izay napetrak' Andriamanitra ao am-pon'ny olombelona izy ireo.*

1726. *Mampianatra antsika ny tanjom-piafaràna izay iantsoan' Andriamanitra antsika ireo hasambarana ireo : ny Fanjakan'ny lanitra, ny fahitana an' Andriamanitra, ny fandraisana anjara amin'ny fomba aman-toetran' Andriamanitra, ny fiainana mandrakizay, ny maha-zanak'Andriamanitra, ny fialan-tsasatra ao amin'Andriamanitra.*

¹ Newman, mix.5, momba ny fahasaminana.

² jer. ny fanoharana ny amin'ny mpamafy : Mt 13,3-23.

1727. *Fanomezana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra ny hasambaram-piainana mandrakizay ; mihoatra ny natoraly izany, tahaka ny fahasoavana mitondra mankany ihany.*

1728. *Mametraka antsika eo anoloan'ny safidy hentitra momba ny haren'ny tany ireo hasambarana notorin'i Kristy ; mandio ny fontsika ireo mba hianarantsika mitia an'Andriamanitra mihoatra noho ny zavatra rehetra.*

1729. *Mamaritra ireo mari-pitsaràna ahaizana manavaka amin'ny fampiasana ny haren'ny tany mifanaraka amin'ny Lalànan'Andriamanitra, ny hasambaran'ny lanitra.*

ANDALANA 3

Ny fahafahan'ny olombelona

1730. Noarin'Andriamanitra ho manan-tsaina amam-pahendrena ny olombelona sady nomeny fahamendrehana amin'ny fahaizana manapa-kevitra hanao zavatra sy mifehy ny ataony. “Mamela ny olombelona hanaraka ny fisainany” (Ekl 15,14) Andriamanitra, mba hahafahany mitady ny Mpahary azy, ka hiafara amin'ny fahalavorariana feno sy mahasambatra, amin'ny firaiketam-po an-kalalahana Aminy”¹ :

Manan-tsaina amam-pahendrena ny olombelona, izay izany no nahariana azy hitovy amin'Andriamanitra, sy hanana fahafahana ary ho tompoan'ny asa ataony².

I. Fahafahana sy andraikitra

1731. Ny fahafahana, noho izy miorim-paka ao amin'ny saina sy ny sitrapo, dia fahazoana manao na tsy manao, mamorona an'izao na izao, manankina amin'izany koa amin'ny alalan'ny tena ihany ny fanaovana ny asa amin'ny nahim-po. Afaka mampiasa ny tenany ny tsirairay, amin'ny alalan'ny safidy malalaka. Ny fahafahana no herin'ny fitomboana sy fahamatorana arapahamarinana sy hatsaram-panahy, ao amin'ny olombelona. Mahatratra ny fahalavorariany ny fahafahana raha voalamina ao amin'Andriamanitra, hasambarantsika.

1732. Ny fahafahana, raha mbola tsy miompana tanteraka amin'ny hasoany farany, izay tsy iza fa Andriamanitra, dia mitarika fahazoana *misafidy* ny tsara sy ny ratsy, ka noho izany, na izy mitombo amin'ny fahalavorariana,

¹ FAA 17.

² Md Irénée, haer. 4,4,3.

- na izy mihareraka sy manota. Izy no mampiseho mazava ny toetran'ny asan'olombelona. Izy no manjary loharano ipoiran'ny fiderana na ny faniniana, ny mahamendri-balisoa na ny tsy mahamendri-balisoa. 1849
2006
1733. Arakaraka ny anaovan'ny olona ny tsara no mahatonga ho olona afaka. Tsy misy ny tena fahafahana tokoa raha tsy amin'ny fanaovana ny tsara sy ny marina. Ny misafidy hanao di-doha sy ratsy dia fanararaotam-pahafahana ary mitondra amin'ny “fanandevozan'ny fahotana”¹. 1803
1734. Ny fahafahana no mahatonga ny olona ho *tompon'andraikitra* amin'izay ataony, arakaraka ny finiavany hanao izany. Ny fandrosoana amin'ny hatsaram-panahy, ny fahalalana ny tsara ary ny famolahan-tena no mampitombo ny fahaiza-mifehy ny sitrapo amin'izay ataon'ny tena. 1036,1804
1735. Ny *mahadiso* sy ny maha-tompon'andraikitra amin'ny atao dia mety hihena na ho foana noho ny tsy fahalalana, ny tsy fitandremana, ny fanerena, ny tahotra, ny fahazarana, ny firaketam-pitia mihoa-pampana ary noho ny antony hafa ara-toe-tsaina na ara-piaraha-monina. 597
1736. Ny atao rehetra an-tsitraro mivantana no mety hahadiso an'ilay mpanao izany :
- Hoy ny Tompo nanontany an'i Eva avy nanota, tao an-jaridaina : “Inona no nataonao tao ?” (Jen 3,13). Toy izany koa tamin'i Kaina². Dia mbola toy izany koa no nolazain'i Natàna mpaminany tamin'i Davida mpanjaka izay nijangajanga niaraka tamin'ny vadin'i Orià sy nampamono azy io³. 2568
- Mety tsy an-tsitraro mivantana no nanaovana ny asa iray raha vokatry ny antsirambina ny amin'izay tokony ho fantatra na izay tokony ho atao no nahatonga izany. Ohatra : loza avy amin'ny tsy fahaizana ny fitsipika momba ny fifamoivoizana eny amin'ny arabe.
1737. Azo leferina ny vokatry ny natao iray tsy an-tsitraro ; ohatra : ny harerahan'ny reny iray tsy niala teo akaikin'ny zanany marary eo am-pandriana. Tsy mahadiso ny olona ny voka-dratsin'ny nataony raha tsy niniana natao ho tanjona na ho fomba amam-pitaovana ilay asa ; ohatra : ny fahafatesana nihatra tamin'ny olona iray namonjy olona tra-doza. Mba hahadiso ny olona amin'ny voka-dratsin'ny nataony, dia tsy maintsy efa nampoiziny mialoha izany, ary afaka nisoroka izany mialoha koa izy ; ohatra : ny fahafatesana nihatra tamin'ny olona iray, noho ny hamamoan'ny mpamily fiarakodia iray. 2263

¹ Rôm 6,17.

² jer. Jen 4,10.

³ jer. 2 Sam 12,7-15.

1738. Amin'ny fifandraisan'ny olombelona samy olombelona no isehoan'ny fahafahana. Ny olombelona tsirairay avy, noarina hitovy endrika amin' Andriamanitra, dia manana zo voa-Janahary ho ankatoavina amin'ny maha-olona afaka sy maha-tompon'andraikitra azy. Tsy maintsy manefa izany adidim-panajana ny tsirairay izany, ny olona rehetra. Ny zo amin'ny fampiasana ny fahafahana dia adidy tsy azo sarahina amin'ny fahamendrehan'ny olombelona, indrindra amin'ny lafiny ara-môraly sy arapivavahana¹. Tokony hankatoavina sy harovana ara-dalàna io zo io, ao anatin'ny fototry iorenan'ny soa iombonana sy ny filaminam-bahoaka².

II. Ny fahafahan'ny olombelona eo amin'ny fitantanampamonjena

1739. *Fahafahana sy fahotana*. Misy fetra sy mety ho diso ny fahafahan'ny olombelona. Araka ny zava-misy, diso tokoa ny olombelona. Nanota izy, nefa tsy noterena hanao izany. Tamin'ny nandavany ny fandaharam-pitiavan'Andriamanitra no namitahany ny tenany ihany ; nanjary andevon'ny fahotana izy. Io hadalàna voalohany io no niteraka hadalàna maro be hafa. Ny tantaran'ny zanak'olombelona, hatrany am-piandohany, dia mampiseho ireo loza sy ireo tsindry hazo lena nipoitra avy ao am-pon'ny olombelona noho ny fampiasana tsy araka ny tokony ho izy ny fahafahana.

1740. *Ireo loza mitatao amin'ny fahafahana*. Tsy mitarika ny zo hilaza izay rehetra tiana ho lazaina sy hanao izay rehetra tiana atao ny fampiasana ny fahafahana. Diso ny mihevitra fa “ny olombelona, natao ho an'ny fahafahana, dia mahaleo tena tanteraka ka tsy hikendry afa-tsy ny ho afa-po amin'ny fahazoana tombon-tsoa manokana, amin'ny fananan-jo hampiasa ny haren'ny tany”³. Ankoatra izany, matetika loatra no tsy fantatra na dikaina tsotr'izao ny fepetram-pandaminana ara-piharian-karena, arapiaraha-monina, ara-pôlitika ary ara-kolontsaina, izay ilaina amin'ny fampiasana ara-drariny ny fahafahana. Ireny toe-javatra avy amin'ny fahajamban-tsaina sy tsy araka ny rariny sy ny hitsiny ireny no mampihena be ny fiainana ara-môraly ary koa maka fanahy na ny matanjaka na ny osa hanota amin'ny fitiavana. Rahefa tsy manaraka ny lalàna môraly ny olona, dia ny tenany ihany no manimba ny fahafahany, izy ihany no mamatotra ny tenany, mandrava ny fihavanana amin'ny olombelona mitovy amin'ny tenany ary mikomy amin'ny fahamarinan'Andriamanitra.

1741. *Fanafahana sy famonjena*. Tamin'ny Hazofijaliany be voninahitra i Kristy no nampahazo ny famonjena ny olombelona rehetra. Izy no nanavotra azy

¹ jer. FVA 2.

² jer. FVA 7.

³ CDF, instr. “Libertatis conscientia” 13.

ireo tamin'ny fahotana izay nanandevy azy ireo. “Fa ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika” (Gal 5,1). Ao Aminy isika no miombona amin'ny marina izay mahatonga antsika ho olona afaka¹. Nomena antsika ny Fanahy Masina, araka ny nampianarin'ny apôstôly fa “izay itoeran'ny Fanahy no misy ny fahafahana” (2 Kôr 3,17). Hatramin'izao, mirehareha amin'ny fahafahan'ny zanak'Andriamanitra isika².

782

1742. *Fahafahana sy fahasoavana*. Tsy maka toerana ho mpifaninana velively amin'ny fahafahantsika ny fahasoavan'i Kristy, rahefa mifanaraka amin'ny lalan'ny marina sy ny tsara izay napetrak' Andriamanitra ao am-pon'ny olombelona ny fahafahantsika. Ny mifanohitra amin'izany aza, satria tsapa miharihary eo amin'ny fiainana kristianina, indrindra amin'ny fivavahana, fa arakaraka ny fanekentsika ny tosi-kerim-pamporisikin'ny fahasoavana no hitomboan'ny fahafahantsika ao anaty lalina ao sy ny fahavononantsika hiatrika ny fisedrana, ohatra, manoloana ny fanerena sy ny famozonan'ny tontolo ety ivelany. Amin'ny alalan'ny asan'ny fahasoavana no anabeazan'ny Fanahy Masina antsika amin'ny fahafahana ara-panahy mba hahatonga antsika ho mpiara-miasa malalaka amin'ny tsanganasany ao amin'ny Fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao :

2002

1784

“Ry Andriamanitra Mahefa ny zavatra rehetra sy mandrakizay ô, mba esory lavitra anay izay rehetra manampontsampona anay, ka rahefa afa-doza ny fanahy amam-batanay dia ho afaka manatontosa an-tsakany sy andavany ny adidy rehetra aminao izahay”³.

FAMINTINANA

1743. “*Mamela ny olombelona hanaraka ny fisainany*” (Ekl 15,14) *Andriamanitra, mba hahafahany miraiky-po an-kalalahana amin'ilay Mpahary azy sy mba hahatongavany araka izany amin'ny fahalavorariana mahasambatra*⁴.

1744. *Ny fahafahana dia fahazoana manao na tsy manao, sy manankina amin'izany koa ny fanaovana ny asa amin'ny nahim-po, amin'ny alalan'ny tena ihany. Mahatratra ny fahalavorarian'ny asany ny fahafahana rahefa alamina araka an'Andriamanitra, ilay Soa fanaperana.*

1745. *Ny fahafahana no mampiavaka ny asa tena an'olombelona tokoa. Izy no mahatonga ny olombelona ho tompon'andraikitra amin'izay asa ataony antsitrapo. An'ny tenany ihany ny asa amam-pihetsika ataony amin'ny nahim-po.*

¹ jer. Jo 8,32.

² jer. Rôm 8,21.

³ MR Alahady faha-32 mandavantaona.

⁴ jer. FAA 17, § 1.

1746. *Ny mahadiso na ny maha-tompon'andraikitra amin'ny atao dia mety hihena na ho foana noho ny tsy fahalalana, ny fanerena, ny tahotra ary ny antony hafa ara-toe-tsaina na ara-piaraha-monina.*

1747. *Ny zo hampiasa ny fahafahana dia mitaky adidy tsy azo sarahina amin'ny fahamendrehan'ny olombelona, indrindra ny ara-pivavahana sy ny ara-môraly. Kanefa tsy mitarika ny zo hilaza izay rehetra tiana lazaina na hanao izay rehetra tiana atao, ny fampiasana ny fahafahana.*

1748. *“Fa ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika” (Gal 5,1).*

ANDALANA 4

Ny toetram-pitondran-tena amin'ny asan'olombelona

1749. Ny fahafahana no mahatonga ny olombelona ho fototry ny fitondran-tena. Rahefa manao asa amin'ny nahim-pony ny olombelona dia azo lazaina fa mpamorona ny asany izy. Ny asan'olombelona, izay nofidiny tamin-kalalahana narahin'ny fitsaràn'ny kônsiansiny, dia azo faritan-toetra ara-pitsipi-pitondran-tena : tsara na ratsy.

1732

I. Ny loharano ipoiran'ny toetram-pitondran-tena

1750. Ny toetram-pitondran-tena amin'ny asan'olombelona dia miankina :

- amin'ny zavatra nofidina atao ;
- amin'ny tanjona nokendrena na amin'ny fikasana ;
- amin'ny toe-javatra isehoan'ny asa.

Ny zavatra nofidina atao, ny fikasana ary ny toe-java-miseho no mamorona ireo “loharano”, na singafototra iorenan'ny toetram-pitondran-tena amin'ny asan'olombelona.

1751. Ny zavatra nofidina atao dia soa izay katsahin'ny sitrapo amim-pitokiana. Izy no fototry ny asan'olombelona. Ny zavatra nofidina atao no mamaritra ara-pitsipi-pitondran-tena ny asan'ny finiavana, araka izay aneken'ny saina azy sy hitsaràny azy na mifanaraka na tsia amin'ny soa tena izy. Ny fitsipika misy momba ny toetram-pitondran-tena no milaza ny filaminantsaina amin'ny tsara sy ny ratsy, nohamarinin'ny kônsiansy.

1794

1752. Eo anatrehan'ny zavatra nofidina atao, dia ny fikasana no manampy ny olona hanao ny asa. Satria mifandray amin'ny fototry ny finiavana hanao ny

asa sy mamaritra izany amin'ny tanjona nokendrena ny fikasana, ka noho izany, singafototra iray ilaina izy, amin'ny famaritan-toetra ara-môraly ny asa atao. Ny tanjona nokendrena no fetra voalohany amin'ny fikasana sy manondro ny tarigetra katsahina amin'ny asa atao. Ny fikasana kosa dia fihetsiky ny sitrapo mankamin'ny tanjona nokendrena ; izy no ikendrena ny soa antenaina amin'ny fanaovana ny asa. Tsy voafetra amin'ny fitantanana ny asa tokana ataontsika izy, fa azo andaminana asa maro amin'ny zavakendrena iray ihany ; azo itarihana ny fiainana manontolo mankamin'ny tanjom-piafaràna izy. Ohatra, ny nokendrena tamin'ny asa iray natao dia ny mba hanampiana ny namana, nefa koa sady mety ho fahazavan-tsaina avy amin'ny fitiavana an'Andriamanitra izay tanjom-piafaràna amin'ny asa rehetra ataontsika. Ny asa toy izany dia mety koa ho tsirin-kevitra avy amin'ny fikasana maromaro ; ohatra, ny asa fanampiana dia mety hatao mba hahazoana tombon-tsoa ho an'ny tena na ieboeboana amin'izany. 2520

1753. Ny fikasana tsara (ohatra : manampy ny namana) dia tsy mahatonga ho tsara na ho marina ny fihetsika amam-pitondran-tena efa ratsy rahateo (toy ny lainga sy ny fanaratsiana). Tsy manamarina ny fomba amam-pitaovana ampiasaina ny tanjona nokendrena. Araka izany, tsy azo atao ny manamarina ny fanamelohana ny tsy manan-tsiny ho fomba amam-pitaovana ara-dalàna hamonjena ny vahoaka. Kanefa, ny fikasana ratsy ampiana ratsy (ohatra, ny fieboeboana) dia mahatonga ho ratsy ny asa izay tokony ho tsara, amin'ny maha-asa azy (toy ny asa fiantrana)¹. 2479 596

1754. Ireo *toe-java-miseho*, ao anatin'izany ny vokany, dia singafototra fanampiny amin'ny asa ara-môraly. Manampy amin'ny fampitomboana na fampihenana ny hatsarana na ny haratsiana ara-môraly amin'ny asan'olombelona ireny *toe-java-miseho* ireny (ohatra, ny lanjambidin'ny zavatra nangalarina). Mety koa mampihena na mampitombo ny andraikitra ny mpanao ny asa ireny (tahaka izany ny asa amam-pihetsika noho ny tahotra ny fahafatesana). Ireo *toe-java-miseho* dia tsy afaka manova avy amin'ny tenany ihany, ny toetra ara-môraly ny asa amin'ny maha-asa azy ; tsy afaka ny hahatonga ho tsara na ho marina ny asa iray efa ratsy rahateo izy ireny. 1735

II. Ny asa tsara sy ny asa ratsy

1755. Ny asa *tsara ara-pitsipi-pitondran-tena* dia mitaky indray miaraka ny hatsaran'ny zavatra nofidina atao, ny tanjona nokendrena ary ny *toe-java-miseho*. Ny tanjona ratsy nokendrena hanaovana asa tsara, dia manimba ilay asa, na dia tsara rahateo koa aza ny antony nifidianana azy (toy ny mivavaka sy ny mifady hanina “mba ho hitan'ny olona”).

¹ Mt 6,24.

Ny zavatra nofidina atao dia mety hanimba ny asa manontolo, na dia ny nifidianana azy fotsiny aza. Misy ireo fihetsika amam-pitondran-tena hita miharihary – toy ny fahavetavetana – izay mahadiso lalandava ny mifidy azy, satria ny fisafidianana azy dia mahatonga ny faharatsian'ny asan'ny sitrapo, izany hoe ny ratsy ara-môraly.

1756. Noho izany, diso ny mitsara ny toetram-pitondran-tena amin'ny asan'olombelona raha ny fikasana fotsiny izay ipoiran'izany, na ny toe-javamiseho fotsiny (toerana, fanerena ara-piaraha-monina, fanaovana anterivozona na filana hanao ny asa amam-pihetsika, sns.) izay mamaritra izany, no iheverana azy. Misy ny asa izay na dia amin'ny alalan'ny maha-asa azy ihany aza sy na dia ao amin'ny maha-asa azy ihany aza, tsy miankina akory amin'ny toe-java-miseho sy ny fikasana, dia voarara mafy lalandava ny manao azy noho ny maha-ratsy ny fototry ny safidy ; ohatra, ny faniratsirana sy ny fivadiham-pianianana, ny famonoan'olona sy ny fijangajangana. Tsy azo atao ny manao ratsy mba hahazoan-tsoa.

1789

FAMINTINANA

1757. “Loharano” telo miaraka no amaritana ny toetram-pitondran-tena amin'ny asan'olombelona : ny zavatra nofidina atao, ny fikasana ary ny toe-javamiseho.
1758. Ny zavatra nofidina atao no mamaritra ara-pitsipi-pitondran-tena ny asan'ny sitrapo arakaraka ny aneken'ny saina izany sy hitsaràny izany ho tsara na ho ratsy.
1759. “Tsy azo hamarinina ho tsara amin'ny fikasana tsara ny asa ratsy iray atao”¹. Tsy manamarina ho tsara ny fomba amam-pitaovana ampiasaina ny tanjona nokendrena.
1760. Mitaky indray miaraka ny hatsaran'ny zavatra nofidina atao sy ny tanjona nokendrena ary ny toe-java-miseho, ny asa tsara ara-pitsipi-pitondran-tena.
1761. Misy ireo fihetsika amam-pitondran-tena hita miharihary, izay mahadiso lalandava ny mifidy azy, satria ny fifidianana azy dia mahatonga ny faharatsian'ny asan'ny sitrapo, izany hoe ratsy ara-pitsipi-pitondran-tena. Tsy azo atao ny manao ratsy mba hahazoan-tsoa.

¹ Md Thomas d' A., dec. praec. 6.

ANDALANA 5

Ny toetram-pitondran-tena amin'ny firehetam-po

1762. Mamboatra ny tenany ho amin'ny hasambarana ny olombelona, amin'ny alalan'ny asa ataony amin'ny nahim-po : mety handrisika azy amin'izany sy hanampy azy amin'izany ny firehetam-po na ny fihetseham-po izay sedrainy.

I. Ny firehetam-po

1763. Anisan'ny lovasoa kristianina ny teny hoe “firehetam-po”. Anondroana ny fiontanam-po na ny fihetsi-pahatohinana ny hoe fihetseham-po na ny firehetam-po, izay mampirona hanao na tsy hanao eo anatrehan'izay tsapa na eritreretina ho tsara na ho ratsy.

1764. Ireo firehetam-po no singafototry ny toetra maha-izy ny fiasan'ny sain' olombelona ; ireo no mamolavola ny foto-piovàna sy manamafy orina ny fifamatoran'ny fiainam-pahatohinana sy ny fiasan'ny saina. Ny Tompontsika dia manondro ny fon'ny olombelona ho toy ny loharano izay avy ao no ipoiran'ny fihetsik'ireo firehetam-po¹. 368

1765. Maro ny firehetam-po. Ny fitiavana izay mampirisika ho amin'ny tsara no firehetam-po lehibe indrindra. Ny fitiavana no miteraka ny faniriana ny tsara izay tsy ananana sy ny fanantenana hahazo izany. Tanteraka ao anatin'ny fahafinaretana sy ny hafaliana amin'ny tsara azo izany fihetsika izany. Ny ahiahy amin'ny ratsy no miteraka fankahalana, tsy fitiavana ary fahatahorana ny ratsy ho tonga. Miafara amin'ny alahelo noho ny ratsy tsaroana na ny fahatezerana izay manohitra izany io fihetsika io.

1766. “Ny tia dia ny maniry ny soa sy ny tsara hoan'ny hafa”². Ny fitiavana hafa rehetra dia manana ny loharanon'izy ireo ao amin'izany fihetsika fototra an'ny fon'ny olombelona ho amin'izany soa sy ny tsara izany. Tokony ho ny soa sy ny tsara ihany no hotiavina³. “Ratsy ny firehetam-po raha ratsy ny fitiavana, tsara ny firehetam-po raha tsara ny fitiavana”⁴. 1704

II. Firehetam-po sy fiainana ara-môraly

1767. Raha ny maha-firehetam-po ny firehetam-po fotsiny dia sady tsy tsara no tsy ratsy izy. Tsy omena ny filazan-toetra ara-môraly izy afa-tsy izay

¹ jer. Mk 7,21.

² Md Thomas d'A., s. th. 1-2, 26,4.

³ jer. Md Augustin, Trin. 8,3,4.

⁴ Md Augustin, civ. 14,7.

1860 ankininy tokoa amin'ny saina sy ny sitrapo. Antsoina hoe an-tsitrabo ny firehetam-po “na, satria nobaikoin'ny sitrapo izy, na, satria ny sitrapo no tsy nahasakana azy”¹. Anjaran'ny fahalavorarian'ny tsara ara-môraly na hatsaran'ny maha-olombelona no manao izay hanitsiana ny firehetam-po amin'ny alalan'ny saina².

1768.Ireo fihetseham-po lehibe dia tsy manapa-kevitra na amin'ny toetram-pitondran-tena na amin'ny fahamasinan'ny olona ; izy ireny no ilay toeram-pitahirizana tsy mety ritra ireo fahatsiarovana sy ireo firaketam-pitia izay isehoan'ny fiainana ara-môraly. Ny firehetam-po dia tsara ara-môraly rahefa mandray anjara amin'ny asa tsara izy, ary ratsy raha ny mifanohitra amin'izany. Ny sitrapo mahitsy dia mibaiko ho amin'ny soa sy ho amin'ny hasambarana, an'ireo fihetsika mahatohina izay zakainy ; ny sitrapo ratsy kosa dia resin'ny firehetam-po mikorontana sady mampisondrotra ny fikitokitonany. Ny fiontanam-po sy ny fihetseham-po dia mety ho zakaina amin'ny *hatsaram-panahy*, na mety ho simbàna amin'ny *haratsiam-panahy*.

1803
1865

1769.Amin'ny fiainana kristianina, ny Tenan'ny Fanahy Masina no manatontosa ny tsanganasany amin'ny fampihetsehana ny olona manontolo, ao anatin'izany ny fijaliany, ny tahotra mahazo azy ary ny alahelony, tahaka izay niseho tamin'ny Fiadian'ain'ny Tompo sy ny fijaliany. Ao amin'i Kristy, ireo fihetseham-po maha-olombelona dia mety hahazo ny fahalavorarian'izy ireny amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny hasambarany.

1770.Ny fahalavorariana ara-môraly dia tsy ny mba handrisika ny olona hanao ny tsara amin'ny alalan'ny finiavany ihany, fa koa amin'ny alalan'ny fahalianan'ny nofony, araka ity tenin'ny salamo ity hoe : “Mientan-kafaliana amin'Andriamanitra velona ny foko sy ny nofoko” (Sal 84,3).

30

FAMINTINANA

1771.*Manambara ny firaketam-pitia na ny fihetseham-po ny teny hoe “firehetam-po”. Amin'ireny fiontanam-pony ireny ny olona no mahatsinjo mialoha ny tsara sy manahy sahady koa ny ratsy.*

1772.*Ireto no firehetam-po lehibe indrindra : ny fitiavana sy ny fankahalana, ny faniriana sy ny fahatahorana, ny hafaliana, ny alahelo ary ny fahatezerana.*

1773.*Amin'ireo firehetam-po, toy ireo fihetsi-pahatohinana, dia tsy misy hoe tsara na ratsy ara-môraly. Kanefa arakaraka ny iankinan'ireny na tsia*

¹ Md Thomas d'A., s. th. 1-2, 24,1.

² jer. Md Thomas d'A., s. th. 1-2, 24,3.

amin'ny saina sy ny sitrapo no maha-tsara azy na maha-ratsy azy ara-môraly.

1774. *Ny fiontanam-po sy ny fihetseham-po dia mety ho zakaina amin'ny hatsaram-panahy na mety ho simbàna amin'ny haratsiam-panahy.*

1775. *Ny fahalavorarian'ny tsara ara-môraly, dia ny mandrisika ny olona ho amin'ny tsara tsy avy amin'ny finiavany ihany, fa avy amin'ny "fony" koa.*

ANDALANA 6

Ny kônsiansy môraly

1776. "Tsapan'ny olombelona ao amin'ny kônsiansiny lalina ao ny fisiana lalàna iray izay tsy avy amin'ny tenany, nefa manery azy hanaiky izany. Io feo io izay tsy mitsahatra ny manery azy ho tia sy hanatanteraka ny tsara ary handositra ny ratsy, amin'ny fotoana sahaza izany, dia manako ao anatin'ny fony lalina ao. (...) Lalàna nosoratan'Andriamanitra ao am-pon'ny olombelona izany. Ny kônsiansy no foibe lalina indrindra sy miafina indrindra ao amin'ny olombelona, toerana masina izay izy irery miaraka amin'Andriamanitra no ao, ary ao no andrenesana ny feony"¹. 1954

I. Ny fitsaràn'ny kônsiansy

1777. Ny kônsiansy môraly izay voasoratra ao am-pon'ny olona², no mandidy azy hanatanteraka ny tsara sy handositra ny ratsy, amin'ny fotoana sahaza izany. Izy koa no mitsara ny safidy azo tsapain-tanana, amin'ny fankatoavana ireo izay tsara sy amin'ny fiampangana ireo izay ratsy³. Izy no manaporofy ny fahefan'ny marina amin'ny fanondroana ilay Tsara fara tampony (Andriamanitra) izay andraisan'ny olona ny fanintonany sy andraisana ny didiny. Rahefa mihaino ny kônsiansy môraly ny olona malina, dia afaka mihaino an'Andriamanitra miteny. 1766
2071

1778. Ny kônsiansy môraly dia fitsaràn'ny saina izay ahalalan'ny olombelona ny toetra ara-môraly amin'ny asa iray azo tsapain-tanana izay hapetrany, ka mbola eo am-panatanterahana izany na efa notanterahina. Ny olona, amin'izay rehetra lazainy sy ataony, dia voadidy hanaraka amim-pitokiana izay fantany fa marina sy mahitsy. Amin'ny alalan'ny fitsaràn'ny kônsiansiny izany no ahatsapan'ny olona sy ahafantarany ireo baiko araka ny lalànan'Andriamanitra : 1749

¹ FAA 16.

² jer. Rôm 2,14-16.

³ jer. Rôm 1,32.

Ny kônsiansy dia lalànan'ny saintsika, nefa mihoatra ny saintsika, manome baiko antsika, midika ho andraikitra sy adidy, tahotra sy fanantenana. (...) Izy no mpitondra hafatr'Ilay izay miteny amintsika fa tsy mivantana, mampianatra antsika ary mitantana antsika, eo amin'ny tontolon'ny zavaboary toy ny eo amin'ny tontolon'ny fahasoavana koa. Ny kônsiansy no voalohany amin'ireo rehetra vikeran'i Kristy¹.

1886 1779. Zava-dehibe ilaina amin'ny tsirairay ny ampy fahatsiarovan-tena mba hihaino sy hanaraka ny feon'ny kônsiansiny. Izany fangatahana *hahatsapa ao anaty* izany dia ilaina tokoa noho ny fiainana, izay matetika mitarika antsika tsy hisaintsaina, tsy handinika na tsy hitsikera ny tena, amin'izay rehetra atao :

Diniho ny kônsiansinao, anontanio izy. (...) Miverena ry rahalahy, ao anaty sy amin'izay rehetra ataonao, jereo Andriamanitra, ilay Vavolombelona².

1806 1780. Milaza tsy mivantana sy mitaky ny *fahitsian'ny kônsiansy môraly* ny fahamendrehan'ny olombelona. Ny kônsiansy môraly no mampahazo antsaina ny fototry ny toetram-pitondran-tena (fahalalam-pitsipika voa-Janahary), ny fampiharana azy ireny amin'ny fisehoan-javatra avy amin'ny fandanjalanjana mifantoka amin'ny fahendrena sy ny tsara, ka raha fehezina, fandanjalanjana miompana amin'ny asa mivaingana hapetraka na efa tafapetraka. Ny marina momba ny tsara ara-môraly, ambara ao amin'ny lalànan'ny saina, dia ekena ho izy tokoa amin'ny asa sy amin'ny fomba azo tsapain-tanana, amin'ny alalan'ny *fahaizan'ny kônsiansy mandanjalanja amim-pahamalinana*. Antsoina hoe malina ny olona izay misafidy araka io fahaiza-mandanjalanja io.

1731 1781. Ny kônsiansy no ahafahana miantsoroka ny *andraikitra* amin'ny asa nankinina. Raha manao ratsy ny olona, ny marina amin'ny fitsaràn'ny kônsiansiny kosa dia mety haharitra ao aminy ho vavolombelon'ny marina mahahenika ny tontolon'ny tsara, miaraka amin'izany koa ho vavolombelon'ny hasomparan'ny safidiny hafahafa. Maharitra ho antoky ny fanantenana sy ny famindram-po ny didim-pitsaràn'ny fitsaràn'ny kônsiansy. Amin'ny fanamarinana ny hadisoana natao izy no mampahatsiahy ny famelan-keloka hangatahina, ny tsara mbola hotanterahina ary ny hatsaram-panahy hokarakaraina tsy an-kijanona miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra :

¹ Newman, taratasy ho an'i duc de Norfolk 5.

² Md Augustin, ep. Jo 8,9.

Mahazo mampatokny ny fontsika eo anatrehany isika, satria, raha ny fontsika aza manameloka antsika, mainka fa Andriamanitra izay lehibe noho ny fontsika, sady mahalala ny zavatra rehetra (1 Jo 3,19-20).

1782. Manana zo handeha araka ny kônsiansy sy an-kalalahana ny olona mba hahafahan'ny tenany mandray fanapahan-kevitra ara-môraly. “Tsy azo terena hanao asa amam-pihetsika mifanohitra amin'ny kônsiansiny ny olona. Kanefa tsy azo sakanana tsy hanao asa amam-pihetsika araka ny kônsiansiny koa izy, indrindra ny amin'ny fivavahana”¹. 2106

II. Ny fanabeazana ny kônsiansy

1783. Mila ampahafantarina ny kônsiansy ary mila azavaina ny fitsaràna ara-môraly. Mahitsy sady marina ny kônsiansy nobeazina tsara. Lazainy mazava tsara araka ny fahamarinana ny fitsaràny, sy araka ny soa tena izy takin'ny fahendren'ilay Mpahary. Tena ilaina ny fanabeazana ny kônsiansy ho an'ireo olona manaiky ny fanintonan'ny hery ratsy sy taomin'ny fahotana hifidy ny fitsaràn'izy ireo manokana, sy hitsipaka ny fampianarana nahazo lalana ara-dalàna. 2039

1784. Lahasa mandritra ny fiainana manontolo ny fanabeazana ny kônsiansy. Manomboka amin'ireo taona voalohandohany iainan'ny zaza, io fanabeazana io no ampahiratana ny sainy amin'ny fahalalana sy amin'ny fanatanterahana ny lalàna anaty eken'ny kônsiansy môraly. Ny fanabeazana amim-pahamalinana no mampianatra ny hatsaram-panahy ; izy no miaro na manafaka amin'ny tahotra, amin'ny fitiavan-tena tafahoatra sy ny fiavonavonana, amin'ny lonjonim-pahadisoana sy amin'ny fihetsika mila doka, teraka avy amin'ny fahalemen'ny olombelona sy ny fahadisoany. Ny fanabeazana ny kônsiansy no miantoka ny fahafahana sy miteraka ny fiadanam-po. 1742

1785. Ny Tenin'Andriamanitra no fahazavana mitsilo ny diantsika, amin'ny fanabeazana ny kônsiansy ; ilaintsika ny mitsakotsako azy amin'ny finoana sy amin'ny fivavahana, sy ny mampihatra azy amin'ny fiainana. Mbola ilaintsika koa ny mandinika ny kônsiansintsika araka ny Hazofijalian'ny Tompo. Amin'izany, ny fanomezan'ny Fanahy Masina no mankahery antsika, ny fijoroan'ny hafa ho vavolombelona na ny torohevitra avy aminy no manampy antsika, ary ny fampianarana nahazo lalana tamin'ny Fiangonana no mitantana antsika². 890

¹ FVA 3.

² jer. FVA 14.

III. Misafidy araka ny kônsiansy

1786. Ny kônsiansy, eo anatrehan'ny safidy ara-môraly, dia mety hanao fitsaràna mahitsy mifanaraka amin'ny saina sy amin'ny lalànan' Andriamanitra, na mety koa hanao fitsaràna diso ka tsy mifanaraka amin' izany.

1787. Indraindray ny olona, mifanandrina amin'ny toe-javatra izay mahatonga ny fitsaràna ara-môraly ho tsy azo antoka loatra sy ny fanapahan-kevitra ho sarotra. Kanefa tsy maintsy mikaroka izay marina sy tsara izy, sy
1955 mandanjalanja ny sitrapon'Andriamanitra voambara ao amin'ny lalànan' Andriamanitra.

1788. Araka izany, miezaka ny olombelona hanazava ny dikan'ireo hevitra avy amin'ny fandinihana azo tamim-pahazarana sy ireo fambara miseho ankehitriny noho ny herin'ny fahamalinana, noho ny torohevitra ny olona kinga saina ary noho ny fanampian'ny Fanahy Masina sy ny fanomezany.
1806

1789. Fitsipika vitsivitsy sahaza ny sehon-javatra rehetra :

1756 – Tsy azo atao na oviana na oviana ny manao ny ratsy mba hahazoan-tsoa.

1970 – Ny “fitsipika volamena” : “Izay rehetra tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy amin'ny olona koa toraka izany” (Mt 7,12)¹.

1827 – Ny fitiavana dia miseho lalandava amin'ny alalan'ny fanajana ny namana sy ny kônsiansiny: “Amin'ny fitenenana manohitra ny mpiray
1971 tam-po ara-pinoana, sy amin'ny fandratrana ny kônsiansin'izy ireo (...), dia amin'i Kristy no anotanareo” (1 Kôr 8,12). “Ny tsara, dia ny mifady (...) izay rehetra manafintohina na mandavo na mandemy ny mpiray finoana aminao” (Rôm 14,21).

IV. Ny fitsaràna diso

1790. Tokony hanaiky lalandava ny fitsaràna marina tsy misy mampisalasala ny kônsiansiny ny olombelona. Raha tamin'ny nahim-po no nanoherany ny kônsiansy, dia manameloka ny tenany ihany ny olombelona. Kanefa mety ho azon'ny tsy fahalalana ny kônsiansy môraly ka mitondra ho amin'ny fitsaràna diso amin'ny asa atao na efa natao.

1791. Izany tsy fahalalana izany matetika dia azo lazaina ho avy amin'ny andraikitry ny tena ihany. Mety ho tonga amin'izany, “raha toa ny olona tsy
1704 rototra hitady ny marina sy ny tsara, ary raha toa ny fahazarana amin' ny

¹ jer. Lk 6,31; Tobia 4,15.

fahotana no mahatonga tsikelikely ny kônsiansiny madiva ho jamba”¹. Amin’ny sehon-javatra toy ireny, ny ratsy ataon’ny olombelona ihany no mahameloka azy.

1792. Ny tsy fahalalana an’i Kristy sy ny Evanjeliny, ny oha-dratsy omen’ny hafa, ny fanandevozan’ny firehetam-po, ny fihamboana hahavita tena amin’ny fihainoana vilana ny kônsiansy, ny fandavana ny manampahefan’ny Fiangonana sy ny fampianarany, ny tsy fahampian’ny fibebahana sy ny fitiavana, dia mety ho fototry ny fivaonan’ny fitsaràna ara-môraly eo amin’ny atao. 133

1793. Ny mifanohitra amin’izany, raha tsy mety resy ny tsy fahalalana, na tsy misy andraikitra momba ny môraly ny fitsaràna diso, dia mety tsy hahadiso ny olona ny ratsy nataony. Saingy, tsy manala ny ratsy akory izany, ary tsy miaro ny fahavoazana sy ny fikorontanana aterany. Koa ilaina àry ny miezaka manitsy ny kônsiansy môraly amin’ny fahadisoany. 1860

1794. Ny finoana marina no manazava ny kônsiansy tsara sy madio. Satria avy amin’ny fitiavana avokoa no iandohan’ny “fo madio, kônsiansy tsara ary finoana tsy miolakolaka” (1 Tim 1,5)².

Arakaraka ny handresen’ny kônsiansy mahitsy, no hanalaviran’ny olona sy ny antokon’olona amin’ny fanapahan-kevitra an-jamba sy hiezahan’izy ireo hanaraka ny fitsipika misy amin’ny toetram-pitondran-tena³. 1751

FAMINTINANA

1795. “Ny kônsiansy no foibe lalina indrindra sy miafina indrindra ao amin’ny olombelona, toera-masina izay ao izy irery no miaraka amin’ Andriamanitra sy maheno ny feon’Izy Andriamanitra”⁴.

1796. Ny kônsiansy môraly dia fitsaràn’ny saina izay ahalalan’ny olombelona ny toetra ara-môraly amin’ny asa iray azo tsapain-tanana.

1797. Ho an’ny olona izay nanao ratsy, ny valim-pitsaràn’ny kônsiansiny no mipetraka ho antoky ny fibebahany sy ny fanantenany.

1798. Mahitsy sady marina ny kônsiansy nobeazina tsara. Lazainy mazava tsara araka ny fahamarinana ny fitsaràny, sy araka ny soa tena izy takin’ny fahendren’ily Mpahary. Samy tokony handray izay fomba hanabeazany ny kônsiansiny ny tsirairay.

¹ FAA 16.

² jer. 1 Tim 3,9 ; 2 Tim 1,3 ; 1 Pi 3,21 ; Asa 24,16.

³ FAA 16.

⁴ FAA 16.

1799. *Ny kônsiansy, eo anatrehan'ny safidy ara-môraly, dia mety hanao fitsaràna mahitsy mifanaraka amin'ny saina sy amin'ny Lalànan' Andriamanitra, na mety koa hanao fitsaràna diso ka tsy mifanaraka amin' izany.*
1800. *Tokony hanaiky lalandava ny fitsaràna marina tsy misy mampisalalasa ny kônsiansiny ny olombelona.*
1801. *Mety hijanona ao anatin'ny tsy fahalalana na hitondra ho amin'ny fitsaràna diso ny kônsiansy môraly. Tsy hoe manafaka lalandava amin'ny maha-meloka akory ireny tsy fahalalana mbamin'ny fahadisoana ireny.*
1802. *Ny Tenin'Andriamanitra no fahazavana mitsilo ny diantsika. Ilaintsika ny mitsakotsako azy amin'ny finoana sy amin'ny fivavahana, sy ny mampihatra azy amin'ny fiainana. Ary amin'izany no hibeazan'ny kônsiansy.*

ANDALANA 7

Ny herim-panahy

1803. “Izay rehetra marina, izay rehetra manan-kaja, izay rehetra rariny, izay rehetra madio, izay rehetra mahatehotia, izay rehetra tsara laza, sy izay rehetra misy herim-panahy sy misy dera, no aoka hoheverinareo” (Filip 4,8).
- 1733 Ny herim-panahy dia toe-panahy mahazatra sy mafy orina, izay mampirona hanao ny tsara. Izy no ahazoan'ny olona, tsy ny manatanteraka fotsiny ny asa soa, fa ny manome ny tsara indrindra avy amin'ny tenany mihitsy. Ny
- 1768 olona tsara toe-panahy dia mikendry ny tsara, amin'ny heriny rehetra aranofo sy ara-panahy; izany no katsahiny sy fidiny amin'ny asa azo tsapain-tanana.

Ny tarigetra amin'ny fiainana feno hatsaran-toe-panahy dia ny hanjary hifanahaka amin'Andriamanitra¹.

I. Ny herim-panahy maha-olombelona

1804. Ny *herim-panahy maha-olombelona* dia toetran'ny saina sy ny sitrapo, izay miseho amin'ny fihetsika tsy miovaova, amin'ny fahavononana tsy mivadibadika, amin'ny fahatsarana mahazatra, izay manitsy ny ataontsika,

¹ Md Grégoire de Nysse, beat.1.

mandrindra ny firehetam-pontsika ary manoro ny fitondran-tenantsika araka ny saina sy ny finoana. Izy no mahatonga fanamoràna, fifehezana ary hafaliana mba hitondrana ny fiainana ho tsara ara-pitsipi-pitondran-tena. Ny olombelona tsara toe-panahy, dia izay manao ny tsara amin-kalalahana. 2500

Ireo herim-panahy enti-mitondra tena dia azo amin'ny fo tsara. Izy ireo no vokatra sy tsirin'ny asa tsara ara-pitsipi-pitondran-tena ; izy ireo no mandamina ny hery rehetra ao amin'ny olombelona hiombona amin'ny fitiavan'Andriamanitra. 1827

Fiavahan'ireo herim-panahy savily (fototra)

1805. Misy efitra ny herim-panahy manana anjara asan'ny savily. Avy amin' izany no antony iantsoana azy ireo hoe “savily”, izany hoe “fototra” ; ny herim-panahy hafa rehetra kosa dia mivondrona manodidina azy ireo. Ireto avy ireo herim-panahy savily (fototra) : ny fahamalinana, ny fahamarinana, ny faherezana ary ny fahalalana onony. “Tia fahamarinana ve ny olona ?” Ny asan'ny Fahendrena no mahavokatra ireo herim-panahy, satria Izy no mampianatra ny fahalalana onony amam-pahamalinana, ary ny fahamarinana amam-paherezana” (Fah 8,7). Amin'ny anarana hafa kosa no hiderana ireo herim-panahy ireo, ao amin'ny andalan-tSoratra Masina maro.

1806. Ny *fahamalinana* dia herim-panahy enti-mitondra tena, izay mandrisika ny saina hahay manavaka amin'ny toe-java-miseho rehetra, ny soa sy ny tsara tena izy ho antsika, sy hahay mifidy ny fomba na fitaovana sahaza hanatanterahana izany. “Ny olona malina, mitandrina ny diany” (Ohab 14,15). “Aoka ho hendry sy hahono-tena ianareo, mba ho afa-mivavaka” (1 Pi 4,7). Ny fahamalinana no “fitsipika mahitsy amin'ny atao” hoy i Md Tomà¹, taorian'i Aristote. Tsy mifangaro amin'ny henatra aman-tahotra, na amin'ny fitaka amam-pihatsarambelatsihy, ny fahamalinana. Lazaina hoe *auriga virtutum* izy, izany hoe : mitarika ny herim-panahy hafa rehetra amin'ny fanoroana azy ireo ny fitsipika sy ny fepetra arahina. Ny fahamalinana no mitarika eo no eo avy hatrany ny fitsaràn'ny kônsiansy. Ny olona malina dia manapa-kevitra sy mandamina ny fitondran-tenany manaraka io fitsaràna io. Noho io herim-panahy io, mampihatra tsy misy hadisoana ny fitsipika fototra ara-môraly amin'ny sehon-javatra manokana isika sy mandresy ny fisalasalana rehetra ny amin'ny tsara ho tanterahina sy ny amin'ny ratsy ho fadina. 1788 1780

1807. Ny *fahamarinana* dia herim-panahy enti-mitondra tena, izay ifotoran'ny sitrapo, amin'ny toetra tsy miovaova sy mafy orina, hanome amin' Andriamanitra sy amin'ny namana izay tokony hefaina amin'izy ireo. Ny

¹ S. th. 2-2,47,2.

2095 fahamarinana atao amin'Andriamanitra dia antsoina hoe “herim-panahy
enti-mivavaka”. Ny fahamarinana atao amin'ny olombelona kosa no
2401 ny mandrisika hanaja ny zon'ny tsirairay sy hanorina eo amin'ny fifandraisan'
ny olombelona, ny firindra izay mampandroso ny rariny sy ny hitsiny
amin'ny olona sy amin'ny soa iombonana. Ny olona mandala ny
fahamarinana, voatsiahy matetika ao amin'ny Boky masina, dia miavaka
amin'ny fahamarinan-toetra mahazatra ny eritreriny sy ny fahitsian'ny
fitondran-tenany amin'ny namana. “Ny mahantra aza anananao tombom-
pitia, ny manankarena aza anananao fankasitrahana, fa ny rariny ihany no
hitsarànao ny namanao (Lev 19,15). “Tanareo tompo, manaova ny marina
mbamin'ny rariny sy ny tsy fiangarana amin'ny mpanomponareo ; satria
fantatrareo fa manan-Tompo any an-danitra koa ianareo (Kôl 4,1).

1808. Ny *faherezana* dia herim-panahy enti-mitondra tena, izay miantoka, ao
anatin'ny sarotra, ny fahasahiana sy ny fikirizana amin'ny fikatsahana ny
tsara. Izy no manamafy ny fikasana hanohitra ny fakam-panahy sy handresy
ny sakana eo amin'ny fiainana ara-môraly. Ny herim-panahy faherezana no
2848 ahafahana mandresy ny tahotra, eny fa na ny fahafatesana aza, miatrika ny
2473 fitsapan-toetra sy ny fanenjehana. Izy no mandrisika ho tonga hatramin'ny
fandavan-tena sy ny fahafoizana ny aina, mba hiarovana ny marina. “Ny
Tompo no heriko sy hirako” (Sal 118,14). “Hozoim-pahoriana ianareo eto
amin'izao tontolo izao ; fa matokia, efa nandresy an'izao tontolo izao Aho”
(Jo 16,33).

1809. Ny *fahalalana onony* dia herim-panahy enti-mitondra tena, izay
mampitony ny fanintonan'ny fahafinaretana sy mampifandanja ny
2341 fampiasana ny haren'ny zavaboary. Izy no manamafy orina ny fifehezana
ny sitrapo amin'ny tosi-kerim-panentana ao anaty sy mitana ny faniriana ao
anatin'ny fetran'ny fahamaotonana. Ny olona mahalala onony dia
mampirona ireo fahalianany ara-batana ho amin'ny tsara, mahatam-bava
tokoa ary tsy mamela ny tenany ho voatarika hanaraka ny fitsiriritan'ny
fony¹. Matetika, deraina ao amin'ny Testamenta Taloha ny fahalalana
2517 onony : “Aza mamela ny tenanao handeha amin'ny fitsiriritanao, folahy ny
fahaliananao” (Ekl 18,30). Ao amin'ny Testamenta Vaovao dia antsoina
hoe “fahalalana onony” na “fahalalana fetra” izy. Tokony “hivelona
amin'ny fahalalana onony, ny fahamarinana ary ny fitiavam-bavaka eto
amin'izao tontolo ankehitriny izao” isika (Tito 2,12).

Ny miaina tsara dia tsy zavatra hafa fa ny mitia an'Andriamanitra amin'ny
fony manontolo, amin'ny fanahiny manontolo ary amin'ny ataony
manontolo. Fitiavana manontolo no tahirizina ho Azy (amin'ny alalan'ny
fahalalana onony) ka tsy hisy na iray aza loza ho afaka hanozongozona
(miankina amin'ny faherezana izany), izay tsy manaiky afa-tsy Izy irery

¹ jer. Ekl 5,2 ; 37,27-31.

(fa izany no fahamarinana), izay mitandrina mba handanjalanja ny zavatra rehetra fandrao mamela ny tena ho tampohin'ny hafetsena sy ny lainga (fa izany no fahamalinana)¹.

Ny herim-panahy sy ny fahasoavana

1810. Ireo herim-panahy maha-olombelona azo tamin'ny fanabeazana, tamin'ny asa natao amin'ny nahim-po ary tamin'ny faharetana niezaka lalandava, dia voadio sy voasandratra ho ambony tamin'ny alalan'ny fahasoavan' Andriamanitra. 1266
Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra izy ireny no mamolavola ny toetra sy manamora amin'ny fanaovana ny tsara. Ny olombelona tsara toe-panahy dia sambatra manatanteraka izany.

1811. Tsy mora ho an'ny olona voaratan'ny fahotana ny mitana ny filaminantsaina. Ny fanomezam-pamonjena avy amin'i Kristy no manome antsika ny fahasoavana ilaina mba hitozoana amin'ny fikatsahana ny herim-panahy. 2015
Tokony hangataka lalandava izany fahasoavam-pahazavana sy hery izany ny tsirairay, hidodododo handray ny sakramenta, hiara-miasa amin'ny Fanahy Masina, hanaraka ny antsony mba ho tia ny tsara sy hiaro tena amin'ny ratsy.

II. Ny herim-panahy avy amin'Andriamanitra

2086-2094,
2656-2658

1812. Ireo herim-panahy maha-olombelona dia miorim-paka ao amin'ireo herim-panahy avy amin'Andriamanitra izay mampifanaraka ny fahaizan' olombelona mahataka-javatra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fomba aman-toetran'Andriamanitra². Satria ireo herim-panahy avy amin' Andriamanitra dia miankina mivantana amin'Andriamanitra. Ireo no manampy ny kristianina hiaina ao anatin'ny fifandraisana amin'ny Trinite 1266
Masina. Andriamanitra Tokana Olona Telo no fiandohan'ireo, anton'ireo ary fototr'ireo.

1813. Ireo herim-panahy avy amin'Andriamanitra dia manorina, mandrisika ary mamaritra mazava ny asa amam-pihetsika ara-môraly kristianina. Ireo no mampahalala sy mamelombelon'aina ny herim-panahy rehetra entimondra tena. Ireo no ampitain'Andriamanitra ao amin'ny fanahin'ireo mpino mba hahatonga azy ireo ho mahay mitondra tena tahaka ny zanany 2008
sy ho mendrika ny fiainana mandrakizay. Ireo no antoky ny fisiana maha-eo ny Fanahy Masina sy ny asany, amin'ny fahaizana amam-pahazoan'ny olombelona mahataka-javatra. Misy telo ny herim-panahy avy amin' Andriamanitra : ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana³.

¹ Md Augustin, mor. Eccl. 1,25,46.

² jer. 2 Pi 1,4.

³ jer. 1 Kôr 13,13.

142-175 Ny finoana

1814. Ny finoana dia herim-panahy avy amin'Andriamanitra, izay inoantsika an'Andriamanitra sy izay rehetra nolazainy sy nambarany tamintsika, ary atolotry ny Fiangonana Masina antsika mba hinoana, satria Izy
506 Andriamanitra ihany no fahamarinana. Amin'ny alalan'ny finoana “ny olombelona no manolotra amin-kalalahana ny tenany manontolo amin'Andriamanitra”¹. Izany no antony hiezahan'ny mpino mamantatra sy manao ny sitrapon'Andriamanitra. “Ho velona noho ny finoana ny olo-marina” (Rôm 1,17). “Miasa amin'ny alalan'ny fitiavana” ny finoana velona (Gal 5,6).
1815. Mitoetra ao amin'izay tsy manota amin'ny finoana ny fanomezampinoana². Kanefa “maty ny finoana tsy arahin'asa” (Jak 2,26) : ny finoana tsy miaraka amin'ny fanantenana sy ny fitiavana, dia tsy mampiray manontolo ny mpino amin'i Kristy ary tsy hahatonga azy ho rantsambatana velon'ny Vatany.
1816. Tsy ny mitana ny finoana sy ny miaina izany ihany no tokony hataon'ny mpianatr'i Kristy, fa koa ny manambara izany ampahibemaso, ny mirotsaka
2471 ho vavolombelon'izany amin-toky, ary ny mampiely izany : “Tsy maintsy vonona isika rehetra hanambara an'i Kristy eo anatrehan'ny olona rehetra, ary hanaraka Azy eny an-dalan'ny Hazofijaliana sy eo anivon'ny fanenjehana izay tsy hahafaty na oviana na oviana ny Fiangonana”³. Ilaina ho amin'ny famonjena ny fanompoana sy ny fijoroana ho vavolombelon'ny finoana : “Na iza na iza hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hoekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra ; fa izay handà Ahy eo anatrehan'ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra” (Mt 10,32-33).

Ny fanantenana

1817. Herim-panahy avy amin'Andriamanitra ny fanantenana, izay aniriansika
1024 ny Fanjakan'ny lanitra sy ny fiainana mandrakizay ho hasambarantsika, ka hametrahantsika fitokiana ny fampanantenan'i Kristy sy fiankinana amin'ny fanampian'ny fahasoavan'ny Fanahy Masina, fa tsy amin'ny herin'ny tenantsika. “Aoka hotanantsika mafy tsy ho voahozongozona ny fiampianantsika, fa mahatoky Ilay nanao ny fampanantenana” (Heb 10,23). “Io Fanahy io, Ilay narotsany be dia be tamintsika, tamin'ny alalan'i Jesoa-Kristy Mpamonjintsika, mba ho tonga mpandova amim-panantenana ny

¹ FA 5.

² jer. Kôns. Trente : DS 1544.

³ FF 42 ; jer. FVA 14.

fiainana mandrakizay isika, amin'ny fanamarinan'ny fahasoavan'i Kristy” (Tito 3,6-7).

- 1818.Ny herim-panahy fanantenana no mamaly ny faniriam-pahasambarana napetrak'Andriamanitra ao am-pon'ny olombelona rehetra ; izy no mizaka ireo fanantenana izay mampafana fo amin'ireo asa mbamin'ny fihetsiketsehana rehetra ataon'ny olombelona ; izy no mandio an'ireny mba handaminana an'ireny ho amin'ny Fanjakan'ny lanitra ; izy no miaro amin'ny hakiviana ; izy no manohana amin'izay fandozana rehetra ; izy no mamalifaly eo am-piandrasana ny hasambarana mandrakizay. Ny hetsi-panahy manentana ny fanantenana no miaro tsy ho amin'ny fitiavan-tena tafahoatra sy mitondra ho amin'ny hasambaram-pitiavana. 27
- 1819.Ny fanantenana kristianina no mandray sy manatanteraka ny fanantenan'ny vahoaka voafidy, izay ny fiandohany sy ny môdeliny dia ny *fanantenan'i Abrahama* ampoky ny fampanantenan'Andriamanitra tao amin'i Isaaka sy voadion'ilay fitsapan-toetra tamin'ny sorona¹. “Nino izy, fa nanantena na dia tsy misy tokony hanantenany aza, ka nanjary rain'ny firenena maro” (Rôm 4,18). 146
- 1820.Ny fanantenana kristianina dia mivelatra hatrany am-panombohan'ny toritenin'i Jesoa tamin'ny fanambaràna an'ireo hasambarana. Ireo *Hasambarana* ireo no manondrotra ny fanantenantsika mankany an-Danitra toy ny mankany amin'ny Tany vaovao nampanantenaina ; ireo no manoritra amin'izany ny lalana mamakivaky ny fitsapan-toetra izay miandry ny mpianatr'i Jesoa. Kanefa noho ny soa nataon'i Jesoa-Kristy sy ny fijaliany no iarovan'Andriamanitra antsika ao anatin' “ny fanantenana izay tsy mba manodoka” (Rôm 5,5). Ny fanantenana no “vatofantsiky ny aina”, azo antoka sy tsy voahozongozona, izay mitsofoka “any amin'izay efa nidiran'i Jesoa ho mpialoha lalana antsika” (Heb 6,19-20). Ny fanantenana koa no fitaovam-piadiana izay miaro antsika amin'ny adim-pamonjena : “Aoka isika hitafy ny finoana amam-pitiavana ho fiarovan-tratra, sy ny fanantenana ny famonjena ho fiarovan-doha” (1 Tes 5,8). Ny fanantenana no mampahazo hafaliana antsika na dia ao anatin'ny fitsapan-toetra aza : “Mifalia amin'ny fanantenana, mandefera amin'ny fahoriana” (Rôm 12,12). Maneho ny aminy sy mivelona amin'ny fivavahana ny fanantenana, fa indrindra amin'ny vavaka Rainay, famintinana an'izay rehetra asain'ny fanantenana ho irintsika. 1716 2772
- 1821.Noho izany, afaka manantena ny voninahitry ny lanitra nampanantenain'Andriamanitra an'ireo izay tia Azy² sy nanao ny sitrapony³ isika. Amin'ny

¹ jer. Jen 17,4-8 ; 22,1-18.

² jer. Rôm 8,28-30.

³ jer. Mt 7,21.

2016 toe-java-miseho rehetra, ny tsirairay no tokony hanantena izany, ombàn'ny fahasoavan'Andriamanitra, sy “haharitra hatramin'ny farany”¹ ka hahazo ny hafalian'ny lanitra, ho valisoa mandrakizay avy amin'Andriamanitra noho ny asa fitiava-namana tanteraka niaraka tamin'ny fahasoavan'i Kristy.

1037 Amim-panantenana no ivavahan'ny Fiangonana mba “hahavoavonjy ny olon-drehetra” (1 Tim 2,4). Iriny ny ho tafaray amin'i Kristy Vadiny any amin'ny voninahitry ny lanitra :

Manantenà, ry fanahiko, manantenà. Tsy mahalala ny andro sy ny ora ianao. Miambena amim-pitandremana, fa mandalo miserana haingana ny zavatra rehetra, na dia mahatonga ny azo antoka ho mampisalalaza aza ny fahamaimaizanao, ary mahatonga ny fotoana ho lava ny fohy tokoa. Eritretero fa arakaraka ny hiadianao no hanaporofonao ny fitiavana izay asehona amin'ny Andriamanitrao, sy hifalianao miaraka amin'ny Malalanao indray andro any, ao anatin'ny hasambarana sy ny firavoravoana izay tsy hanam-pahataperana na oviana na oviana².

Ny fitiavana

1822.Ny fitiavana dia herim-panahy avy amin'Andriamanitra, izay itiavantsika an'Andriamanitra ambonin'ny zavatra rehetra amin'ny maha-Izy Azy, ary itiavantsika ny namantsika tahaka ny tenantsika ihany mba ho fitiavana an'Andriamanitra.

1723

1823.Nataon'i Jesoa ho *didy vaovao* ny fitiavana³. Tamin'ny nitiavany ny azy “hatramin'ny farany” (Jo 13,1), no naneho ny fitiavan'ny Ray izay noraisiny Izy. Amin'ny fifankatiavan'ireo samy mpianatra no akan'izy ireo tahaka ny fitiavan'i Jesoa, izay noraisin'izy ireo koa tao amin'izy ireo. Izany no nilazan' i Jesoa hoe : “Tahaka ny itiavan'ny Ray Ahy no itiavako anareo koa, ka mitomoera ao amin'ny fitiavako ianareo” (Jo 15,9). Ary koa hoe : “Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny itiavako anareo” (Jo 15,12).

1970

1824.Ny fitiavana, noho izy vokatry ny Fanahy sy fahatanterahan'ny Lalàna, no itandremana ny *didin'*Andriamanitra sy ny an'i Kristy: “Mitomoera ao amin' ny fitiavako ianareo. Raha mitandrina ny didiko ianareo no hitoetra ao amin'ny fitiavako” (Jo 15,9-10)⁴.

735

1825.Maty noho ny fitiavana antsika i Kristy, na dia mbola “fahavalo” (Rôm 5,10) aza isika. Mangataka antsika ny Tompo ho tia ny *fahavalontsika*⁵,

604

¹ jer. Mt 10,22 ; jer. Kôns. Trente : DS 1541.

² Mb Terezin'i Jesoa, excl. 15,3.

³ jer. Jo 13,34.

⁴ jer. Mt 22,40 ; Rôm 13,8.10.

⁵ jer. Mt 5,44.

tahaka ny nataony, hanao ho namana na dia izay lavitra indrindra aza¹, ho tia ny zaza² sy ny mahantra toy ny Tenany ihany³.

Nanome amboaram-pampianarana tapitr'ohatra momba ny fitiavana i Md Paoly apôstôly : “Ny fitiavana dia sady mahari-po no malemy fanahy; ny fitiavana dia tsy mialona, tsy manaonao foana, tsy mieboebo; tsy manao ny tsy mendrika, tsy mitady ny ho azy, tsy mora tezitra, tsy manao andolom-po ; tsy mifaly noho ny tsy marina ataon'ny olona, fa mifaly noho ny fahamarinany ; manala tsiny ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, mandefitra ny zavatra rehetra” (1 Kôr 13,4-7).

1826. “Raha tsy manana ny fitiavana aho, hoy ihany i Md Paoly apôstôly, dia tsinontsinona aho...” Ary na inona na inona fahamboniana, fanompoana, na hatsaram-panahy aza... “raha tsy manana ny fitiavana, dia tsy mahaso ahy akory izany” (1 Kôr 13,1-3). Ny fitiavana no ambony amin'ny herim-panahy rehetra. Izy no voalohany amin'ny herim-panahy avy amin' Andriamanitra : Ireto telo ireto no mitoetra : ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana. Fa ny fitiavana no lehibe indrindra⁴.

1827. Ny fitiavana no manentana sy mampafana fo amin'ny fampiasana ny herim-panahy rehetra. Izy no fehin'ny “hatsaram-panahy rehetra” (Kôl 3,14); izy no *manendrika ny herim-panahy rehetra* ; izy no mampifandray azy ireny sy mampirindra azy ireny amin'ny samy izy ireny ; izy no fiandohana sy fiafaran'ny fampiasan'ny kristianina azy ireny. Ny fitiavana no manamafy sy mandio ny herintsika olombelona ho tia. Izy no manandratra io herintsika io ho amin'ny fahalavorariana mihoatra ny natoraly amin'ny fitiavan'Andriamanitra. 815
826

1828. Ny fampiharana ny fiainana ara-môraly entanin'ny fitiavana no manome ho an'ny kristianina ny fahafahana ara-panahin'ny zanak'Andriamanitra. Eo anoloan'Andriamanitra, tsy mijanona intsony ho andevo izy, ao anatin'ny tahotry ny mpanompo, na ho mpikarama adalam-bola eo ampitadiavana karama, fa ho zanaka mamaly ny fitiavan'Ilay izay “tia antsika voalohany” (1 Jo 4,19) : 1972

Na isika manalavitra ny ratsy noho ny tahotra ny famaizana mafy, ka manjary manana toe-panahin'ny andevo. Na isika mikatsaka amin'ny fitsiriritana valisoa fotsiny ka manjary mitovy amin'ny mpikaramam-bola. Na amin'ny farany, mba ho amin'ilay Soa ihany sy ny fitiavana an'ilay

¹ jer. Lk 10,27-37.

² jer. Mk 9,37.

³ jer. Mt 25,40.45.

⁴ jer. 1 Kôr 13,13.

izay mibaiko no anekentsika (...) ka amin'izay isika manjary ao anatin'ny toe-panahin'ny zanaka¹.

12540 1829. Hafaliana, fiadanana ary famindram-po no *vokatry* ny fitiavana ; mitaky fanasoavana sy fanitsiana ny hadisoan'ny mpiray tam-po ara-pinoana izy; fahalemem-panahy izy ; mahatonga fitia mifamaly izy, maharitra ho tsy miangatra sy malala-tsaina izy ; fisakaizana sy fiombonana izy :

Ny fahavitan'ny tsanganasantsika rehetra, dia ny fitiavana feno hatsaram-panahy ; izy io no tanjona kendrena ; ny mba hahazoana azy io no katsahintsika, ny hankany amin'izy io no ihazakazahantsika ; raha vao tonga, dia ao amin'izy io isika no hiadam-pinaritra².

III. Ny fanomezana sy ny vokatry ny Fanahy Masina

1830. Ny fiainana ara-môraly kristianina dia tohanan'ireo fanomezan'ny Fanahy Masina. Ireo no toe-panahy maharitra izay mahatonga ny olona ho mora manaiky hanaraka ny tosi-kerim-pamporisikin'ny Fanahy Masina.

1266,1299 1831. Ireo *fanomezana* fito avy amin'ny Fanahy Masina dia ny fahendrena, ny fahazavan-tsaina, ny fifidianana, ny faherezana, ny fahalalana, ny fitiavam-bavaka ary ny fahatahorana an'Andriamanitra. Ao amin'i Kristy, Zanak'i Davida ireo no manana ny hafenoany³. Ireo no mameno sy mandavorary ny herim-panahin'izay mandray an'ireo; ireo no mahatonga ny mpino ho mora mankato amim-pahakingana ny hetsi-panahy ataon' Andriamanitra.

Ny Fanahinao tsara anie hitarika ahy eo amin'ny tany mitovy tantana (Sal 143,10).

Izay rehetra tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra dia zanak' Andriamanitra (...). Ary raha zanaka dia mpandova ; sady mpandova an' Andriamanitra no mpiray lova amin'i Kristy (Rôm 8,14.17).

736 1832. Ireo *vokatry* ny Fanahy dia fahalavorarian-toetra izay anabeazan'ny Fanahy Masina ao amintsika ho santatry ny voninahitra mandrakizay. Roa ambin'ny folo ireo vokatry ny Fanahy tanisain'ny lovam-pampianaran'ny Fiangonana : “fitiavana, hafaliana, fiadanam-po, fahari-po, hamoram-panahy, hazavam-po, fahalemem-panahy, hatsaram-po, finoana, tsy fivadihana, fahalalana onony, fahadiovam-pitiavana” (Gal 5,22-23 volg.).

¹ Md Basile, reg. fus. prol. 3.

² Md Augustin, ep. Jo 10,4.

³ jer. Iz 11,1-2.

FAMINTINANA

1833. *Ny herim-panahy dia toe-panahy mahazatra sy mafy orina, izay mampirona hanao ny tsara.*
1834. *Ny herim-panahy maha-olombelona dia toetran'ny saina sy ny sitrapo, tsy mivadibadika, izay manitsy ny ataontsika, mandrindra ny firehetampontsika ary manoro ny fitondran-tenantsika araka ny saina sy ny finoana. Azo avondrona ao amin'ny herim-panahy fototra (savily) efa izany, dia ny fahamalinana, ny fahamarinana, ny faherezana ary ny fahalalana onony.*
1835. *Ny fahamalinana no mandrisika ny saina hahay manavaka amin'ny toejava-miseho rehetra, ny soa sy ny tsara tena izy ho antsika, sy hahay mifidy ny fomba na fitaovana saha hanaoterahana izany.*
1836. *Ny fahamarinana no ifotoran'ny sitrapo, amin'ny toetra tsy miovaova sy mafy orina, hanome amin'Andriamanitra sy amin'ny namana izay tokony hefaina amin'izy ireo.*
1837. *Ny faherezana no miantoka, ao anatin'ny sarotra, ny fahasahiana sy ny fikirizana amin'ny fikatsahana ny tsara.*
1838. *Ny fahalalana onony no mampitony ny fanintonan'ny zava-mahafinaritra sy mahatonga ny fampifandanjana amin'ny fampiasana ny haren'ny zavaboary.*
1839. *Ireo herim-panahy enti-mitondra tena dia mitombo amin'ny fanabeazana, amin'ny asa atao an-tsitrabo ary amin'ny faharetana miezaka. Ny fahasoavan'Andriamanitra no mandio azy ireny sy manandraatra azy ireny.*
1840. *Ny herim-panahy avy amin'Andriamanitra no manampy ny kristianina hiaina ao anatin'ny fifandraisana amin'ny Trinite Masina. Ny fiandohany sy ny antony ary ny fotony dia Andriamanitra, Ilay fantatra amin'ny alalan'ny finoana, antenaina sy tiavina amin'ny maha-Izy Azy.*
1841. *Misy telo ny herim-panahy avy amin'Andriamanitra : ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana¹. Ireo no mampahalala sy mamelombelon'aina ny herim-panahy rehetra enti-mitondra tena.*
1842. *Amin'ny alalan'ny finoana no inoantsika an'Andriamanitra sy inoantsika an'izay rehetra nambarany tamintsika, ary izay atolotry ny Fiangonana Masina antsika hinoana.*

¹ 1 Kôr 13,13.

1843. *Amin'ny alalan'ny fanantenana no aniriansika sy iandrasantsika amim-pitokiana mafy avy amin'Andriamanitra, ny fiainana mandrakizay sy ny fahasoavana hahamendrika izany.*

1844. *Amin'ny alalan'ny fitiavana no itiavantsika an'Andriamanitra mihoatra noho ny zavatra rehetra, sy itiavantsika ny namantsika tahaka ny tenantsika, noho ny fitiavana an'Andriamanitra. Ny fitiavana no “fehin'ny hatsaram-panahy rehetra” (Kôl 3,14) sy endriky ny herim-panahy rehetra.*

1845. *Ny fanomezana fito avy amin'ny Fanahy Masina omena ny kristianina, dia ny fahendrena, ny fahazavan-tsaina, ny fifidianana, ny faherezana, ny fahalalana, ny fitiavam-bavaka ary ny fahatahorana an'Andriamanitra.*

ANDALANA 8 *Ny fahotana*

I. Ny famindram-po sy ny fahotana

1846. Ny Evanjely no fanambaràna, ao amin'i Jesoa-Kristy, ny famindram-pon'
430 Andriamanitra ho an'ny mpanota¹. Nilaza izany tamin'i Josefa ny anjely
hoe : “Hataonao hoe Jesoa no anarany : fa Izy no hamonjy ny olony ho
afaka amin'ny fahotan'izy ireo” (Mt 1,21). Toy izany koa no nataony
1365 tamin'ny Eokaristia, sakramentan'ny Fanavotana : “Rako ity, Ra iorenan'
ny fanekem-pihavanana vaovao, halatsaka ho an'ny be sy ny maro ho
famelana ny fahotana” (Mt 26,28).

1847. “Tsy nisy isika no noarìn'Andriamanitra, ary tsy nilainy ny mamonjy
antsika raha tsy nisy isika”². Ny fandraisana ny famindram-pony dia mitaky
387,1455 amintsika ny fiekena ny fahadisoantsika : “Raha milaza antsika ho tsy
manam-pahotana isika, dia mamita-tena, ary tsy ao anatintsika ny marina.
Fa raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina
Andriamanitra, ka hamela ny fahotantsika sy hanadio antsika amin'ny tsy
fahamarinana rehetra” (1 Jo 1,8-9).

1848. Nanamafy izany koa i Md Paoly hoe : “ Tao amin'izay naha-betsaka ny
fahadisoana no naha-betsaka lavitra ny fahasoavana” (Rôm 5,20). Kanefa
385 mba hanaovan'ny fahasoavana ny tsanganasany, dia tokony mampiharihary
ny fahotana izy mba hampibebaka ny fontsika sy hanome antsika “ny

¹ jer. Lk 15.

² Md Augustin, serm. 169,11,13.

fahamarinana ho amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'i Jesoa-Kristy Tompontosika" (Rôm 5,21). Tahaka ny dokotera izay mizaha ny ratra alohan'ny hitsaboana azy, no anazavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Teniny sy amin'ny alalan'ny Fanahiny, ny momba ny hoe fahotana :

Takin'ny fibebahana ny manambara mazava ny fahotana ; ao amin'ny fibebahana ao ihany no misy ny fitsaràna ao anaty ataoan'ny kônsiansy. Mety ho hita ao ny porofon'ny asan'ny Fanahin'ny fahamarinana ao ampo lalin'ny olombelona ao, sady manjary fanombohan'ny fanomezana indray ny fahasoavana sy ny fitiavana koa izany : "Raiso ny Fanahy Masina". Araka izany, ahitantsika fanomezana roa sosona, ity "fanambaràna ny fahotana" ity : ny fanomezana ny marina avy amin'ny kônsiansy sy ny fanomezana ny fitokiana marina ny fanavotana. Ny Fanahin'ny fahamarinana no ilay Mpanafaka alahelo¹.

1433

II. Ny famaritana ny fahotana

1849. Ny fahotana dia fahadisoana manohitra ny saina, ny marina, ny kônsiansy mahitsy ; tsy fahampian'ny tena fitiavana tokoa an'Andriamanitra sy ny namana izany, noho ny firaiketam-po ratsy amin'ny fananana sasany. Mandratra ny toetra maha-olombelona ny fahotana ary manimba ny firaisan-kinan'ny olombelona. Nofaritana hoe: "teny, asa na faniriana manohitra ny lalàna mandrakizay"² ny fahotana. 311 1952
1850. Fanalam-baraka an'Andriamanitra ny fahotana : "Taminao dia Taminao irery no nanotako. Izay ratsy eo imasonao no nataoko" (Sal 51,6). Ny fahotana no mitsangan-kanohitra ny fitiavan'Andriamanitra antsika sy mamily ny fontsika tsy ho amin'izany. Ny hoe fahotana, toy ny tamin'ny voalohany ihany, dia tsy fanekena sy fikomiana amin'Andriamanitra, amin'ny faniriana te hanjary "tahaka an'ireo andriamanitra", hahalala sy hametra ny tsara sy ny ratsy (Jen 3,5). Araka izany, ny fahotana "dia fitiavan-tena mitarika ho amin'ny fanaovana tsinontsinona an'Andriamanitra"³. Amin'izany fideran-tena feno avonavona izany ny fahotana no manohitra tanteraka ny faneken'i Jesoa izay nanatanteraka ny famonjena⁴. 1440 397 615
1851. Ao anatin'ny fijaliana indrindra, izay andresen'ny famindram-pon'i Kristy ny fahotana, no hanehoan'ny fahotana bebe kokoa ny heriny sy ny hamaroany : tsy finoana, fankahalana mahatonga famonoan'olona, fandavana sy fanesoana nataon'ireo filoha sy ny vahoaka, fahakanosan'i Pilaty sy ny halozàn'ny miaramila, famadihan'i Jodasy izay tena mafy 598

¹ DeV 31.

² Md Augustin, Faust. 22 ; Md Thomas d'A., s.th. 1-2, 71,6.

³ Md Augustin, civ. 14,28.

⁴ jer. Filip 2,6-9.

tamin'i Jesoa, fandavan'i Piera sy fandoazan'ny mpianatra. Kanefa, tamin'ny oran'ny maizina sy ny Mpanapaka an'izao tontolo izao indrindra¹, ny soron'i Kristy no nanjary sorona mangingina izay ho loharano miboiboika tsy mety ritra amin'ny famelana ny fahotantsika.

III. Ny fahamaroan-karazam-pahotana

1852. Betsaka ny karazana fahotana. Maro ny anarana tanisain'ny Soratra Masina amin'izany. Ny Taratasy ho an'ny mpino tao Galata dia mampifanohitra ny tsanganasan'ny nofo amin'ny vokatry ny Fanahy : “Miharihary tokoa ny asan'ny nofo, dia : fijangajangana, fahalotoana, fanaranam-batana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fifankahalana, fisaraham-bazana, fialonana, fiafonafonana, fifandirana, fifandrafiana, fitsitokotokoana, fitsiriritana, fibobohana, filerana, sy ny zavatra toy izany - ary lazaiko anareo rahateo, araka ny efa voalazako fahiny koa, fa izay manao ireo fahotana ireo dia tsy mba handova ny Fanjakan'Andriamanitra” (Gal 5,19-21)².

1751 1853. Azo avahana araka ny votoatiny ny fahotana, tahaka ny asa rehetra ataon'ny olombelona, na araka ny herim-panahy izay mifanohitra aminy, tafahoatra na tsy ampy, na araka ny didy izay toheriny. Azo alahatra koa ny fahotana arak'izay ifandraisany amin'Andriamanitra, amin'ny namana na amin'ny tena ihany ; azo 2067 tsinjaraina ho fahotana ara-panahy sy ara-nofo izy, na koa ho fahotana amin'ny hevitra, amin'ny teny, amin'ny atao na amin'ny adidy tsy vita. Ao am-pon'ny 368 olombelona ny fototry ny fahotana, avy amin'ny finiavany malalaka, araka ny fampianaran'ny Tompo hoe : “Satria, ny fo no iavian'ny hevitra ratsy, ny famonoan'olona, ny fakam-badin'olona, ny fijangajangana, ny halatra, ny fiampangana lainga, ny vava ratsy. Izany no mahaloto ny olona” (Mt 15,19-20). Ao amin'ny fo koa no itoeran'ny fitiavana, fototry ny tsanganasa tsara sy madio, izay noratrain'ny fahotana.

IV. Ny halehiben'ny fahotana : fahotana mahafaty sy fahotana madinika

1854. Araka ny halehibeny no tokony hitsaràna ny fahotana. Izay hita sy tsapa momba ny fiavahan'ny fahotana mahafaty sy ny fahotana madinika araka ny Soratra Masina ihany³, no napetraky ny lovam-pampianaran'ny Fiangonana ho raikitra. Manamafy izany ny fahalalana azo tamim-pahazaran'ny olombelona.

¹ jer. Jo 14,30.

² jer. Rôm 1,28-32 ; 1 Kôr 6,9-10 ; Efez 5,3-5 ; Kôl 3,5-9 ; 1 Tim 1,9-10 ; 2 Tim 3,2-5.

³ jer. 1 Jo 5,16-17.

1855. Ny *fahotana mahafaty* no mandrava ny fitiavana ao am-pon'ny olombelona amin'ny fandikana mafy tokoa ny Lalànan'Andriamanitra ; izy 1395
no mampihodina ny olombelona hanalavitra an'Andriamanitra, izay tanjom-piafarànny sy hasambarany, amin'ny safidy ho tia bebe kokoa ny soa ambany noho Izy.

Ny *fahotana madinika* kosa, na mampaharitra ihany ny fitiavana aza, dia manala baraka azy sy mandratra azy.

1856. Noho ny famelezan'ny fahotana mahafaty ao amintsika ny foto-pahavelomana izay tsy inona fa ny fitiavana, dia mitaky fanomboham-piainam-baovao avy amin'ny famindram-pon'Andriamanitra sy fibebahan' 1446
ny fo ao amintsika izany, ka ny fandraisana ny sakramentan'ny Fampihavanana no mahatanteraka izany ara-dalàna :

Ny fitiavana no nandaharana ny olona ho amin'ny tanjom-piafaràna, koa raha voatariky ny zavatra izay mifanohitra amin'izany ny sitrapony, dia mahatonga ny fahotana ho fahotana mahafaty ny fanaovana izany (...) noho izy manohitra ny fitiavana an'Andriamanitra, toy ny fitenenan-dratsy Azy, ny fiananan-tsy to, sns..., na manohitra ny fitiavana ny namana, toy ny famonoan'olona ho faty, ny fijangajangana, sns. (...) Ankoatra izany, indraindray voatariky ny zavatra izay mampisy korontana ao aminy ny sitrapon'ny mpanota, nefa tsy mifanohitra amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana, toy ny miteniteny foana, ny mivazivazy tafahoatra, sns...; mahatonga ny fahotana ho fahotana madinika ny fanaovana izany¹.

1857. Mba ilazana ny *fahotana hoe mahafaty* dia misy fepetra telo tsy misaraka takina : “Fahotana mahafaty ny fahotana rehetra izay zava-dehibe ny votoatin'ny ratsy atao, ary atao amim-pieritreretana tanteraka sy amimpanahy iniana”².

1858. Ny *zava-dehibe maha-fahotana mahafaty ny ratsy atao* dia voalaza mazava amin'ny didy folo araka ny valin-tenin'i Jesoa tamin'ilay tovolahy 2072
mpanankarena hoe : “Tsy hamono olona ianao, tsy hijangajanga ianao, tsy hangalatra ianao, tsy hitsangan-ko vavolombelona tsy marina ianao, tsy hanambaka ianao, ary hanaja ny rainao sy ny reninao ianao” (Mk 10,19). Mety ho kely na ho lehibe ny halehiben'ny fahotana : ny famonoan'olona dia lehibe kokoa noho ny halatra. Tafiditra amin'izany famariparitana izany koa ny haja ananan'ny olona nasian-dratsy : ny herisetra atao amin'ny ray aman-dreny amin'ny maha-ray aman-dreny dia lehibe kokoa noho ny atao 2214
amin'ny vahiny.

¹ Md Thomas d'A., s.th. 1-2, 88,2.

² RP 17

1734 1859.Ny maha-fahotana mahafaty ny ratsy atao dia mila *fahalalana feno* sy *fanekena tanteraka* izany. Ilain'ny maha-fahotana mahafaty koa ny mahafantatra mialoha ny maha-ratsy ilay ho atao, sy ny fanoherany ny Lalànan'Andriamanitra. Mbola ilainy koa ny fanekena hanao ilay ratsy amin'ny nahim-po tanteraka, mba hanjary ho safidin'ny tena manokana izany. Ny fihamboana ho tsy mahalala sy ny hamafin'ny fo¹ dia tsy mampihena fa mampitombo ny toetran'ny finivana hanao ilay ratsy.

1735 1860.Ny *tsy fahalalana tsy fidiny hoe fahotana ilay natao* dia mety hampihena, na raha tsy izany, mety hanafaka ny mahameloka tamin'ilay fahadisoana lehibe natao. Kanefa na iza na iza dia tsy misy azo heverina fa tsy mahalala ny fototry ny lalàna ara-môraly izay voasoratra ao amin'ny kônsiansin'ny olombelona rehetra. Ny tosi-kery miteraka fahatairan'ny nofo sy ny 1767 firehetam-po dia mety hampihena koa ny mahavokatry ny finivana sy ny fahalalahana nanaovana ilay fahadisoana, toy izany koa ny fanerena avy ety ivelany na ny fikorontanana ao anaty vokatry ny aretina. Ny tena fahotana lehibe indrindra, dia ny fahotana atao isomparana sy ny nifidianana amin'ny nahim-po an'ilay ratsy atao.

1742 1861.Ny hoe fahotana mahafaty dia ny fahazoana manao tanteraka izay tiana atao araka ny fahafahana maha-olombelona, toy ny fahazoana mampiasa ny fitiavana ihany. Mitarika fanimbàna ny fitiava-namana sy fisakanana ny fahasoavana mahamasina, izany hoe ny toe-panahy voavela heloka, ny 1033 fahotana mahafaty. Raha tsy voaonitry ny fanenenana sy ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra ny fahotana mahafaty, dia mahatonga fandroahana tsy ho ao amin'ny Fanjakan'i Kristy, sy fahafatesana mandrakizay ao amin'ny afobe, satria ny fahafahantsika dia manam-pahefana hisafidy izay tiantsika hiafarana mandrakizay, tsy miovaova intsony. Kanefa raha azontsika tsaraina fa fahadisoana lehibe ny asa iray natao amin'ny maha-asa azy, dia tokony hankinintsika amin'ny fahamarinan'Andriamanitra sy ny famindram-pony, ny fitsaràna ny olona.

1862.Manao *fahotana madinika* ny olona, rahefa tsy manatanteraka amin'ny zavatra madinika ny didy andidian'ny lalàna môraly, na rahefa tsy mankato ny lalàna môraly amin'ny zavatra lehibe saingy tsy natao tamim-pahalalana feno na tamim-panekena tanteraka.

1394 1863.Mampihena ny herin'ny fitiava-namana ny fahotana madinika ; midika ho firaiketam-pitia mikorontana amin'ny haren'ny zavaboary izy ; misakana ny fandrosoan'ny fanahy amin'ny fampiasana ireo hatsaram-panahy sy 1472 amin'ny fanaovana ny tsara ara-môraly izy ; mendrika sazy misy fetra izy. Mandrisika antsika tsikelikely hanao fahotana mahafaty ny manao fahotana

¹ jer. Mk 3,5-6 ; Lk 16,19-31.

madinika amin'ny nahim-po sy tsy asiam-panenenana. Kanefa tsy mandrava ny fihavanana amin'Andriamanitra tsy akory ny fahotana madinika. Azo onerana amin'ny fo antra ombàn'ny fahasoavan' Andriamanitra izy. “Tsy manafonana ny fahasoavana mahamasina na ny fahasoavana manandratra ho Andriamanitra sy ny fifankatiavana izy, ka noho izany tsy manakana ny hahazoana ny hasambarana mandrakizay”¹ :

Ny olombelona, raha mbola mitafy nofo koa, dia tsy hahavita hisoroka avokoa ny fahotana rehetra, na dia ny fahotana madinika aza. Kanefa aza mihevitra an'ireny fahotana izay lazaintsika hoe madinika ireny, ho tsy manimba : raha mihevitra azy ireny ho tsy manimba ianao dia lanjao izy ireny, ka mangovita rahefa manisa azy ireny. Zavatra maivana maromaro no mahatonga ny vongana iray lehibe ; rano mitete be dia be no mameno ny ony ; voan-javatra madinika betsaka no mahatonga ho antontany iray. Inona àry izany no fanantenantsika ? Alohan'ny zavatra rehetra, ny fikônfesena² ...

1864. ”Hahazo famelan-keloka ny olona amin'ny fahotana rehetra sy amin'ny fitenenan-dratsy rehetra, fa tsy hahazo famelan-keloka izy amin'ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina”³ (Mt 12,31). Tsy misy fetra ny famindram-pon'Andriamanitra, nefa izay mandà amim-panahy iniana tsy handray ny famindram-pon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanenenana dia mitsipaka ny famelàna ny fahotany sy ny famonjena atolotry ny Fanahy Masina⁴. Mety hitondra amin'ny tsy fibebahana farany sy amin'ny fahaverezana mandrakizay ny fiziriziriana toy izany. 2091
1037

V. Ny fihanaky ny fahotana

1865. Miteraka fitarihana amin'ny fahotana ny fahotana ; miteraka fahazaran-dratsy izy amin'ny fiverimberenan'ny asa iray. Mahatonga fitongilanana amin'ny faharatsiam-panahy izay manamaizina ny kônsiansy izy, ary manimba ny fitsara marina momba ny tsara sy ny ratsy. Amin'izany izy no mikendry hiteraka sy hitombo hery, saingy tsy afaka manafongana hatramin'ny fakany ny lafiny ara-môraly. 401
1768

1866. Ireo haratsiam-panahy dia azo alahatra amin'ny hatsaram-panahy izay mifanohitra aminy, na koa ampifandraisina amin'ireo *fahotana fototry ny hafa* izay navahan'ny fahalalam-piainana kristianina azo tamim-pahazarana, amin'ny fanarahana ny fampianaran'i Md Jean Cassien⁵ sy Md Grégoire le

¹ RP 17.

² Md Augustin, ep. Jo 1,6.

³ jer. Mk 3,29 ; Lk 12,10.

⁴ jer. DeV 46.

⁵ Md Jean Cassien, coll. 5,2.

2539 Grand¹. Antsoina hoe fototry ny hafa ireo fahotana ireo, satria mpiteraka fahotana maro hafa sy faharatsian-toetra maro hafa. Ireto avy izany : fiavonavonana, fahidiana, fialonana, fahatezerana, fahalotoana, fahasarotana an-kanina, fahakamoana na fahalainana.

2268 1867. Mampahatsiahy koa ny lovam-pampianarana momba ny katesezy fa misy ireo “*fahotana izay miantsoantso valiny mankany an-danitra*”. Mitaraina amin’ ny lanitra : ny ran’i Abela² ; ny fahotan’ny mponina tao Sôdôma³ ; ny hiakiakan’ny vahoaka voan’ny tsindry hazo lena tao Ejipta⁴ ; ny fitarainan’ ny vahiny sy ny mananotena ary ny kamboty⁵ ; ny tsy fahamarinana ampiharina amin’ny mpikarama⁶.

1736 1868. Asan’ny isam-batan’olona ny fahotana. Ankoatra izany, manana andraikitra amin’ny fahotana ataon’ny hafa isika, raha *mifarimbona amin’ izany* :

- amin’ny fandraisana anjara amin’izany mivantana sy an-tsitrapo ;
- amin’ny fibaikoana azy, amin’ny fanoroana hevitra azy, amin’ny fandokafana azy na amin’ny fankatoavana azy ;
- amin’ny tsy famborahana aminy na tsy fisakanana azy, raha toa voakasika amin’izany ny tena ;
- amin’ny fiarovana ireo izay manao ratsy.

408 1869. Araka izany, ny fahotana no mahatonga ny olona hiray tsikombakomba amin’ny ratsy, mampanjaka amin’izy samy izy ny fanirian-dratsy, ny herisetra ary ny tsy fahamarinana. Ny fahotana, eo amin’ny fiaraha-monina, no mahatonga ireo toe-javatra hita sy ireo zava-misy miorina, izay manohitra ny Hatsaram-panahin’Andriamanitra. Ireo “zava-mampaharitra (rafitry) ny fahotana” no fanehoana sy vokatry ny fahotan’ny isam-batan’ olona. Izy ireo no mitarika izay maratran’izy ireo hanao ratsy koa avy eo. 1887 Amin’ny hevitra ara-pifanahafahana, ireo “zava-mampaharitra ny fahotana” no mitambatra ho “fahotan’ny mpiara-belona”⁷.

FAMINTINANA

1870. “*Nohidian’Andriamanitra tao anatin’ny tsy fanekena ny olombelona rehetra, mba hamindrany fo avokoa izy rehetra*” (*Rôm 11,32*).

¹ Md Grégoire in Mor. 31,45.

² jer. Jen 4,10.

³ jer. Jen 18,20 ; 19,13.

⁴ jer. Eks 3,7-10.

⁵ jer. Eks 22,20-22.

⁶ jer. Det 24,14-15 ; Jak 5,4.

⁷ jer. RP 16.

1871. *Ny atao hoe fahotana dia : “teny, asa na faniriana manohitra ny lalàna mandrakizay”¹ ; fanalam-baraka an’Andriamanitra ; fitsanganan-kanohitra an’Andriamanitra amin’ny tsy fanekena, manohitra ny faneken’i Kristy.*
1872. *Asa manohitra ny saina ny fahotana. Mandratra ny toetra maha-olombelona izy, ary manimba ny firaisan-kinan’ny olombelona.*
1873. *Ny fototra ipoiran’ny fahotana rehetra dia ao am-pon’ny olombelona. Arakaraka ny votoatin’ny anaovana azy no amerana indrindra ny karazany sy ny halehibeny.*
1874. *Izay mifidy amin’ny nahim-po zavatra iray, izany hoe amim-pahalalana izany sy amim-panekena izany, izay manohitra mafy tokoa ny lalànan’Andriamanitra sy ny tanjona fiafaran’ny olombelona, dia manao fahotana mahafaty. Mandrava ny fitiavana ao amintsika ny fahotana mahafaty, nefa raha tsy amin’ny fitiavana, tsy ho azo mihitsy ny hasambarana mandrakizay. Mitarika fahafatesana mandrakizay ny fahotana mahafaty raha tsy anenenana.*
1875. *Ny fahotana madinika dia mampisy fikorontanam-panahy azo onerana amin’ny alalan’ny fitiavana izay avelany haharitra ao amintsika.*
1876. *Ny famerimberenana ny fahotana, na madinika aza, dia miteraka fahazaran-dratsy, izay anisan’ny misongadina amin’izany ireo fahotana fototry ny hafa.*

TOKO FAHAROA

Ny fiombonamben’ny olombelona

1877. *Ny fiantsoana ny olombelona rehetra dia ny hampiseho ny endrik’Andriamanitra sy ny ho voaova amin’ny endriky ny Zanaka Lahitokan’ny Ray. Maneho ny endrik’olona manokana io fiantsoana io, satria ny tsirairay no antsoina hiditra ao amin’ny hasambaran’Andriamanitra ; mahakasika koa ny fitambaran’ny fiombonamben’ny olombelona izany.* 355

¹ Md Augustin, Faust. 22,27.

ANDALANA 1

Ny olona sy ny fiaraha-monina

I. Ny toetra maha-fiombonana ny fiantsoana ny olombelona

1702 1878. Ny olombelona rehetra dia voantso ho amin'ny fiafarana iray ihany, dia Andriamanitra izany. Misy fifanahafana marina amin'ny firaisan'ireo Olona Telo-Andriamanitra ny fihavanan'ny olombelona izay tsy maintsy hajoron'izy ireo eo amin'ny samy ireo, ao anatin'ny fahamarinana sy ny fitiavana¹. Tsy azo sarahina amin'ny fitiavana ny namana ny fitiavana an'Andriamanitra.

1936 1879. Mila ny fiainam-piaraha-monina ny olombelona. Tsy noforonina ho an'ny olombelona toy ny hoe zavatra nampiana ny fiainam-piaraha-monina, fa zavatra takin'ny toetrany voa-Janahary. Ny fifampizaràna amin'ny hafa, ny fifanampiana amin'ny asa, ary ny fifanakalozan-kevitra amin'ny havana aman-tsakaizany, no ampivelaran'ny olombelona ny talentany ; amin'izany izy no mamaly ny fiantsoana azy².

771 1880. Ny *fiaraha-monina* dia fitambaran'ny olona mifandray ao anatin'ny rafitra voarindra amin'ny alalan'ny fitsipika fototra mampiray, izay ambonin'ny olona tsirairay. Maharitra lalandava eo amin'ny fotoana ny fiaraha-monina, noho izy fivondronana sady hita maso no ara-panahy : manangona ny vokatry ny lasa izy sy manomana ny hoavy. Amin'ny alalany ny olona tsirairay no anisan'ny “mpandova”, mandray “talenta” izay mampivelatra ny maha-izy ny tsirairay, ka tsy maintsy ampitomboina ny vokatr'izany³. Ara-drariny ny ananan'ny tsirairay adidy hahafoy tena ho an'ny fikambanana misy azy, sy hanaja an'ireo manam-pahefana miandraikitra ny fananana iombonana.

1929 1881. Ny fikambanana tsirairay no mamaritra ny momba azy amin'ny alalan'ny zava-kendreny, ary manaiky araka izany izay fitsipika manokana misy, nefa “ny *olombelona*” no, sady tsy maintsy, ho foto-piandohana sy antompanaovana ary tanjom-piafaran'ny rafitra rehetra ajoro momba ny fiaraha-monina”⁴.

1882. Misy ireo endri-piaraha-monina sasantsasany, toy ny fianakaviana sy ny mpiray tanàna, no mifanandrify kokoa avy hatrany amin'ny toetra voa-Janahary maha-olombelona. Mila azy ireny tokoa ny fiaraha-monina. Mba

¹ jer. FAA 24, § 3.

² jer. FAA 25, § 1.

³ jer. Lk 19,13.15.

⁴ FAA 25, §1.

hanampiana ny fandraisan'ny maro an'isa anjara amin'ny fiainam-piaraha-¹⁹¹³monina, dia ilaina ny mampirisika ny olona hanorina fikambanana sy rafitra nofidina ajoro "amin'ny zava-kendrena ara-piharian-karena, ara-kolontsaina, ara-tsôsialy, ara-panatanjahan-tena, ara-pialam-boly, arak'asa, ara-pôlitika, sady ao anatin'ny firenena no eo amin'ny sehatra eran-tany"¹. Izany "*fampifandraisana eo amin'ny fiaraha-monina ny tsirairay sy ny fikambanana isan-tokony*" izany, dia mampiseho ihany koa ny fironana voa-Janahary izay manosika ny olombelona hitambatra ho fikambanana, mba hahatratrarana ireo zava-kendrena izay ambony lavitra noho ny herimpahaizan'ny olona tsirairay. Izany no mampitombo ny hatsaran-toetran'ny olona, singanina manokana, ny toe-tsaina manombo-javatra sy mandray andraikitra. Izany no manampy amin'ny fiarovana ny zony².

1883.Mety hampidi-doza koa anefa ny fampifandraisana eo amin'ny fiaraha-²⁴³¹monina ny tsirairay sy ny fikambanana isan-tokony. Raha be loatra ny firotsahan'ny Fanjakana an-tsehatra amin'izany dia mety handrahona ny fahafahan'ny tsirairay sy ny faharisihany hanao zavatra. Ny fitambarampampianaran'ny Fiangonana dia namolavola fitsipika fototra antsoina hoe *fifamenoana amam-pifanampiana*. Araka azy io, "ny sokajin'ny olona lehibe, mpitondra, dia tsy tokony hitsabaka amin'ny aty fiainan'ny sokajin'olona madinika, entina, amin'ny fanesorana aminy ny fahefany manapaka amin'ny ataony, fa tokony hanohana azy aza rahefa latsaka ankaterena sy hanampy azy handrindra ny asany miaraka amin'ny an'ireo singafototra hafa izay mandrafitra ny fiaraha-monina, ho an'ny soa ²⁴³¹iombonana"³.

1884.Tsy sitrak'Andriamanitra ny mitazona ho Azy irery ny fampiasana ny fahefana rehetra. Nomeny ny voary tsirairay ireo anjara raharaha izay mety ³⁰⁷ho vitany araka ny herimpahaizana amam-pahazoany manao avy amin'ny toetrany manokana nahariana azy. Tsara alain-tahaka eo amin'ny fiainampiaraha-monina io fomba fitondrana io. Ny fomba fihetsik'Andriamanitra amin'ny fitondrany an'izao tontolo izao, izay mampiseho fanajana lehibe tokoa ny fahafahan'ny olombelona, no tokony harahin'ny fahendren'ireo izay mitondra fikambanan'olona. Tokony hitondra tena sahaza ny mahampandraharahan'ny fitahian'Andriamanitra izy ireo. ³⁰²

1885.Ny fitsipika fototry ny fifamenoana amam-pifanampiana dia manohitra ny endrika rehetra fitantanana ny vokatra sy ny harena manontolo ao amin'ny kitapo tokan'ny fanjakana. Izy no manoritra ny fetra azon'ny Fanjakana irotsahana. Ny kendreny dia ny handrindra ny fifandraisana eo amin'ny

¹ MM 60.

² jer. FAA 25, § 2 ; CA 16.

³ CA 48 ; jer. Pie XI, enc. "Quadragesimo anno".

tsirairay sy ny fikambanana misy. Ny ezahiny dia ny hiorenan'ny fandaminana tena izy iraisam-pirenena.

II. Ny fibebahana sy ny fiaraha-monina

1779 1886. Tena ilaina ny fiaraha-monina mba hanatanterahan'ny olombelona ny fiantsoan'Andriamanitra azy. Mba hahatratrarana io tanjona kendrena io, dia tsy maintsy hajaina ireo ambaratongan-tsoatoavina marina izay “mamehy ny lafiny ara-batana sy ara-pironan'ny nofo amin'ny lafiny ao anaty sy ara-panahy”¹ :

2500 Ny fiainam-piaraha-monina dia tokony hoheverina alohan'ny zavatra rehetra ho zava-misy momba ny ara-panahy. Satria, io fiainana io dia fifanakalozam-pahalalana ao anatin'ny fahazavam-pahamarinana, fampiasan-jo sy fanatanterahana adidy, fifaninanana mitady ny tsara ara-môraly, fiombonam-pahafinaretana mendrika, manoloana ny tsara, amin'ny fomba rehetra fanehoana izany ara-dalàna, fahavononana tsy tapaka hampita amin'ny hafa ny tsara indrindra ao amin'ny tena ary faniriam-piombonana amin'ny fampitomboan-karena ara-panahy maharitra. Toy ireo rehetra ireo no soatoavina tokony hanentana sy hitari-dalana ny asa ara-kolontsaina, ny fiainana ara-piharian-karena, ny fandaminana ara-tsôsialy, ny fikambanana sy ny lasi-pitondrana ara-pôlitika, ny didy aman-dalàna ary ny fanehoana hafa rehetra mikasika ny fiainam-piaraha-monina ao anatin'ny fivoarany tsy tapaka².

909 1887. Ny fampifoterana ny fomba amam-pitaovana amin'ny tanjona kendrena³, izay miafara amin'ny fanomezan-danja ho tanjom-piafaràna an'izay fomba amam-pitaovana fotsiny ahatongavana amin'izany, na amin'ny fiheverana ny olona ho toy ny fitaovana tsotr'izao hahatratrarana ny zava-kendrena, dia miteraka rafitra tsy ara-drariny, “mahatonga ny fitondran-tena kristianina ho mafy sy sarotra tanterahina an'asa, amin'ny fampifanarahana izany amin'ny didin'ilay Andriamanitra Mpanao lalàna”⁴.

707,1430 1888. Noho izany, ilaina ny mangata-bonjy amin'ny fampiasan'ny olona ireo herim-pahaizany ara-tsaina sy ara-môraly, sy ny mitaky lalandava ny *fibebahany anaty*, mba hahazoam-bokatra amin'ny fanovàna ny fiaraha-monina izay tokony hanampy azy tokoa. Ny fanekena ho lohalaharana ny fibebahan'ny fo dia tsy manesotra velively, fa vao mainka aza mametraka, ny andraikitra hitondra fanatsarana sahaza ireo fikambanana misy sy ireo fomba amam-panao eo amin'ny fiainana, raha toa ka mitarika ho amin'ny fahotana izy ireo, ary fanatsarana mba hanitsiana azy ireo hanaraka ny

¹ CA 36.

² PT 36.

³ jer. CA 41.

⁴ Pie XII, lahateny tamin'ny 1 jona 1941.

fitsipi-pahamarinana, sy hampandroso ny tsara toy izay ho vato misakana izany¹.

1889. Ny olombelona, raha tsy misy ny fanampian'ny fahasovana, dia tsy hahay "hamantatra ny sakelidalana, matetika tery, eo anelanelan'ny tsy fahasiana miady izay mamela ho amin'ny ratsy sy ny fanaovana an-keriny izay noheverina fa iadiana aminy, kanjo manamafy azy"². Ny tena izy dia ny lalam-pifankatiavana, izany hoe : ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana. Mampiseho ny didy lehibe indrindra ara-tsôsialy ny fitiavana. 1825
Manaja ny hafa sy ny zony izy. Mitaky ny fampanjakana ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny izy, ary izy ihany no hany hahafahantsika mampanjaka izany. Mahatarika ho amin'ny fiainam-pahafoizan-tena izy : "Izay hitady hamonjy ny ainy no hahavery azy, fa izay hahafoy azy no hamonjy azy" (Lk 17,33).

FAMINTINANA

1890. *Misy fifanafahana marina amin'ny firaisan'ireo Olona Telo-Andriamanitra ny fihavanan'ny olombelona izay tsy maintsy haorin'izy ireo amin'ny samy izy ireo.*

1891. *Mba hampivelatra ny olombelona araka ny toetrany voa-Janahary, dia mila ny fiainam-piaraha-monina izy. Misy ireo endri-piaraha-monina sasantsasany, toy ny fianakaviana sy ny mpiray tanàna, no mifanandrify kokoa avy hatrany amin'ny toetra voa-Janahary maha-olombelona.*

1892. *"Ny olombelona no, sady tsy maintsy, ho foto-piandohana sy antompanaovana ary tanjom-piafaran'ny rafitra rehetra ajoro momba ny fiaraha-monina"*³.

1893. *Ilaina ny mampirisika ny olona handray anjara malalaka amin'ireny fikambanana miorina sy rafitra nofidina ajoro ireny.*

1894. *Araka ny fitsipika fototry ny fifamenoana amam-pifanampiana, na ny Fanjakana na ny iray amin'izay seha-pikambanana midadasika bebe kokoa, dia tsy misy mahazo misolo toerana ny olona tsirairay sy ny vondrona mpanelanelana, amin'ny fahafahany manapa-kevitra hanao zavatra sy amin'ny andraikitra sahaniny.*

1895. *Manana adidy hampandroso ny fampiasana ny hatsaram-panahy ny fiaraha-monina, fa tsy ho vato misakana izany. Ireo ambaratongan-tsoatoavina marina no tokony hitsilo ny saina amin'izany.*

¹ jer. FF 36.

² CA 25.

³ FAA 25, § 1.

1896. *Amin'ny toerana izay hanimban'ny fahotana ny toe-javatra iainan'ny fiaraha-monina, dia ilaina ny mangata-bonjy ho amin'ny fibebahan'ny fo sy ho amin'ny fahasoavan'Andriamanitra. Ny fitiavana no manosika ho amin'ny fanavaozan-toetra tena izy. Tsy misy vahaolana ivelan'ny Vaovao Mahafaly amin'ny olona ara-piaraha-monina*¹.

ANDALANA 2

Ny fandraisana anjara amin'ny fiainam-piaraha-monina

I. Ny fahefana mifehy

2234 1897. “Tsy hilamina sy tsy hahavokatra ny fiainan'ny mpiara-monina raha tsy misy olona omena fahefana ara-dalàna ka hiantoka ny fiarovana ny lalàna fototra ary hiahy, amin'ny fepetra ampy, ny soa iombonana”².

Ny antsoina hoe “fahefana mifehy” dia anjara raharaha izay amin'ny alalan'izany ireo olona na ireo fikambanana mijoro ara-dalàna te hitondra olona, no hamoaka lalàna sy rafi-pandaminana ho azy ireo, ka iandrasany ny fankatoavana izany avy amin'izy ireo.

1898. Ny fikambanan'olona rehetra dia mila fahefana mifehy azy³. Ao amin'ny toetra voa-Janahary maha-olombelona no misy ny fototry ny fahefana mifehy. Ilaina amin'ny fampiraisana ny mpiray tanàna izy. Ny anjara asany dia ny miantoka araka izay azo atao ny soa iombonana ho an'ny mpiaramonina.

2235 1899. Avy amin'Andriamanitra no ipoiran'ny fahefana mifehy takin'ny lalàm-pitondran-tena : “Aoka ny olona rehetra samy hanaiky ny manam-pahefana ara-dalàna mampiasa fahefana, satria tsy misy fahefana tsy avy amin'Andriamanitra, ary ny fahefana rehetra izay misy dia voatendry avokoa. Koa izay manohitra ny fahefana dia mikomy amin'ny fandaharana nataon'Andriamanitra, ary izay mikomy dia mihantsy fanamelohana ho an'ny tenany ihany” (Rôm 13,1-2)⁴.

¹ jer. CA 5.

² PT 46.

³ jer. Léon XIII, enc. "Diuturnum illud" ; enc. "Immortale Dei".

⁴ jer. 1 Pi 2,13-17.

1900. Ny adidim-panekena no manery ny rehetra hanome voninahitra ny manam-pahefana araka izay tokony hatao aminy, hanome haja, ary araka ny mahamendri-balisoa azy ireo, hanome fankasitrahana sy haneho fitiavana ny olona izay miandraiki-draharaha amin'izany. 2238

Hita ao amin'ny asa soratr'i Md Clément de Rome, Papa, ny tranainy indrindra amin'ny vavaky ny Fiangonana ho an'ny mpifehy fanjakana¹: 2240

“Ry Tompo ô, omeo azy ireo ny fahasalamana, ny fiadanana, ny fihavanana, ny tsy fiovaovàna, mba hampiasan'izy ireo tsy misy fifandirana ny fahefana mandidy manapaka izay napetrakao tamin'izy ireo. Ianao no Tompo, any an-danitra, mpanjakan'ny taona rehetra, izay manome amin'ny zanak'olombelona, ny voninahitra, ny haja ary ny fahefana eo amin'ny zavatra ny tany. Tompo ô, tariho ny fikasan'izy ireo, araka izay tsara, araka izay mahafinaritra eo imasonao, ka amin'ny fampiasana ombam-pitiavana ny fahefana izay nomenao azy ireo, ao anatin'ny filaminana sy ny fahalemam-panahy, no ahitan'izy ireo ny fitahiana²”.

1901. Raha avy amin'ny fandaharana naraikitr'Andriamanitra ny fahefana mifehy, “ny mametra amin'izay ho lasi-pitondram-panjakana kosa, toy izany koa ny manendry izay ho mpitondra azy ireo, dia tokony havela hiankina amin'ny sitrapo malalaky ny olom-pirenena³”.

Ny faha-samihafa ireo lasi-pitondram-panjakana dia azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena, raha toa ireo ka manampy amin'ny soa ara-drariny ho an'ny vahoaka izay nifidy azy. Ny lasi-pitondrana izay manana fomba amantoetra mifanohitra amin'ny lalàna voa-Janahary, amin'ny filaminam-bahoaka ary amin'ny zo fototra maha-olona, dia tsy afaka hahatanteraka ny soa iombonan'ny firenena izay nampaneken'izy ireo. 2242

1902. Tsy avy amin'ny tenany no hahatonga ny fahefana mifehy ho ara-dalàna ara-môraly. Tsy tokony hanao teniko fe lehibe sy didy boraingona izy, fa hiasa ho an'ny soa iombonana, ka mova tsy “hery môraly miorina amin'ny fahafahana sy ny fahatsapan-tena ho tompon'andraikitra⁴” : 1930

Ny didy aman-dalànan'ny olombelona dia tsy mifono toetran-dalàna, raha tsy manaraka ny saina marina izy ; na avy aiza na avy aiza ipoirany, dia avy amin'ny lalàna mandrakizay no haharetan'ny heriny. Arakaraka izay ihatahany amin'ny saina, no tsy maintsy hanambaràna fa tsy ara-dalàna 1951

¹ jer. 1 Tim 2,1-2.

² Clément de Rome, Cor. 61,1-2.

³ FAA 74, §3.

⁴ FAA 74, §2.

izy, satria tsy nanamarina ny fiheverana momba ny lalàna izy ; raha ny marina, endrika fisehoan'ny herisetra izy¹.

2242 1903. Tsy miasa ara-dalàna ny fahefana mifehy raha tsy ny soa iombonan'ny vondron'olona noheverina ho amin'izany no katsahiny, ary mba hahatratrarany izany, dia ny fomba ara-pitsipi-pitondran-tena eken'ny lalàna no ampiasainy. Raha sendra mamoaka lalàna tsy rariny na mandray fepetra mifanohitra amin'ny lalàm-pitondran-tena ny mpitondra, dia tsy hahavita handidy ny kônsiansy akory ireny fepetra ireny. "Amin'ny toe-javatra toy izany, mitsahatra eo ny maha-fahefana mifehy azy fa mivadika ho famoretana izy"².

1904. "Tsaratsara kokoa ny fahefana rehetra, raha ampifandanjana amin'ny fahefana hafa sy amin'ny fahefana manapaka hafa izay mampaharitra azy ao anaty fetra ara-drariny. Izany no fitsipika fototry "ny Fanjakana tan-dalàna" izay ny lalàna amin'izany no tompon'ny fahefana mandidy manapaka, fa tsy ny sitrapo jadona'ny olombelona"³.

II. Ny soa iombonana

801 1905. Araka ny toetra voa-Janahary ny fiaraha-monin'ny olombelona, dia tsy maintsy ampifandraisana amin'ny soa iombonana ny soa ho an'ny tsirairay. 1881 Tsy mety ho voafaritra mazava ny hoe soa iombonana raha tsy ampifandraisina amin'ny maha-olombelona ny olombelona :

Aza miolonolona mihitsy ianareo, na manavaka ny tenanareo, tahaka ny hoe efa nohamarinina ery, fa miangona ianareo mba hiara-mikatsaka izay mikasika ny tombon-tsoa iombonana⁴.

1906. Ny hoe soa iombonana, dia "ny fitambaran'ny fepetra ara-piaraha-monina izay ahafahan'ny fikambanana rehetra na ny mpikambana tsirairay ao aminy mahatratra ny fahalavorarian'izy ireo, amin'ny fomba fenofeno kokoa sy moramora kokoa"⁵. Mahasoana ny fiainan'ny rehetra ny soa iombonana. Mitaky fahamalinana avy amin'ny tsirairay izy, fa indrindra avy amin'ireo izay misahana fahefana mifehy. Misy *singafototra telo tsy azo avela* aminy :

1929 1907. Ny ilainy voalohany dia ny *fanajana ny olona* amin'ny maha-olona azy. Amin'ny anaran'ny soa iombonana, dia tsy maintsy manaja ny zo fototra sy

¹ Md Thomas d'A., s.th. 1-2, 93,3,ad 2.

² PT 51.

³ CA 44.

⁴ Barnabe, ep. 4,10.

⁵ FAA 26, §1 ; jer. FAA 74, §1.

tsy azo foanana ananan'ny olona ny Fanjakana. Tsy maintsy avelan'ny fiaraha-monina ny isam-batan'olona ao aminy hanatanteraka ny fiantsoan' Andriamanitra azy. Amin'ny fomba manokana, ny soa iombonana dia miorina amin'ny fepetra fampiasana ny fahafahana voa-Janahary izay ilaina ho an'ny fivelaran'ny fiantsoana ny olombelona : “Anisan'izany : ny zo hanao asa amam-pihetsika araka ny fitsipika mahitsy ny kônsiansiny, ny zo amin'ny fiarovana ny fiainana manokana sy amin'ny fahalalahana aradrariny, ao anatin'izany ny fahalalana ara-pivavahana”¹.

2106

1908. Faharoa manaraka izany, ilain'ny ny soa iombonana ny *fiadanan'ny mpiara-monina* sy ny *fampandrosoana* ny vondrona amin'ny maha-izy azy. 2441
Ny fampandrosoana no famintinana ny adidy rehetra ara-piaraha-monina. Marina fa anjaran'ny fahefana mifehy ny manelanelana, amin'ny anaran'ny soa iombonana, eo amin'ny tombon-tsoa samihafa an'ny tsirairay. Kanefa tokony hataony izay hahafahan'ny isam-batan'olona mahazo ny ilaina mba hananany fiainana mendrika ny maha-olona marina tokoa : sakafo, fitafiana, fahasalamana, asa, fanabeazana sy fampivoarana ara-tsaina, fahalalam-baovao mendrika, zo hanorina tokantrano, sns².

1909. Farany, ilain'ny soa iombonana ny *fandriampahalemana*, izany hoe ny faharetana sy ny filaminan-tsaina avy amin'ny filaminana marina. Koa ilainy àry ny hiantohan'ny fahefana mifehy, amin'ny fomba mendrika, ny *filaminan-tsain'*ny mpiara-monina sy ny an'ireo mpikambana ao aminy. Ny soa iombonana no manamarim-pototra ny zom-piarovan-tena eken'ny lalàna ataon'ny tsirairay sy ny rehetra mitambatra. 2304,2310

1910. Isaky ny fikambanan'ny olona dia samy manana soa iombonana izay ahafahany mahalala ny tenany amin'ny maha-izy azy, fa ao amin'ny *vondrom-bahoaka* kosa no ahitana ny fahatanterahany feno indrindra. 2244
Anjaran'ny Fanjakana ny miaro sy ny fampandroso ny soa iombonan'ny fiaraha-monin'ny olom-pirenena, ny olom-pirenena ary ny fikambanana mpanelanelana.

1911. Mihamitombo ny fifampiankinan'ny olombelona. Miiatra tsikelikely manerana ny tany tontolo izany. Ny mahairay ny fianakavian'olombelona, amin'ny famondronana ny olona mizaka ny fahamendrehana voa-Janahary mitovy, dia mahatonga ny *soa iombonana ho an'ny daholobe*. Io soa iombonana io dia mitaky fandaminana avy amin'ny fikambanan'ny firenena rehetra, ahavitana “miahny ny zavatra samihafa ilain'ny olona, eo amin'ny lafim-piainana ara-tsôsialy (sakafo, fahasalamana, fanabeazana ...), tahaka izany koa ny hiatrehana ireo toe-javatra tsirairay maro izay mety hiseho 2438
etsy na eroa (ohatra : manampy ara-bola amin'ny fahantran'ireo

¹ FAA 26, §2.

² jer. FAA 26, §2.

mpialokaloka any an-tanin'olona, ny fanampiana an'ireo mpifindra monina sy ny fianakavian'izy ireo ...)”¹.

1881 1912. Tantanina lalandava ho amin'ny fivoaran'ny olona ny soa iombonana :
“Tokony hofehezina ny rafi-pandaminan'ny olona ny rafi-pandaminana ny zavatra samihafa, fa tsy ny mifanohitra amin'izany tsy akory”². Ny fahamarinana no fototr'io rafi-pandaminana io, ao anatin'ny rariny sy ny hitsiny no iorenany, ny fitiavana no mamelombelon'aina azy.

III. Andraikitra sy fandraisana anjara

1913. Ny fandraisana anjara no firotsahan'ny olona an-tsitrapo sy malala-tanana eo amin'ny fifanampiana ara-piaraha-monina. Ilaina ny andraisan'ny rehetra anjara, samy araka ny toerana misy azy sy ny anjara asa sahaniny, hampandrosoana ny soa iombonana. Adidy tsy afa-misaraka amin'ny fahamendrehan'ny olombelona izany.

1734 1914. Ny fandraisana anjara aloha dia tanteraka amin'ny fandraisana ho andraikitra eo amin'ny sehatra izay izakana ny *adidin'ny olona tsirairay* : amin'ny fikarakarana atao amin'ny fanabeazana ny fianakaviany sy amin'ny fahatsiarovan-tena amin'ny asany, no andraisan'ny olombelona anjara amin'ny soa avy amin'ny hafa sy avy amin'ny fiaraha-monina³.

2239 1915. Ny olom-pirenena dia tokony handray anjara amim-pahavitrihana araka izay azo atao amin'ny *fiainam-bahoaka*. Ny fombafomba amin'io fandraisana anjara io dia mety miovaova arakaraka ny tany onenana sy ny kolontsain'ny mponina. “Tokony hoderaina ny fomba fiasa amam-pihetsiky ny firenena izay misy olom-pirenena faran'izay betsaka indrindra mandray anjara amin-kalalahana amin'ny raharaham-pirenena”⁴.

1888 1916. Ny fandraisan'ny rehetra anjara amin'ny fampiasana ny soa iombonana, toy ny adidy rehetra araka ny lalàm-pitondran-tena, dia mitarika *fibebahan'* ireo mpiombon'antoka ara-piaraha-monina, izay fibebahana avaozin'izy ireo tsy an-kijanona. Ny fitaka sy ny hafetsifetsena samihafa izay amin'ny alalan'ireny no andosiran'ny sasany amin'ny faneren'ny lalàna sy amin'ny 2409 fandidian'ny adidy ara-piaraha-monina dia tsy maintsy helohina mafy tokoa, satria tsy mifanaraka amin'ny takin'ny rariny. Tokony ho karohina ny hampandroso ireo fikambanana mijoro, izay hanatsara ny toe-piveloman'ny olona⁵.

¹ FAA 84, §2.

² FAA 26, §3.

³ jer. CA 43.

⁴ FAA 31, §3.

⁵ jer. FAA 30, §1.

1917. Anjaran'ireo mizaka ny fahefana mifehy ny manamafy ny soatoavina izay hahasarika ny fitokian'ny mpikambana rehetra ao anatin'ireny fikambanana ireny sy hamporisika azy ireo hirotsaka hanasoa ny naman' izy ireo. Manomboka amin'ny fanabeazana sy ny fampivoarana ara-tsaina ny fandraisana anjara. "Azo lazaina marina fa ny hoavy dia eo ampelatanan'ireo izay hahay hanome ho an'ny fara aman-dimby rahampitso ny anton'ny ahavelomana sy anantenana"¹. 1818

FAMINTINANA

1918. "*Tsy misy fahefana tsy avy amin'Andriamanitra, ary ny fahefana rehetra izay misy dia voatendriny avokoa*" (Rôm 13,1).

1919. *Ny fikambanan'olona rehetra dia mila fahefana mifehy mba haharetany sy hiitarany.*

1920. "*Ao amin'ny toetra maha-olombelona ny olombelona no fototra iorenan' ny fiainam-bahoaka sy ny fahefan'ny Fanjakana, ary ao amin'izany no iankinan'izy ireo avy amin'ny fandaharana naraikitr'Andriamanitra*"².

1921. *Miasa amin'ny fomba ara-drariny ny fahefana mifehy raha milofo amin' ny fikatsahana ny soa iombonan'ny fiaraha-monina izy. Mba hahatratrarany izany, dia tsy maintsy mampiasa ny fomba azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena izy.*

1922. *Ara-dalàna ny faha-samihafa ireo lasi-pitondram-panjakana, raha toa ka manampy ho amin'ny soa iombonan'ny vahoaka izy ireny.*

1923. *Ny mpifehy fanjakana dia tsy maintsy manaraka ny fetran'ny lalàm-pitondran-tena sy miantoka ny fepetra amin'ny fampiasana ny fahafahana.*

1924. *Ny hoe soa iombonana dia "ny fitambaran'ny fepetra ara-piaraha-monina izay ahafahan'ny fikambanana rehetra sy ny olona tsirairay mahatratra ny fahalavorarian'izy ireo, amin'ny fomba fenofeno kokoa sy moramora kokoa"*³.

1925. *Misy singafototra telo tsy azo avela ny soa iombonana : ny fanajana sy ny fampahalalana ny zo fototra maha-olona ; ny fitomboana na fandrosoan' ny soa aman-karena ara-panahy sy ny soa aman-karena ara-batana ho an'ny fiaraha-monina ; ny fandriampahalemana sy ny filaminan-tsain'ny vondron'olona sy ny mpikambana ao aminy.*

¹ FAA 31, §3.

² FAA 74, § 3

³ FAA 26, § 1.

1926. *Ny fahamendrehan'ny olombelona no mampikatsaka ny soa iombonana. Ny tsirairay no tokony hisaintsaina hanangana sy hanohana ireo fikambanana izay manatsara ny toe-piveloman'ny olombelona.*

1927. *Anjaran'ny Fanjakana ny miaro sy ny mampandroso ny soa iombonan'ny fiaraha-monin'ny olom-pirenena. Ny soa iombonan'ny fianakaviam-ben'ny olombelona manontolo dia mitaky fandaminana avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena.*

ANDALANA 3

Ny fahamarinana ara-piaraha-monina

1928. *Ny mpiara-belona no miantoka ny fahamarinana ara-piaraha-monina amin'ny fanatanterahany ny fepetra ahafahan'ny fikambanana sy ny isambatan'olona mahazo ny zon'izy ireo araka ny fomba aman-toetran'izy ireo sy ny fiantsoana azy ireo. Mifamatotra amin'ny soa iombonana sy amin'ny fampiasana ny fahefana ny fahamarinana ara-piaraha-monina.*

I. Ny fanajana ny olombelona

1929. *Tsy ho azo ny fahamarinana ara-piaraha-monina, raha tsy hajaina ny fahamendrehan'ny olombelona. Ny olona no iafaran'ny tanjon'ny fiaraha-monina, izay narindra ho azy :*

Nankinin'ny Mpahary amintsika ny fiarovana sy ny fampandrosoana ny fahamendrehan'ny olombelona. Amin'ny fisehon-javatra rehetra eo amin'ny tantara, ny lehilahy sy ny vehivavy no tompon'andraikitra sy mizaka an'izany tanteraka¹.

1930. *Mitaky fanajana ireo zo izay avy amin'ny fahamendrehan'ny mahazavaboary azy, ny fanajana ny olombelona. Talohan'ny fiaraha-monina sy tsy maintsy ekeny, ireny zo ireny. Manorina ny maha-ara-dalàna amin'ny lafiny môraly ny fahefana rehetra ireny : ny fiaraha-monina maniratsira ireny, na manda ny hankato azy ireny ao amin'ny didy aman-dalànany manan-kery, dia manimba tsikelikely ny maha-ara-dalàna azy amin'ny lafiny môraly². Raha tsy misy fanajana toy izany, dia tsy afaka miantehitra afa-tsy amin'ny fanerena na ny herisetra mba hahazoana ny faneken'ny olona entiny, ny fahefana iray. Anjaran'ny Fiangonana ny mampahatsiahy*

¹ SRS 47.

² jer. PT 61.

ireny zo ireny ao an-tsain'ny olona tsara sitrapo, sy ny manavaka azy ireny amin'ny fitakiana tafahoatra na tsy marina.

1931. Ny fanajana ny olombelona dia miainga amin'ny fanajana ny fitsipika fototra hoe : “Aoka ny tsirairay hihevitra ny namany ho toy ny "tenany", tsy asiana fanavahana, ka hatao voaloham-piheverana ny fiainany sy ny zavatra ilainy hoenti-manana fiainana mendrika”¹. Tsy misy didy aman-dalàna na iray aza mahavita manafoana amin'ny alalan'ny tenany ihany ny tahotra, ny fitsaràna an-tendrony, ny fihetsika maneho avonavona sy fitiavan-tena tafahoatra izay mahatonga vato misakana amin'ny fananganana fiarahamonina ao anatin'ny fihavanana marina tokoa. Ireny fihetsika amampitondran-tena ireny dia tsy hitsahatra afa-tsy amin'ny fifankatiavana ka mihevitra ny olona tsirairay ho “namana”, ho mpiray tam-po mbamin'ny havana. 2212 1825

1932. Ny adidy hahatonga ho namana ny hafa sy ny hanompo azy amimpahavitrihana dia manjary maika kokoa indray rahefa ianjadiampahasahiranana izy io, na inona na inona izany fahasahiranana izany. “Isaky ny manao izany tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto ianareo, dia nanao izany tamiko” (Mt 25,40). 2449

1933. Mahakasika izany adidy izany koa, ireo tsy mitovy amintsika na amin'ny hevitra na amin'ny atao. Tonga hatramin'ny fitakiana ny famelana ny fahotana ny fampianaran'i Kristy. Mampivelatra ny didim-pitiavana izany, izay tsy inona fa ny an'ny Lalàna vaovao, dia ny fitiavana ny fahavalo rehetra². Ny fanafahana araka ny toe-panahin'ny Evanjely dia tsy azo ampiarahana amin'ny fankahalana ny fahavalo amin'ny maha-olona azy, fa amin'ny fankahalana ny ratsy izay ataony amin'ny maha-fahavalo azy. 2303

II. Fitoviana sy faha-samy hafa eo amin'ny olombelona

1934. Noho ny olombelona rehetra noarina mitovy endrika amin'Andriamanitra, nomena fanahy manan-tsaina iray ihany, dia manana fomba aman-toetra iray ihany sy fiandohana iray ihany izy ireo. Noho izy ireo navotana tamin'ny soron'i Kristy, dia voantso handray anjara amin'ny hasambaran'Andriamanitra iray ihany izy rehetra : mifaly amin'ny fahamendrehana mitovy izany ny olona rehetra. 225

1935. Ny fitoviana eo amin'ny samy olombelona rehetra dia mifototra indrindra amin'ny fahamendrehan'izy ireo tsirairay sy ny zo avy amin'izany : 357

¹ FAA 27, §1.

² jer. Mt 5,43-44.

Na inona na inona endri-panavakavahana mahakasika ny zo fototra maha-olona, na miorina amin'ny maha-lahy sy maha-vavy izany, na amin'ny firazanana, amin'ny volon-koditra, amin'ny toe-piainana ara-tsôsialy, amin'ny fiteny na amin'ny finoana amam-pivavahana, dia tsy maintsy ialana, satria manohitra ny fandaharan'Andriamanitra¹.

1879 1936. Raha vao tonga teto an-tany ny olombelona, dia tsy hoe ananany avokoa izay rehetra mety ilainy amin'ny fivoaran'ny fiainany, ara-batana sy arapanahy. Mila ny hafa izy. Maro ny faha-samy hafa miseho amin'ny taona, amin'ny hery aman-toe-batana, amin'ny fironana ara-tsaina na ara-môraly, amin'ny fifanakalozana izay tokony hahazoan'ny tsirairay tombon-tsoa, amin'ny fitsinjarana ny harena². Tsy nozaraina mitovy koa ny "talenta"³.

340 1937. Anisan'ny drafitr'asan'Andriamanitra ireo faha-samy hafa ireo, satria tiany
791 ny handraisan'ny tsirairay izay ilainy avy amin'ny hafa, ary ireo izay
manana "talenta" manokana, dia hampita ny soa avy amin'izany amin'ireo
izay mila izany. Mamporisika ary matetika manery ny olona ho amin'ny
herim-po, amin'ny fahalemam-panahy ary ny fifampizaràna, ny faha-samy
1202 hafa ; mitaona ny kolontsaina koa ny faha-samy hafa mba hampitombo
raki-tsoan'ny andaniny sy ny ankilany :

Tsy hanome mitovy ny herim-panahy rehetra amin'ny tsirairay aho. (...) Maro izay nozaraiko tamin'ny fomba toy izany, mbetika amin'ny anankiray, mbetika amin'ny hafa. (...) Amin'ny iray, ny fitiavana ; amin'ny hafa, ny fahamarinana ; amin'ity farany ity indray, ny fanetrentena, amin'iry voalohany iry kosa, ny finoana velona. (...) Raha ny amin'ny soa aman-karena ara-batana, izay zavatra ilaina amin'ny fiainana maha-olombelona, dia nizara izany tao anatin'ny tsy fitoviana tanteraka aho, ary tsy sitrako ny hananan'ny tsirairay izay rehetra ilainy, mba hahatonga ny olona rehetra, ao anatin'ny fahaporetana, hanao asam-pifankatiavana eo amin'izy ireo samy izy ireo. (...) Sitrako raha izy ireo samy izy ireo no mifampila ary izy ireo no ho mpandraharahako amin'ny fizarazarana ny fahasoavana sy ny fanomezana izay noraisin' izy ireo tamiko⁴.

2437 1938. Misy koa ny tsy *fitoviana tsy ara-drarinny* izay mahavoana ny lehilahy sy ny vehivavy an-tapitrisany. Tena fanoherana an-kitsirano ny Evanjely izany :

2317 Ny fitovian'ny fahamendrehan'ny maha-olona dia mitaky ny ahatongavan'ny olona amin'ny toe-piainana ara-drarinny kokoa sy mendrika ny maha-olona kokoa. Mahatonga fanafintohinana ny tsy fitoviana mihoana-pampana ara-toe-karena sy ara-tsôsialy eo amin'ny mpikambana na eo amin'ny

¹ FAA 29, §2.

² jer. FAA 29, §2.

³ jer. Mt 25,14-30 ; Lk 19,11-27.

⁴ Mb Cathérine de Sienna, dial.7.

firenena ao anatin'ny fianakaviana tokan'ny olombelona. Mahatonga vato misakana izany amin'ny rariny ara-tsôsialy, amin'ny fahitsiana, amin'ny fahamendrehan'ny maha-olombelona, tahaka izany koa amin'ny fandriampahaleman'ny mpiara-monina sy ny firenena rehetra¹.

III. Ny firaisan-kinan'ny olombelona

1939. Ny firaisan-kina, antsoina koa hoe “fihavanana” na “fifankatiavan'ny mpiara-monina”, dia takin'ny fifankatiavana mivantana toy ny mpiray tam-po amin'ny maha-olombelona sy maha-kristianina² : 2213

Ny hadisoana, “izay mihanaka tokoa amin'izao andro izao”, dia ny fanadinoana io lalànan'ny firaisan-kinan'ny olombelona sy ny fifankatiavana io, izay atoro sy didian'ny fototra iray niandohana sy ny toetra maha-olona misaina ny olombelona rehetra, na inona na inona firenena misy azy ireo, ary koa atoro sy didian'ny sorom-panavotana natolotr'i Jesoa-Kristy teo amin'ny ôtelin'ny Hazofijaliana tamin'ny Rainy any an-danitra, ho soa hoan'ny olombelona mpanota”³. 360

1940. Ny voalohany isehoan'ny firaisan-kina dia eo amin'ny fitsinjarana ny soa sy ny karama amin'ny asa. Mitaky ezaka koa izany, ho amin'ny fandaminana ny fiaraha-monina ara-drariny kokoa, izay hampihena tsikelikely kokoa ireo fifanolanana, sy hahitan'ireo fifanoherana moramora kokoa ny lalan'ny fifanarahana'izy ireo. 2402

1941. Tsy mety ho voavaha afa-tsy amin'ny fanampiana rehetra miendrika firaisan-kina ny olana ara-tsôsialy sy ara-toe-karena : firaisan-kinan'ny mahantra amin'izy samy izy, ny mpanankarena sy ny mahantra, ny mpiasa samy mpiasa, ny mpampiasa sy ny mpiasa eo amin'ny orinasa, firaisan-kina eo amin'ny samy firenena sy ny samy vahoaka. Takin'ny lalàm-pitondran-tena ny firaisan-kina iraisam-pirenena. Anisan'ny iainkinan'ny fandriampahaleman'izao tontolo izao izany. 2317

1942. Ny hasin'ny firaisan-kina dia ambony lavitra noho ny harena ara-pitaovana. Ny Fiangonana, amin'ny fampielezana ny harem-panahy avy amin'ny finoana, dia mamampy avy amin'izany koa ny fampandrosoana ny harena ara-batana, izay amin'izany izy no matetika manokatra lalam-pandrosoana vaovao. Amin'izany no voamarina, eo amin'ny taonjato mifandimby, ny tenin'ny Tompo hoe : “Katsaho àry aloha ny Fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany, dia homena izany rehetra izany ianareo ho fanampiny” (Mt 6,3) : 1887 2632

¹ FAA 29, §3.

² jer. SRS 38-40 ; CA 10.

³ Pie XII, enc. "Summi pontificatus".

Hatramin'ny roa arivo taona no niainana sy nitozoana tao anatin'ny fanahin'ny Fiangonana io fahalalana marina io izay nanosika sy mbola manosika ny olona ho amin'ny herim-po be fitiavan'ireo mpitoka-monina mpamboly, ireo mpanafaka ny andevo, ireo mpitsabo ny marary, ireo iraka mpampita ny finoana, ny sivilizasiônina, ny siansa amin'ny taranaka rehetra mifandimby sy amin'ny vahoaka rehetra mba hamoronana fomba fiainam-piaraha-monina afaka hahatonga ny fiainan'ny rehetra ho fiainana mendrika ny olombelona sy ny kristianina¹.

FAMINTINANA

1943. *Ny mpiara-belona no miantoka ny fahamarinana ara-piaraha-monina amin'ny fanatanterahany ny fepetra ahafahan'ny fikambanana sy ny isambatan'olona mahazo ny zon'izy ireo.*
1944. *Ny fanajana olona dia ny mihevitra ny hafa ho “toy ny tena mihitsy”. Mitaky ny fanajana ny zo fototra izay avy amin'ny fahamendrehana anaty eo amin'ny olona izany.*
1945. *Ny fitoviana eo amin'ny samy olombelona rehetra dia mifototra amin'ny fahamendrehan'izy ireo tsirairay sy ny zo avy amin'izany.*
1946. *Ny faha-samy hafa eo amin'ny samy olombelona rehetra dia anisan'ny fandaharan'Andriamanitra izay mila antsika hifanampy sy hifanohana. Tokony hanentana ny fifankatiavana ny faha-samy hafa.*
1947. *Ny fitovian'ny fahamendrehan'ny olombelona dia mitaky ezaka mba hampihena ny tsy fitoviana mihoa-pampana ara-piaraha-monina sy ara-toe-karena. Manosika ho amin'ny fanafonanana ny tsy fitoviana vokatry ny tsy an-drariny izany fitoviam-pahamendrehana izany.*
1948. *Ny firaisan-kina dia herim-panahy ambony tokoa maha-kristianina. Izy no manatanteraka ny fifampizaràna ny harena ara-panahy mihoatra kokoa noho ny harena ara-pitaovana.*

TOKO FAHATELO

Ny famonjen'Andriamanitra : ny lalàna sy ny fahasoavana

1949. *Ny olombelona, noho izy voantso ho amin'ny hasambarana, saingy voaratan'ny fahotana, dia mila ny famonjen'Andriamanitra. Ao amin'i*

¹ Pie XII, lahateny tamin'ny 1 jona 1941.

Kristy no andraisany an'io famonjen'Andriamanitra io, amin'ny alalan'ny lalàna izay mitari-dalana azy sy amin'ny fahasoavana izay manohana azy :

Miasà ianareo amin-tahotra sy hovitra, mba hahatomombana ny famonjena anareo : fa eo rahateo Andriamanitra izay manao indray miaraka, ny hahatonga anareo hikasa sy hahatanteraka koa izay mifanaraka amin'ny fandaharam-pitiavany (Filip 2,12-13).

ANDALANA 1

Ny lalàna môraly

1950. Tsanganasan'ny Fahendren'Andriamanitra ny lalàna môraly. Amin'ny hevitra ara-baiboly, dia azo faritana hoe : fampianaran'ny ray, fahaizan'Andriamanitra manabe, ny lalàna môraly. Mibaiko ny olona izy, hanaraka ny lalana sy ny fitsipiky ny fitondran-tena izay mitondra mankamin'ny hasambarana nampanantenaina ; mandrara izy, tsy hanaraka ny lalan'ny faharatsiana izay mampihodina tsy ho amin'Andriamanitra sy ny fitiavany. Sady mafy tsy voahozongozona izy amin'ny fitsipiny, no mahatehotia amin'ny fampanantenany. 53
1719

1951. Ny lalàna dia fitsipika momba ny fitondran-tena avoakan'ny manam-pahefana manapaka, ka ho ampiharina mba hitsinjovana ny soa iombonana. Ny lalàna môraly dia mitaky fandaminana tsara fototra eo amin'ny samy zavaboary, mba hahazoan'izy ireo ny soa ho an'ny tenan'izy ireo sy mba hahatongavan'izy ireo amin'ny tanjona fiafaran'izy ireo ; ny fahefan'ny Mpahary sy ny fahendreny ary ny hatsaram-pony no nanorina io fandaminana io. Ao amin'ny lalàna mandrakizay no ahitan'ny lalàna rehetra ny fahamarinany voalohany sy farany. Ambaran'ny saina sy raiketiny fa ny lalàna dia fandraisana anjara amin'ny fitahian' Andriamanitra velona, Mpahary sy Mpanavotra ny olona rehetra. "Izany fandaminan'ny saina izany no antsoina hoe lalàna"¹ : 295
306

Ny olombelona, noho ny maha-tokana azy eo anivon'ny zavamananaina rehetra, dia afaka mirehareha fa natao ho mendrika handray ny lalàna avy amin'Andriamanitra : amin'ny maha-biby manan-tsaina azy, afaka mahatakatra an-tsaina sy mandanjalanja, dia izy no hanitsy ny fitondran-tenany amin'ny fahazoa-mampiasa ny fahafahany sy ny sainy, amin'ny fankatoavana an'Ilay izay nanome azy ny zavatra rehetra². 301

¹ Léon XIII, ans. "Libertas praestantissimum" ; mamerina ny voalazan'i Thomas d'A., s. th. 1-2, 90,1.

² Tertullien, Marc. 2,4,5.

1952. Maro samihafa ny fomba fiteny momba ny lalàna môrally, ary mifandray avokoa izy rehetra : ny lalàna mandrakizay, ao amin'Andriamanitra sy loharanon'ny lalàna rehetra ; ny lalàna voa-Janahary ; ny lalàna nambara izay misy ny Lalàna taloha sy ny Lalàna vaovao na araka ny Evanjely ; farany, ny lalàm-panjakana sy ny lalàm-piangonana.

578 1953. Ao amin'i Kristy no ahitan'ny lalàna môrally ny fahatanterahany sy ny maha-iray azy. Ny Tenan'i Jesoa-Kristy mihitsy no lalan'ny fahalavorariana. Izy no anton'ny lalàna, satria Izy irery no mampianatra sy manome ny fahamarinan'Andriamanitra : "I Kristy ihany no anton'ny lalàna, mba ho fanamarinana an'izay rehetra mino" (Rôm 10,4).

I. Ny lalàna môrally voa-Janahary

307 1954. Ny olombelona dia mandray anjara amin'ny fahendrena sy ny hatsaram-
1776 pon'ny Mpahary izay manome azy ny fahaiza-mifehy ny asany sy ny herim-pahazoany mitondra ny tenany ho amin'ny marina sy ny soa. Ny lalàna voa-Janahary no manambara ny hevitra ara-môrally hatrany ampiandohana izay ahafahan'ny olombelona manavaka amin'ny alalan'ny saina ny atao hoe : tsara sy ratsy, marina sy lainga :

Ny lalàna voa-Janahary dia voasoratra sy voasokitra ao amin'ny fanahin'ny olona rehetra sy ny isam-batan'olona, satria izy no sain'olombelona mandidy hanao ny tsara sy mandrara tsy hanota. (...) Kanefa tsy afaka hanan-kery ho lalàna io didin'ny sain'olombelona io, raha tsy manjary ho ilay feo sy mpitondra tenin'ny fahendrena ambonimbony kokoa izay tsy maintsy ankatoavin'ny saintsika sy ny fahafahantsika¹.

1787 1955. Mampiseho amin'ny olombelona ny lalan-kombàna mba hanaovana ny tsara sy hahatratrarana ny zava-kinandriny, ny "lalànan'Andriamanitra sy ny lalàna voa-Janahary"². Milaza ny didy voalohany sy tsy azo avela izay mitantana ny fiainana ara-môrally, ny lalàna voa-Janahary. Ny faniriana sy 396 ny fankatoavana an'Andriamanitra, fototra iandohana sy mpanelanelana ny soa rehetra, tahaka izany koa ny fiheverana ny hafa ho mitovy amin'ny tena ihany, no foiben'ny lalàna voa-Janahary. Voavelabelatra araka ny votoatin' 2070 ny fampianarany ao amin'ny Didy folo, io lalàna voa-Janahary io. Antsoina hoe voa-Janahary io lalàna io, tsy hoe noho izy anondroana ny toetran'ny zavaboary tsy manan-tsaina, fa satria ny saina izay mandidy azy dia an'ny maha-olombelona manokana :

Aiza àry izany no voasoratra ireny fitsipika ireny, raha tsy ao amin'ny bokin'ilay fahazavana izay antsoina hoe ny Fahamarinana ? Ao no

¹ Léon XIII, ans. "Libertas praestantissimum".

² FAA, 89,§1.

voasoratra ny lalàna marina rehetra, avy ao no iampitan'ny lalàna marina rehetra ao am-pon'ny olombelona izay manatanteraka ny marina sy ny rariny, tsy hoe mifindra monina ao amin'ny olombelona izy, fa mametaka marika ao, amin'ny fomban'ny fitomboka izay toy ny ampandalovana ny peratra amin'ny savoka, nefa tsy miala ny peratra¹.

Tsy hafa tsy akory ny lalàna voa-Janahary fa fahazavan-tsaina napetrak'Andriamanitra ao amintsika ; amin'ny alalan'izany no ahafantarantsika izay tokony hatao sy izay tokony hofadina. Izany fahazavana na lalàna izany, dia nomen'Andriamanitra tamin'ny fahariana².

1956. Ny lalàna voa-Janahary, noho izy mitoetra ao am-pon'ny olombelona tsirairay sy porofoin'ny saina, dia *manerana ny tontolo* amin'ny didiny ary 2261 mivelatra amin'ny olon-drehetra ny fahefany mandidy. Maneho ny fahamendrehan'ny olona sy mamaritra ny fototry ny zony mbamin'ny votoatin' adidiny izy :

Misy tokoa ny lalàna marina, dia ny saina mahitsy ; mifanaraka amin'ny toetra voa-Janahary izy ary miely eo amin'ny olombelona rehetra ; tsy miovaova sy maharitra mandrakizay izy ; mitaky adidy ny baiko omeny; mampivily tsy ho amin'ny fahadisoana ny fandràna ataony. (...) Sakrilezy ny manolo izany amin'ny lalàna mifanohitra aminy ; voarara ny tsy mampihatra na dia ny fepetra iray monja voalaza ao amin'izany aza ; raha ny amin'ny hoe hanafoana azy tanteraka kosa, tsy misy olona afaka manao izany³.

1957. Miovaova be ihany ny fampiharana ny lalàna voa-Janahary ; mety hitaky fandinihana mifanaraka amin'ny hamaroan'ny fomba iainana, arakaraka ny toerana, ny fotoana ary ny fisehon-javatra izy. Ny lalàna voa-Janahary anefa, ao anatin'ny hamaroan'ny kolontsaina, dia maharitra ho fitsipika mampifandray ny samy olombelona, sy mampanao azy ireo fitsipika fototra iombonana, ankoatra ny tsy fitoviana tsy azo ialana.

1958. Tsy *miovaova*⁴ ny lalàna voa-Janahary, ary maharitra eny am-pamakivakiana ny fiovaovan'ny tantara eny ; velona maharitra ihany izy ao 2072 anaty habetsahan'ny fombam-pisainana sy ny fombam-piainana amampitondran-tena, sy manampy amin'ny fivoaran'izany. Mijanona ho manankery amin'ny maha-fitsipika azy, ireo fitsipika izay mampiseho ny lalàna voa-Janahary. Na dia hoe holavina hatramin'ny fitsipika fotony aza, dia tsy misy afaka handrava izany na hanesotra izany ao am-pon'ny olombelona. Fa mitranga mandrakariva eny ihany izy, amin'ny fiainan'ny isambatan'olona sy ny vahoaka :

¹ Md Augustin, Trin. 14,15,21.

² Md Thomas d'A., dec. praec.1.

³ Cicéron, rép. 3,22,33.

⁴ jer. FAA 10.

Sazìn'ny lalànao marina tokoa ny halatra, ry Tompo, sy sazìn'ny lalàna izay voasoratra ao am-pon'ny olombelona ary tsy voakosoky ny tsy fahamarinana mihitsy¹.

- 1879 1959. Ny lalàna voa-Janahary, noho izy tsanganasa tsara tokoa an'ny Mpahary, no miantoka ireo fototra mafy orina, izay eo ambonin'izany no ahafahan'ny olombelona manorina vondrom-pitsipika ara-môraly izay hitari-dalana ny safidiny. Izy koa no mametraka ny fototra ara-môraly ilaina ho fanorenana ny fiombonamben'ny olombelona. Farany, izy no mampahazo ny fototra ilaina amin'ny lalàm-panjakana izay mifandray aminy, ka amin'ny alalan'ny fandinihana mba amoahana ny fehin-kevitra ny fitsipika fototra avy aminy no anaovana izany, na amin'ny alalan'ny fanampiana araka ny fomba azo antoka sy ara-dalàna.
- 2071 1960. Tsy ny rehetra dia hahatsapa avokoa amin'ny fomba mazava sy eo no eo ny didy avy amin'ny lalàna voa-Janahary. Amin'ny toe-javatra ankehitriny, ilaina ho an'ny olombelona mpanota ny fahasovana sy ny fanambaràna, 37 mba ho fantatry “ny rehetra ary tsy misy fahasarovana, omban'ny fitokiana mafy orina sy tsy mifangaro fahadisoana”² ny fahamarinana ara-pivavahana sy ara-môraly. Ny lalàna voa-Janahary no ahazoan'ny lalàna nambara sy ny fahasovana, ny foto-piorenana nomanin'Andriamanitra sy nampifanarahina tamin'ny tsanganasan'ny Fanahy.

II . Ny Lalàna taloha

- 62 1961. Andriamanitra, ilay Mpahary antsika sy Mpanavotra antsika, dia nifidy an'i Israely ho vahoakany sy nanambara taminy ny Lalànany, sady nanomana tamin'izany ny fahatongavan'i Kristy. Fahamarinana maro takatry ny saina amin'izao fotsiny no nasehon'ny Lalànan'i Môizy. Tao anatin'ny fanekem-Pamonjena no nanambaràna sy nanamarinana azy ireny.
- 2058 1962. Ny Lalàna taloha no toetra voalohany ny lalàna nambara. Voafintina ao amin'ny didy folo ireo baikony ara-môraly. Ireo baikon'ny Didy folo no mametraka ny fototra ny fiantsoana ny olombelona, natao mitovy endrika amin'Andriamanitra ; mandrara izay mifanohitra amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana izy ireo, ary mandidy izay takin'io fitiavana io. Ny Didy folo no fahazavana nomena ny kônsiansin'ny olombelona rehetra, mba hampiseho aminy ny antso sy ny lalan'Andriamanitra, sy hiaro azy amin'ny ratsy.

¹ Md Augustin, conf. 2,4,9.

² jer. Kôns. Vatikana I : DS 3005 ; Pie XII, enc. "Humani generis" : DS 3876.

Izay tsy voavakin'ny olombelona ao am-pon'izy ireo no nosoratan' Andriamanitra tamin'ny takelaky ny Lalàna¹.

1963. Araka ny lovam-panahy kristianina, ny Lalàna masina², ara-panahy³ sy tsara⁴ dia tsy mbola lavorary. Toy ny mpanabe ny lalàna⁵, izay mampiseho ny tsy maintsy hatao, fa tsy manome avy amin'ny tenany ny hery sy ny fahasoavan'ny Fanahy Masina mba hanatanterahana azy. Noho ny fahotana izay tsy azony esorina, dia mijanona ho lalàm-panandevozana izy. Araka an'i Md Paoly, ny miampanga sy ny *mampibaribary ny fahotana* izay mamorona ny "lalànan'ny fanirian-dratsin'ny nofo"⁶ ao am-pon'ny olombelona, no tena anjara asany. Kanefa, mijanona ho dingana voalohany amin'ny lalan'ny Fanjakan'Andriamanitra ny Lalàna. Manomana sy mandamina ny vahoaka voafidy sy ny kristianina tsirairay izy, ho amin'ny fibebahana sy ho amin'ny finoana an'Andriamanitra Mpamonjy. Mampahazo ny fampianarana izay maharitra mandrakizay izy, tahaka ny Tenin'Andriamanitra. 1610 2542 2515

1964. *Fanomanana ny Evanjely* ny Lalàna taloha. "Faminaniana sy fampianarana ny zava-misy hoavy ny Lalàna"⁷. Maminany sy manambara mialoha ny tsanganasam-panafahana amin'ny fahotana izy, izay hotanteraka amin'ny alalan'i Kristy ; manome ao amin'ny Testamenta Vaovao ny sary, ny "tandindona", ny fanehoana an'ohatra izy, mba hanehoana ny fiainana araka ny Fanahy. Farany, mihafeno ny Lalàna amin'ny alalan'ny fampianaran'ireo boky momba ny fahendrena sy ny mpaminany izay mitari-dalana azy mankamin'ny Fanekem-pihavanana Vaovao sy ny Fanjakan'ny lanitra. 122

Nisy (...), faha-fitondran'ny Fanekem-pihavanana Taloha, olona izay nanana ny fitiavana sy ny fahasoavan'ny Fanahy Masina, ary naniry indrindra ny fampanantenana ara-panahy sy mandrakizay, ka tamin' izany no nifandraisan'izy ireo tamin'ny Lalàna vaovao. Mifamadika amin'izany, faha-Fanekem-pihavanana Vaovao, misy ny olona ara-nofy, mbola lavitry ny fahalavorarian'ny Lalàna vaovao : mba handrisihana azy ireo amin'ny tsanganasa feno hatsaram-panahy, dia nilaina ny fahatahorana ny sazy mafy sy ny fampanantenana ara-nofy sasany, hatramin'ny faha-Fanekem-pihavanana Vaovao. Na izany na tsy izany, na nandidy ny fitiavana aza ny Lalàna taloha, tsy nanome ny Fanahy Masina izy, izay amin'ny alalany "no androtsahana ny fitiavana ao am-pontsika" (Rôm 5,5)⁸. 1828

¹ Md Augustin, Psal. 57,1.

² jer. Rôm 7,12.

³ jer. Rôm 7,14.

⁴ jer. Rôm 7,16.

⁵ jer. Gal 3,24.

⁶ jer. Rôm 7.

⁷ Md Irénée, haer. 4,15,1.

⁸ Md Thomas d'A., s.th. 1-2, 107,1,ad 2.

III. Ny Lalàna vaovao na Lalànan'ny Evanjely

1965. Ny Lalàna vaovao na Lalànan'ny Evanjely no fahalavorariana ety an-tany
459 ny Lalànan'Andriamanitra, voa-Janahary sy nambara. Tsanganasan'i Kristy
581 sy voambara manokana tamin'ny toriteny teo an-Tendrombohitra izy.
Tsanganasan'ny Fanahy Masina koa izy, ary, amin'ny alalany, manjary
lalàna anaty mifehy ny fitiavana izy : “Hanao fanekem-pihavanana vaovao
amin'ny fianakavian'i Israely Aho (...). Halatsako ao an-tsain'izy ireo ny
715 lalàko, hosoratako ao am-pon'izy ireo ireny, ka ho Andriamanitr'izy ireo
Aho, ary ho vahoakako izy ireo” (Heb 8.8.10)¹.

1966. Ny Lalàna vaovao no *fahasoavan'ny Fanahy Masina* noraisin'ny mpino
1999 tamin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy. Miasa amin'ny alalan'ny fitiavana
ny Lalàna vaovao ; mampiasa ny toritenin'ny Tompo izy mba
hampianarana antsika izay tsy maintsy hatao, sy mampiasa ireo sakramenta
mba hampita amintsika ny fahasoavana hanaovana izany :

Ilay izay te-handinika amim-pitiavam-bavaka sy amim-pahiratan-tsaina ny
toriteny izay nambaran'ny Tompotsika teo an-tendrombohitra, tahaka ny
amakantsika izany ao amin'ny Evanjelin'i Md Matio, no hahita ao, tsy
misy isalasalana na kely aza, ny lalàna fototra lavorary amin'ny fiainana
kristianina. (...) Io toriteny io no mirakitra ny fitsipika rehetra sahaza
itantanana ny fiainana kristianina².

1967. Ny Lalànan'ny Evanjely no “manatanteraka”³, manadio, mihoatra ary
577 mitondra ho amin'ny fahalavorariany ny Lalàna taloha. Ao amin'ireo
hasambarana no *tanterahiny ireo fampanantenan'Andriamanitra*, amin'ny
fanandratana an'ireo sy amin'ny fandrindrana an'ireo amin'ny
“Fanjakan'ny lanitra”. Avantany amin'ireo izay vonon-kandray amim-
pinoana io fanantenana vaovao io : ny mahantra, ny manetry tena, ny
mitomany, ny madio fo, ny enjehina noho ny amin'i Kristy, amin'ny
fanoritana araka izany ny lalana mahagaga mankany amin'ny Fanjakan'ny
lanitra.

1968. Ny Lalànan'ny Evanjely no *manatanteraka ny baikon'ny Lalàna*. Ny
toritenin'ny Tompo, lavitra ny hanafoana na hanamaivan-danja ny fitsipika
129 ara-môraly avy amin'ny Lalàna taloha, no mamoaka avy amin'izany ny
fisiana an'eritreritra mifafina sy mampitranga avy amin'izany ny zava-
baovao takina : ny toritenin'ny Tompo no mampiseho amin'izany ny
fahamarinana manontolo avy amin'Andriamanitra sy avy amin'ny
olombelona. Tsy manampy didy ety ivelan'ny vaovao izy, fa mandeha

¹ jer. Jer 31,31-34.

² Md Augustin, serm. Dom. 1,1,1.

³ jer. Mt 5,17-19.

hatramin'ny fanavaozana ny fototry ny asa, izany hoe ny fo, izay ao ny 582
olombelona no mifidy ny madio na ny tsy madio¹, izay ao no ipoiran'ny
finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, sy, miaraka amin'ireo, ny herim-
panahy hafa. Tahaka izany no itondran'ny Evanjely ny Lalàna ho amin'ny
hafenoany amin'ny alalan'ny fakana tahaka ny fahalavorarian'ny Ray any
an-danitra², amin'ny alalan'ny famelana ny hadisoan'ny fahavalo sy ny
fivavahana ho an'ireo mpanenjika, sahala amin'ny fahalalam-pon'
Andriamanitra³.

1969. *Manao asam-pivavahana* ny Lalàna vaovao : ny fiantrana, ny fivavahana
ary ny fifadian-kanina, amin'ny fandrindrana an'ireo amin'ny “Ray izay 1434
mahita ao amin'ny miafina”, mifanohitra amin'ny faniriana “ho hitan'ny
olona”⁴. Ny “Rainay” no fivavahany⁵.

1970. Ny Lalàn'ny Evanjely dia misy safidy hentitra eo amin'ny “lalana roa”⁶ sy
ny fampiharana ny tenin'ny Tompo⁷ ; fintininy amin'ny *fitsipika volamena* 1696,1789
izany : “Koa amin'izany, izay rehetra tianareo hataon'ny olona aminareo,
dia mba ataovy amin'ny olona koa toraka izany, fa izany no Lalàna sy
Mpaminany” (Mt 7,12)⁸.

Ny “*didy vaovao*” an'i Jesoa⁹ no ifaharan'ny Lalàn'ny Evanjely manontolo, dia ny 1823
ifankatiavantsika tahaka ny itiavany antsika¹⁰.

1971. Mety ny mampifandray ny *katesezy môraly ao amin'ny fampianaran'ny*
apôstôly, tahaka ny ao amin'ny Rôm 12-15; 1 Kôr 12-13; Kôl 3-4; Efez 4-
6; sns., amin'ny toritenin'ny Tompo. Izany fitambaram-pampianarana izany
no mampita ny fampianaran'ny Tompo miaraka amin'ny fahefan'ny
apôstôly, indrindra amin'ny alalan'ny fanehoana ny hatsaram-panahy izay
avy amin'ny finoana an'i Kristy sy entanin'ny fitiavana, ilay fanomezana
voalohany indrindra avy amin'ny Fanahy Masina. “Aoka tsy asiana
fihatsarambelatsihy ny fitiavanareo namana. (...) Aoka ny fitiavan'ny
mpiray tam-po no hamatotra anareo amin'ny fitiavana (...) omban'ny
hafaliana amin'ny fanantenana, fiaretana amin'ny fahoriana, fitozoana
amin'ny fivavahana, fanampiana ny olomasina araka izay ilaina,
fahazotoana mampiantrano vahiny” (Rôm 12,9-13). Izany katesezy izany

¹ jer. Mt 15,18-19.

² jer. Mt 5,48.

³ jer. Mt 5,44.

⁴ jer. Mt 6,1-6.16-18.

⁵ Mt 6,9-13.

⁶ jer. Mt 7,13-14.

⁷ jer. Mt 7,21-27.

⁸ jer. Lk 6,31.

⁹ jer. Jo 13,34.

¹⁰ jer Jo 15,12.

1789 no mampianatra antsika koa handinika ny adin-tsaina amin'ny fahazavan'ny fifandraisantsika amin'i Kristy sy amin'ny Fiangonana¹.

1972.Ny Lalàna vaovao dia antsoina hoe *lalàm-pitiavana*, satria izy no mampiasa amin'ny alalan'ny fitiavana izay arotsaky ny Fanahy Masina fa tsy amin'ny alalan'ny tahotra ; *lalàm-pahasoavana*, satria izy no manome ny herin'ny fahasoavana mba hiasana amin'ny alalan'ny finoana sy ny sakramenta ; *lalàm-pahafahana*², satria izy no manafaka antsika amin'ny fitandremana ara-pombam-pivavahana sy ara-pitsaràn'ny Lalàna taloha, mampirona antsika hiasa an-tsitrapo amin'ny tosi-kerim-pamporisikin'ny fitiavana, ary farany mampita antsika amin'ny toetran'ny mpanompo “izay tsy mahalala ny ataon'ny Tompony”, ho amin'ny toetran'ny sakaizan'i Kristy, “satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko, dia efa nambarako taminareo” (Jo 15,15), hoy izy, na koa ho amin'ny toetran'ny zanaka mpandova³.

1973.Ankoatra ireo didy amin'ny Lalàna vaovao, dia misy koa ireo *torohevitra ny Evanjely* avy aminy. Ny fanavahan'ny lovam-pampianarana ireo didin'ny Andriamanitra amin'ireo torohevitra ny Evanjely, dia miorina amin'ny fitiavana, izay fahalavorarian'ny fiainana kristianina. Ireo didy dia natokana hanesorana izay tsy mifanaraka amin'ny fitiavana. Ireo torohevitra ny Evanjely kosa dia mikendry ny hanala izay mety mahatonga ny sakana amin'ny fivelaran'ny fitiavana, na dia tsy mifanohitra aminy aza⁴.

1974.Ireo torohevitra ny Evanjely dia maneho ny fahatanterahana amin-kery ny fitiavana tsy mety afa-po na oviana na oviana raha tsy mahafofy bebe kokoa lalandava. Izy ireo no manamarina ny ezaka ataony sy mitarika ho amin'ny faharisihan'ny fanahintsika. Ny fahalavorarian'ny Lalàna vaovao dia mifototra indrindra amin'ny didim-pitiavana an'Andriamanitra sy ny namana. Ireo torohevitra ny Evanjely kosa no manoro ireo lalana mivantana kokoa sy ireo fomba moramora kokoa hiainana ny didim-pitiavana, sy mampiasa an'ireo araka ny antson'ny tsirairay :

[Andriamanitra] tsy mitady ny hitandreman'ny tsirairay ny torohevitra rehetra an'ny Evanjely, fa ireo izay hany sahaza ny faha-samy hafa ny olona, ny fotoana, ny toe-java-miseho ary ny hery, tahaka izany koa izay takin'ny fitiavana ; satria, noho ny fitiavana izay mpanjakavavin'ny hatsaram-panahy rehetra, ny didy rehetra, ny torohevitra rehetra, ary raha atao bango tokana ny lalàna rehetra sy ny asa kristianina rehetra, dia izy no

¹ jer. Rôm 14 ; 1 Kôr 5-10.

² jer. Jak. 1,25 ; 2,12.

³ jer. Gal 4,1-7.21-31 ; Rôm 8,15-17.

⁴ jer. Md Thomas d'A., s. th., 2-2 ; 184,3.

manome ireo ho an'ny olona rehetra na lehilahy na vehivavy, ny laharana, ny filaminana, ny fotoana ary ny hasarobidy¹.

FAMINTINANA

1975. *Araka ny Soratra Masina, ny Lalàna no fampianaran'ny maha-ray an' Andriamanitra izay mandidy ny olombelona hanaraka ny lalana mitondra amin'ny hasambarana nampanantenaina sy mandrara tsy hizotra amin'ny lalan'ny faharatsiana.*

1976. *“Ny lalàna no fandaminan'ny saina ho amin'ny soa iombonana, avoakan' ilay izay miadidy fikambanana”².*

1977. *I Kristy no anton'ny lalàna³, Izy irery no mampianatra sy manome ny fahamarinan'Andriamanitra.*

1978. *Ny lalàna voa-Janahary dia fandraisan'ny olombelona anjara amin'ny fahendrena sy ny hatsaram-pon'Andriamanitra, noho izy natao mitovy endrika amin'ilay Mpahary azy. Ny lalàna voa-Janahary no maneho ny fahamendrehan'ny olombelona, ary manorina ny fototry ny zony sy ny adidiny lehibe indrindra.*

1979. *Tsy miovaova ny lalàna voa-Janahary, ary maharitra eny ampamakivakiana ny tantara. Mijanona ho manan-kery amin'ny maha-fitsipika azy, ireo fitsipika izay mampiseho ny lalàna voa-Janahary. Fototra ilaina amin'ny fanorenana ny fitsipika ara-môraly sy ny lalàm-panjakana ny lalàna voa-Janahary.*

1980. *Ny Lalàna taloha no toetra voalohany ny lalàna nambara. Voafintina ao amin'ny didy folo ny baikony ara-môraly.*

1981. *Mirakitra fahamarinana maro takatry ny saina amin'izao fotsiny ny Lalànan'i Môizy. Nambaran'Andriamanitra izy ireny satria tsy voavakin' ny olombelona ao am-pony.*

1982. *Fanomanana ny Vaovao Mahafaly ny Lalàna taloha.*

1983. *Ny Lalàna vaovao no fahasoavan'ny Fanahy Masina noraisina tamin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy, tanterahina amin'ny alalan'ny fitiavana. Amin'ny toritenin'ny Tompo teo an-Tendrombohitra no isehoany manokana, ary ireo sakramenta no ampiasainy mba hampitana amintsika ny fahasoavana.*

¹ Md François de Sales, amour 8,6.

² jer. Md Thomas d' A., s.th. 1-2, 90,4.

³ jer. Rôm 10,4.

1984. *Ny Lalàn'ny Evanjely no manatanteraka, mihoatra ary mitondra ho amin'ny fahalavorariany ny Lalàna taloha : ireo fampanantenany amin'ny alalan'ireo hasambaran'ny Fanjakan'ny lanitra, ireo didiny amin'ny fanavaozana ny fototry ny asa, dia ny fo izany.*

1985. *Ny Lalàna vaovao dia lalàm-pitiavana, lalàm-pahasoavana, lalàm-pahafahana.*

1986. *Ankoatra ireo didy amin'ny Lalàna vaovao, dia misy koa ireo torohevitra ny Evanjely avy aminy. “Ny fahamasinan'ny Fiangonana dia voatsimbina indrindra amin'ny alalan'ireo torohevitra maro be izay natolotry ny Tompo ao amin'ny Evanjely mba hotandreman'ny mpianany”¹.*

ANDALANA 2

Fahasoavana sy fanamarinana

I. Ny fanamarinana

734 1987. Manana fahefana hanamarina antsika ny fahasoavan'ny Fanahy Masina, izany hoe mandio antsika noho ny fahotantsika sy mampita amintsika “ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa-Kristy” (Rôm 3,22) sy amin'ny alalan'ny Batemy² :

Raha miara-maty amin'i Kristy isika, dia mino fa hiara-belona Aminy koa ; sady fantatsika fa i Kristy rahefa nitsangana velona avy amin'ny maty, dia tsy maty intsony, tsy manan-kery Aminy intsony ny fahafatesana. Satria ny fahafatesany moa dia fahafatesana indray maka ny amin'ny fahotana, fa ny fahavelomany kosa, dia fahavelomana ho an'Andriamanitra. Ary ianareo koa, aoka ho toy ny efa maty ny amin'ny fahotana, fa velona kosa ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa (Rôm 6,8-11).

654 1988. Noho ny herin'ny Fanahy Masina, dia sady mandray anjara amin'ny fijalian'i Kristy isika maty amin'ny fahotana, no mandray anjara koa amin'ny Fitsanganany ho velona ka ateraka amin'ny fiainam-baovao ; sady rantsambatan'i Kristy isika ao amin'ny Fiangonana Vatany³, no sampam-boaloboka vita grefy amin'ny Tenany Voaloboka⁴ :

¹ FF 42.

² jer. Rôm 6,3-4.

³ jer. 1 Kôr 12.

⁴ jer. Jo 15,1-4.

Amin'ny alalan'ny Fanahy no ananantsika anjara amin' Andriamanitra. 460
Ary amin'ny alalan'ny fandraisana anjaran'ny Fanahy, no manjary
mpandray anjara amin'ny fomba aman-toetran'Andriamanitra isika (...).
Noho izany, ireo izay onenan'ny Fanahy dia voasandratra ho
Andriamanitra¹.

1989.Ny tsanganasa voalohany amin'ny fahasoavan'ny Fanahy Masina dia ny 1427
fibebahana, izay mahatonga fanamarinana araka ny nolazain'i Jesoa
amin'ny fiantombohan'ny Evanjely hoe : “Mibebaha ianareo, fa akaiky
tokoa ny Fanjakan'ny lanitra” (Mt 4,17). Ny fanentanana'ny fahasoavana no
mampiverina ny olombelona amin'Andriamanitra, sy mampiala azy amin'
ny fahotana, sady koa andraisany ny famelan-keloka sy ny fanamarinana
avy any ambony. “Noho izany, ny fanamarinana dia mirakitra famelana ny
fahotana, fanamasinana ary fanavaozana ny olona anaty”².

1990.Ny fanamarinana no *manala ny olona amin'ny fatotry ny fahotana* izay 1446
fitsipahana ny fitiavan'Andriamanitra, sy mandio ny fony amin'izany.
Tanteraka ny fanamarinana, aorian'ny fahazoana ny famindram-pon'
Andriamanitra izay anomezana ny famelan-keloka. Izy no mampihavana ny 1733
olona amin'Andriamanitra. Izy no manafaka amin'ny fanandevozan'ny
fahotana sy manasitrana izany.

1991.Ny fanamarinana koa no *fandraisana ny fahamarinan'Andriamanitra*
amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa-Kristy. Ny hoe fahamarinana eto
izany, dia ilazana ny fahitsian'ny fitiavan'Andriamanitra. Miraka amin'ny
fanamarinana, dia voarotsaka ao am-pontsika ny finoana sy ny fanantenana 1812
ary ny fitiavana, ary nomena antsika ny fanekena ny sitrapon'
Andriamanitra.

1992.Ny fanamarinana no nahatonga antsika ho *mendri-balisoa tamin'ny*
alalan'ny fijalian'i Kristy izay nanolo-tena teo amin'ny Hazofijaliana ho 617
sorona velona, masina sy ankasitranan'Andriamanitra, izay nampanjary ny
ra ho fitaovam-piarovan'Andriamanitra amin'ny fahotan'ny olombelona
rehetra. Tamin'ny Batemy, sakramentan'ny finoana, no nanomezana ny 1266
fanamarinana. Mampitovy antsika amin'ny fahamarinan'Andriamanitra
izay mahatonga antsika ho marina ao anaty noho ny herin'ny famindram-
pony ny fanamarinana. Ny Voninahitr' Andriamanitra sy Kristy, sy ny
fanomezana ny fiainana mandrakizay no zavatra kendreny³ : 294

Ankehitriny, tsy amin'ny Lalàna, dia naseho ny fahamarinana avy
amin'Andriamanitra, izay nambaran'ny Lalàna sy ny Mpaminany, dia
fahamarinana avy amin'Andriamanitra noho ny finoana an'i Jesoa-Kristy,

¹ Md Athanase, ep. Serap. 1,24.

² Kôns. Trente : DS 1528.

³ jer. Kôns. Trente : DS 1529.

natao ho an'izay rehetra mino, - satria tsy misy avaka, fa samy nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitr' Andriamanitra - fa hamarininy maimaim-poana amin'ny fahasoavany izy ireo, noho ny fanavotana izay tanteraka ao amin'i Kristy Jesoa : Izy no natsangan' Andriamanitra ampahibemaso ho sorom-pifonana amin'ny rany noho ny finoana ; sitrany ny mampiharihary ny fahamarinany, noho Izy tsy dia nanameloka loatra ny fahotana fahiny tamin'ny andron'ny fandeferany ; sitrany ny mampiharihary ny fahamarinany amin'ny andro ankehitriny, mba ho hita ho marina sady manamarina ilay izay manam-pinoana an'i Jesoa (Rôm 3,21-26).

2008 1993. Ny fanamarinana dia manorina ny *fiaraha-miasan'ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fahafahan'ny olombelona*. Miseho eo amin'ny olona ny fanamarinana, rahefa mankato ny finoana amin'ny Tenin'Andriamanitra izay mitaona azy hibebaka izy, sy rahefa miara-miasa amim-pifankatiavana eo ambany tosi-kerim-pamporisikin'ny Fanahy Masina izay mampahalala azy mialoha sy miaro azy :

2068 Rahefa manohina ny fon'ny olombelona amin'ny alalan'ny fitsilovan' ny Fanahy Masina Andriamanitra, dia tsy hoe tsy mahazo manao na inona na inona izy amin'ny fandraisana io fitsilovan-tsaina io, fa azony atao koa ny manary izany ; saingy tsy azony atao kosa ny manao izay tiany atao amin'ny fahamarinana eo anatrehan'Andriamanitra, raha tsy omban'ny fahasoavany¹.

312 1994.Ny fanamarinana no *tsanganasa tsara indrindra amin'ny fitiavan' Andriamanitra* naharihary tao amin'i Kristy Jesoa sy nomena tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Heverin'i Md Augustin fa “ny fanamarinana ny olona ratsy fanahy mpankahala fivavahana no tsanganasa lehibe kokoa noho ny fahariana ny lanitra sy ny tany”, satria “hihelina ihany ny lanitra sy ny tany fa haharitra kosa ny famonjena sy ny fanamarinana ny olom-pinidy”². Heveriny koa aza fa ny fanamarinana ny mpanota no mahery kokoa noho ny fahariana ny anjely ho amin'ny fahamarinana, satria ny fanamarinana ny mpanota dia manaporofa famindram-po faran'izay lehibe.

741 1995.Ny Fanahy Masina no mpampianatra ao anatin'ny olona. Rahefa aterany ho “olona anaty” (Rôm 7,22 ; Efez 3,16) kosa ny olona, dia ny fanamarinana no *mahatonga ho masina* ny maha-olona manontolo :

Raha nanolotra ny rantsambatanareo ho mpanompon'ny fahalotoana sy ny tsy fanarahan-dalàna ianareo fahiny, ka naharatsy ny toetranareo, dia atolory toy izany koa izy ireo ankehitriny ho mpanompon'ny fahamarinana mba hahamasin-toetra anareo. (...) Ary ankehitriny, rahefa afaka tamin'ny fahotana ianareo, ka tonga mpanompon'Andriamanitra, dia

¹ jer. Kôns. Trente : DS 1525.

² Md Augustin in Ev. Jo 72,3.

ny fahasinanana no vokatra azonareo, ary ny fiainana mandrakizay any amin'ny farany (Rôm 6,19.22).

II. Ny fahasoavana

1996. Avy amin'ny fahasoavan'Andriamanitra ny fanamarinana antsika. Ny fahasoavana no *tombon-tsoa sy vonjy maimaim-poana* izay omen' Andriamanitra antsika mba hamaliana ny antsony : manjary zanak' Andriamanitra¹, zanaka natsangana², mpandray anjara amin'ny fomba aman-toetran'Andriamanitra³, amin'ny fiainana mandrakizay⁴. 153
1997. Ny fahasoavana dia *fiombonana anjara amin'ny fiainan' Andriamanitra*, izy no mampiditra antsika ao anatin'ny fiainam-pifankatiavan'ny Trinite Masina : amin'ny Batemy no andraisan'ny kristianina anjara amin'ny fahasoavan'i Kristy, Lohan'ny Vatany. Amin'ny maha-“zanaka natsangana” ny kristianina, dia azony atao amin'izay ny miantso an' Andriamanitra hoe “Ray”, amin'ny fiombonany amin'ny Zanaka Lahitokana. Ny ain'ny Fanahy izay mitsoka rivo-pitiavana ao aminy sy manabe ny Fiangonana no raisiny. 375,260
1998. Ilay fiantsoana ho amin'ny fiainana mandrakizay dia *mihoatra ny natoraly*. Miankina manontolo amin'ny fanomezana maimaim-poana ataon'Andriamanitra mialoha izany, satria Izy irery no afaka manambara tena sy manolo-tena ny Tenany ihany. Mihoatra ny herim-pahaizan'ny sain'olombelona sy ny herin'ny sitrapony izany, toy ny an'ny zavaboary rehetra⁵. 1719
1999. Ny fahasoavan'i Kristy no fanomezana maimaim-poana izay atolotr' Andriamanitra antsika avy amin'ny fiainany, ary arotsaky ny Fanahy Masina ao amin'ny fanahintsika, mba hanasitrana azy amin'ny fahotana sy hanamasina azy : Izany no hoe *fahasoavana mahamasina* na *fahasoavana manandraatra ho Andriamanitra*, noraisina tamin'ny Batemy. Izany no loharanon'ny tsanganasam-panamasinana ao amintsika⁶ : 1966

Noho izany, na iza na iza ao amin'i Kristy, dia zavaboary vaovao izy; lasa ny zavatra taloha, fa indro zavatra vaovao no eo. Ary izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra izay nampihavana antsika Aminy indray tamin'ny alalan'i Kristy (2 Kôr 5,17-18).

¹ jer. Jo 1,12-18.

² jer. Rôm 8,14-17.

³ jer. 2 Pi 1,3-4.

⁴ jer. Jo 17,3.

⁵ jer. 1 Kôr 2,7-9.

⁶ jer. Jo 4,14 ; 7,38-39.

2000. Ny fahasoavana mahamasina dia fanomezana maharitra, toe-panahy mahazatra tsy miovaova sy mihoatra ny natoraly mandavorary ny fanahy tokoa mba hahatonga azy ho afaka miaina miaraka amin'Andriamanitra, sy hanao asa amam-pitondran-tena amin'ny alalan'ny fitiavany. Havahana eto ny *fahasoavana mampaharitra amin'ny hatsaran-toetra*, izay fironan'ny fanahy tsy tapaka ny mivelona sy miasa araka ny antson'Andriamanitra, sy ireo *fahasoavana mitahy* izay manondro ny firotsahan'Andriamanitra antsehatra na amin'ny fiandohan'ny fibebahana izany na mandritra ny tsanganasa fanamasinana.

490 2001. Ny *fanomanana ny olona* handray ny fahasoavana dia efa tsanganasan'ny fahasoavana. Ilaina izany mba handrisihana sy hanohanana ny fiarahantsika miasa amin'ny fanamarinana amin'ny alalan'ny finoana sy ny fiarahantsika miasa amin'ny fanamasinana amin'ny alalan'ny fitiavana. Tontosain'Andriamanitra ao amintsika izay natombony, “satria Izy no manomboka ny asa izay mahatonga antsika hikasa, ary Izy no manatontosa, amin'ny fiarahany miasa amintsika, ny finivantsika efa nibekaka”¹ :

Marina fa miasa koa isika, nefa isika tsy manao afa-tsy ny miasa miaraka amin'Andriamanitra izay manao ny asa. Satria ny famindram-pony no mialoha antsika mba ho sitrana isika, ary mbola manaraka ato afarantsika izany mba hamelombelon'aina antsika, raha vao sitrana isika; ny famindram-pony no mialoha antsika mba ho voantso isika, ary mbola manaraka ato afarantsika izany, mba homem-boninahitra isika ; ny famindram-pony no mialoha antsika mba hivelona araka ny fitiavam-bavaka isika, ary mbola manaraka ato afarantsika izany, mba hahavelona antsika mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra, satria raha tsy misy Azy tsy mahefa na inona na inona isika².

1742 2002. Ny fialohavan'Andriamanitra manao ny asa amin-kalalahana dia mitaky *valiny amin-kalalahana avy amin'ny olombelona*, satria tamin'ny naharian'Andriamanitra ny olombelona hitovy endrika Aminy no nanomezany azy, miaraka amin'ny fahafahana, ny fahazoana mahalala Azy sy mitia Azy. Koa, tsy ho tafiditra ao amin'ny fiombonam-pitiavana ny fanahy, raha tsy amin-kalalahana ihany. Fa Andriamanitra kosa no manohina eo no eo avy hatrany sy manetsika mivantana ny fon'ny olombelona. Napetrany ao amin'ny olombelona ny faniriana ny marina sy ny tsara izay Izy irery no afaka mahaampoka izany. Ny fampanantenana ny “fiainana mandrakizay” no mamaly, mihoatra ny fanantenana rehetra, an'io faniriana io :

Nony vita ny tsanganasanao tsara indrindra (...), ka nitsahatra Ianao tamin'ny andro fahafito, dia ny mba hilazana aminay mialoha amin'ny alalan'ny feon'ny bokinao, fa amin'ny fiafaran'ny tsanganasanay “izay

¹ Md Augustin, grat. 17,33.

² Md Augustin, nat. et grat. 31,35.

tsara indrindra”, izay Ianao ihany no nanome anay izany, dia hitsahatra ao Aminao koa izahay amin’ny sabatan’ny fiainana mandrakizay¹.

2550

2003. Ny fahasoavana no voalohany sy ambonin’ny rehetra amin’ny fanomezan’ny Fanahy izay manamarina antsika sy manamasina antsika. Kanefa ny fahasoavana koa no misy ny fanomezana izay omen’ny Fanahy ho antsika mba handraisantsika anjara amin’ny tsanganasany, mba hahatonga antsika ho afaka miara-miasa amin’ny famonjena ny hafa sy amin’ny fitomboan’ny Vatan’i Kristy, dia ny Fiangonana izany. Ireo no *fahasoavana aratsakramenta*, fanomezana manokana amin’ny sakramenta samy hafa. Ireo koa, ankoatra izany, no *fahasoavana manokana* antsoina koa hoe *fanomezam-pahasoavana* araka ny teny grika nampiasain’i Md Paoly, izay midika hoe fanambinana, fanomezana maimaim-poana, tombon-tsoa². Ny fanomezam-pahasoavana, na manahoana na manahoana ny toetran’izy ireny, indraindray mampitolagaga, tahaka ny fanomezana hanao zavamahagaga na hiteny amin’ny fiteny tsy fantatra, dia nalahatra ho amin’ny fahasoavana mahamasina, ary mikendry ny soa iombonan’ny Fiangonana. Natao ho amin’ny asa fitiava-namana izay mandrafitra ny Fiangonana izy ireny³.

1108

1127

799-801

2004. Amin’ireo fahasoavana manokana, dia tsara ny mampahalala fa anisany ireo *fahasoavana mitahy* izay manampy amin’ny fanaovana ny adidy aman’andraikitra amin’ny fiainana kristianina sy ny andraiki-panompoana eo anivon’ny Fiangonana :

Samy manana ny anjara fanomezana isika, araka ny fahasoavana nomena antsika, ka raha fanomezana haminany izany, ampiasao araka ny finoantsika izany ; raha fanomezana hanompo, dia aoka hanompo ; ny mpampianatra, aoka hampianatra ; ny mpananatra, aoka hananatra. Izay mizara, aoka izy hanao izany amim-pahatsorana ; izay mitondra, aoka izy hanao izany amim-pahazotoana ; izay manao asa fiantrana, aoka izy hanao izany amin-kafaliana. (Rôm 12,6-8).

2005. Ny fahasoavana, noho izy mihoatra ny natoraly, dia *tsy mety ho takatry ny fahalalantsika azo tamim-pahazarana*, sy tsy mety ho fantatra raha tsy amin’ny finoana. Noho izany, tsy azontsika atao ny manamarim-pototra amin’ny fihetseham-pontsika na amin’ny tsanganasantsika, mba hamoahana fehin-kevitra amin’izany fa voamarina sy voavonjy isika⁴. Kanefa, araka ny tenin’ny Tompo hoe : “Ny voany no hahafantaranareo azy” (Mt 7,20), ny fiheverana ny soa avy amin’Andriamanitra, eo amin’ny fiainantsika sy eo amin’ny fiainan’ireo olomasina, no manome antoka antsika fa ny

¹ Md Augustin, conf. 13, 36. 38.

² jer. FF 12.

³ jer. 1 Kôr 12.

⁴ jer. Kôns. Trente : DS 1533-1534.

fahasoavana dia miasa ao amintsika sy mandrisika antsika ho amin'ny finoana lehibebe kokoa hatrany sy amin'ny fihetsika maneho fahantrana feno fitokiana.

Ahitana ny iray amin'ireo malaza tsara tokoa amin'io fihetsika io ny valintenin'i Mb Jeanne d'Arc tamin'ny fanontaniana fandrika napetraky ny mpitsaràn'ny Fiangonana azy : "Nanontaniana izy, raha toa ka fantany fa ao anatin'ny fahasoavan'Andriamanitra izy ; dia novaliany hoe : "Raha tsy ao anatin'ny aho, dia ho ankasitrahan' Andriamanitra ny hametraka ahy ao ; raha ao anatin'ny aho, dia ho ankasitrahan'Andriamanitra ny hitahiry ahy ao""¹.

III . Ny mahamendri-balisoa

Omeme-boninahitra Ianao ao amin'ny fiangonan'ny Olomasina : rahefa mametraka ny satro-boninahitry ny mahamendri-balisoa azy ireo Ianao, dia mametraka ny satro-boninahitry ny fanomezanao manokana koa².

1723 2006.Ny teny hoe "mahamendri-balisoa", dia ilazana, amin'ny ankapobeny, ny
*karama tsy maintsy aloan'*ny ankohonana na ny fikambanana amin'ny asa nataon'ny iray amin'ireo mpikambana ao aminy, asa izay tsapa ho soa natao na ratsy natao, mendri-balisoa na mendri-tsazy. Ny mahamendri-balisoa dia iandraiketan'ny herim-panahy fahamarinana araka ny fototry ny fitovian-jo izay mitantana azy.

42 2007.Eo anatrehan'Andriamanitra, raha jerena amin'ny hevitra hentitra momba ny zo, dia tsy misy ny mahamendri-balisoa ny olombelona. Satria, tsy misy fetra ny tsy fitovian-jo eo Aminy sy amintsika, sady avy Aminy, ilay Mpahary antsika, no andraisantsika ny zavatra rehetra.

306 155,970 2008.Ny mahamendri-balisoa ny olombelona eo akaikin'Andriamanitra amin'ny fiainana kristianina, dia avy amin'izay *nomanin' Andriamanitra tamin-kalalahana hampandray anjara ny olombelona amin'ny tsanganasan'ny fahasoavany*. Koa ny asa voalohany amin'izany, dia ny asan'ny maha-Ray an'Andriamanitra amin'ny herim-pahasoavany, izay vao ny faharoa, dia ny asa amam-pihetsika ataon'ny olombelona amin-kalalahana amin'ny fiarahana miasa Aminy ; araka izany, ny fahasoavan' Andriamanitra aloha no tsy maintsy heverina fa mendri-balisoa amin'ny tsanganasa tsara rehetra, izay vao ny mpino. Ankoatra izany, ny mahamendri-balisoa ny olona dia miverina amin'Izy Andriamanitra ihany, satria ny asany tsara no mahatonga, ao amin'i Kristy, ny famalifaliana sy ny vonjy avy amin'ny Fanahy Masina.

¹ Jeanne d'Arc, proc.

² MR, Prefasin'ny olomasina mitanisa ny « Docteur de la grâce » Md Augustin, Psal. 102,7.

2009. Ny fananganana ho zanaka, izay mahatonga antsika, amin'ny alalan'ny fahasoavana, ho mpanandray anjara amin'ny fomba aman-toetran' Andriamanitra, dia mety hanome antsika, araka ny fahamarinana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra, ny *tena mahamendri-balisoa tokoa*. Ao amin'izany ny zo avy amin'ny fahasoavana, ny zo feno amin'ny fitiavana, no mahatonga antsika ho “mpiray lova” amin'i Kristy sy mendrika hahazo ny “lova nampanantenaina ho amin'ny fiainana mandrakizay”¹. Ny mahamendri-balisoa amin'ny tsanganasa tsara ataontsika dia fanomezan'ny hatsaram-pon'Andriamanitra”². “Ny fahasoavana no mialoha ; ankehitriny omena izay tsy maintsy efaina. (...) Koa, ny mahamendri-balisoa dia fanomezan'Andriamanitra”³. 604

2010. Ny fialohavana manao ny asa, amin'ny raharaham-pahasoavana, dia an' Andriamanitra, ka *tsy misy olona mety ho mendri-balisoa amin'ilay fahasoavana voalohany*, izay iandohan'ny fibebahana, ny famelan-keloka ary ny fanamarinana. *Aorian'izany*, noho ny fahasoavam-pantenanan'ny Fanahy Masina sy ny fitiavana, *dia mety ho mendri-balisoa isika na ho an'ny tenantsika na ho an'ny hafa*, hahazoana ireo fahasoavana ilaina amin'ny fanamasinana antsika, amin'ny fitomboan'ny fahasoavana sy ny fitiavana, toy ny fahazoana ny fiainana mandrakizay. Ireo soa aman-karena ara-batana eto an-tany koa, toy ny fahasalamana, ny fisakaizana, dia mety ho valisoa mendrika ho azo araka ny fahendren'Andriamanitra. Ireo fahasoavana sy harena ireny no fototry ny fivavahana kristianina. Koa ny fivavahana kristianina dia miantoka ny filantsika ny fahasoavana amin'ireo asa mendri-balisoa. 1998

2011. *Ny fitiavan'i Kristy no loharano ao amintsika izay ipoiran'ny mahamendri-balisoa antsika* eo anatrehan'Andriamanitra. Ny fahasoavana, izay mampiray antsika amin'i Kristy amin'ny fitiavana mahery, no miantoka ny hatsaran'ireo asantsika ho mihoatra ny natoraly, ary avy eo, miantoka ny mahamendri-balisoa azy eo anatrehan' Andriamanitra toy ny eo anatrehan'olombelona. Nahatsiaro tena lalandava ny olomasina fa tena fahasoavana tokoa no mahamendri-balisoa azy ireo. 492

Aorian'ny sesitany eto amin'ity tany ity, dia manantena aho fa handeha hifaly Aminao any an-Tanindrazana, nefa tsy te-hanangona ny mahamendri-balisoa any an-danitra aho, fa te hiasa ho an'ny *Fitiavanao irery ihany* (...). Amin'ny faran'ity fiainana eto ity, dia hiseho eo anatrehanao mitondra tanampolo aho, satria tsy nangataka taminao aho, ry Tompo, hanisa ny tsanganasako. Misy pentina ny fahamarinanay rehetra 1460

¹ Kôns. Trente : DS 1546.

² jer. Kôns. Trente : DS 1548.

³ Md Augustin, serm. 298, 4-5.

eo imasonao. Te hitafy ny *Fahamarinanao* àry aho sy te handray avy amin'ny *Fitiavanao* ny fahazoana *Anao ihany* mandrakizay¹...

IV. Ny fahamasinana kristianina

2012. “Fa ny zavatra rehetra dia entin’Andriamanitra hahasoa izay tia Azy. (...) Satria ireo izay fantany rahateo no notendreny mialoha koa hitovy endrika amin’ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin’ny rahalahy maro izy. Ireo izay notendreny no nantsoiny koa. Ireo izay nantsoiny no nohamarininy koa. Ireo izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa” (Rôm 8,28-30).

459

2013. “Ny antso ho amin’ny hafenoam-piainana kristianina sy ho amin’ny fahalavorariam-pitiavana dia miantefa amin’izay rehetra mino an’i Kristy, na inona na inona laharana misy azy ireo sy lalam-piainana arahin’izy ireo”². Ny olona rehetra no antsoina ho amin’ny fahamasinana : “Aoka ho lavorary ianareo tahaka ny fahalavorarian’ny Rainareo any an-danitra” (Mt 5,48).

915,2545

825

Ny mpino dia tokony hampiasa ireo hery izay noraisin’izy ireo arakaraka ny fatran’ny fanomezan’i Kristy, hahazoana izany fahalavorariana izany, mba (...) ho voatokana ho amin’ny Voninahitr’ Andriamanitra sy ny fanompoana ny namana ny tenan’izy ireo sy ny fanahin’izy ireo manontolo, amin’ny fanatanterahana ny sitrapon’ny Ray, amin’ny zavatra rehetra. Amin’izany no hitombo vokatra be dia be ny fahamasinan’ny Vahoakan’Andriamanitra, toy ireo porofo mazava tsara asehon’ny tantaran’ny Fiangonana amin’ny alalan’ny fiainan’ireo olomasina be dia be³.

2014. Ny kendren’ny fandrosoam-panahy dia ny firaisana lalina bebe kokoa hatrany amin’i Kristy. Antsoina hoe “místika” io firaisana io, satria izy io no mampiombona amin’ny misterin’i Kristy amin’ny alalan’ny sakramenta – “mystery masina” –, ary, ao amin’i Kristy kosa izy no mampiombona amin’ny misterin’ny Trinite Masina. Isika rehetra no antsoin’ Andriamanitra ho amin’io firaisana lalina miaraka Aminy io, na dia natao ho an’ny sasany ihany aza ny fahasoavana manokana na ny famantarana mampitolagaga momba io fiainana mistika io, mba hanehoana ny fanomezana maimaim-poana natao ho an’ny rehetra.

774

2015. Ny lalan’ny fahalavorariana dia mandalo amin’ny Hazofijaliana. Tsy misy fahamasinana raha tsy misy fahafoizan-tena sy adim-panahy⁴. Mila famolahan-tena sy fampijalian-tena ny fandrosoam-panahy, fa izany no

407,2725

¹ Mb Therezin’i Jesoa Zazakely, offr.

² FF 40.

³ FF 40.

⁴ jer. 2 Tim 4.

mitarika tsikelikely hiaina ao anatin'ny fiadanana sy ny hafaliana araka ireo 1438
hasambarana notorin'i Jesoa :

Izay miakatra dia tsy hijanona na oviana na oviana ny hanomboka hatrany
eo amin'ny fiatombohana, amin'ny alalan'ireo fanombohana tsy manam-
piafarana. Izay misondrotra dia tsy hijanona na oviana na oviana ny
maniry izay efa fantany¹.

2016. Ireo zanaky ny Fiangonana Masina renintsika dia manantena tokoa ny 162,1821
fahasoavan'ny fitozoana hatramin'ny farany sy ny valisoa avy amin'
Andriamanitra Rain'izy ireo, noho ny asa soa nataon'izy ireo tamin'ny
alalan'ny fahasoavan'ny Ray, sy tamin'ny fiombonana amin'i Jesoa². Ny 1274
mpino, amin'ny fitandremana ny fitsipi-piainana iray ihany, dia mizara “ny
fanantenam-pahasambarana” amin'ireo izay avondron'ny famindram-pon'
Andriamanitra ao an-“Tanàna masina, dia i Jerosalema vaovao izay midina
avy any an-danitra avy amin'Andriamanitra, voahaingo toy ny vehivavy
ampakarina, voamana ho an'ny Mpampakatra azy” (Apôk 21,2).

FAMINTINANA

2017. Ny *fahasoavan'ny Fanahy Masina no manome antsika ny fahamarinan'*
Andriamanitra. Tamin'ny nampiraisan'ny Fanahy Masina antsika amin'ny
fijaliana sy ny Fitsanganan'i Kristy ho velona amin'ny alalan'ny finoana sy
ny Batemy, no nampandraisany anjara antsika amin'ny fiainan'
Andriamanitra.

2018. Ny *fanamarinana, tahaka ny fibebahana, dia manana lafin'asa roa. Noho*
ny fanentanan'ny fahasoavana, dia sady miverina amin' Andriamanitra ny
olombelona, no miala amin'ny fahotana, ary koa mandray ny famelan-
keloka sy ny fanamarinana avy any ambony.

2019. Ny *fanamarinana dia mirakitra famelana ny fahotana, fanamasinana ary*
fanavaozana ny olona anaty.

2020. *Tamin'ny alalan'ny fijalian'i Kristy no nahamendrika antsika ahazo ny*
fanamarinana. Tamin'ny Batemy no nahazoantsika azy. Mampitovy antsika
amin'ny fahamarinan'Andriamanitra izay mahatonga antsika ho marina
izy. Ny Voninahitr'Andriamanitra sy i Kristy ary ny fanomezana ny fiainana
mandrakizay no zava-kendreny. Tsanganasa tsara indrindra amin'ny
famindram-pon'Andriamanitra izy.

¹ Md Grégoire de Nysse, hom. in Cant.8.

² jer. Kôns. Trente : DS 1576.

2021. Ny fahasoavana no vonjy izay omen'Andriamanitra antsika mba hamaliana ny fiantsoana antsika ho tonga zanaka atsangany. Izy no mampiditra antsika ao anatin'ny fiainam-pifankatiavan'ny Trinite Masina.
2022. Ny fialohavana ataon'Andriamanitra amin'ny tsanganasan'ny fahasoavana dia ny mampahita, ny manamboatra ary ny mamoaka ny valin-teny amin-kalalahana ataon'ny olombelona. Ny fahasoavana no mamaly ny faniriana lalina momba ny fahafahan'ny olombelona ; izy no miantso ny fahafahan'ny olombelona hiara-miasa aminy, sy mandavorary azy.
2023. Ny fahasoavana mahamasina dia fanomezana maimaim-poana izay atolotr'Andriamanitra antsika avy amin'ny fiainany, ary arotsaky ny Fanahy Masina ao amin'ny fanahintsika, mba hanasitrana azy amin'ny fahotana sy hanamasina azy.
2024. Ny fahasoavana mahamasina no mahatonga antsika "ho ankasitrahan'Andriamanitra". Nalahatra ho isan'ny fahasoavana mahamasina koa ireo fanomezam-pahasoavana, izay fahasoavana manokana avy amin'ny Fanahy Masina, fa ny zava-kendreny kosa dia ny soa iombonan'ny Fiangonana. Miasa amin'ny alalan'ny fahasoavana mitahy maro samihafa koa Andriamanitra, izay avahana amin'ny fahasoavana mampaharitra amin'ny hatsaran-toetra, miasa lalandava ao amintsika.
2025. Tsy misy ny mahamendri-balisoa antsika eo anatrehan'Andriamanitra raha tsy araka ny fandaharany amin-kalalahana mampiray ny olombelona amin'ny tsanganasan'ny fahasoavany. An'ny fahasoavan'Andriamanitra aloha ny mahamendri-balisoa, izay vao an'ny fiaraha-miasan'ny olombelona Aminy. Miverina amin'Andriamanitra ny mahamendri-balisoa ny olombelona.
2026. Ny fahasoavan'ny Fanahy Masina, noho ny fananganana antsika ho zanaka, dia mety hanome antsika ny tena mahamendri-balisoa tokoa, araka ny fahamarinana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra. Ny fitiavana no loharano lehibe indrindra ao amintsika, izay ipoiran'ny mahamendri-balisoa eo anoloan'Andriamanitra.
2027. Tsy misy olona mety ho mendri-balisoa amin'ilay fahasoavana voalohany izay iandohan'ny fibebahana. Noho ny fahasoavam-panentanana'ny Fanahy Masina, dia mety ho mendri-balisoa isika, na ho an'ny tenantsika na ho an'ny hafa, amin'ny fahazoana ireo fahasoavana rehetra ilaina ahatongavana any amin'ny fiainana mandrakizay, ary koa amin'ny fahazoana ireo soa aman-karena ara-batana ilaina amin'ny fiainana eto an-tany.

2028. “Ny antso ho amin’ny hafenoam-piainana kristianina sy ho amin’ny fahalavorariam-pitiavana dia miantefa amin’izay rehetra mino an’i Kristy”¹. “Tsy misy afa-tsy iray ny fetran’ny fahalavorariana kristianina, dia ny tsy fananany fetra na dia iray aza”².

2029. “Raha misy te hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, sy hitondra ny Hazofijaliany, ka hanaraka Ahy” (Mt 16,24).

ANDALANA 3

Ny Fiangonana, reny sady mpanabe

2030. Ao amin’ny Fiangonana, amin’ny fiombonana miaraka amin’ny vita batemy rehetra, no anatanterahan’ny kristianina ny fiantsoana azy. Avy amin’ny Fiangonana no andraisany ny Tenin’Andriamanitra izay mirakitra ny fampianaran’ny “Lalànan’i Kristy” (Gal 6,2). Avy amin’ny Fiangonana no andraisany ny fahasoavana amin’ny sakramenta izay manohana azy eny “an-dalana”. Avy amin’ny Fiangonana no ianarany ny *oha-pahamasinana* ; 828
ao amin’i Maria Virjiny Masina Indrindra no ahalalany ny endrika sy ny fototry izany oha-pahamasinana izany ; amin’ny fijoroana ho vavolombelona marina asehon’ireo izay mivelona ny fahamasinany no andanjalanjany izany; amin’ny lovam-piainana ara-panahy sy ny tantara lava momba ireo olomasina izay nialoha lalana azy, ka ankalazain’ny litorzia amin’ny fankalazana ny Olomasina, no ahitany izany. 1172

2031. *Fanompoam-pivavahana ara-panahy, ny fiainana ara-môraly*. “Manolotra ny tenantsika ho sorona velona, masina sy ankasitrahan’Andriamanitra”³ 1368
isika, ao amin’ny Vatan’i Kristy izay irafetantsika, sy amin’ny fiombonana miaraka amin’ny fanatitry ny Eokaristiany. Amin’ny litorzia sy ny fankalazana ny sakramenta, ny vavaka sy ny fampianarana no mampiray amin’ny fahasoavan’i Kristy, mba hanazava sy hamelona ny asa amampitondran-tena kristianina. Ao amin’ny soron’ny Eokaristia no misy ny fototra sy ny tampon’ny fiainana ara-môraly, tahaka ny an’ny fitambaran’ny fiainana kristianina.

¹ FF 40.

² Md Grégoire de Nysse, v. Mos.

³ jer. Rôm 12,1.

I. Fiainana ara-môraly sy Toniam-pampianaran'ny Fiangonana

2032. Ny Fiangonana, “andry sy fiorenan'ny fahamarinana” (1 Tim 3,15), dia
2246 “nandray avy amin'ny apôstôly ny didy malaza navelan'i Kristy ny amin'ny
hanambaràna ny marina mahavonjy”¹. “Adidin'ny Fiangonana ny
manambara amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra ny fitsipika
2420 fototra ara-môraly, na dia izay mahakasika ny fitsipi-pifehezan'ny fiaraha-
monina aza, ary koa ny mamoaaka didim-pitsaràna eo amin'ny zavatra
rehetra momba ny olombelona, arakaraka izay takin'ny zo fototry ny
olombelona sy ny famonjena ny fanahy”².

2033. Ny *Fahefan'ny mpitondra Fiangonana mampianatra* momba ny môraly,
dia mazàna ampiasaina amin'ny katesezy sy amin'ny toriteny, omban'ny
fanampian'ny asa soratry ny teôlôjianina sy ny mpanoratra boky masina.
84 Toy izany ny fomba nampitampitana tamin'ny taranaka mifandimby, teo
ambany fiarovana sy fitandreman'ireo mpitondra, ny “tahirin'ny” môraly
kristianina, izay fitambaran'ny maha-izy manokana ny fitsipi-pifehezana,
ny didy sy ny herim-panahy avy amin'ny finoana an'i Kristy sy velomin'
ny fitiavana. Izany katesezy izany dia mandray ho fototra araka ny fomba
ifandovàna, eo an-kilan'ny Fiekem-pinoana sy ny Rainay, ny Didy folo izay
manambara ny fototry ny fiainana ara-môraly sahaza ny olona rehetra.

2034. Ny Evekan'i Rôma sy ny Eveka rehetra, amin'ny maha- “mpampianatra
marina azy ireo, nomena ny fahefan'i Kristy, dia mitory amin'ireo vahoaka
nankinina amin'izy ireo ny finoana izay tsy maintsy ekena sy ampiharina eo
amin'ny fomba fiainana amam-pitondran-tena”³. Ny *Fahefa-mampianatra*
andavanandro sy manerana ny tany tontolo ataon'ny Papa sy ireo Eveka
miombona aminy no mampianatra amin'ny mpino ny marina inoana, ny
fitiavana tanterahina, ny hasambarana antenaina.

2035. Ny ambaratonga fara tampony fandraisana anjara amin'ny fahefan'i Kristy
dia iantohan'ny fanomezam-pahasoavana *tsy feteza-mandiso momba ny*
fampianarana. Manenika faran'izay lavitra tahaka ny tahirim-
Panambaràn'Andriamanitra koa io tsy feteza-mandiso io⁴; ary mbola
manenika ny singafototra rehetra amin'ny fitambaran-pampianarana, ao
anatin'izany ny môraly, izay raha tsy misy an'ireny ny fahamarinana
mahavonjy momba ny finoana, dia tsy mety ho voatahiry, voazava na
voatandrina⁵.

¹ FF 17.

² CIC, can. 747,2.

³ FF 25.

⁴ jer. FF 25.

⁵ CDF, décl. "Mysterium Ecclesiae" 3.

2036. Manenika ireo didy amam-pitsipika manokana amin'ny *lalàna voa-Janahary* koa ny fahefan'ny Toniam-pampianarana, satria ny fitandremana azy ireny, izay takin'ily Mpahary, dia ilaina amin'ny famonjena. Ny Toniam-pampianaran'ny Fiangonana, amin'ny fampahatsiahivana ireo didy amin'ny *lalàna voa-Janahary*, dia mampiasa ny anjara tsy azo avela amin'ny raharaha maha-mpaminany azy hitory ny marina amin'ny olona rehetra amin'ny maha-olona azy ireo sy hampahatsiahy azy ireo izay tokony ho toetran'izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra¹. 1960
2037. Ampianarina ny mpino fa ny Lalànan'Andriamanitra, nankinina amin'ny Fiangonana, no lalan'ny fiainana sy ny fahamarinana. Noho izany, manana zo ireo mpino² ho ampianarina ny didin'Andriamanitra mahavonjy, izay manadio ny fisainana mandanjalanja, ary, miaraka amin'ny fahasoavana, manasitrana ny sain'olombelona voaratra. Manana *adidy* koa anefa izy ireo hitandrina ny lalàm-panorenana sy ny didy hitsivolana avoakan'ny manam-pahefana ara-dalàna ao amin'ny Fiangonana. Na dia ireo fanapahan-kevitra momba ny fitsipi-pifehezana aza, dia mitaky fanekena ao anatin'ny fitiavana. 2041
2038. Amin'ny tsanganasa fampianarana sy fampiharana ny môraly kristianina, dia ilain'ny Fiangonana ny fahafoizan-tenan'ireo mpitondra azy, ny fahaizana amam-pahalalan'ireo teôlôjianina, ny anjara fanampian'ireo kristianina rehetra sy ireo olona tsara sitrapo. Ny finoana sy ny fanatanterahana an'asa ny Vaovao Mahafaly no mampahazo ho an'ny tsirairay ny fahalalana azo tamim-pahazarana momba ny fiainana “ao amin'i Kristy”, izay manazava azy sy mahatonga azy ho afaka mamantatra ny zava-misy marina momba an'Andriamanitra sy momba ny olombelona araka ny Fanahin'Andriamanitra³. Araka izany, afaka hampiasa an'ireo tsotra sy madinika indrindra ny Fanahy Masina, mba hanazava ny sain'ireo manam-pahaizana sy ireo ambony indrindra amin'ny fahamendrehan-kaja. 2442
2039. Toe-tsaim-panompoana ara-pirahalalahiana sy fahafoizan-tena ho an'ny Fiangonana, amin'ny anaran'ny Tompo⁴, no tokony hanaovana ny andraiki-panompoana rehetra. Toy izany koa, kônsiansy mahay mitsara ara-môraly ny asan'ny tena manokana, no tokony hisorohan'ny tsirairay ny fikombonany amin'ny fiheverany irery. Noho izany, ny kônsiansin'ny tsirairay, araka izay azony atao, dia tokony hisokatra amin'ny fiheverana ny soa ho an'ny rehetra, araka izay voalaza ao amin'ny *lalàna môraly* sy *voa-Janahary* ary nambara, noho izany, voalaza koa ao amin'ny *lalànan'ny Fiangonana* sy ao amin'ny fampianarana nahazo lalana avy amin'ny

¹ jer. FVA 14.

² jer. CIC, can. 213.

³ jer. 1 Kôr 2,10-15.

⁴ jer. Rôm 12,8.11.

1783 Toniam-pampianaran’ny Fiangonana mikasika ny môraly. Tsy mety ny mampifanohitra ny kônsiansin’ny tena sy ny saina amin’ny lalàna môraly na amin’ny Toniam-pampianaran’ny Fiangonana.

2040. Amin’izany no afaka hivelatra eo amin’ireo kristianina ny tena *toe-tsaina maha-zanaka eo amin’ny Fiangonana*. Izany no fomba tsara ivelaran’ny fahasoavan’ny Batemy izay niterahana antsika teo anivon’ny Fiangonana sy nahatonga antsika ho rantsambatan’ny Vatan’i Kristy. Ny Fiangonana, amin’ny fiahiany maha-reny azy, dia nanome antsika ny famindram-pon’ Andriamanitra izay mandresy ny fahotantsika rehetra sy miasa manokana ao amin’ny sakramentan’ny Fampihavanana. Reny mahakarakara tokoa izy, ka tsy sasatra manome sakafo antsika ao amin’ny litorziany, isan’andro isan’andro, dia ny Tenin’Andriamanitra sy ny Eokaristian’ny Tompo izany.

II. Ny didin’ny Fiangonana

2041. Ny didin’ny Fiangonana dia nalahatra eo amin’ny soridalana momba ny fiainana ara-môraly mifamatotra amin’ny fiainana ara-litorzia, ary mivelona amin’izany izy. Ny toetra manokana tsy maintsy atao avy amin’ ireo lalàna manan-kery didian’ny manam-pahefana ara-pastôraly hotandremana ireo, dia mikendry ny hiantohana ny mpino amin’ny faran’ izay kely ilaina amin’ny toe-tsaina enti-mivavaka sy amin’ny ezaka ara-môraly, hampitombo ny fitiavana an’Andriamanitra sy ny namana :

2042. Ny didy voalohany (“Ny Alahady sy ny andro fety hafa voadidy hohamasinina, tsy maintsy mandray anjara amin’ny Lamesa Masina sy hifady ny asampanompoana ny mpino”) dia mitaky ny mpino hankamasina ny andro izay ankalazana ny fahatsiarovana ny Fitsanganan’ny Tompo ho velona, tahaka izany koa ny fety lehibe litorzika izay anajana ny misterin’ny Tompo sy i Maria Virjiny Sambatra ary ny Olomasina rehetra, ka ny voalohany indrindra, dia ny fandraisana anjara amin’ny fankalazana ny Eokaristia izay mamory ny Ankohonana kristianina, sy hanafa-tena amin’ireny asa sy raharaha izay manampontsampona tsotr’izao ny fankamasinana ireo andro ireo¹.

Ny didy faharoa (“Ny mpino rehetra dia tsy maintsy mikônfesy ny fahotany fara fahakeliny indray maka isan-taona”) no miantoka ny fiomanana amin’ny Eokaristia amin’ny alalan’ny fandraisana ny sakramentan’ny Fampihavanana, izay manohy ny asam-pibebahana sy famelan-keloky ny Batemy².

Ny didy fahatelo (“Ny mpino rehetra dia tsy maintsy mandray ny Kômonio Masina fara fahakeliny isan-taona amin’ny Paka”) no miantoka ny faran’izay kely amin’ny

¹ jer. CIC, can. 1246-1248 ; CCEO, can. 880, 3 ; can. 881, 1.2.4.

² jer. CIC, can.989 ; CCEO, can.719.

fandraisana ny Vatana aman-dRan'ny Tompo mifandray amin'ireo fetin'ny Paka, fototra sy foiben'ny litorzia kristianina¹.

2043.Ny didy fahefatra (“Amin'ireo andro fivalozana naraiketry ny Fiangonana, ny mpino dia tsy maintsy mifady hena sy mifehy tena amin'ny fifadian-kanina”) no miantoka ny fotoanan'ny famolahan-tena sy fivalozana izay manomana antsika amin'ny fety litorzika sy mandrisika antsika hahay mifehy ny tosi-kerim-panentana ao anatintsika sy ny fahafahan'ny fo². 2177

Ny didy fahadimy (“Ny mpino dia tsy maintsy miantoka ny fanampiana amin'izay ilain'ny Fiangonana”) no milaza fa ny mpino rehetra dia tsy maintsy miantoka ny fanampiana amin'izay ilain'ny Fiangonana na ara-bola na ara-pitaovana, ny tsirairay araka izay herim-pahazoany manao izany³. 1387 1438

III.Fiainana ara-môraly sy fijoroana ho misiônera

2044.Ny tsy fivadihan'ny vita batemy no toe-piainana fototra amin'ny fitoriana ny Evanjely sy amin'ny *fanirahana ny Fiangonana ho amin'izao tontolo izao*. Mba hampiharihary eo anatrehan'ny olona ny herim-pahamarinan' ny hafa-pamonjena sy ny fipariahany, dia addidin'ny kristianina ny manamarina an'izany amin'ny fijoroany ho vavolombelona. “Ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny fiainana kristianina sy ny tsanganasa tontosaina amin'ny toe-panahy mihoatra ny natoraly dia tena manan-kery amin'ny fanintonana ny olona rehetra ho amin'ny finoana sy ho amin' Andriamanitra”⁴. 852,905

2045.Satria ireo kristianina no rantsambatan'ny Vatana, izay i Kristy no Loha⁵, dia mandray anjara amin'ny *fandrafetana ny Fiangonana* izy ireo, amin'ny alalan'ny faharetan'ny finoan'izy ireo sy ny fomba fiainana amampitondran-tenan'izy ireo. Mihalehibe ny Fiangonana, mitombo sy miitatra amin'ny alalan'ny fahamasinan'ny mpinony⁶, mandra-pahatonga “ho olon-dehibe, mahatratra ny halehiben'i Kristy sy heniky ny hafenoany” (Efez 4,13). 753 828

2046.Amin'ny alalan'ny fiainan'izy ireo araka an'i Kristy ny kristianina no *manafaingana ny fahatongavan'ny Fanjakan'Andriamanitra*, dia ny “Fanjakan'ny rariny, ny marina ary ny fiadanana”⁷. Tsy mandao ny asa eto 671,2819

¹ jer. CIC, can. 920 ; CCEO, can. 708 ; 881,3.

² jer. CIC, can. 1249-1251 ; CCEO, can. 882.

³ jer. CIC, can. 222 ; CCEO, can. 25 ; azon'ny Fivondronan'ny Eveka atao ny mandraikitra didy hafa ao amin'ny Fiangonana ho an'ny fari-piadidian'izy ireo ; jer. CIC, can. 455.

⁴ APL 6.

⁵ jer. Efez 1,22.

⁶ jer. FF 39.

⁷ MR, Prefasy amin'ny fetin'i Kristy Mpanjaka.

an-tany anefa izy ireo ; noho izy ireo matoky ny Mpampianany, dia amim-pahitsiana, faharetana sy fitiavana no anatontosany izany.

FAMINTINANA

2047. *Ny fiainana ara-môraly dia fanompoam-pivavahana ara-panahy. Amin'ny litorzia sy amin'ny fankalazana ny sakramenta no ahitan'ny asa amam-pitondran-tena kristianina ny sakafony.*
2048. *Ny didin'ny Fiangonana dia mikasika ny fiainana ara-môraly sy ny maha-kristianina, miray amin'ny litorzia, ary amin'izany no ivelomany.*
2049. *Ny Fahefan'ny mpitondra Fiangonana mampianatra momba ny môraly dia mazàna ampiasaina amin'ny katesezy sy amin'ny toriteny, miorina amin'ny Didy folo izay manambara ny fototry ny fiainana ara-môraly sahaza ny olona rehetra.*
2050. *Ny Papa sy ny Eveka rehetra, amin'ny maha-mpampianatra marina azy ireo, no mitory amin'ny Vahoakan'Andriamanitra ny finoana izay tsy maintsy ekena sy ampiharina eo amin'ny fomba fiainana amam-pitondran-tena. Anjaran'izy ireo koa ny manambara ny hevitr'izy ireo mikasika ny môraly izay andraikitry ny lalàna voa-Janahary sy ny fisainana.*
2051. *Ny fanomezam-pahasoavana momba ny tsy feteza-mandiso amin'ny Fahefa-mampianatra ananan'ny mpitondra Fiangonana dia manenika ireo singafototra rehetra amin'ny fitambaram-pampianarana, ao anatin'izany ny môraly, izay raha tsy misy an'ireny ny fahamarinana mahavonjy momba ny finoana, dia tsy mety ho voatahiry, voazava na voatandrina.*

Ny didy folo

Eksaody 20,2-17

Izaho no Tompo
Andriamanitrao, izay
namoaka anao tao amin'ny
tany Ejipta, tao amin'ny trano
fanandevozana.

Tsy hanana andriamanin-kafa
eo anatrehako ianao.

Tsy hanao sarin-javatra
voasokitra na dia iray akory
aza ianao ho an'ny tenanao
na sary fampisehoana ny
zavatra eny amin'ny lanitra
ambony, na ny ety amin'ny
tany ambany, na ny ao anaty
rano ambanin'ny tany.
Tsy hiankohoka eo anatrehan'
ireny andriamanitra ireny
ianao
ary tsy hanompo azy akory,
fa Izaho no Tompo
Andriamanitrao,
Andriamanitra saro-piaro Aho
ka mamaly ny heloky ny ray
amin'ny zanaka
hatramin'ny taranaka fahatelo
sy fahefatra,
amin'izay mankahala Ahy,
fa mamindra fo kosa
hatramin'ny taranaka
faharivo, amin'ireo izay tia
Ahy sy mitandrina ny didiko.

Tsy hanonom-poana ny
Anaran'ny Tompo
Andriamanitrao ianao,
fa tsy avelan'ny Tompo tsy ho
voasazy izay manonom-poana
ny anarany.

Deterônômy 5,6-21

Izaho no Tompo
Andriamanitrao, izay
namoaka anao tao
amin'ny tany Ejipta, tao
amin'ny trano
fanandevozana.

Tsy hanana andriamanin-
kafa eo anatrehako ianao.

Tsy hanonom-poana ny
Anaran'ny Tompo
Andriamanitrao ianao ...

Rijan-teny katesezy¹

Izaho no Tompo
Andriamanitrao

Andriamanitra irery ihany
no hotsaohanao sy ho
tiavinao tanteraka ;

Hajainao ny anarany
masina, amin'ny fialana
ny faniratsirana sy
fianianana tsy to.

¹ Catéchismus catholicus, p.23-24.

Hotsaroanao ny andro sabata
mba hanamasina Azy.
Mandritra ny andro enina no
hiasanao
sy hanaovanao ny taozavatrao,
fa ny andro fahafito dia sabata
ho an'ny Tompo
Andriamanitrao.
Tsy hanao asa na inona na
inona ianao,
na ny tenanao, na ny zanakao
lahy, na ny zanakao vavy,
na ny ankizilahinao, na ny
ankizivavinao,
na ny biby fiompinao,
na ny vahiny
izay tafiditra ny vavahadinao.
Satria tamin'ny andro enina
no nanaovan'ny Tompo ny
lanitra, ny tany, ny
ranomasina, mbamin'izay
rehetra ao aminy
fa ny andro fahafito nitsahatra
Izy ; izany no nanasoavan'ny
Tomp ny andro sabata sy
nanamasinany azy.

Hajao ny rainao sy ny reninao,

mba ho lava andro ianao any
amin'ny tany omen'ny Tompo
Andriamanitrao anao.

Tsy hamono olona ianao.

Tsy hijangajanga ianao.

Tsy hangalatra ianao.

Hotandremana ny andro
sabata mba hanamasina
Azy.

Hajao ny rainao sy ny
reninao.

Tsy hamono olona ianao.

Tsy hijangajanga ianao.

Tsy hangalatra ianao.

Hotsaroanao ny andro
fety mba hanamasina azy.

Hanaja ny rainao sy ny
reninao ianao,
tahaka izany koa ny
lehibena.

Hofadinao ny famonoan'
olona
sy ny fanafintohinana,
tahaka izany koa ny
fankahalana sy
fahatezerana.

Hankatoavinao amim-
pitandremana ny
fahadiovana amin'ny
ataonao.

Tsy haka ny fananan'ny
hafa ianao, na hitazona
izany tsy an-drariny.

Tsy hitsangan-ko
vavolombelona mandainga
hamely ny namanao ianao.

Tsy hitsangan-ko
vavolombelona
mandainga hamely ny
namanao ianao.

Hialanao ny fanaratsiana,
tahaka izany koa ny
fandaingàna.

Tsy hitsiriritra ny tranon'ny
namanao ianao,
tsy hitsiriritra ny vadin'ny
namanao ianao,
na ny ankizilahiny,
na ny ankizivaviny,
na ny ombiny, na ny
ampondrany,
na inona na inona amin'ny
zavatra ny namanao.

Tsy hitsiriritra ny
vadin'ny namanao ianao.

Tsy haniry ny
vadin'ny namanao ianao.

Tsy haniry ...
na inona na inona izay
an'ny namanao ianao.

Tsy hitsiriritra ny
fananan'ny namanao
ianaos.

SAMPANA FAHAROA

Ny didy folo

“Ry Mpampianatra ô, inona no tokony hataoko...?”

2052. “Ry Mpampianatra ô, inona no tsara tokony hataoko hahazoana ny fiainana mandrakizay ?” Ny navalin'i Jesoa an'ilay tovolahy izay nametraka io fanontaniana io Taminy aloha, dia ny fanaingàna fa ilaina ny mankato an'Andriamanitra ho “hany Tsara”, ho Soa indrindra sy ho loharanon'ny soa rehetra. Avy eo, izao no nambaran'i Jesoa taminy : “Raha te hiditra any amin'ny fiainana ianao, tandremo ny didy.” Dia notanisainy tamin'ity olona nifampiresaka Taminy ny didy mikasika ny fitiava-namana : “Tsy hamono olona ianao, tsy hijangajanga ianao, tsy hangalatra ianao, tsy hijoro ho vavolombelona tsy marina ianao, hajao ny rainao sy ny reninao.” Lafiny manentana ny tokony hanatanterahana azy no amintinan'i Jesoa ireo didy ireo amin'ny farany : “Ho tia ny namanao tahaka ny tenanao ianao” (Mt 19.16-19).

1858

2053. Ny valy faharoa fanampin'io valy voalohany io, dia hoe : “Raha te ho lavorary ianao, mandehana, amidio izay anananao ka omeo ny mahantra ny vidiny, dia hanan-drakitra any an-danitra ianao ; rahefa izany, avia, araho Aho” (Mt 19,21). Tsy manafoana ny valy voalohany tsy akory ny valy faharoa. Ny fanatanterahana ny didy no fanarahana an'i Jesoa-Kristy. Tsy nofoanana ny Lalàna¹, fa ny olona no asaina mitady azy ao amin'ny Tenan'ilay Mpampianany, izay ao Aminy no lavorary ny fahatanterahan'

1968

¹ jer. Mt 5,17.

1973

ny Lalàna. Ao amin'ny Evanjely telo sinôptika, ny antson'i Jesoa miantefa amin'ilay tovolahy mpanankarena mba hanaraka Azy araka ny fanekena maha-mpianatra sy amin'ny fitandremana ny didy, dia mifandray tendro amin'ny antso ho amin'ny fahantrana sy ny fahadiovam-pitiavana¹. Ireo torohevitra ny Evanjely dia tsy azo sarahina amin'ny didin'Andriamanitra.

2054. Noraisin'i Jesoa indray ny didy folo, saingy naharihariny ny herin'ny
581 Fanahy miasa ao amin'ny teny tsirairay. Notoriny ny fahamarinana izay mihoatra noho ny an'ny mpahay lalàna sy ny Farisianina² mbamin'ny an'ireo jentily³. Novelabelariny izay rehetra takin'ny didy : “Efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: Tsy hamono olona ianao... Fa izaho kosa milaza aminareo hoe : Na iza na iza mitezitra ny rahalahiny dia hohelohina amin'ny tribonaly” (Mt 5.21-22).

2055. Raha nametrahana fanontaniana i Jesoa hoe : “Inona no didy lehibe
129 indrindra amin'ny Lalàna ?” (Mt 22,36), dia izao no navaliny : “Ho tia ny Tompo Andriamanitrao ianao amin'ny fonao manontolo, amin'ny fanahinao manontolo ary amin'ny sainao manontolo ; izany no didy lehibe indrindra sady voalohany. Ny faharoa, izay tahaka ny voalohany ihany dia izao : Ho tia ny namanao ianao tahaka ny tenanao. Ao amin' ireo didy roa ireo no iankinan'ny Lalàna manontolo ary koa ny voalazan'ny Mpaminany” (Mt 22,37-40)⁴. Amin'ny fitsilovan'io didim-pitiavana roa fa tokana ihany, izay hafenoan'ny Lalàna io, no tsy maintsy anazavana ny Didy folo :

Ny didy hoe : Tsy hijangajanga ianao ; tsy hamono olona ianao ; tsy hangalatra ianao ; tsy hitsiriritra ianao, mbamin'ny hafa rehetra, dia voafintina amin'ireto teny ireto hoe : Ho tia ny namanao tahaka ny tenanao ianao. Ny fitiavana tsy manisys ratsy ny namana. Noho izany, ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna an-tsakany sy an-davany (Rôm 13,9-10).

Ny Didy folo ao amin'ny Soratra Masina

700
62

2056. Ny teny hoe “Didy folo” dia midika ara-bakiteny hoe “teny folo” (Eks 34,28; Det 4,13; 10,4). Andriamanitra no nanambara tamin'ny vahoakany teo an-tendrombohitra masina, ireo “teny folo” ireo. Tamin'ny Rantsantanany no nanoratany an'ireo⁵, izay tsy mitovy amin'ireo didy hafa nosoratan'i Môizy⁶. Ireo no mitambatra ho tenin'Andriamanitra amin'ny anarana ambony indrindra. Ao amin'ny bokin'ny Eksaody⁷ sy ao amin'ny

¹ jer. Mt 19,6-12.21.23-29.

² jer. Mt 5,20.

³ jer. Mt 5,46-47.

⁴ jer. Det 6,5 ; Lev 19,18.

⁵ jer. Eks 31,18 ; Det 5,22.

⁶ jer. Det 31,9.24.

⁷ jer. Eks 20,1-17.

an'ny Deterônômy¹ no nampitàna an'ireo amintsika. Nanomboka hatramin'ny Testamenta Taloha no nahatonga ireo “teny folo”² ireo ho fanovozan-kevitra ny boky masina, nefa ao amin'ny Fanekem-pihavanana Vaovao ao amin'i Jesoa-Kristy no voambara ny hevitra feno raketin'izy ireo.

2057.Ny Didy folo aloha dia fantatra ao amin'ny tontolon'ny Eksaody izay fisehoam-panafahana lehibe nataon'Andriamanitra ho foiben'ny Fanekem-pihavanana Taloha. Na nosoratana ho didy milaza fandavana, fandraràna, na didy milaza fanekena (toy ny hoe : “Manajà ny rainao aman-dreninao”) aza ireo “teny folo” ireo, dia samy milaza ny fepetra amin'ny fiainana noafahana tamin'ny fanandevozan'ny fahotana. Lalam-piainana ny Didy folo :

Raha tia an'Andriamanitrao ianao, raha mandeha amin'ny lalany, raha mitandrina ny didiny, ny lalàny sy ny fitsipiny, dia ho velona ianao ary hihamaro (Det 30,16). 2170

Izany herim-panafahan'ny Didy folo izany, dia miseho, ohatra, ao amin' ny didy momba ny fialan-tsasatra amin'ny sabata, natokana ihany koa ho an'ny vahiny sy ny andevo :

“Tsarovinao : efa andevo ianao tany an-tany hafa. Ny Tompo Andriamanitrao no namoaka anao avy any, tamin'ny tanana mahery sy sandry nahinjitra” (Det 5,15).

2058.Ny “teny folo” no mamintina sy milaza ampahibemaso ny Lalànan' Andriamanitra : “Ireo no teny nolazain'ny Tompo taminareo, fony ianareo rehetra niangona teo an-tendrombohitra. Teo afovoan'ny afo, tao anatin'ny rahona sy ny haizina Izy no niteny taminareo tamin'ny feo mahery. Tsy nampiany na inona na inona izany ary nosoratany ireo tamin'ny takela-bato roa izay nomeny ahy.” (Det 5,19). Izany no niantsoana an'ireo takela-bato roa ireo hoe “ny Vavolombelona“ (Eks 25,16). Satria, ao no mirakitra ny fepetran'ny fanekem-pihavanana nataon'Andriamanitra sy ny vahoakany. Ireo “takela-bato Vavolombelona” ireo (Eks 31,18; 32,15; 34,29) dia tokony hapetraka ao anatin'ny “fiara” (Eks 25,16; 40,1-3). 1962

2059. Ireo “teny folo” no notononin'Andriamanitra teo anivon'ny fisehoany (“Teo an-tendrombohitra, tao afovoan'ny afo, no niteny nifanatrika taminareo ny Tompo” : Det 5,4). Anisan'ny fanambaràna izay nataon'ny Tenan'Izy Andriamanitra sy avy amin'ny voninahiny ireo. Fanomezan'ny Tenan'Izy Andriamanitra sy ny sitrapony masina, ny fanomezana ny didy. 707

¹ jer. Det 5,6-22.

² jer. ohatra Ôs 4,2 ; Jer 7,9 ; Ezek 18,5-9.

2823 Amin'ny fampahalalana ny sitrapony no anambaràn'Andriamanitra ny Tenany amin'ny vahoakany.

2060. Anisan'ny fanekem-pihavanana namafisin'Andriamanitra tamin'ireo izay azy ny fanomezana ny didy sy ny lalàna. Araka ny bokin'ny Eksaody, ny fanambaràna ny “teny folo” dia nekena teo anelanelan'ny fanolorana ny fanekem-pihavanana¹ sy ny famaranana azy² – rahefa nampanantena ny vahoaka fa “hanao” izay rehetra voalazan'ny Tompo, ary hanaiky izany³. Tsy nampitaina na oviana na oviana ny Didy folo raha tsy taorian'ny fampahatsiarovana ny Fanekem-pihavanana (“Nanao fanekem-pihavanana tamintsika tao Hôreba ny Tompo Andriamanitsika” : Det 5,2).

2061. Tao anatin'ny fanekem-pihavanana no nahazoan'ireo didy folo ny tena heviny feno. Araka ny Soratra Masina, ao amin'ny fanekem-pihavanana sy amin'ny alalany no ahazoan'ny asa amam-pihetsika ara-môraly ataon'ny olombelona ny heviny feno. Ny voalohany amin'ireo “teny folo” ireo dia mampahatsiaro fa ny fitiavan'Andriamanitra ny vahoakany no voalohany :

Sazim-pahotana no nisian'ny fialana tao am-paradisan'ny fahafahana ka nahatonga tao amin'ny fanandevozan'izao tontolo izao ; izany no nahatonga ny fehezan-teny voalohany amin'ny Didy folo, izay teny voalohany amin'ny didin'Andriamanitra, iompana amin'ny fahafahana :
2086 “Izaho no Tompo Andriamanitrao, izay namoaka anao avy tao amin'ny tany Ejipta, avy tao amin'ny trano fanandevozana” (Eks 20,2; Det 5,6)⁴.

2062. Ireo didy amin'ny maha-didy azy ireo no manaraka ato aoriana ; milaza tsy mivantana ny maha-an'Andriamanitra naorin'ny fanekem-pihavanana ireo didy ireo. Ny fiainana ara-môraly no *valy* amin'ny fialohavam-pitiavan'ny Tompo. Io fiainana ara-môraly io no fankasitrahana sy mari-panajana an'Andriamanitra ary vavaka fisaorana Azy. Io no fiaraha-miasa amin'ny fandaharam-pamonjena izay tohizin'Andriamanitra eo amin'ny tantara.

2063. Ny fanekem-pihavanana sy ny resaka ifanaovan'Andriamanitra sy ny olombelona dia mbola voamarina fa ny zavatra rehetra tsy maintsy atao dia voalaza amin'ny mpanao ny asa voalohany (“Izaho no Tompo...”) ary ampitaina amin'ny mpanao ny asa hafa (“Ianao ...”). Ao amin'ireo didy rehetra an'Andriamanitra, ny mpisolo anarana manondro *olona tokana* no milaza ny andefasana. Niaraka tamin'izany koa, teo anivon'ny vahoaka rehetra Andriamanitra no nampahafantatra ny sitrapony tamin'ny tsirairay manokana :

¹ jer. Eks 19.

² jer. Eks 24.

³ jer. Eks 24,7.

⁴ Origène, hom. in Ex. 8,1.

Nandidy ny fitiavana an'Andriamanitra sy nampianatra ny rariny atao amin'ny namana ny Tompo, mba ho marina, na ho mendrika an' Andriamanitra ny olombelona. Araka izany, nanomana ny olombelona tamin'ny alalan'ny Didy folo Andriamanitra mba ho tonga sakaizany sy tsy hanana afa-tsy fo tokana hiarahana amin'ny namany. (...) Ireo tenin'ny Didy folo dia mipetraka torak'izany koa eo amintsika (kristianina). Tsy foana velively ireo, fa mandray fanamafisana sy fivelarana noho ny fahatongavan'ny Tompo ao amin'ny nofo¹.

Ny Didy folo ao amin'ny Lovam-pampianaran'ny Fiangonana

2064. Ny Lovam-pampianaran'ny Fiangonana, amin'ny fitokiana ny Soratra Masina sy manaraka ny oha-piainan'i Jesoa, dia manaiky marina fa manandanja sy dikany lehibe tokoa ny Didy folo.

2065. Nanomboka tamin'ny andron'i Md Augustin, dia nitana toerana lehibe tokoa "ny didy folo"amin'ny katesezy ho an'ireo hatao batemy sy ny mpino. Tamin'ny taonjato faha-15, natao fahazarana ny milaza ny fampianaran'ny Didy folo narafitra ho rijan-teny miady rima, mora tadidina, ary azo antoka. Mbola ampiasaina izany ankehitriny. Matetika ny katesizin'ny Fiangonana no manazava ny mōraly kristianina amin'ny fanarahana ny filaharan'ny "didy folo".

2066. Ny fitsinjarana sy ny fanisian-daharana ny didy folo dia niovaova teny ampamakivakiana ny tantara. Ity katesizy ity no manaraka ny fizaràn'ny didy naraikitr'i Md Augustin sy tonga lovam-pampianarana ao amin'ny Fiangonana katôlika. Mitovy amin'izany koa ny an'ny foto-pinoana loterana. Hafa kely kosa ny fitsinjarana nataon'ny Aban'ny Fiangonana grika, izay hita ao amin'ny Fiangonana ôrtôdôksa sy ao amin'ireo ankohonam-piangonana prôtestanta.

2067. Lazain'ireo didy folo ny fiambezoana ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana. Miompana bebe kokoa amin'ny fitiavana an'Andriamanitra ny telo voalohany, ary amin'ny fitiavana ny namana ny fito hafa. 1853

Tahaka ny fitiavana, misy didy roa izay ampifandraisan'ny Tompo amin'ny Lalàna manontolo sy ny Mpaminany (...), no nitsinjarana koa ireo didy folo amin'izy ireo samy izy ireo ho amin'ny takela-bato anankiroa. Ny telo voasoratra amin'ny takela-bato iray, ary ny fito amin'ny iray hafa².

2068. Mampianatra ny Kônsily tao Trente fa mandidy ny kristianina ireo didy folo ary mbola voadidy hitandrina an'ireo ny olona nohamarinina³. Ary manantitrantitra izany ny Kônsily Vatikana II hoe : "Ny Eveka, dimbin'ny apôstôly, dia nandray tamin'ny Tompo (...) ny fanirahana hampianatra ny 888 1993

¹ Md Irénée, haer. 4,16, 3-4.

² Md Augustin, serm. 33,2.

³ jer. DS 1569-1570.

firenena rehetra sy hitory ny Evanjely amin'ny voary manontolo, mba hahazoan'ny olona rehetra ny famonjena, amin'ny alalan'ny finoana, ny Batemy ary ny fantanterahana ireo didy"¹.

Ny maha-iray ny Didy folo

2534 2069. Iray tsy mivaky ny Didy folo. Ny “teny” (“didy”) tsirairay ao amin'ireo didy folo dia mifandray hevitra amin'ny didy tsirairay hafa sy amin'ny didy manontolo ; mifampiankina izy ireo. Mifanazava ny Takela-bato roa mirakitra ny Didy folo ; mirafitra ho amboaram-pitsipika iray izy ireo. Ny mandika didy iray, dia mandika ny hafa rehetra². Tsy afaka hanaja ny hafa ny olona raha tsy midera an'Andriamanitra Mpahary azy. Tsy hahay hitsaoka an'Andriamanitra ny olona raha tsy tia ny olombelona rehetra zavaboariny. Ny Didy folo no mampiray ny fiainana araka an' Andriamanitra sy ny fiainam-piaraha-monin'ny olombelona.

Ny Didy folo sy ny lalàna voa-Janahary

1955 2070. Anisan'ny fanambaràn'Andriamanitra ireo didy folo, sady mampianatra antsika koa ny tena maha-olombelona marina ny olombelona. Manazava ireo adidy fototra izy ireo, izay raha tsy nolazaina mivantana aza, dia tsy inona fa ireo zo fototra, avy amin'ny toetra voa-Janahary maha-olombelona. Mirakitra fombam-piteny misy soa manokana avy amin'ny lalàna voa-Janahary ny Didy folo.

Hatrany am-piandohana Andriamanitra no nampiorim-paka ireo didin'ny lalàna voa-Janahary tao am-pon'ny olombelona. Nianina tamin'ny fampahatsiarovana ireo taminy Izy aloha. Izay no Didy folo³.

1960 2071. Nambaran'Andriamanitra ny baikon'ny Didy folo na dia takatry ny saina fotsiny izao aza. Nila izany fanambaràna izany ny olombelona mpanota, mba hahazoana ny fahalalana feno sy azo antoka momba ireo toetra takin'ny lalàna voa-Janahary :

Nanjary nilaina ny fanazavana feno momba ny baikon'ny Didy folo, noho ny toe-pahotana nahatonga ny fahamaizinan'ny fahazavan-tsaina sy ny fivilian'ny sitrapo⁴.

¹ FF 24.

² jer. Jak 2,10-11.

³ Md Irénée, haer. 4, 15, 1.

⁴ Md Bonaventure, sent. 3, 37, 1, 3.

Mahalala ny didin' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fanambaràny izay atolony antsika ao amin'ny Fiangonana, sy amin'ny alalan'ny feon'ny kônsiansy môraly. 1777

Ny adidy takin'ny Didy folo

2072. Noho ireo didy folo milaza ny votoatin'ny adidin'ny olombelona amin' Andriamanitra sy amin'ny namany, dia ambaran'izy ireo, ao amin'ny ventin-kevitra raketiny, ireo adidy *lehibe* takiny. Tsy miovaova mihitsy ireo didy folo ary manan-kery lalandava sy hatraiza hatraiza ireo adidy takiny. Tsy misy na iza na iza mety ho afaka miala amin'izany, satria didy naraikitr' Andriamanitra ao am-pon'ny olombelona ny didy folo. 1858
1958

2073. Ny fanekena ny didy dia mitaky adidy, izay raha ny votoatin'ny maha-adidy azy, dia antonony ihany. Ohatra, raràn'ny didy fahadimy ny fanevatevana amin'ny fitenenana, nefa mety ho fahadisoana lehibe na tsia izany, arakaraka ny fisehon-javatra na ny eritreritr'ilay izay manevateva.

“Raha tsy Izaho, tsy mahefa na inona na inona ianareo”

2074. Hoy i Jesoa : “Izaho no Voaloboka ; ianareo no sampany. Izay mitoetra ao Amiko ary Izaho ao aminy, izy io no mamoa be ; satria raha tsy Izaho, tsy mahefa na inona na inona ianareo” (Jo 15,5). Ny voa antsoina amin'izany teny izany dia ny fahasinan'ny fiainana ampamokarin'ny firaisana amin'i Kristy. Raha mino an'i Jesoa-Kristy isika, miombona amin'ny misteriny ary mitandrina ny didiny, dia Izy Mpamonjy mihitsy no tonga hitia ao amintsika ny Rainy sy ny havana aman-tsakaizany, ny Raintsika sy ny havana aman-tsakaizantsika. Noho ny Fanahy Masina, manjary fitsipika velona sy ao anaty amin'ny asa amam-pihetsitsika ny Tenan'i Jesoa. “Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny itiavako anareo” (Jo 15,12). 2732
521

FAMINTINANA

2075. “*Inona no tsara hataoko, mba hahazoako ny fiainana mandrakizay ? - Raha te hiditra any amin'ny fiainana ianao, tandremo ny didy*” (Mt 19,16-17).

2076. *Tamin'ny asany sy tamin'ny toriteniny no nanamarinan'i Jesoa fa maharitra lalandava ny Didy folo.*

2077. *Tao anatin'ny fanekem-pihavanana nataon'Andriamanitra tamin'ny vahoakany no nanomezany ny Didy folo. Ao amin'io fanekem-pihavanana io sy amin'ny alalany no ahazoan'ireo didin' Andriamanitra ny heviny tena izy.*

2078. Ny Lovam-pampianaran'ny Fiangonana, amin'ny fitokiana ny Soratra Masina sy manaraka ny oha-piainan'i Jesoa, dia manaiky marina fa manan- danja sy dikany lehibe tokoa ny Didy folo.
2079. Ny Didy folo dia mirafitra ho amboaram-pitsipika iray izay ny “teny” na “didy” tsirairay ao amin'izany dia mifandray amin'ny fitambaran'ny didy manontolo. “Ny mandika ny didy iray, dia mandika ny Lalàna manontolo”¹.
2080. Mirakitra fombam-piteny misy soa manokana avy amin'ny lalàna voa- Janahary ny Didy folo. Tamin'ny alalan'ny fanambaràn'Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny sain'olombelona no nahalalantsika ny Didy folo.
2081. Ny Didy folo dia manambara ireo adidy lehibe takiny, ao amin'ny ventin-kevitra raketiny. Kanefa, ny fanekena an'ireo didy ireo dia mitaky koa adidy izay raha ny votoatin'ny maha-adidy azy, dia antonony ihany.
2082. Izay andidian'Andriamanitra, dia ataony azo tanterahina amin'ny alalan'ny fahasoavany.

TOKO VOALOHANY

« Ho tia ny Tompo Andriamanitrao ianao, amin'ny fonao manontolo, amin'ny fanahinao manontolo ary amin'ny sainao manontolo »

- 367 2083. Nofintinin'i Jesoa amin'ity teny ity ireo adidin'ny olombelona amin'Andriamanitra : “Ho tia ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo, amin'ny fanahinao manontolo ary amin'ny sainao manontolo ianao” (Mt 22,37)². Io teny io moa dia mamerina izao dia izao avy hatrany ilay antso manetriketrika hoe : “Mihainoa, ry Israely : ny Tompo Andriamanitsika no ilay tokana” (Det 6,4).

199 Andriamanitra no tia voalohany. Tsahivina ao amin'ny voalohany amin'ireo “teny folo” ny fitiavan'ilay Andriamanitra Tokana. Avy eo ireo didy no mampibaribary ny valim-pitiavana fa voantso hanome izany amin'ilay Andriamaniny ny olombelona.

¹ jer. Jak 2,10-11.

² jer. Lk 10,27 : “ ...ny herinao rehetra ».

ANDALANA 1

Ny didy voalohany

Izaho no Tompo, Andriamanitrao, izay namoaka anao tao amin'ny tany Ejipta, tao amin'ny trano fanandevozana. Tsy hanana andriamanitra hafa afa-tsy Izaho ianao. Tsy hanao sarin-javatra voasokitra na dia iray akory aza ianao ho an'ny tenanao, na sary fampisehoana zavatra eny amin'ny lanitra ambony, na ny ety amin'ny tany ambany, na ny ao anaty rano ambamin'ny tany. Tsy hiankohoka eo anoloan'ireny sary ireny ianao na hanompo azy ireny (Eks 20,2-5)¹.

Voasoratra hoe : “Ny Tompo Andriamanitrao no hivavahanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao” (Mt 4,10).

I. “Hitsaoka ny Tompo Andriamanitrao ianao, ary hanompo Azy”

2084.Mampahalala ny Tenany Andriamanitra amin'ny fampahatsiahivana ny asany manan-kery tsy misy fetra, feno fahalemam-panahy ary manafaka eo amin'ny tantaran'ilay izay itenenany hoe : “Izaho no nampivoaka anao avy any amin'ny tany Ejipta, toerana nanandevozana anao” (Det 5,6). Mirakitra ny didy voalohany amin'ny Lalàna ny teny voalohany : “Hitsaoka ny Tompo Andriamanitrao ianao, ary hanompo Azy ianao. (...) Tsy hanaraka andriamanitra hafa ianareo” (Det 6,13-14). Ny antso voalohany sy ny fitakiana araka ny rariny sy ny hitsiny ataon' Andriamanitra dia ny handraisan'ny olombelona Azy sy ny hitsaohana Azy. 2057
398

2085.Manambara ny voninahiny amin'i Israely aloha ilay Andriamanitra tokana sady marina². Mifamatotra amin'ny fanambaràn'Andriamanitra ny fanambaràna ny fiantsoana ny olombelona sy ny fahamarinany. Ny olombelona dia manana ny fiantsoana haneho an'Andriamanitra amin'ny asa amam-pihetsiny mifanaraka amin'ny nahariana azy “mitovy endrika sy mifanahaka amin'Andriamanitra” (Jen 1,26) : 200,1701

Tsy hisy na oviana na oviana Andriamanitra hafa, Tryphon, ary tsy nisy hafa, hatramin'ny taonjato mifandimby (...) afa-tsy ilay izay nanao sy nandamina an'izao tontolon'ny zava-drehetra izao. Tsy mihevitra izahay fa samy hafa amin'ny anareo ny Andriamanitray. Izy io ihany no namoaka ny rainareo avy tao Ejipta “tamin'ny tanany mahery sy ny sandriny nahinjitra”. Tsy mametraka ny fanantenanay amin'ny hafa izahay, izay tsy

¹ jer. Det 5,6-9.

² jer. Eks 19,16-25 ; 24,15-18.

misy izany akory, fa ao amin'ilay mitovy amin'ny anareo ihany, dia ilay Andriamanitr'i Abrahamana, i Isaaka ary i Jakôba¹.

2086. "Mirakitra ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana ny voalohany amin'ireo didy. Satria, izay miteny hoe Andriamanitra, dia miteny fisiana maharitra, tsy miovaova, mitovy lalandava, tsy mivadika, marina tanteraka tokoa. Koa izany indrindra no tsy maintsy anekentsika ny Teniny sy ananantsika finoana sy fitokiana tanteraka ao Aminy. Mahefa ny zavatra rehetra Izy, mamindra fo, mahavokatra soa tsy misy fetra. Iza no tsy hametraka ny fanantenany rehetra ao Aminy ? Ary iza no tsy ho tia Azy amin'ny fandinihana ny rakitry ny hatsaram-po sy fahalemam-panahy izay narotsany tao amintsika ? Avy amin'izany no ampiasan'Andriamanitra ao amin'ny Soratra Masina, na eo am-panombohana izany, na eo am-pamaranana ireo didiny, ity rijan-teny ity hoe : Izaho no Tompo"².

1814-1816 Ny finoana

2087. Amin'ny finoana an'Andriamanitra izay manambara ny fitiavany tamintsika no ahitan'ny fiainantsika ara-môraly ny loharano ipoirany. 143 Lazain'i Md Paoly fa ny "fanekena ny finoana" (Rôm 1,5; 16,26) no adidy aman'andraikitra voalohany. Ampahafantariny fa ny "tsy fahalalana an'Andriamanitra" no fototra sy anton'ny faharatsiam-pitondran-tena rehetra³. Ny adidintsika amin'Andriamanitra dia ny mino Azy sy ny mijoro ho vavolombelony.

2088. Ny didy voalohany dia mitaky amintsika ny hamelona sy hiaro amimpahamalinana sy amim-piambenana ny finoantsika ary hanary izay rehetra mifanohitra amin'izany. Misy karazany samihafa ny fahotana manohitra ny finoana :

157 Ny *fisalasalana an-tsitrabo* momba ny finoana, izay fanaovana an-tsirambina na fandavana ho marina izay nambaran'Andriamanitra sy izay atolotry ny Fianganana hinoana. Ny *fisalasalana tsy an-tsitrabo*, izay mampiseho ny fihambahambana hino, ny fahasahiranana handresy ny sakana momba ny finoana na koa ny tebiteby ateraky ny fahamaizinan'ny finoana. Raha iniana itaizana ny saina ny fisalasalana, dia mety hitarika amin'ny fahajamban'ny fanahy.

2089. Ny *tsy fetezana hino*, izay fanaovana an-tsirambina ny marina nambara na 162,817 fandavana an-tsitrabo ny hankato izany. "Ny *fampianaran-diso momba ny finoana*, izay fandavana arahina di-doha, aorian'ny nandraisana ny Batemy,

¹ Md Justin, dial. 11, 1.

² Catech. R. 3, 2, 4.

³ jer. Rôm 1,18-32.

ny fahamarinana izay tokony itokiana amin'ny finoana an' Andriamanitra sy ny finoana katôlika, na ny fisalasalana arahina di-doha ny amin'izany fahamarinana izany. Ny *fivadham-pinoana*, izay fanariana manontolo ny finoana kristianina. Ny *fisaraham-pinoana*, izay fandavana hankato ny Papa na tsy hiombona amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonana izay manaiky azy”¹.

Ny fanantenana

817-821

2090. Raha nanambara ny Tenany sy niantso ny olombelona aza Andriamanitra, dia tsy afaka hanome valiny manontolo ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny herin'ny tenany ihany ny olombelona. Koa tsy maintsy manantena izy fa Andriamanitra no hanome azy ny herim-pahazoany mamaly fitia Azy amin' izany, sy ny hery hanaovany ny asa amam-pihetsika mifanaraka amin'ny didim-pitiavany. Ny fanantenana dia fiandrasana amim-pitokiana ny fanambinan' Andriamanitra sy ny fahitana Azy amim-pahasambarana ; ny fanantenana koa dia tahotra ny haniratsira ny fitiavan'Andriamanitra sy ny sazy mafy aterany. 1996

2091. Mahakasika koa ny fahotana manohitra ny fanantenana, ny didy voalohany, dia ny fanarian-toky sy ny fitokian-tena mihoa-pampana :

Ny *fanarian-toky* no mahatonga ny olona tsy manantena intsony ny famonjen'Andriamanitra ny tenany, sy ny fitahiany mba hahazoana izany na ny famelany ny fahotana. Manohitra ny Hatsaram-pon'Andriamanitra sy ny Fahamarinany - satria tsy mivadika amin'ny fampanantenany ny Tompo - ary ny Famindram-pony izany. 1864

2092. Ny *fitokian-tena mihoa-pampana*, izay misy karazany roa : Na ny olona miantehitra irery amin'ny herim-pahaizany (amin'ny fanantenana fa ho afaka mamonjy tena tsy misy fanampiana avy any ambony), na izy diso miantehitra amin'ny maha-mahefa ny zavatra rehetra an'Andriamanitra na ny famindram-pony (amin'ny fanantenana fa hahazo ny famindram-pony tsy mila fibebahana sy ny voninahitra tsy mila fahamendrehana ahazoambalisoa). 2732

Ny fitiavana

1822-1829

2093. Ny finoana ao anatin'ny fitiavana an'Andriamanitra no ifonosan'ny antso sy ny adidy hamaly fitia an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitiavana amin'ny fo madio. Ny didy voalohany no mandidy antsika ho tia an' Andriamanitra mihoatra noho ny zavatra rehetra sy ho tia ny zavaboary

¹ CIC, can. 751.

rehetra ho Azy sy noho Izy¹.

2094. Afaka manota amin'ny fitiavana an'Andriamanitra, amin'ny fomba maro samihafa, ny olona. Toy izao avy izany : Ny *tsy firaharahana*, izany hoe ny manao tsinontsinona ny fitiavan'Andriamanitra na manamaivan-danja izany, hany ka tsy hahazoany hafaliana ny fitiavan'Andriamanitra sy toy ny tsy misy hery aminy. Ny *tsy fankasitrahana*, izany hoe ny manadino na ny mandà hankato ny fitiavan'Andriamanitra sy ny mandà hamaly fitia Azy. Ny *fangatsiaham-po*, izany hoe ny fisalasalana na ny fanaovana antsirambina amin'ny famaliana fitia an'Andriamanitra; mety hitarika ny 2733 fandavana hanolo-tena hoentanim-pitiavana izany. Ny *rikorikom-panahy* na 2303 hakamoam-panahy, izany hoe fandavana ny hafaliana avy amin' Andriamanitra sy fandraisana ho zava-mahatsiravina ny soa avy Aminy. Ny *fankahalana an'Andriamanitra* avy amin'ny fiavonavonana. Manohitra ny fitiavan'Andriamanitra io fankahalana io, mandà ny hatsaram-panahy ary mitetika ny hanozona Azy noho Izy mandrara ny fahotana sy manafay amin'ny sazy.

II. “Aminy irery no hivavahanao”

2095. Ny herim-panahy avy amin'Andriamanitra, izay tsy inona fa ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, no mampahalala sy mamelona ny herim-panahy enti-mitondra tena. Araka izany, ny fitiavana no mahatonga antsika hanolotra amin'Andriamanitra izay tsy maintsy hataontsika Aminy araka ny rariny amin'ny maha-zavaboary antsika. Ny *herim-panahy enti-mivavaka* no mandrisika antsika amin'izany fihetsika atao izany. 1807

2628 Ny fitsaohana

2096. Amin'ny herim-panahy enti-mivavaka, ny fitsaohana no asa atao voalohany. Ny mitsaoka an'Andriamanitra dia ny manaiky Azy ho Andriamanitra, ho Mpahary sy Mpamonjy, ho Tompo sy Mpandidy an' izay rehetra misy, ho Fitiavana tsy misy fetra sy be indrafo. “Ny Tompo Andriamanitrao no hivavahanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao” (Lk 4,8), hoy i Jesoa, namerina ny tenin'ny Deterônômy (Det 6,13).

2097. Ny mitsaoka an'Andriamanitra dia ny mahalala, ao anatin'ny fanajana sy ny fankatoavana tanteraka, “ny maha-tsinontsinona ny zavaboary” izay tsy misy raha tsy avy amin'Izy Andriamanitra. Ny mitsaoka an'Andriamanitra, dia ny manao tahaka an'i Maria, amin'ny Tonon-kirany (Magnificat), midera Azy, mankalaza Azy, sy manetry tena amin'ny fiekena sy 2807

¹ jer. Det 6,4-5.

fankasitrahana fa nanao zava-dehibe Izy ary masina ny anarany¹. Ny fitsaohana an' Andriamanitra tokana no manafaka ny olombelona amin'ny fiforetana amin'ny tenany ihany, amin'ny fanandevozan'ny fahotana ary amin'ny fanompoan-tsampin'izao tontolo izao.

Ny fivavahana

2558

2098. Tanteraka amin'ny fivavahana ny asan'ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana izay baikoin'ny didy voalohany. Ny fanandratana ny fanahy ho amin'Andriamanitra dia fomba iray amin'ny fitsaohantsika an' Andriamanitra : vavaka fiderana sy fisaorana, fifonana sy fangatahana. Fomba fiainana tsy azo avela ny fivavahana mba hahafahana manaiky ny didin'Andriamanitra. “Tsy maintsy mivavaka lalandava, ary tsy tokony ho valaka sy tofoka na oviana na oviana” (Lk 18,1). 2742 613

Ny sorona

2099. Rariny sy hitsiny ny manolotra sorona amin'Andriamanitra ho famantaram-pitsaohana sy fankasitrahana, fitalahoana sy fiombonana : “Sorona marina tokoa ny asa rehetra atao mba hiraiketana amin'Andriamanitra ao anatin'ny fiombonana masina sy mba ho sambatra”².

2100. Mba ho tena izy ny sorona hita maso, dia tsy maintsy ho fanehoana ny sorona ara-panahy : “Fanahy torotoro no sorona atolotro....” (Sal 51,19). Ny mpaminanin'ny Fanekem-pihavanana Taloha dia matetika nanome tsiny ny sorona natao tsy misy fandraisana anjara ao anaty³ na tsy misy fifamatorana amin'ny fitiavana ny namana⁴. Nampahatsiahy ny tenin'i Ôsea mpaminany i Jesoa hoe : “Ny famindram-po no sitrako fa tsy ny sorona” (Mt 9,13 ; 12,7)⁵. Ny hany sorona lavorary dia izay natolotr'i Kristy teo amin'ny Hazofijaliana ho fanolorana manontolo amin'ny fitiavana ny Ray sy ho famonjena antsika⁶. Ny firaisantsika amin'ny sorona natolony no hahafahantsika manao ny fiainantsika ho sorona ho an'Andriamanitra. 2711 614 618

Fanomezan-toky sy voady

2101.Ny kristianina, amin'ny fisehon-javatra maro, dia voantso hanao *fanomezan-toky* amin'Andriamanitra. Ny Batemy sy ny Fankaherezana, ny Fanambadiana sy ny Filaharana masina dia misy izany lalandava. Amin'ny 1237

¹ jer. Lk 1,46-49.

² Md Augustin, civ. 10, 6.

³ jer. Am 5,21-25.

⁴ jer. Iz 1,10-20.

⁵ jer. Ôs 6,6.

⁶ jer. Heb 9,13-14.

1064

fitiavam-bavaka manokana, afaka manome toky an'Andriamanitra koa ny kristianina, na amin'ny asa izany, na amin'ny fivavahana, na amin'ny fiantrana, na amin'ny fivahiniana masina, sns. Ny tsy fivadivana amin'ny fanomezan-toky natao tamin'Andriamanitra no fanehoam-panajana tsy maintsy atao amin'ny Fiandrianan' Andriamanitra sy amin'ny fitiavana Azy tsy mivadika.

2102. "Ny *voady*, izany hoe ny fanomezan-toky amin'ny nahim-po sy amin-kalalahana atao amin'Andriamanitra amin'ny tsara azo atao sy tsaratsara kokoa dia tsy maintsy tanterahina amin'ny anaran'ny herim-panahy entimivavaka"¹. Ny *voady* dia asa *fitiavam-bavaka* izay anokanan'ny kristianina ny tenany amin'Andriamanitra na ampanantenany Azy hanao asa soa iray. Noho izany, ny fanatanterahan' ny kristianina ny voadiny no amerenany amin'Andriamanitra izay nampanantenainy Azy sy natokany ho Azy. Ny Asan'ny Apôstôly dia mampiseho amintsika an'i Md Paoly miahy ny fanatanterahana ny *voady* izay nataony².

1973

2103. Eken'ny Fiangonana ny soatoavina fakan-tahaka amin'ny *voady* hampiharana ireo *torohevitra* ny *Evanjely*³ :

914

Mifaly ny Fiangonana Renintsika eo am-pahitana fa ao aminy dia betsaka ny lehilahy sy ny vehivavy te-hanara-dia akaikikaiky kokoa ny Mpamonjy, sy te-haneho mazavazava kokoa ny fanetren-tenan'ny Mpamonjy, amin'ny fiainana ny fahantrana ao anatin'ny fahafahan'ny zanak'Andriamanitra, sy amin'ny fandavana ny sitrapon'ny tena ; tsy iza izany fa ireo lehilahy sy ireo vehivavy manaiky hofehezina'olona araka an'Andriamanitra, eo ampikatsahana ny fahalavorariana mihoatra noho izay takin'ny didy, mba hanahaka tanteraka tokoa an'i Kristy fatra-panaiky⁴.

Amin'ny toe-javatra sasany, azon'ny Fiangonana atao, amin'ny antony voalanjalanja, ny manafaka ny *voady* sy ny fanomezan-toky⁵.

Adidin'ny fiaraha-monina momba ny fivavahana sy ny zo amin'ny fahazoa-mivavaka an-kalalahana

2467

2104. "Ny olombelona rehetra dia tsy maintsy mikatsaka ny fahamarinana, indrindra amin'izay mahakasika an'Andriamanitra sy ny Fiangonany ; ary rahefa mahafantatra izany izy ireo, dia hisafidy izany ka tsy hivadika

¹ CIC, can. 1191, §1.

² jer. Asa 18,18 ; 21,23-24.

³ jer. CIC, can. 654.

⁴ FF 42.

⁵ jer. CIC, can. 692 ; 1196-1197.

amin’¹. Avy “amin’ny toetra voa-Janahary maha-olona ny olona mihitsy”² io adidy io. Tsy manohitra ny “fanajana amin-kitsim-po” ho an’ireo antokom-pivavahana samihafa anefa izany, “izay matetika mitondra tsiri-pahamarinana manazava ny olona rehetra”³; tsy manohitra koa ny takin’ny fitiavana izay manery ny kristianina “hanao asa amam-pihetsika ombàn’ny fitiavana, ny fahamalinana ary ny faharetana, eo anatrehan’ireo izay tafalatsaka ao anatin’ny hevi-diso na ao anatin’ny tsy fahalalana ny finoana”⁴.

851

2105. Ny adidy amin’ny fanompoana marina an’Andriamanitra dia mahakasika ny olombelona amin’ny tenany manokana sy ao anatin’ny fiaraha-monina. Izany no “fitambaram-pampianarana katôlika nampitain’ny lovantsofina, momba ny adidy ara-môraly ho efain’ny olona sy ny fiaraha-monina ny amin’ny fivavahana marina sy ny Fiangonana token’i Kristy”⁵. Amin’ny fitoriana tsy an-kijanona ny Evanjely amin’ny olombelona, dia miasa ny Fiangonana mba hahafahan’izy ireo “mampiditra hevitra kristianina amin’ny toe-tsaina sy ny fomba fiainana amam-pitondran-tena, ny lalàna sy ny rafitry ny fiaraha-monina izay iainan’izy ireo”⁶. Ny adidy ara-piaraha-monin’ny kristianina dia ny manaja sy ny mitandrana ao amin’ny olona tsirairay ny fitiavana ny marina sy ny tsara. Takina amin’izy ireo ny hampahalala ny fanompoam-pivavahana tokana sy marina izay misy ao amin’ny Fiangonana katôlika sy apôstôlika⁷. Voantso ho fahazavan’izao tontolo izao ny kristianina⁸. Amin’izany ny Fiangonana no maneho ny fanjakan’i Kristy amin’ny voary manontolo, ary singanina manokana ny eo amin’ny fiaraha-monin’ny olombelona⁹.

854

898

2106. “Raha ny amin’ny fivavahana, na iza na iza tsy azo terena hanao asa amam-pihetsika manohitra ny kônsiansiny, na sakanana tsy hiasa, ao anatin’ny fetra ara-drariny, hanaraka ny kônsiansiny amin’ny fiainana manokana na amin’ny fiainana ampahibemaso, irery na miaraka amin’ny hafa”¹⁰. Zo miorina amin’ny toetra voa-Janahary maha-olona ny olona mihitsy izany, ka ny fahamendrehana no mampifikitra azy amin-kalalahana amin’ny fahamarinan’Andriamanitra izay mihoatra ambony dia ambony noho ny rafitra mora levona. Noho izany, io zo io dia “maharitra na dia eo

160,1782
1738

¹ FVA 1.

² FVA 2.

³ FFTK 2.

⁴ FVA 14.

⁵ FVA 1.

⁶ APL 13.

⁷ jer. FVA 1.

⁸ jer. APL 13.

⁹ jer. Léon XIII, enc. "Immortale Dei" ; Pie XI, enc. "Quas primas".

¹⁰ FVA 2 ; FAA 26.

amin'ireo izay tsy manefa ny adidy hikatsaka ny fahamarinana sy hifikitra amin'izany aza"¹.

2107. "Raha toa misy anton-javatra manokana miseho eo amin'ny vahoaka, ka nahazo fankatoavana manokana ara-panjakana, tamin'ny alalan'ny didim-pitsaràna eo antoerana, ny fiorenan'ny antokom-pinoana iray, dia ilaina indrindra amin' izay fotoana izay, ho an'ny olom-pirenena sy ny fikambanana rehetra ara-pinoana, ny mba hanekena sy hanajana ny zo amin'ny fahazoa-mivavaka an-kalalahana"².

1740 2108. Ny zo amin'ny fahazoa-mivavaka an-kalalahana dia tsy hoe fahazoandalana ara-môraly hanaraka hevi-diso³, na zo hamorona hevi-diso⁴, fa zo voa-Janahary maha-olona ny olona ho amin'ny fahafahan'olon-tsotra, izany hoe ho amin'ny fiarovan'ny lalàna avy amin'ny fahefam-pitondrampanjakana eo anatrehan'ny fanerena avy ety ivelany, ao anaty fetra aradrariny, ny amin'ny fivavahana. Tsy maintsy ekena ho anisan'ny lalàmpanjakana eo amin'ny tany ama-monina io zo voa-Janahary io, araka ny zo ara-dalàna ananan'ny mpiara-monina⁵.

2244 1906 2109. Azo asiana fetra ny zo amin'ny fahazoa-mivavaka an-kalalahana⁶, saingy tsy ferana amin'ny "didim-panjakana" novolavolaina tamin'ny fandinihana ara-java-misy fotsiny na ara-javaboary fotsiny⁷. Ny "fetra ara-drariny" izay tsy misaraka aminy dia tokony ho voafaritry ny fahendrena pôlitika amin'ny fipetraky ny toe-javatra tsirairay eo amin'ny fiaraha-monina, araka izay takin'ny soa iombonana, sy eken'ny mpitondra firenena araka ny "lalàna mitandro ny zon'olombelona sy ny lalàm-pitondran-tena marina"⁸.

III. "Tsy hanana andriamanitra hafa eo anatrehako ianao"

2110. Ny didy voalohany dia mandrara ny fanajana andriamanitra hafa afa-tsy ny Tompo Tokana izay nanambara ny Tenany tamin'ny vahoakany. Mandrara ny finoanoam-poana sy ny faniratsiram-pivavahana izy. Ny finoanoampoana dia mampiseho amin'ny fomba ratsy mihoa-pampana mikasika ny fivavahana ; ny faniratsiram-pivavahana dia haratsiam-panahy mifanohitra amin'ny hatsaram-panahin'ny fivavahana.

¹ FVA 2.

² FVA 6.

³ jer. Léon XIII, ans. "Libertas praestantissimum".

⁴ jer. Pie XII, lahateny 6 desambra 1953.

⁵ jer. FVA 2.

⁶ jer. Pie VI, bref "quod aliquantum".

⁷ jer. Pie IX, ans. "quanta cura".

⁸ FVA 7.

Ny finoanoam-poana

2111.Ny finoanoam-poana dia fivaonan'ny fiheverana momba ny fivavahana sy ny fahazotoa-mivavaka didiany hatao. Mety hahavoa koa ny fanompoam-pivavahana ataontsika amin'ilay Andriamanitra marina izany, ohatra, rahefa heverin'ny olona ho toy ny hery mazika ireny fomba amam-pihetsika sasany mikasika ny fivavahana ireny, ankoatra ny maha-ara-dalàna sy ny maha-tsy azo avela azy ireny. Ny mampifandray ny hery mahefa ananan'ny vavaka amin'ny fanaovana azy fotsiny na amin'ny famantarana ara-tsakramenta, ivelan'ny toe-panahy anaty takin'izy ireny, dia mianjera ao anatin'ny finoanoam-poana¹.

Ny fanompoan-tsampy

2112.Melohin'ny didy voalohany ny *finoana an'andriamanitra maro*. Takiny mba tsy hino andriamanitra hafa afa-tsy Andriamanitra ny olona, mba tsy hanasina andriamanitra tsy izy hafa afa-tsy ilay Tokana. Ny Soratra Masina 210 dia mampahatsiahy lalandava io fandavana ny “sampy, volamena sy volafotsy, asan-tanan'olombelona” io, izy ireny izay “manam-bava nefa tsy miteny, mana-maso nefa tsy mahita”... Tsy mahaso kely akory ireny sampy tsinontsinona ireny : “Hanahaka azy anie izay nanao azy mbamin'izay rehetra mitoky aminy !” (Sal 115,4-5.8)². Andriamanitra, hafa lavitra noho izany kosa, no ilay “Andriamanitra velona” (Jôs 3,10)³, izay mamelona sy mirotsaka eo amin'ny tantara.

2113.Tsy mikasika fotsiny ny fanompoam-pivavahana diso ataon'ny mpanompo sampy ny fanompoan-tsampy. Mijanona ho fakam-panahy lalandava amin'ny finoana izy. Mifototra amin'ny fanaovana ho Andriamanitra an'izay tsy Andriamanitra izy. Misy ny fanompoan-tsampy manomboka amin'ny 398 fotoana anomezan'ny olona voninahitra sy anajany fatratra ny zavaboary iray ho solon'Andriamanitra, ka mety ho andriamanitra kely izany na mety 2534 ho demony (ohatra : ny fanompoana an'i Satana sy ny ratsy), mety ho fahefana, mety ho fahafinaretana, mety ho firazanana, mety ho razana, mety ho Fitondram-panjakana, mety ho vola, sns... “Tsy afaka hanompo 2289 an'Andriamanitra sy i Mammon ianareo”, hoy i Jesoa (Mt 6,24). Martiry maro be no maty noho izy ireo tsy niankohoka tamin' “ilay Biby”⁴, na dia ny haneho amin'ny sarim-panompoana azy ihany aza. Mitsipaka ny maha-Tompo tokana an'Andriamanitra ny fanompoan-tsampy, noho izany, tsy 2473 mety mifanaraka amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra⁵.

¹ jer. Mt 23,16-22.

² jer. Iz 44,9-20 ; Jer 10,1-16 ; Dan 14,1-30 ; Bar 6 ; Fah 13,1-15,19.

³ jer. Sal 42,3 ; sns.

⁴ jer. Apôk 13-14.

⁵ jer. Gal 5,20 ; Efez 5,5.

2114. Mikambana amin'ny fitsaohana an'ilay Tokana ny fiainan'ny olombelona. Ny didy mba hitsaoka ny Tompo tokana dia mahatsotra ny olona sy miaro azy amin'ny fiparitahana tsy misy farany. Faharatsiana manimba ny filan'ny olona hivavaka izay efa tao aminy hatrany am-bohoka, ny fanompoantsampy. Ny mpanompo sampy dia ilay izay "mampirona ny fahalalany amin'izao zavatra rehetra tsy misy dikany izao, toy izay amin'ny fahalalana tsy mety levona momba an'Andriamanitra"¹.

Sikidy amam-panandroana sy mazia

305 2115. Afaka manambara ny hoavy amin'ny mpaminaniny na amin'ny olomasina hafa Andriamanitra. Kanefa ny toetra kristianina marina dia ny mametraka ny fitokiana ny ho avy eo ambany Fitahian' Andriamanitra, ka miala amin'ny fahalianan-kahalala rehetra manimba momba izany. Saingy ny tsy fitsinjovana ny hoavy kosa dia mety ho anisan'ny tsy fahampian'ny fandraisana andraikitra.

2116. Tsy azo ekena avokoa ny *sikidy amam-panandroana* sy izay fomba rehetra miendrika izany : fangataham-bonjy amin'i Satàna na amin'ireo demony, fiantsoana ny maty na ireo fomba amam-pihetsika hafa misandoka ho "mahalala" ny hoavy². Ny fizahana vintana (horoscope), ny fanandroana atao amin'ny fandinihana ny antokon-kintana (astrologie), ny fanandroana amin'ny fijerena bika aman-tsipitsipika eo amin'ny felatanana (chiromancie), ny fanazavana ny fambara miseho, ny fanazavana ny vintana, anjara, lahatra, mosavy, ny faminiana amin'ny fisehon-javatra mahazendana, ny fitadiavam-bonjy amin'ny mpamoha angatra ; ireo rehetra ireo dia mirakitra hery mangeja eo amin'ny fotoana, eo amin'ny tantara ary farany eo amin'ny olombelona, sady koa mirakitra faniriana hihavana amin'ireo hery miafina. Ireo rehetra ireo dia zava-manohitra ny fitokiana an'Andriamanitra sy ny voninahiny ary ny fanajana Azy, izay tokony hotanterahintsika Aminy irery ao anatin'ny fahatahorana Azy amimpitiavana.

2117. Ny fomba amam-pihetsika rehetra fanaovana *mazia* na *famosaviana*, izay amin'ny alalan'ireny no hihamboan'ny olona hamolahany ny hery miafina mba hampiasany azy ireny sy hahazoany fahefana mihoatra ny herin'olombelona eo amin'ny namana – mba hanomezana azy fahasalamana hono –, dia manohitra mafy ny herim-panahy enti-mivavaka. Mbola azo melohina mafimafy kokoa ireo fomba amam-pihetsika ireo rahefa ombàm-pikasana hanimbàna ny hafa na hangataham-pitahiana amin'ny fanampian'ny demony. Ny fitondrana ody atao fiaro koa dia mahadiso. Ny *famohazana angatra* dia matetika mitarika fanaovana sikidy amam-panandroana na

¹ Origène, Cels. 2,40.

² Jer. Det 18,10 ; Jer 29,8.

mazia. Koa mampitandrina ny mpino ny Fiangonana hiaro tena tsy ho azon'ireny. Ny fanatonana any amin'ny fitsaboana antsoina hoe nentim-paharazana dia tsy mahadiso raha tsy misy fiantsoana ny herin'ny ratsy, na fanararaotana ny mahamora mino ny hafa.

Ny faniratsiram-pivavahana

2118. Manameloka ny fahotana fototry ny faniratsiram-pivavahana ny didy voalohany : ny fakàna fanahy an'Andriamanitra, amin'ny teny na amin'ny atao, ny sakrilezy ary ny simônia.
2119. Ny *fakàna fanahy* an'Andriamanitra, dia ny fitsapan-toetra ny hatsarampony sy ny maha-Mahefa ny zavatra rehetra Azy, amin'ny teny na amin'ny atao. Tahaka izany no nirin'i Satàna ho azo avy amin'i Jesoa ³⁹⁴ hitsambikina avy eny an-Tempoly, sy hanery an'Andriamanitra hiasa amin'io fihetsika io¹. Notoherin'i Jesoa izy tamin'ny Tenin'Andriamanitra hoe : “Tsy haka fanahy ny Tompo Andriamanitrao ianao” (Det 6,16). Ny fihantsiana raketin'ny fakàna fanahy an'Andriamanitra toy izany no manimba ny fanajana sy ny fitokiana tokony ataontsika amin'ny Mpahary antsika sy Tompontsika. Mampiditra lalandava ny fisalasalana ny amin'ny ²⁰⁸⁸ fitiavany, ny fitahiany ary ny heriny izany².
2120. Ny *sakrilezy* dia ny mametaveta na ny mandray tsy amim-pahamendrehana ny sakramenta sy ny asa litorzika hafa rehetra, tahaka izany koa ny olona, ny zavatra ary ny toerana natokana ho an' Andriamanitra. Fahotana lehibe ny sakrilezy, indrindra rahefa atao amin'ny Eokaristia, satria amin'io sakramenta io, ny Tenan'i Kristy mihitsy no eo amintsika ara-pisia-maha- ¹³⁷⁴ izy³.
2121. Ny hoe *simônia*⁴ dia fivarotana na fividianana zavatra ara-panahy. Tamin' i Simôna mpanao mazia, izay naniry hividy ny fahefana ara-panahy hitany tamin'ny asa nataon'ireo apôstôly, dia novalian'i Piera hoe : “Vereza miaraka aminao ny volanao, fa sahy atakalona vola ny fanomezan' Andriamanitra” (Asa 8,20). Izany dia nampifanarahany tamin'ny tenin'i Jesoa hoe: “Nomena maimaim-poana ianareo, ka manomeza maimaim-poana” (Mt 10,8)⁵. Tsy azo atao ny mihambo ho tompon'ny soa aman-karena ara-panahy sy ny mitondra tena ho mpanana an'ireny na tompony, ¹⁵⁷⁸ satria ao amin'Andriamanitra ny loharano ipoiran'ireny. Ny azon'ny olona atao dia ny mandray maimaim-poana an'ireny avy Aminy.

¹ jer. Lk 4,9.

² jer. 1 Kôr 10,9 ; Eks 17,2-7 ; Sal 95,9.

³ jer. CIC, can. 1367 ; 1376.

⁴ jer. Asa 8,9-24.

⁵ jer. efa hita ao amin'i Iz 55,1.

2122. “Ivelan’ny tolotra nofaritan’ny mpitondra manapaka izany, ny mpandraharaha masina dia tsy hangataka na inona na inona ho amin’ny fitantanana-draharaha momba ny sakramenta, amin’ny fiahiana lalandava mba tsy noho ny tsy fananan’ireo olo-mahantra no hanakana azy ireo amin’ny famonjen’ny sakramenta”¹. Ny mpitondra manapaka izany no mametra ireny “tolotra” ireny araka ny fitsipika fototra, mba ny vahoaka kristianina no tokony hiantoka ny famelomana ireo mpandraharaha masin’ny Fiangonana. Fa “mendrika ny karamany ny mpiasa” (Mt 10,10)².

Ny tsy finoana ny fisian’Andriamanitra

2123. “Betsaka amin’ny mpiara-belona amintsika no tsy mahatsapa velively na
29 manohitra an-kitsirano tsotr’izao ny fifandraisana am-po lalina sy lehibe indrindra izay mampiray ny olombelona amin’Andriamanitra, hany ka ny tsy finoana ny fisian’Andriamanitra no anisan’ireo zava-misy tena mamohetra tokoa amin’izao androntsika izao”³.

2124. Maro samihafa tokoa ny fisehon’ny endri-javatra mikasika ny antsoina hoe tsy finoana ny fisian’Andriamanitra. Ny endrika miseho matetika amin’izany dia ny firehan-kevitra ny mpifikitra amin’ny ara-batana izay mametra ny filany sy ny firehetam-paniriany amin’ny fitoerana sy amin’ny fotoana. Ny fampianarana mandala ny maha-olombelona mpandà ny fisian’Andriamanitra dia mifikitra amin’ny hevi-diso fa “ho an’ny tenan’ny olombelona ihany ny tanjom-piainany, hany fototra mpanao sy zanahary kelin’ny tantarany”⁴. Ny endrika iray hafa miseho amin’ny tsy finoana ny fisian’Andriamanitra ankehitriny dia ny miandry fanafahana ny olombelona amin’ny fanafahana ara-piharian-karena sy ara-tsôsialy izay “toherin’ny fivavahana, hono, satria raha mampanantena ny fiainan-ko avy ho an’ny olombelona ny fivavahana, dia sady mampanantena azy ny tsy misy no mamily azy tsy hanorim-ponenana eto an-tany”⁵.

1535 2125. Ny tsy finoana ny fisian’Andriamanitra, noho izy manohitra na mandà ny fisian’Andriamanitra, dia fahotana manohitra ny herim-panahy entimivavaka⁶. Mety hihena be dia be arakaraka ny fikasana sy ny fisehon-javatra ny maha-meloka avy amin’io fahadisoana io. Amin’ny fiforonan’ny tsy finoana ny fisian’Andriamanitra sy ny fielezany, “mety hanana anjara fahadisoana amin’izany ireo mpino, izay tsy azo atao hoe bitika, arakaraka, noho ny fanaovana an-tsirambina ny fanabeazana ara-pinoana, noho ny foto-pampianarana tsy ambara araka ny tena izy, ary koa noho ny fihenana’

¹ CIC, can. 848.

² jer. Lk 10,7 ; 1 Kôr 9,4-18 ; 1 Tim 5,17-18.

³ FAA 19,§1.

⁴ FAA 20,§1.

⁵ FAA 20,§2.

⁶ jer. Rôm 1,18.

ny herin'izy ireo amin'ny fiainana ara-pivavahana, ara-môraly ary ara-tsôsialy, izay azo lazaina fa anakonan'izy ireo ny tena endrik' Andriamanitra marina sy ny finoana, fa tsy hampisehoan'izy ireo izany akory”¹.

2126. Ny tsy finoana ny fisian'Andriamanitra dia matetika miorina amin'ny fisainana diso momba ny fahazakan-tenan'ny olombelona irery, izay tonga hatramin'ny fandavana ny fiankinana rehetra amin' Andriamanitra². Kanefa, “tsy manohitra velively ny fahamendrehan'ny olombelona ny fanekena an'Andriamanitra, satria ao amin' Andriamanitra rahateo no misy an'io fahamendrehana io, ary Izy no manorina izany sy manatanteraka izany”³. Fantatry ny Fiangonana “fa mifanaraka amin'ny tsiambaratelo miafina ao am-pon'ny olombelona ny hafatra entiny”⁴. 396
154

Ny fandavam-pahalalana an'Andriamanitra

2127. Endrika maro no isehoan'ny fandavam-pahalalana an'Andriamanitra. Amin'ny sehon-javatra sasany, tsy mandà an'Andriamanitra ny mpandà ny fahalalana an'Andriamanitra ; mifanohitra amin'izany aza ny tadiaviny, dia ny fisian'ny olona iray mihoatra ny tsapa sy ny hita izay tsy afaka hampahafantatra ny tenany, ary tsy misy na iza na iza hahay hilaza izany. Amin'ny sehon-javatra hafa, ny mpandà ny fahalalana an'Andriamanitra dia tsy manambara ny heviny momba ny fisian'Andriamanitra, amin'ny filazana fa tsy vita ny manaporofa izany, ary tsy vita koa na ny manamarina na ny mandà izany. 36
2128. Indraindray ny fandavam-pahalalana an'Andriamanitra dia mety hiraikitra fikatsahana an'Andriamanitra ihany, nefa koa mety hampiseho ny tsy firaharahana Azy, ny fihodivirana manoloana ny fanontaniana saro-baliana momba ny fisiany, ary ny fahalainan'ny kônsiansy môraly. Matetika tokoa ny fandavam-pahalalana an'Andriamanitra no mitovy amin'ny tsy finoana ny fisian'Andriamanitra, amin'ny fomba amam-pihetsika. 1036

IV. “Tsy hanao sary na inona na inona voasokitra ianao...” 1159-1162

2129. Mandrara ny fanehoana rehetra an-tsary an'Andriamanitra ataon'ny tanan' olombelona, ny didy avy Aminy. Manazava ny Deterônômy hoe: “Satria tsy nahita endrika velively ianareo, tamin'ny andro nitenenan'ny Tompo taminareo, tany Hôreba, teo afovoan'ny afo, dia tandremo sao miharatsy ianareo ka manao sarin-javatra voasokitra mampiseho Azy na inona na

¹ FAA 19,§3.

² jer. FAA 20,§1.

³ FAA 21,§3.

⁴ FAA 21,§7.

inona ...” (Det 4,15-16). Ilay Andriamanitra Ambony tsy taka-polopolorina tanteraka no nanambara ny Tenany tamin’i Israely. “Izy no zavatra rehetra”, nefa koa “ambony noho ny asany rehetra Izy” (Ekl 43,27-28). “Izy rahateo no loharanon’ny hatsara rehetra amin’ny zavaboary” (Fah 13,3).

2130. Kanefa, hatramin’ny Testamenta Taloha Andriamanitra no nandidy na nanome lalana ny famoronana sary izay hitarika amim-panehoana an’ ohatra ho amin’ny famonjen’ny Teny tonga nofo : tahaka izany ny bibilava varahina¹, ny fiaran’ny fanekena ary ny kerôbima².

476 2131. Miorina amin’ny misterin’ny Teny tonga nofo no nanamarinan’ny Kônsily ekiomenika fahafito tao Nicée (taona 787) ny fanajana am-bavaka ny sarimasina, hanoherana ny mpanohitra izany : ny sarimasin’i Kristy, nefa koa ny an’ny Renin’Andriamanitra, ny anjely ary ny olomasina rehetra. Tamin’ny fahatongavana ho nofo, no nisantaran’ny Zanak’Andriamanitra ny “fitantanam-pamonjena” vaovao momba ny sary.

2132. Tsy manohitra ny didy voalohany izay mandrara ny sampy, ny fanajana am-bavaka ataon’ny kristianina amin’ny sary. Satria, “ny fanajana atao amin’ny sary dia fanajana ilay olona voaseho amin’izany”³, ary, “na iza na iza manaja ny sary dia manaja ny olona izay voaseho ao amin’izany”⁴. Ny fanajana atao amin’ny sary masina dia “fanajana mendri-kaja” fa tsy fitsaohana izay tsy sahaza afa-tsy amin’Andriamanitra irery :

Ny mari-panajana ara-pivavahana atao dia tsy mivantana amin’ny sary amin’ny tena maha-sary tokoa azy, fa mijery azy amin’ny endrika asehon’ny sary izay mitarika antsika mankany amin’Andriamanitra tonga nofo. Ary amin’izany ny fihetsika izay avantana amin’ny sary amin’ny maha-sary azy, dia tsy miantefa sy mijanona aminy, fa mankamin’ilay tena izy asehon’ilay sary⁵.

FAMINTINANA

2133. “*Ho tia ny Tompo Andriamanitrao ianao, amin’ny fonao manontolo, amin’ny fanahinao manontolo ary amin’ny herinao manontolo*” (Det 6,5).

2134. *Ny didy voalohany dia miantso ny olombelona hino an’Andriamanitra sy hanantena Azy ary ho tia Azy mihoatra noho ny zavatra rehetra.*

¹ jer. Fan 21,4-9 ; Fah 16,5-14 ; Jo 3,14-15.

² jer. Eks 25,10-22 ; 1 Mpanj 6,23-28 ; 7,23-26.

³ Md Basile, Spir. 18, 45.

⁴ Kôns. Nisea II : DS 601 ; jer. Kôns. Trente : DS 1821-1825 ; jer. Kôns. Vatikana II : L 125 ; FF 67.

⁵ Md Thomas d’A., s.th. 2-2, 81, 3, ad 3.

2135. “Ny Tompo Andriamanitrao no hivavahanao” (Mt 4,10). Ny mitsaoka an’ Andriamanitra, ny mivavaka Aminy, ny manome haja izay Azy, ny manatanteraka ny fampanantenana sy ny voady natao taminy, dia asan’ny herim-panahy enti-mivavaka izay mifandraika amin’ny fankatoavana ny didy voalohany.
2136. Mahakasika ny olombelona amin’ny tenany manokana sy ao anatin’ny fiaraha-monina, ny adidy amin’ny fanompoana marina an’Andriamanitra.
2137. Ny olona dia “tokony ho afaka haneho amin-kalalahana ny finoana amampivavahana, na ampahibemaso na tsy ampahibemaso”¹.
2138. Fiviliam-panompoana izay ataontsika amin’ily Andriamanitra marina ny finoanoam-poana. Miseho amin’ny fanompoan-tsampy izany, ary koa amin’ny endrika samihafa miseho amin’ny sikidy amam-panandroana sy ny mazia.
2139. Ny fakàna fanahy an’Andriamanitra amin’ny teny na amin’ny atao, ny sakrilezy, ny simônia, dia fahotana avy amin’ny faniratsiram-pivavahana voararan’ny didy voalohany.
2140. Ny tsy finoana ny fisian’Andriamanitra, noho izy manohitra na mandà ny fisian’Andriamanitra, dia fahotana manohitra ny didy voalohany.
2141. Ny fanajana am-bavaka ny sary masina, dia miorina amin’ny misterin’ny Fahatongavan’ny Tenin’Andriamanitra ho Nofo. Tsy mifanohitra velively amin’ny didy voalohany izany.

ANDALANA 2

Ny didy faharoa

Tsy hanonom-poana ny Anaran’ny Tompo Andriamanitrao ianao (Eks 20,7)².

Voalaza tamin’ny ntaolo hoe : « Tsy hianian-tsy to ianao. » (...) Fa Izaho kosa milaza aminareo tsy hianiana akory (Mt 5,33-34).

I. Masina ny Anaran’ny Tompo

2807-2815

2142. Mandidy hanaja ny Anaran’ny Tompo ny didy faharoa. Toy ny didy voalohany, miankina amin’ny herim-panahy enti-mivavaka ny didy faharoa

¹ FVA 15.

² jer. Det 5,11.

sy manitsy amin'ny fomba manokana ny fampiasantsika ny fiteny momba ny zava-masina.

203 2143. Amin'ireo teny rehetra momba ny Fanambaràn'Andriamanitra, misy anankiray miavaka dia ny fanambaràna ny Anarany. Ankinin' Andriamanitra amin'ireo izay mino Azy ny Anarany ; manambara ny Tenany amin'izy ireo ao amin'ny misteriny manokana Izy. Anisan'ny didy momba ny tsiambaratelo sy ny fiainana manokana ny fanomezana anarana. "Masina ny Anaran'ny Tompo." Izany no antony tsy hahazoan'ny olombelona manonom-poana Azy. Manana adidy izy hitadidy izany ao anatin'ny fanginam-pitsaohana amam-pitiavana¹. Tsy azony ampiasaina amin'ny fiteniny io Anarana io, raha tsy hoe hisaotra Azy, hidera Azy ary hankalaza Azy².

435

2144. Ny fanajana atao amin'ny Anaran'Andriamanitra dia maneho ny fanajana izay tokony hatao amin'ny misterin'ny Tenany sy amin'ny zava-masina rehetra izay ampahatsiahivin'izany mystery izany. Miankina amin'ny herimpanahy enti-mivavaka ny *fieritretetana zava-masina* :

Fihetseham-po kristianina ve sa tsia ny fihetseham-po amin'ny fahatahorana sy amin'ny zava-masina ? Tsy misy olona mety hisalasalala amin'izany raha misaina tsara izy. Ireo no fihetseham-po mety hananantsika, ary amin'ny heriny mafimafy kokoa, raha mahazo fahitana an'Andriamanitra avo indrindra isika. Ireo no fihetseham-po mety hananantsika raha "mahazo an-tsaina mazava" ny maha-eo Azy isika. Arakaraka ny inoantsika fa eo Izy no tokony hananantsika ireny fihetseham-po ireny. Ny tsy manana azy ireny, dia tsy mahazo an-tsaina velively, tsy mino velively fa eo Izy³.

2472,427

2145. Tsy maintsy mijoro vavolombelon'ny Anaran'ny Tompo ny mpino, amin'ny fanambaràny ampahibemaso ny finoany tsy hanaiky ho resin-tahotra⁴. Ny asan'ny fitorian-teny sy ny asan'ny katesezy dia tokony ho heniky ny fitsaohana sy ny fanajana ny Anaran'i Jesoa Kristy Tompontosika.

2146. *Mandrara ny fanaranam-po amin'ny Anaran'Andriamanitra* ny didy faharoa, izany hoe ny fampiasana rehetra tsy mendrika ny Anaran'Andriamanitra, ny Anaran'i Jesoa-Kristy, ny anaran'i Maria Virjiny ary ny anaran'ny olomasina rehetra :

2101 2147. Ireo *fampanantenana* atao amin'ny hafa amin'ny Anaran' Andriamanitra dia mametraka ho antoka ny hajan'Andriamanitra, ny tsy fivadihany, ny

¹ jer. Zak 2,17.

² jer. Sal 29,2 ; 96, 2 ; 113,1-2.

³ Newman, par. 5, 2.

⁴ jer. Mt 10,32 ; 1 Tim 6,12.

hamarinany ary ny fahefany amin'ny fanatanterahana izany. Tokony hajaina amim-pahamarinana ireny. Ny mivadika amin'izany, dia manararao-dratsy ny fampiasana ny Anaran' Andriamanitra, izany hoe manao an'Andriamanitra ho mpandainga¹.

2148. Manohitra mivantana ny didy faharoa ny *faniratsirana*. Fanononan-teny manohitra an'Andriamanitra izany – ao an-tsaina, ao am-po na ety ivelany – teny fankahalana, teny fanomezan-tsiny, teny fihantsiana, hitenenan-dratsy an'Andriamanitra, tsy hanajana Azy amin'ny teny aloaky ny vavan' ny tena, hanararaotana ny fampiasana ny Anaran'Andriamanitra. Manome tsiny “ireo izay miteny ratsy ny Anarana tsaran'i Jesoa izay niantsoana azy ireo” i Md Jakôba (Jak 2,7). Miitatra hatramin'ny teny enti-manohitra ny Fiangonan'i Kristy, ny olomasina, ny zavatra masina, ny fandràna ny fitenenan-dratsy an'Andriamanitra. Mbola faniratsirana koa ny mampiasa ny Anaran'Andriamanitra mba hanarontsaronana ny fomba amam-pihetsika mahameloka, hampanekena ny vahoaka ho amin'ny fanandevozana, hampijalijaliana na hamonoana ho faty. Mahatonga fandavana ny fivavahana ny fanararaotana amin'ny fampiasana ny Anaran' Andriamanitra mba hanaovana heloka iray.

Manohitra ny fanajana tokony hatao amin'Andriamanitra sy amin'ny Anarany masina ny faniratsirana. Koa fahotana lehibe ny faniratsirana amin'ny maha-faniratsirana azy².

1756

2149. Ny *fiozonana*, izay mampiditra ny Anaran'Andriamanitra, na dia tsy manana eritreritra haniratsira aza, dia tsy fanajana ny Tompo. Raràn'ny didy faharoa koa ny *fampiasana ny Anaran'Andriamanitra ho toy ny mazia*.

Lehibe ny Anaran'Andriamanitra eo amin'izay manonona Azy amin'ny fanajana sahaza ny halehibeny sy ny Fahamboniany. Masina ny Anaran' Andriamanitra eo amin'izay manonona Azy amim-panajana sy tahotra ny hanevateva Azy³.

II. Ny Anaran'ny Tompo tonontononim-poana

2150. *Mandrara ny fianianana tsy marina* ny didy faharoa. Ny mianiana na miozona, dia ny maka an'Andriamanitra ho vavolombelon'izay lazain'ny tena fa marina tokoa. Izay ilay antsoina hoe miantso porofo ny hamarinan' Andriamanitra ho antoky ny hamarinan'ny tena. Mametraka ny anaran'ny Tompo ho antoka ny fianianana. “Ny Andriamanitrao no hatahoranao, Izy no hotompoinao ; amin'ny anarany no hianiananao” (Det 6,13).

¹ jer. 1 Jo 1,10.

² jer. CIC, can. 1369.

³ Md Augustin, serm. Dom. 2, 5, 19.

2151. Adidy amin'Andriamanitra ny mandà ny fianianana tsy marina. Amin'ny
 215 maha-Mpahary sy Tompo an'Andriamanitra, dia Izy no fitsipiky ny fahamarinana rehetra. Mifanaraka na mifanohitra amin'Andriamanitra izay Fahamarinana rahateo ny tenin'olombelona. Manazava ny fifandraisan'ny tenin'olombelona amin'ny fahamarinan'Andriamanitra ny fianianana raha toa ka marina sy araka ny hitsiny. Miantso an'Andriamanitra hanaporofolainga ny fianianana tsy marina.
2152. Antsoina hoe *mianian-tsy to* ilay izay manao fampanantenana amim-
 2476 pianianana, nefa tsy eritreretiny hotanterahina akory, na izay avy nampanantena nombam-pianianana, nefa tsy nanatanteraka izany velively.
 1756 Anisan'ny tsy fahampiam-panajana lehibe an'ilay Tompon'ny teny rehetra ny fianianan-tsy to. Manohitra ny fahasinan'ny Anaran' Andriamanitra ny mampanantena arahim-pianianana hanao asa ratsy iray.
2153. Namelabelatra ny didy faharoa tamin'ny toriteny teo an-Tendrombohitra i Jesoa : "Efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: "Tsy hianiana tsy to ianao, fa efao amin'ny Tompo ny fianiananao." Fa Izaho kosa milaza aminareo tsy hianiana akory (...). Aoka ny teninareo ho : "Eny, dia eny", "Tsia, dia tsia" : izay lazaina mihoatra noho izany dia avy amin'ilay Ratsy" (Mt 5,33-34.37)¹. Ampianarin'i Jesoa fa ny fianianana rehetra dia ao anatin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra ka tokony hohajaina amin'ny
 2466 teny rehetra ny fisian'Andriamanitra sy ny fahamarinany. Ny mahatambava amin'ny fangataham-bonjy amin'Andriamanitra eo amin'ny fiteny dia mitovy amin'ny fitandremana amim-panajana ny fisiany, manamarina na manevateva, amin'ny filazam-pahamarinana tsirairay ataontsika.
2154. Ny lovam-pampianaran'ny Fiangonana, manaraka ny nataon'i Md Paoly², dia mahatakatra an-tsaina fa tsy manohitra ny tenin'i Jesoa ny manao fianianana, rahefa atao noho ny antony lehibe sy rariny (ohatra : eo anatrehan'ny tribonaly). "Ny fianianana, izany hoe ny filazana ny Anaran' Andriamanitra ho vavolombelon'ny fahamarinana, dia tsy mety haseho afa-tsy amin'ny fahamarinana, omban'ny fahaiza-mandanjalanja ary araka ny rariny sy ny hitsiny"³.
2155. Ny fahasinan'ny Anaran'Andriamanitra dia mitaky ny tsy hangataham-bonjy Aminy amin'ny zavatra tsinontsinona, sy ny tsy hianianana amin'ny fisehon-javatra mety hampahatonga hilaza Azy ho toy ny fankasitrahana ny fahefana izay mety hitaky izany amin'ny fomba tsy ara-drariny. Raha
 1903 mpitondra tsy ara-dalàna eo amin'ny firenena no mitaky fianianana, dia azo lavina. Tsy maintsy lavina ny manao fianianana, raha toa ka angatahina ho

¹ jer. Jak 5,12.

² jer. 2 Kôr 1,23 ; Gal 1,20.

³ CIC, can. 1199, §1.

amin'ny tanjona manohitra ny fahamendrehan'ny olona na ny fiombonan'ny Fiangonana.

III . Ny anarana kristianina

2156. Omena “amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina” (Mt 28,19) ny sakramentan'ny Batemy. Amin'ny Batemy, ny Anaran'ny Tompo no manamasina ny olona ary ao amin'ny Fiangonana no mandray ny anarany ny kristianina. Izany dia mety ho anaran'olomasina, izany hoe mpianatra iray izay niaina ny fiainana tsy mivadika nalaina tahaka tamin'ny Tompony. Ny fitondrany ny anaran'ny olomasina no manome môdelim-pitiavana sy miantoka amin'ny fanelanelanany. Ny “anarana amin'ny Batemy” dia mety maneho koa ny mistery kristianina na ny hatsarampanahy kristianina. “Ny ray aman-dreny niteraka, ny mpiantoka ary ny Pretra mpiandraikitra voalohany ny paroasy dia hitandrina mba tsy hanome fanampin'anarana hafahafa ny maha-kristianina”¹. 232 1267
2157. Atomboky ny kristianina amin'ny famantarana ny Hazofijaliana, “amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Amen”, ny androny, ny fivavahany ary ny ataony. Manokana ny andro ho voninahitr'Andriamanitra ny vita batemy, sy miantso ny fahasoavan'ny Mpamonjy, izay ahafahany manao asa amam-pihetsika ao amin'ny Fanahy amin'ny maha-zanaky ny Ray azy. Ny famantarana ny Hazofijaliana no mampahery antsika handresy ny fakam-panahy sy ny zava-manahirana. 1235 1668
2158. Antsoin'Andriamanitra amin'ny anarany avy ny olona tsirairay². Masina ny anaran'ny olona rehetra. Ny anarana no sarimasin'ny maha-olona. Mila fanajana izany, ho mariky ny fahamendrehan'ily izay mitondra azy.
2159. Anarana ho amin'ny mandrakizay ny anarana nomena ny olona. Any amin'ny fanjakan'Andriamanitra, ny toetra mistery sy tokana ao amin'ny olona tsirairay voamariky ny Anaran'Andriamanitra no hamirapiratra amin'ny fahazavana feno. “Amin'izay mandresy, (...) homeko vatofotsy, misy anarana vaovao voasoratra izay tsy misy mahalala afa-tsy izay mandray azy ihany” (Apôk 2,17). “Nijery indray aho, ka indro nitsangana teo an-tendrombohitr'i Siôna ny Zanak'Ondry ; olona efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy no nanaraka Azy, samy mitondra ny Anaran'ny Zanak'Ondry sy ny Anaran-dRainy, voasoratra eo an-kandrin'izy ireo” (Apôk 14,1).

¹ CIC, can.855.

² jer. Iz 43,1 ; Jo 10,3.

FAMINTINANA

2160. “*Ry Tompo Andriamanitray ô, mba lehibe re ny Anaranao, manerana ny tontolon’ny zava-drehetra*” (Sal 8,2).
2161. *Ny didy faharoa dia mandidy hanaja ny Anaran’ny Tompo. Masina ny Anaran’ny Tompo.*
2162. *Ny didy faharoa dia mandrara ny fampiasana tsy mendrika rehetra ny Anaran’Andriamanitra. Ny faniratsirana dia mifototra amin’ny fampiasana ny Anaran’Andriamanitra, ny Anaran’i Jesoa-Kristy, ny anaran’i Maria Virjiny ary ny anaran’ny olomasina amin’ny fomba manevateva.*
2163. *Ny fianianana tsy marina dia ny miantso an’Andriamanitra ho vavolombelona amin’ny lainga. Ny fianianana tsy to dia fahadisoana lehibe amin’ny Tompo izay tsy mivadika lalandava amin’ny fampanantenany.*
2164. “*Aza mianiana na amin’ny Mpahary, na amin’ny zavaboary, raha tsy amin’ny zavatra marina, ilaina ary atao amim-panajana*”¹.
2165. *Amin’ny Batemy ny kristianina no mandray ny anarany ao amin’ny Fiangonana. Ny ray aman-dreny niteraka, ny mpiantoka ary ny Pretra mpiandraikitra voalohany ny paroasy dia hitandrina mba tsy hanome fanampin’anarana hafahafa ny maha-kristianina. Ny fitondrany ny anaran’olomasina iray no manome môdelim-pitiavana sy miantoka ny fivavahany.*
2166. *Ny famantarana ny Hazofijaliana “amin’ny Anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Amen”, no anombohan’ny kristianina ny fivavahany sy ny ataony rehetra.*
2167. *Miantso ny tsirairay amin’ny anarany avy Andriamanitra*².

ANDALANA 3

Ny didy fahatelo

“Tsarovinao ny andro sabata mba hanamasina azy. Mandritra ny andro enina no hiasanao sy hanaovanao ny taozavatrao ; fa ny andro fahafito dia sabata voatokana ho an’ny Tompo Andriamanitrao. Tsy hanao asa na inona na inona ianao amin’izany” (Eks 20,8-10)³.

¹ Md Ignace , ex. spir. 38.

² jer. Iz 43,1.

³ jer. Det 5,12-15.

“Ny sabata no natao ho an’ny olona, fa tsy ny olona no ho an’ny sabata; ny Zanak’olona dia tompon’ny sabata koa” (Mk 2,27-28).

I. Ny andro sabata

346-348

2168. Ny didy fahatelo amin’ny Didy folo no mampahatsiahy ny fahamasinan’ny sabata : “Ny andro fahafito dia sabata ; fitsaharana tanteraka natokana ho an’ny Tompo” (Eks 31,15).

2169. Ny Soratra masina, amin’io teny io dia *mampahatsiaro ny fahariana* :
“Satria ny andro enina no nanaovan’ny Tompo ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina mbamin’izay rehetra ao aminy, fa nitsahatra Izy tamin’ny andro fahafito. Koa izany no nanasoavan’ny Tompo ny andro sabata, sy nanamasinany azy” (Eks 20,11). 2057

2170. Ny Soratra masina dia maneho koa amin’ny andron’ny Tompo, ny *fahatsiarovana ny fanafahana an’i Israely* tamin’ny fanandevozana tao Ejipta : “Ho tsaroanao fa efa andevo tao amin’ny tany Ejipta ianao, ary ny Tompo Andriamanitrao no namoaka anao avy tany, tamin’ny tanana mahery sy sandry nahinjitra. Koa izany no nandidian’ny Tompo Andriamanitrao anao hitandrina ny andro sabata” (Det 5,15).

2171. Nankinin’Andriamanitra tamin’i Israely ny sabata mba hotandremanay amin’ny *maha famantarana ny fanekem-pihavanana* tsy azo ravana azy¹. Natao ho an’ny Tompo ny sabata, natokana amim-pahamendrehana amin’ny fiderana an’Andriamanitra, amin’ny tsanganasan’ny fahariany ary amin’ny asam-pamonjeny ho tombon-tsoan’i Israely.

2172. Ny asa amam-pihetsik’Andriamanitra no môdelin’ny asa amam-pihetsik’ olombelona. Raha “niala sasatra” Andriamanitra tamin’ny andro fahafito (Eks 31,17), dia tokony “tsy hiasa” koa ny olombelona sy hamela ny hafa, indrindra ny mahantra hiala sasatra². Ny sabata no mampitsahatra ny asa andavanandro sy manome fialan-tsasatra. Andro fandavana mafy ny fanandevozan’ny asa sy ny fitiavam-bola tafahoatra ny sabata³. 2184

2173. Ny Evanjely dia mitatitra zavatra maro tsy ampoizina izay niampangana an’i Jesoa ho mandika ny lalànan’ny sabata. Kanefa, na oviana na oviana, tsy banga tamin’ny fankamasinana io andro io i Jesoa⁴. Izy no nanome izany tamim-pahefana ny fanazavana ny dikany marina : “Ny sabata no natao ho an’ny olona, fa tsy ny olona no ho an’ny sabata” (Mk 2,27). 582

¹ jer. Eks 31,16.

² jer. Eks 23,12.

³ jer. Neh 13,15-22 ; 2 Tant 36,21.

⁴ jer. Mk 1,21 ; Jo 9,16.

Tamim-pangorahana ny Tenany i Kristy no nanome fahefana tamin'ny andro sabata, hanao ny tsara fa tsy ny ratsy, hamonjy aina fa tsy hamono¹. Andron'ny Tompon'ny famindram-po sy ny haja amam-boninahitr' Andriamanitra ny sabata². “Ny Zanak’olona no Tompon’ny sabata” (Mk 2,28).

II. Ny andron’ny Tompo

Ity no andro nataon’ny Tompo, mifalia sy miravoravoa isika (Sal 118,24).

Ny andron’ny Fitsanganan-ko velona : fahariana vaovao

638 2174. Nitsangan-ko velona avy amin’ny maty i Jesoa, “ny andro voalohany
349 amin’ny herinandro” (Mk 16,2)³. Amin’ny maha- “andro voalohany” azy,
ny andron’ny Fitsanganan’i Kristy ho velona dia mampahatsiahy ny
fahariana voalohany. Amin’ny maha- “andro fahavalo” azy izay manaraka
ny sabata⁴, dia midika ho fahariam-baovao nosantarina tamin’ny
Fitsanganan’i Kristy ho velona izany. Ho an’ny kristianina dia nanjary
voalohany amin’ny andro rehetra, voalohany amin’ny fety rehetra, ny
andron’ny Tompo (*Hè kuriakè hèmèra, dies dominica*), ny “alahady” :

Miara-miangona izahay rehetra isaky ny andron’ny masoandro satria izany
no andro voalohany [aorian’ny sabata jody, nefa koa andro voalohany]
izay tamin’izany Andriamanitra, tamin’ny nanalany ny fototry ny maizina,
no nahary an’izao tontolo izao, ary tamin’io andro io ihany koa, i Jesoa
Kristy Mpamonjintsika no nitsangan-ko velona avy amin’ny maty⁵.

Ny alahady – fahatanterahan’ny sabata

1166 2175. Ny alahady dia miavaka mazava tsara amin’ny sabata izay dimbiasany
amin’ny ara-potoana, isan-kerinandro, ary ho an’ny kristianina, dia
fanoloana ny didy momba ny fankalazana lanonana. Izy no nanatanteraka,
ao amin’ny Pakan’i Kristy, ny fahamarinana ara-panahy amin’ny sabata
jody sy manambara ny fialan-tsasatra mandrakizay iainan’ny olombelona
ao amin’ Andriamanitra. Satria ny fanajana lalina ny lalàna no nanomana
ny misterin’i Kristy, ary izay natao tamin’izany no nampiseho an-tsary ny
toetr’endrika sasany momba an’i Kristy⁶ :

¹ jer. Mk 3,4.

² jer. Mt 12,5 ; Jo 7,23.

³ jer. Mt 28,1 ; Lk 24,1 ; Jo 20,1.

⁴ jer. Mk 16,1 ; Mt 28,1.

⁵ Md Justin, apol. 1, 67.

⁶ jer. 1 Kôr 10,11.

Ireo izay niaina araka ny didy tranainy momba ny zavatra maro dia tonga amin'ny fanantenana vaovao, tsy amin'ny fitandremana intsony ny sabata, fa amin'ny Andron'ny Tompo, izay amin'izany ny fiainantsika no voatsodrano amin'ny Alalany sy amin'ny fahafatesany¹.

2176. Ny fankalazana amin'ny andro alahady dia mitandrana ny didy ara-môraly nosoratan'ny Mpahary ao am-pon'ny olombelona “hanompo Azy amin'ny fomba miharihary, hita maso, ampahibemaso sy ara-potoana amin'ny famantarana ny soa ataony manenika an'izao tontolo izao ho an'ny olombelona”². Ny fanompoam-pivavahana amin'ny andro alahady dia manatanteraka ny didy ara-môraly ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha izay anohizany ny famerimberenana ara-potoana sy ny foto-pisainana amin'ny fankalazana isan-kerinandro ny Mpahary sy ny Mpanavotra ny vahoakany.

Ny Eokaristia amin'ny andro alahady

2177. Ny fankalazana ny maha-andron'ny Tompo ny Alahady sy ny Eokaristiany no votoatin'ny fiainan'ny Fiangonana. “Ny alahady izay ankalazana ny misterin'ny Paka, araka ny lovam-pampianaran'ny apôstôly, dia tsy maintsy tandremana ao amin'ny Fiangonana manontolo ho andro voalohany indrindra amin'ny andro fety voadidy hohamasinina”³. 1167

“Toy izany, tsy maintsy tandremana ny andro Nahaterahan'i Jesoa Kristy Tompontosika, ny Epifania, ny Fiakarana any an-danitra sy ny Vatana aman-dRa Masina Indrindra an'i Kristy, ny andron'i Masina Maria Renin'Andriamanitra, ny Nahatorontoronina tsy azon-keloka azy sy ny Nampiakarana azy any an-danitra, ny andron'i Md Josefa, ry Md Piera sy i Paoly apôstôly ary ny Olomasina rehetra”⁴. 2043

2178. Izany fomban'ny kristianina miara-miangona izany dia nanomboka tamin'ny fiandohan'ny vanin-potoanan'ny apôstôly⁵. Mampahatsiahy ny Taratasy ho an'ny Hebriô hoe : “Aza mandao ny fiarahantsika miangona toy ny fanaon'ny sasany tsy manao izany ; fa mifamporisihana ianareo” (Heb 10,25). 1343

Ny lovam-pampianarana dia mitahiry ny fahatsiarovana momba ny famporisihana tsy mbola miova mandraka ankehitriny : “Tonga mialoha ao am-Piangonana, manatona ny Tompo ary mibaboka ny fahotana nataon'ny tena, manenina amin'izany eo am-panaovana vavaka (...). Manatrika ny litorzia masina sady mahatalanjona, mamita ny fivavahan'ny tena ary tsy miala ao mihitsy alohan'ny fanirahana (...). Matetika izahay no

¹ Md Ignace d'Antioche, Magn. 9, 1.

² Md Thomas d'A., s.th. 2-2, 122, 4.

³ CIC, can. 1246, §1.

⁴ CIC, can. 1246, §1.

⁵ jer. Asa 2,42-46 ; 1 Kôr 11,17.

milaza izany fa : nomena ho anareo io andro io mba hivavahana sy hialantsasatra. Io no Andro izay nataon'ny Tompo. Mifalia sy miravoravoava isika, amin'io andro io"¹.

1567 2179. “Ny *paroasy* no ankohonam-piangonana voafaritra mazava ho an'ny
mpino, izay narafitra hijoro amin'ny fomba mafy orina amin'ny Fiangonana
eo an-toerana, ka ny fiadidiana pastôraly dia nankinina amin'ny Pretra
2691 mpiandraikitra voalohany ny paroasy, amin'ny maha-mpiandry ondry ny
tenany, eo ambany fahefan'ny Eveka mitondra diôsezy”². Io no toerana izay
2226 mety hiangonan'ny mpino rehetra amin'ny fankalazana ny Eokaristia
amin'ny andro alahady. Ny paroasy no mampisantatra ny vahoaka
kristianina amin'ny fanehoana andavanandro ny fiainana ara-litorzia sy
mamory azy amin'ny fankalazana izany ; ny paroasy no mampianatra ny
fitambaram-pampianarana momba ny famonjen'i Kristy ; ny paroasy no
manatontosa ny fitiavan'ny Tompo ao anatin'ny asa tsara sy ara-
pirahalahiana³ :

Raha any an-trano ianao dia tsy afaka hivavaka tahaka ny ao am-
Piangonana, izay ao no misy ny maro an'isa, izay ao no andefasana ny
antso amin'Andriamanitra amin'ny fo miara-mitempo. Misy zavatra
sasany fanampin'izany ao, dia ny firaisan-tsaina, ny fifanarahan'ny
fanahy, ny fifamatoram-pitiavana, ny fivavahan'ny Pretra⁴.

Ny adidy amin'ny andro alahady

2042 2180. Ny didin'ny Fiangonana dia mametra sy manoritra mazava ny Lalànan'ny
1389 Tompo : “Ny alahady sy ny andro fety hafa voadidy hohamasinina, dia
voadidy handray anjara amin'ny Lamesa ny mpino”⁵. “Mahatanteraka ny
didy amin'ny fandraisana anjara amin'ny Lamesa, izay manatrika ny
Lamesa ankalazaina araka ny fombam-pivavahana katôlika amin'ilay andro
fety mihitsy na ny harivan'ny andro mialoha”⁶.

2181. Ny fankalazana ny Eokaristia amin'ny alahady no manorina sy
mampanan-kery izay rehetra ataon'ny kristianina. Izany no mahatonga ny
mpino ho voatery handray anjara amin'ny Eokaristia amin'ny andro
voadidy hohamasinina, raha tsy fahafahana amin'ny antony marina tokoa
(ohatra : ny aretina, ny fikarakarana ny zaza menavava) na nahazo lalana

¹ Pseudo-Eusèbe d'Alexandrie, serm. dom.

² CIC, can. 515, §1.

³ Jer. Joany Paoly II, CL 26.

⁴ Md Jean Chrysostome, incomprehens. 3, 6.

⁵ CIC, can. 1247.

⁶ CIC, can. 1248, §1.

avy amin'ny mpitondra azy ireo¹. Ireo izay minia tsy hanatanteraka izany adidy izany dia manao fahotana lehibe.

2182. Ny fandraisana anjara amin'ny fankalazana iombonana amin'ny Eokaristian'ny andro alahady no porofo ny maha-an'i Kristy sy ny maha-an'ny Fiangonany ny tenan'ny mpino, ary koa ny tsy fivadihana amin'Izy ireo. Amin'izany ny mpino no manamarina ny fiombonan'izy ireo ao anatin' ny finoana sy ny fitiavana, miara-mampiseho ny fahamasinan' Andriamanitra sy ny fanantenan'izy ireo ny Famonjena, mifankahery eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina. 815

2183. “Raha tsy azo tanterahina ny fandraisana anjara amin'ny fankalazana ny Eokaristia, noho ny tsy fisian'ny mpandraharaha voahosotra, na noho ny antony lehibe hafa rehetra, dia hafatrafarana mafy tokoa ny mpino handray anjara amin'ny litorzian'ny Tenin'Andriamanitra, ao amin'ny fiangonan'ny paroasy na amin'ny toerana masina hafa, raha misy izany fankalazana izany, araka ny fepetra noraisin'ny Eveka mitondra diôsezy, na koa mila milozoka amin'ny vavaka mandritra ny fotoana mety izy ireo, irery na miaraka amin'ny fianakaviana, na, araka ny fifanojoan-javatra, ao anatin'ny vondrom-pianakaviana”².

Androm-pahasoavana sy fampiatoana ny asa

2184. Noho Andriamanitra “nitsahatra tamin'ny asa rehetra nataony, tamin'ny andro fahafito” (Jen 2,2), dia ny asa sy ny fialan-tsasatra no mifandimbindimby mandrindra ny fiainan'ny olombelona. Ny fanorenana ny Andron'ny Tompo no manampy mba hifalian'ny rehetra amin'ny fotoam-pialan-tsasatra sy amin'ny fotoam-pialam-boly ampy izay ahafahan' izy ireo mikarakara ny fiainan'izy ireo ara-pianakaviana, ara-kolontsaina, ara-piaraha-monina ary ara-pivavahana³. 2172

2185. Ny mpino, mandritra ny alahady sy ny andro fety hafa voadidy hohamasinina, dia hifady ny filozohana amin'ny asa aman-draharaha na amin'ny fihetsiketsehana izay manampontsampona ny fanompoampivavahana tsy maintsy atao amin'Andriamanitra, ny hafaliana sahaza ny Andron'ny Tompo, ny fanaovana asa fiantrana ary ny fialam-boly antonona ny saina sy ny vatana⁴. Ny fahantran'ny fianakaviana na ny filana lehibe ara-tsôsialy dia mahatonga fialan-tsiny eken'ny lalàna eo anatrehan'ny didy momba ny fialan-tsasatra amin'ny andro alahady. Hitandrina ny mpino mba tsy hampiditra fahazarana manimba eo amin'ny fivavahana, eo amin'ny 2428

¹ jer. CIC, can. 1245.

² CIC, can. 1248, §2.

³ jer. FAA 67, §3.

⁴ jer. CIC, can. 1247.

fiainam-pianakaviana ary eo amin'ny fahasalamana, ny fialan-tsiny eken'ny lalàna.

Mikatsaka ny fialam-boly marina ny fitiavana ny fahamarinana, ary mandray ny asa araka ny rariny ny filan'ny fitiavana¹.

2447 2186. Aoka ny kristianina izay afaka miala voly mba hahatsiaro ny havana aman-tsakaizan'izy ireo izay manana izany filana sy zo izany koa, saingy tsy afaka miala sasatra noho ny fahantrana sy ny fahoriana. Ny alahady, araka ny nampitain'ny lovam-pampianarana, no natokan'ny kristianina tia vavaka ho amin'ny fanaovana asa soa sy ho amin'ny fanampiana tsotsotra ny marary, ny kilemaina, ny antitra. Mbola fankamasinan'ny kristianina ny andro alahady koa ny fanomezana fotoana sy fikarakarana ho an'ny fianakavian'izy ireo sy ho an'ny tapaka sy naman'izy ireo akaiky, izay sarotra omena amin'ny andro hafa ao anatin'ny herinandro. Ny alahady no fotoam-pieritreretana, fotoam-panginana, fotoam-pampivoarana ny saina ary fotoam-pandinihana izay mampandroso ny fitomboan'ny fiainana anaty sady kristianina.

2289 2187. Mitaky ezaka iombonana ny fankamasinana ny alahady sy ny andro fety. Ny kristianina tsirairay dia tokony hisoroka ny fanerena ny hafa tsy amin'antony izay mety hanakana azy tsy hitandrina ny andron'ny Tompo. Raha mitaky ny kristianina sasantsasany hiasa alahady ny fanao mahazatra (fanatanjahan-tena, toeram-pisakafoana, sns.) sy ny fanerena ara-tsôsialy (asa fanompoam-bahoaka, sns.), dia ny tsirairay no tompon'andraikitra ny amin'ny fotoana ampy hialam-boly. Hitandrina amim-pahalalana onony sy amim-pitiavana ny mpino mba hisoroka ny fihoaram-pefy sy ny herisetra, matetika ateraky ny fialam-bolin'ny sarambaben'olona. Na dia eo aza ny fanerena ara-piharian-karena, hitandrina ny fanjakana hiantoka fotoana natokana hialan-tsasatra sy hanompoana an'Andriamanitra, ho an'ny olom-pirenena. Manana adidy aman'andraikitra mitovy amin'izany ny mpampiasa eo anatrehan'ny mpiasan'izy ireo.

2105 2188. Amin'ny fanajana ny fahazoa-mivavaka an-kalalahana sy ny soa iombonan'ny rehetra, dia tokony hampahafantarin'ireo kristianina ny maha-andro tsy fiasana ara-dalàna ny alahady sy ny andro fetin'ny Fiangonana. Hanome oha-piainana fakan-tahaka mibaribary ho an'ny rehetra amin'ny vavaka sy ny fanajana ary ny hafaliana amin'izany izy ireo, sy hiaro ny lovam-panahin'izy ireo ho fandraisana anjara sarobidy amin'ny fiainana ara-panahin'ny fikambanan'ny olombelona. Raha toa manery hiasa alahady ny didy aman-dalànan'ny firenena na noho ny antony hafa, aoka io andro io, na dia izany aza, hiainana ho toy ny androm-panafahana antsika izay mampandray anjara antsika amin'ilay “fivorian-danonana”, ilay “fiangonan'ireo zoky, izay voasoratra any an-danitra” (Heb 12,22-23).

¹ Md Augustin, civ. 19, 19.

FAMINTINANA

2189. “*Mitandrema ny andro sabata mba hankamasina Azy*” (Det 5,12) . “*Ho andro fialan-tsasatra tanteraka ny andro fahafito, voatokana ho an’ny Tompo*” (Eks 31,15).
2190. *Ny sabata izay nanamarika ny fahavitan’ny fahariana voalohany dia nosoloana ny alahady izay mampahatsiaro ny fahariana vaovao, nosantarana tamin’ny Fitsanganan’i Kristy ho velona.*
2191. *Mankalaza ny andron’ny Fitsanganan’i Kristy ho velona ny Fiangonana amin’ny andro fahavalo, ka marina tokoa ny iantsoana an’izany hoe andron’ny Tompo, na alahady*¹.
2192. “*Ny alahady (...) dia tsy maintsy tandremana eo amin’ny Fiangonana manontolo ho andro fety lehibe indrindra voadidy hohamasinina*”². “*Voadidy handray anjara amin’ny Lamesa ny mpino, amin’ny alahady sy amin’ny andro fety hafa voadidy hohamasinina*”³.
2193. “*Amin’ny alahady na amin’ny andro hafa voadidy hohamasinina, ny mpino dia hifady ireo asa aman-draharaha samihafa, izay misakana ny fanompoam-pivavahana tsy maintsy hatao amin’Andriamanitra, ny hafaliana sahaza ny andron’ny Tompo na ny fialam-boly mety ho an’ny saina sy ny vatana*”⁴.
2194. *Ny nanaovana ny alahady dia ny hanampy ny “rehetra hanana fotoam-pialan-tsasatra sy fotoam-pialam-boly ampy, izay ahafahany mikarakara ny fiainany ara-pianakaviana, ara-kolontsaina, ara-tsôsialy ary ara-pivavahana*”⁵.
2195. *Ny kristianina tsirairay dia tokony hisoroka ny fanerena ny hafa tsy amin’antony izay mety hanakana azy tsy hitandrina ny andron’ny Tompo.*

TOKO FAHAROA

« Ho tia ny namananao tahaka ny tenanao ianao »

Hoy i Jesoa tamin’ny mpianany : « Mifankatiava ianareo tahaka ny nitiavako anareo » (Jo 13,34).

¹ jer. L 106.

² CIC, can. 1246, § 1.

³ CIC, can.1247.

⁴ CIC, can.1247.

⁵ FAA 67, § 3.

2196. Ho valin'ny fanontaniana napetraka tamin'i Jesoa ny amin'izay voalohany amin'ireo didy, dia hoy Izy : "Ny voalohany, dia izao : "Mihainoa, ry Israely ! Ny Tompo Andriamanintsika no hany Tompo Tokana ; ary ho tia ny Tompo Andriamanitrao ianao, amin'ny fonao manontolo, amin'ny fanahinao manontolo, amin'ny sainao manontolo ary amin'ny herinao manontolo !" Ny faharoa, dia izao : "Ho tia ny namanao tahaka ny tenanao ianao." Tsy misy didy lehibe mihoatra noho ireo" (Mk 12,29-31).

2822 Mampahatsiahy izany i Md Paoly : "Izay tia ny hafa dia efa nahatanteraka ny lalàna. Satria ny didy hoe : *Tsy hijangajanga ianao ; tsy hamono olona ianao ; tsy hangalatra ianao ; tsy hitsiriritra ianao*, mbamin'ny didy hafa rehetra, dia voafintin'ireto teny ireto hoe : Ho tia ny namanao tahaka ny tenanao ianao. Ny fitiavana dia tsy manisy ratsy ny namana. Koa ny fitiavana no fahatanterahana ny lalàna an-tsakany sy an-davany" (Rôm 13,8-10).

ANDALANA 4

Ny didy fahefatra

Hajao ny rainao sy ny reninao mba ho lava andro hiainana ianao any amin'ny tany izay omen'ny Tompo Andriamanitrao anao (Eks 20,12).

Nanaiky azy ireo Izy (Lk 2,51).

Ny Tenan'i Jesoa Tompo mihitsy no nampahatsiahy ny herin'io "didin'Andriamanitra"¹ io. Hoy ny fampianaran'ny apôstôly : "Ianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo, ao amin'ny Tompo, fa izany no rariny. "Hajao ny rainao sy ny reninao", izany no didy voalohany izay nasiana teny fampanantenana hoe : "mba hahita soa sy ho finaritra amin'ny andro lava iainana eto ambonin'ny tany ianao" " (Efez 6,1-3)².

1897 2197. Ny didy fahefatra no manokatra ny takela-bato faharoa. Izy no manondro ny didin'ny fifankatiavana. Sitrak'Andriamanitra, manarakaraka ny Tenany, ny hanajantsika ny ray aman-drenintsika izay nahazoantsika ny fiainana sy nampita tamintsika ny fahalalana an'Andriamanitra. Voadidy isika hanome voninahitra sy hanaja izay rehetra nomen'Andriamanitra ny fahefany, noho ny soa ho antsika.

2198. Manazava amin'ny fomba azo antoky ny adidy hotanterahina io didy io. Milaza ny didy manaraka rehetra izay mahakasika ny fanajana manokana ny aina, ny fanambadiana, ny soa amam-pananana eto an-tany, ny fiteny, io

¹ jer. Mk 7,8-13.

² jer. Det 5,16.

didy io. Anisan'ny iray amin'ireo fototry ny fampianaran'ny Fiangonana 2419
momba ny sôsialy izy.

2199.Mivantana mazava amin'ny zanaka eo amin'ny fifandraisan'izy ireo amin'ny ray sy ny renin'izy ireo ny didy fahefatra, satria io fifandraisana io no mahakasika ny daholobe indrindra. Mahakasika koa ny fifandraisam-pihavanana amin'ny tsirairay ao amin'ny vondrom-pianakaviana izy. Takiny ny hanomezana voninahitra, fanehoam-pitiavana ary fankasitrahana ireo dadabe sy nenibe ary ireo razana. Farany, mivelatra koa amin'ny adidin'ny mpianatra amin'ny mpampianatra izy, ny mpiasa amin'ny mpampiasa, ny olom-pehezina amin'ny lehiben'izy ireo, ny olom-pirenena amin'ny tanindrazan'izy ireo, amin'ireo izay mifehy azy na mitondra azy.

Io didy io dia mitaky, na tsy milaza mivantana aza, ny adidin'ny ray aman-dreny, mpiahy, mpampianatra, lehibe, mpitsara, mpitondra fanjakana, ireo rehetra izay mampiasa fahefana mifehy ny hafa na amin'ny fikambanan'olona.

2200. Misy valisoany ny fitandremana ny didy fahefatra : “Hajao ny rainao sy ny reninao mba ho lava andro iainana ianao any amin'ny tany izay omen'ny Tompo Andriamanitrao anao” (Eks 20,12)¹. Ny fanajana io didy io dia mampahazo, miaraka amin'ny vokatra ara-panahy, ny vokatra ara-nofo eto 2304
an-tany momba ny fiadanana sy ny fanambinana. Mifanohitra amin'izany kosa, ny tsy fitandremana io didy io dia mahatonga fahavoazana lehibe ho an'ny fiombonamben'ny olombelona sy ho an'ny tenan'ny olombelona.

I. Ny fianakaviana ao amin'ny drafitr'asan'Andriamanitra

Toetran'ny fianakaviana

2201.Miorina amin'ny fifaneken'ny mpivady ny tokantrano. Nalahatra ho amin'ny soa ho an'ny mpivady sy ho amin'ny fiterahana ary ho amin'ny 1625
fanabeazana ny zanaka, ny fanambadiana sy ny fianakaviana. Ny fifankatiavan'ny mpivady sy ny fiterahana ny zanaka no mamorona ny fifandraisana sy ny andraikitra ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana.

2202.Ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray akamban'ny fanambadiana no mamorona miaraka amin'ny zanak'izy ireo ny fianakaviana iray. Izany 1882
fandaharana izany dia mialohan'ny fankatoavana manontolo avy amin'ny Fanjakana ; tsy maintsy ekeny izany. Hoheverina ho fanovozan-kevitra ara-pitsipika izany, izay avy amin'ny alalany no tokony handanjalanjana ny endrika samihafa eo amin'ny rohim-pihavanana.

¹ jer. Det 5,16.

2203. Tamin'ny naharian'Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy no
369 nanorenany ny fianakavian'olombelona sy nanomezany azy ny lalàna
fototra iorenany. Mitovy fahamendrehana ny olona tsirairay ao amin'izany
fianakaviana izany. Noho ny soa iombonana ho an'ny olona tsirairay ao
amin'ny sy ho an'ny fiaraha-monina, no mahatonga ny faha-samihafa ny
andraikitra, ny zo ary ny adidy ao amin'ny fianakaviana.

1655-1658 Ny fianakaviana kristianina

2204. "Ny fianakaviana kristianina dia sady manambara no manatanteraka amin'
ny fomba manokana ny fiombonan'ny Fiangonana ; noho izany antony
533 izany, (...) tokony antsoina hoe *fiangonana kely ao an-tokantrano* ny
fianakaviana kristianina"¹. Manjary fiombonam-pinoana, fanantenana ary
fitiavana izy ; manana lanjany manokana izy ao amin'ny Fiangonana, araka
ny hita ao amin'ny Testamenta Vaovao².

2205. Fiombonan'ny olona ny fianakaviana kristianina, marika sy endriky ny
1702 fiombonan'ny Ray sy ny Zanaka ao amin'ny Fanahy Masina. Taratry ny
tsanganasa faharian'ny Ray ny asany amin'ny ara-piterahana sy ny ara-
panabeazana. Voantso hiombona anjara amin'ny vavaka sy ny soron'i
Kristy ny fianakaviana kristianina. Ny fivavahana andavanandro sy ny
famakiana ny Tenin'Andriamanitra no mampahery ao amin'ny fitiavana.
Mpitory ny Evanjely sy misiônera ny fianakaviana kristianina.

2206. Ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana no mitarika ny fitovian'ny
fihetseham-po, ny fankamamiana ary ny tombon-tsoa, fa indrindra vokatry
ny fifanajan'ny olona. *Ankohonana nahazo tombon-tsoa manokana* ny
fianakaviana, voantso hanatanteraka "ny hevitra iombonan'ny mpivady ary
koa ny fiaraha-miasa matotra eo amin'ny ray aman-dreny amin'ny
fanabeazana ny zanaka"³.

II. Ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina

2207. Ny fianakaviana no *singafototra fiandohan'ny fiainam-piaraha-monina*.
1880,372 Izy no fiaraha-monina voa-Janahary izay iantsoana ny lehilahy sy ny
vehivavy hifanolotra ny tenany ao anatin'ny fitiavana sy ao anatin'ny
fanomezana ny aina. Ny fahefana, ny fahamafisana orina ary ny fiainam-
pifandraisana eo anivon'ny fianakaviana no iorenan'ny fototry ny
1603 fahafahana, ny fandriampahalemana, ny fihavanana eo anivon'ny fiaraha-
monina. Ny fianakaviana no ankohonana, izay manomboka hatramin'ny

¹ FM 21 ; jer. FF 11.

² jer. Efez 5,21-6,4 ; Kôl 3,18-21 ; 1 Pi 3,1-7.

³ FAA 52, §1.

fahazazana, no hampianarana ny soatoavina ara-môraly, hanombohana ny fanajana an'Andriamanitra ary hampiasana tsara ny fahafahana. Ny fiainan'ny fianakaviana no fanombohana ny fiainana eo amin'ny fiaraha-monina.

2208. Ny fianakaviana dia tokony hanana toe-piainana hianaran'ny tsirairay ao aminy ny fiahiana sy ny fandraisana ho andraikitra ny tanora, ny zokiolona, ny marary na ny sembana, ary ny mahantra. Betsaka anefa ny fianakaviana, amin'ny fotoana sasantsasany, no mahatsiaro tena fa tsy afaka hiantoka izany fanampiana izany. Noho izany, anjaran'ny olona hafa ao amin'ny fianakavian'izy ireo, ary amin'ny alalan'ny fifamenoana amam-pifanampiana, anjaran'ny fiaraha-monina, no mamatsy ny zavatra ilain'izy ireo : “Izao no fitiavam-bavaka madio tsy misy pentina sy tsy misy tsiny eo anatrehan'Andriamanitra Raintsika : ny manampy ny kamboty sy ny mananotena amin'ny fahorian'izy ireo, sy ny miaro tena tsy ho voaloton' izao tontolo izao” (Jak 1,27).

2209. Tokony ho ampiana sy arovana ny fianakaviana amin'ny alalan'ny fepetra ara-piaraha-monina sahaza azy. Ao amin'ireo fianakaviana mba tsy afaka manatontosa ny anjara adidiny, dia manana adidy ny fikambanana momba ny sôsialy hanampy azy ireo sy hanohana ny fanorenana ny fianakaviana. Araka ny fitsipika fototry ny fifamenoana amam-pifanampiana, dia hitandrina ny fikambanana goavana kokoa mba tsy hisazoka ny fahefan'ny olona sahirana ampiany na hitsabaka amin'ny fiainany.

1883

2210. Ny fanomezan-danja ny fianakaviana ho amin'ny fiainana sy hafinaretan'ny mpiara-monina¹ no mahatonga ny mpiara-monina anana andraikitra manokana hanohana sy hanamafy orina ny fanambadiana mbamin'ny fianakaviana. Aoka ho ataon'ny mpitondra fanjakana ho adidy lehibe ny “mankato sy ny miaro ny tena toetra voa-Janahary marina ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ny miaro ny hatsaram-pitondran-tenan'ny vahoaka ary ny manampy amin'ny fampandrosoana ny tokantrano”².

2211. Manana adidy ny vondrona mpitondra fanjakana hanaja ny fianakaviana, manampy azy, ary indrindra miantoka azy :

- amin'ny fahafahana hanorina tokantrano, hanan-janaka sy hanabe azy ireo hifanaraka amin'ny zavatra azony antoka fa marina ara-môraly sy ara-pivavahana ;
- amin'ny fiarovana ny faharetam-pifamatoran'ny mpivady sy ny fijoroan'ny fianakaviana ;
- amin'ny fahafahana haneho ampahibemaso ny finoany, hampita izany, hanabe ny zanany amin'izany, miaraka amin'ny fomba sy ny rafi-panabeazana ilaina ;

¹ jer. FAA 47, §1.

² FAA 52, §2.

- amin’ny zo hanam-pananana manokana, fahafahana hanorina anton’asa, hanana asa, trano fonenana, zo hifindra monina ;
- araka ny rafi-pitondran’ny firenena, amin’ny zo ho tsaboina, amin’ny fitsimbinana ny zokiolona, amin’ny volan-jaza ;
- amin’ny fiarovana ny fandriampahalemana sy ny fahasalamana, indrindra amin’ny loza toy ny zava-mahadomelina, ny fampisehoam-betaveta, ny fidrohana zava-pisotro mahamamo, sns;
- amin’ny fahafahana hanorina fikambanana miaraka amin’ny fianakaviana hafa ary fahafahana ho voasolo tena amin’izany eo anatrehan’ireo mpitondra firenena¹.

2212. *Manazava ny fifandraisana hafa eo amin’ny mpiara-belona ny didy fahefatra. Eo amin’ny rahalahintsika sy anabavintsika no ahitantsika ny zanaky ny ray aman-drenintsika ; eo amin’ny zanak’olo-mpirahalaky, mpirahavavy, mpianadahy amintsika no ahitantsika ny taranaky ny razambentsika ; eo amin’ny mpiray tanindrazana amintsika no ahitantsika ny zanaky ny firenentsika ; eo amin’ny vita batemy no ahitantsika ny zanaky ny Renintsika, dia ny Fiangonana izany ; eo amin’ny olombelona rehetra no ahitantsika ny zanaka lahy na zanaka vavin’Ilay izay mankasitraka ny iantsoana Azy hoe “Rainay”. Amin’izany, ny fifandraisantsika amin’ny namantsika dia ankatoavina ho rafitra ifandraisan’ny olona tsirairay. Tsy ”olona fe olona” eo amin’ny mpiaramonina ny namana, fa “ tena olona”, ka noho ny fahalalana ny fiaviany dia mendrika fikarakarana sy fanajana manokana.*

225

1931

2213. *Ny olona no mamorona ny fikambanan’olona. Ny fitantanana tsara ataon’ izy ireo dia tsy voafaritra amin’ny fiantohana ny zo sy ny fanatanterahana ny adidy, ary koa amin’ny tsy fivadiham-pifanekena. Amin’ny fifandraisana ara-dalàna eo amin’ny mpampiasa sy ny mpiasa, eo amin’ny mpitondra sy ny olom-pirenena, no itakiana ny fahalemem-panahy voa-Janahary mifanaraka amin’ny fahamendrehan’ny olombelona, miahy ny fahamarinana sy ny fihavanana.*

1939

III. Adidin’ny tsirairay ao amin’ny fianakaviana

Adidin’ny zanaka

2214. *Ny maha-Ray an’Andriamanitra no loharanon’ny maha-ray aman-dreny ny olombelona² ; amin’izany no iorenan’ny haja amam-boninahitry ny ray aman-dreny. Ny fanajan’ny zanaka na kely izy na lehibe, ny rain’izy ireo sy renin’izy ireo³, no itaizany ny tenany amin’ny firaiketam-pitia voa-Janahary*

1858

¹ jer. FM 46.

² jer. Efez 3,15.

³ jer. Ohab 1,8 ; Tob 4,3-4.

nateraky ny rohim-pihavanana izay mampiray azy ireo. Takin'ny didin' Andriamanitra izany¹.

2215. Ny fanajana ny ray aman-dreny (*fitiavan'ny zanaka manaja ray aman-dreny*) dia miseho amin'ny *fankasitrahana* an'ireo izay niteraka azy ireo sy nahafahan'izy ireo nitombo vatana, fahendrena ary fahasoavana, tamin'ny alalan'ny fanomezan'izy ireo ny aina, ny fitiavan'izy ireo ary ny asan'izy ireo. “Amin'ny fonao manontolo, manomeza voninahitra ny rainao ary aza manadino ny fijalian'ny reninao. Tsarovinao fa izy ireo no nahitanao masoandro, ka inona no hamalianao azy ireo, amin'izay nataon'izy ireo ho anao?” (Ekl 7,27-28).

2216. Miseho amin'ny fahalemem-panahy sy ny *fanekena* tena izy ny fanajan'ny zanaka ny ray aman-dreny. “Anaka, tandremo ny didin-drainao, ary aza ariana ny fampianaran-dreninao (...). Hitarika anao amin'izay halehanao ireny ; hiambina anao amin'ny torimasonao ireny ; hiresaka aminao amin'ny fifohazanao ireny” (Ohab 6,20.22). “Ny zanaka hendry vavolombelon'ny fampianaran-drainy, fa ny mpamazivazy tsy mihaino ny fananarana” (Ohab 13,1). 532

2217. Raha mbola miaina ao an-tokantranon'ny ray aman-dreniny ny zanaka, dia adidiny ny manaiky ny fangatahana rehetra avy amin'ny ray aman-dreniny entanin'ny soa ho an'ny zanaka sy ho an'ny fianakaviana. “Ianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra, fa ankasitrahana'ny Tompo izany” (Kôl 3,20)². Mbola adidin'ny zanaka ny manaiky ny didy marina avy amin'ny mpanabe azy ireo sy ireo rehetra izay nanankinan'ny ray aman-dreny azy ireo. Kanefa raha tsapan'ny zanaka ao amin'ny kônsiansiny, fa ratsy ara-pitsipi-pitondran-tena ny manaiky ny didy atao aminy, dia aoka izy tsy hanaraka izany.

Na efa lehibe aza ny zanaka, dia mbola manana adidy hanaja ny ray aman-dreniny. Hanome fahafaham-po amin'ny fanirian'ny ray aman-dreniny izy ireo, hangataka an-tsitrapo tokoa ny toroheviny, ary handray tsara ny fananarana marina ataony. Mampiato ny fanekena ny ray aman-dreny ny fananan'ny zanaka ny fahaleovantenany, saingy ny fanajana azy ireo kosa mbola mitohy lalandava. Satria, ny fanajana dia mifototra amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra, iray amin'ireo fanomezan'ny Fanahy Masina. 1831

2218. Ny didy fahefatra dia mampahatsiaro ny zanaka efa lehibe, ny *adidy aman'andraikiny amin'ny ray aman-dreniny*. Manana adidy izy, araka izay azony atao, hanome fanampiana ara-batana sy ara-tsaina an'ireo ray aman-dreniny, amin'ny androm-pahanteran'izy ireo, amin'ny fotoana mamparary

¹ jer. Eks 20,12.

² jer. Efez 6,1.

azy ireo, amin'ny fotoana maha-manirery azy ireo na maha-sahirana azy ireo. Mampahatsiahy an'io adidim-pankasitrahana io i Jesoa¹.

Manome voninahitra ny ray eo anatrehan'ny zanaka ny Tompo, sy manamafy ny fahefan'ny reny eo amin'ny naterany. Izay manaja ny rainy manonitra ny fahotany, ary izay manome voninahitra ny reniny manangona harena. Izay manaja ny rainy hampifalian'ny zanaka, ary amin'ny andron'ny fivavahany ho henoim-bavaka izy. Izay manaja ny rainy ho lava andro iainana, ary izay manaiky ny Tompo hanome fialantsasatra ny reniny (Ekl 3,2-6).

Anaka, tohano amin'ny andro fahanterana ny rainao, ary aza mampalahelo azy amin'ny andro iainany. Raha avy izay haharerahan'ny fanahiny, iantrao izy, ary aza manao tsinontsinona azy, rahefa ao anatin'ny hery sy ny tanjakao ianao (...). Izay mahafoy ny rainy, manahaka ny mpaneveveva an'Andriamanitra, ary izay mampahatezitra ny reniny, manahaka ny olomboazon'ny Tompo (Ekl 3,12-13.16).

2219. Manampy ny firindran'ny fiainam-pianakaviana manontolo ny fanajan'ny zanaka ny ray aman-dreny, mahakasika koa ny *fifandraisana eo amin'ny samy mpiray tam-po* izany. Misandrahaka eo amin'ny seha-pianakaviana manontolo ny fanajana ny ray aman-dreny. “Satro-boninahitry ny antitra, ny zanaky ny zanak'izy ireo” (Ohab 17,6). “Mifandefera ianareo ao anatin'ny fifankatiavana amim-panetren-tena tanteraka, amin-kalempanahy ary amim-paharetana” (Efez 4,2).

2220. Ho an'ny kristianina, misy fankasitrahana manokana tokony hefaina amin'ireo izay nandraisany ny fanomezana ny finoana, ny fahasovan'ny Batemy ary ny fiainana ao amin'ny Fiangonana. Mety ho ny ray aman-dreny izany, na olona hafa ao amin'ny fianakaviana, raibe sy renibe, mpitondra Fiangonana, Katesista, mpampianatra hafa na namana aman-tsakaiza. “Tsaroako ny finoana tsy misy fitaka izay ao anatinao, izay mitoetra ao amin'i Loisa renibena aloha, sy ao amin'i Eonisa reninao, ary matoky marina aho fa ao aminao koa izany” (2 Tim 1,5).

Adidin'ny ray aman-dreny

1653 2221. Tsy mifintina fotsiny amin'ny fiterahan-janaka ny fahavokaram-pifankatiavan'ny mpivady, fa tsy maintsy miitatra amin'ny fanabeazana azy ireo ara-môraly sy amin'ny famolavolana azy ireo ara-panahy. “Zava-dehibe tokoa ny *anjara asan'ny ray aman-dreny amin'ny fanabeazana*,

¹ jer. Mk 7,10-12.

hany ka sarotra ny misolo toerana azy ireo”¹. Ho an’ny ray aman-dreny, lehibe dia lehibe sy tsy azo afindra, ny zo sy ny adidim-panabeazana².

2222. Tsy maintsy mihevitra ny zanany ho *zanak’Andriamanitra* sy manaja azy ireo amin’ny *maha-olona* azy ireo ny ray aman-dreny. Manabe ny zanany hanatanteraka ny Lalànan’Andriamanitra ny ray aman-dreny, amin’ny fisehoan’ny tenan’izy ireo mankato ny sitrapon’ny Ray any an-danitra. 494

2223. Ny ray aman-dreny no tompon’andraikitra voalohany amin’ny fanabeazana ny zanany. Mampiseho izany fiandraiketana izany aloha izy ireo amin’ny *fanorenana tokantrano*, izay ny fanehoam-pitiavana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny tsy fivadihana ary ny fanompoana tsy mitady tombon-tsoa ho an’ny tena, no fitsipi-pifehezana amin’izany. Ny tokantrano no toerana sahaza ny *fanabeazana ny hatsaram-panahy*. Ny fanabeazana ny hatsaram-panahy dia mila fianarana mahafoy tena ho an’ny tombon-tsoan’ny hafa, ny fisainana mahitsy, ny fifehezana-tena, fepetra antoky ny fahafahana rehetra tena izy. Hampianaran’ny ray aman-dreny ny zanany ny mampifanaraka “ny lafiny ara-batana sy ara-tosi-kerim-panentana ao anaty, amin’ny lafiny ao anaty sy ara-panahy”³. Andraikitra lehibe ho an’ny ray aman-dreny ny manome ohatra tsara ho an’ny zanany. Amin’ny fahaizana miaiky eo anatrehan’izy ireny ny fahadisoan’ny tena, no hahaizany tsaratsara kokoa manoro azy ireny sy manitsy azy ireny : 1804

“Izay tia ny zanany tsy mitsitsy tsora-kazo aminy, izay manafay ny zanany hahazo tombon-tsoa avy amin’izany” (Ekl 30,1-2). “Ianareo ray aman-dreny, aza mampahatezitra ny zanakareo, fa beazo kosa izy ireo amin’ny famaizana amam-pananarana ao amin’ny Tompo” (Efez 6,4).

2224. Ny tokantrano no anisan’ny toerana voa-Janahary anoroan-dalana ny olona ho amin’ny firaisan-kina sy ny fandraisana andraikitra iombonana. Hampianarin’ny ray aman-dreny ny zanany ny hitandrin-tena tsy hanala baraka sy tsy hikororosy fahana, izay atahorana hampidi-doza ny fiarahamonin’ny olombelona. 1939

2225. Tamin’ny fahasoavan’ny sakramentan’ny fanambadiana no nandraisan’ny ray aman-dreny ny fiandraiketana mbamin’ny tombon-tsoa manokana *hitory ny Evanjely amin’ny zanak’izy ireo*. Ho ampianarin’izy ireo ny misterin’ny finoana ny zanak’izy ireo, dieny mbola kely, ary izy ireo no “iraka mpitory voalohany”⁴ amin’ny zanany. Ho ampandraisin’izy ireo anjara amin’ny fiainan’ny Fiangonana izy, dieny hatramin’ny fahazazany. 1656

¹ FK 3.

² jer. FM 36.

³ CA 36.

⁴ FF 11 ; jer. CIC, can. 1136.

Ny fomba fiainan'ny fianakaviana dia afaka mitaiza ny fientanam-pitiavana izay haharitra ho fambara marina mialoha sy tohan'ny finoana velona, mandritra ny fiainana manontolo.

2179 2226. Ny *fanabeazana amin'ny finoana* ataon'ny ray aman-dreny amin'ny zanany, dia tokony hatomboka hatramin'izy mbola zaza menavava. Efa omena sahady izany, raha ny mpianakavy rehetra no mifanampy hitombo amin'ny finoana amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelon'ny fiainana kristianina mifanaraka amin'ny Vaovao Mahafaly. Mialoha sy manaraka ary mampitombo ny endri-pampianarana hafa momba ny finoana ny katesezin'ny fianakaviana. Manana fahefana hampianatra ny zanany hivavaka sy hamantatra ny fiantsoana amin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy ireo ny ray aman-dreny¹. Ny paroasy no fiombonana amin'ny Eokaristia sy votoatin'ny fiainana ara-litorzia ho an'ny fianakaviana kristianina ; toerana nomena tombon-tsoa manokana izany ho an'ny katesezin'ny zanaka sy ny ray aman-dreny.

2013 2227. Manana anjara koa ny zanaka hanampy ny ray aman-dreniny *hitombo fahamasinana*². Hifanaraka amin-kahalalam-po ny rehetra sy ny tsirairay ary tsy ho sasatry ny hifamela heloka, izay ilaina amin'ny fahadisoana, ny fifandirana, ny tsy fahamarinana ary ny fandoazana. Ny fifankamamiana no manoro hevitra ny amin'izany. Ny fitiavan'i Kristy no mitaky izany³.

2228. Mandritra ny fahazazana, ny fanajana sy ny fankamamian'ny ray aman-dreny no miseho aloha amin'ny fikarakarana sy ny fitandremana izay atokan'izy ireo itaizana ny zanany, *iahiana ny filan'izy ireny ara-batana sy ara-panahy*. Eny an-dalam-pitomboana eny, mbola izany fanajana izany ihany sy izany fahafoizan-tena izany ihany no mitarika ny ray aman-dreny hanabe ny zanany hampiasa amim-pahitsiana ny sainy sy ny fahafahany.

2229. Noho ireo ray aman-dreny tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanabeazana ny zanany, dia manana zo izy ireo *hisafidy ho an-janany ny sekoly* izay mifanaraka amin'ny finoana arahin'izy ireo. Zo fototra izany. Manana adidy ny ray aman-dreny, araka izay azo atao, hisafidy ny sekoly izay hanampy azy ireo tsaratsara kokoa amin'ny lahasa maha-mpanabe kristianina azy ireo⁴. Manana adidy hiantoka izany zon'ny ray aman-dreny izany sy hanamafy orina ny fepetra marina hampiasana izany, ny fanjakana.

2230. Ny zanaka, rahefa tonga olon-dehibe, dia manana adidy sy zo *hisafidy ny asa ivelomany sy ny lalam-piainana arahiny*. HiantSORoka izany andraikitra

¹ jer. FF 11.

² jer. FAA 48, §4.

³ jer. Mt 18,21-22 ; Lk 17,4.

⁴ jer. FK 6.

vaovao izany izy ao anatin'ny fifandraisana feno fitokiana amin'ny ray aman-dreniny, ka angatahany sy andraisany an-tsitrapo ny hevitra sy ny torohevitra. Hitandrina ny ray aman-dreny tsy hanery ny zanany na amin'ny fisafidianana izay ho asa ivelomana, na amin'izay ho vady. Izany adidim-pahamalinana izany dia tsy misakana azy, fa vao mainka manery azy, hanampy ny zanany amin'ny alalan'ny hevitra voalanjalanja, singanina manokana raha mikasa hanorin-tokantrano izy. 1625

2231. Misy ireo zanaka tsy manambady mba hikarakara ny ray aman-dreniny, na ny iray tam-po aminy, mba hilocoka manokana amin'ny asa na noho ny antony hafa maha-te-hidera. Afaka manampy be tokoa amin'ny soa ho an'ny fianakavian'olombelona izy ireo.

IV. Ny fianakaviana sy ny Fanjakan'Andriamanitra

2232. Ny fifamatoran'ny mpianakavy, na manao ahoana na manao ahoana ny havesa-danjany, dia tsy ambonin'ny zava-drehetra tanteraka. Arakaraka ny fitomboam-pahamatoran'ny zanaka sy ny fahazakan-tenany amin'ny maha-izy azy sy amin'ny ara-panahy, no mihamazava sy mihamafy kokoa ny fiantsoan'Andriamanitra azy manokana. Hanaja izany antso izany ny ray aman-dreny sy hanampy ny valin-tenin'ny zanany hanaraka izany. Tsy maintsy miaiky fa ny fiantsoana voalohany amin'ny kristianina dia ny *manara-dia an'i Jesoa*¹ : “Izay tia ny rainy sy ny reniny mihoatra noho Izaho, dia tsy mendrika Ahy, ary izay tia ny zanany lahy na ny zanany vavy mihoatra noho Izaho, dia tsy mendrika Ahy” (Mt 10.37). 1618

2233. Ny manjary mpianatr'i Jesoa, dia ny manaiky ny fiantsoana ho anisan'ny *fianakavian'Andriamanitra*, ny miaina araka ny fombam-piainany : “Na zovy na zovy hanao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko” (Mt 12,50). 542

Horaisin'ny ray aman-dreny sy hohajainy amin-kafaliana sy fisaorana ny antson'ny Tompo amin'ny iray amin'ireo zanany hanaraka izany ao anatin'ny fanokanan-tena ho virjiny ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra, ao anatin'ny fanokanam-piainana na ao anatin'ny andraiki-panompoana mahampisorona.

V. Ny fahefana mifehy eo amin'ny fiaraha-monin'ny olompirenena

2234. Mandidy antsika koa ny didy fahefatra avy amin'Andriamanitra hanaja izay rehetra nandray tamin'Andriamanitra, mba hanasoa antsika, ny

¹ jer. Mt 16,25.

1897 fahefana mifehy ny vahoaka. Hazavain'ny didy fahefatra avokoa na ny ny adidin'izay mampiasa ny fahefana, na ny an'izay mahazo tombon-tsoa amin'ny fahefana.

Adidin'ireo mpitondra eo amin'ny firenena

1899 2235. Adidin'izay rehetra nomena fahefana ny mampiasa izany ho amin'ny fanompoana. “Izay te ho lehibe aminareo, no aoka ho mpanomponareo” (Mt 20,26). Ny fampiasana fahefana iray dia ampifandanjana ara-pitsipi-pitondran-tena amin'ny maha-avy amin'Andriamanitra azy, amin'ny toetran'ny fahendreny ary amin'ny kendreny manokana. Tsy misy afaka mibaiko na mamorona lalàna izay mifanohitra amin'ny fahamendrehan'ny olona sy amin'ny lalàna voa-Janahary.

2411 2236. Ny kendrena amin'ny fampiasana fahefana dia ny hampiharihary ireo ambaratongan-tsoatoavina marina, mba hanamora ny fampiasan'ny rehetra ny fahafahany sy ny andraikiny. Anjaran'ireo mpifehy ny mampiasa ny fahamarinana ara-pizaràna amim-pahendrena, ka hihevitra ny zavatra ilaina sy ny fandraisana anjaran'ny tsirairay, mba ho amin'ny fihavanana sy ny fandriampahalemana. Ho tandreman'izy ireo ny fitsipika sy ny fepetra raisin'izy ireo, mba tsy hahatonga fakam-panahy hampifanohitra ny tombon-tsoan'ny tsirairay amin'ny an'ny fiombonambe¹.

357 2237. Ny *fahefam-pitondram-panjakana* dia tsy maintsy manaja ny zo fototra maha-olona ny olona. Ho ampanjakain'izy ireo amin'ny fo tsara ny fahamarinana ao anatin'ny fanajana ny zon'ny tsirairay, indrindra ny fianakaviana sy ireo atao an-kilabao.

Ireo zo ara-pôlitika tsy misaraka amin'ny maha-olom-pirenena dia azo ary tsy maintsy omena araka ny takin'ny soa iombonana. Tsy azon'ny fanjakana ahatona tsy amin'antony ara-dalàna sy voalanjalanja izany zo izany. Ny fampiasana ny zo ara-pôlitika dia natokana ho an'ny soa iombonan'ny firenena sy ny fiombonamben'ny olombelona.

Adidin'ny olom-pirenena

1900 2238. Ny olona eo ambany fahefana dia hihevitra ny lehiben'izy ireo ho solontenan'Andriamanitra izay natsangany ho mpandraharahan'ny fanomezany² : “Noho ny Tompo, aoka ianareo hanaiky ny lehibe rehetra natsangan'ny olona. (...) Mijoroa ianareo ho olona afaka, aoka anefa tsy ho olona mampiasa ny fahafahany mba hanaronany ny faharatsiana, fa

¹ jer. CA 25.

² jer. Rôm 13,1-2.

mampiasa izany ho mpanompon'Andriamanitra” (1 Pi 2,13.16). Ny fiarahamiasan'izy ireo amin'ny saina mahitsy dia misy zo, indraindray adidy hanao fananarana marina ny amin'izay hitan'izy ireo fa manimba ny fahamendrehan'ny olona sy ny soa ho an'ny fiombonambe.

2239.Ny *adidin'ny olom-pirenena* dia ny mandray anjara miaraka amin'ny mpitondra fanjakana, amin'ny fanasoavana ny mpiara-belona, amin'ny toetsaina mandala ny marina, ny rariny, ny firaisan-kina ary ny fahafahana. Ny fitiavana sy ny fanompoana ny *tanindrazana* dia avy amin'ny adidim-pankasitrahana sy ny didim-pitiava-namana. Ny fankatoavana ny manam-pahefana ara-dalàna sy ny asa ho an'ny soa iombonana dia mitaky amin'ny olom-pirenena ny tokony hanatanterahan'izy ireo ny anjara asany eo amin'vondrona mpitondra fanjakana. 1915 2310

2240.Ny manaiky ny manam-pahefana sy ny miara-miandraikitra ny soa iombonana dia mitaky ara-pitsipi-pitondran-tena handoa hetra, hampiasa ny zo handatsa-bato amin'ny fifidianana, hiaro ny tanindrazana : 2265

Efao amin'ny olona rehetra izay tokony hefaina amin'izy ireo avy : hetra, amin'izay tokony handoavan-ketra ; fadin-tseranana, amin'izay tokony handoavana fadin-tseranana ; tahotra, amin'izay tokony hahatahorana ; haja, amin'izay tokony hohajaina (Rôm 13,7).

Mitoetra eo amin'ny tanindrazany ny kristianina, kanefa ohatran'ny vahiny monina ihany. Manefa ny adidy rehetra maha-olom-pirenena azy izy ary mizaka manontolo ny andraikiny amin'ny maha-vahiny azy (...). Manaiky ny lalàna misy izy, fa ny fomba fiainany dia mihoatra ny lalàna (...). Ambony sady mihaja tokoa ny toerana izay natokan' Andriamanitra ho anjarany ka tsy foiny ilaozana¹.

Mamporisika antsika ny apôstôly hanao fivavahana sy fisaorana ho an'ny mpanjaka sy ho an'izay rehetra mampiasa fahefana, “mba hahafahantsika miaina amimpiadanana sy fandriampahalemana ao anatin'ny fitiavam-bavaka sy fahamendrehana tanteraka” (1 Tim 2,2). 1900

2241. Manana adidy ny firenena manan-katao kokoa handray, araka izay azo atao, ireo *vahiny* mitady filaminan-tsaina sy fivelomana izay tsy mety hitany any amin'ny tany niaviany. Tsy hanao an-tsirambina ny fanjakana amin'ny fanajana ny zo voa-Janahary izay mametraka ny vahiny eo ambany fiarovan'ireo izay mandray azy.

Ny mpifehy fanjakana, mba hiarovana ny soa iombonana iandraiketany, dia afaka mampifanaraka ny fampiasana ny zon'ny fifindra-monina amin'ny fepetra samihafa araka ny lalàna, indrindra ny fanajan'ny mpifindra monina ny adidiny eo

¹ Taratasy ho an'i Diognète 5,5 ; 5,10 ; 6,10.

amin'ny firenena mandray azy. Adidin'ny mpifindra monina kosa ny manaja amim-pankasitrahana ny vakoka hita maso sy ara-panahy izay an'ny firenena mandray azy, hanaiky ny lalànany ary handray anjara amin'ny adidy aman' andraikiny.

2242.Ny olom-pirenena dia voadidin'ny kônsiansy tsy hanaraka ny didin'ireo
1903 mpitondra firenena raha toa izany didy izany mifanohitra amin'izay
2313 takin'ny lalàm-pitondran-tena, amin'ny zo fototra maha-olona na amin'ny
fampianaran'ny Evanjely. Ny *fandavam-panekena* ny mpitondra firenena,
raha mifanohitra amin'ny an'ny kônsiansy mahitsy ny fitakian'izy ireo, dia
mahita ny fanamarinany amin'ny fanavahana eo amin'ny fanompoana
450 an'Andriamanitra sy ny fanompoana ny vondrona mpitondra fanjakana.
“Aloavy ho an'i Sezara izay an'i Sezara, ary ho an' Andriamanitra izay
an'Andriamanitra” (Mt 22,21). “Aleo manaiky an' Andriamanitra toy izay
ny olombelona” (Asa 5,29) :

1901 Raha toa ny Fanjakana manao tsindry hazo lena ireo olom-pirenena
amin'ny fihorany zon'ny fahefany manapaka, dia aoka ireo olom-
pirenena tsy handà izay takin'ny soa iombonana amin'ny fomba tsy
mitanila. Kanefa azon'izy ireo atao ny miaro ny zony sy ny an'ireo mpiray
tanindrazana aminy amin'ny fanoherana ny fanararaotam-pahefana, ao
anatin'ny fanajana ny fetra voafaritry ny lalàna voa-Janahary sy ny
Lalànan'ny Evanjely¹.

2243.Ny *fanoherana* ny tsindry hazo lena ataon'ny fahefam-pitondram-
2309 panjakana dia tsy tokony hampiasana araka ny rariny ny fitaovam-piadiana,
afa-tsy raha feno ireto fepetra manaraka ireto : 1- amin'ny fandikan-dalàna
marina, mamohetra ary miitatra amin'ny zo fototra ; 2- rahefa afa-nenina
tamin'ny fangataham-bonjy hafa rehetra ; 3- tsy mahatonga korontana ratsy
koko ; 4- tsapa ny fanantenana hahomby ; 5- raha tsy vita ny maminavina
vahaolana tsaratsara kokoa amim-pahendrena.

Ny vondrona mpitondra fanjakana sy ny Fiangonana

2244.Ny rafi-panorenana rehetra dia maka hevitra, na tsy mivantana aza, amin'
1910 ny fijery lavitra ny olombelona sy ny fiafaram-piainany, izay amin'izany
izy no misintona ny fanamafisan'antoky ny fandanjalanjany, ny
ambaratongan-tsoatoaviny, ny sori-dalam-pitondran-tenany. Ny anka-
1881 maroan' ny fikambanana dia mampitodika ny rafi-panorenany amin'ny
fahamboniana marina ny olombelona miohatra amin'ny zavatra. Ny
Fivavahana nambaran'Andriamanitra irery no miaiky mazava an'
Andriamanitra, Mpahary sy Mpanavotra, fiandohana sy fiafaram-piainan'
ny olombelona. Ny Fiangonana dia mitaona ireo fahefam-pitondram-

¹ FAA 74, §5.

panjakana hampitodika ny fiheveran'izy ireo sy ny fanapahan-kevitr'izy ireo amin'izany tolo-kevitra ara-Pahamarinana momba an'Andriamanitra sy ny olombelona izany : 2109

Ny fikambanana izay tsy mahalala izany tolo-kevitra izany, na mandà izany amin'ny anaran'ny fahaleovan-tenan'izy ireo tsy mifandray amin' Andriamanitra, dia voatarika hitady ao amin'ny tenan'izy ireo ihany na hindrana amin'ny firehan-kevitra iray, ny fanamafisan'izy ireo ny antoka sy ny tanjom-piainan'izy ireo, ary, amin'ny tsy faneken'izy ireo hiaro ny tena mari-pitsaràna marina ny tsara sy ny ratsy, dia mahatonga azy hiseho eo amin'ny olona sy ny tanjom-piainany, ho fanjakana mpanao bodo ngerona, miharihary mazava na amin-kafetsen-dratsy, araka ireny asehon'ny tantara ireny¹.

2245. “Ny Fiangonana, noho ny fiadidiany sy ny fahefany manapaka, izay tsy mifangaro na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana amin'ny vondrona mpitondra fanjakana, dia sady famantarana no fiarovana ny toetra ambony tsy taka-polopolorina maha-olona ny olona”². “Hajain'ny Fiangonana sy asandrany ny fahafahana ara-pôlitika sy ny andraikitry ny olom-pirenena”³. 912

2246. Anisan'ny fanirahana ny Fiangonana ny “mitondra ny heviny ara-môraly, na dia amin'ny lafiny mahakasika ny pôlitika aza, rahefa mitaky izany ny zo fototra maha-olona na ny famonjena ny olona, amin'ny fampiasana ny fomba rehetra, izay hany mifanaraka amin'ny Evanjely sy mirindra amin'ny soa iombonan'ny rehetra, arakaraka ny vaninandro sy ny toe-javatra samihafa”⁴. 2032 2420

FAMINTINANA

2247. “*Hajao ny rainao sy ny reninao*” (Det 5,16 ; Mk 7,10).

2248. *Araka ny didy fahefatra, dia sitrak'Andriamanitra ny hanajantsika, manarakaraka Azy, ny ray aman-drenintsika sy ireo izay nomeny fahefana mba hanasoa antsika.*

2249. *Miorina amin'ny fikambanan'ny mpivady sy ny fifanekeny, ny tokantrano. Nalahatra ho amin'ny soa ho an'ny mpivady, ho amin'ny fiterahana ary ho amin'ny fanabeazana ny zanaka, ny fanambadiana sy ny fianakaviana.*

¹ jer. CA 45 ; 46.

² FAA 76,§2.

³ FAA 76, §3.

⁴ FAA 76, §5.

2250. *“Mifamatotra mafy amin’ny firindra tsara ny fiainana ao an-tokantrano sy ny fianakaviana, ny soa ho an’ny olona sy ho an’ny mpiara-monina, na amin’ny maha-olona tsotra azy na amin’ny maha-kristianina azy”*¹.
2251. *Ny adidin’ny zanaka amin’ireo ray aman-dreniny dia ny manaja, ny mankasitraka, ny manaiky ara-drariny ary ny manampy azy ireo. Mampandroso ny firindran’ny fiainam-pianakaviana manontolo, ny fanajan’ny zanaka ny ray aman-dreny.*
2252. *Ny ray aman-dreny no tompon’andraikitra voalohany amin’ny fanabeazana ny zanany amin’ny finoana, amin’ny fivavahana ary amin’ny hatsaram-panahy rehetra. Manana adidy izy ireo hiantoka izay rehetra ilain’ny zanany amin’ny ara-batana sy ara-panahy, araka izay vitany.*
2253. *Tsy maintsy manaja sy mampandroso ny fiantsoan’Andriamanitra ny zanak’izy ireo ny ray aman-dreny. Hotsarovan’izy ireo sy hampianariny fa ny antso voalohany ho an’ny kristianina, dia ny manara-dia an’i Jesoa.*
2254. *Tsy maintsy hajain’ny Fanjakana ny zo fototra maha-olona ny olona sy ny fepetra hampiasana ny fahafahany.*
2255. *Ny adidin’ny olom-pirenena dia ny miasa miaraka amin’ireo mpitondra fanjakana amin’ny fanorenana fiaraha-monina tsara ao anatin’ny toetsaina mandala ny fahamarinana, ny rariny sy hitsiny, ny firaisan-kina ary ny fahafahana.*
2256. *Ny olom-pirenena dia voadidin’ny kônsiansy tsy hanaraka ny didin’ireo mpitondra firenena raha toa mifanohitra amin’izay takin’ny lalàm-pitondran-tena izany didy izany. “Aleo manaiky an’Andriamanitra toy izay ny olombelona” (Asa 5,29).*
2257. *Ny tsara akan’ny fiaraha-monina rehetra hevitra amin’ny fiheviny sy ny fitondran-tenany, dia ny fijery lavitra ny olombelona sy ny fiafaram-piainany. Manjary mora ho an’ny fiaraha-monina ny manao didy jadona sy manao bodo ngerona raha tsy arahiny ny fahazavan’ny Vaovao Mahafaly momba an’Andriamanitra sy momba ny olombelona.*

¹ FAA 47, § 1.

ANDALANA 5
Ny didy fahadimy

Tsy hamono olona ianao (Eks 20,13).

Efa renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe : « Tsy hamono olona ianao. Ilay izay hamono olona dia hohelohina amin'ny fitsaràna. » Fa Izaho kosa milaza aminareo fa na iza na iza mitezitra ny rahalahiny dia hohelohina amin'ny fitsaràna (Mt 5,21-22).

2258. “*Masina ny ain’olombelona*, satria hatrany am-piandohany no ao aminy ny asam-paharian’Andriamanitra ary maharitra mandrakizay amin’ny 356 fifandraisana manokana amin’ny Mpahary, izay hany tanjom-piafarany. Andriamanitra irery ihany no tompon’ny aina hatrany am-piandohany ka hatrany am-piafarany : na iza na iza, na amin’ny toe-javatra inona na amin’ny toe-javatra inona, tsy misy afaka mitaky ho an’ny tenany ny zo handringana mivantana olombelona tsy manan-tsiny”¹.

I. Ny fanajana ny ain’olombelona

Ny zava-boalazan’ny Tantara Masina

2259. Ny Soratra Masina, ao amin’ny tantaran’ny namonoan’i Kaina an’i Abela rahalahiny², dia mampiseho, hatrany am-piandohan’ny tantaran’ny 401 olombelona, ny fisian’ny fahatezerana sy ny fitsiriritana ao amin’ny olombelona, vokatry ny fahotana tamin’ny fototra. Manjary fahavalon’ny olombelona mitovy aminy ihany ny olombelona. Hoy Andriamanitra nilaza ny haratsiam-panahin’io famonoana rahalahy io : “Inona no nataonao ? Fa mitaraina aty Amiko ny feon’ny ran-drahalahinao. Koa ankehitriny dia voaozon’ny tany ianao, izay misokatra hitelina ny ran-drahalahinao nalatsaky ny tananao” (Jen 4,10-11).

2260. Ny fanekem-pihavanan’Andriamanitra sy ny olombelona dia mirakitra fampahatsiarovana maro ny amin’ny fanomezan’Andriamanitra ny ain’olombelona sy ny herisetra mahafaty ataon’ny olona :

Hampamoahako ny ran’ny tsirairay ianareo (...). Ka na zovy na zovy handatsaka ny ran’olona, dia mba halatsak’olona koa ny rany. Satria nataon’Andriamanitra mitovy endrika aminy ny olombelona (Jen 9,5-6).

¹ CDF, instr. "Donum vitae" intr. 5.

² jer. Jen 4,8-12.

Mihevitra lalandava ny Testamenta Taloha, fa ny ra dia famantarana masina ny aina¹. Ilaina amin'ny fotoana rehetra izany fampianarana izany.

1756 2261.Mamaritra mazava ny zavatra andraràna ao amin'ny didy fahadimy ny Soratra Masina : “Tsy hamono olona tsy manan-tsiny na olo-marina ianao”
1956 (Eks 23,7). Ny minia mamono olona tsy manan-tsiny dia manohitra mafy ny hasina maha-olona, ny fitsipika volamena ary ny fahamasinan'ny Mpahary. Ny lalàna mandrara izany dia manan-kery manerana ny tany tontolo : mandidy ny rehetra sy ny tsirairay, lalandava sy hatraiza hatraiza izany.

2844 2262. Nampahatsiahivin'ny Tompo tamin'ny toriteny teo an-Tendrombohitra ny didy hoe : “Tsy hamono olona ianao” (Mt 5,21), sady nampiany fandràna koa tsy ho tezitra, tsy hankahala ary tsy hamaly faty. Mbola mihoatra noho izany aza no angatahin'i Kristy amin'ny mpianany : hanolotra ny takolaka ilany² sy hitia ny fahaval³. Na Izy aza tsy niaro tena akory, ary nilaza tamin'i Piera hampiditra ny sabatra ao amin'ny fitoerany⁴.

Ny fiarovan-tena eken'ny lalàna

1737 2263.Tsy maningana amin'ny fandràna ny famonoan'olona tsy manan-tsiny, izay anisan'ny famonoan'olona an-tsitrabo, ny fiarovan-tena eken'ny lalàna ho an'ny olona sy ho an'ny fiaraha-monina. “Vokatra anankiroa no ateraky ny asa fiarovan-tena : fitsimbinana ny ain'ny tena ny iray, fahafatesan'ilay mpamely ny iray hafa⁵. (...) Ny iray voalohany ihany no azo iniana hatao, fa ny anankiray faharoa kosa tsy azo iniana hatao”⁶.

2196 2264.Maharitra ho fitsipika fototry ny toetram-pitondran-tena ny fitiavana ny tena. Noho izany, araka ny rariny sy ny hitsiny ny mahatonga hanaja ny zon'ny tena mba ho velona. Tsy helohina ho mpamono olona izay miaro ny ainy, na dia voatery aza izy hamono mahafaty ilay mpamely azy :

Raha hiarovan-tena no ampiasana herisetra mafy kokoa tsy araka ny tokony ho izy, dia tsy ara-dalàna. Fa raha anoherana ny fampiasan-kery amin'ny fomba voalanjalanja tsara, dia ara-dalàna (...). Ary tsy ilaina ho amin'ny famonjena raha hadinon'ny olona io asa fiarovana voalanjalanja tsara io mba hisorohana ny famonoana ny hafa ; satria voatery bebe kokoa ny olona hitandrina ny ain'ny tenany noho ny an'ny hafa⁷.

¹ jer. Lev 17,14.

² jer. Mt 5,22-26.38-39.

³ jer. Mt 5,44.

⁴ jer. Mt 26,52.

⁵ Md Thomas d'A., s.th. 2-2, 64, 7.

⁶ Md Thomas d'A., s.th. 2-2, 64, 7.

⁷ Md Thomas d'A., s.th. 2-2, 64, 7.

2265. Ankoatra ny maha-zo azy, *tsy mety ho zo fotsiny* ny fiarovana-tena eken'ny lalàna, *fa adidy lehibe* ho an'izay tompon'andraikitra ny ain'ny hafa. Takin'ny fiarovana ny soa iombonana ny hanaovana ny mpamely tsy aradrarin'ny tsy ho tonga amin'ny fomba mamohetra. Noho izany, ireo izay manana fahefana ara-dalàna dia manana zo hampiasa na dia fitaovampiadiana aza, mba hanoherana ireo tonga hamely ny vahoaka nankinina eo ambany fiandraiketan'izy ireo. 2240

2266. Ny ezaka ataon'ny Fanjakana hisakanana ny fielezan'ny fihetsika amampitondran-tena mandika ny zon'olombelona sy ny fitsipika fototry ny fiaraha-miainan'ny olom-pirenena, dia ilaina ampifandraisina amin'izay takin'ny fiarovana ny soa iombonana. Manana zo sy adidy ny Fanjakana ara-dalàna, hampihatra ny sazy famaizana mifandanja amin'ny halehiben'ny fahadisoana. Ny zava-kendrena voalohany amin'ny sazy famaizana dia ny hanonitra ny korontana nateraky ny fahadisoana. Raha manaiky antsitrano izany famaizana izany ilay meloka, dia manjary soatoavina amin'ny fanonerana ilay sazy famaizana. Mbola zava-kendrena amin'ny sazy famaizana, ny fiarovana ny filaminam-bahoaka sy ny fandriampahaleman'ny olona, ary ankoatra izany ny fampiasana azy ho toy ny fitsaboana : araka izay azo atao, tokony hanampy hanatsara ny toetra sy ny fiainan'ilay meloka ny sazy famaizana. 1897,1899 2308 1449

2267. Ny fampianaran'ny Fiangonana nampitaina tamin'ny lovantsofina dia tsy misakana ny fampiharana ny sazy fanamelohan-ko faty, raha voamarina manontolo ny mombamomba ilay meloka sy ny andraikiny, ary io no hany fomba azo atao sy hampahomby ny fiarovana ny ain'ny olona amin'ny mpamely tsy ara-drarin'ny.

Kanefa raha ampy hiarovana sy hiantohana ny fandriampahaleman'ny olona amin'ny mpamely ny fomba tsy misy ra latsaka, dia tokony hionona amin'io fomba io ny manam-pahefana satria io no mifanaraka tsaratsara kokoa amin'ny fepetra azo tsapain-tanana ny amin'ny soa iombonana sy mifanaraka bebe kokoa amin'ny fahamendrehan'ny olombelona. 2306

Satria, ankehitriny, noho ny fahafahan'ny Fanjakana mandamina ny sazy famaizana amim-pomba mandaitra momba ny heloka bevava, kanefa tsy manimba ilay meloka, sady tsy manesotra aminy tanteraka ny fahafahany manenina, "dia efa tena mihavitsy tokoa hatramin'izao, raha tsy efa tsy misy intsony aza"¹, ny fampiharana ny famonoana ho faty ny olo-meloka, amin'ny toe-javatra manokana tena ilana izany.

¹ "Evangelium vitae" 56.

Ny famonoan'olona an-tsitrapo

1867 2268. Raràn'ny didy fahadimy ny *famonoan'olona mivantana sy an-tsitrapo*, noho ny maha-fahotana lehibe azy. Ny mpamono olona sy ireo izay miaramiasa an-tsitrapo amin'ny vono olona dia manao fahotana izay miantso valifaty any an-danitra¹.

Ny famonoan-jaza², ny famonoana mpiray tam-po, ny famonoana ray na reny ary ny famonoana vady dia heloka lehibe indrindra noho ny rohim-pihavanana voa-Janahary izay tapahin'izy ireny. Ny fiahiana momba ny fanatsarana ny taranak'olombelona na ny fahasalamam-bahoaka dia tsy afaka manamarina famonoan'olona na iray aza, na dia ny fanjakana aza no mandidy izany.

2269. Raràn'ny didy fahadimy ny tsy hanao fikasana na inona na inona hamono olona *ankolaka*. Raràn'ny lalàna môrally ny mamela olona iray, tsy misy antony lehibe, hisetra loza mahafaty, tahaka izany koa ny mandà tsy hamonjy olona iray tra-doza.

Tsy rariny manafintohina sy fahadisoana lehibe ny aneken'ny fiaraha-monin'ny olombelona ny mosary mandripaka ain'olona, nefa tsy miezaka mitady fanafodin'izany. Mahatonga famonoan'olona ankolaka ny mpanao varo-maizina, satria ny fanaon'izy ireny mampanjana-bola tsy ara-dalàna sy matimatim-bola no mahatonga ny mosary sy ny fahafatesan'ny olona izay tsy iza fa toy ny mpiray tam-po aminy ihany. Mahameloka azy ireo izany famonoan'olona izany³.

2290 Tsy mahadiso ara-pitsipi-pitondran-tena ny famonoan'olona *tsy fidiny*. Kanefa tsy afa-tsiny amin'ny fahadisoana lehibe ny tena, raha nanao asa na fihetsika nahatonga fahafatesana, tsy misy antony mifandanja amin'izany, na dia tsy nieritreritra ny hahatonga izany aza.

Ny fanalan-jaza

1703 2270. Tsy maintsy hajaina sy arovana amin'ny fomba rehetra ny ain'olombelona, manomboka amin'ny fotoanan'ny fiforonany ao am-bohoka. Manomboka amin'ny fotoana voalohan'ny fisiana ho olona, dia tokony haseho eo aminy ny fanekena ny zo maha-olona azy, anisan'izany ilay zo tsy azo dikaina eo amin'ny tsy manan-tsiny rehetra, dia ny zo ho velona⁴.

Efa fantatro talohan'ny namoronana anao tao am-bohoka ianao. Raha mbola tsy naloaky ny kibon-dreninao ianao, dia efa nohamariniko (Jer 1,5).

¹ jer. Jen 4,10.

² jer. FAA 51, §3.

³ jer. Am 8,4-10.

⁴ jer. CDF, instr. "Donum vitae" 1,1.

Tsy niafina taminao ny tenako tamin'ny namoronana ahy tao amin'ny miafina, notenomina tamim-pahaizana, tao amin'ny fanambanin'ny tany (Sal 139,15).

2271. Nantitranterin'ny Fiangonana, nanomboka tamin'ny taonjato voalohany, ny maha-ratsy ara-môraly ny fanalan-jaza rehetra iniana atao. Tsy azo soloina ary tsy miovaova izany fampianarana izany. Ny fanalan-jaza mivantana, izany hoe iniana atao ho tanjona na ho fomba, dia manohitra mafy ny lalàna môraly :

Tsy hamono ny “embryon” amin'ny alalan'ny fanalan-jaza ianao ary tsy hamono ny zaza tera-bao¹.

Andriamanitra, Tompon'ny aina, dia nanankina amin'ny olombelona ny fandraharahana ambony momba ny aina, ary tsy maintsy manefa izany amin'ny fomba mendrika Azy Tompo ny olona. Koa tsy maintsy arovana amim-pitandremana tanteraka ny aina, manomboka amin'ny fiforonany ao am-bohoka : heloka faran'izay ratsy ny fanalan-jaza sy ny famonoan-jaza².

2272. Fahotana lehibe ny fiarahana manala zaza amin'ny fomba mazava. Ny fanesorana tsy hanana anjara amin'ny Fiangonana no sazy araka ny lalàna famaizana ampiharin'ny Fiangonana amin'io fandikan-dalàna manohitra ny ain'olombelona io. “Izay mahatonga fanalan-jaza, raha tanteraka ny vokany, dia sazina amin'ny fanesorana tsy hanana anjara amin'ny Fiangonana amin'ny *sazy mihatra ho azy (latae sententiae)*”³, “eo no eo ihany amim-panatanterahana ity heloka bevava ity”⁴ sy amin'ny fepetra voatondron'ny Lalàna⁵. Tsy ny mampihena ny fahalalahan'ny famindram-po no heverin'ny Fiangonana amin'izany, fa ny mampiseho ny halehiben'ny heloka bevava natao sy ny fahavoazana tsy hay onerana mihatra amin'ny ilay tsy manan-tsiny novonoina, amin'ny ray aman-dreniny ary amin'ny fiaraha-monina manontolo.

1463

2273. Anisan'ny *singafotra mamorona ny fiaraha-monin'ny olom-pirenena sy ny fehezan-dalànany*, ny zo ho velona izay tsy azo foanana amin'ny olona rehetra tsirairay tsy manan-tsiny :

1930

“Tsy maintsy hankatoavina sy hajain'ny fiaraha-monin'ny olom-pirenena sy ny mpifehy fanjakana, ny zo tsy azo foanana amin'ny olona. Tsy miankina na amin'ny olona tsirairay, na amin'ny ray aman-dreny, ny zon'olombelona, ary tsy mahasolo na dia amin'ny fifaneken'ny fiaraha-monina sy ny Fanjakana aza ; anisan'ny toetra voa-Janahary ny olona izany ary tsy azo sarahina amin'ny olona noho ny asan'ny

¹ Didaché 2,2 ; jer. Barnabé, ep. 19,5 ; Epître à Diognète 5,6 ; Tertullien, apol. 9,8.

² FAA 51, §3.

³ CIC, can. 1398.

⁴ CIC, can. 1314.

⁵ CIC, can. 1323-1324.

mpahary izay namoahany azy tany am-piandohany. Tsy maintsy asongadina, amin'ireny zo fototra ireny, ny zo ho velona sy ny zo tsy hanimbàna ny tenan'ny olombelona manontolo manomboka amin'ny fiforonany ao am-bohoka ka mandra-pahafaty”¹.

“Amin'ny fotoana izay misy lalàm-panjakana iray manan-kery manesotra sokajin'olona amin'ny fiarovana, kanefa tsy miaro azy ireo amin'izany ny fehezandalàna mifehy ny olom-pirenena, dia amin'izany ilay Fanjakana no tonga mandà ny fitovian'ny rehetra eo anatrehan'ny lalàna. Rahefa ny Fanjakana no tsy mampiasa ny heriny amin'ny fikarakarana ny zon'ny olom-pirenena rehetra, singanina manokana ny an'ireo osa indrindra, dia ny fototra maha-fanjakana tan-dalàna mihitsy no tandindomin-doza (...). Noho ny halehiben'ny fanajana sy ny fiarovana izay tsy maintsy hiantohana ny zaza, manomboka amin'ny fotoana fiforonany ao am-bohoka, dia tokony hitsinjo mialoha ny sazy momba ny fandikan-dalàna sahaza ny fanazimbàna amim-piniavana rehetra ny zony, ny lalàna”².

2274. Noho ny “embryon” tsy maintsy karakaraina toy ny olona, manomboka amin'ny fiforonany ao am-bohoka, dia tsy maintsy arovana amin'ny maha-izy azy manontolo, tsaboina sy sitranina, araka izay azo atao, toy ny olona hafa rehetra izy.

Eken'ny lalàna ara-pitsipi-pitondran-tena ny *famantarana toetr'aretina mialoha ny fahaterahana*, “raha manaja ny aina sy ny maha-izy manontolo ny “embryon” sy ilay efa zaza ao am-bohoka izany, sy raha atodika amin'ny fiarovana azy na amin'ny fanasitranana ny tenany (...). Mifanohitra mafy amin'ny lalàna mōrally kosa izany, rahefa mitsinjo mialoha, araka ny vokatry, ny zavatra mety hiseho mahatonga ny fanalan-jaza. Tsy tokony hampitoviana amin'ny teny ara-pitsaràna momba ny famonoana, ny famantarana toetr'aretina”³.

2275. “Azo heverina ho ara-dalàna ny fitsaboana amin'ny fandidiana ny “embryon”-n' olombelona, raha toa izany ka manaja ny aina sy ny maha-izy manontolo an'ilay “embryon”, ary tsy mamela azy amin'ny loza mety hitranga tsy araka ny tokony ho izy, fa mikendry ny fahasitranany, ny fanatsarana ny toe-pahasalamany, na ny fitohizam-piainan'ny tenany”⁴.

“Faharatsiam-pitondran-tena ny mamokatra “embryon”- n'olombelona, trandrahana ho fitaovana biôlôzika azo ampiasaina”⁵.

“Ny fanandramana sasantsasany amin'ny *fandidiana ny singafoto-tselampandovàna ara-poto-toetran'ny ray aman-dreny na ara-poto-tarazo* dia tsy fitsaboana, fa mikendry ho amin'ny famokarana olombelona nofantenana araka ny maha-lahy na maha-vavy, na araka ny toetra hafa efa namboarina mialoha. Ireny

¹ CDF, instr. "Donum vitae" 3.

² CDF, instr. "Donum vitae" 3.

³ CDF, instr. "Donum vitae", 1,2.

⁴ CDF, instr. "Donum vitae" 1,3.

⁵ CDF, instr. "Donum vitae" 1,5.

fampiasana ireny dia mifanohitra amin'ny hasina maha-olona ny olona tsirairay, amin'ny maha-izy azy manontolo ary amin'ny maha-izy azy manokana" tokana aman-tany, tsy azo averina intsony¹.

Ny etanazia

2276. Mila fanajana manokana ireo izay mihena na mihaosa ny ainy. Tokony hotohanana ny olona marary na sembana mba ho afaka mivelona aradalàna, sady araka ny tokony ho izy no araka izay azo atao. 1503

2277. Ny etanazia, na inona na inona antony sy fomba amam-pitaovana ampiasana azy, dia mifototra amin'ny fanaperan'ain'olona sembana, marary na miala aina. Tsy azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena izany.

Tahaka izany, ny asa atao na tsy natao, avy amin'ny tena na amin'ny fikasana, hamonoana ho faty mba hanafanana ny fangirifiriana, dia anisan'ny famonoan'olona manohitra tanteraka ny fahamendrehan'ny olombelona sy amin'ny fanajana an'Andriamanitra velona, Mpahary azy. Ny fahadisoam-piheverana izay mety ho tamim-pahatsorana no nanaovana izany, dia tsy manova ny toetra maha-asa famonoan'olona azy, izay raràna sy alavirina lalandava².

2278. Ny fampijanonana ny fomba fitsaboana lafo vidy, mampidi-doza, tsy araka ny fanao na tsy mifandrify amin'ny vokatra antenaina ho azo, dia mety ho aradalàna. Izany no fandavana "ny ala nenim-pitsaboana". Tsy ny fitadiavana ny hamono no hokatsahina amin'izany, fa ny manaiky ny tsy fahavitana manakana ny fahafatesana. Tokony horaisin'ny marary ny fanapahan-kevitra, raha manana fahefa-manapaka sy herim-pahazoana manao izany izy, na raha tsy izany izay manam-pahefana aradalàna, amin'ny fanajana lalandava ny finiavana marina hanao izany, sy ny fanajana lalandava ny tombon-tsoa ara-drariny an'ny marary. 1007

2279. Na dia heverina ho mananontanona aza ny fahafatesana, tsy mety hifanaraka amin'ny rariny ny mampitsahatra ny fitsaboana tsy maintsy atao mandrakariva amin'ny olona marary. Ny fampiasana ny fanafody mahadonto mba hanamaivanana ny fanaintainan'ilay miala aina, na dia mety hanafohy ny androny aza, dia mety hifanaraka ara-pitsipi-pitondran-tena amin'ny fahamendrehan'ny olombelona raha tsy irina ho tanjona na ho fitaovana ny fahafatesana, fa tsinjo mialoha sy ekena fotsiny ho tsy azo ihodivirana. Ny fitsaboana mampitonintony ny aretina dia anisan'ny endrika iray fanehoana manokana ny fitiava-namana tsy mikendry tombon-tsoan'ny tena. Noho izany, tokony amporisihina ny fanaovana io fitsaboana io.

¹ CDF, instr. "Donum vitae" 1,6.

² CDF, décl. "Iura et bona".

Ny famonoan-tena

- 2258 2280. Tompon'andraikitra amin'ny ainy ny tsirairay, eo anatrehan' Andriamanitra izay nanome azy izany. Kanefa, Izy Andriamanitra irery no Tompo tsy refesi-mandidy amin'izany. Manana adidy isika handray izany amim-pankasitrahana sy hiaro izany ho voninahiny sy ho famonjena ny fanahintsika. “Mpiandry omby volavita isika tsy tompony fa mpamerindoha” amin'ny aina izay nankinin'Andriamanitra amintsika. Tsy isika no mandahatra izany.
- 2212 2281. Fironana voa-Janahary ao amin'ny olombelona ny mitsimbina sy mampaharitra ny ainy, koa manohitra izany ny famonoan-tena, sady manohitra mafy ny fitiavana marina ny tena. Manafintohina ny fitiavanamana koa ny famonoan-tena, satria manapaka tsy ara-drariny ny fitohizan'ny fifandraisana eo amin'ny fiaraha-miainan'ny fianakaviana, ny firenena ary ny olombelona, izay adidintsika ny miara-miaina amin'izy ireo. Manohitra ny fitiavan'Andriamanitra velona ny famonoan-tena.
2282. Raha mikendry ny hotahafin'ny hafa, indrindra ho an'ny tanora ny famonoan-tena, dia mampitombo kokoa ny halehiben'ny fanafintohinana. Manohitra ny lalàna môrally ny fiaraha-miasa an-tsitrapo amin'ny famonoan-tena.
- 1735 Ny mety hampihena ny haben'ny fahadisoana amin'ny mamono tena dia ny fikorontanan-tsaina mafy, ny tebiteby na ny fahatahorana mafy avy amin'ny fitsapan-toetra, avy amin'ny fijaliana na avy amin'ny fampijaliana.
- 1037 2283. Tsy tokony hanary toky amin'ny famonjena mandrakizay ireo olona mamono tena. Azon'Andriamanitra atao ny mamorona ho azy ireny, amin'ny lalana izay Izy irery no mahalala, ny fitahiam-pibebahana ho amin'ny famonjena. Mivavaka ho an'ireo olona izay mamono ny ain'izy ireo ny Fianganana.

II. Ny fanajana ny hasina maha-olona

Ny fanajana ny vatana sy ny fanahin'ny hafa : ny fanafintohinana

- 2847 2284. Ny fanafintohinana dia fihetsika aseho na fitondran-tena izay mitarika ny hafa hanao ratsy. Mahatonga ny tenany ho mpaka fanahy ny namany, ny olona manafintohina. Manimba ny hatsaram-panahy sy ny hitsim-po izy ; mety hahatonga ny rahalahiny ho amin'ny fahafatesana ara-panahy izy. Anisan'ny fahotana lehibe ny fanafintohinana raha mitarika an-tsitrapo ny hafa hanao fahotana lehibe, noho ny asa atao na tsy natao.

1903 2285. Manana halehibe manokana ny fanafintohinana, arakaraka ny fahefan'ireo izay mahatonga izany na amin'ny fahosan'ireo izay iharan'izany. Fahazavan-kevitra avy amin'ity teny milaza loza nolazain'ny Tompontsika ity izany : “Izay manafintohina ny anankiray amin'ireny madinika ireny, dia tsaratsara kokoa ho azy ny hanatonana vato fikosehan-dafarinina amin'ny vozony, ka halentika any anaty ranomasina izy” (Mt 18,6)¹. Lehibe ny fanafintohinana rahefa mahakasika ireo izay, noho ny toetra na noho ny anjara raharaha, manana adidy hampianatra na hanabe ny hafa. Manome tsiny ireo mpahay lalàna sy ireo Farisianina i Jesoa : Ohariny amin'ny amboadia mitafy hodi-janak'ondry izy ireny².

2286. Ny fanafintohinana dia mety ho avy amin'ny lalàna na avy amin'ny rafi-panorenana, avy amin'ny fomba fiaina na avy amin'ny hevitra ny olona.

Araka izany, melohina ho mpanafintohina ireo izay mamorona lalàna na rafi-piaraha-monina mitarika ho amin'ny fanimbana ny fomba fiainana amampitondran-tena sy ho amin'ny fahalovan'ny fiainana ara-pivavahana, na ireo “izay manao fepetra ara-piaraha-monina, an-tsitraho na tsia, ka mahatonga ny fitondran-tena kristianina araka ny didin'Andriamanitra ho sarotra sy tsy azo tanterahina mihitsy aza”³. Torak'izany koa, melohina ho mpanafintohina ireo lehiben'ny orinasa manao fitsipika mahatonga ho amin'ny fitaka, ireo mpampianatra “mampisafoaka” ny mpianany⁴ na ireo izay mpandreby birenay vahoaka amin'ny fanodinana ny sain'izy ireo tsy ho amin'ny soatoavina ara-môraly. 1887 2498

2287. Ilay izay mampiasa ny fahefana ananany, amin'ny fomba mahatarika hanao ratsy, dia manamelo-tena amin'ny fanafintohinana sy tompon'andraikitra ny ratsy izay ankasitrahany mivantana na tsy mivantana. “Tsy maintsy ho avy ny fanafintohinana, fa loza no hanjo an'izay iaviany” (Lk17,1).

Ny fanajana ny fahasalamana

2288. Harena sarobidy avy amin'Andriamanitra ny aina sy ny fahasalamambatana. Tokony hokarakaraintsika amim-pahendrena izany, amin'ny fiheverana ny zavatra tena ilain'ny hafa sy ny soa iombonana. 1503

Ny fikarakarana ny fahasalaman'ny olom-pirenena dia mitaky ny fanampian'ny mpiara-monina mba hananana toe-piainana ahafahana mitombo sy mahatratra ny fahamatorana : sakafo sy fitafiana, trano fonenana, fikarakarana ara-pahasalamana, fampianarana fototra, anton'asa, fanampiana ara-tsôsialy. 1509

¹ jer. 1 Kôr 8,10-13

² jer. Mt 7,15.

³ Pie XII, lahateny tamin'ny 1 jona 1941.

⁴ jer. Efez 6,4 ; Kôl 3,21.

2289. Raha mitaky ny fanajana ny fiainana ara-batana ny môraly dia tsy manao
364 ny fiainana ara-batana ho ambony indrindra tsy akory izany. Ny môraly dia
2113 manohitra ny fomba fisainan'ny mpanompo sampy amin'ny fomba vaovao
izay mikendry hampandroso ny *fanompoam-batana*, hahafoy ny zavatra
rehetra ho azy, ho tia tafahoatra ny fahatsarany sy ny fahombiazana ara-
panatanjahan-tena. Fomba fisainana manavaka ny matanjaka sy ny osa
izany, amin'ny alalan'ny safidim-pifantenana, ka mety hitarika amin'ny
fiharatsian'ny fifandraisan'ny olona.

2290. Ny herim-panahy fahalalana onony no *mandrisika hisoroka ny karazan'*
1809 *ny fanao tafahoatra ny mety rehetra*, amin'ny filerana sakafo, amin'ny
zava-pisotro misy alikaola, amin'ny paraky mbamin'ny sigara ary ny
fanafody. Ireo izay mamono na tia ny mandeha mirimorimo mihoatra ny mety
dia mampidi-doza ny filaminan-tsain'ny hafa sy ny an'ny tenan'izy ireo,
eny an-dalana, eny an-dranomasina, eny an'habakabaka, ary mahatonga azy
ireo ho meloka mafy tokoa.

2291. Ny *fampiasana zava-mahadomelina* dia manafay amin'ny fanimbana
lehibe dia lehibe ny fahasalamana sy ny fiainan'ny olombelona. Ivelan'ny
toromarika hentitra momba ny fitsaboana, dia fahadisoana lehibe izany. Ny
famokarana an-tsokosoko sy ny varo-maizina amin'ny zava-mahadomelina
dia fanao manafintohina ; midika ho fiaraha-miasa mivantana ireny, satria
mandrisika izany ho amin'ny fomba fanao mifanipaka mafy amin'ny lalàna
môraly.

Ny fanajana ny olona sy ny fikarohana ara-tsiansa

2292. Ny fanandramana ara-tsiansa, ara-pitsaboana na ara-pisikôlôzia, eo amin'
ny olona na vondron'olona, dia mety hanampy amin'ny fanasitranana ny
marary sy amin'ny fandrosoan'ny fahasalamam-bahoaka.

2293. Ny fikarohana ara-tsiansa fototra, tahaka ny fikarohana ampiharina avy hatrany
159 koa, dia samy anisan'ny fanehoana mampibaribary ny maha-mpanjakan'ny
zavaboary ny olombelona. Harena sarobidy ny siansa sy ny teknika rahefa
ampiasaina hanampiana ny olona sy anandratana avy amin'izany ny fivelarana
manontolo ho amin'ny tombon-tsoan'ny rehetra ; kanefa ireo, raha izy ireo fotsiny,
tsy ahafahana milaza ny anton'ny fisiana sy ny fivoaran'ny olombelona. Miankina
amin'ny olombelona ny siansa sy ny teknika, satria ny olombelona no iandohan'
1703 ireo sy itomboan'ireo ; noho izany, ao amin'ny olona sy ny soatoavina ara-môraly
no ahitan'ny siansa sy ny teknika ny fanondroana ny tanjom-piafarany sy ny
fahalalany ny fetrany.

2294. Fijery mamitaka ny mitaky ny tsy ampidirana môraly amin'ny fikarohana ara-
tsiansa sy ny fampiharana azy. Ankoatra izany, ny fepetra arahina amin'ny
fanorenana izany dia tsy tokony hosintonina avy amin'ny fahombiazana tsotra ara-

teknika na avy amin'ny tombon-tsoa izay mety ho azon'ny sasany, amin'ny fahavoazan'ny hafa, na, mbola ratsiratsy kokoa, avy amin'ny firehan-kevitra arahin'ny daholobe. Takina amin'ny siansa sy ny teknika, amin'ny alalan'ny hevitr'izy ireo tena izy, ny fanajana tsy misy fepetra ny foto-piorenan'ny toetram-pitondran-tena ; ny siansa sy ny teknika dia tokony hanampiana ny olombelona, ny zony tsy azo foanana, ny soany tena izy sy tsy misy tomika, mifanaraka amin'ny tetik'asan'Andriamanitra sy ny sitrapony. 2375

2295.Ny fikarohana na ny fanandramana atao amin'ny olombelona dia tsy afaka manamarina ny asa amin'ny maha-asa azy ihany, raha mifanohitra amin'ny hasina maha-olona sy amin'ny lalana môraly. Tsy manamarina ny asa toy izany ny fanekena mety hisy eo amin'ireo olona anaovana ny fikarohana na ny fanandramana. Tsy ara-dalana ara-pitsipi-pitondran-tena ny fanandramana atao amin'ny olombelona raha toa ka mampidi-doza tsy mifanaraka na azo sorohina eo amin'ny aina na eo amin'ny maha-izy manontolo ny ara-batana sy ny ara-tsain'ilay olona. Tsy mifanaraka amin'ny hasina maha-olona ny fanandramana atao amin'ny olombelona, indrindra raha tsy misy fanekena mazava avy amin'ilay olona anaovana fanandramana na avy amin'ireo manan-jo misolo tena azy. 1753

2296.Mifanaraka amin'ny finoana ara-môraly ny *fanaovana grefy taova* raha mifandanja amin'ny soa irin'ilay mpandry, ny loza sy ny fanaovana vy very arabatana sy ara-tsaina setrain'ilay mpanome. Asa ambony sy mendrika hoderaina ny fanomezana *taova* aorian'ny fahafatesana ka tokony hamporisihana fa fanehoana firaisan-kina atao amin-kalalaham-po izany. Tsy azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena izany raha tsy nanome ny fanekeny mazava ilay mpanome na ireo havany manan-jo amin'izany. Ankoatra izany, tsy azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena ny mahatonga mivantana fanesoran-drantsambatana mahakilemaina na fahafatesan'olona iray mihitsy aza, mba hampihemorana ny fahafatesan'ny olona hafa. 2301

Ny fanajana ny maha-izy manontolo ny vatana

2297. Ireo *fakana an-keriny* sy ireo *fanaovana sambo-belona atao antoka na takalon'aina* dia mampanjaka ny asa fampihorohoroana, ary noho ny fandrahonana, dia mahatonga fanerena tsy tany eo amin'ireo ianjadiamboina. Tsy ekena ara-pitsipi-pitondran-tena ho ara-dalana ireny. Ny *asa fampihorohoroana* rehetra na inona na inona dia mampatahotra, mandratra ary mamono ; manohitra mafy tokoa ny rariny sy ny fitiavana izany. Manohitra ny fanajana sy ny hasina maha-olona ny *fampijalijaliana* izay mampiasa herisetra ara-batana na ara-tsaina mba hampiaikena, mba hanafaizana ny olo-meloka, mba hampitahorana ny mpanohitra, mba hanatanterahana ny fankahalana. Ivelan'ny filazan'ny mpitsabo amin'ny lafiny hentitra momba ny fitsaboana, dia manohitra ny lalana môraly ny *fanapahan-drantsambatana*, ny *fanesoran-drantsambatana*, na ny

fampamombàna an-tsitrapo mivantana atao amin' ny olona tsy manantsiny¹.

2298. Tamin'ny andro taloha, dia mazàna nampiasa fomba amam-pihetsika tsy mifaditrovana ny fitondram-panjakana ara-dalàna mba hitandroana ny lalàna sy ny filaminana, matetika tsy nisy fanoheran'ireo mpitondra Fiangonana, izay izy ireo koa aza no nandany era tao amin'ny tribonalin'izy ireo ny baikon'ny didy rômanina ny amin'ny fampijalijaliana. Tao ambadik'ireny toe-javatra mampalahelo ireny, dia nampianatra lalandava ny adidy momba ny fahalemem-panahy sy ny famindram-po ny Fiangonana ; noraràny ny mpandraharaha voahosotra tsy handatsa-dra. Tamin'ny fotoana tsy ela akory izay, niharihary fa tsy nilaina ho amin'ny filaminam-bahoaka na tsy mifanaraka koa amin'ny zo ara-dalàna ny olombelona ireny fomba amam-pihetsika tsy mifaditrovana ireny. Ny mifanohitra amin'izany aza, mitondra ho amin'ny fikorosy fahana ratsy indrindra ireny fomba amam-pihetsika ireny. Ilaina ny miasa ho fanafoanana ireny. Ilaina ny mivavaka ho an'ny olona niharan-doza sy ny mpampijaly azy ireo.

Ny fanajana ny maty

2299. Tandremana sy karakaraina ireo olona madiva ho faty mba hanampy azy ireo hiaina ny fotoana farany ahaveloman'izy ireo amin'ny fahamendrehana sy fiadanana. Ny vavak'ireo havana aman-tsakaizany no hanampy azy ireo. Hezahin'izy ireo ny handraisan'ny marary amin'ny fotoana mety ny sakramenta izay manomana ny fihaonana amin'ilay Andriamanitra velona.

2300. Tokony hokarakaraina amim-panajana sy amim-pitiavana ao anaty finoana sy fanantenana ny fitsanganan-ko velona ny nofo mangatsiaka an'ireo nodimandry. Tsanganasa fiantrana momba ny vatana ny fandevenana ny maty² ; manaja sy manome voninahitra ny zanak'Andriamanitra, tempolin'ny Fanahy Masina izany.

2301. Mety ho azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena ny fandidiam-paty noho ny antony famotopotorana araka ny lalàna, hizahana ny antony nahafatesany, na noho ny antony fikarohana ara-tsiansa. Ara-dalàna ary mety ho mendri-piderana ny fanomezana maimaim-poana ny taova aorian'ny fahafatesana.

Manaiky ny fandoram-paty hanjary lavenona ny Fiangonana raha tsy miteraka voka-dratsy amin'ny finoana ny fitsanganan'ny vatana ho velona izany³.

¹ jer. DS 3722-3723.

² jer. Tob 1,16-18.

³ jer. CIC, can. 1176, §3.

III. Ny fiarovana ny fandriampahalemana

Ny fandriampahalemana

2302. Amin'ny fampahatsiarovana ny didy hoe : “Tsy hamono olona ianao” (Mt 5,21), dia mila ny fiadanan'ny fo ny Tompotsika ary miampanga ny faharatsian'ny fahatezerana mahafaty sy ny fankahalana : 1765

Faniriana hamaly faty ny *fahatezerana*. “Raràna ny mikasa hamaly faty mba hampisy fahavoazana an'ily nanao ratsy ho sazy ampiarina aminy” ; saingy tsara ny mampanao fanonerana “mba ho fanitsiana ny faharatsiantoetra sy ho fampanjakana ny fahamarinana”¹. Ny fahatezerana, raha tonga hatramin'ny fikasana amim-piniavana hamono ny namana na handratra azy mafy mihitsy, dia lasa manohitra tanteraka ny fitiava-namana ; fahotana mahafaty izany. Hoy ny Tompo : “Na iza na iza mitezitra ny rahalahiny dia hohelohina amin'ny fitsaràna” (Mt 5,22).

2303. Manohitra ny fitiava-namana ny *fankahalana* an-tsitrapo. Fahotana ny fankahalana ny namana, rahefa minia mikasa hanisy ratsy azy. Fahotana lehibe ny fankahalana ny namana, rahefa minia maniry azy hiharam-pahavoazana lehibe. “Fa Izaho kosa milaza aminareo : Tiava ny fahavalonareo, mivavaha ho an'izay manenjika anareo ; mba ho zanaky ny Rainareo izay any an-danitra ianareo ...” (Mt 5,44-45). 2094,1933

2304. Mila *fandriampahalemana* ny fanajana sy ny fandrosoan'ny fiainan'ny olombelona. Ny fandriampahalemana dia tsy midika hoe tsy fisian'ny ady fotsiny, ary tsy voafetra amin'ny hoe fiorenan'ny fifandanjan-kerin'ny mpifanohitra. Tsy hanjaka ny fandriampahalemana eto ambonin'ny tany raha tsy misy ny fiarovana ny fananan'olona, ny fifandraisana malalaka eo amin'ny samy olombelona, ny fanajana ny fahamendrehan'ny olona sy ny firenena, ny fiainana mitandro hatrany ny fihavanana. “Fahatonian'ny filaminana”² izy ; tsanganasan'ny fahamarinana (Iz 32,17) ary vokatry ny fitiavana³. 1909
1807

2305. Endrika sy vokatry ny *fiadanan'i Kristy*, ilay Mesia “Andrian'ny fiadanana” (Iz 9,5) ny fandriampahalemana eto ambonin'ny tany. Tamin'ny alalan'ny ra nalatsany teo amin'ny Hazofijaliany no nandevonany ny fifandrafesana tao amin'ny Tenany nofo⁴, nampihavanany ny olombelona tamin'Andriamanitra, ary nanaovany ny Fiangonany ho famantarana ny 1468

¹ Md Thomas d'A., s. th. 2-2,158, 1, ad 3.

² Md Augustin, civ. 19,13.

³ jer. FAA 78, §§1-2.

⁴ jer. Efez 2,16 ; Kôl 1,20-22.

firaisan'ny olombelona rehetra sy ny fiombonany amin'Andriamanitra¹. “Izy no fiadanantsika” (Efez 2,14). Ambarany fa “sambatra ny tia fihavanana” (Mt 5,9).

2267 2306. Ireo izay mandà ny asa mahery setra, mandatsa-dra, fa mampiasa ny fitaovam-piarovana takatry ny osa kokoa, ho fiarovana ny zon'olombelona, no mijoro vavolombelon'ny fitiavana araka ny Evanjely, raha toa ka tsy manimba ny zo sy ny adidy aman'andraikitra ny olon-kafa sy ny fikambanana ny fanaovana izany. Izy ireo no manamarina ara-dalàna ny halehiben'ny loza ara-batana sy ara-tsaina amin'ny fampiasana herisetra, sy manamarina koa ny vokany, dia ny faharavana sy ny fahafatesana².

Misoroka ny ady

2307. Mandrara ny famotehana an-tsitrapo ny fiainan'olombelona ny didy fahadimy. Noho ireo fahavoazana amam-pahoriana sy tsy rariny ateraky ny ady rehetra, dia mamporisika mafy ny tsirairay hivavaka sy hiasa ny Fiangonana, mba hanafahan'ny Hatsaram-pon'Andriamanitra antsika amin'ny fanandevozana fahiny tamin'ny ady³.

2308. Tsy maintsy manao izay hisorohana ny ady ny olom-pirenena tsirairay sy ny mpitondra.

2266 Rahefa ela ny ela, na dia izany aza, “ka haharitra ny loza ateraky ny ady, nefa tsy misy ny fahefa-manapaka iraisam-pirenena manan-kery ampy handaminana ny toedraharaha, dia tsy azo lavina fa manana zo hiaro tena ara-dalàna ny fitondrampanjakana, rahefa lany haika tamin'ny fampiraharaha rehetra azo natao isorohana ny ady”⁴.

2243 2309. Tsy maintsy dinihana mazava tsara ny fepetra mafy amin'ny *fiarovan-tena eken'ny lalàna amin'ny alalan'ny hery ara-tafika*. Ny halehiben'ny fanapahan-kevitra toy izany dia mampanaiky izany amin'ny fepetra henjana amin'ny fahamarinana ara-môraly. Tsy maintsy ho toy izao avy izany :

- maharitra, lehibe ary tsy misy isalasalana ny fahavoazana nanafaizan'ny mpamely ny firenena na ny firaisambem-pirenena ;
- miharihary fa tsy mety vita na tsy mahomby ny fomba amam-pitaovana hafa rehetra nampitsaharana izany ;
- voangona ny fepetra matotra azo antoka fa hahomby ;
- tsy hiteraka fahavoazana sy korontana mety hamohehatra kokoa noho ilay ratsy tiana ho foanana ny fampiasana fitaovam-piadiana.

¹ jer. FF 1.

² jer. FAA 78, §5.

³ jer. FAA 81, §4.

⁴ FAA 79, §4.

Mitambesatra tokoa amin'ny fankasitrahana izany fepetra izany ny herin'ny fitaovana môderina famotehana.

Ireo no singafotra fanao fahizay notanisaina tamin'ny fitambaram-pampianarana antsoina hoe : “ady ara-drariny”.

Anjaran'izay miandraikitra ny soa iombonana no mandanjalanja amim-pahendrena ny fankasitrahana ireo fepetran'ny fahamarinana ara-môraly ireo. 1897

2310. Manana zo sy adidy ny fanjakana amin'io toe-javatra io, hanery ny olom-pirenena amin'ny *adidy aman'andraikitra ilaina amin'ny fiarovam-pirenena*.

Ireo izay manolo-tena hanompo ny tanindrazana ao amin'ny fiainamiramila, dia mpanompon'ny filaminana sy ny fahafahan'ny firenena. Mandray anjara marina amin'ny soa iombonan'ny firenena sy amin'ny fampanjakana ny fandriampahalemana izy ireo, raha efainy tsara ny lahasan'izy ireo¹. 2239 1909

2311. Anjaran'ny fanjakana ny miantoka ara-drariny ireo izay manaraka ny kônsiansiny, ka sady mandà tsy hampiasa fitaovam-piadiana, no maharitra hanompo ny firenena amin'ny fomba hafa². 1782,1790

2312. Ambaran'ny Fiangonana sy ny sain'olombelona fa manan-kery lalandava ny *lalàna môraly mandritra ny ady ampiasana fitaovam-piadiana*. Rahefa tonga amin'ny tsofotsori-mamba hisarahana ka velona ny ady, tsy izany akory no hahatonga ho ara-dalàna ny zavatra rehetra ataon'ny mpifanandrina³.

2313. Tsy maintsy hajaina sy karakaraina amin-kalemem-panahy ireo tsy nandray anjara tamin'ny ady, ireo miaramila naratra ary ireo sambo-belona.

Heloka bevava ny asa amam-pihetsika rehetra iniana atao manohitra ny zon'ny olona sy ny fitsipi-pitondran-tena amin'izany zo izany izay mahafehy ny daholobe, toy izany koa ny mandidy hanatanteraka ireny. Tsy ampy hanala tsiny an'ireo izay manaiky izany ny fanekena an-jambany. Tahaka izany ny fandranganana vahoaka, firenena na foko vitsy an'isa, dia azo helohina ho fahotana mahafaty. Voatery ara-pitsipi-pitondran-tena ny olona hanohitra ny baiko izay mandidy handringana olona. 2242

¹ jer. FAA 79, §5.

² jer. FAA 79, §3.

³ FAA 79, §4.

2314. “Ny ady rehetra izay mikendry tsy misy fanavahana handravana tanàna manontolo na faritra midadasika miaraka amin’ny mponina ao aminy, dia heloka bevava manohitra an’Andriamanitra sy ny olombelona mihitsy, ka tsy maintsy helohina mafy tokoa sy tsy amim-pihambahambana”¹. Ny loza ateraky ny ady môderina dia ny mamorona antony mba hanaovan’ireo mpitana fitaovam-piadiana siantifika, indrindra atômika, biôlôzika na simika, heloka bevava amin’izany.

2315. Maro ny mihevitra fa ny *fanangonana fitaovam-piadiana* dia fomba azo hifanoherana ara-kevitra hamiliana ny ady mety ho ataon’ny mpanohitra. Heverin’izy ireo fa izany no fomba tena mahomby mety hiantohana ny fandriampahalemana eo amin’ny samy firenena. Mila fahamalinana ara-môraly hentitra anefa izany fomba fampihemoram-pahavalo izany. Satria, tsy tena afaka miantoka ny fandriampahalemana ny *fifaninanana mampiasa fitaovam-piadiana*. Tsy manafoana velively ny raharahan’ady izany, fa vao mainka aza manampy trotraka azy. Ny fandanian-karena mihoa-pampana amin’ny fanamboarana fitaovam-piadiana vaovao lalandava dia misakana ny fanatsarana ny fiainan’ireo vahoaka mahantra tsy ampy fivelomana², sady misakana koa ny fampandrosoana ny firenena. Mampitombo ny anton’ny fifanoherana sy mampitombo ny loza mety hitranga amin’ny fiitaran’ny ady, ny *fitaovam-piadiana tafahoatra*.

1906 2316. Ny *famokarana sy ny fivarotana fitaovam-piadiana* dia mahakasika ny soa iombonan’ny firenena rehetra sy ny fikambanana iraisam-pirenena. Koa noho izany, zo sy adidin’ny Fanjakana ny mandamina fitsipi-pifehezana an’ireny. Ny fitadiavana tombon-tsoa manokana na iombonana ao anatin’ny fotoana fohy dia tsy azo anekena ho ara-dalàna an’ireo orinasa izay mampirehitra herisetra sy fifanoherana eo amin’ny samy firenena, sy izay manimba ny fandaminana araka ny lalàna iraisam-pirenena.

1938,2538 2317. Ny tsy rariny, ny tsy fitoviana mihoa-pampana amin’ny lafiny ara-toe-karena na ara-tsôsialy, ny fitsiriritana, ny fiahiahiana ary ny fiavonavonana izay mamely mafy eo amin’ny samy olombelona sy ny firenena, no loza mitatao tsy an-kijanona amin’ny fandriampahalemana sy miteraka ny ady. 1941 Fandraisana anjara hampanjakana ny fandriampahalemana sy hisorohana ny ady, izay rehetra atao handresena ireny korontana ireny :

Arakaraka ny maha-mpanota ny olombelona, no itaovan’ny lozan’ny ady, ary ho toy izany ihany mandra-piverin’i Kristy. Kanefa, arakaraka ny iraisan’ny olombelona ao anatin’ny fitiavana, no handreseny ny fahotana, ary koa handreseny ny herisetra mandra-pahatanteraka ity teny ity hoe :
“Ny sabatr’izy ireo ho tefeny ho lelan’angadinomby, ary ny lefony ho

¹ FAA 80, §4.

² PP 53.

antsy fijinjàna. Ny firenena tsy hisy hanangan-tsabatra hamely ny firenena hafa, ary tsy hianatra ady intsony ny olona” (Iz 2,4)¹.

FAMINTINANA

2318. *“Andriamanitra no mitana eo ambany fahefany ny fanahin’ny velona rehetra, sy ny fofon’ain’ny tenan’olombelona rehetra” (Jôba 12,10).*
2319. *Masina ny ain’olombelona rehetra, manomboka amin’ny fotoana iforonany ao am-bohoka ka mandra-pahafatiny, satria ny olombelona amin’ny maha-olombelona azy dia natao mitovy endrika sy mifanahaka amin’Andriamanitra velona sady masina.*
2320. *Mifanohitra tanteraka amin’ny hasin’ny maha-olona ny olona sy ny fahamasinan’ny Mpahary azy ny famonoan’olona.*
2321. *Ny fandraràna ny famonoan’olona dia tsy manafonana ny zo hiaro tena amin’ny fisakanana ny mpamely tsy ho tonga amin’ny fomba mamohetra. Ny fiarovan-tena eken’ny lalàna dia adidy lehibe ho an’izay miandraikitra ny ain’ny hafa na ny fananana iombonana.*
2322. *Efa manan-jo ho velona ny zaza, manomboka amin’ny fiforonany ao am-bohoka. Ny fanalan-jaza mivantana, izany hoe iniana atao ho toy ny tanjona na ho toy ny fomba, dia “fanao ratsy”², tena manohitra ny lalàna môtaly. Ny fanesorana tsy hanana anjara amin’ny Fiangonana no sazy araka ny lalàna famaizana ampiharina ny Fiangonana amin’io fandikandalàna manohitra ny ain’olombelona io.*
2323. *Noho ny “embryon” tsy maintsy karakaraina toy ny olona, manomboka amin’ny fiforonany ao am-bohoka, dia tsy maintsy arovana amin’ny maha-izy azy manontolo, tsaboina sy sitranina toy ny olona hafa rehetra izy.*
2324. *Ny etanazia atao an-tsitrabo, na ahoana na ahoana ny fomba ampiasaina ary na inona na inona antony, dia famonoan’olona tsotr’izao. Manohitra tanteraka ny hasina maha-olona sy ny fanajana an’Andriamanitra velona Mpahary azy izany.*
2325. *Ny famonoan-tena dia manohitra tanteraka ny fahamarinana, ny fanantenana ary ny fitiavana. Voararan’ny didy fahadimy izany.*
2326. *Anisan’ny fahotana lehibe ny fanafintohinana, raha mitarika an-tsitrabo hanao fahotana lehibe, noho ny asa atao na tsy natao.*

¹ FAA 78, §6.

² FAA 27, 13.

2327. *Noho ireo fahavoazana amam-pahoriana sy tsy rariny ateraky ny ady rehetra, tsy maintsy ataontsika izay rehetra azo atao amim-pahendrena hisorohana izany. Hoy ny vavaky ny Fiangonana : “Amin’ny mosary sy ny pesta ary ny ady, afaho izahay, ry Tompo !”*

2328. *Ambaran’ny Fiangonana sy ny sain’ny olombelona fa manan-kery lalandava ny lalàna môraly mandritra ny ady ampiasana fitaovam-piadiana. Heloka bevava ny asa amam-pihetsika rehetra iniana atao manohitra ny zon’ny olona sy ny fitsipi-pitondran-tena amin’izany zo izany izay mahafehy ny daholobe.*

2329. *“Ny fifaninanana mampiasa fitaovam-piadiana dia loza faran’izay mampitebiteby ny olombelona rehetra sy mamohetra ny mahantra amin’ny fomba tsy azo leferina”¹.*

2330. *“Sambatra ireo mpampihavana, fa hantsoina hoe zanak’Andriamanitra izy ireo” (Mt 5,9).*

ANDALANA 6

Ny didy fahenina

Tsy hijangajanga ianao (Eks 20,14)².

Efa renareo fa voalaza hoe : “Tsy hijangajanga ianao.” Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe : “Na iza na iza hijery vehivavy mba haniry azy, dia efa nijangajanga taminy tao am-pony sahadry” (Mt 5,27-28).

369-373 I. “Lehilahy sy vehivavy no nahariany azy ireo...”

1604 2331. *“Andriamanitra dia fitiavana, ka ao amin’ny Tenany ihany Izy no miaina ny misterin’ny fiombonana sy ny fitiavana. Tamin’ny nahariany ny maha-olombelona ny lehilahy sy ny vehivavy hitovy endrika Aminy (...) no nandraiketany ao amin’io maha-olombelona io ny *fiantsoana* azy, izany hoe ny herim-pahazoana amam-pahaizana *mitia* sy miombona, sy ny adidy aman’andraikitra mifanandrify amin’izany”³.*

“Ary Andriamanitra nahary ny olombelona mitovy endrika Aminy (...) ka lehilahy sy vehivavy no nahariany azy ireo” (Jen 1,27) ; “Miteraha maro ary mitomboana ianareo” (Jen 1,28) ; “Tamin’ny andro izay naharian’

¹ FAA 81, § 3.

² jer. Det 5,18.

³ FM 11.

Andriamanitra ny olombelona, dia nataony mifanahaka Aminy izy ireo, lehilahy sy vehivavy no nahariany azy ireo : notsofiny rano izy ireo, ary nomeny anarana hoe olombelona, tamin'ny andro nahariany azy ireo” (Jen 5,1-2).

2332. Miseho amin'ny lafiny rehetra momba ny olombelona ny *maha-lahy na maha-vavy*, ao amin'ny firaisan'ny vatany sy ny fanahiny. Mahakasika manokana ny fihetseham-po, ny herim-pahazoana amam-pahaizana mitia sy miteraka, ary, amin'ny ankapobeny, ny fahaiza-manorina fifandraisampiombonana amin'ny hafa. 362
2333. Anjaran'ny tsirairay, lehilahy sy vehivavy, ny mamantatra sy ny manaiky ny *maha-izy azy* ho lehilahy na ho vehivavy. Ny *faha-samy hafa* sy ny *fifamenoana* ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy, dia atodika any amin'ny soa ho an'ny fanambadiana sy ny fivelaran'ny fiainam-pianakaviana. Ny fomba iainan'ny olona ny maha-lahy azy na ny maha-vavy azy eo amin'ny lafiny fifamenoana, filana ary fifanohanana, dia anisan'ny iankinan'ny firindram-piainan'ny mpivady sy ny fiaraha-monina. 1603
2334. “Raha vao nahary ny olombelona ho lehilahy sy ho vehivavy Andriamanitra, dia efa nomeny fahamendrehana mitovy izy tsirairay avy na ny lehilahy na ny vehivavy”¹. “Olona ny olombelona ary mitovy ny hasin'ny maha-olona azy na ny an'ny lehilahy na ny an'ny vehivavy, satria noarina mitovy endrika sy mifanahaka amin'Andriamanitra-Olona izy roa”². 357
2335. Ny olona tsirairay na ny lehilahy na ny vehivavy, izay mitovy fahamendrehana, na dia samy hafa fomba aza, dia endriky ny herin' Andriamanitra sy ny hamamim-pitiavany. Ny *firaisan'ny lehilahy sy ny vehivavy* ao anatin'ny fanambadiana no fomba hanahafana ao amin'ny nofo ny fahalalam-pon'ny Mpahary sy ny fampisiany olona : “Mandao ny rainy sy ny reniny ny lehilahy mba hiraiki-po amin'ny vadiny ; ho nofo iray ihany izy roa” (Jen 2,24). Avy amin'io firaisana io no iandohan'ny fiterahana ny taranak'olombelona rehetra³. 2205
2336. Tonga hampody ny zavaboary amin'ny toe-pahadiovany tany ampiandohana i Jesoa. Tamin'ny toriteny teo an-Tendrombohitra Izy no nanazava tamin'ny fomba mazava sy hentitra ny fandaharan' Andriamanitra: “Efa renareo fa voalaza hoe : "Tsy hijangajanga ianao." Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe : "Na iza na iza mijery vehivavy mba 1614

¹ FM 22 ; jer. FAA 49, §2.

² MD 6.

³ jer. Jen 4,1-2.25-26 ; 5,1.

haniry azy dia efa nijangajanga taminy tao am-pony sahadym” (Mt 5,27-28). Tsy mahazo manasaraka izay nakamban’Andriamanitra ny olombelona¹.

Ny Lovam-pampianaran’ny Fiangonana dia nahazo an-tsaina fa ny didy fahenina no anatanbarana ankapobeny momba ny maha-lahy sy maha-vavy eo amin’ny olombelona.

II. Ny fiantsohan’Andriamanitra ho amin’ny fahadiovam-pitiavana

2520
2349 2337. Ny dikan’ny hoe fahadiovam-pitiavana dia fampiraisana manontolo sy lavorary ny maha-lahy na ny maha-vavy ny olona ao amin’ny tenany, ary avy amin’izany no miray tanteraka ao aminy ny vatana sy ny fanahy maha-olona azy. Ny maha-lahy na maha-vavy, izay isehoan’ny maha-anisan’ny tontolon’ny ara-batana sy ny ara-biôlôzia ny olombelona, dia manjary an’ny olona tsirairay sy momba ny olombelona tokoa rahefa ampidirana manontolo ao anatin’ny fifandraisan’ny olona samy olona, amin’ny fifanoloran-tenan’ny lehilahy sy ny vehivavy, izay fifanoloran-tena manontolo sy tsy voafetran’izao fiainana izao.

Noho izany, ny herim-panahy fahadiovam-pitiavana no isian’ny fahadiovan’ny maha-olona manontolo sy ny fanoloran-tena tsy misy tomika.

Ny fahadiovan-toetra tsy misy tomika ny olona

2338. Ny olona madio fitiavana dia mampaharitra ny fahadiovan-toetra tsy misy tomika ny herin’aina sy ny herim-pitiavana napetraka ao aminy. Io fahadiovan-toetra tsy misy tomika io no miantoka ny maha-iray tsy mivaky ny olona, sy manohitra ny fihetsika amam-pitondran-tena rehetra izay mety hanafintohina azy. Tsy zakan’ny fahadiovan-toetra tsy misy tomika, ny fihatsarambelatsihy na amin’ny fiainana na amin’ny fiteny².

2339. Misy *fianarana mifehy tena* ny fahadiovam-pitiavana, izay fampianarana amam-panabeazana momba ny fahafahan’ny olombelona. Mazava ny safidy atao : na ny olona mifehy ny firehetam-pony ka mahazo ny fiadanana, na izy mety handevozin’izany ka manjary fadiranovana³. “Ny fahamendrehan’ny olona dia mitaky aminy ny hanaovany zavatra araka ny safidy an-tsitra-po sy malalaka, ka avy amin’ny fisainan’ny tenany no handrisika sy hametra izany, fa tsy ho avy amin’ny tosi-kerim-panentana ao anaty na ny fanerena ety ivelany fotsiny. Tonga amin’izany fahamendrehana izany ny olombelona rahefa manafaka ny tenany tsy ho andevozin’ny firehetam-po, amin’ny fisafidianana malalaka ny soa sy ny tsara, ka mizotra ho amin’ny

1767

¹ jer. Mt 19,6.

² jer. Mt 5,37.

³ jer. Ekl 1,22.

anjara soany, sy mitandrina fatratra amin'ny fampiasana ny fahakingantsaina mba hahitana ny tena fomba tsara hahazoana izany”¹.

2340. Ilay izay te haharitra tsy hivadika amin'ny fanomezan-toky tamin'ny Bateminy sy hanohitra ny fakam-panahy, dia hitandrina amin'ny fampiasana ny *fomba* sahaza izany : ny fahalalana ny tena, ny fizàrana mamola-tena araka ny toe-javatra atrehina, ny fanekena ny didin' Andriamanitra, ny fampiasana ny herim-panahy enti-mitondra tena ary ny fitokiana amin'ny fivavahana. “Mamorona indray ny maha-isika antsika manontolo ny fahadiovam-pitiavana, ary mampody antsika amin'ilay firaisana izay nariantsika tamin'ny fiparitahantsika”². 2015
2341. Ny herim-panahy fahadiovam-pitiavana dia miara-miasa ao anatin'ny tontolon'ny herim-panahy *fahalalana onony*, izay mikendry ny hamonto fahendrena ireo firehetam-po sy ireo fahalianan'ny nofon'ny olombelona. 1809
2342. *Tsanganasa lavitr'ezaka* ny fifehezan-tena. Tsy azo heverina na oviana na oviana fa ho azo indray maka ihany izy. Mitaky ezaka miverimberina eo amin'ny fotoana rehetra iainana izy³. Mety ho mafimafy kokoa ny ezaka takiny amin'ny vanim-potoana sasany, toy izany rahefa tonga ny fotoana iforonan'ny toetra maha-izy ny tsirairay mandritra ny fahazazana sy ny fahatanorana. 407
2343. Fantatry ny fahadiovam-pitiavana ny *lalànan'ny fandrosoana*, izay misy fotoana andalavony amin'ny tsy fahalavorariana, ary matetika tokoa amin'ny fahotana. “Isan'andro isan'andro ny olona tsara toe-panahy sy madio fitiavana no mampivoatra ny tenany amin'ny alalan'ny safidy maro sy malalaka. Amin'izany izy no mahalala, mitia ary manatanteraka ny tsara ara-môraly amin'ny fanarahana ny dingam-pandrosoana”⁴. 2223
2344. Ny fahadiovam-pitiavana no mampiseho ny lahasa ambony dia ambony an'ny tsirairay, sady mitarika ho amin'ny *ezaka ara-kolontsaina* koa, satria “mifampiankina ny fandrosoan'ny olona tsirairay sy ny fampandrosoana ny fiaraha-monina amin'ny maha-fiaraha-monina azy”⁵. Mitaky fanajana ny zon'ny olona ny fahadiovam-pitiavana, indrindra ny zo hahazo fampahalalam-baovao sy fanabeazana, izay manaja ny ara-môraly sy ny ara-panahy amin'ny fiainan'ny olombelona. 2525

¹ FAA 17.

² Md Augustin, conf. 10, 29, 40.

³ jer. Tito 2,1-6.

⁴ FM 34.

⁵ FAA 25, §1.

2345. Herim-panahy enti-mitondra tena ny fahadiovam-pitiavana. Fanomezana
1810 avy amin'Andriamanitra, *fahasoavana*, vokatry ny tsanganasan'ny Fanahy
koa izy¹. Ny Fanahy Masina no mahatonga ilay izay nateraka indray tamin'
ny ranon'ny Batemy hanahaka ny fahadiovan'i Kristy tsy misy pentina².

Ny fahadiovana tsy misy tomika ny fanoloran-tena

2346. Ny fitiavana no manendrika ny hatsaram-panahy rehetra. Eo ambany
1827 fitarihany ny fahadiovam-pitiavana no hita fa fianaran'ny olona manolotra
ny tenany. Ampiarahana amin'ny fanoloran-tena ny fahaiza-mifehy tena.
Ny fahadiovam-pitiavana no mitarika an'ilay izay manao izany ho tonga
210 vavolombelon'ny tsy fivadihan'Andriamanitra sy ny fanehoam-pitiavany,
eo amin'ny namana.

2347. Ny herim-panahy fahadiovam-pitiavana dia mivelatra eo amin'ny
374 *fisakaizana*. Izy no manoro ny mpianatra ny fomba fanarahan-dia sy fakana
tahaka an'Ilay izay nifidy antsika ho sakaizany manokana³, nanolo-tena
manontolo ho antsika sy nampandray anjara antsika amin'ny toetra maha-
Andriamanitra Azy. Fampanantenana ny tsy fahafatesana ny fahadiovam-
pitiavana.

Amin'ny *fisakaizana amin'ny namana* no mampazava indrindra ny
dikan'ny fahadiovam-pitiavana. Rahefa mivelatra eo amin'ny fifandraisan'
ny samy lehilahy, na samy vehivavy, na lehilahy sy vehivavy ny
fisakaizana, dia mampiseho soa lehibe ho an'ny rehetra. Izy no mitondra ho
amin'ny fiombonana ara-panahy.

Ny faha-samihafa ny fitsipi-pifehezana ny fahadiovam-pitiavana

2348. Voantso ho amin'ny fahadiovam-pitiavana ny vita batemy rehetra. Ny
kristianina dia “mitafy an'i Kristy” (Gal 3,27), môdelin'ny fahadiovam-
pitiavana rehetra. Ny mpino rehetra an'i Kristy no voantso hadio fitiavana
eo amin'ny fiainana araka ny lalam-piainana arahin'izy ireo avy. Tamin'ny
fotoanan'ny Bateminy no nanombohan'ny kristianina hitondra ny
fihetseham-pony ao anatin'ny fahadiovam-pitiavana.

2349. “Ny fahadiovam-pitiavana no tokony hamaritra ny toetran'ny olona araka
1620 ny faha-samihafa ny lalam-piainana arahin'izy ireo : ny sasany manokan-
tena ho virjiny na manokan-tena ho mpitovo, izay fomba ambony sy tsotra
tokoa amin'ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra amin'ny fo tsy
voazarazara ; ny hafa, araka izay faritan'ny lalàna môrally ho an'ny rehetra

¹ jer. Gal 5,22-23.

² jer. 1 Jo 3,3.

³ jer. Jo 15,15.

sy ny toerana misy azy ireo na manambady na mpitovo”¹. Voantso hiaina ny fahadiovam-pitiavana ara-panambadiana ny olona manambady ; voantso hiaina ny fahadiovam-pitiavana amin’ny fifadiam-pahafinaretan’ ny nofo kosa ny tsy manambady :

Misy endrika telo ny herim-panahy fahadiovam-pitiavana : ny an’ny mpivady, ny an’ny maty vady, ary ny an’ny manokan-tena ho virjiny. Izahay tsy midera ny iray amin’ireo amin’ny fanilohana ny hafa. Amin’izany ny fitsipi-pifehezan’ny Fiangonana no manankarena².

2350. Antsoina hiaina ny fahadiovam-pitiavana ao anatin’ny fifadiam-pahafinaretan’ny nofo ny *mpifamofa*. Ho tsapan’izy ireo ao amin’izany 1632 fisedrana izany ny hasoa amin’ny fifanajana, ny fahaizana mifampatoky ary ny fanantenana fa fanomezana azo avy amin’Andriamanitra ny vady. Hatokan’izy ireo amin’ny fotoanan’ny fanambadiana ny fampisehoana ny porofom-pitiavana manokana amin’ny fifankatiavan’ny mpivady. Hifanampy izy ireo hitombo fitiavana ao anatin’ny fahadiovam-pitiavana.

Ny fahotana amin’ny fahadiovam-pitiavana

2351.Ny *fitondran-tena vetaveta*. Izany dia faniriana ratsy na fahafinaretana manimba amin’ny hafaliam-piraisana ara-nofo. Filibàna manohitra ny 2528 môrally ny mampiasa taovam-pananahana ho fitadiavam-pahafinaretana fotsiny amin’ny firaisana ara-nofo, ka sarahina amin’ny fikendrena hiteraka sy hiray.

2352.Ny *asam-pijangajangana atao amin’ny tena ihany*. Izany dia fampiasana ny taovam-pananahan’ny tena amin’ny fanaovana firaisana an-tsitrapo amin’ny tena irery ihany, mba hahazoana fahafinaretan’ny nofon’ny tena amin’izany. “Ao anatin’ny sori-dalan’ny lovam-pampianarana tsy miova, na ny Toniam-pampianaran’ny Fiangonana izany na ny fahalalana ara-môrally avy amin’ny mpino, dia samy manantitrantitra tsy amimpihambahambana fa asam-pilibàna avy ao anaty sy lehibe, ny asam-pijangajangana atao amin’ny tena ihany.” “Na inona na inona antony, ny fampiasana amin’ny nahim-po ny taovam-pananahana maha-lahy na mahavavy anaovana firaisana ara-nofo ivelan’ny an’ny mpivady ara-dalàna dia manohitra tanteraka ny tanjona ampiasana azy.” Satria, ny fahafinaretam-piraisana ara-nofo tadiavina amin’izany dia fahafinaretana ivelan’ny “firaisana ara-nofo takin’ny didy ara-môrally, izay manatanteraka tsy misy tomika ny anton’ny fifanoloran-tena sy ny fiterahan’ny olombelona, ao amin’ny tontolon’ny fitiavana marina”³.

¹ CDF, décl. "Persona humana".

² Md Ambroise, vid. 23.

³ CDF, décl. "Persona humana" 9.

Mba hanaovana fitsaràna marina ny amin'ny andraikitra mahadiso ireo olona voakasika izany sy mba hanoritana ny asa pastôraly ho azy ireo, dia tsy maintsy dinihana amin'izany ny tsy fahamatorana ara-pihetseham-po, ny herim-pahazarana raiki-tampisaka, ny toetran'ny tebiteby na anton-javatra hafa ara-tsaina na ara-piaraha-monina mahatonga izany, izay mety hanakely, na hampihena faran'izay kely ny fahadisoana ara-môraly.

1735

2353. Ny *fijanganjangana*. Izany dia firaisana ara-nofy ivelan'ny fanambadiana ataon'ny lehilahy sy ny vehivavy tsy mpivady sady atao amin-kalalahana. Manohitra mafy tokoa ny hasina maha-olona sy ny maha-lahy na maha-vavy azy ny fijanganjangana, satria ireo dia toetra voa-Janahary nalahatra ho amin'ny soa ho an'ny mpivady ary koa ho amin'ny fiterahana sy ny fanabeazana ny zanaka. Ankoatra izany, fanafitohinana lehibe izy raha misy fanimbàna ny tanora.

2523

2354. Ny *fampisehoam-betaveta*. Izany dia mifototra amin'ny fampisehoana olona manao firaisana ara-nofy tena hita mivantana, na an-tsary, na amin'ny horonan-tsary, atao amin'ny nahim-po, mba hojeren'ny olon-kafa. Manala baraka ny fahadiovam-pitiavana izany satria manimba ny maha-voa-Janahary ny firaisan'ny mpivady, izay fifanoloran-tena lalina indrindra eo amin'izy roa. Manimba tanteraka ny hasina maha-olona an'ireo izay voakasik'izany koa ny fampisehoam-betaveta (mpilalao, mpivarotra, mpijery, mpamaky), satria manjary fitaovam-pitadiavam-pahafinaretana sy tombon-tsoa tsy ara-dalàna ho an'ny hafa izy ireo. Mandentika ny andaniny sy ny ankilany amin'ny hevi-dravina momba ny fahasambarana manodoka izany. Fahadisoana lehibe izany. Tokony hosakanan'ny mpitondra firenena ny famokarana sy ny fampielezana ny fitaovana fampisehoam-betaveta.

2355. Ny *fivarotan-tena*. Izany dia mandoto ny hasina maha-olona an'izay mivaro-tena, aetrin'ny fahafinaretam-piraisana ara-nofy tadiavina avy amin'izany. Manao fahotana lehibe amin'ny tenany koa ilay mividy : manasihosy ny fahadiovam-pitiavana izay narotsaky ny Batemy taminy izy, sy mametaveta ny vatany izay tempolin'ny Fanahy Masina¹. Anisan'ny loza aman'antambo eo amin'ny fiaraha-monina ny fivarotan-tena. Mazàna mahakasika ny vehivavy izany, nefa koa ny lehilahy, ny ankizy na ny tanora (miampy ny fanafintohinana, amin'ireo sokajy roa farany ireo). Fahotana lehibe lalandava ny mitolo-batana amin'ny fivarotan-tena, saingy ny fahasahiranana, ny fandrahonana ary ny fanerena ara-tsôsialy kosa no mety hampihena ny mahameloka amin'izany.

1735

¹ jer. 1 Kôr 6,15-20

2356. Ny *fanolanana*. Izany dia enti-milaza ny fanatsofohana an-keriny, miampy herisetra, ny taovam-pananahana ao amin'ny an'ny olona iray. Manimba ny rariny sy ny fitiavana izany, sady manosihosy tanteraka ny zon'ny tsirairay ho hajaina, ho afaka, ho madio manontolo ara-batana sy ara-tsaina. Mitera-
 pahavoazana an'ilay naolana izany, izay mety hampitondra takaitra azy
 mandritra ny fiainany manontolo. Asa ratsy tena lalim-paka lalandava
 izany. Mbola ratsiratsy kokoa aza ny fanolanana, raha natao tamin'ny
 havana (jer. fanambadiana olon-tsy heny) na nataon'ny mpanabe amin'ny
 ankizy izay nankinina tamin'izy ireo.

2297
 1756
 2388

Fahadiovam-pitiavana sy firaisan'ny samy lehilahy na samy vehivavy

2357. Ny hoe firaisan'ny samy lehilahy na samy vehivavy dia ilazana ny fifandraisana eo amin'ny samy lehilahy na samy vehivavy, izay avy amin'ny fanintonan'ny maha-lahy na ny maha-vavy, manokana na mahery vaika, hiaraka toy ny mpivady amin'ny olona mitovy tena aminy ihany. Endrika maro miovaova tokoa no nisehoan'izany teny am-pamakivakiana ny taonjato mifandimby sy ny kolontsaina teny. Tsy mbola hita mazava ny tena fiandohany ara-tsaina. Avy amin'ny Soratra Masina, izay mampahafantatra ny maha-faharatsiana lehibe izany¹, no iankinan'ny Lovam-pampianarana amin'ny fanambaràny hatrany fa “ny firaisan'ny samy lehilahy na ny samy vehivavy dia tena filibàna mifamotitra tanteraka”². Mifanohitra amin'ny lalàna voa-Janahary izany, sady mamongotra ny firaisan'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fiterahana. Tsy avy amin'ny tena fifamenoan'ny fitiavana sy ny fifamenoan'ny maha-lahy sy ny maha-vavy marina izany, ka tsy misy ahazoana mankato izany na inona na inona antony.

2333

2358. Tsy azo atao tsinontsinona ny hamaroan'ireo lehilahy sy vehivavy mampiseho ny fisian-toetram-pironana amin'ny firaisan'ny samy lehilahy na ny samy vehivavy. Anisan'ny fitsapan-toetra ho an'ny ankamaroan'izy ireo, ny fananany izany fisian-toetra ratsy mikorontana tsy miankina na amin'iza na amin'iza izany, satria fisian-toetra tsy nofidian'izy ireo hananana. Tokony ho raisina amim-panajana, amim-pangorahana ary amin-kalemem-panahy izy ireo ; tokony hofadina ny karazam-panavakavahana rehetra miendrika fanesoana azy ireo. Voantso koa izy ireo, hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainany, ary izay kristianina amin'izy ireo dia amporisihana mba hanakambana amin'ny soron'ny Tompo teo amin'ny Hazofijaliana, ny fahasahiranana izay mety ho tojo azy ireo amin'ny toe-piainany.

¹ jer. Jen 19,1-29 ; Rôm 1,24-27 ; 1 Kôr 6,9-10 ; 1 Tim 1,10.

² CDF, décl. "Persona humana" 8.

2347 2359. Voantso ho amin'ny fahadiovam-pitiavana koa ny olona manao firaisan'ny samy lehilahy na ny samy vehivavy. Afaka ary tokony hiroso tsikelikely sy amin-kerim-po ho amin'ny fahalavorariana kristianina izy ireo, amin'ny alalan'ny herim-panahy fahaiza-mifehy tena, izay manabe ny fahafahana anaty, ary indraindray amin'ny alalan'ny fanohanana'ny tapaka sy namana tsy mitady tombon-tsoa manokana, amin'ny alalan'ny fivavahana sy ny fahasoavana ara-tsakramenta.

III. Ny fifankatiavan'ny mpivady

1601 2360. Nalahatra ho amin'ny fifankatiavan'ny mpivady lehilahy sy vehivavy ny maha-lahy sy ny maha-vavy. Manjary famantarana sy antoky ny fiombonam-panahy amin'ny fanambadiana ny firaisana ara-nofon'ny mpivady. Eo amin'ny samy vita batemy, ny fifamatoram-panambadiana dia nohamasinina tamin'ny alalan'ny sakramenta.

1643,2332 2361. “Ny maha-lahy sy maha-vavy, izay ifanoloran'ny lehilahy sy ny vehivavy ny tenany amin'ny asa manokana sy miavaka ataon'ny mpivady, dia tsy zavatra biôlôzika fotsiny, fa mahakasika ny maha-olombelona amin'izay ananany lalina indrindra. Tsy ho tanteraka amin'ny fomba tena maha-olombelona tokoa izany, raha tsy ao anatin'ny fitiavana tsy misy tomika izay ifaneken'ny lehilahy sy ny vehivavy tanteraka eo anatrehan'ny andaniny sy ny ankilany mandra-pahafaty”¹ :

1611 Niarina avy eo am-pandriana i Tobia, ary niteny tamin'i Sarà hoe : “Mitsangàna ranabaviko, aoka isika roa hivavaka sy hangata-bonjy amin'ny Tompontsika, mba hahazo ny fahasoavany sy ny fiarovany.” Dia niarina i Sarà ary niaraka nivavaka izy ireo, mba hahazo fiarovana, ary nanomboka niteny toy izao i Tobia : “Hisorana Ianao, ry Andriamanitry ny razanay (...). Ianao no nahary an'i Adama, Ianao no nahary an'i Eva vadiny, ho mpanampy sy mpanohana azy, ary ny taranak'olombelona dia teraka avy amin'izy roa ireo. Ianao no nilaza hoe : "Tsy tsara raha irery ny lehilahy, andeha isika hanao mpanampy mitovy aminy." Ary ankehitriny, tsy ny faniriam-pahafinaretana no tadiaviko tamin'ny nakana ity anabaviko ity, fa amin'ny fo tsotra no anaovako izany. Mamindrà fo aminy sy amiko ary enga Ianao hitondra anay miaraka ho any amin'ny fahanterana !” Ary izy ireo niara-niteny hoe : “Amen, Amen.” Ary dia nandry izy ireo tamin'io alina io (Tob 8,4-9).

2362. “Ireo asa izay anatanterahan'ny mpivady ny firaisany lalina sy madio dia asa mety sy mendrika. Raha iainany amin'ny fomba tena maha-olombelona tokoa ireny asa ireny dia mampisy dikany sy manamora ny ifanoloran-tena izay mampitombo ny firaisan'izy mivady ao anatin'ny hafaliana sy

¹ FM 11.

fankasitrahana”¹. Loharanon-kafaliana sy fahafinaretana ny maha-lahy sy ny maha-vavy :

Izy Mpahary ihany (...) no nanorina fa amin’izany asa [fiterahana] izany ny mpivady dia hahatsapa hafinaretana sy fahafaham-pon’ny vatana sy ny fanahy. Noho izany, tsy manao ratsy velively ny mpivady amin’ny fitadiavana izany hafinaretana izany sy amin’ny fifaliana amin’izany. Eken’izy ireo izany nandaharan’ny Mpahary azy ireo izany. Kanefa, tokony hahay mifehy tena amin’ny fetran’ny fahalalana onony marina ny mpivady².

2363. Amin’ny alalan’ny firaisan’ny mpivady no tanteraka ny zavatra roa kendren’ny fanambadiana : ny soa ho an’ny tenan’izy mivady sy ny fampitana ny aina. Tsy azo sarahina ireo antony roa na soatoavina amin’ny fanambadiana ireo, nefa tsy manimba ny fiainam-panahin’ny mpivady na manakorontana ny soa ho an’ny fanambadiana sy ny hoavin’ny fianakaviana.

Araka izany, ny fifankatiavana ara-panambadian’ny lehilahy sy vehivavy dia nalahatra ho amin’ny fitakiana roa sosona : ny tsy fivadihana sy ny fiterahana.

Ny tsy fivadihan’ny mpivady

1646-1648

2364. Ny mpivady no mamorona “ny fiombonam-piainana amam-pifankatiavan’ny mpianakavy izay naorin’ny Mpahary sy nomeny ny lalàny manokana. 1603 Ny fifaneken’ny mpivady no iorenan’io fiombonana io, izany hoe : amin’ny fifanekena ifanaovan’izy roa manokana sy raikitra tsy azo ravana”³. Mifanolo-tena mandra-maty sy manontolo izy roa. Tsy roa intsony izy ireo, fa manomboka hatreo dia manjary nofo iray ihany. Ny dinam-panekena nifanaovan’ny mpivady tamin-kalalahana no manery azy ireo hitana izany ho tokana sy tsy azo ravana⁴. “Izay nakamban’Andriamanitra, tsy azon’ 1615 olombelona sarahina mihitsy” (Mk 10,9)⁵.

2365. Ny tsy fivadihana dia manambara ny faharetana amin’ny fitanana ny teny nomena. Tsy mivadika Andriamanitra. Mampiditra ny lehilahy sy ny vehivavy ao anatin’ny tsy fivadihan’i Kristy amin’ny Fiangonany ny sakramentan’ny Fanambadiana. Amin’ny alalan’ny fahadiovam-pitiavan’ny mpivady no ijoroan’izy ireo ho vavolombelon’io mistery io eo anatrehan’izao tontolo izao. 1640

¹ FAA 49, §2.

² Pie XII, lahateny tamin’ny 29 ôktôbra 1951.

³ FAA 48, §1.

⁴ jer. CIC, can. 1056.

⁵ jer. Mt 19,1-12 ; 1 Kôr 7,10-11.

Manoro hevitra ireo tovolahy manambady i Md Jean Chrysostome mba hanao izao resaka izao amin'ny vadin'izy ireo : “Nandray anao teo antsandriko aho, sy tia anao, ary tia anao kokoa amin'ny aiko mihitsy. Fa tsinontsinona izao fiainana izao, ka ny nofinofiko faran'izay mivaivay dia ny hamakivaky izany miaraka aminao, sy ny mba hahazo antoka fa tsy hisaraka isika any amin'ilay fiainana natokana ho antsika (...). Ataoko ho ambonin'ny zavatra rehetra ny fitiavako anao, ary tsy misy na inona na inona mety handreraka ahy intsony afa-tsy ny tsy manana eritreritra mitovy amin'ny anao”¹.

1652-1653 **Ny fiterahana amin'ny fanambadiana**

2366. Ny fiterahana dia sady fifanoloran-tena no *tanjon'ny fanambadiana*, satria ny fitiavan'ny mpivady dia mikendry, araka ny toetra voa-Janahary, ny hiteraka. Tsy hoe avy any ivelany tsy akory ny zanaka, nampiana tamin'ny fifankatiavan'ny mpivady ; mipoitra avy ao anivon'io fifanoloran-tena io mihitsy izy, izay izy no vokatra sy fahatanterahana. Koa, ny Fiangonana izay “mandala ny aina”², dia mampianatra fa “ny asa rehetra momba ny fanambadiana dia tokony haharitra hisokatra ho amin'ny fampitana ny aina”³. “Izany fitambaram-pampianarana izany, nohazavain'ny Toniam-pampianarana imbetsaka, dia miorina amin'ny fatotra tsy azo sarahina izay sitrak'Andriamanitra ary tsy azon'ny olombelona sarahina amin'ny eritreritry ny tenany fotsiny ny amin'ireto hevitra roa fonosin'ny asampanambadiana ireto : firaisana sy fiterahana”⁴.

2205 2367. Noho ny mpivady voantso hiteraka, dia mandray anjara amin'ny fahefan'ny mpahary sy amin'ny maha-Raiamandreny an' Andriamanitra izy ireo⁵. “Amin'ny adidy izay iantsorohan'izy ireo hampita ny aina sy ho mpanabe (izay anton-draharahany manokana mihitsy), dia tokony ho fantatry ny mpivady fa *mpiara-miasa amin'Andriamanitra Mpahary* izy ireo sy toy ny mpitondra ny teniny. Koa tsy maintsy manefa ny adidiny àry izy ireo amin'ny fiandraiketana tanteraka ny maha-olona sy ny maha-kristianina”⁶.

2368. Endrika iray manokana amin'izany fiandraiketana izany, ny mikasika ny *fandrindram-piterahana*. Noho ny antony ara-drariny⁷, azon'ny mpivady atao ny maniry hanao be no aizana amin'ny fiterahana ny zanak'izy ireo. Kanefa, anjaran'izy ireo ny manamarina fa tsy noho ny antony avy amin'

¹ Md Jean Chrysostome in Hom. in Eph. 20,8.

² FM 30.

³ HV 11.

⁴ HV 12 ; jer. Pie XI, enc. "Casti connubii" ; DS 3717.

⁵ jer. Efez 3,14-15 ; Mt 23,9.

⁶ FAA 50, §2.

⁷ jer. FAA 50.

ny fitiavan-tena manokana ny fanirian'izy ireo, fa mifanaraka amin'ny fahalalaham-po marina maha-ray sy maha-reny tompon'andraikitra. Afa-tsy izany, hahitsin'izy ireo hanaraka ny tena mari-pitsaràna marina amin' ny fitsipi-pitondran-tena ny fitondran-tenan'izy ireo :

Raha ny mahatsara ara-pitondran-tena ny amin'ny fandrindrana ny fifankatiavan'ny mpivady sy ny maha-tompon'andraikitra azy ireo amin'ny fiterahana no resahina, dia tsy miankina fotsiny amin'ny fikasana tsara, sy amin'ny fandanjalanjana ny antony araka ny saim-pantany izany, fa tsy maintsy dinihina amin'ny mari-pitsaràna tsy mitanila, raha mifanaraka amin'ny hasin'ny maha-olombelona ny fanirian'izy ireo sy ny ataony, raha fifankatiavana marina no mitarika azy ireo amin'izany, raha voahaja tsara ny hevitra manontolo momba ny fifanoloran-tena sy ny fiterahan'ny olombelona ; tsy ho vita anefa izany raha tsy ny fifehezantenan'ny mpivady no beazina amin-kitsim-po¹.

2369. “Ny fiarovana ireo toetra roa maha-izy ny fanambadiana ireo, dia ny firaisana sy ny fiterahana izany, amin'ny asan'ny mpivady, no itahirizany manontolo ny dikan'ny fifankatiavana marina tokoa, sy ny fanamasinana azy ho amin'ny fiantsoana ambony tokoa ny olombelona ho ray aman-dreny”².

2370. Ny fifadiam-pahafinaretan'ny nofo averimberina ara-potoana, ny mandrindra ny fiterahana aorina amin'ny fandinihana ny toe-batana, ary ny mampiasa ny fotoana tsy mampitoe-jaza³, no mifanaraka amin'ny tena mari-pitsaràna marina amin'ny toetram-pitondran-tena. Manaja ny tenan'ny mpivady ireo fomba ireo, mampahery azy roa hifaneho fitiavana, ary mampandroso ny fifanabeazana ho olona tena afaka tokoa. Ho setriny, tena ratsy tanteraka “ny asa rehetra atao ho tanjona na ho fitaovana fanakanam-piforonan-jaza, na amin'ny fitsinjovana ny firaisan'ny mpivady, na mandritra ny firaisana, na amin'ny fivoaran'ny vokany voa-Janahary”⁴ :

Raha araka ny fiteny izay ilazana mazava hoe fifanoloran-tena manontolo ataon'ny mpivady ny firaisany, dia mifanohitra amin'izany kosa ny fiteny hoe fanakanam-piforonan-jaza, izay milaza mazava fa tsy ny fifanoloran-tena tanteraka eo amin'izy roa intsony no anaovany firaisana. Tsy hoe fandavana an-kitsirano ny fisokafana ho amin'ny fiterahana fotsiny no vokat'izany, fa koa fisandohana amin'ny fahamarinana ao anaty amin'ny fifankatiavan'ny mpivady, izay natao hifanoloran-tena amin'ny maha-olona manontolo. Izany tsy fitoviam-pijerin'ny haiolombelona sy ny môraly eo amin'ny fanakanam-piforonan-jaza sy ny fampiasana ny fotoana tsy mampitoe-jaza izany, dia mampisy fomba fisainana roa

¹ FAA 51, §3.

² HV 12.

³ jer. HV 16.

⁴ HV 14.

mifanohitra momba ny olona sy momba ny maha-lahy sy maha-vavy ny olona, izay samy tsy azo foanana fotsiny¹.

- 1703 2371. “Ankoatra izany, aoka ho fantatry ny rehetra tsara fa ny ain’olombelona sy ny adidy hiteraka dia tsy voafetran’ny sehatra eto amin’ity tontolo ity ; satria raha eo amin’io sehatra io fotsiny ireo, dia tsy ahita na ny fivelarany manontolo, na ny dikany feno, fa aoka ireo ho ampifandraisana lalandava amin’ny *anjara mandrakizay ho an’ny olombelona*”².
- 2209 2372. Ny Fanjakana no tompon’andraikitra amin’ny fiadanana amam-pahafinaretan’ny olom-pirenena. Noho izany, rariny sy hitsiny ny hirotsahany mba hanoritra ny lalan-kaleha momba ny fitomboan’ny mponina. Azony atao izany amin’ny alalan’ny fampahalalam-baovao tsy mitanila sy manaja, fa tsy amin’ny sori-dalana jadona sy maneritery. Raha amin’ny rariny sy ny hitsiny anefa, dia tsy azon’ny Fanjakana atao ny misolo ny fahafahana manapa-kevitra ny mpivady, izay tompon’andraikitra voalohany amin’ny fiterahana sy amin’ny fanabeazana ny zanak’izy ireo³. Amin’io sehatra io, tsy manana fahefana hitsabaka amin’ny alalan’ny fomba mifanohitra amin’ny lalàna môraly izy.

Ny fanomezana zanaka

2373. Ny Soratra Masina sy ny fomba fanao nampitain’ny lovam-panahin’ny Fiangonana dia mahita ao amin’ireo *fianakaviana maro anaka*, ny famantarana ny tsodranon’Andriamanitra sy ny fahalalaham-pon’ny ray aman-dreny⁴.
- 1654 2374. Mafy tokoa ny fahorian’ireo mpivady izay mahalala fa tsy miteraka. “Inona no azonao omena ahy ?”, hoy i Abrama tamin’Andriamanitra. “Handeha aho nefa tsy manana zanaka akory ...” (Jen 15,2). “Ataovy amiko koa izay hananako zanaka, raha tsy izany, maty aho !”, hoy i Rasela tamin’i Jakôba vadiny (Jen 30,1).
- 2293 2375. Amporisihina ireo fikarohana izay mikendry hampihena ny fahamombàn’ny olona, raha toa ireny ka apetraka “ho fanampiana ny olombelona, ny zony tsy azo foanana, ny soany tena izy sy manontolo, mifanaraka amin’ny tetik’asan’Andriamanitra sy ny sitrapony”⁵.
2376. Fahavetavetana mahatsiravina ireo teknika izay mahatonga fampisarahana ny rohim-pihavanana eo amin’ny mpivady, amin’ny fitsabahan’ny olon-kafa ny amin’ny fiterahany (fanomezana atodinaina lahy na atodinaina vavy, findramana

¹ FM 32.

² FAA 51, §4.

³ jer. PP 37 ; HV 23.

⁴ jer. FAA 50, §2.

⁵ CDF, instr. "Donum vitae" intr. 2.

tranon-jaza). Ireny teknika ireny (fampananahana sy fampondonahana artifisialy avy amin'ny atodinaina tsy an-drainy), dia manimba ny zon'ny zaza ho ateraky ny ray sy ny reny fantany, sy ny zony hifamatotra amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanambadiana. Mamadika “ny zo manokana hahatonga ho ray sy ho reny hifampiteraka amin'ny alalan'ny vadiny ihany ireny”¹.

2377. Raha ampiharina eo amin'ny mpivady ireny teknika ireny (fampananahana sy fandonahana artifisialy avy amin'ny atodinain'izy mivady), dia mety manimba kely ihany, nefa mijanona ho tsy azo ekena ara-môraly ireny. Mampisaraka ny asam-piraisan'ny maha-lahy sy maha-vavy amin'ny asam-piterahana ireny. Ny asa famoronana ny fisian'ny zaza amin'ireny dia asa izay tsy amin'ny alalan'ny olondroa mifanolo-tena intsony, fa “mametraka ny aina sy ny maha-izy ny “embryon” amin'ny fahefan'ny mpitsabo sy ny mpahay biôlôzia, ary manangana fahefa-mandidy amin'ny teknika ny amin'ny fiandohana sy ny anjara nandaharana ny olombelona. Ny fifandraisana amin'ny fahefa-mandidy toy izany dia manohitra ny toetra voa-Janahary momba ny fahamendrehana sy ny fitoviana izay tokony hiombonan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka”². “Nesorina amin'ny fahalavorariany manokana ara-môraly ny fiterahana, rahefa tsy kasaina ho vokatra avy amin'ny firaisan'ny mpivady, izany hoe avy amin'ny fihetsika manokana ny firaisan'ny mpivady. (...). Ny fanajana ny fifamatorana irery izay misy eo amin'ny dikan'ny firaisan'ny mpivady sy ny fanajana ny mahairay ny olombelona, no mamela ny fiterahana hifanaraka amin'ny hasina maha-olona”³.

2378. Tsy zo *takina* ny zanaka fa *fanomezana*. Ny “fanomezana tsara indrindra amin'ny fanambadiana” dia ny olombelona. Tsy azo heverina ho toy ny fananan-javatra manokana ny zanaka, sao amin'izany no hitarika fanamarinam-pihamboana fa “zo ny hanan-janaka”. Amin'io lafiny io, ny zanaka no hany tena manan-jo marina, dia ny “ho vokatra manokana avy amin'ny fifankatiavan'ny mpivady ray aman-dreniny, ary koa ny zo hohajaina amin'ny maha-olona, manomboka amin'ny fotoana fiforonany ao am-bohoka”⁴.

2379. Asehon'ny Evanjely fa tsy aretina tsy misy fanafana tanteraka ny fahamombàna ara-batana. Ny mpivady izay mijaly amin'ny tsy fiterahana, rahefa afa-nenina nitady vonjy ara-drariny tamin'ny fitsaboana, dia tokony hiombona amin'ny Hazofijalian'ny Tompo, loharanon'ny fahaterahana rehetra ara-panahy. Azon'izy ireo haseho ny fahalalahan-pon'izy ireo amin'ny fananganana ho zanaka ireo ankizy tsy misy mpiahy na amin'ny fanaovana asa fanampiana ilain'ny hafa.

¹ CDF, instr. "Donum vitae" 2,1.

² jer. CDF, instr. "Donum vitae" 2,5.

³ CDF, instr. "Donum vitae" 2,4.

⁴ CDF, instr. "Donum vitae" 2,8.

IV. Ny fahotana amin'ny hasin'ny fanambadiana

2380. Ny *fanitsakitsaham-bady*. Enti-milaza ny famitahana eo amin'ny fanambadiana io teny io. Rahefa olon-droa miaraka, na ny anankiray ihany aza no manam-bady, ka manao firaisana ara-nofy izy ireo, na indray mandeha ihany aza, dia manitsakitsa-bady izy ireo. Manameloka ny fanitsakitsaham-bady i Kristy na dia amin'ny faniriana fotsiny aza¹. Mandrara tanteraka ny fanitsakitsaham-bady ny didy fahenina sy ny Testamenta Vaovao². Miampanga ny halehiben'izany ny mpaminany. Hitan'izy ireo amin'ny fanitsakitsaham-bady ny endriky ny fahotana amin'ny fanompoan-tsampy³.

1640 2381. Tsy fahamarinana ny fanitsakitsaham-bady. Mivadika amin'ny fanekeny ilay izay manao izany. Ny fanitsakitsaham-bady dia manohitra ny famantaram-pifanekena izay tsy inona fa ny fifamatoram-panambadiana, manimba ny zon'ny ankilany ary mitera-pahavoazana amin'ny fiorenan'ny fanambadiana, amin'ny fandikana ny fifanekena izay iorenany. Mamohehatra ny soa ho an'ny taranak'olombelona sy ny zanaka izay mila ny firaisana mafy orina eo amin'ny ray aman-dreny, ny fanitsakitsaham-bady.

Ny fisaraham-panambadiana

1614 2382. Nantitranterin'i Jesoa Tompo ny sitrapon'ny Mpahary hatrany ampiandohana izay nanao ny fanambadiana ho tsy azo ravana⁴. Nofoanany ny famelana hanao izany izay nisisika tao amin'ny Lalàna taloha⁵.

Eo amin'ny samy vita Batemy, “ny fanambadiana vita sy efa nisy firaisana ara-nofy dia tsy azo ravana amin'ny alalan'ny fahefan'olombelona na dia iray aza na inona na inona antony, afa-tsy ny fahafatesana”⁶.

1649 2383. Ny *fisarahan-toeran'ny mpivady* mbola ampiraisin'ny fifamatoram-panambadiana dia mety ho ara-drariny, amin'ny anton-javatra sasantsasany tondroin'ny Lalànan'ny Fiangonana⁷.

Raha ny fisaraham-panambadiana ara-panjakana no hany sisa azo atao iantohana ny zo sasantsasany ara-drariny, toy ny fikarakarana ny zanaka na ny fiarovana ny

¹ jer. Mt 5,27-28.

² jer. Mt 5,32 ; 19,6 ; Mk 10,12 ; 1 Kôr 6,9-10.

³ jer. Ôs 2,7 ; Jer 5,7 ; 13,27.

⁴ jer. Mt 5,31-32 ; 19,3-9 ; Mk 10,9 ; Lk 16,18 ; 1 Kôr 7,10-11.

⁵ jer. Mt 19,7-9.

⁶ CIC, can.1141.

⁷ jer. CIC, can. 1151-1155.

fananana, dia mety ho azo leferina izany, tsy atao ho anisan'ny fahadisoana ara-môraly.

2384. Fahotana lehibe amin'ny lalàna voa-Janahary ny *fisaraham-panambadiana*. Satria, mihambo handrava ny fifanekena tamin-kalalahana 1650
nankatoavin'ny mpivady hiara-miaina mandra-pahafaty izany. Mahatonga faniratsirana ny fanekem-pamonjena ny fisaraham-panambadiana, izay ny fanambadiana ara-tsakramenta no famantarana an'io fanekena io. Ny fakàn'izay nisara-bady vady hafa vaovao, na dia ankatoavin'ny lalàm-panjakana aza, dia manampy trotraka ny hamafisan'ny fisarahana : Noho izany, ilay vady manam-bady indray dia tafalatsaka ao anatin'ny fijangajangana ampahibemaso sy maharitra:

Raha ilay lehilahy, taorian'ny nisarahany tamin'ny vadiny, no miaraka amin'ny vehivavy hafa, dia manitsakitsa-bady ny tenany, satria mijangajanga amin'io vehivavy io izy ; ary ilay vehivavy izay miaramitoetra aminy dia mpijangajanga, satria misarika ho an'ny tenany andralehilahy vadin'olon-kafa izy¹.

2385. Ny fisaraham-panambadiana dia manana toetra ratsy ara-môraly mampikorontana ny tokantranon'ny mpianakavy sy ny fiaraha-monina. Miteraka fahavoazana lehibe izany korontana izany : ho an'ny vady, izay mahatsiaro tena fa nariana ; ho an'ny zanaka, izay naratra fo noho ny fisarahan'ny ray aman-dreniny, ary matetika voarirodrotra eo amin'ny samy izy ireo ; ho an'ny voka-dratsy afindrany, izay mitera-doza marina tokoa eo amin'ny fiaraha-monina.

2386. Mety hianjadian-pahoriana, kanefa tsy manan-tsiny, ny iray amin'ny mpivady, noho ny fisaraham-panambadiana neken'ny lalàm-panjakana ; tsy mandika ny didy ara-môraly io vady io amin'izany. Satria, misy tsy fitoviana lehibe eo amin'ny vady manao izay tratry ny ainy amim-pahamarinana mba tsy hivadika amin'ny sakramentan'ny Fanambadiana, nefa dia nariana tsy an-drarin'ny, sy eo amin'ny vady nandrava ny fanambadiana vanona araka ny lalàm-piangonana, tamin'ny alalan'ny 1640
fahadisoana lehibe avy aminy².

Fahotana hafa manimba ny hasin'ny fanambadiana

2387. Azo an-tsaina ny loza aman'antambo manjo an'ilay izay maniry ny hibebaka araka ny Evanjely, ka voatery hisaoatra ny vadiny iray na maromaro izay niarahany niaina nandritra ny taona maro. Satria, tsy mifanaraka amin'ny lalàna môraly ny *fampirafesana*. “Mifanohitra 1610

¹ Md Basile, moral. règle 73.

² jer. FM 84.

tanteraka amin'ny fiombonan'ny mpivady izany : satria, mitsipaka amin'ny fomba mivantana ny fandaharan'Andriamanitra araka ny nanambaràna izany tamintsika tany am-boalohany ; mifanohitra amin'ny fitoviam-pahamendrehan'ny tsirairay eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy izany, izay amin'ny fanambadiana no ifanoloran'izy ireo ny tenany ao anatin'ny fitiavana manontolo, ary noho izany antony izany, dia fitiavana tsy manampaharoa sy manokana mihitsy"¹. Ny kristianina izay nampirafy teo aloha dia voadidy ny lalàna mafy hanaja ny adidy nekena tamin'ireo vadiny taloha sy ireo zanany.

2356 2388. Ny *fanambadiana olon-tsy heny*. Izany dia enti-milaza ny fanaovana firaisana ara-nofa eo amin'ny samy mpianakavy na havana, amin'ny ambaratongam-pihavanana izay mandrara tsy hivady eo amin'izy ireo samy izy ireo². I Md Paoly dia manameloka ampahibemaso izany faharatsiantotra lehibe izany : “Re laza hatraiza hatraiza, fa misy fahalotoana aty aminareo (...). Dia olona anankiray eo aminareo manambady ny vadin-drainy ! (...) Koa amin'ny anaran'i Jesoa-Kristy (...) aoka izany olona izany hatolotra an'i Satàna, mba ho simba ny vatany...” (1 Kôr 5,1.3-5).
2207 Manimba ny fifandraisan'ny mpianakavy ny fanambadiana olon-tsy heny ary mampikorosy fahana itovy amin'ny biby.

2285 2389. Azo akambana ho anisan'ny fanambadiana olon-tsy heny ny fanararaotan'ireo olon-dehibe manao firaisana amin'ny ankizy na tanora napetraka ho tezain'izy ireo. Mitombo avo roa heny ny fahadisoana amin'izany noho ny fiantraikany manafintohina ny maha-madio manontolo ara-batana sy aratsain'ny tanora, izay hamela takaitra amin'ny fiainany manontolo, sy amin'ny fandikan-dalànan'ny fiandraiketam-panabeazana.

1631 2390. Ao anatin'ny *tokantranoimaso* ny mpivady, rahefa mandà tsy hanao ny fomba ara-dalàna sy ara-pomban-tany ny firaisam-pifankatiavana manokana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy.

Mamitaka ny fomba fiteny : ahoana moa no ahafahana miteny hoe : firaisana, nefa tsy mirotsaka amin'izany akory na ny an-daniny na ny an-kilany, sady mampiseho tsy fahampiam-pitokiana koa, na amin'ilay ilany, na amin'ny tenany ihany, na amin'ny ampitso ?

Manarona toe-javatra samihafa ilay fomba fiteny : tokantranoimaso, fandavana an-kitsirano ny fanambadiana amin'ny maha-fanambadiana azy, tsy ahafahana hifamatotra amin'ny alalan'ny fifanekena ao anatin'ny fotoana maharitra³. Manimba ny hasin'ny fanambadiana ireo toe-javatra

¹ FM 19 ; jer. FAA 47, §2.

² jer. Lev 18,7-20.

³ jer. FM 81.

rehetra ireo ; mamotika ny dikan'ny fianakaviana mihitsy ; mampihena ny hevitra ny fitokiana. Mifanohitra amin'ny lalàna môrally ireo : ao amin'ny fanambadiana ihany no tokony hanana ny toerany manokana ny firaisana ara-nofo ; ivelan'ny fanambadiana, anisan'ny fahotana lehibe lalandava ny firaisana ara-nofo ary manesotra tsy ho anatin'ny fiombonana aratsakramenta. 2353 1385

2391. Betsaka ankehitriny no mitaky karazana “zo amin'ny fizahan-toetra” eo amin'izay manam-pikasana hivady. Na ahoana na ahoana ny hamafin'ny fikasan'izy ireo izay mifanaiky ao anatin'ny firaisana ara-nofo alohan'ny fotoana, “dia tsy afaka hiantoka ao anatin'ny fahitsian-toetra sy ny tsy fivadihana eo amin'ny fifandraisan'ny lehilahy sy ny vehivavy izany fikasan'izy ireo izany, ary indrindra tsy afaka hiaro izany amin'ny haitraitra sy ny aingintraingitra”¹. Tsy ara-dalàna ara-pitsipi-pitondran-tena ny firaisana ara-nofo raha tsy voatsangana ny fiombonam-piainana mandramaty eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Tsy mahatanty “fanandramana” ny fifankatiavan'ny olombelona amin'ny firaisana ara-nofo. Satria, fifanoloran-tena manontolo sy mandramaty eo amin'izy ireo no takin'io fifankatiavana io². 2364

FAMINTINANA

2392. “Ny fitiavana no fiantsoana fototra sy hatrany am-bohoka ny olombelona rehetra”³.

2393. Raha vao nahary ny olombelona ho lehilahy sy ho vehivavy Andriamanitra, dia efa nataony mitovy ny hasin'ny maha-olona ny tsirairay avy na ny andaniny na ny ankilany. Anjaran'ny tsirairay kosa, lehilahy sy vehivavy, ny mamantatra sy ny manaiky ny maha-izy azy lehilahy na maha-izy azy vehivavy.

2394. I Kristy no môdelin'ny fahadiovam-pitiavana. Ny vita batemy rehetra dia voantso hadio fitiavana eo amin'ny fiainana, ny tsirairay araka ny lalam-piainana arahin'izy ireo avy.

2395. Ny hoe fahadiovam-pitiavana dia midika fampiraisana tsy misy tomika ny maha-lahy na ny maha-vavy ao amin'ny maha-olona azy. Mila fianarana mifehy tena ho an'ny tsirairay ny fahadiovam-pitiavana.

2396. Amin'ireo fahotana manohitra mafy ny fahadiovam-pitiavana, dia tsy maintsy lazaina ireto : ny asam-pijanganjangana atao amin'ny tena ihany,

¹ CDF, décl. "Persona humana" 7.

² jer. FM 80.

³ FM 11.

ny fijangajangana, ny fampisehoam-betaveta ary ny firaisan'ny samy lehilahy na ny samy vehivavy.

2397. *Ny fanekem-panambadiana nifanaovan'ny mpivady an-kalalahana dia mitaky fitiavana tsy mivadika. Mahatonga azy ireo hitandro ny maha-tsy azo ravana ny fanambadiany izany.*

2398. *Ny fiterahana dia soa, fanomezana, ary tanjon'ny fanambadiana. Amin'ny fampitana ny aina, mandray anjara amin'ny maha-Raiamandreny an' Andriamanitra ny mpivady.*

2399. *Iray amin'ireo endrika maha-ray sy maha-reny tompon'andraikitra, ny fandrindram-piterahana. Na ara-drariny aza ny eritreritra amam-pikasan' ny mpivady hanao izany, dia tsy manamarina ny fampiasana ny fomba amam-pitaovana tsy azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena izany (ohatra : ny fampamombàna ny tena an-tsitra-po mivantana na ny fanakanam-piforonan-jaza).*

2400. *Ny fanitsakitsaham-bady, ny fisaraham-panambadiana, ny fampirafesana ary ny tokanranoimasô, dia fahotana lehibe manimba ny fahamendrehan' ny fanambadiana.*

ANDALANA 7

Ny didy fahafito

Tsy hangalatra ianao (Eks 20,15)¹.

Tsy hangalatra ianao (Mt 19,18).

1807 2401. *Raràn'ny didy fahafito ny maka na ny mitana tsy an-drariny ny fananan' ny namana sy ny mihetraketraka ny fananany na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana. Didian'ny didy fahafito ny hanaovana ny marina sy ny fitiava-namana eo amin'ny fitantanana ny haren'ny tany sy ny vokatry ny asan'ny olombelona. Takìny noho ny soa iombonana ny fanajana ny anjara voatokana ho an'ny daholobe momba ny fananana sy ny zo hanampananana manokana. Ny fiainana kristianina dia miezaka handamina araka an'Andriamanitra sy araka ny fitiava-namana, ny fananana eto amin'ity tany ity.*

¹ jer. Det 5,19.

I. Ny anjara voatokana ho an'ny daholobe momba ny fananana sy ny anjara fananana ho an'ny tena manokana

2402. Efa hatrany am-piandohana Andriamanitra no nanankina ny tany sy ireo harena manontolo ao aminy amin'ny fitantanana iombonan'ny olombelona, mba hokarakarainy, hanjakany amin'ny alalan'ny asany ary hifaliany amin'ny vokatra avy aminy¹. Natao ho an'ny taranak'olombelona rehetra ny soa aman-karena amin'ny zavaboary. Nozarazaraina ho an'ny olombelona anefa ny tany mba hiantohana ny fiadanam-piainan'izy ireo, iatrehana ny tsy fisiana sy ny fanaovana herisetra. Ara-dalàna ny fakana fananana ho an'ny tena mba hiarovana ny fahafahana sy ny fahamendrehan'ny olona, mba hanampiana ny tsirairay hisahana an'izay tena ilainy indrindra sy amin'ny ilain'ireo izay ananany adidy. Tokony havelan'io fakana fananana ho an'ny tena io hiseho ny firaisan-kina voa-Janahary eo amin'ny olombelona. 226
1939
2403. Ny zo *hanam-pananana manokana*, azo na voaray tamin'ny fomba aradrariny, dia tsy manafonana ny fanomezana hatrany am-piandohany ny tany ho an'ny fitambaran'ny olombelona rehetra. Ny *anjara voatokana ho an'ny daholobe momba ny fananana*, dia mijanona ho fototra, na dia takin'ny fampandrosoana ny soa iombonana aza ny fanajana ny fananana manokana sy ny zony ary ny fampiasana azy.
2404. “Ny olombelona, amin'ny fampiasany ny zavatra izay azy ara-dalàna, dia tsy mahazo mihevitra na oviana na oviana an'izany ho toy ny an'ny tenany irery ihany, fa hihevitra azy koa ho toy ny iombonana, izany hoe : azo anasoavana ny hafa koa, fa tsy ho an'ny tenany irery”². Ny maha-tompompananana dia mahatonga ny mpanana azy ho mpitantan-draharahan' Andriamanitra Mpiahy mba hampamokatra izany sy hampita ny voka-tsoa ho an'ny hafa, ka amin'ny havany akaiky aloha. 307
2405. Ny fananana vokatry ny asa –mivaingana na tsy mivaingana – toy ny tany na ny orinasa-taozavatra, ny fahaizana manokana na ny haikanto, dia mitaky ny fiahian'ny tompon'izy ireny mba hahasoa olona faran'izay betsaka ny vokatra azo avy amin'izy ireny. Ny mpanana ny fananana ampiasaina sy ny fananana holanina dia tsy maintsy mampiasa izany amim-pahalalana onony, amin'ny fanokanana ny anjara tsaratsara kokoa ho an'ny vahiny, ny marary, ny mahantra.
2406. Zo sy adidin'ny *mpifehy fanjakana* ny mampifanitsy amin'ny soa iombonana, ny fampiasana ara-dalàna ny fahefana amin'ny zo ho tompompananana³. 1903

¹ jer. Jen 1,26-29.

² FAA 69, §1.

³ jer. FAA 71, §4 ; SRS 42 ; CA 40 ; 48.

II. Ny fanajana ny olona sy ny fananan'izy ireo

2407. Amin'ny lafiny fiharian-karena, ny fanajana ny fahamendrehan'ny olona
1809 dia mitaky ny fanatanterahana ny herim-panahy *fahalalana onony*, mba
1807 hampihenana ny firaketam-po amin'ny haren'izao tontolo izao; ny herim-
panahy *fahamarinana*, mba hiarovana ny zon'ny namana sy hanomezana
1839 azy izay tokony hefaina aminy ; ary ny *firaisan-kina*, araka ny fitsipika
volamena sy araka ny fahalalahan-tanan'ny Tompo izay na dia
manankarena aza, dia nanaiky ho mahantra mba hampanankarena antsika
avy amin'ny fahantrany¹.

Ny fanajana ny fananan'ny hafa

2408. Mandrara ny *halatra* ny didy fahafito, izany hoe ny fandrobàna sy ny
fibodoana ny fananan'ny hafa manohitra ny sitrapo marin'ny tompon'ny
fananana. Tsy halatra ny maka zavatr'olona raha toa ka marim-pototra ny
fiheverana fa eken'ny tompony izany, na raha toa ka mifanohitra amin'ny
saina mahitsy sy amin'ny anjara nanokanana ny fananana ho an'ny
daholobe ny fandavan'ilay tompony. Ohatra, raha misy fahaporetana mafy
sy miharihary, ka ny hany fomba hamonjena izany eo no eo mivantana
amin'izay tena ilaina (hanin-kohanina, trano fialofana, fitafiana...), dia ny
mampiasa sy ny mandany ny fananan'ny hafa².

2409. Na inona na inona fomba akàna sy itanana tsy ara-drarin'ny fananan'ny
hafa, dia manohitra ny didy fahafito, na dia tsy mifanohitra amin'ny fepetra
momba ny didy aman-dalàn'ny fanjakana aza. Tahaka ireto : ny mitana
amim-panahy iniana ny fananan'olona nindramina na zavatra very ; ny
mamitaka na manambaka amin'ny varotra³ ; ny manome karama tsy ara-
drarin'ny⁴ ; ny manondrotra vidin-javatra amin'ny fanararaotana noho ny tsy
1867 fahalalana na noho ny fahasahiranan'ny hafa⁵.

Mbola voarara ara-pitsipi-pitondran-tena koa ireto : ny fiantoham-barotra izay
amin'izany no ihetsehana mba hampiovaovàna amin'ny fomba amboamboarina ny
tombam-bidin-javatra mba hahazoana tombon-tsoa avy amin'ny fahavoazan'ny
hafa; ny kolikoly izay amin'izany no anodinkondinana ny sain'ireo izay tokony
handray fanapahan-kevitra araka ny lalàna ; ny fibodoana sy ny fampiasan'ny tena
manokana ny fananam-pikambanan'ny orinasa ; ny asa zara fa vita, ny fangalarana
amin'ny hetra aloa, ny hala-tahaka eo amin'ny taratasy solovola (seky) sy eo
amin'ny taratasim-dazam-bidy (faktiora), ny fandania mihoa-pampana, ny
fandaniliam-poana. Ny mitera-pahavoazana iniana atao amin'ny fananan'olona

¹ jer. 2 Kôr 8,9.

² jer. FFA 69, §1.

³ jer. Det 25,13-16.

⁴ jer. Det 24,14-15 ; Jak 5,4.

⁵ jer. Am 8,4-6.

manokana na amin'ny fananam-bahoaka dia mifanohitra amin'ny lalàna môraly ka mitaky fanonerana.

2410. Tsy maintsy efaina ny *fampanantenana natao*, ary tsy maintsy tandremana amin'ny fomba hentitra ny *fifanekena* raha rariny ara-pitsipi-pitondran-tena ny antoka hanatanterahana azy. Miankina amin'ny soatoavin'ny fifanekena ifanaovan'ny olona tsirairay na ny fikambanan'olona ny ampahany lehibe amin'ny fiainana ara-piharian-karena sy ara-tsôsialy. Ohatra, ny fifanekena ara-barotra eo amin'ny fivarotana na ny fividianana, ny fifanekena eo amin'ny fampanofàna na eo amin'ny asa. Na inona na inona fifanekena dia tsy maintsy ifanarahana sy tanterahina amin-kitsim-po izany. 2101

2411. Ny fifanekena dia ankatoavin'ny *fahamarinana ara-pifanakalozana* izay mandamina ny fifanakalozana eo amin'ny olona sy eo amin'ny fikambanana, ao anatin'ny fanajana marina ny zon'izy ireo. Manery amin'ny fomba hentitra ny fahamarinana ara-pifanakalozana ; takiny ny fiarovana ny zo ho tompom-pananana, ny fampandoavan-trosa ary ny fampanefana ny adidy nekena tamin-kalalahana. Raha tsy misy ny fahamarinana ara-pifanakalozana, tsy misy fahamarinana hafa mety ho azo atao intsony. 1807

Ny *fahamarinana ara-pifanakalozana* dia miavaka amin'ny fahamarinana *araka ny lalàna*, izay mikasika ny adidy tokony hefain'ny olom-pirenena amin'ny firenena, amin'ny fomba ara-drariny, sy amin'ny *fahamarinana ara-pizaràna*, izay mandamina ny anjara tokony hefain'ny firenena amin'ireo olom-pirenena, mifandanja amin'ny ataon'izy ireo sy amin'ny filan'izy ireo.

2412. Noho ny fahamarinana ara-pifanakalozana, ny *fanonerana ny tsy fahamarinana natao* dia mitaky ny famerenana amin'ny tompony ny fananany nangalarina na nafenina : 1459

Noderain'i Jesoa i Zake noho ny antoka nolazainy : “Ny zavatr'olona azoko ampitaka, dia honerako inefatra heny” (Lk 19,8). Na amin'ny fomba mivantana na tsy mivantana, izay rehetra nandroba ny fananan'ny hafa dia tsy maintsy mamerina izany ; raha tsy hita intsony ilay zavatra, dia onerana zavatra mitovy aminy na vola mifandanja amin'ny vidiny, ary onerana koa ny vokatra sy ny tombon-tsoa tokony ho azon'ny tompony ara-dalàna. Tsy maintsy mamerina na manonitra koa, araka ny andraikitir'izy ireo sy ny tombon-tsoa azon'izy ireo, izay rehetra nandray anjara tamin'ny halatra sy niray tsikombakomba tamin'izany, na nanararaotra izany nefa mahalala tsara ny ataony ; ohatra : ireo izay nanome baiko na nanampy, na nanafina olon-dratsy na nanafina entana halatra. 2487

2413. Ireo *lalao an-tsapaka* (lalao karatra, sns.) na ireo *loka*, raha amin'ny maha-lalao azy ireny fotsiny, dia tsy mifanohitra amin'ny fahamarinana. Manjary tsy azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena izy ireny raha manesotra eo amin'ny olona izay ilainy mba hiantohana ny filany sy ny an'ny hafa. Ny hadalàna amin'ny loka dia mety hanjary fanandevozana mamohetra. Ny miloka amin'ny fomba tsy ara-drariny na

ny mifetsifetsy amin'ny loka dia anisan'ny zava-doza, raha tsy hoe maivana ny fahavoazana nahatonga famaizana, ka ilay izay niharany dia tsy afaka mihevitra izany tamim-pandinihana ho zava-dehibe mibaribary sy misy dikany.

2297 2414. Raràn'ny didy fahafito ny asa na ny fiantohan-draharaha izay mitarika *hanandevo olona*, tsy hahatsapa ny hasina maha-olona azy ireo, hividy azy ireo, hivarotra azy ireo ary hanakalo azy ireo ho toy ny entam-barotra, na inona na inona antony, na fitiavan-tena tafahoatra izany na firehan-kevitra, na matimatim-bola na fibodoana manontolo. Fahotana manohitra ny hasina maha-olona sy ny zo fototra ananan'izy ireo izany, izay hanaovana herisetra azy ireo ho fitaovam-pamokarana na ho loharanon-tombon-tsoa. I Md Paoly dia nandidy ny tompo kristianina, hitondra ny mpanompony kristianina “tsy toy ny mpanompo intsony, fa toy ny mpiray tam-po ara-pinoana (...), toy ny olona, ao amin'ny Tompo” (Filem 16).

Ny fanajana ny maha-izy manontolo ny zavaboary

226,358 2415. Mitaky fanajana ny maha-izy manontolo ny zavaboary ny didy fahafito. Ny biby, ary koa ny zavamaniry sy ny zavatra tsy mananaina, dia natokana araka ny toetra voa-Janahary ho an'ny soa iombonan'ny olombelona taloha, ankehitriny ary hoavy¹. Ny fampiasana ny harena an-kibon'ny tany, ny zavamaniry ary ny biby manerana an'izao tontolo izao, dia tsy azo sarahina amin'ny fanajana ny adidy ara-môraly. Tsy hoe fahefana manontolo ny fahefana hanjaka nomen'ny Mpahary ny olombelona amin'ny zavatra tsy mananaina sy amin'ny mananaina hafa ; ny andrefesana izany dia amin'ny alalan'ny fiahiana ny hatsaram-piainan'ny namana, anisan'izany ny taranaka hoavy ; mitaky fanajana amim-pahamalinana ny maha-izy manontolo ny zavaboary izany².

373

378

344

2416. Zavaboarin'Andriamanitra ny *biby*. Arovany amin'ny fiahiam-pitondrany izy ireny³. Amin'ny alalan'ny fisian'izy ireny fotsiny, dia misaotra Azy sy manome voninahitra Azy izy ireny⁴. Koa, tokony halemy fanahy amin'izy ireny ny olombelona. Ho tsaroana amin'izany ireo olomasina toa an'i Md François d'Assise na i Md Philippe de Néri nikarakara ny biby tamim-pitandremana fatratra.

2417. Nankinin'Andriamanitra amin'ny fiandraiketam-pitantanan'ily izay nataony mitovy endrika Aminy ny biby⁵. Noho izany, ara-drarin'ny ny ampiasana ny biby ho amin'ny fivelomana sy ny fanamboarana fitafiana.

¹ jer. Jen 1,28-31.

² jer. CA 37-38.

³ jer. Mt 6,26.

⁴ jer. Dan 3,79-81.

⁵ jer. Jen 2,19-20 ; 9,1-4.

Mety ny mamolaka sy manatamana azy ireny mba hanampy ny olombelona amin'ny asany sy amin'ny fialam-boliny. Ireo fanandramana ara-pitsaboana sy ara-tsiansa amin'ny biby dia fomba amam-pihetsika azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena, raha toa izy ireny ka mijanona amin'ny fetra ara-pahendrena sy manampy hitsaboana na hamonjena ny ain' olombelona. 2234

2418. Mifanohitra amin'ny hasina maha-olona ny mampijaly tsy amin'antony ny biby sy ny mamonomono foana azy ireny. Toy izany koa, tsy mety ny mandany vola be amin'izy ireny, izay ny tokony hampiasana azy voalohany dia ny hanamaivanana ny vesatry ny fahantran'ny olona. Azo atao ny mitia biby, saingy tsy mety ny mamadika ho azy ireny ny fanehoam-pitiavana izay tokony hatao ireny amin'ny olombelona. 2446

III. Ny fampianaran'ny Fiangonana momba ny sôsialy

2419. “Ny fanambaràna kristianina dia mitarika ny saina hahiratra kokoa amin'ny lalàm-piainana ara-piaraha-monina”¹. Raisin'ny Fiangonana avy amin'ny Evanjely ny fahafenoam-panambaràna ny fahamarinan'ny olombelona. Rahefa manatontosa ny fanirahana azy hitory ny Evanjely ny Fiangonana, dia manamarina, amin'ny anaran'i Kristy, ny fahamendrehan'ny olombelona manokana sy ny fiantsoana azy ho amin'ny fiombonan'ny olombelona ; izy no mampianatra ny olona ny adidy takin'ny fahamarinana sy ny fiadanana, mifanaraka amin'ny fahendren'Andriamanitra. 1960 359

2420. Maneho ny heviny ara-môraly momba ny fiharian-karena sy ny fiarahamonina ny Fiangonana, “rahefa mitaky izany ny zo fototra maha-olona na ny famonjena ny olona”². Eo amin'ny lafin'ny ara-toetram-pitondran-tena, dia fahefana miavaka amin'ny an'ny mpifehy fanjakana no nanirahana azy: miahly ireo soa samihafa iombonan'ny olona amin'izao fiainana eto an-tany izao izy, noho ny fanokanana an'ireo ho an'Ilay Soa ambony indrindra, tanjom-piafarantsika. Miezaka izy hitsilo hevitra amin'ny toe-pihetsika atao ara-drariny eo amin'ny vokatry ny haren'ny tany sy eo amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina sy ara-piharian-karena. 2032 2246

2421. Ny fampianaran'ny Fiangonana momba ny sôsialy dia nivelatra tamin'ny taonjato faha-19, tamin'ny fifandonan'ny Evanjely sy ny orinasa-taozava-baventy môderina, ny firafiny vaovao ho amin'ny famokarana ny zavatra natao holanina, ny hevi-baovaony amin'ny orinasa, amin'ny Fanjakana ary amin'ny fahefana mifehy, ny endriny vaovao amin'ny asa sy ny fananana. Ny famelabelarana ny fitambaram-pampianaran'ny Fiangonana, momba ny fiharian-karena sy ny fiarahamonina, dia

¹ FAA 23, §1.

² FAA 76, §5.

manamarina ny soatoavina maharitra an'ny fampianaran'ny Fiangonana, miaraka koa amin'ny hevitra marin'ny Lovam-pampianarany velona sy miasa lalandava¹.

2044 2422. Ny fampianaran'ny Fiangonana momba ny sôsialy dia misy ventim-pampianarana mifampitohy arakaraka izay hanazavan'ny Fiangonana ny zava-miseho eny am-pamakivakiana ny tantara, amin'ny fahazavan'ny fitambaran'ny teny nambaran'i Jesoa-Kristy miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina². Izany fampianarana izany dia vao mainka manjary azo ekena ho an'ny olona tsara sitrapo izay tsiloviny bebe kokoa amin'ny fitondran-tenan'ny mpino.

2423. Manolotra fitsipika fototra hodinihana ny fampianaran'ny Fiangonana momba ny sôsialy ; mamoka mari-pitsaràna izy ary manome torolalana amin'ny asa :

Na inona na inona rafi-pandaharana mametraka ny fifandraisana ara-tsôsialy ho ferana tanteraka amin'ny lafiny ara-piharian-karena dia mifanohitra amin'ny fomba aman-toetran'ny olombelona sy amin'ny asany³.

2317 2424. Ny foto-piheverana izay manao ny tombon-tsoa ho fitsipika manokana sy tanjom-piafaran'ny raharaha ara-piharian-karena dia tsy azo ekena ara-pitsipi-pitondran-tena. Ny fahalianam-bola mihoa-pampana dia tsy ilaozan'ny voka-dratsy aterany. Izany ny anankiray amin'ireo anton'ny fifanoherana maro be manakorontana ny filaminam-bahoaka⁴.

Ny rafi-pandaharana izay “manitsakitsaka ny zo fototra an'ny tsirairay sy an'ny vondron'olona amin'ny fampiasana fikambanana mpamokatra” dia mifanohitra amin'ny hasina maha-olona⁵. Ny fampiasana rehetra izay manetry ny olona ho toy ny fitaovana ahazoana tombon-tsoa fotsiny, dia manandevo ny olona, mitondra mankamin'ny fanompoana ny vola ho sampy ary manampy amin'ny fampielezana ny tsy finoana ny fisian'Andriamanitra. “Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy i Mammon ianareo” (Mt 6,24 ; Lk 16,13).

676 2425. Ny Fiangonana dia nitsipaka ny firehan-kevitra ny mpanao bodo ngerona sy ny tsy mpino ny fisian'Andriamanitra, ary amin'ny vanim-potoana ankehitriny, miaraka amin'ny “kômonisma” na amin'ny “sôsialisma”. Ankoatra izany, laviny ny fomba amam-panaon'ny “kapitalisma” amin'ny firehan-kevitra ny samy maka ho azy sy ny fanaovana ho laharam-boalohany tsy refesi-mandidy ny lalànan'ny tsena eo amin'ny asan'olombelona⁶. Ny fandrindrana ny fiharian-karena alamina amin'ny rafitr'asa avangongo amin'ny foibe tokana fotsiny dia manimba ifotony ny

¹ jer. CA 3.

² jer. SRS 1 ; 41.

³ jer. CA 24.

⁴ jer. FAA 63, §3 ; LE 7 ; CA 35.

⁵ FAA 65.

⁶ jer. CA 10 ; 13 ; 44.

fifandraisana ara-piaraha-monina ; ny fandrindrana izany amin'ny alalan'ny lalànan'ny tsena irery ihany dia mandiso ny fahamarinana ara-piaraha-monina “satria misy filana be dia be takin'ny olombelona izany, izay tsy mety mahafa-po amin'ny alalan'ny tsena”¹. Tokony hohafatrafarana ny fandrindrana marina ny amin'ny tsena sy ny vinavinam-piharian-karena, araka ny ambaratongam-bidy marina sy ho amin'ny soa iombonana.

1886

IV. Ny raharaham-piharian-karena sy ny fahamarinana ara-piaraha-monina

2426. Ny fampandrosoana ireo raharaham-piharian-karena sy ny fampitomboana ny vokatra dia natokana hanampy ny filan'ny olombelona. Ny fiainana ara-piharian-karena dia tsy mikendry fotsiny hampitombo ny zavatra vokarina sy hampitombo ny tombon-tsoa na ny tanjaka ; ny votoatin'ny kendrena aminy dia ny hanampiana ny olona, ny tontolon'ny olona sy ny fiombonamben'ny olona rehetra. Noho ny fitantanana ny raharaham-piharian-karena amin'ny fomba aman-dalànany manokana, dia ilaina ny hampiasana azy ao anatin'ny fetran'ny lalàm-pitondran-tena mifanaraka amin'ny fahamarinana ara-piaraha-monina, mba hamaly ny fandaharan' Andriamanitra momba ny olombelona².

1928

2427. Miaraka avy hatrany tamin'ny nahariana ny olombelona mitovy endrika amin'Andriamanitra ny *asan'ny olombelona*, ary voantso izy ireo hanohy ny tsanganasa fahariana amin'ny fizakana ny tany, ny tsirairay miaraka amin'ny hafa sy ho an'ny hafa³. Noho izany adidy ny asa : “Raha misy tsy mety hiasa, aoka izy tsy hihinana koa” (2 Tes 3,10)⁴. Manome voninahitra ny fanomezan'ny Mpahary sy ny talenta nomena ny asa. Mety ho mpanavotra koa ny asa. Ny olombelona miaritra fijaliana⁵ amin'ny asa ombàm-piombonana amin'i Jesoa, ilay mpanao asa tanana tao Nazareta sy nofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana teo Kalvery, dia miara-miasa amin'ny Zanak' Andriamanitra amin'ny fomba manokana eo amin'ny Tsanganasam-panavotany. Ny fanehoany fa mpianatr'i Kristy izy, dia ny fitondrana ny Hazofijaliana isan'andro, eo amin'ny asa izay asaina ho tanterahiny⁶. Mety ho fitaovam-panamasinana ny asa, sy fanetsiketsehana ny zava-misy eto an-tany ao amin'ny Fanahin'i Kristy.

307

378

531

2428. Amin'ny asa ny olona no mampiasa sy manatanteraka ny anjara herimpahazoana amam-pahaizana voa-Janahary naraikitra ao aminy. Ny fototry

2834

¹ CA 34.

² jer. FAA 64.

³ jer. Jen 1,28 ; FAA 34 ; CA 31.

⁴ jer. 1 Tes 4,11.

⁵ jer. Jen 3,14-19.

⁶ jer. LE 27.

2185 ny hasarobidin'ny asa dia ny tenan'ny olona ihany, fa izy no mpanao sy iantefany. Ny asa no natao ho an'ny olona fa tsy ny olona no ho an'ny asa¹.

Tokony hahita fomba hanampy ny fiainany sy ny an'ny ankohonany amin'ny asany ny tsirairay, sy hanasoavany ny fiombonamben'ny olombelona.

2429. Samy *manana zo hamorona fiharian-karena*, sy hampiasa ara-dalàna ny talentany ny tsirairay, mba handraisany anjara amin'ny habetsahan'ny tombon-tsoa ho an'ny rehetra, sy mba hiotazany ny vokatra ara-drariny ny ezaka nataony. Hitandrina izy amin'ny fanarahana ny fandaminana ara-pitsipi-pifehezana apetraky ny manam-pahefana hitondra ara-dalàna ho amin'ny soa iombonana².

2430. Ny *fiainana ara-piharian-karena* dia miampanga ny tombon-tsoa samihafa tadiaviny, izay matetika mifanohitra izy ireo samy izy ireo. Mazava amin'izany ny fipoitran'ny fifanoherana izay mampibaribary ny fiainana ara-piharian-karena³. Hezahina ny hampihena ireo fifanoherana ireo amin'ny alalan'ny fifampiraharaha izay manaja ny zo sy adidin'ny solontena isam-pikambanana : ny tompon'andraikitra ny orinasa, ny solontenan'ny mpiasa, ohatra ny fivondronana ara-tsendikaly, ary, amin'ny fotoana ilàna azy, ny fanjakana.

1908 2431. Ny *andraikitra ny Fanjakana*. “Ny raharaham-piharian-karena, indrindra ny fifanakalozana ara-barotra, dia tsy afaka hivelatra ao anatin'ny fahabangana amin'ny lalàna sy fitsaràna ary fitondrana. Takin'izany ny hahamafy orina ny fiantohana ny fahafahan'ny tsirairay sy ny fananany, ao anatin'ny fisian'ny sandam-bola tsy miovaova sy ny asam-bahoaka mahomby. Koa ny adidy tsy azon'ny Fanjakana avela dia ny manamafy orina ireny fiantohana ireny, mba ho afaka hifaly amin'ny vokatry ny asany izay miasa, ary izany no handrisika azy hanatanteraka ny asany amin'ny fomba tsara sy marina (...). Adidin'ny Fanjakana koa ny manara-maso sy mitarika ny fampiasana ny zo maha-olona eo amin'ny sehatra fiharian-karena ; na izany aza tsy anjaran'ny Fanjakana ny miandraikitra voalohany an'io sehatra io, fa an'ireo sampan-draharaha sy ireo vondrona samihafa ary fikambanana mampivoatra ny fiaraha-monina”⁴.

1883

2432. Ireo *tompon'andraikitra ny orinasa* no mampiseho eo anatrehan'ny fiaraha-monina ny andraikiny ara-toe-karena sy ara-tontolo iainana amin'ny vokatry ny asan'izy ireo⁵. Tsy maintsy mandinika ny soa hoan'ny olona

2415

¹ jer. LE 6.

² jer. CA 32 ; 34.

³ jer. LE 11.

⁴ CA 48.

⁵ jer. CA 37.

izy ireo fa tsy ny fampitomboana fotsiny ny *tombon-tsoa*. Na izany aza, ilaina ny *tombon-tsoa*. Izy no hahafahana mampiasa petra-bola iantohana ny hoavin'ny orinasa. Izy no miantoka ny fananana asa.

2433. Ny *fananana anton'asa* sy antom-pivelomana dia tokony hisokatra ho an'ny rehetra tsy asiana fanavakavahana tsy ara-drariny, lehilahy sy vehivavy, tomady sy kilemaina, tompon-tany sy vahiny¹. Arakaraka ny toe-javamiseho, anjaran'ny orinasa ny manampy ny olom-pirenena mba hananany asa sy antom-pivelomana².

2434. Ny *karama ara-drariny* no vokatry ny asa ara-dalàna. Ny mandà izany na ny mitana izany dia mety ho anisan'ny tsy fahamarinana lehibe³. Mba hanombanana ny *karama marina*, tsy maintsy heverina miaraka ny filana sy ny anjara asa vitan'ny tsirairay. “Rahefa voadinika lalina avokoa ny asa sy ny zava-bokatra, ny toe-bolan'ny orinasa sy ny soa iombonana, dia tokony ho afaka miantoka ny olona sy ny ankohonany amin'ny fivelomany sy ny ilainy ho amin'ny fiainana mendrika eo amin'ny lafiny ara-batana, aratsôsialy, ara-tsaina ary ara-panahy, ny *karama avy amin'ny asa*”⁴. Ny fifanarahana ifanaovan'ny roa tonta, dia tsy ampy hanamarinana ara-pitsipipitondran-tena ny fitambaran-karama. 1867

2435. Rariny sy hitsiny ara-pitsipi-pitondran-tena ny *fitokonana* raha toa ka io no fangataham-bonjy tsy azo ialana, raha tsy hoe ilaina mihitsy aza, ho amin'ny *tombon-tsoa* mifandanja. Manjary tsy azo ekena ara-pitsipipitondran-tena izy rahefa arahina herisetra na koa ampidirana tanjona tsy misy ifandraisany mivantana amin'ny fepetran'asa na mifanohitra amin'ny soa iombonana.

2436. Tsy rariny ny tsy mandoa ny *latsakemboka* naraikitry ny manam-pahefana ara-dalàna haloa amin'ny sampan-draharaha misahana ny fanampiana aratsôsialy.

Ny *fanesorana amin'ny asa* noho ny tsy fisian'asa dia saika mandrakariva, ho an'izay iharan'izany, fanazimbàna ny haja amam-boninahiny sy loza mitatao ho an'ny filaminam-piainana. Ankoatra ny fahavoazana miantraika amin'ny tenany, dia maro be ny loza mety hitranga vokatr'izany ho an'ny tokantranony⁵.

¹ jer. LE 19 ; 22-23.

² jer. CA 48.

³ jer. Lev 19,13 ; Det 24,14-15 ; Jak 5,4.

⁴ FAA 67, §2.

⁵ jer. LE 18.

V. Fahamarinana sy firaisan-kina eo amin'ny samy firenena

- 1938 2437. Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny tsy fitovian'ny loharanon-karena sy ny fitaovam-pihariana dia mampisy “hantsana” marina tokoa eo amin'ny samy firenena¹. Etsy an-daniny, misy ireo manam-be sy manitatra ny fomba fampitomboana izany, ary etsy an-kilany ireo ihandronan'ny trosa.
- 1911 2438. Ankehitriny, antony maro samihafa ara-pivavahana, ara-pôlitika, ara-piharian-karena ary ara-bola, no mahatonga “ny olana ara-piaraha-monina mahahenika ny tany tontolo”². Koa ilaina ny firaisan-kina eo amin'ny samy firenena izay efa manana pôlitika mifampiankina. Vao mainka tena ilaina izy rahafa mahakasika ny fampitsaharana ny “fomba fiasa ratsy” izay vato misakana ny fandrosoan'ny firenena tsy mbola mandroso firy³. Ny rafipitantanam-bola tsy ara-drariny na ny fakana zana-bola mihoatra ny aradalàna⁴, ny fifandraisana ara-barotra tsy ara-pahamarinana eo amin'ny samy firenena, ny fifaninanana mampiasa fitaovam-piadiana, dia mila soloina ezaka iombonana mba hamahana ireo sakana amin'ny loharanon-karena ho amin'ny tanjom-pandrosoana ara-môraly, ara-kolontsaina ary ara-toekarena “amin'ny famaritana indray ireo laharam-pahamehana sy ireo ambaratongan'ny soatoavina”⁵.
- 2315 2439. Ireo *firenena manankarena* dia manana andraikitra lehibe ara-môraly amin'ireo izay tsy afaka miantoka, raha amin'ny herin'ny tenan'izy ireo ihany, ny fitaovana hampandroso azy ireo, na voasakan'ny toe-javatra mahatsiravina teo amin'ny tantara. Adidim-piraisan-kina sy fifankatiavana izany ; ary andraiki-pahamarinana raha toa ka avy amin'ireo loharanon-karena izay tsy naloa ara-drariny no nahatonga ny fiadanana amampahafinaretan'ny firenena manankarena.
2440. Ny *fanampiana mivantana* no anisan'ny valy saha ny filana eo no ho eo avy hatrany, tsy araka ny fanao mahazatra, ohatra, vokatry ny loza voa-Janahary, ny valanaretina, sns.. Kanefa tsy ampy izany hanonerana ny fahavoazan-dehibe vokatry ny toe-javatra nampahantra, na hiahiana amin'ny fomba maharitra ny filana. Tokony *hohatsaraina koa ireo fikambanana iraisam-pirenena* momba ny toe-karena sy ny vola mba hanondrotan'izy ireo tsaratsara kokoa ny fifandraisana ara-dalàna amin'ireo firenena tsy mbola mandroso firy⁶. Tokony hotohanana ny ezaka ataon'ireo tany mahantra miasa ho amin'ny fitomboan'ny haren'izy ireo sy ho amin'ny

¹ SRS 14.

² SRS 9.

³ jer. SRS 17 ; 45.

⁴ jer. CA 35.

⁵ CA 28.

⁶ jer. SRS 16.

fanarenan-dohan'ny toe-karenan'izy ireo¹. Izany fitambaram-pampianarana izany dia mila hotanterahina amin'ny fomba tena manokana eo amin'ny sehatr'asam-pambolena. Ny tantsaha, indrindra any amin'ny firenena andalam-pandrosoana, no mamorona ny ankapobem-bahoaka izay ahitana mahantra betsaka.

2441. Ny mampitombo ny fahalalana an'Andriamanitra sy ny fahalalana ny tena ihany no tena fototr'izay rehetra *fampandrosoana feno ny fitambaran'ny olombelona rehetra*. Io fampandrosoana io no mampitombo ireo harena arapitaovana sy ny fampiasana an'ireny ho an'ny olona sy ho an'ny fahafahany. Io no mampihena ny fahantrana sy ny fitsentsefana arapiharian-karena. Io no mampitombo ny fanajana ny kolontsaina samihafa sy ny fisokafana amin'ny toe-pahamboniana tsy taka-polopolorina². 1908

2442. Tsy anjaran'ny mpitondra Fiangonana ny mirotsaka mivantana amin'ny fananganana fitondram-panjakana sy amin'ny fandaminana ny fiainampiaraha-monina. Anjara lahasa amin'ny fiantsoana ny *mpino lahika* izany, amin'ny fampiasany ny toe-tsaina manombo-javatra avy aminy, iarahany amin'ny mpiray tanindrazana aminy. Mety hitaky fahamaroana soridalana azo tsapain-tanana ny asa fanasoavana ny fiaraha-monina. Ho amin'ny soa iombonana sy araka ny hafatry ny Evanjely mbamin'ny fampianaran'ny Fiangonana anefa no anaovana lalandava izany. Anjaran'ny mpino lahika “ny manetsiketsika ny zava-misy ara-nofa eto an-tany, amin-jotom-po kristianina, sy ny mitondra tena amin'izany ho mpampanjaka ny fiadanana sy ny fahamarinana”³. 899

VI. Ny fitiavana ny mahantra

2544-2547

2443. Midera ireo izay manampy ny mahantra Andriamanitra ary manome tsiny ireo izay mihodina tsy hanao izany : “Omeo izay mangataka aminao ; aza omena lamosina izay te hisambotra aminao” (Mt 5,42). “Nahazo maimaim-poana ianareo, koa manomeza maimaim-poana” (Mt 10,8). Amin'izay hataon'izy ireo ho an'ny mahantra no hahalalan'i Jesoa-Kristy ny olompinidiny⁴. Rahefa “torina amin'ny malahelo ny Vaovao Mahafaly” (Mt 11,5)⁵, izay no famantarana ny maha-eo an'i Kristy. 786 525,544, 853

¹ jer. CA 26.

² jer. SRS 32 ; CA 51.

³ SRS 47 ; jer. SRS 42.

⁴ jer. Mt 25,31-36.

⁵ jer. Lk 4,18.

1716 2444. “Anisan’ny lovam-panahy tsy miova ny fitiavan’ny Fiangonana ny mahantra (...)”¹. Avy amin’ny Evanjelin’ny hasambarana², avy amin’ny fahantran’i Jesoa³ ary avy amin’ny fikarakarany ny mahantra no nanovozana an’izany⁴. Ny fitiavana ny mahantra rahateo no iray amin’ireo antony tsy maintsy hiasana, mba “hahafahana manao ny tsara amin’ny fanampiana ny sahirana” (Efez 4,28). Tsy miitatra fotsiny amin’ny fahantrana ara-pitaovana izany, fa amin’ireo endrika maro be isehoan’ny fahantrana ara-tsaina sy ara-pivavahana koa⁵.

2536 2445. Tsy afa-miaraka amin’ny fitiavan-karena tafahoatra na fampiasana azy ireny amin’ny fitiavan-tena tafahoatra, ny fitiavana ny mahantra :

2547 Anareo mpanankarena kosa indray izao ! Mitomania ianareo, migogogogoa amin’ny loza izay hidona aminareo. Ny harenareo efa lò, ny fitafianareo efa nokikisan’ny kalalao. Ny volamenanareo sy ny volafotsinareo efa voaloto, ary ny harafesiny no hampanga anareo : handevona ny nofonareo izany; dia ny afo izay hitahirizana anareo amin’ny farandro. Eritrereto, fa mikiakiaka ny karama izay nanambakanareo ny mpiasa nijinja ny tanim-bolinareo, ary mby eo an-tsofin’ny Tompon’ny Tafika ny horakoraky ny mpijinja. Ianareo nivelona teto an-tany, tao anatin’ny hamoràna sy ny habetsahana, ianareo voky tamin’ny andron’ny fandripahan’olona. Ianareo nanameloka ny marina, fa izy tsy nanohitra anareo (Jak 5,1-6).

2402 2446. Nampahatsiaro mafy izany i Md Jean Chrysostome : “Ny tsy mampandray anjara ny mahantra amin’ny fananany manokana, dia mangalatra amin’izy ireo sy manala amin’izy ireo ny aina. Tsy ny fananantsika no tazonintsika fa ny azy ireo”⁶. “Tsy maintsy honerana aloha ny takin’ny fahamarinana, fandrao tsy afa-manolotra ho fanomezam-pitiavana afa-tsy izay efa tsy maintsy hefaina araka ny rariny”⁷ :

Rahefa manome ny mahantra ny zavatra ilainy isika, tsy manao asa fanasoavana manokana ho azy ireo akory isika, fa mamerina amin’izy ireo izay azy ireo. Manatontosa adidim-pahamarinana tokoa isika fa tsy manatanteraka asa fitiava-namana⁸.

¹ CA 57.

² jer. Lk 6,20-22.

³ jer. Mt 8,20.

⁴ jer. Mk 12,41-44.

⁵ jer. CA 57.

⁶ Md Jean Chrysostome in Laz. 2,6.

⁷ APL 8.

⁸ Md Grégoire le Grand, past. 3,21,45.

2447. Ny *tsanganasa fiantrana* dia asa fitiava-namana izay amin'izany isika no manampy ny namantsika amin'ny zavatra ilainy ara-batana sy ara-panahy¹. 1460
 Ny mampianatra, ny manoro hevitra, ny mampionona, ny mampahery, dia tsanganasa fiantrana ara-panahy, tahaka ny mamela heloka sy ny mizaka fijaliana amim-paharetana. Ny tsanganasa fiantrana ara-batana indrindra dia ny manome hanina ny noana, mampiantrano ny tsy manan-kialofana, ny manafy ny tsy manan-kotafiana, ny mamangy ny marary sy ny migadra, ny mandevina ny maty². Amin'ireny fihetsika ireny, dia ny fiantrana atao 1038
 amin'ny malahelo³ no iray amin'ireo porofo fototra amin'ny fifankatiavana 1969
 maha-mpiray tam-po : fanaovana ny marina koa izany, izay sitrak' Andriamanitra⁴ :

Aoka izay manana akanjo roa hizara amin'izay tsy manana izany, ary aoka izay manan-kohanina hanao torak'izany koa (Lk 3,11). Izao ihany e : manaova fiantrana araka izay rehetra anananareo, dia hadio ny zavatra rehetra ho anareo (Lk 11,41). Raha misy rahalahy na anadahy, na rahavavy na anabavy mitanjaka, raha tsy ampy ny sakafon'izy ireo isan'andro, ka ny iray aminareo miteny amin'izy ireo hoe : "Mandehana amim-piadanana, manaova mafana tsara, manaova voky tsara", nefa tsy omenareo azy ireo izay ilain'ny tenan'izy ireo, inona no soa azony amin'izany ? (Jak 2,15-16)⁵. 1004

2448. "Amin'ireo endrim-pahoriana maro be : tsy fananana fitaovana, fampahoriana tsy an-drariny, kilema ara-batana sy ara-tsaina, ary farany ny fahafatesana, dia ny *fahantran'ny olombelona* no famantarana miharihary ny toetram-pahosana hatrany am-bohoka izay ao amin'ny olombelona nanomboka tamin'ny fahotana voalohany, sy ny filana famonjena. Izany no nahatonga ny fahantran'ny olombelona hanintona ny fangorahan'i Kristy Mpamonjy izay nankasitraka handray izany teo Aminy sy Hitoviany endrika amin' "ireo havany madinika indrindra" (Mt 25,40). Izany no nahatonga ireo izay vesaran'ny fahoriana ho anton'ny *tombom-pitiavan'ny* 1586
Fiangonana izay, hatrany am-piandohana, na reraka aza ny ankamaroan'ny mpikambana ao aminy, dia tsy mitsahatra miasa hanamaivana azy ireo, hiaro azy ireo ary hanafaka azy ireo izy. Ny anaovan'ny Fiangonana izany, dia amin'ny alalan'ny tsanganasa fanasoavana maro tsy tambo isaina izay maharitra lalandava sy ilaina hatraiza hatraiza"⁶.

2449. Nanomboka tamin'ny Testamenta Taloha, ny karazana famerana rehetra momba ny lalàna (taonan'ny famelan-keloka, fandraraàna ny

¹ jer. Iz 58,6-7 ; Heb 13,3.

² jer. Mt 25,31-46.

³ jer. Tob 4,5-11 ; Ekl 17,18.

⁴ jer. Mt 6,2-4.

⁵ jer. 1 Jo 3,17.

⁶ CDF, instr. "Libertatis conscientia" 68.

fampisamborana misy zana-bola sy ny fitanana ny antoka, ny didy fandoavana ny ampahafolom-pananana, ny fanefana isan'andro ny karaman'ny mpiasa isan'andro, ny zo hioty ny sisam-boa an-tsalohy sy ny fitsimponana salohim-bary) dia manoina ny famporisihan'ny Deterônômy hoe : “Marina tokoa, fa tsy ho foana mihitsy eto amin'ity tany ity ny mahantra ; izany no anomezako anao izao didy izao : tsy maintsy manokatra ny tananao amin'ny rahalahinao ianao, amin'izay ambaniana sy mahantra eo amin'ny firenenao” (Det 15,11). Noraisin'i Jesoa ho Azy io teny io : “Satria, ny mahantra dia hisy lalandava eo aminareo : fa Izaho, tsy mba ho eto aminareo lalandava” (Jo 12,8). Amin'io, tsy nataony ho lany andro ny firehidrehitry ny teny faminaniana taloha hoe : “Satria vidin'izy ireo vola ny olo-marina ary ny mahantra amin'ny kapa iray aman'olona ...” (Am 8,6), fa mitaona antsika izy hamantatra ny fisiany ao amin'ny mahantra izay rahalahiny¹ :

1397

Tamin'ilay andro nitezeran-dreniny an'i Mb Rose de Lima² nikarakara tao an-trano ny mahantra sy ny kilemaina, dia hoy ny navaliny an-dreniny : “Rahefa manampy ny mahantra sy ny marary isika, dia manompo an'i Jesoa. Tsy tokony ho sasatra isika manampy ny namantsika, satria ao amin'izy ireny dia i Jesoa no tompointsika.”

786

FAMINTINANA

2450. “Tsy hangalatra ianao” (Det 5,19). “Tsy handova ny Fanjakan' Andriamanitra, na ny mpangalatra, na ny kahihitra (...), na ny mpanao an-keriny” (1 Kôr 6,10).

2451. Ny didy fahafito dia mandidy hanao ny fahamarinana sy ny fitiava-namana eo amin'ny fitantanana ny haren'ny tany sy ny vokatry ny asan'ny olombelona.

2452. Natao ho an'ny taranak'olombelona rehetra ny soa aman-karena amin'ny zavaboary. Tsy manafoana ny anjara voatokana ho an'ny daholobe momba ny fananana, ny zo hanam-pananana manokana.

2453. Ny didy fahafito dia mandrara ny halatra. Fakana an-keriny ny fananan'ny hafa, tsy araka ny sitrapo marina heverin'ny tompony, ny halatra.

2454. Mifanohitra amin'ny didy fahafito ny fomba rehetra akàna sy ampiasana tsy an-drariny ny fananan'ny hafa. Ny tsy fahamarinana natao dia mitaky fanonerana. Ny fahamarinana ara-pifanakalozana dia mitaky ny famerenana amin'ny tompony ny zavatra nangalarina na nafenina.

¹ jer. Mt 25,40.

² Vita.

2455. *Raràn'ny lalàna môraly ny asa rehetra izay mitarika hanandevo olona, hividy azy ireo, hivarotra azy ireo ary hanakalo azy ireo ho toy ny entambarotra, noho ny toetra matimatim-bola na mpanao bodo ngerona.*
2456. *Ny fahefana hanjaka nomen'ny Mpahary amin'ny harena an-kibon'ny tany, harena avy amin'ny zavamaniry, harena avy amin'ny biby manerana an'izao tontolo izao, dia tsy azo sarahina amin'ny fanajana ny fepetra ara-môraly, tafiditra amin'izany ny an'ireo taranaka ho avy.*
2457. *Ny biby dia nankinina amin'ny fiandraiketam-pitantanan'ny olombelona, izay tokony haneho fitiavana sy fahalemam-panahy amin'izy ireny. Afaka manampy amin'ny fanomezana fahafaham-po amin'izay ilain'ny olombelona ny biby.*
2458. *Maneho ny heviny momba ny fiharian-karena sy ny fiaraha-monina ny Fiangonana rahefa mitaky izany ny zo fototra maha-olona na ny famonjena ny olona. Miahny ireo soa iombonan'ny olona amin'izao fiainana eto antany izao ny Fiangonana, noho ny fanokanana an'ireo ho an'Ilay Soa ambony indrindra, tanjom-piafarantsika.*
2459. *Ny tenan'ny olombelona ihany no mpanao, foibe ary tanjon'ny fiainana rehetra ara-piharian-karena sy ara-piaraha-monina. Izao no vaholana tena izy momba ny fiaraha-monina : ny haren'ny zavaboary nataon'Andriamanitra ho an'ny rehetra, raha ny tena marina, dia tokony hipaka amin'ny rehetra, araka ny fahamarinana, sy ny fanampian'ny fitiavanana.*
2460. *Ny fototry ny hasarobidin'ny asa dia ny tenan'ny olombelona ihany, fa izy no mpanao sy iantefany. Amin'ny asany ny olombelona no mandray anjara amin'ny tsanganasa fahariana. Raha ampiraisina amin'i Kristy ny asa, dia mety ho mpanavotra.*
2461. *Ny fampivoarana tena izy, dia izay mahakasika ny olona manontolo. Atao izay hampitombo ny herim-pahazoan'ny isam-batan'olona mamaly ny fiantsoana azy, dia ny antson'Andriamanitra izany¹.*
2462. *Ny asa fiantrana atao amin'ny mahantra dia vavolombelon'ny fifankatiavana toy ny mpiray tam-po : fampiharana ny fahamarinana izay ankasitrahana'Andriamanitra rahateo izany.*
2463. *Ao amin'ireo olona tsy tambo isaina tsy manan-kanin-kohanina, tsy manan-kialofana, tsy manam-ponenana, ahoana no tsy ahatsiahivana an'i*

¹ jer. CA 29.

Lazara, ilay mpangataka mitofezaky ny hanoanana voalazan'ny fanoharana¹? Ahoana no tsy ahenoina an'i Jesoa miteny hoe : “Tsy nanao izany tamiko koa ianareo” (Mt 25,45) ?

ANDALANA 8

Ny didy fahavalo

“Tsy hitsangan-ko vavolombelona mandainga hamely ny namanao ianao” (Eks 20,16).

Voalaza tamin'ny ntaolo hoe : “Tsy hianiana tsy to ianao, fa hanefa amin'ny Tompo ny fianiananao” (Mt 5,33).

2464. Raràn'ny didy fahavalo ny manova ho diso ny marina eo amin'ny fifandraisana amin'ny hafa. Io didy ara-môraly io no mahatonga ny fiantsoana ny vahoaka masina ho vavolombelon'ilay Andriamaniny izay marina sy tia ny fahamarinana. Ny fahotana manohitra ny marina dia mampiseho, amin'ny alalan'ny teny na ny atao, ny fandavana hiandany amin'ny fahitsiana ara-môraly : fivadihan-toky lehibe indrindra amin' Andriamanitra izany, ary, amin'io hevitra io, mandrava ny fototry ny fanekem-pihavanana.

I. Ny miaina ao anatin'ny fahamarinana

215 2465. Manamarina izany ny Testamenta Taloha : *Loharanon'ny fahamarinana rehetra Andriamanitra*. Fahamarinana ny Teniny². Fahamarinana ny Lalàny³. “Maharitra amin'ny taona rehetra mifandimby ny fahamarinany” (Sal 119,90)⁴. Satria Andriamanitra no Ilay “Marina” (Rôm 3,4), ny mpikambana ao amin'ny vahoakany dia voantso hiaina koa ao anatin'ny fahamarinana⁵.

2466. Ao amin'i Jesoa-Kristy no miseho manontolo ny fahamarinan' Andriamanitra. Noho i Jesoa-Kristy “feno fahasoavana sy fahamarinana” (Jo 1,14), dia Izy no “fahazavan'izao tontolo izao” (Jo 8,12), Izy no *Fahamarinana*⁶. Na iza na iza mino Azy, tsy mitoetra ao anatin'ny maizina⁷. Ny mpianatr'i Jesoa dia mitoetra ao amin'ny teniny mba hahalala

¹ jer. Lk 16,19-31.

² jer. Ohab 8,7 ; 2 Sam 7,28.

³ jer. Sal 119,142.

⁴ jer. Lk 1,50.

⁵ jer. Sal 119,30.

⁶ jer. Jo 14,6.

⁷ jer. Jo 12,46.

ny marina izay mahatonga ho afaka¹ sy manamasina². Ny manaraka an'i Jesoa, dia ny miaina ny "Fanahin'ny fahamarinana" (Jo 14,17) izay irahin'ny Ray amin'ny anarany³ sy izay mitari-dalana "amin'ny marina rehetra" (Jo 16,13). Tamin'ny mpianany i Jesoa no nampianatra ny fitiavana mankato tanteraka ny marina : "Aoka ny teninareo : "Eny ? eny" , "Tsia ? tsia"" (Mt 5,37). 2153

2467. Toetra voa-Janahary no mahatonga ny olombelona mandeha amin'ny fahamarinana. Adidiny ny manaja izany sy ny manaporofa izany : "Noho ny fahamendrehan'ny olombelona rehetra, amin'ny maha-olona azy ireo (...) dia teren'ny toetran'izy ireo voa-Janahary mihitsy sy voatery, noho ny adidy aman'andraikitra ara-môraly, hikatsaka ny marina izy ireo, ka ny voalohany indrindra dia ny an'izay mikasika ny fivavahana. Adidin'izy ireo koa ny miraiki-po amin'ny marina raha vao mahalala izany izy ireo sy manitsy ny fiainan'izy ireo manontolo araka izay takin'ny fahamarinana"⁴. 2104

2468. Ny fahamarinana, amin'ny maha-fahitsian'ny asa amam-pihetsika sy ny tenin'olombelona azy, dia antsoina hoe *firaiketana amin'ny marina*, hitsintotra na hitsim-po. Ny hoe fahamarinana na firaiketana amin'ny marina dia herim-panahy izay mampiseho fa marina amin'ny asany izy sy milaza fa marina amin'ny teniny, amin'ny fiarovan-tena tsy hamitaka, tsy hisandoka ary tsy hihatsaravelatsihy. 1458

2469. "Tsy ho afa-miaina miaraka ny olombelona, raha tsy misy ny *fifampitokiana*, izany hoe raha tsy mifampilaza ny marina izy ireo"⁵. Ny herim-panahy fahamarinana no mamerina ara-drariny amin'ny hafa izay tokony hefaina aminy. Ny firaiketana amin'ny marina no manatanteraka ny fahaiza-mandanjalanja izay tokony hambara sy ny tsiambaratelo izay tokony ho tanana : mitaky fanajana ny rariny sy fahatanam-bava izany. Amin'ny rariny sy ny hitsiny, "ny olona dia tokony hanao amimpahamarinana amin'ny hafa ny fanehoana ny marina"⁶. 1807

2470. Manaiky "hivelona amin'ny fahamarinana" ny mpianatr'i Kristy, izany hoe amin'ny fahatsoram-piainana mifanaraka amin'ny ohatra nomen'ny Tompo sy mitoetra ao anatin'ny fahamarinany. "Raha milaza fa manana fiombonana Aminy isika, nefa mandeha amin'ny maizina, dia mandainga isika, ary tsy manao ny marina" (1 Jo 1,6).

¹ jer. Jo 8,31-32.

² jer. Jo 17,17.

³ jer. Jo 14,26.

⁴ FVA 2.

⁵ Md Thomas d'A., s.th. 2-2, 109, 3, ad 1.

⁶ Md Thomas d'A., s.th. 2-2, 109, 3.

II. “Mijoro ho vavolombelon’ny fahamarinana”

- 1816 2471. Teo anatrehan’i Pilaty, dia nilaza ampahibemaso i Kristy fa tonga teto amin’izao tontolo izao Izy mba hijoro ho vavolombelona hanambara ny marina¹. “Tsy ho menatra ny hijoro ho vavolombelon’ny Tompo” ny kristianina (2 Tim 1,8). Ao anatin’ny toe-javatra izay mitaky ny fanamarinam-pinoana, ny kristianina dia tokony hanambara izany tsy amim-pisalasalana, tahaka ny nataon’i Md Paoly teo anatrehan’ny mpitsara azy. Tsy maintsy nikely aina izy mba “tsy homelohin’ny kônsiansy eo anatrehan’Andriamanitra sy eo anatrehan’ny olombelona” (Asa 24,16).
- 863,905 2472. Ny adidin’ireo kristianina mandray anjara amin’ny fiainan’ny Fiangonana no manosika azy ireo hiasa ho *vavolombelon’ny Evanjely* sy ny adidy izay takin’izany. Izany fijoroana ho vavolombelona izany no fampitana ny
1807 finoana amin’ny teny sy amin’ny asa : Asan’ny fahamarinana ny fijoroana ho vavolombelona izay manorina na mampahalala ny marina²:
- Ny kristianina rehetra, na aiza na aiza iainan’izy ireo, dia tsy maintsy maneho (...) amin’ny alalan’ny oha-piainan’izy ireo sy ny fijoroana ho vavolombelona amin’ny tenin’izy ireo, ny olom-baovao, izay notafian’ izy ireo tamin’ny Batemy, sy ny herin’ny Fanahy Masina izay nankahery azy ireo tamin’ny Fankaherezana³.
- 852 2473. Ny *maty martyry* no fara tampon’ny fijoroana ho vavolombelona amin’ny fahamarinan’ny finoana ; izany dia ilazana ny fijoroana ho vavolombelona izay tonga hatrany amin’ny fahafatesana. Ny olona atao martyry no maneho ny fijoroana ho vavolombelon’i Kristy, maty sy nitsangan-ko velona, izay iraisany amin’ny alalan’ny fitiavana. Mijoro ho vavolombelona amin’ny fahamarinan’ny finoana sy ny fitambaram-pampianarana kristianina izy.
1808 1258 Miaritra ny fahafatesana amin’ny alalan’ny asa ampiasan-kery izy. “Avelao aho ho tonga tanim-bilona ho an’ny biby. Amin’ny alalan’ireny no hahatongavako any amin’Andriamanitra”⁴.
2474. Amim-pitandremana fatratra tokoa no nanangonan’ny Fiangonana ny fahatsiarovana an’ireo izay nandeha hatramin’ny farany mba hanamarinana ny finoan’izy ireo. Ireny no asan’ny Martyry. Ireny no tahirin-tsoratra ny Fahamarinana voasoratra amin’ny ra :
- 1011 Tsy misy na inona na inona hanolotra ho ahy ny fahafinaretan’izao tontolo izao na ny fanjakan’ity taonjato ity. Tsaratsara kokoa ho ahy ny maty

¹ jer. Jo 18,37.

² jer. Mt 18,16.

³ AFF 11.

⁴ Ignace d’ Antioche, Rom. 4,1.

[hiombona] amin'i Kristy Jesoa, toy izay hanjaka hatrany amin'ny fara vazan-tany. Izy no tadiaviko, Izy izay maty ho antsika ; Izy no ilaiko, Izy ilay nitsangan-ko velona ho antsika. Manakaiky ny fiterahako¹...

Misaotra Anao aho nihevitra ahy ho mendrika an'ity andro ity sy izao ora izao, mendrika ho anisan'ireo martirinao (...). Notanterahinao ny fampanantenanao, ry Andriamanitry ny tsy fivadihana sy ny fahamarinana. Noho izany fahasoavana izany sy noho ny zava-drehetra, midera Anao aho, misaotra Anao aho, mankalaza Anao aho amin'ny alalan'Ilay Mpisorombe mandrakizay sy any an-danitra, Jesoa-Kristy, Zanaka malalanao. Voninahitra anie ho Anao, amin'ny Alalany, izay miaraka Aminao sy ny Fanahy,ankehitryny sy amin'ny taona rehetra mandrakizay. Amen².

III. Ny fahotana manohitra ny fahamarinana

2475. Ny mpianatr'i Kristy dia "nitafy ny olom-baovao izay noarina araka an' Andriamanitra amin'ny rariny sy ny hitsiny ary ny fahamasinana izay avy amin'ny marina" (Efez 4,24). "Ario ny lainga" (Efez 4,25), dia "esory avokoa ny faharatsiana rehetra sy ny fitaka rehetra, ny fomba rehetra mifono fihatsarambelatsihy, fialonana ary fanaratsiana" (1 Pi 2,1).

2476. *Fiangangana lainga sy fianianan-tsy to*. Rahefa naely ampahibemaso ny teny manohitra ny fahamarinana, dia mifono halehibeazana mangingina. Eo anatrehan'ny tribonaly, dia manjary fiangangana lainga izany³. Rahefa natao tamim-pianianana izany, dia manjary fianianan-tsy to. Ireny fomba fiasa amam-pihetsika ireny dia mandray anjara, na hanameloka ny tsy manan-tsiny, na hanala tsiny ny meloka, na hampitombo ny sazy famaizana an'ilay voampanga⁴. Mety hanala baraka tokoa ireny fomba amam-pihetsika ireny, amin'ny fampiasana ny marina, sy ny rariny mbamin'ny hitsin'ny didim-pitsaràna avoakan'ny mpitsara. 2152

2477. Ny *fanajana ny lazan'*ny olona dia mandrara ny fihetsika rehetra sy ny teny rehetra mahatonga fahavoazana tsy ara-drariny ho azy ireo⁵. Araka izany :

- mahameloka ny olona ny *fitsaratsarana foana*, na dia amin'ny fomba miafina aza, amin'ny fanekena ny kilemam-pitondran-tenan'ny namana ho marina, nefa tsy misy porofo ;

¹ Md Ignace d'Antioche, Rom. 6,1.

² Md Polycarpe, mart. 14,2-3.

³ jer. Ohab 19,9.

⁴ jer. Ohab 18,5.

⁵ jer. CIC, can. 220.

- mahameloka ny olona ny *fanaratsiana*, amin'ny famoahana ny kileman'ny hafa na ny fahadisoany, amin'ny olona maro tsy mahalala izany, nefa tsy misy antony marim-pototra¹ ;
- mahameloka ny olona ny *fanendrikendrehana* amin'ny alalan'ny teny manohitra ny marina, izay entina hanimbàna ny lazan'ny hafa ka mahatonga azy ho ratsy eo imason'ny olona.

2478.Mba hisorohana ny fitsaratsarana foana, tsy misy porofo, aoka ny tsirairay hitandrina, araka izay azo atao, mba hitsikera amin'ny lafiny tsara, ny eritreritry namany sy ny teniny ary ny asany :

Ny kristianina tsara rehetra dia tokony ho mailaka amin'ny fiarovana ny soso-kevitra ny namana toy izay hanameloka izany. Raha tsy afaka hiaro izany moa ny tena, tokony hanontaniana izy hoe : ahoana no fahazoany izany ; ary raha tsy dia azony loatra izany, tokony hahitsy amim-pitiavana izy ; ary raha tsy ampy izany, tokony hotadiavina ny fomba rehetra saha, ka amin'ny fahazoany tsara izany, no hiavotany tena².

2479.Manimba ny *laza amam-boninahitry ny namana* ny fanaratsiana sy ny fanendrikendrehana. Ny voninahitra anefa no fanaporifoana eo amin'ny fiaraha-monina, ny fahamendrehan'ny olombelona, ary ny tsirairay dia manana zo voa-Janahary itandrovana ny voninahitry ny anarany, ny lazany ary ny fanajana. Noho izany, manimba ny herim-panahy fahamarinana sy ny fitiava-namana ny fanaratsiana sy ny fanendrikendrehana.

1753

2480.Raràna ny teny na ny fihetsika rehetra atao amin'ny alalan'ny *fandokafana*, *fanindrahindrana* na *famalifaliana* ny namana, mba hamporisihana sy hanamarinana ny faharatsian'ny asany sy ny havetavetam-pitondran-tenany. Fahadisoana lehibe ny fanindrahindrana raha toa ka hanaovana tsikombakomba amin'ny faharatsian-toetra na fahotana lehibe. Tsy manala tsiny ny fihatsarambelatsihim-pitenenana ny faniriana hanampy na haneho mari-pisakaizana. Fahotana madinika ny fanindrahindrana raha toa izany ka iriny fotsiny mba hahafinaritra, hialana ny ratsy, hisorohana ny mahaporitra, hahazoana tombon-tsoa ara-drariny.

2481.Ny *fireharehana* na fieboeboana dia anisan'ny fahadisoana manohitra ny fahamarinana. Toraka izany koa ny *fanesoana* izay mikendry hanambany olona amin'ny fanaovana kisarisary mampihomehy na manebaka, amin'ny fomba feno hasomparana, ny endriky ny fihetsika amam-pitondran-tenany toy izao na toy izao.

¹ jer. Ekl 21,28.

² Md Ignace, ex. spir. 22.

2482. “Ny hoe *lainga* dia filazana zavatra tsy marina kendrena hamitahana”¹. Ampahafantarin’ny Tompo fa tsanganasan-devoly ny lainga : “Ny devoly no ray niavinareo (...) tsy misy marina ao aminy : rahefa milaza ny laingany izy, dia miteny izany araka ny toetrany, satria mpandainga sy rain’ny lainga izy” (Jo 8,44). 392
2483. Ny lainga no fahotana mivantana indrindra amin’ny fahamarinana. Ny mandainga dia ny miteny na ny manao asa amam-pihetsika manohitra ny marina mba hamitahana. Amin’ny fanimbàn’ny lainga ny fifandraisan’ny olona amin’ny marina sy amin’ny namana, no analany baraka ny foto-pifandraisan’ny olombelona sy ny teniny amin’ny Tompo.
2484. Ny amaritana ny *halehiben’ny lainga* dia arakaraka ireto : ny toetran’ny fahamarinana nosimbàny, ny toe-java-miseho, ny fikasan’ily nandainga, ny fahavoazan’ily nianjadian-boina tamin’ny lainga. Raha fahotana madinika ny lainga tsotra amin’ny maha-lainga azy, dia manjary fahotana mahafaty kosa izy rahefa lehibe ny fahavoazana aterany amin’ny herim-panahy fahamarinana sy fitiavana. 1750
2485. Mahameloka ny lainga amin’ny maha-lainga azy. Fametavetana ny teny izay ilaina hampahafantarana ny hafa ny marina fantatra, ny lainga. Ny minia mamitaka ny namana amin’ny alalan’ny resaka manohitra ny marina dia fahadisoana amin’ny fahamarinana sy amin’ny fitiavana. Lehibe kokoa ny fahadisoana amin’ny fikasana hamitaka, raha mampidi-doza mihatra amin’ny ain’ireo izay tafahodina miala amin’ny marina izany. 1756
2486. Ny lainga (satria fanazimbàna ny hasin’ny firaketana amin’ny marina) dia tena herisetra tokoa atao amin’ny hafa. Ny herim-pahazoan’ny olona mamantatra, izay fototry ny fahaiza-mandanjalanja rehetra sy ny fahaiza-manapa-kevitra rehetra, no simbàny. Ao amin’ny lainga no misy ny tsirin’ny fisarahan-tsaina sy ny ratsy rehetra aterany. Mampidi-doza ny fiaraha-monina manontolo ny lainga ; mandrava ny fifampitokiana eo amin’ny olombelona samy olombelona izy, ary manakorontana ny rindram-pifandraisana eo amin’ny fiaraha-monina. 1607
2487. Mitaky *adidim-panonerana* ny fahadisoana rehetra natao momba ny rariny sy ny marina, na dia efa voavela heloka aza ilay nanao izany. Raha sarotra atao ny manonitra hadisoana iray ampahibemaso, dia tsy maintsy hatao mifafina izany ; raha sarotra ny anonerana mivantana izay natao tamin’ily niharam-pahavoazana, dia tsy maintsy arenina ny sainy, amin’ny alalan’ny fitiava-namana. Izany adidim-panonerana izany dia mahakasika indrindra koa ny fahadisoana natao tamin’ny lazaan’ny hafa. Izany fanonerana izany, 1459 2412

¹ Md Augustin, mend. 4,5.

ara-tsaina ary indraindray ara-pitaovana, dia tokony hifandanja amin'ny haben'ny fahavoazana nihatra. Ny kônsiansy no manery izany.

IV. Ny fanajana ny marina

1740 2488. Misy fepetra ny zo *hampahafantatra ny marina*. Tokony hampifanarahan'ny tsirairay amin'ny fitsipiky ny fitiavana maha-mpiray tam-po araka ny Evanjely, ny fiainany. Takin'io fitiavana maha-mpiray tam-po io, eo amin'ny fisehoana toe-javatra lehibe, ny mandanjalanja raha mety na tsia ny hanambaràna ny marina amin'ilay izay mangataka izany.

2284 2489. Ny fitiavana sy ny fanajana ny marina no tokony hibaiko ny valy amin'ny *fangataham-baovao na fampitam-baovao rehetra*. Ny soa sy ny filaminantsainan'ny hafa, ny fanajana ny fiainana manokana, ny soa iombonana, dia antony ampy mba tsy hilazana izay tokony tsy ho fantatra, na mba hampiasana fitenenana manaja. Ny adidy hisorohana ny fanafintohinana dia matetika mitaky fahatanam-bava mafy. Na iza na iza dia tsy mahazo manambara ny marina amin'izay tsy manana zo hahalala izany¹.

1467 2490. Masina ny *tsiambaratelon'ny sakramentan'ny fampihavanana*, ary tsy azo havoaka na inona inona lazaina ho antony. “Tsy azo ivadihana ny tsiambaratelo ara-tsakramenta ; noho izany, voarara tanteraka ny mpampikônfesy tsy havoaka izay lazain'ny mpikônfesy na inona na inona izany, amin'ny alalan'ny teny na amin'ny fomba hafa, sy na inona na inona mety ho antony”².

2491. Ny *tsiambaratelon'asa* – ohatra : izay tazonin'ny mpitondra fanjakana, tazonin'ny miaramila, ny mpitsabo, ny mpitsara – na ny filazan-javatra amin'ny olona, nefa zavatra notanana ho tsiambaratelo, dia tsy maintsy harovana, afa-tsy amin'ny toe-javatra manokana izay ny fitazonana ny tsiambaratelo dia mety hitera-pahavoazana lehibe tokoa amin'ilay izay nanambara azy tamim-pitokiana, amin'ilay izay nandray azy na amin'ny olon-kafa, ka ny hany isorohana izany dia ny famoahana ny marina. Na dia tsy nambara mangingina tamim-pitokiana ho tsiambaratelo aza ny filazana ny vaovao manokana manimba ny hafa, dia tsy azo havoaka raha tsy misy antony lehibe sy voalanjalanja izany.

2522 2492. Adidin'ny tsirairay ny mitana ny tsiambaratelo marina momba ny fiainan'ny olona manokana. Adidin'ny mpiandraikitra ny fampitam-baovao ny mandrindra sy mandanjalanja ara-drarin'ny an'izany, eo amin'ny takin'ny soa iombonana sy ny fanajana ny zon'ny isam-batan'olona. Ny fitsabahana

¹ jer. Ekl 27,17 ; Ohab 25,9-10.

² CIC, can. 983, §1.

amin'ny filazam-baovao momba ny fiainan'olona manokana mirotsaka amin'ny raharaha pôlitika na raharaham-bahoaka dia azo melohina arakaraka ny fahavoazana aterany eo amin'ny fiainan'izy ireo manokana sy amin'ny fahafahan'izy ireo.

V.Ny fampiasana ny fitaovam-pifandraisan'ny mpiara-belona

2493.Ny fitaovam-pifandraisan'ny mpiara-belona, eo anivon'ny fiaraha-monina amin'ny androm-piainana ankehitriny, dia manana anjara toerana lehibe dia lehibe amin'ny fampahalalam-baovao, amin'ny fampandrosoana arakolontsaina ary ny fampianarana amam-panabeazana. Mihalehibe io anjara toerana io, noho ny fandrosoana ara-teknika, noho ny fidadasika sy ny fahamaroan'ny vaovao ampitaina, ary ny fihatran'ny heriny eo amin'ny toetsaim-bahoaka.

2494. Ho an'ny soa iombonana no ampiasana ny fampahalalam-baovao amin'ny fitaovam-pifandraisana¹. Zon'ny mpiara-belona ny hahazo vaovao miorina amin'ny fahamarinana, ny fahafahana, ny rariny sy ny hitsiny, ary ny firaisan-kina amam-piombonana :

1906

Ny fampiasana tsara an'io zo io dia mitaky ny fampitam-baovao, ka raha ny amin'ilay vaovao, dia mba ho marina azo antoka lalandava sy feno izany, ao anatin'ny fanajana ny takin'ny fahamarinana sy ny fitiavana ; ary raha ny amin'ny fomba fampitana, dia mba ho mendrika sy mifanentana amin'ilay vaovao, izany hoe amin'ny fahazoana sy ny fampielezana ny vaovao, dia tokony hotandremana tanteraka amin'ny fampitam-baovao, ny lalana molaraly, ny zo ary ny fahamendrehan'ny olombelona².

2495. “Ilaina raha ny tsirairay rehetra eo amin'ny fiaraha-monina no manatanteraka ao anatin'io sehatra io koa, ny adidin'izy ireo amin'ny rariny sy ny fahamarinana. Hampiasa ny fitaovam-pifandraisan'ny mpiara-belona izy ireo, mba hiara-miasa amin'ny famolavolana sy ny fampielezana ny hevitra mahaso avy amin'ny olona maro”³. Ny firaisan-kina amam-piombonana dia hita fa vokatry ny fampitam-baovao marina sy mahitsy, sy ny fifamoivoizana malalaka ara-kevitra, izay mampandroso ny fahalalana sy ny fanajana ny hafa.

906

2496. Ny fitaovam-pifandraisan'ny mpiara-belona (singanina manokana ny fitaovampampitam-baovao ho an'ny daholobe) dia mety hiteraka fanarahana am-bokony ihany ao amin'ireo mpampiasa, ka hahatonga azy ireo tsy ho malina amin'ny hafatra ampitaina aminy na amin'ny fampisehoana jereny. Ny mpampiasa dia tsy maintsy mahalala onony sy manaraka fitsipi-pifehezana eo anatrehan'ny fitaovampampitam-baovao ho an'ny daholobe. Ilain'izy ireo ny manabe ny kônsiansiny ho

2525

¹jer. FMM 11.

²FMM 5.

³FMM 8.

mazava sy mahitsy mba hanoherana moramora kokoa ny fihatran'ny hery mitarika ho amin'ny tsy fahamendrehana-toetra loatra.

2497. Noho ny asa fanaovana gazety, dia manana adidy amin'izany ireo mpanao gazety, amin'ny fampielezana ny vaovao, hanome ny marina sy tsy hanafintohina ny fitiavana. Hiezaka izy ireo hanaja, amin'ny fahiana mitovy, ny toetra-java-miseho sy ny fetran'ny fitsikerana mety hamohehatra ny olona. Tsy maintsy sorohin'izy ireo ny milefitra amin'ny fanalam-baraka.

2237 2498. “Manana adidy manokana ny *mpitondra firenena* hitsimbina ny soa iombonana. Adidin'ny fanjakana ny miaro sy miahy ny fahafahana tena izy sy ara-drarin'ny amin'ny fampahalalam-baovao”¹. Amin'ny famoahana lalàna sy amin'ny fitandremana ny fampiharana azy, dia tokony arovan'ny fanjakana sy iantohany, 2286 mba tsy “hitera-pahavoazana lehibe eo amin'ny fomba fiainana sy ny fitondran-tenan'ny vahoaka ary ny fandrosoan'ny fiaraha-monina”², ny fampiasana mamohetra ny fitaovam-pampitam-baovao. Hosazin'izy ireo ny fandikan-dalàna mikasika ny zon'ny tsirairay amin'ny laza sy ny tsiambaratelon'ny fiainany manokana. Homen'izy ireo ara-potoana sy ara-drarin'ny vaovao izay mahakasika ny soa ankapobeny na mamaly ny ahiahy tsy hihavanana eo amin'ny mponina. Na inona na inona, dia tsy azo anamarinana ny fampiasana vaovao diso ny fitaovam-pampitam-baovao, mba hanamboamboarana ny toe-tsain'ny vahoaka. Tsy tokony hanohintohina ny fahafahan'ny tsirairay sy ny vondron'olona anefa ireny fanelanelanana ireny.

1903 2499. Ny môraly no mamoaika ireo loza afitsoky ny firenena mpanao bodo ngerona, izay manao hosoka ny fahamarinana amim-pomba voarindra, mampiasa ny jadona pôlitika ara-panehoan-kevitra amin'ny alalan'ny fitaovana fampitam-baovao, “manamboamboatra” ny voampanga sy ny vavolombelona eo amin'ny fitsaràna ary mihevitra hampiorina mafy amin'ny fitondram-pangejan'izy ireo, amin'ny fanakanana sy amin'ny fanasaziana izay rehetra heverin'izy ireo ho “fandikan-dalàna ara-panehoan-kevitra”.

VI. Fahamarinana, hatsara sy haikanto masina

1804 2500. Tsy misaraka amin'ny fahafinaretan'ny fanahy azo maimaim-poana sy ny hatsara ara-môraly, ny fanaovana ny tsara. Toy izany koa, misy hafaliana amin'ny hatsaran'ny fanahy sy ny famirapiratany, ny fahamarinana. Tsara amin'ny maha-fahamarinana azy ny fahamarinana. Ilain'ny olona manantsaina ny teny marina, anehoany ara-tsaina ny fahalalany ny voary sy ny Mpahary ; mety koa anefa hisy fomba hafa fanehoan'ny maha-olombelona ny fahamarinana, mifameno aminy, indrindra raha mampiseho ao an-tsaina an'izay zavatra tsy hay ambara izany, ohatra ny halalin'ny fon' olombelona, ny fisondrotan'ny fanahy, ny Misterin'Andriamanitra. Na talohan'ny

¹ FMM 12.

² FMM 12.

nanambaràn'Andriamanitra ny Tenany tamin'ny olombelona tamin'ny tenin'ny fahamarinana aza, dia efa nanambara ny Tenany tamin'ny Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny fiteny mahahenika ny tontolo momba ny fahariana, izay tsanganasan'ny Teniny sy asan'ny fahendreny : ny filaminana sy ny firindran'ny zavaboary voalamina – izay hitan'ny ankizy sy ny olon'ny siansa –, “ny halehibe sy ny hatsaran'ny zavaboary, mahatonga, ara-pifanahafana, hibanjina an'Ilay Mpamorona an'ireny” (Fah 13,5), “satria ilay loharanon'ny hatsara ihany no namorona an'ireny” (Fah 13,3).

Satria, ny fahendrena dia fofon'ny herin'Andriamanitra, fipoirana madio mangarangarana ny voninahitr'ilay Mahefa ny zavatra rehetra ; koa tsy misy na dia kely aza loto tafiditra ao aminy.Fa taratry ny Fahazavana Mandrakizay ny fahendrena, fitaratra tsy misy pentina amin'ny asan'Andriamanitra, endriky ny hatsarany (Fah 7,25-26).Araka izany, tsara noho ny masoandro ny fahendrena, mihoatra ny antokon-kintana rehetra, raha ampitahaina amin'ny fahazavana, izy no mahery ; satria ny mazava, dimbisan'ny alina, fa ny ratsy kosa tsy mba maharesy ny fahendrena (Fah 7,29-30). Raiki-pitia ny hatsaran-tarehiny aho (Fah 8,2).

2501. Ny olombelona, noho izy noarina mitovy endrika amin'Andriamanitra¹, dia maneho koa ny fahamarinan'ny fifandraisany amin'Andriamanitra Mpahary, amin'ny alalan'ny hatsaran'ny tsanganasan-tanany. Satria, ny *haikanto* dia endri-panehoana manokana an'ny olombelona ; ao ambadiky ny fitadiavam-pivelomana iraisan'ny zavaboary mananaina rehetra, dia misy harena mihoa-pampana nomena maimaim-poana ao anatin'ny olombelona. Ny haikanto, noho izy mipoitra avy amin'ny talenta nomen'ny Mpahary sy ny ezaka ataon'ny tenan'ny olombelona rahateo, dia endriky ny fahendrena miseho an'asa, amin'ny fanakambanana ny fahalalana sy ny fahaiza-manao² mba hampisehoana ny fahamarinan'ny zava-misy amin'ny fombam-panehoana mora azon'ny maso sy ny sofina. Araka izany, ny haikanto dia misy fifanahafana marina amin'ny asan'Andriamanitra eo amin'ny zavatra noforonina, araka izay nanovozany hevitra tamin'ny fahamarinana sy ny fitiavana ny voary. Tsy misy na iray aza asan'olombelona, ananan'ny haikanto amin'ny maha-haikanto azy tanjom-piafarana tanteraka, fa nalahatra sy nasandratra ho amin'ny tanjom-piafaran'ny olombelona izy³.

2502.Ny *zavakanto masina* dia marina sy tsara, rahefa mifanahaka amin'ny fiantsoana azy manokana ny famoronana azy, dia ny mampahatsiahy sy ny mampiseho ny voninahitra, amin'ny finoana sy ny fitsaohana, ny mistery tsy taka-polopolorina momba an'Andriamanitra, izay : hatsara tsy hita maso

¹ jer. Jen 1,26

² jer. Fah 7,17.

³ jer. Pie XII, lahateny tamin'ny 24 desambra 1955 sy lahateny tamin'ny 3 septambra 1950.

ambony indrindra ny fahamarinana sy ny fitiavana, niseho tao amin'i Kristy, "famirapiratan'ny voninahiny, fitomboky ny fisiany maha-Izy Azy" (Heb 1,3), izay ao Aminy no "itoeran'ny maha-olombelona Azy ao amin'ny hafenoan'ny maha-Andriamanitra" (Kôl 2,9) ; hatsara ara-panahy tonga tana-panazavana tao amin'i Maria Virjiny Masina Indrindra Renin' Andriamanitra, ny anjely sy ny Olomasina. Ny zavakanto masina tena izy dia mitondra ny olombelona amin'ny fitsaohana, amin'ny fivavahana ary amin'ny fitiavana an'Andriamanitra Mpahary sy Mpamonjy, Masina sy Mpanamasina.

2503. Noho izany, ny Eveka, amin'ny alalan'ny tenan'izy ireo ihany na amin'ny alalan'ny fisoloan-toerana, dia tokony hanao izay hampandroso ny zavakanto masina, tranainy na vaovao, amin'ny endriny rehetra, ary manesotra izay rehetra tsy mifanaraka amin'ny fahamarinan'ny finoana sy amin'ny hatsarana maha-tena zavakanto *masina* azy tokoa, izay atao amin'ny fitandremana mitovy ara-pivavahana, amin'ny litorzia sy amin'ny tranon'Andriamanitra¹.

FAMINTINANA

2504. "*Tsy hitsangan-ko vavolombelona mandainga hamely ny namanao ianao*" (Eks 20,16). Ny mpianatr'i Kristy dia "*mitafy ny olom-baovao noarina araka an'Andriamanitra ao anatin'ny rariny sy ny hitsiny mbamin'ny fahamasinana izay avy amin'ny fahamarinana*" (Efez 4,24).

2505. *Ny hoe fahamarinana na firaketana amin'ny marina dia herim-panahy izay mampiseho fa marina amin'ny asany izy sy milaza fa marina amin'ny teniny, amin'ny fiarovan-tena tsy hamitaka, tsy hisandoka ary tsy hihatsaravelatsihy.*

2506. "*Tsy menatra ny ho vavolombelon'ny Tompo*" (2 Tim 1,8) amin'ny asa sy amin'ny teny, ny kristianina. Ny maty martyry no fara tampon'ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny fahamarinan'ny finoana.

2507. *Ny fanajana ny laza amam-boninahitr'olona dia mandrara ny fihetsika rehetra atao na ny fiteny rehetra manaratsy na manendrikendrika.*

2508. *Ny hoe lainga dia filazana zavatra tsy marina kendrena hamitahana ny namana.*

2509. *Mitaky fanonerana, ny fahadisoana natao manohitra ny marina.*

2510. *Ny fitsipika volamena no manampy amin'ny fahaiza-mandanjalanja, eo amin'ny fisehoana toe-javatra lehibe, na mety na tsia ny manambara ny marina amin'izay mangataka izany.*

¹ jer. L 122-127.

2511. “Tsy azo avoaka ny tsiambaratelo ara-tsakramenta”¹. Tsy maintsy tanana ny tsiambaratelon’asa. Tsy azo aely eny imasom-bahoaka ny tsiambaratelo mety hanimba ny hafa.

2512. Zon’ny mpiara-belona ny hahazo vaovao miorina amin’ny fahamarinana, ny fahafahana ary ny rariny sy ny hitsiny. Tsara ny mampisy fahalalam-petra sy fitsipi-pifehezana amin’ny fampiasana ny fitaovam-pifandraisan’ ny mpiara-belona.

2513. Ny haikanto, fa indrindra ny zavakanto masina, “dia mikendry, amin’ny maha-zavakanto azy, ny hampiseho araka izay azo atao ao amin’ireo tsanganasan’olombelona, ny hatsarana tsy misy fetran’Andriamanitra, ary natao indrindra ireny mba hampitombo ny fiderana Azy sy ny voninahiny izay tsy misy fikasana hafa afa-tsy ny hanampy araka izay azo atao ny fanahin’ny olona hitodika any amin’Andriamanitra”².

ANDALANA 9

Ny didy fahasivy

Tsy hitsiriritra ny tranon’ny namanao ianao. Tsy hitsiriritra ny vadin’ny namanao ianao, na ny ankizilahiny na ny ankizivaviny, na ny ombiny, na ny ampondrany, na inona na inona amin’ny zavatra ny namanao (Eks 20,17).

Na iza na iza mijery vehivavy amin’ny fitsiriritana azy dia efa nijangajanga taminy tao am-pony sahadry (Mt 5,28).

2514. Avahan’i Md Joany ho karazany telo ny fitsiriritana na fanirian-dratsy : ny fitsiriritan’ny nofo, ny fitsiriritan’ny maso ary ny fiavononana eo amin’ny fiainana³. Araka ny lovam-pampianarana ara-katesezy katôlika, dia raràn’ny didy fahasivy ny fanirian-dratsin’ny nofo ; ny raràn’ny didy fahafolo kosa, dia ny fitsiriritana ny fananan’ny hafa. 377,400

2515. Ny hoe “fanirian-dratsy”, araka ny dikan’ny fakan-teny nipoirany, dia azo anondroana ny endrika rehetra mirehidrehitry ny fanirian’ olombelona. Ny teôlôjia kristianina dia nanome hevitra manokana izany amin’ny fihetsiky ny fahalianan’ny nofo, izay manohitra ny tsanganasan’ny sain’olombelona. Ampitovian’i Md Paoly apôstôly amin’ny fikomiana izany, satria ny “nofo” 405

¹ CIC, can. 983 § 1.

² L 122.

³ jer. 1 Jo 2,16 (Volg.).

manohitra ny “fanahy”¹. Avy amin’ny tsy fanekena vokatry ny fahotana voalohany izany². Miteraka fikorontanan’ny fironana voa-Janahary ara-môraly eo amin’ny olombelona izany, ary, na tsy fahotana aza ny fironana amin’ny maha-fironana azy, dia mampirona an’io fironana voa-Janahary io hanao fahotana ny fanirian-dratsy³.

2516. Noho ny olombelona voary *natambatra ho fanahy sy vatana*, dia efa misy
362 fifanoherana ihany ao aminy, efa miseho ihany ny tolon’ny fironana eo
amin’ny “fanahy” sy ny “nofo”. Ny tena marina, io tolona io dia anisan’ny
lovam-pahotana, izay sady vokany no manamafy azy. Anisan’ny fahalalana
407 azo tamim-pahazarana isan’andro momba ny ady ara-panahy io tolona io :

Ho an’ny apôstôly, tsy ny manambanty sy ny manameloka ny vatana akory no tiany holazaina, dia ny vatana mamorona miaraka amin’ny fanahy maha-olona, ny toetra maha-olombelona sy ny maha-izy ny olona tsirairay ; mamakafaka kosa anefa izy, ny amin’ny tsanganasany, na hoe ny amin’ny fironana tsy miovaova – hatsaran-toetra na haratsian-toetra – *tsara na ratsy* ara-pitsipi-pitondran-tena, izay vokatry ny *fankatoavana* (amin’ny sehon-javatra voalohany) na ny *fanoherana* (amin’ny sehon-javatra faharoa) ny *asam-pamonjen’ny Fanahy Masina*. Izany no nahatonga ny apôstôly nanoratra hoe : “Satria ny Fanahy no fiainantsika, dia ny Fanahy koa no aoka hampiasa antsika” (Gal 5,25)⁴.

I. Ny fandiovana ny fo

2517. Ny fo no foiben’ny toetran’ny tsirairay ara-môraly : “Avy amin’ny fo no
368 iavian’ny hevi-dratsy, ny famonoan’olona, ny fakam-badin’olona sy ny
fijangajangana” (Mt 15,19). Mandalo amin’ny alalan’ny fandiovana ny fo
1809 sy ny fahaizana mahalala onony, ny ady anoherana ny fitsiriritan’ny nofo :

Mahareta amin’ny hatsoram-po ianao, amin’ny tsy fananan-tsiny, dia ho toy ny zaza kely ianao, tsy mahalala ny ratsy manimba ny fiainan’ny olombelona⁵.

2518. Ny hasambarana fahenina dia manao antso avo hoe : “Sambatra ireo madio fo, fa hahita an’Andriamanitra izy ireo” (Mt 5,8). Ny hoe “madio fo” dia enti-manondro ireo izay nampifanaraka ny sain’izy ireo sy ny sitrapon’izy ireo amin’izay taklèn’ny fahasinan’Andriamanitra, indrindra amin’ireto sehatra telo ireto : ny fitiava-namana⁶, ny fahadiovam-pitiavana

¹ jer. Gal 5,16.17.24 ; Efez 2,3.

² jer. Jen 3,11.

³ jer. Kôns. Trente : DS 1515.

⁴ Joany Paoly II, DeV 55.

⁵ Hermas, mand. 2, 1.

⁶ jer. 1 Tes 4,3-9 ; 2 Tim 2,22.

na hitsim-po araka ny maha-lahy na maha-vavy¹, ny fitiavana ny marina sy ny fahitsiam-poto-pampianarana momba ny inoana². Misy fifamatoram- 94
pifandraisana izany ny fahadiovan'ny fo sy ny vatana ary ny finoana :

Tokony hino ireo andalana ao amin'ny Semboly ny mpino, “ka eo am-
pinoana, mba hanaiky an'Andriamanitra izy ireo ; eo am-panekena, mba
ho velona tsara izy ireo ; eo am-pivelomana tsara, mba hanadio ny fony
izy ireo, ary eo am-panadiovana ny fon'izy ireo, mba ho takatr'izy ireo an-
tsaina izay inoan'izy ireo”³. 158

2519.Nampanantenaina an'ireo “madio fo” ny hahita an'Andriamanitra 2548
mifanatri-tava sy ny hifanahaka Aminy⁴. Ny fahadiovan'ny fo no mialoha
ny fahitana. Manomboka ankehitriny, izany no ahafahantsika mahita *araka*
an'Andriamanitra sy mandray ny hafa ho “namana” ; izany no 2819
ahafahantsika mahita ny vatan'ny olombelona, ny antsika sy ny an'ny
namantsika, ho tempolin'ny Fanahy Masina, ho fanehoana ny hatsaran-
tarehin'Andriamanitra. 2501

II. Ny ady ho amin'ny fahadiovana

2520.Ny Batemy no manome an'izay mandray azy ny fahasoavana enti-manadio 1264
ny fahotana rehetra. Kanefa tsy maintsy manohy miady amin'ny fanirian-
dratsin'ny nofo sy ny fitsiriritan-dratsy ilay vita batemy. Ombàn' ny
fahasoavan'Andriamanitra, tonga amin'izany izy :
– amin'ny alalan'ny *herim-panahy* sy ny *fanomezam-pahadiovam-* 2337
pitiavana, satria ny fahadiovam-pitiavana no ahafahana mitia amin'ny fo
mahitsy sy tsy mizarazara ;
– amin'ny alalan'ny *fahadiovam-pikasana* izay mifantoka amin'ny 1752
fikendrena ny tena tanjona marina fiafaran'ny olombelona : amin'ny
maso tsotra no itadiavan'ny vita batemy hahita sy hanatanteraka ny
sitrapon'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra⁵ ;
– amin'ny alalan'ny *fahadiovam-pijery*, eto ivelany sy ao anaty ; amin'ny 1762
alalan'ny fifehezana ny fihetseham-po sy ny fieritreretana ; amin'ny
alalan'ny fandavana ny fitiava-mamalifaly rehetra ao anaty eritreritra
maloto izay mampirona hivily amin'ny lalan'ny didin'Andriamanitra
hoe: “Ny fijery no mamoha ny filan-dratsy ho an'ny tsy manan-tsaina”
(Fah 15,5) ;
– amin'ny alalan'ny *fivavahana* : 2846

¹ jer. 1 Tes 4,7 ; Kôl 3,5 ; Efez 4,19.

² jer. Tito 1,15 ; 1 Tim 1,3-4 ; 2 Tim 2,23-26.

³ Md Augustin, fid. et symb. 10,25.

⁴ jer. 1 Kôr 13,12 ; 1 Jo 3,2.

⁵ jer. Rôm 12,2 ; Kôl 1,10.

Nino aho fa avy amin'ny herin'ny tenako ihany ny fifadiam-pahafinaretan'ny nofo, (...) hery izay na ny tenako aza tsy nahafantatra. Ary toa adala ihany aho tsy nahalala fa tsy misy na iza na iza afaka hifady ny fahafinaretan'ny nofo, raha tsy Ianao no manome azy izany. Ary marina tokoa, ho nomenao izany aho, raha toa ka nandondona teo amin'ny sofinao, tamin'ny fitarainako tao anaty, sy raha nanatosaka ny ahiahiko Taminao aho, tamin'ny finoana tsy voahozongozona¹.

2521. Mitaky *fahalalana menatra* ny fahadiovana. Ampahany tsy azo esorina amin'ny fahalalana onony ny fahalalana menatra. Miaro ny fiainan'ny olona manokana ny fahalalana menatra. Enti-manondro ny fandavana hamboraka izay tokony hijanona ho miafina izy. Alahatra amin'ny fahadiovam-pitiavana izy, fa ny fahadiovam-pitiavana no manaporofy ny hatsarany. Mitarika ny fijery sy ny fihetsika mifanaraka amin'ny fahamendrehan'ny olona sy ny firaisan'ireo izy.

2492 2522. Miaro ny tsiambaratelon'ny olona sy ny fitiavan'izy ireo ny fahalalana menatra. Mitaona ho amin'ny faharetana sy ho amin'ny fahalalana onony eo amin'ny fifandraisam-pitiavana izy ; angatahiny mba ho feno ireo fepetran'ny fifanoloran-tena sy ny fifanekena varo-matin'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fanambadian'izy ireo. Fahamaotonana ny fahalalana menatra. Manolo-kevitra ny amin'ny fisafidianana ny fitafiana anaovana izy. Mitana ny fanginana na ny fahamalinana izy, eo amin'izay mety hampidi-doza avy amin'ny fahalianam-betaveta. Manjary fahaiza-mahatambava izy.

2354 2523. Misy koa ny fahalalana menatra amin'ny vatana tahaka ny amin'ny fisainana ihany. Toheriny, ohatra, ny fikarohana ataon'ireo "mpijery vetaveta" amin'ny vatan'olombelona any amin'ireny dokam-barotra sasany ireny, na ny fitambezoan'ny fampitam-baovao sasany handeha lavitra loatra amin'ny fanambarana ny tsiambaratelon-pitiavana lalina indrindra. Ny fahalalana menatra no manolo-kevitra amin'ny fomba fiaina izay ahafahana manohitra ny fanintonan'ny lamaody sy ny faneren'ny firehan-kevitra arahin'ny maro an'isa.

2524. Ny endrika isaloran'ny fahalalana menatra dia miovaova eo amin'ny kolontsaina iray mankamin'ny kolontsaina hafa. Hatraiza hatraiza anefa, mijanona ho fanahiana ny fahamendrehana ara-panahy manokana ho an'ny olona ny fahalalana menatra. Mipoitra amin'ny alalan'ny fifohazan'ny kônsiansin'ny olona izy. Ny mampianatra ny fahalalana menatra amin'ny ankizy sy ny tanora, dia ny mamoha ny fanajana ny maha-olona ny olona.

2344 2525. Mila ny *fanadiovana ny toe-javatra iainana eo amin'ny fiaraha-monina* ny fahadiovana kristianina. Mitaky amin'ireo fitaovam-pifandraisan'ny mpiara-belona izy mba hiahny ny fanajana sy ny fahalalana onony amin'ny

¹ Md Augustin, conf. 6,11,20.

fampahalalam-baovao. Ny fahadiovan'ny fo no manafaka amin'ny fampisehoam-pahafinaretam-pilan'ny nofo efa miely, sy mampanalavitra ireo fampisehoana izay mankasitraka ny fitiava-mijery vetaveta sy ny fanaovana hevi-dravina.

2526. Ilay izay antsoina hoe *fitaiza migoragora eo amin'ny fomba fiainana amam-pitondran-tena* dia miorina amin'ny foto-pisainana diso momba ny fahafahan'ny olombelona ; mba hitarihana amin'ny soa sy ny tsara, ilain'ny fahafahan'ny olombelona ny manaiky hobeazina mialoha amin'ny alalan'ny lalàna môraly. Mety ny mangataka amin'ny tompon'andraikity ny fanabeazana, mba hanomezana fampianarana ho an'ny tanora, izay miompana amin'ny fanajana ny marina, fanajana ny hatsaran'ny fo, ary fanajana ny fahambonian'ny saina amam-panahin'ny olona. 1740

2527. “Manavao lalandava ny fiainana sy ny kolontsain'ny olona very hasina ny Vaovao Mahafalin'i Kristy : miady sy manala ny fahadisoana sy ny ratsy izay mipoitra avy amin'ny fanangolena maharitra ny fahotana izy. Tsy mitsahatra manadio sy manondrotra ny hatsaram-pitondran-tenan'ny firenen-drehetra izy. Amin'ny alalan'ny harem-pahasoavana avy any ambony izy no mampamokatra avy ao anaty ireo hatsaran-toe-panahy sy ireo fanomezana saha ny firenena tsirairay eo amin'ny vanim-potoana mifandimby. Mampatanjaka ireny, manatontosa ireny ary manavao ireny ao amin'i Kristy izy”¹. 1204

FAMINTINANA

2528. “*Na iza na iza mijery vehivavy amin'ny fitsiriritana azy, dia efa nijangajanga taminy tao am-pony sahady*” (Mt 5,28).

2529. *Mampitandrina momba ny fitsiriritana na fanirian-dratsin'ny nofo, ny didy fahasivy.*

2530. *Ny ady atao hanoherana ny fitsiriritan'ny nofo, dia mandalo amin'ny alalan'ny fandiovana ny fo sy ny fahaizana mahalala onony.*

2531. *Ny fahadiovan'ny fo no ahafahantsika hahita an'Andriamanitra : izy no ahafahantsika mahita amin'izao ankehitriny izao ny zavatra rehetra araka an'Andriamanitra.*

2532. *Ny fandiovana ny fo dia mitaky fivavahana, fanarahana ny fahadiovam-pitiavana, fahadiovam-pikasana ary fahadiovam-pijery.*

¹ FAA 58, §4.

2533. *Ny fahadiovan'ny fo dia mitaky fahalalana menatra izay mila faharetana, fahamaotonana ary fahatanam-bava. Ny fahalalana menatra no miaro ny fiainan'ny olona manokana.*

ANDALANA 10

Ny didy fahafolo

“Tsy hitsiriritra (...) na inona na inona amin'izay an'ny namanao ianao” (Eks 20,17). Tsy haniry na ny tranon'ny namanao, na ny tanim-boliny, na ny ankizilahiny na ny ankizivaviny, na ny ombiny na ny ampondrany ianao : na inona na inona azy” (Det 5,21).

“Izay misy ny harenao, no hisy ny fonao” (Mt 6,21).

2112 2069 2534. Mampizara ho roa sy mameno ny fahasivy ny didy fahafolo, izay mifantoka amin'ny fanirian-dratsin'ny nofo. Raràny ny fitsiriritana ny fananan'ny hafa, izay fototry ny halatra, ny fandrobàna ary ny fitaka, izay raràn'ny didy fahafito. Ny “fitsiriritan'ny maso” (1 Jo 2,16) no mitarika amin'ny herisetra sy ny tsy fahamarinana raràn'ny didy fahadimy¹. Ny fitsiriritan-karena, tahaka ny fijangajangana, dia manana ny fototra iaviany ao amin'ny fanompoan-tsampy voarara ao amin'ireo didy telo voalohan'ny lalàna². Mifantoka amin'ny fikasan'ny fo ny didy fahafolo ; mamintina ny fitsipiky ny lalàna rehetra izy, miaraka amin'ny didy fahasivy.

I. Ny fanimbàn'ny fitsiriritana

1767 2535. Ny fahalianan'ny nofo no mandrisika antsika haniry ny zavatra mahafinaritra izay tsy ananantsika. Tahaka izany ny maniry hihinana rahefa noana, na hanafana tena rahefa mangatsiaka. Ireny faniriana ireny dia tsara amin'ny maha-faniriana azy ireny fotsiny ; matetika anefa tsy mitana ny fanapahan-kevitra ny saina izy ireny ary manosika antsika hitsiriritra tsy ara-drariny izay tsy antsika fa an'ny hafa na tsy maintsy hefaina amin'ny hafa.

2445 2536. Raràn'ny didy fahafolo ny *fahalianana* sy ny faniriana amin'ny fibodoana tsy misy fetrany ny haren'ny tany ; raràny ny *fitsiriritan-karena* tsy voafehy, ateraky ny firehetam-po tafahoatra amin'ny harena sy ny heriny. Mbola raràny ny faniriana hanao ny tsy rariny izay mety hanimba ny namana amin'ny soa aman-karena ara-nofa :

¹ jer. Mik 2,2.

² jer. Fah 14,12.

Rahefa milaza amintsika ny Lalàna hoe : “Tsy hitsiriritra mihitsy ianao”, dia milaza amintsika izy, amin’ny fombam-piteny hafa, hampihataka ny faniriansika amin’izay rehetra tsy antsika. Satria ny fitsiriritana ny fananan’ny namana dia lehibe tokoa, tsy manam-petra ary tsy ahafa-diana na oviana na oviana, araka ny voasoratra hoe : “Ny kahihitra tsy ho vokim-bola na oviana na oviana” (Mpitor 5,9)¹.

2537. Tsy mandika ity didy ity izay maniry hahazo ny zavatra izay ananan’ny namana, raha toa ka amin’ny fomba araka ny rariny no anaovany izany. Ny katesezy fanao hatrizay dia mampiseho miaraka amin’ny fahitana amampiainana ny zava-misy an’ “ireo izay miady bebe kokoa amin’ny fitsiriritana mahameloka azy ireo” hany ka tsy maintsy “hamporisihina bebe kokoa hitandrina ity didy ity” :

Dia ireo (...) mpivarotra izay maniry ny mosary na ny halafosan’ny entam-barotra, izay mahita amin’alahelo fa tsy izy ireo irery no hany mba hividianana sy mba hivarotana izany, izay hahafahan’izy ireo mivarotra lafolafa kokoa sy mividy moramora kokoa ; dia ireo izay maniry hahatonga ireo mitovy aminy ho latsaka ao anatin’ny fahoriana, mba hahazoana tombom-barotra, na amin’ny fivarotan’izy ireo, na amin’ny fividianan’izy ireo (...). Dia ireo mpitsabo izay maniry ny marary ; ny olona mpanao lalàna izay mitaky ny raharaham-pifanolanana sy ny fitoriana mavesa-danja sy maro be² ...

2538. Takin’ny didy fahafolo ny androahana ny *fialonana* ao am-pon’ny olombelona. Tamin’i Natàna mpaminany te handrisika ny fanenenan’i ²³¹⁷ Davida mpanjaka, dia notantarainy taminy ny tantaran’ily mahantra, tsy nanana afa-tsy ondrivavy iray, ka nokarakarainy toy ny zanany vavy, sy ilay mpanankarena efa manana andian’ondry be dia be, kanefa nialona ny an’ily mahantra; ary dia nofaranany tamin’ny nangalaran’ily mpanankarena ny ondrivavin’ily mahantra ny tantara³. Mety hitarika amin’ny asa ratsy dia ratsy tokoa ny fialonana⁴. “Fa ny fialonan’i devoly no ³⁹¹ nidiran’ny fahafatesana teto amin’izao tontolo izao” (Fah 2,24) :

Miady isika samy isika, ary ny fialonana no manome fiadiana antsika hifanao an-kolafiny (...). Raha ny rehetra no milozoka tahaka izany hanozongozona ny vatan’i Kristy, aiza no iafarantsika ? Efa eo ampanorisorenana ny vatan’i Kristy isika (...). Milaza ho rantsambatan’ny vatana iray ihany isika, nefa mifampihinana toy ny hataon’ny bibidia⁵.

¹ Catech. R. 3,10,13.

² Catech. R. 3,10,23.

³ jer. 2 Sam 12,1-4.

⁴ jer. Jen 4,3-8 ; 1 Mpanj 21,1-29.

⁵ Md Jean Chrysostome, hom. in 2 Kôr 27,3-4.

1866 2539. Fahotana fototry ny hafa ny fialonana. Izy no enti-milaza ny alahelo tsapa eo anoloan'ny fananan'ny hafa sy ny faniriana tsy voafehy hibodo izany, amin'ny fomba tsy ara-dalàna. Raha maniry ratsy lehibe ho an'ny namana ny fialonana, dia manjary fahotana mahafaty :

I Md Augustin dia nahita tao amin'ny fialonana “ny fahotan-devoly tampony indrindra”¹. “Avy amin'ny fialonana no teraka ny fankahalana, ny fanaratsiana, ny fanendrikendrehana, ny hafaliana vokatry ny loza manjo ny namana sy ny hasosorana vokatry ny fahombiazany”².

1729 2540. Ny fialonana no mampiseho ny iray amin'ireo endriky ny alahelo ratsy ka noho izany fandavana ny fitiava-namana ; hotoherin'ny vita batemy amin'ny alalan'ny fahalem-mpanahy izany. Ny fialonana, matetika, dia avy amin'ny avonavona ; hanazatra tena ny vita batemy hiaina ny fanetren-tena:

Amin'ny alalanareo ve no tianareo habitana an'Andriamanitra omem-boninahitra ? Hay ve ! mifalia ianareo amin'ny fandrosoan'ny rahalahinareo, ary, amin'izany, dia amin'ny alalanareo Andriamanitra no homem-boninahitra. Ho deraina anie Andriamanitra, no holazain'ny olona, amin'izay mpanompony nahay nandresy ny fialonana tamin'ny fampioerenana ny hafaliany amin'ny fahamendrehana ahazoan'ny hafa valisoa³.

II. Ny fanirian'ny Fanahy

1718 2764 2541. Ny fitantanam-pamonjena momba ny lalàna sy ny fahasoavana no mampanalavitra ny fon'ny olombelona amin'ny fitsiriritan-karena sy ny fialonana ; izy no manoro lalana ny fon'ny olombelona haniry ilay Soa Ambony indrindra ; izy no mampianatra ny fon'ny olombelona amin'ny fanirian'ny Fanahy Masina izay maha-afa-diana ny fon'ny olombelona.

397 Ny Andriamanitry ny fampanantenana, hatramin'izay, dia nampitandrina ny olombelona hanohitra ny fanangolena, hatrany am-piandohana, nataon'ilay izy niseho “ho tsara raha hanina, mahafinaritra raha jerena, mahafalifaly raha banjinina” (Jen 3,6).

1963 2542. Ny lalàna nankinina tamin'i Israely dia tsy ampy na oviana na oviana, hanamarina an'ireo izay nankato izany ; vao mainka aza nanjary fitaovampiasan'ny “fitsiriritana” ny lalàna⁴. Ny tsy fampirindràna eo amin'ny maniry sy ny manatanteraka⁵ dia mampiseho ny fifanoherana eo amin'ny

¹ Md Augustin in DIS. 7,7 ; ep. 108, 3, 8.

² Md Grégoire le Grand, mor. 31,45,88.

³ Md Jean Chrysostome, hom. in. Rom 7,5.

⁴ jer. Rôm 7,7.

⁵ jer. Rôm 7,15.

Lalànan'Andriamanitra izay “lalànan'ny saina”, sy ny lalàna hafa “izay mamatotra ahy amin'ny lalànan'ny fahotana ao amin'ny rantsambatako” (Rôm 7,23).

2543. “Ankehitriny, tsy amin'ny Lalàna, dia naseho ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra, izay nambaran'ny Lalàna sy ny Mpaminany, dia fahamarinana avy amin'Andriamanitra noho ny finoana an'i Jesoa-Kristy miantefa amin'izay rehetra mino” (Rôm 3,21-22). Koa noho izany, ny mpinon'i Kristy “dia namàntsika tamin'ny Hazofijaliana ny nofo mbamin'ny faniriana amam-pilan-dratsiny” (Gal 5,24) ; izy ireo no tarihin' ny Fanahy¹ sy manaraka ny fanirian'ny Fanahy². 1992

III. Ny fahantran'ny fo

2443-2449

2544. Mandidy ireo mpianany i Jesoa ho tia Azy mihoatra noho ny zavatra rehetra sy ny olona rehetra, ary manome hevitra azy ireo hahafoy ny fananany rehetra³ noho ny fitiavana Azy sy ny Evanjely⁴. Taloha kely ny fijaliany, nanome ohatra azy ireo mikasika izany Izy ny amin'ilay vehivavy mpitondratena tao Jerosalema, izay tamin'ny fahantrany indrindra no nanomezany manontolo izay nananany amin'ny fivelomany⁵. Ny didy momba ny tsy firaiketam-po amin'ny harena dia tsy maintsy tanterahina mba hidirana ny amin'ny Fanjakan'ny lanitra. 544

2545. Ny mpino rehetra an'i Kristy dia “hanitsy araka ny mety ny fankamamian' izy ireo ny fampiasana ny zavatr'izao tontolo izao sy ny firaiketam-po amin'ny harena mifanohitra amin'ny toe-tsaim-pahantrana araka ny Evanjely, mba tsy hampivily lalana azy ireo amin'ny fanarahana ny lalan' ny fandavorariam-pitiavana”⁶. 2013

2546. “Sambatra ireo mahantra am-panahy” (Mt 5,3). Ny hasambarana notorin'i Kristy dia mampiseho ny lafin'ny fahafinaretana sy fahasoavana, fahatsarana sy fiadanana. Mankalaza ny hafalian'ireo mahantra i Jesoa, izay efa azy ireo ny Fanjakan'ny lanitra⁷ : 1716

Ilay Teny dia miantso “ny fahantrana am-panahy” ho fanetren-tena antsitrabo avy amin'ny fanahin'ny olona sy ny fandavan-tenany ; ary ny apôstôly dia manome ohatra izany ho antsika ny amin'ny fahantran'

¹ jer. Rôm 8,14.

² jer. Rôm 8,27.

³ jer. Lk 14,33.

⁴ jer. Mk 8,35.

⁵ jer. Lk 21,4.

⁶ FF 42.

⁷ jer. Lk 6,20.

Andriamanitra rahefa miteny izy hoe : “Tonga mahantra ho antsika Izy” (2 Kôr 8,9)¹.

2547. Nalahelo an’ireo mpanankarena ny Tompo, satria ao anatin’ny fahabetsahan’ny fananana no ahitan’izy ireo ny fiononana amam-pahafaham-pon’izy ireo (Lk 6,24). “Ny olona miavona dia mikatsaka ny fahefan’ny tany, fa ny mahantra am-panahy kosa mikatsaka ny Fanjakan’ny Lanitra”². Ny fanankinana ny zavatra rehetra eo ambany Fitahian’ny Ray any an-danitra no manafaka ny ahiahin’ny ampitso³. Ny fitokiana an’Andriamanitra no manomana amin’ny hasambaran’ ireo mahantra. Hahita an’Andriamanitra izy ireo.

IV. “Te hahita an’Andriamanitra aho”

2548. Ny faniriana ny fahasambarana tena izy no manafaka ny olombelona amin’ny firaketam-po tafahoatra amin’ny haren’ity tany ity, mba ho tanteraka ao anatin’ny fahitana sy hasambaran’Andriamanitra izany. “Mihoatra ny hasambarana rehetra ny fampanantenana hahita an’Andriamanitra. Ao amin’ny Soratra Masina, ny hoe mahita dia mahazo no heviny. Ilay izay mahita an’Andriamanitra dia nahazo ny soa rehetra izay azony nosaintsainina”⁴.

2549. Ny mitolona sisa no anjaran’ny vahoaka masina, omban’ny fahasoavana avy any ambony, mba hahazoana ny soa rehetra izay ampanantenain’Andriamanitra. Mba hahazoana sy hibanjinana an’Andriamanitra, ireo mpinon’i Kristy dia mamolaka ny fitsiriritan’izy ireo, ka handresen’izy ireo izany, omban’ny fahasoavan’Andriamanitra, ny fitaka manodokan’ny fahafinaretana sy ny fahefana aman-kery.

2550. Eny an-dalan’izany fahalavorariana izany, ny Fanahy sy ny Ampakarina dia miantso izay mandre azy ireo⁵ ho amin’ny fiombonana lavorary miaraka amin’Andriamanitra :

Any no hisy ny voninahitra tena izy ; tsy misy na iza na iza any hoderaina noho ny fahadisoana na noho ny fandokadokafana ; ny haja amam-boninahitra marina dia tsy ho lavin’ireo izay mendrika izany, na ho eken’izay tsy mendrika izany ; afa-tsy izany, na iza na iza tsy mendrika dia tsy hihambo izany, ary tsy ho voaray any raha tsy ireo izay mendrika. Hanjaka any ny fiadanana tena izy izay tsy hisy na dia iray aza hisedra fanoherana na avy amin’ny tenany ihany na avy amin’ny hafa. Avy

¹ Md Grégoire de Nysse, beat. 1.

² Md Augustin, serm. Dom. 1, 1, 3.

³ jer. Mt 6,25-34.

⁴ Md Grégoire de Nysse, beat. 6.

⁵ jer. Apôk 22,17.

amin'ny herim-panahy, ny Tenan'Izy Andriamanitra mihitsy no ho valisoa, Izy izay nanome ny herim-panahy sy nampanantena ny Tenany ihany amin'ny herim-panahy ho ilay valisoa tsara indrindra sy lehibe indrindra izay hisy lanjany : “Izaho ho Andriamanitr'izy ireo ary izy ireo ho vahoakako” (Lev 26,12)... Izany koa no hevitra ny tenin'ny apôstôly hoe : “Mba ho zavatra rehetra amin'izy rehetra Andriamanitra” (1 Kôr 15,28). Izy Tenany mihitsy no ho tanjona fiafaran'ny faniriantika, Izay ilay hobanjinintsika tsy misy farany, hotiantsika tsy misy mahatofoka, hoderaintika tsy misy fahasasarana. Ary izany fanomezana izany, izany fankamamiana izany, izany famenoana ao am-po sy ao an-tsaina izany, no iombonan'ny rehetra tokoa, tahaka ny fiainana mandrakizay¹.

FAMINTINANA

2551. *“Izay misy ny harenao no hisy ny fonao” (Mt 6,21).*

2552. *Ny fitsiriritan-karena tsy voafehy, ateraky ny firehetam-po tafahoatra amin'ny harena sy ny heriny, no raràn'ny didy fahafolo.*

2553. *Ny fialonana dia alahelo mampijaly manoloana ny fananan'ny hafa sy faniriana tsy voafehy hakana izany ho an'ny tena. Kilema fototra izany.*

2554. *Ny vita batemy dia miady hanohitra ny fialonana amin'ny alalan'ny fahalemem-panahy, ny fanetren-tena ary ny fifefena amin'ny fitahian Andriamanitra.*

2555. *Ireo mpinon'i Kristy dia “namàntsika ny nofony mbamin'ny faniriany amam-pilan-dratsiny tamin'ny Hazofijaliana” (Gal 5,24); tarihin'ny Fanahy izy ireo ary manaraka ny fanirian'ny Fanahy.*

2556. *Ilaina mba hidirana any amin'ny Fanjakan'ny Lanitra ny tsy firaiketam-po amin'ny harena. “Sambatra ireo mahantra am-panahy”.*

2557. *Hoy ny olon'ny faniriana hoe : “Te hahita an'Andriamanitra aho”. Ny ranon'ny fiainana mandrakizay no manafaka ny hetaheta an' Andriamanitra².*

* * * * *

¹ Md Augustin, civ. 22,30.

² jer. Jo 4,14.

Fizarana fahefatra Ny fivavahana kristianina

SAMPANA VOALOHANY Ny fivavahana eo amin'ny fiainana kristianina

2558. “Lehibe ny misterin’ny finoana”. Ambaran’ny Fiangonana ao amin’ny Sembolin’ny apôstôly izany (*fizarana voalohany*) ary ankalazainy amin’ny litorzian’ny sakramenta (*fizarana faharoa*), mba hifanaraka amin’i Kristy ao amin’ny Fanahy Masina, ho voninahitr’Andriamanitra Ray, ny fiainan’ny mpino (*fizarana fahatelo*). Io mystery io àry dia mitaky ny mba hinoan’ny mpino izany, hankalazany izany ary hiainany izany ao anatin’ny fifandraisana sady maharitra no an’ny tsirairay miaraka amin’Andriamanitra velona sy marina. Izany fifandraisana izany no atao hoe fivavahana.

Inona no atao hoe fivavahana ?

Ho ahy, ny *fivavahana* dia fientanam-po, fijery tsotra mankany an-danitra, hiakam-pankasitrahana sy fitiavana eo anivon’ny fisedrana toy ny eo anivon’ny hafaliana koa¹.

Fanomezan’Andriamanitra ny fivavahana

2559. “Ny fivavahana dia fanandratana ny fanahy ho amin’Andriamanitra na fangatahana amin’Andriamanitra ny soa sy ny tsara sahaza”². Avy amin’ny inona no itenenantsika rahefa mivavaka ? Avy amin’ny haavon’ny fiavonavonantsika sy ny sitrapontsika manokana ve, sa avy amin’ny “halalin’ny” (Sal 130,1) fo manetry tena sy torotoro ? Izay manetry tena no asandraatra³. Ny *fanetren-tena* no toetra fototra iorenan’ny fivavahana. “Na izay tokony hangatahintsika amin’ny vavaka ataontsika aza tsy fantatsika” (Rôm 8,26). Ny fanetren-tena no toe-panahy ilaina handraisana maimaim-poana ny fanomezam-pivavahana : Mahantra mpangataka amin’Andriamanitra ny olombelona⁴.

2613
2736

1. Mb Terezin’i Jesoa Zazakely, ms. autob. C 25r.
2. Md Jean Damascène, f.o. 3,24.
3. jer. Lk 18,9-14.
4. jer. Md Augustin, serm. 56,6,9.

2560. “Raha mba fantatrao ny fanomezan’Andriamanitra!” (Jo 4,10). Teo indrindra no niseho ny zava-mahagaga amin’ny fivavahana, teo amoron’ny fantsakana izay hahatongavantsika mba hitady ny ranontsika : eo i Kristy no mihaona amin’ny olombelona rehetra, Izy no voalohany mitady antsika ary Izy no mangataka rano hosotroina. Mangetaheta i Jesoa, avy amin’ny halalim-pitiavan’Andriamanitra izay maniry antsika ny fangatahany¹. Ny fivavahana, na fantatsika izany na tsia, no fihaonan’ny hetahetan’Andriamanitra sy ny antsika. Ny hananantsika hetaheta Azy no hetahetan’Andriamanitra².

2561. “Ianao indray aza no ho nangataka izany Taminy, ka homeny rano velona” (Jo 4,10). Valy ara-kevi-manohitra ny vavaka fangatahana ataontsika. Valy amin’ny fitarainan’Andriamanitra velona hoe : “Nafoin’izy ireo Aho, Izaho Loharanon’ny rano velona, fa lavaka no nohadiny ho azy, lavaka mitriatriatra, tsy mahatan-drano!” (Jer 2,13), valim-pinoana amin’ny fampanantenana maimaim-poana ny famonjena³, valim-pitiavana amin’ny hetahetan’ ilay Zanaka Lahitokana⁴.

Fifanekem-pihavanana ny fivavahana

2562. Avy aiza ny vavaky ny olombelona ? Na inona na inona fomba filaza ny vavaka (fihetsika sy teny), ny olona manontolo no mivavaka. Kanefa mba hanondroana ny toerana izay ipoiran’ny vavaka, ny Soratra Masina indraindray dia miteny ny fanahy na ny saina, fa ny matetika indrindra dia ny fo (maherin’ny inarivo). Ny *fo* no mivavaka. Raha lavitra an’ Andriamanitra izy, foana ny fanehoam-bavaka.

2563. Ny fo no fonenana izay misy ahy, izay onenako (araka ny fomba fiteny semitika na ara-baiboly : any amin’izay “idinako”). Izy no ivontsika miafina, tsy takatry ny saintsika na ny hafa ; ny Fanahin’Andriamanitra irery no afaka mitsapa sy mahalala azy. Ny fo no toeran’ny fanapahan-kevitra ao anatin’ny fironan-tsaina amam-panahintsika lalina indrindra. Izy no toeran’ny fahamarinana, ao no isafidianantsika ny fiainana na ny fahafatesana. Izy no toeram-pihaonana, satria amin’ny maha-endrik’Andriamanitra antsika, dia mivelona amin’ny fifandraisana isika : izy no toeran’ny fanekem-pihavanana. 368
2699
1696

2564. Fifandraisam-pifanekena eo amin’Andriamanitra sy ny olombelona ao amin’i Kristy ny fivavahana kristianina. Sady asan’Andriamanitra no asan’ olombelona izany ; avy amin’ny Fanahy Masina sy avy amintsika no

1 Md Grégoire de Naz., or.25, SC 358,261.

2. jer. Md Augustin, quaest.64,4.

3. jer. Jo 7,37-39 ; Iz 12,3 ; 51,1.

4. jer. Jo 19,28 ; Zak 12,10 ; 13,1.

ipoirany, mankany amin'ny Ray avokoa, amin'ny fampiraisana izany amin'ny sitrapo maha-olombelona ny Zanak'Andriamanitra tonga olombelona.

Fiombonana ny fivavahana

2565. Amin'ny Fanehem-pihavanana Vaovao, ny fivavahana no fifandraisana velon'ny zanak'Andriamanitra amin'ny Rain'izy ireo tsara tsy manam-petra, amin'i Jesoa-Kristy Zanany ary amin'ny Fanahy Masina. Ny fahasovan'ny
260 Fanjakan'Andriamanitra dia "ny firaisan'ny Trinite Masina manontolo amin'ny fanahy manontolo"¹. Ny fiainam-bavaka araka izany dia ny fanatrehana amim-pahazarana an'ilay Andriamanitra Masina indrindra sy ho fiombonana Aminy. Azo atao mandrakariva izany fiombonam-piainana izany, satria, tamin'ny alalan'ny Batemy isika no nanjary iray tena amin'i Kristy². *Zary kristianina* ny fivavahana noho izy fiombonana amin'i Kristy sy noho izy
792 miitatra ao amin'ny Fiangonana Vatan'i Kristy. Ny halehibeny dia ny halehiben'ny Fitiavan'i Kristy³.

TOKO VOALOHANY

Ny fanambaràna ny fivavahana

Ny antso ho an'ny daholobe ho amin'ny fivavahana

2566. *Eo am-pitadiavana an'Andriamanitra ny olombelona*. Tamin'ny fahariana
296 no niantsoan'Andriamanitra ny zavatra rehetra avy amin'ny tsy misy ho amin'ny fisiana. Ny olombelona, manarakaraka ny anjely, noho izy nosatrohana voninahitra sy famirapiratana⁴, dia afaka miaiky fa lehibe ny anaran'ny Tompo eo amin'ny tany tontolo⁵. Na dia taorian'ny nahavery ny
355 fifanahafan'ny olombelona amin'Andriamanitra noho ny fahotany aza, dia mijanona ho endrik'ilay Mpahary azy ihany izy. Mitahiry ny fanirian'Ilay izay niantso azy ho amin'ny fisiana izy. Mampiseho izany fikatsahana
28 ilain'ny olombelona izany ny antokom-pinoana rehetra⁶.

2567. *Andriamanitra no miantso voalohany ny olombelona*. Ka na manadino ny Mpahary azy aza ny olombelona, na miafina lavitra ny Tavany, ary na manaraka ny sampiny aza ny olombelona, na miampanga an'Andriamanitra ho mandao azy, dia tsy mety sasatra miantso ny olona tsirairay ilay
30 Andriamanitra velona sy marina, mba hihaona Aminy amin'ny fomba

1. Md Grégoire de Naz., or. 16,9.

2. jer. Rôm 6,5.

3. jer. Efez 3,18-21.

4. jer. Sal 8,6.

5. jer. Sal 8,2.

6. jer. Asa 17,27.

mistery amin'ny fivavahana. Izany dingana voalohany amin'ny fitiavan' Andriamanitra tsy mivadika izany no voalohany lalandava amin'ny fivavahana, fa ny dingana ataon'ny olombelona kosa dia valiny lalandava. Arakaraka ny anambaràn'Andriamanitra ny Tenany sy anambaràny ny olombelona amin'ny tenan'izy olombelona ihany, no isehoan'ny vavaka ho antso mifamaly, ho fitaintainana amin'ny fanekem-pihavanana. Izany fitaintainana izany, amin'ny alalan'ny teny sy ny asa, no milatsaka ao am-po. Niseho izany teny am-pamakivakiana ny tantaram-pamonjena manontolo teny. 142

ANDALANA 1

Ao amin'ny Testamenta Taloha

2568. Ny fanambaràna ny fivavahana ao amin'ny Testamenta Taloha dia voasoratra eo anelanelan'ny fahalavoan'ny olombelona sy ny fanarenana azy, eo anelanelan'ny antson'alahelon'Andriamanitra tamin'ireo voalohan-janany hoe : “Aiza ianao ? (...) Inona no nataonao ?” (Jen 3,9.13) sy ny valintenin'ny Zanaka Lahitokana niditra teto amin'izao tontolo izao (“Inty Aho tonga hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô !” : Heb 10,7)¹. Ny fivavahana, araka izany, dia mifamatotra amin'ny tantaran'ny olombelona, ary fifandraisana amin'Andriamanitra amin'ny zava-miseho eo amin'ny tantara. 410
1736
2738

Ny fahariana – loharanon'ny fivavahana

2569. Voalohany indrindra, miainga avy amin'ny zava-misy momba ny *fahariana* no isehoan'ny fivavahana. Ny toko sivy voalohany amin'ny Jenezy no mamelabelatra izany fifandraisana amin'Andriamanitra izany, toy ilay fanoloran'i Abela ny voalohan-teraky ny andian'ondry², toy ilay fitalahoan'i Enôsy ny anaran'Andriamanitra³, toy ilay fizarana niaraka tamin'Andriamanitra⁴. Ny fanatitr'i Nöe dia “nahafinaritra” an' Andriamanitra izay nitsodrano azy, sy nitsodrano ny voary manontolo tamin'ny alalany⁵, satria mahitsy sy marina ny fony : izy koa “nizotra niaraka tamin'Andriamanitra” (Jen 6,9). Niainan'ny olo-marina tsy tambo isaina teo amin'ny antokompinoana rehetra izany toetran'ny fivavahana izany. 288
58

Andriamanitra, amin'ny fanekem-pihavanana tsy mety levona nataony tamin'ny zavamananaina rehetra, dia miantso lalandava ny olombelona hivavaka Aminy⁶. 59

1. jer. Heb 10,5-7.
2. jer. Jen 4,4.
3. jer. Jen 4,26.
4. jer. Jen 5,24.
5. jer. Jen 8,20-9,17.
6. jer. Jen 9,8-16.

Kanefa, nanomboka indrindra tamin'i Abrahama raintsika no nihariharian'ny fivavahana ao amin'ny Testamenta Taloha.

Ny fampanantenana sy ny fivavahana atao amim-pinoana

2570. Raha vao nantsoin'Andriamanitra i Abrahama, dia niainga izy, “araka ny tenin'ny Tompo taminy” (Jen 12,4) : “nankatoaviny tanteraka tamin'ny fony ny Tenin'Andriamanitra”, ka nanaiky izy. Ny fihainoan'ny fo izay manapakevitra araka an'Andriamanitra no tsy azo avela amin'ny fivavahana, mifandray amin'izany ny teny lazaina. Kanefa ny vavak'i Abrahama dia niseho tamin'ny asa aloha : amin'ny maha-olon'ny fanginana azy, nanorina ôtely ho an'ny Tompo izy, isaky ny toeram-piatoana”. Taty aoriana izay vao niseho ny vavaka voalohany tamin-teny nataony : taraina farimparina mampahatsiahy an'Andriamanitra ny fampanantenany izay tahaka ny tsy ho tanteraka¹. Hatrany am-piandohana, araka izany, no efa nitranga ny anankiray amin'ireo endri-java-mahatahotra momba ny vavaka : ny sedram-pinoana amin'ny fitokiana an'Andriamanitra.
2571. Tamin'ny finoany an'Andriamanitra² sy ny fandehany teo anatrehan'ny ary ny fanekem-pihavanana Taminy³, no nandraisan'ny patriarka tao an-tranolainy an'ilay Vahininy saro-pantarina : ilay fandraisana vahiny tao "Mambré" tamin'ny fomba mampitolagaga izany, anambaràna mialoha ny Filazana momba ilay tena Zanaky ny Fampanantenana⁴. Hatramin'io fotoana io, noho Andriamanitra nanankina taminy ny fandaharany, dia nifanaraka tamin'ny fangorahan'ny Tompony ny olombelona, ny fon'i Abrahama, ary sahy nitalaho ho azy ireo tamim-pitokiana feno herim-po izy⁵.
2572. Ho fandiovana farany ny finoany, nangatahina izy “ilay nametrahana ny teny fampanantenana” (Heb 11,17) hanao sorona ny zanany izay nomen'Andriamanitra azy. Tsy nalemy ny finoany : “Andriamanitra no hanao izay hahitana ny zanak'ondry hatao sorona dorana” (Jen 22,8), satria “ninoany fa hain'Andriamanitra ny manangana ho velona na dia maty aza” (Heb 11,19). Tamin'izany no nampitoviana an'ilay rain'ny mpino hifanahaka amin'ilay Ray izay tsy hitsitsy ny Zanany, fa hanolotra Azy ho antsika rehetra⁶. Mamerina ny olombelona amin'ny fifanahafana amin'Andriamanitra ny fivavahana, sy mampandray anjara azy amin'ny herin'ny fitiavan'Andriamanitra izay mamonjy ny be sy ny maro⁷.

1. jer. Jen 15,2-3.

2. jer. Jen 15,6.

3. jer. Jen 17,1-2.

4. jer. Jen 18,1-15 ; Lk 1,26-38.

5. jer. Jen 18,16-33.

6. jer. Rôm 8,32.

7. jer. Rôm 4,16-21.

2573. Navaozin'Andriamanitra tamin'i Jakôba, ilay razamben'ny foko roa ambin'ny folon'i Israely ny fampanantenany ¹. Talohan'ny niatrehany an'i Esao rahalahiny i Jakôba dia nitolona nandritra ny alina manontolo tamin'ny "olona iray" saro-pantarina, izay nandà ny hanambara ny anarany, nefa nitsodrano azy talohan'ny nandaozany azy nony mangiran-dratsy ny andro. Notanan'ny lovam-panahin'ny Fiangonana avy amin'io tantara io ny fanehoana an'ohatra ny fivavahana ho tolona amim-pinoana sy fandresena amim-pitozoana². 162

I Môizy sy ny fivavahan'ny mpanelanelana

2574. Nony nanomboka ho tanteraka ny fampanantenana (ny Paka, ny Eksaody, ny fanomezana ny Lalàna ary ny fandraiketana ny fanekem-pihavanana), dia ny fivavahan'i Môizy no endrika manaitra ny fo amin'ny fivavahana fanelanelanana izay ho tanteraka ao amin' "ilay hany Mpanalalana eo amin' Andriamanitra sy ny olombelona, dia i Kristy Jesoa" (1 Tim 2,5). 62

2575. Fa eto koa, Andriamanitra no tonga voalohany. Niantso an'i Môizy Izy, teo afovoan'ny Kirihitra nirehitra³. Io fisehoan-javatra io dia haharitra ho iray amin'ireo endrika fototry ny fivavahana ao amin'ny lovam-panahy jody sy kristianina. Satria, raha niantso an'i Môizy mpanompony "ilay Andriamanitr'i Abrahama sy i Isaaka ary i Jakôba", dia noho Izy Andriamanitra Velona izay mankasitraka ny hahavelona ny olombelona rehetra. Nanambara ny Tenany Izy mba hamonjy azy ireo, nefa tsy ho azy ireo irery ihany izany famonjena izany. Nantsoiny i Môizy mba hirahiny, mba hiombona amin'ny fangorahany, amin'ny tsanganasam-pamonjeny. Misy toy ny fitalahoan' Andriamanitra ao amin'io iraka io, ary i Môizy, rahefa avy niady hevitra naharitra, dia hanitsy ny sitrapony hifanaraka amin'ny sitrapon'ilay Andriamanitra Mpamonjy. Kanefa tamin'io fifampiresahana io izay namborahan'ny Tompo ny Tenany, dia nianatra nivavaka koa i Môizy : nitady hilefa izy, nanohitra, indrindra nangataka, ary tamin'ny famaliana ny fangatahany no namborahan'Andriamanitra taminy ny Anarany tsy hay hambara izay hiharihary ao amin'ireo zava-dehibe ataony. 205

2576. Ary, "niresaka mifanatrika tamin'i Môizy Andriamanitra, mova tsy ny olona miresaka amin'ny sakaizany" (Eks 33,11). Ny fivavahan'i Môizy no endrika manokana amin'ny vavaka fibanjinana, izay fivavahana ahazoana antoka ny mpanompon'Andriamanitra amin'ny iraka ampanaovina azy. "Mitafa" matetika sy maharitra amin'ny Tompo i Môizy, miakatra any antendrombohitra mba hihaino Azy sy hitalaho Aminy, midina mankeo amin'ny vahoaka, mba hamerina aminy ny tenin'ny Andriamaniny sy hitari- 555

1. jer. Jen 28,10-22.

2. jer. Jen 32,25-31; Lk 18,1-8.

3. jer. Eks 3,1-10.

dalana azy. “Olo-mahatoky amin’ny tranoko izy, miteny aminy mifanatrika Aho, amin’ny teny mazava fa tsy miafina” (Fan 12,7-8), satria “lehilahy malemy fanahy indrindra i Môizy, mihoatra noho ny olona rehetra ety ambonin’ny tany” (Fan 12,3).

210 2577. Tamin’io fisakaizana lalina amin’Andriamanitra tsy mivadika, tsy malaky
fanelanelanany. Tsy nivavaka ho an’ny tenany izy, fa ho an’ny vahoaka
nofidin’Andriamanitra ho Azy. Efa nandritra ny ady tamin’ny Amalesita², na
2635 ny mba hahazoan’i Miriama fahasitranana³, no nanelanelana i Môizy. Fa
indrindra taorian’ny fivadiham-pinoan’ny vahoaka dia “nitsangana teo
anatrehan’Andriamanitra izy hisakana ny hatezerany tsy handringana” (Sal
106,23) mba hamonjena ny vahoaka⁴. Ny porofon-kevitra amin’ny
fivavahany (tolona mifono mistery koa ny fanelanelanana), dia hiteraka
aingan-panahy amin’ny herim-pon’ireo mpivavaka malazan’ny vahoaka
214 jody toy ny an’ny Fiangonana : Andriamanitra dia fitiavana, noho izany
marina sy mahatoky Izy ; tsy afaka manohitra ny teniny Izy, fa tsy maintsy
mahatsiaro ny asa mahagaga nataony, miantoka ny Voninahiny, ary tsy afaka
handao ity vahoaka mitondra ny anarany Izy.

I Davida sy ny fivavahan’ny mpanjaka

2578. Ny fivavahan’ny Vahoakan’Andriamanitra dia hivelatra eo ambany aloky
ny fonenan’Andriamanitra, izay tsy inona fa ny fiaran’ny fanekena, ary aty
aoriana, ny Tempoly. Ireo mpitarika ny vahoaka aloha - ny mpiandry ondry
sy ny mpaminany - no nampianatra azy ireo hivavaka. I Samoela, fony mbola
zaza, dia nianatra tamin’i Anà reniny, ny fomba “ijoroana eo anoloan’ny
Tompo”⁵, sy tamin’i Heli mpisorona, ny fomba ihainoana ny Teniny :
“Mitenena, Tompo, fa mihaino ny mpanomponao” (1 Sam 3,9-10). Taty
aoriana, dia fantany koa ny hasarobidy sy ny lanjan’ny fanelanelanana: “Raha
ny amiko, dia lavitra ahy izay hanota amin’ny Tompo ka hitsahatra tsy
hivavaka ho anareo, sy hanoro anareo ny lâlana tsara sy mahitsy” (1 Sam
12,23).

709 2579. I Davida no mpanjaka tsara indrindra “araka ny fon’Andriamanitra”, ilay
mpiandry ondry mivavaka ho an’ny vahoakany sy amin’ny anarany, ka ny
fankatoavany ny sitrapon’Andriamanitra, ny fiderany sy ny fifonany no ho
436 fakan-tahaka amin’ny fivavahan’ny vahoaka. Amin’ny maha-voahosotr’
Andriamanitra azy, ny fivavahany dia firaiketana tsy mivadika amin’ny teny

1. jer. Eks 34,6.
2. jer. Eks 17,8-13.
3. jer. Fan 12,13-14.
4. jer. Eks 32,1-34,9.
5. jer. 1 Sam 1,9-18.

fampanantenan'Andriamanitra¹, fitokiana amim-pitiavana sy amin-kafaliana an'Ilay izay hany Mpanjaka sy Tompo. Ao amin'ny Salamo, i Davida, notsilovin'ny Fanahy Masina, no mpaminany voalohany amin'ny fivavahana jody sy kristianina. Ny vavak'i Kristy, tena Mesia tokoa sy Zanak'i Davida, no hanambara sy hanatontosa ny hevitr'io fivavahana io.

2580. Ny Tempolin'i Jerosalema, ilay tranom-pivavahana nokasain'i Davida haorina, dia tsanganasa ho tanterahin'ny zanany, i Salômônina. Miankina amin'ny fampanantenan'Andriamanitra sy ny fanehem-pihavanany, amin'ny fonenan'ny Anarany amin-kery eo anivon'ny Vahoakany ary amin'ny fahatsiarovana ny zava-dehibe natao tamin'ny Eksaody, ny vavaka atao amin'ny Fitokanana ny Tempoly². Koa noho izany manandra-tanana mankamin'ny lanitra ny mpanjaka ary mitalaho amin'ny Tompo ho an'ny tenany, ho an'ny vahoaka tsy vaky volo, ho an'ny taranaka ho avy, ho famelana ny fahotan'izy ireo sy amin'ny zavatra ilain'izy ireo isan'andro, mba ho fantatry ny firenena rehetra fa Izy no hany Andriamanitra ary mba ho Azy manontolo ny fon'ny vahoakany. 583

Elia, ny mpaminany ary ny fibebahan'ny fo

2581. Ny Tempoly, ho an'ny vahoakan'Andriamanitra, no tokony ho toeran'ny fanabeazana azy amin'ny fivavahana : ny fivahiniana masina, ny fety, ny sorona, ny fanatitra takariva, ny emboka manitra, ny mofa “alahatra”, ireo famantarana ny Fahamasinana sy Voninahitr'Andriamanitra Avo Indrindra sy Akaiky dia akaiky tokoa ireo, no antso sy lalan'ny fivavahana. Kanefa matetika mitarika ny vahoaka amin'ny fanompoam-pivavahana ety ivelany loatra ny fanarahana fombam-pivavahana. Ilaina ao ny fanabeazana ny finoana sy ny fibebahan'ny fo. Izany no fanirahana ny mpaminany, taloha sy taorian'ny Sesitany. 1150

2582. Rain'ny mpaminany i Elia, avy amin'ny taranak'ireo izay mitady an'Andriamanitra sy izay mikatsaka ny Endriny³. Ny anarany hoe, “Ny Tompo no Andriamanitra”, no milaza ny hiakan'ny vahoaka ho valin'ny fivavahany teo an-tendrombohitr'i Karmely⁴. Tany aminy no nalehan'ny sain'i Md Jakôba raha nandrisika antsika amin'ny vavaka izy hoe : “Mahefa be ny vavaka ataon'ny olo-marina amin-kafanam-po” (Jak 5,16)⁵.

2583. Rahefa avy nahazo ny famindram-po tamin'ny laretiretany teo amin'ny ranon-driakan'i Karita i Elia, dia nampianatra an'ilay vehivavy maty vady tao

1. jer. 2 Sam 7,18-29.
2. jer. 1 Mpanj 8,10-61.
3. jer. Sal 24,6.
4. jer. 1 Mpanj 18,39.
5. jer. Jak 5,16-18.

Sareftà ny finoana ny tenin'Andriamanitra, finoana izay nanamafisany tamin'ny alalan'ny fangatahana mafy : namerina ny ain'ny zanak'ilay vehivavy maty vady Andriamanitra¹.

696 Tamin'ny andro nanaovana sorona teo an-tendrombohitr'i Karmely, fisedrana azo tsapain-tanana ho an'ny finoan'ny vahoakan'Andriamanitra, dia tamin'ny fitalahoany no nandevonan'ny afon'ny Tompo ny sorona dorana, “tamin'ny ora izay nanolorana ny sorona takariva” : “Valio aho ry Tompo, valio aho!” izany tenin'i Elia izany ihany no averin'ny litorzia tatsinanana amin'ny epikilezin'ny vavaka eokaristika².

555 Farany, tamin'ny nanohizan'i Elia ny diany tany an'efitra ho any amin'ny toerana izay nanambaràn'Andriamanitra velona sy marina ny Tenany tamin'ny vahoakany, dia nitampisaka tahaka an'i Môizy “tao anaty zohy” izy, mandra-“pandalon”ny Fisehoam-pisian'Andriamanitra amin'ny fomba mystery³. Kanefa any an-tendrombohitry ny fiovàn-tarehy irery ihany no hiseho ny Endrik'Ilay tadiavin'izy ireo⁴ : ny fahalalana ny Voninahitr'Andriamanitra dia eo amin'ny endrik'i Kristy ilay nofantsihana tamin'ny Hazofijaliana sy nitsangan-ko velona⁵.

2709 2584. Eo amin'ny “fanatrehana irery an'Andriamanitra” ireo mpaminany no manovo fahazavana sy hery ho an'ny fanirahana azy ireo. Tsy hoe fandsirana an'izao tontolo izao mivadi-pitokiana ny fivavahan'izy ireo fa fihainoana ny Tenin'Andriamanitra, indraindray adihevitra na fitarainana, fitalahoana lalandava izay miandry sy manomana ny fanalalan'Andriamanitra Mpamonjy, Tompon'ny tantara⁶.

Ny Salamo, vavaky ny mpiangona

1093 2585. Nanomboka tamin'i Davida mandra-pahatongan'ny Mesia, ny boky masina dia mirakitra ireo lahatsora-pivavahana izay maneho ny fandalinana ny vavaka, ho an'ny tena ihany sy ho an'ny hafa⁷. Tsikelikely, natambatra ho boky dimy ny salamo : ireo Salamo (na “Fiderana”), sangan'asan'ny fivavahana ao amin'ny Testamenta Taloha.

2586. Ny Salamo no mamelona sy maneho ny vavaky ny Vahoakan'Andriamanitra miangona, amin'ny andro fety lehibe any Jerosalema ary isaky

1. jer. 1 Mpanj 17,7-24.

2. jer. 1 Mpanj 18,20-39.

3. jer. 1 Mpanj 19,1-14 ; Eks 33,19-23.

4. jer. Lk 9,30-35.

5. jer. 2 Kôr 4,6.

6. jer. Am 7,2.5 ; Iz 6,5.8.11 ; Jer 1,6 ; 15,15-18 ; 20,7-18.

7. jer. Esd 9,6-15 ; Neh 1,4-11 ; Jôn 2,3-10 ; Tob 3,11-16 ; Jod 9,2-14.

ny sabata ao amin'ny sinagôga. Misy lafiny roa tsy azo sarahina izany vavaka izany : an'ny tsirairay sy iombonana ; vavaka sady mahakasika an' ireo izay mivavaka no mahakasika ny olona rehetra ; vavaka sady misondrotra avy any amin'ny Tany masina sy ny fiombonan'ny Zanaka am-pielezana, no avy amin'ny voary manontolo ; vavaka sady mampahatsiaro ny asam-pamonjena tamin'ireo zava-niseho fahiny no miitatra hatrany amin' ny fahataperan'ny tantara ; vavaka sady mampahatsiaro ny fampanantenana efa notanterahin' Andriamanitra no miandry koa ny Mesia izay hanatontosa ireny amin'ny farany. Noho ireo Salamo atao vavaka sy tanterahina ao amin'i Kristy, dia mijanona ho ilaina amin'ny vavaky ny Fiangonany izy ireny¹.

1177

2587. Ny amboaran-tSalamo no boky izay ao ny Tenin'Andriamanitra no tonga vavaky ny olombelona. Ao amin'ireo boky hafan'ny Testamenta Taloha ny teny no “manambara ny tsanganasan'(Andriamanitra ho an'ny olombelona) ary mampahita ny mistery izay voarakitra ao”². Ao amin'ny amboaran-tSalamo, ny tenin'ny mpanao salamo no manambara, amin'ny fihirana azy ireny ho an'Andriamanitra, ny tsanganasam-pamonjeny. Fanahy iray ihany kosa no mitsilo ao an-tsaina ny tsanganasan'Andriamanitra sy ny valintenin'ny olombelona. I Kristy no hanambatra azy roa ireo. Ao Aminy, tsy mitsaha-mampianatra antsika hivavaka ny salamo.

2641

2588.Ny fanehoan'endrika maro amin'ny vavaka Salamo dia sady maka endrika ao amin'ny litorzian'ny Tempoly no ao am-pon'ny olombelona. Na antsa no atao, na vavaka noho ny fahoriana, na vavaka fisaorana, na fitalahoan'olon-drery na fitalahoana iombonana, na hira momba ny mpanjaka, na hira momba ny fivahiniana masina, na fandiniham-pahendrena, ny salamo no fitaratra ahitana ny zava-mahagaga nataon'Andriamanitra teo amin'ny tantaran'ny vahoakany sy ny toe-javatra mihatra eo amin'ny olombelona niainan'ny mpanao salamo. Ny salamo iray dia azo itarafana ny zava-niseho iray efa lasa, nefa noho izy natao tamim-pahatsorana dia azon'ny olona hanaovana vavaka marina tokoa amin'ny fomba rehetra sy amin'ny fotoana rehetra.

2589. Toetra maharitra no maninteraka ny Salamo : ny fahatsoran'ny vavaka sy ny fanaovana izany, izay nipoitra ho azy avy ao am-po, ny faniriana an' Andriamanitra rahateo amin'ny alalan'ny tsara rehetra amin'ny zavaboariny sy miaraka amin'izany, ny toe-javatra manahirana ny mpino, amin'ny fitiavany manokana ny Tompo, izay sakanan'ny fahavalo sy ny fakampanahy zavon-tany, ary, eo am-piandrasana izay hataon'ilay Andriamanitra tsy mivadika, ny fitokiana ny fitiavany sy ny fiankinana amin'ny sitrapony. Ny fiderana no mitarika lalandava amin'ny vavaka salamo, ary izany no mahamety tsara ny lohatenin'io amboara io amin'izay atolony antsika: “ny Fiderana”. Noho izy nangonina ho an'ny fivavahan'ny Mpiangona, dia izy no

304

1. jer. IGLH 100-109.
2. FA 2.

mampandre ny antso amin'ny vavaka sy mihira izany amin'ny valin-teny hoe: “*Hallelou-Ya!*” (Aleloia!), “*Derao ny Tompo!*”.

Inona no tsara kokoa noho ny salamo ? Izany no nahatonga an'i Davida nilaza tsara hoe : “*Derao ny Tompo, satria zavatra tsara ny Salamo : amin'Andriamanitsika, fiderana tsara sy mamy !*” Ary marina izany. Satria ny salamo dia fisaorana tononin' ny vahoaka, fiderana an'Andriamanitra ataon'ny mpiangona, fihobian'ny rehetra, teny lazain'izao tontolon'ny zava-drehetra izao, feon'ny Fiangonana, fikem-pinoana mahaliana ny sofina! ..

FAMINTINANA

2590. “*Ny fivavahana dia fanondrotana ny fanahy any amin'Andriamanitra na fangatahana amin'Andriamanitra ny soa rehetra saha*”².
2591. *Tsy sasatra Andriamanitra miantso ny olona tsirairay mba hihaona Aminy amin'ny fomba mifono mistery. Mifanindran-dalana amin'ny tantaram-pamonjena manontolo ny fivavahana, tahaka ny antso ifamalian' Andriamanitra sy ny olombelona.*
2592. *Ny fivavahan'i Abrahama sy Jakôba dia miseho toy ny tolona atao amimpinoana ao anatin'ny fitokiana ny tsy fivadihan'Andriamanitra sy ao anatin' ny fahazoana antoka ny fandresena nampanantenaina vokatry ny fitozoana.*
2593. *Mifanaraka amin'ny firotsahana mialoha ataon'ilay Andriamanitra velona ho amin'ny famonjena ny vahoaka ny fivavahan'i Môizy. Manambara mialoha ny vavaka fitalahoan'i Kristy Jesoa hany mpanalalana izany.*
2594. *Ny fivavahan'ny Vahoakan'Andriamanitra dia nivelatra teo ambany fialofan'ny fonenan'Andriamanitra, izay tsy inona fa ny fiaran'ny fanekena sy ny Tempoly, sy teo ambany fitarihan'ireo mpiandry ondry, indrindra i Davida mpanjaka sy ireo mpaminany.*
2595. *Miantso ho amin'ny fibebahan'ny fo ireo mpaminany, ary amin'ny fitadiavana amin-kafanam-po ny endrik'Andriamanitra, tahaka ny nataon'i Elia, no italahoa'izy ireo ho an'ny vahoaka.*
2596. *Ny Salamo no sangan'asan'ny fivavahana ao amin'ny Testamenta Taloha. Misy zava-droa loha tsy azo sarahina mandrafitra azy ireny : an'olon-drery sy iombonana. Manenika ny ambaiday manontolo ny tantara ny Salamo, amin'ny fankalazana ny fahatsiarovana ny fampanantenan'Andriamanitra efa tanteraka sy amin'ny fanantenana ny fahatongavan'ny Mesia.*

1. Md Ambroise, Psal 1,9.

2. Md Jean Damascène, f.o.3.24.

2597. Ny salamo, noho izy atao vavaka sy tanterahina ao amin'i Kristy, dia singafototra tena ilaina sy maharitra iankinan'ny fivavahan'ny Fiangonany. Natao ho saha ny sarangan'olona rehetra sy amin'ny fotoana rehetra izy ireny.

ANDALANA 2

Ao amin'ny hafenoan'ny fotoana

2598. Ny fitaintainana amin'ny fivavahana no nabaribary manontolo amintsika tao amin'ny Teny izay tonga nofo sy niara-monina amintsika. Ny miezaka hahatakatra an-tsaina ny fivavahany, amin'ny alalan'izay ambaran'ireo vavolombelony antsika ao amin'ny Evanjely, dia mampanantona antsika an'i Jesoa Tompo Masina ho toy ilay Kirihitra nirehitra : voalohany, mibanjina ny Tenany eo am-pivavahana ; manaraka izany mihaino hoe ahoana ny fomba ampianarany antsika mivavaka; ary farany, mba hahalalana hoe ahoana no anekeny ny fivavahantsika.

Mivavaka i Jesoa

2599. Nianatra nivavaka araka ny fony maha-olombelona Azy ny Zanak' Andriamanitra nanjary Zanak'ilay Virjiny. Tamin-dreniny izay nitahirany nandinika tao am-pony ny “zava-dehibe” rehetra nataon'ilay Mahefa ny zavatra rehetra no nianarany ny rijan-teny momba ny fivavahana¹. Tamin'ny teny sy ny fiverimberina ara-potoana ny fivavahan'ny vahoakany no nianarany izany, tao amin'ny sinagôgan'i Nazareta sy tao an-Tempoly. Kanefa, nipoitra avy amin'ny loharano miafina hafa noho izany ny fivavahany, tahaka izay nambarany an-tsindrimandry teo amin'ny faharoa ambin'ny folo taonany, hoe : “Tsy maintsy ho ao amin'ny Raiko Aho” (Lk 2,49). Eto no manomboka miseho ny zava-baovao momba ny fivavahana ao anatin'ny hafenoan'ny fotoana : ny *vavaka maha-zanaka* izay nandrasan'ny Ray avy amin'ny zanany no indro tamin'ny farany fa niainan'ny Tenan'ny Zanany Lahitokana mihitsy tao amin'ny maha-olombelona Azy, miaraka amin'ny olombelona sy ho an'ny olombelona. 470-473
584
534

2600. Ny Evanjely araka an'i Md Lioka dia manantitrantitra ny asan'ny Fanahy Masina sy ny hevitra raketin'ny fivavahana teo amin'ny raharaham-pamonjen'i Kristy. Nivavaka i Jesoa *talohan'ireo* fotoan-dehibe nanamarika ny fanirahana Azy : talohan'ny nampisehoan'ny Ray Azy tamin'ny Bateminy² sy ny Fiovàn-tarehiny³, ary talohan'ny hanatanterahana tamin'ny 535,554

1. jer. Lk 1,49 ; 2,19 ; 2,51.

2. jer. Lk 3,21.

3. jer. Lk 9,28.

612
858,443

alalan'ny fijaliany ny fandaharam-pitiavan'ny Ray¹. Nivavaka koa Izy talohan'ireo fotoana raikitra izay hanombohana ny fanirahana ny apôstôliny : talohan'ny nifidianana sy ny niantsoana ny Roa ambin'ny folo², talohan'ny nieken'i Piera Azy ampahibemaso ho "Kristin'Andriamanitra"³ sy mba tsy hangozohozo ao anatin'ny fakam-panahy ny finoan'ity filohan'ny apôstôly⁴. Ny vavak'i Jesoa talohan'ily zava-dehibe niseho momba ny famonjena izay nangatahin'ny Ray Taminy hotanterahina, dia fanolorana amim-panetren-tena sy amim-pitokiana ny sitrapony maha-olombelona Azy, amin'ny sitrapo be fitiavan'ny Ray.

2601. "Indray andro, nivavaka tao amin'ny fitoerana anankiray i Jesoa. Nony nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray Taminy : Tompo ô, mba ampianaro mivavaka izahay" (Lk 11,1). Moa ve tsy tamin'ny fibanjinana ny Mpampianany nivavaka aloha, no nahatonga ny mpianatr'i Kristy haniry hivavaka ? Koa noho izany, afaka mianatra vavaka amin'ily Mpampianatra izany izy. Amin'ny *fibanjinana* sy amin'ny fihainoana ny Zanaka izany, no ianaran'ny zanaka mivavaka amin'ny Ray.

2602. Matetika i Jesoa no nihataka *tany amin'ny toera-mangina*, tany antendrombohitra, indrindra indrindra tamin'ny alina, mba hivavaka⁵. *Nitondra ny olombelona* tamin'ny fivavahany Izy, satria Izy rahateo moa dia nizaka tao Aminy ny maha-olombelona tamin'ny Fahatongavany ho nofo, ary nanolotra azy ireo tamin'ny Ray, tamin'ny Nanolorany ny Tenany ihany. Izy, ilay Teny "tonga nofo", no mandray anjara ao amin'ny vavaka maha-olombelona Azy amin'izay rehetra iainan'ny rahalahiny⁶ ; miombona alahelo amin'ny fahalemen'izy ireo Izy mba hanafaka azy ireo amin'izany⁷. Ho amin'izany no nanirahan'ny Ray Azy. Koa noho izany, ny teniny sy ny tsanganasany dia manjary fanehoana hita maso ny fivavahany "tao amin'ny miafina".

2603. Vavaka anankiroa miharihary tokoa, avy amin'i Kristy, nandritra ny raharaham-pamonjeny, no notanan'ireo mpanoratra ny evanjely. Ary samy manomboka amin'ny fisaorana avokoa izy ireo. Ao amin'ily voalohany⁸, manambara ampahibemaso ny Ray i Jesoa, mankasitraka Azy ary misaotra Azy noho Izy nanafina ny misterin'ny Fanjakan'ny lanitra tamin'ireo izay mihevi-tena ho manam-pahaizana sy nanambara izany tamin'ny "zaza madinika" (ny mahantra araka ny voalaza ao amin'ny hasambarana). Ny fientanan-kafaliany hoe: "Eny, Ray ô!" dia maneho ny aty fony, ny

1. jer. Lk 22,41-44.

2. jer. Lk 6,12.

3. jer. Lk 9,18-20.

4. jer. Lk 22,32.

5. jer. Mk 1,35 ; 6,46 ; Lk 5,16.

6. jer. Heb 2,12.

7. jer. Heb 2,15 ; 4,15.

8. jer. Mt 11,25-27 sy Lk 10,21-22.

firaiketany amin'ny "sitrazy" ny Ray, akon'ily teny hoe "Aoka anie ho tanteraka amiko" ("Fiat") nolazain'ny Reniny fony Izy notorontoronina, sy 494
fambara an'ily izay holazainy amin'ny Ray mandritra ny fiadiany aina. Ny vavak'i Jesoa manontolo dia io firaiketam-pitiavan'ny fony maha-olombelona Azy amin'ny "misterin'ny sitrapon' " ny Ray io¹.

2604. Ny vavaka faharoa no notaterin'i Md Joany² talohan'ny fananganana an'i Lazara ho velona. Mialoha ny zava-miseho ny fisaorana : "Misaotra Anao Aho, Raiko, satria efa nihaino Ahy Ianao", izay midika hoe : mihaino lalandava ny fangatahany ny Ray ; teo no eo dia nampian'i Jesoa hoe : "Raha Izaho, dia fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva Ianao", izay midika hoe : raha ny amin'i Jesoa, dia mangataka lalandava Izy. Amin'izany, ny vavak'i Jesoa izay ny fisaorana no mitondra azy, dia manambara amintsika hoe : ahoana no fomba fangataka : alohan'ny hanomezana ny fanomezana, mifantoka amin'Ilay izay manome sy manolo-tena ao amin'ny fanomezany i Jesoa. Ny Mpanome no sarobidy kokoa noho ny fanomezana omena. Izy no "Harena sarobidy", ary ao Aminy no misy ny fon'ny Zanany ; ny fanomezana dia omena "ho fanampiny"³. 478

Ny vavaka "maha-mpisorona" an'i Jesoa⁴ dia mitana toerana tsy manam-paharoa eo amin'ny fitantanam-pamonjena. Hosaintsainina ny amin'io amin'ny famaranana ny sampana voalohany. Koa noho izany, io vavaka "maha-mpisorona" io no manambara ny vavaka tsy miova mandraka ankehitriny ataon'ny Mpisorom-bentsika, ary koa misy izay ampianariny antsika amin'ny vavaka ataontsika amin'ny Raintsika izay hovelabelarina ao amin'ny sampana faharoa. 2746

2605. Rahefa tonga ny Ora izay nanatanterahan'i Jesoa ny fandaharam-pitiavan'ny Ray, dia navelany ho azoazo vinany ny halalina tsy takapolopolorin'ny fivavahan-janaka nataony, tsy talohan'ny nanolorany tena an-kalalahana fotsiny ("Aba... tsy sitrapoko, fa ny Anao" : Lk 22,42), fa hatramin'ny *teniny farany* teo amin'ny Hazofijaliana, izay teo no naha-iray ihany ny hoe mivavaka sy manolo-tena : "Raiko, avelao ny helok'izy ireo, fa tsy fantatr'izy ireo izay ataony" (Lk 23,34) ; "Lazaiko marina aminao, fa anio dia hihaona Amiko any am-paradisa ianao" (Lk 23,43) ; "Ravehivavy, indro ny zanakao (...). Indro ny reninao" (Jo 19,26-27) ; "Mangetaheta Aho!" (Jo 19,28) ; "Ry Andriamanitra ô! Nahoana no dia nilaozanao Aho ?" (Mk 15,34)⁵ ; "Tontosa ny zavatra rehetra" (Jo 19,30) ; "Raiko, apetrako eo antananao ny fanahiko" (Lk 23,46), hatramin'ily "antso mafy" nialany aina tamin'ny nanolorany ny fanahiny⁶. 614

1. jer. Efez 1,9.

2. jer. Jo 11,41-42.

3. jer. Mt 6,21.33.

4. jer. Jo 17.

5. jer. Sal 22,2.

6. jer. Mk 15,37 ; Jo 19,30.

2606. Ny fahoriana rehetra manjo ny olombelona amin'ny fotoana rehetra, izay
 403 andevon'ny fahotana sy ny fahafatesana, sy ny fangatahana rehetra mbamin'
 ny fanelanelanana rehetra teo amin'ny tantaram-pamonjena, dia voangona ao
 amin'io Antson'ny Teny tonga nofo io. Indro fa ny Ray no mandray azy
 653 ireny ary, ankoatra ny fanantenana rehetra, nankato azy ireny tamin'ny
 nananganana ny Zanany ho velona. Tamin'izany no nanatanterahana sy
 2587 nahataperan'ny fijaliana amin'ny vavaka teo amin'ny fitantanam-pahariana
 sy famonjena. Manolotra antsika ny fanalahidy ao amin'i Kristy ny amin'
 izany ny amboaran-tSalamo. Ao amin'ny Ankehitrinin'ny Fitsanganan-ko
 velona no ilazan'ny Ray hoe : “Zanako Ianao, Izaho no niteraka Anao
 androany. *Mangataha*, dia *homeko* Anao ny firenena mba ho lova, ny vazan-
 tany efatra mba ho fananana!” (Sal 2,7-8)¹.

Ny Taratasy ho an'ny Hebrio dia manambara amin'ny fiteny manaitra ny saina ny
 amin'ny hoe : ahoana ny vavak'i Jesoa no tonga fandresem-pamonjena : “Ilay
 izay tamin'ny andron'ny nofony, nanolotra fivavahana sy fifonana nombàm-
 pitarainana mafy sy ranomaso be tamin'Ilay izay namonjy Azy tamin'ny
 fahafatesana, sady nohenoiny noho ny fahatahorany an'Andriamanitra, dia
 nianatra ny fanekena tamin'ny fahoriana niaretany, na dia Zanaka aza ; ary nony
 tonga tamin'ny fanaperana Izy, dia nanjary fototry ny famonjena mandrakizay ho
 an'izay manaiky Azy” (Heb 5,7-9).

Mampianatra mivavaka i Jesoa

2607. Rahefa nivavaka i Jesoa, dia nampianatra antsika sahadry hivavaka Izy. Ny
 520 lalana avy amin'Andriamanitra momba ny fivavahantsika dia fivavahany
 tamin'ny Rainy. Kanefa ny Evanjely dia manolotra antsika fampianarana
 mazava avy amin'i Jesoa momba ny fivavahana. Amin'ny maha-
 Mpampianatra kinga Azy dia raisiny eo amin'izay misy antsika isika, ary
 tarihiny tsikelikely mankany amin'ny Ray. Tamin'i Jesoa nampianatra
 mivantana an'ireo vahoaka nanaraka Azy, dia niainga avy amin'izay efa
 fantatr'izy ireo momba ny fivavahana araka ny Fanekem-pihavanana Taloha
 Izy, sy nampiditra azy ireo ho amin'ny zava-baovao ny Fanjakan'ny lanitra
 izay tonga. Manaraka izany, nambarany tamin'izy ireo tamim-panoharana
 izany zava-baovao izany. Farany, hiteny an-karihary ny momba ny Ray sy ny
 Fanahy Masina Izy, amin'ireo mpianany izay tokony hanjary ho
 mpampianatra fivavahana ao amin'ny Fiangonany.

2608. Nanomboka tamin'ny *toriteny teo an-Tendrombohitra*, nanantitrantitra ny
 541,1430 amin'ny *fibebahan'ny fo* i Jesoa : ny famitranam-pihavanana amin'ny mpiray
 tam-po ara-pinoana alohan'ny hanolorana fanatitra eo amin'ny ôtely², ny
 fitiavana ny fahavalo sy ny vavaka ho an'ny mpananjika³, ny mivavaka

1. jer. Asa 13,33.

2. jer. Mt 5,23-24.

3. jer. Mt 5,44-45.

amin'ny Ray “ao amin'ny mangingina” (Mt 6,6), ny tsy mamerimberina teny maro¹, ny mamela ny hadisoan'ny olona amin'ny fo tokoa amin'ny fivavahana atao², ny fahadiovam-po sy ny fikatsahana ny Fanjakan'ny Lanitra³. Izany fibebahana izany dia mifantoka manontolo any amin'ny Ray, ary fibebahana amin'ny maha-zanaka.

2609. Ny fo, tapa-kevitra hibebaka araka izany, dia mianatra mivavaka ao amin'ny *finoana*. Firaiketan-janaka amin'Andriamanitra ny finoana, mihoatra noho izay tsapantsika sy takatry ny saintsika. Manjary azo atao izany satria ny Zanaka malala no manokatra ho antsika ny fidirana eo akaikin'ny Ray. Afaka mangataka antsika Izy “hitady” sy “handondona”, satria Izy Tenany mihitsy no varavarana sy lalana⁴. 153,1814

2610. Tahaka ny nivavahan'i Jesoa tamin'ny Ray sy nisaorany talohan'ny nandraisany ny fanomezany, no ampianarany antsika izao *fahasahian-janaka* izao : “Na inona na inona angatahinareo amin'ny fivavahana, minoa fa efa azonareo izany” (Mk 11,24). Toy izao no herin'ny fivavahana : “Tsy misy tsy azo atao ho an'izay mino” (Mk 9,22), amin'ny finoana izay tsy misalalala⁵. Raha nalahelo i Jesoa noho ny “tsy fahampian'ny finoan' ” ireo havany (Mk 165 6,6) sy ny “hakelin'ny finoan' ” ireo mpianany⁶, nitolagaga kosa Izy teo anoloan'ny “finoana lehibe” nananan'ilay kapiteny rômanina⁷ sy ilay vehivavy Kananeanina⁸.

2611. Ny fivavahana amim-pinoana dia tsy ny fitenenana fotsiny hoe : “Tompo, Tompo”, fa ny mampifanaraka ny fo hanao ny *sitrapon'ny Ray*⁹. Izany fiahiana hiara-miasa amin'ny fandaharan'Andriamanitra izany, no iantsoan' i Jesoa ireo mpianany hitondra izany am-bavaka¹⁰. 2827

2612. Ao amin'i Jesoa, dia “efa akaiky ny Fanjakan'Andriamanitra” (Mk 1,15), miantso ho amin'ny fibebahana sy ny finoana Izy, nefa koa amin'ny *fiambenana*. Amin'ny fivavahana ny mpianatra no miandry amim-pitandremana an'Ilay izay Eo sy Ho avy, ao anatin'ny fahatsiarovana ny Fahatongavany voalohany tao anatin'ny fanetren-tenan'ny nofo, sy amin'ny fanantenana ny Fiaviany indray amim-Boninahitra¹¹. Amin'ny fiombonana 672

1. jer. Mt 6,7.

2. jer. Mt 6,14-15.

3. jer. Mt 6,21.25.33.

4. jer. Mt 7,7-11.13-14.

5. jer. Mt 21,21.

6. jer. Mt 8,26.

7. jer. Mt 8,10.

8. jer. Mt 15,28.

9. jer. Mt 7,21.

10. jer. Mt 9,38 ; Lk 10,2 ; Jo 4,34.

11. jer. Mk 13 ; Lk 21,34-36.

2725 amin'ny Mpampianatr'izy ireo, ny fivavahan'ny mpianatra dia ady, ary amin'ny fiaretan-tory amin'ny fivavahana no tsy mahalatsaka amin'ny fakam-panahy¹.

2613. *Fanoharana* lehibe telo momba ny fivavahana no nampitain'i Lioka tamintsika :

546 Ny voalohany, “ilay sakaiza manelingelina”², mamporisika hanao lemozy amin'ny fivavahana : “Dondòny dia hovohaina ianareo.” Amin'izay mivavaka tahak'izany ny Ray any an-danitra no “hanome izay rehetra ilainy”, ary indrindra ny Fanahy Masina izay mirakitra ny fanomezana rehetra.

Ny faharoa, “ ilay vehivavy mananotena manelingelina”³, dia mifantoka amin'ny iray amin'ireo toetra ilaina amin'ny fivavahana : tsy maintsy mivavaka lalandava tsy sasatra ombàn'ny *faharetana* amin'ny finoana. “Kanefa ny Zanak'olona, rahefa hiverina, moa mba hahita finoana ety ambonin'ny tany va Izy ?”

2559 Ny fanoharana fahatelo, “ilay Farisianina sy ilay poblikanina”⁴, mikasika ny *fanetren-tenan*'ny fo izay mivavaka. “Andriamanitro ô, mamindrà fo amiko, fa mpanota aho.” Tsy mitsahatra ny Fiangonana manao io vavaka io ho an'ny Tenany : “*Kyrie eleison !*” (*Tompo ô, mamindrà fo aminay!*).

2614. Raha namboraka an-karihary tamin'ireo mpianany ny misterin'ny fivavahana amin'ny Ray i Jesoa, dia nampiseho azy ireo ny tsy maintsy ho fivavahan'izy ireo, sy ny antsika, rahefa hiverina eo anilan'ny Ray Izy, amin'ny maha-Olombelona enim-boninahitra Azy. Ny zava-baovao amin'izany ankehitriny dia ny mangataka *amin'ny anarany*⁵. Ny finoana Azy no mampiditra ny mpianatra amin'ny fahalalana ny Ray, satria i Jesoa no “Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana” (Jo 14,6). Amin'ny fitiavana no mamokatra ny finoana : mitandrina ny Teniny, ny didiny, mitoetra miaraka Aminy ao amin'ny Ray izay tia antsika ao Aminy hatramin'Izy monina ao amintsika. Ao amin'ity Fanekem-pihavanana Vaovao ity, ny fitokiana marimarina fa ho ekena ny fangatahantsika dia miorina amin'ny vavak'i Jesoa⁶.

2615. Fa indrindra, “ilay Mpanafaka alahelo hafa, dia ny Fanahin'ny Fahamarinana, mba hitoetra ao aminareo mandrakizay” (Jo 14,16-17) no omen'ny Ray antsika, rahefa miray amin'ny vavak'i Jesoa ny fivavahantsika. Io zava-baovao amin'ny fivavahana sy ny fepetra mikasika izany io dia hita nandritra ny lahateny Fanaovam-beloma⁷. Ao amin'ny Fanahy Masina, ny

1. jer. Lk 22,40.46.

2. jer. Lk 11,5-13.

3. jer. Lk 18,1-8.

4. jer. Lk 18,9-14.

5. jer. Jo 14,13.

6. jer. Jo 14,13-14.

7. jer. Jo 14,23-26; 15,7.16; 16,13-15.23-27.

fivavahana kristianina dia fiombonam-pitiavana amin'ny Ray, tsy amin'ny alalan'i Kristy ihany, fa koa *ao Aminy* : “Mandraka ankehitriny dia mbola tsy nangataka na inona na inona tamin'ny Anarako ianareo. Mangataha dia hahazo ianareo, ka ho tanteraka ny hafalianareo” (Jo 16,24).

Mihaino vavaka i Jesoa

2616. Ny fivavahana *amin'i Jesoa* dia efa nohenoiny nandritra ny raharaham-pamonjeny, tamin'ny alalan'ireo famantarana izay naneho mialoha ny herin'ny fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona : I Jesoa dia mihaino ny vavaka atao amim-pinoana, ambara amin'ny teny (ilay boka¹; i Jaira²; ilay vehivavy kananeanina³; ilay jiolahy nivalo⁴) na amim-pahanginana (ireo mpilanja an'ily malemy⁵; ilay vehivavy nitsi-dra izay nikasika ny fitafiany⁶; ny ranomaso sy ny ranomanitr'ily vehivavy mpanota⁷). Ny fangatahana manery dia manery nataon'ireo jamba hoe : “Mamindrà fo aminay, ry Zanak'i Davida ô !” (Mt 9,27), na hoe : “Ry Jesoa Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko” (Mk 10,47), dia averina ao amin'ny lovam-panahy momba ny *Fivavahana amin'i Jesoa* hoe : “Ry Jesoa, Kristy, Zanak'Andriamanitra, Tompo ô, mamindrà fo amiko mpanota !”. I Jesoa, amin'ny fanasitranana ny aretina na ny famelana ny fahotana, dia mamaly lalandava ny vavak'izay mitalaho Aminy amim-pinoana hoe : “Mandehana amim-piadanana, ny finoanao no nahavonjy anao!”

Fintinin'i Md Augustin amin'ny fomba mampitolagaga ireo lafiny telo amin'ny vavak'i Jesoa : “Mivavaka ho antsika Izy amin'ny mahampisorontsika Azy, mivavaka ao amintsika izy amin'ny maha-Lohantsika Azy, ivavahantsika Izy amin'ny maha-Andriamanitsika Azy. Fantarontsika àry izany fa ao Aminy ny feontsika, ary ao amintsika ny feony”⁸.

Ny vavak'i Maria Virjiny

2617. Ny vavak'i Maria dia nambara tamintsika teo am-piandohan'ny hafenoan'ny fotoana. Talohan'ny Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo sy talohan'ny firotsahan'ny Fanahy Masina, ny fivavahany no niara-niasa tamin'ny fomba tokana aman-tany tamin'ny fandaharana feno fitiavan'ny Ray, tamin'ny andron'ny Filazana fa hotorontoronina i Kristy⁹, tamin'ny

1. jer. Mk 1,40-41.

2. jer. Mk 5,36.

3. jer. Mk 7,29.

4. jer. Lk 23,39-43.

5. jer. Mk 2,5.

6. jer. Mk 5,28.

7. jer. Lk 7,37-38.

8. Md Augustin in Sal 85,1 ; jer. IGLH 7.

9. jer. Lk 1,38.

490 andron'ny Pantekôty ho fanorenana ny Fiangonana, Vatan'i Kristy¹. Tamin'ny finoan'ilay ankizivaviny manetry tena no nahitan'ny Fanomezan' Andriamanitra ny fandraisana izany izay nandrasany hatramin'ny fanombohan'ny fotoana. Ilay izay nataon'ilay Mahefa ho tonga "feno hasoavana" dia namaly tamin'ny alalan'ny fanolorany ny tenany manontolo hoe : "Inty aho mpanompovavin'ny Tompo, aoka anie ho tanteraka amiko araka ny teninao". Ny "*Fiat (Aoka anie ho tanteraka)*" dia vavaka kristianina: ho an'ny Tompo manontolo, satria ny Tompo no manontolo amintsika.

2674 2618. Ny Evanjely dia manambara amintsika ny fomba fivavak'i Maria sy fanelanelanany amim-pinoana : tao Kanà², niangavy tamin-Janany ny Renin'i Jesoa ho an'ny zavatra ilaina tao amin'ny sakafon'ny fampakaram-bady iray, famantarana ny Sakafo iray hafa, dia ny an'ny fampakaram-badin'ny Zanak'Ondry amin'ny fanolorany ny Vatany sy ny Rany araka ny fangatahan'ny Fiangonana Vadiny. Ary tamin'ny oran'ny Fanekempihavanana Vaovao, teo am-pototry ny Hazofijaliana³, no nanekena an'i 726 Maria ilay Vehivavy, ilay Eva vaovao, tena "Renin'ny velona" tokoa.

2619. Izany no mahatonga ny tonon-kiran'i Maria⁴, "*Magnificat*" (*Mankalaza ny Tompo ny fanahiko*) amin'ny teny latinina, "*Mégalinnaire*" amin'ny teny bizantinina, ho sady tonon-kiran'ny Renin'Andriamanitra no tonon-kiran'ny Fiangonana, sady tonon-kiran'ny Zanakavavin'i Siôna no tonon-kiran'ny Vahoaka vaovao an'Andriamanitra, tonon-kira fisaorana noho ny hafenoan'ny fahasoavana narotsaka tao amin'ny fitantanam-pamonjena, tonon-kiran'ny 724 "mahantra" ka ny fanantenana dia feno tamin'ny fahatanterahan'ny fampanantenana natao tamin'ireo razantsika "ho an'i Abrahama sy ny taranany mandrakizay alaovalo".

FAMINTINANA

2620. *Ny môdely lavorary amin'ny fivavahana, ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia miorina amin'ny vavaka maha-zanaka an'i Jesoa. Ny vavak'i Jesoa, natao matetika tany amin'ny toerana mitokana, tany amin'ny toerana mangina, dia manambara firaiketam-po feno fitiavana amin'ny sitrapon'ny Ray hatrany amin'ny Hazofijaliana sy fitokiana tanteraka fa hoekena.*

2621. *Tamin'ny fampianarany i Jesoa no nampianatra ny mpianany hivavaka amim-po voadio, amim-pinoana velona sy maharitra, amim-pahasahian-janaka. Miantso azy ireo hiambina Izy ary mandrisika azy ireo hanolotra amin'Andriamanitra ny fangatahan'izy ireo amin'ny anarany. I Jesoa-Kristy rahateo koa dia manaiky ny vavaka izay atao Aminy mivantana.*

1. jer. Asa 1,14.

2. jer. Jo 2,1-12

3. jer. Jo 19,25-27.

4. jer. Lk 1,46-55.

2622. Ny vavak'i Maria Virjiny, ao amin'ny "Aoka anie ho tanteraka amiko" ("Fiat") sy ao amin'ny "Mankalaza ny Tompo ny fanahiko" (Magnificat) dia misongadina amin'ny fanolorana amin-kalalahana ny tenany manontolo tamim-pinoana.

ANDALANA 3

Amin'ny andron'ny Fiangonana

2623. Tamin'ny andro Pantekôty, ny Fanahin'ny fampanantenana dia nirotsaka tamin'ny mpianatra, "nivory tao amin'ny toerana iray" (Asa 2,1), ka teo ampiandrasana Azy, "dia niray saina izy rehetra, ary naharitra nivavaka" (Asa 1,14). Ny Fanahy, izay mampianatra ny Fiangonana sy mampahatsiaro azy izay rehetra nolazain'i Jesoa¹, no hamolavola azy koa amin'ny fiainambavaka. 731

2624. Tao amin'ny ankohonam-piangonana voalohany tao Jerosalema, dia "nazoto tamin'ny fampianaran'ny apôstôly, tsy nivadika tamin'ny fiombonana maha-mpiray tam-po ara-pinoana, tamin'ny fizarana ny mofo ary tamin'ny vavaka" (Asa 2,42) ny mpino. Mampivavaka ny fivavahan'ny Fiangonana ny fitohitohizany : noho ny fivavahan'ny Fiangonana miorina amin'ny finoan'ny apôstôly sy amarinin'ny fitiava-namana, dia mitombo hery ao amin'ny Eokaristia. 1342

2625. Ny fivavahan'ny Fiangonana aloha dia ireo izay henoin'ny mpino sy vakiny ao amin'ny Soratra Masina, kanefa ampihariny amin'ny fiainana ankehitriny ireny, singanina manokana ny vavaka Salamo, izay manomboka amin'ny fahatanterahan'izy ireny ao amin'i Kristy². Ny Fanahy Masina, izay mampahatsiahy tahaka izany ny momba an'i Kristy amin'ny Fiangonany mivavaka, dia mitarika azy koa amin'ny Fahamarinana tanteraka sy mahatonga rijan-teny vaovao izay haneho ny misterin'i Kristy tsy takapolopolorina amin'ny tsanganasa eo amin'ny fiainana, eo amin'ireo sakramenta ary eo amin'ny fanirahana ny Fiangonany. Hitombo hatrany ireny rijan-teny ireny ao amin'ny lovam-pampianarana lehibe ara-litorzia sy arapivavahana. Ireo *endriky ny fivavahana*, tahaka ireo izay nasehon'ny Soratra avy amin'ny apôstôly ara-pitsipika, dia hijanona ho fitsipiky ny fivavahana kristianina. 1092
1200

1. jer. Jo 14,26.

2. jer. Lk 24,27.44.

I. Ny fisaorana sy ny fitsaohana

- 1078 2626. Ny *fisaorana* dia maneho ny fihetsiky ny halalin'ny fivavahana kristianina: izy no fihaonan'Andriamanitra sy ny olombelona ; ao aminy ny Fanomezan'Andriamanitra sy ny fandraisan'ny olombelona no mifampiantso sy miray. Ny vavaka fisaorana no valy ataon'ny olombelona amin'ny fanomezan'Andriamanitra : satria mitsodrano Andriamanitra, ka ho valin' izany, afaka misaotra an'Ilay izay loharanon'ny tsodrano rehetra ny fon'ny olombelona.
- 1083 2627. Endrika fototra anankiroa no maneho izany fihetsika izany : indraindray amin'ny endrika miakatra, entin'ny Fanahy Masina, amin'ny alalan'i Kristy, mankany amin'ny Ray (misaotra Azy isika noho ny nitsofany rano antsika¹); indraindray amin'ny endrika mitalaho ny fahasoavan'ny Fanahy Masina izay, amin'ny alalan'i Kristy, mirotsaka avy ao amin'ny Ray (Izy no mitsodrano antsika²).
- 2096-2097 2628. Ny *fitsaohana* dia fihetsika voalohany ataon'ny olombelona izay miaiky ho zavaboary eo anatrehan'ny Mpahary azy. Ny fitsaohana no midera ny halehiben'ny Tompo izay nanao antsika³ sy ny maha-Mahefa ny zavadrehetra ny Mpamonjy izay manafaka antsika amin'ny ratsy. Ny fitsaohana 2559 no fiankohofan'ny fanahy eo anatrehan'ily "Mpanjakan'ny voninahitra" (Sal 24,9-10) sy fanginana feno fanajana eo anatrehan'Andriamanitra "lehibe lalandava"⁴. Ny fitsaohana an'Andriamanitra masina indrindra sy mahatehotia fatratra tokoa dia mahatonga fanetren-tena sy mampahazo antoka ny fitalahoantsika.

II. Ny vavaka fangatahana

- 396 2629. Betsaka ny fahasamy hafa kely ny voambolana momba ny fitalahoana, ao amin'ny Testamenta Vaovao : mangataka, mitalaho, manao lemozy, miantso, mikiaka, mitarina, ary mitolona mihitsy amin'ny vavaka⁵. Kanefa ny endriny mahazatra indrindra, satria mipoitra ho azy tokoa avy ao am-po, dia ny fangatahana. Amin'ny alalan'ny vavaka fangatahana no ampisehoantsika ny kônsiansin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra : amin'ny mahazavaboary, tsy isika no niandohantsika, na tompon'ny fahoriana, na tanjompiafarantsika, nefa koa, amin'ny maha-mpanota, fantantsika, noho isika kristianina, fa mihodina amin'ny Ray isika. Efa fiverenana Aminy ny fangatahana.

1. jer. Efez 1,3-14 ; 2 Kôr 1,3-7 ; 1 Pi 1,3-9.

2. jer. 2 Kôr 13,13 ; Rôm 15,5-6.13 ; Efez 6,23-24.

3. jer. Sal 95,1-6.

4. Md Augustin, Psal.62,16.

5. jer. Rôm 15,30 ; Kôl 4,12.

2630. Tsy dia betsaka vavaka fitarainana mafy ao amin'ny Testamenta Vaovao, kanefa hita matetika kosa ao amin'ny Testamenta Taloha. Manomboka ao amin'i Kristy nitsangan-ko velona ny fangatahan'ny Fiangonana no entin'ny fanantenana, na mbola eo am-piandrasana aza isika, mba hahazoantsika isan'andro ny tokony hibebahantsika. Avy any amin'ny halalina hafa izany no ipoiran'ny fangatahana kristianina, ilay antsoin'i Md Paoly hoe : *fitarainana* : toy ny “mihetsi-jaza” (Rôm 8,22) ny an'ny zavaboary, ary toy izany koa ny antsika “eo ampiandrasana ny fanavotana ny tenantsika, satria ny famonjena antsika no fototry ny fanantenana” (Rôm 8,23-24), ary farany, “ny fitarainana tsy hay lazaina” avy amin'ny Fanahy Masina ihany koa no “hanohana ny fahalementsika, satria na izay tokony hangatahintsika amin'ny vavaka ataontsika aza tsy fantatsika” (Rôm 8,26). 2090
2631. Ny *fangataham-pamelana* no fihetsika voalohany amin'ny vavaka fangatahana (jereo ilay publikanina : “Mamindrà fo amiko fa mpanota aho”, Lk 18,13). Izy no mialoha amin'ny vavaka marina sy madio tsy misy fahony. Ny fanetren-tena ombam-pitokiana no mamerina antsika ao amin'ny fahazavan'ny fiombonana amin'ny Ray sy i Jesoa-Kristy Zanany, ary amintsika samy isika¹ : koa, “na inona na inona angatahintsika Aminy dia ho azontsika avy Aminy izany” (1 Jo 3,22). Ny fangataham-pamelana no atao voalohany amin'ny litorzia eokaristika, ho toy ny vavaka irery. 2838
2632. Ny fangatahana kristianina dia miompana amin'ny faniriana sy ny *fikatsahana ny Fanjakan'Andriamanitra* izay ho tonga, araka ny fampianaran'i Jesoa². Misy ambaratonga amin'ireo fangatahana : voalohany, ny Fanjakan'Andriamanitra, manaraka izany, izay ilaina mba handraisana azy sy mba hiarahana miasa amin'ny fahatongavany. Izany fiaraha-miasa amin'ny fanirahana an'i Kristy sy ny Fanahy Masina izany, izay fanirahana ny Fiangonana amin'izao fotoana izao, no fototry ny fivavahan'ny fiombonam-piangonana apôstôlika³. Ny vavak'i Paoly, ilay apôstôly ambony dia ambony, no mampiseho amintsika ny fomba tokony hanentanan'ny fiahian'Andriamanitra ny Fiangonana manontolo ny fivavahana kristianina⁴ Ny vita batemy rehetra, amin'ny alalan'ny fivavahana, dia miasa avokoa ho amin'ny Fahatongavan'ny Fanjakan'Andriamanitra. 2816 1942 2854
2633. Rahefa mandray anjara toy izany amin'ny fitiavana mahavonjy avy amin'Andriamanitra, dia mahazo an-tsaina fa ny *filana rehetra* dia mety hanjary fototry ny fangatahana. I Kristy izay nizaka tao Aminy ny zavatra rehetra mba hanavotana ny zavatra rehetra no omem-boninahitra amin'ny alalan'ny fangatahana izay atolotsika ny Ray amin'ny Anarany⁵. Amin'izany fahazoan- 2830

1. jer. 1 Jo 1,7-2,2.

2. jer. Mt 6,10.33 ; Lk 11,2.13.

3. jer. Asa 6,6 ; 13,3.

4. jer. Rôm 10,1 ; Efez 1,16-23 ; Filip 1,9-11 ; Kôl 1,3-6 ; 4,3-4.12.

5. jer. Jo 14,13.

toky izany no amporisihan'i Jakôba¹ sy Paoly antsika hivavaka amin'ny fotoana rehetra².

III. Ny vavaka fitalahoana

2634. Ny fitalahoana dia vavaka fangatahana izay mahatonga ny fivavahantsika hitovy akaiky amin'ny vavak'i Jesoa. Izy no Mpanalalana tokana eo akaikin'ny Ray mba ho an'ny olombelona rehetra, singanina manokana ny mpanota³.
432 Izy no afaka "mahavonjy tanteraka an'ireo izay manatona an'Andriamanitra amin'ny Alalany, satria velona lalandava hanao fifonana ho azy ireo" (Heb 7,25). Ny Fanahy Masina ihany koa dia "mangataka ho antsika (...) ary mifanaraka amin'ny hevitr'Andriamanitra ny fitalahoany ho an'ny olomasina" (Rôm 8,26-27).

2635. Ny mitalaho, ny mangataka ho an'ny hafa, nanomboka tamin'i Abrahama, dia toetran'ny fo manokana mifanaraka amin'ny famindram-pon'Andriamanitra. Ao anatin'ny fotoanan'ny Fiangonana, ny fitalahoana kristianina dia mandray anjara amin'ny an'i Kristy : fitalahoana maneho ny fiombonan'ny olomasina. Amin'ny fitalahoana, ilay izay mivavaka dia "tsy mitady ny tombon-tsoa manokana ho an'ny tenany, fa mihevitra kokoa ny an'ny hafa" (Filip 2,4), hatramin'ny mivavaka ho an'ireo izay manisys ratsy azy⁴.
2571
2577

2636. Niaina fatratra izany endrika fifampizàrana izany ny ankohonam-piangonana kristianina voalohany⁵. Nampandray anjara azy ireo toy izany i Paoly apôstôly tamin'ny andraiki-panompoany ny Evanjely⁶, nefa mitalaho koa ho azy ireo izy⁷. Ny fitalahoana kristianina dia tsy misy fetrany manasaraka : "ho an'ny olombelona rehetra, ho an'izay rehetra nametrahana fahefana" (1 Tim 2,1), ho an'ireo manenjika⁸, ho famonjena ireo izay manohitra ny Evanjely⁹.
1900
1037

IV. Ny vavaka fisaorana

2637. Ny fisaorana no mamaritra mazava ny vavaky ny Fiangonana, izay
224,1328 mampiseho sy mahatonga bebe kokoa ny maha-izy azy, amin'ny fankalazana

1. jer. Jak 1,5-8.

2. jer. Efez 5,20 ; Filip 4,6-7 ; Kôl 3,16-17 ; 1 Tes 5,17-18.

3. jer. Rôm 8,34 ; 1 Jo 2,1 ; 1 Tim 2,5-8.

4. jer. Md Etiena teo am-pivavahana ho an'ireo izay manomo azy,tahaka an'i Jesoa : jer. Asa 7,60 ; Lk 23,28.34.

5. jer. Asa 12,5 ; 20,36 ; 21,5 ; 2 Kôr 9,14.

6. jer. Efez 6,18-20 ; Kôl 4,3-4 ; 1 Tes 5,25.

7. jer. 2 Tes 1,11 ; Kôl 1,3 ; Filip 1,3-4.

8. jer. Rôm 12,14.

9. jer. Rôm 10,1.

ny Eokaristia. Satria, i Kristy, amin'ny tsanganasam-pamonjena, no manafaka ny zavaboary amin'ny fahotana sy amin'ny fahafatesana, ka sady manamasina no mamerina izany indray amin'ny Ray, mba ho Voninahiny. Ny fisaoran'ny rantsambatan'ny Vatana dia mandray anjara amin'ny an'ny Filohan'izy ireo. 2603

2638. Toy ny amin'ny vavaka fangatahana, mety hanjary fanati-pisaorana avokoa ny zava-miseho rehetra sy ny filana rehetra. Manomboka sy mifarana matetika amin'ny fisaorana ny taratahin'i Md Paoly, ary ao amin'izany lalandava i Jesoa Tompo. "Amin'ny zavatra rehetra, aoka ianareo hisaotra, fa izany no sitrapon'Andriamanitra hataonareo rehetra ao amin'i Kristy Jesoa" (1 Tes 5,18). "Aoka ianareo hazoto amin'ny fivavahana ; aoka ho hataonareo amim-piambenana ao anatin'ny fisaorana izany" (Kôl 4,2).

V. Ny vavaka fiderana

2639. Ny fiderana no endri-bavaka izay manaiky eo no eo mivantana fa Andriamanitra no Andriamanitra. Mihira Azy ho an'ny Tenany ihany ny fiderana, manome voninahitra Azy, any ambadik'izay ataon'izy Andriamanitra, satria IZY NO IZY. Ny fiderana no mandray anjara amin'ny hasambaran'ny fo madio izay tia Azy amin'ny finoana, alohan'ny mahita Azy amin'ny Voninahitra. Amin'ny alalan'izany, mikambana amin'ny fanahintsika ny Fanahy mba haneho fa zanak'Andriamanitra isika¹, izy no manambara ny Zanaka Lahitokana, izay ao Aminy isika no atsongana ho zanaka, ary amin'ny alalany isika no manome voninahitra ny Ray. Ny fiderana no mampiditra manontolo ny endri-bavaka hafa rehetra sy mitondra azy ireny any amin'Ilay izay fototra iandohana sy fiafarana amin'izany : "Iray ihany no Andriamanitra amintsika, dia ny Ray izay niavian'ny zavatra rehetra, ary natao ho Azy isika" (1 Kôr 8,6). 213

2640. Nolazain'i Md Lioka matetika ao amin'ny Evanjeliny ny figagana sy ny fiderana manoloana ny zava-mahagaga nataon'i Kristy, ary nomarihiny koa ao amin'ny Asan'ny apôstôly fa asan'ny Fanahy Masina ireny : ny ankohonam-piangonana tao Jerosalema², ilay lehilahy malemy tongotra nositrarin'i Piera sy Joany³, ny vahoaka be dia be izay nanome voninahitra an'Andriamanitra ny amin'izany⁴, ny jentily tao Pisidia izay, "faly aok'izany, nankalaza ny Tenin'ny Tompo" (Asa 13,48).

2641. "Salamo sy hira aman-tonon-kira masina no ifampiresaho ; ihirao sy ankalazao amin'ny fonareo manontolo ny Tompo" (Efez 5,19)⁵. Tahaka ireo mpanoratra ny

1. jer. Rôm 8,16.

2. jer. Asa 2,47.

3. jer. Asa 3,9.

4. jer. Asa 4,21.

5. jer. Kôl 3,16.

2587 Testamenta Vaovao notsilovin'Andriamanitra, mamerina mamaky ny bokin-tSalamo ny ankohonam-piangonana kristianina voalohany, amin'ny fihirana ao amin'izany ny misterin'i Kristy. Izy ireo dia namorona koa, tamin'ny zava-baovao nentin'ny Fanahy, antsa aman-tonon-kira miainga avy amin'ny Zava-miseho mahatalanjona izay notanterahin'Andriamanitra tao amin-Janany : ny Fahatongavany ho nofo, ny fahafatesany nandresy ny fahafatesana, ny Fitsanganany ho velona sy ny Fiakarany any an-danitra eo an-kavanan'ny Ray¹. Avy amin'izany "zava-mahagagan' "ny fitantanam-pamonjena manontolo izany no isondrotan'ny tenim-boninahitra, ny fiderana an'Andriamanitra².

1137 2642. Ny Fanambaràna "avy amin'izay tsy maintsy ho tonga ato ho ato", ny Apôkalipsa, dia aseho amin'ny tonon-kiran'ny litorzian'ny lanitra³, nefa koa amin'ny alalan'ny fitalahoan'ireo "vavolombelona" (martyr)⁴. Ny mpaminany sy ny olomasina, ireo rehetra izay novonoina tety an-tany noho ny fijoroana ho vavolombelon'i Jesoa⁵, vahoaka maro be, avy amin'ny fijaliana lehibe, izay nialoha antsika any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, no mihira fiderana ny voninahitr'Ilay izay mipetraka eo amin'ny Seza fiandrianana sy ny Zanak'Ondry⁶. Amin'ny fiombonana amin'izy ireo, ny Fiangonana ety an-tany no mihira koa ireo tonon-kira ireo ao anatin'ny finoana sy ao anatin'ny fitsapan-toetra. Ny finoana, ao anatin'ny fangatahana sy ny fitalahoana, dia manantena ny tsy azo antenaina rehetra, sy misaotra ny Rain'ny fahazavana izay 1330 avy Aminy no irotsahan'ny fanomezana tsara rehetra⁷. Araka izany, fiderana madio tsy misy fahony ny finoana.

2643. Ny Eokaristia no mirakitra sy maneho ny endrika rehetra amin'ny vavaka : izy no "fanatitra madio tsy misy fahony " ny Vatan'i Kristy manontolo ho voninahitry ny anarany⁸ ; izy no "ilay sorom-piderana", araka ny lovam-pampianarana Tatsinanana sy Tandrefana.

FAMINTINANA

2644. Ny Fanahy Masina, izay mampianatra ny Fiangonana sy mampahatsiahy azy izay rehetra nolazain'i Jesoa, dia manabe azy koa amin'ny fiainambavaka, amin'ny famoahana fomba fiteny izay mihavao eo anivon'ny fomba fanao maharitra : tsodrano, fangatahana, fitalahoana, fisaorana ary fiderana.

2645. Satria Andriamanitra no mitsodrano ny fon'ny olombelona, dia afaka misaotra Azy izay loharanon'ny tsodrano rehetra koa ny fon'ny olombelona.

1. jer. Filip 2,6-11 ; Kôl 1,15-20 ; Efez 5,14 ; 1 Tim 3,16 ; 6,15-16 ; 2 Tim 2,11-13.

2. jer. Efez 1,3-14 ; Rôm 16,25-27 ; Efez 3,20-21 ; Joda 24-25.

3. jer. Apôk 4,8-11 ; 5,9-14 ; 7,10-12.

4. jer. Apôk 6,10.

5. jer. Apôk 18,24.

6. jer. Apôk 19,1-8.

7. jer. Jak 1,17.

8. jer. Mal 1,11.

2646. *Ny fototry ny vavaka fangatahana dia ny famelan-keloka sy ny fikatsahana ny Fanjakan'Andriamanitra, tahaka izany koa izay rehetra tena ilaina.*

2647. *Ny vavaka fitalahoana dia miompana amin'ny fangatahana ny soa ho an'ny hafa. Tsy misy fetrany manasaraka izany ary mipaka hatrany amin'ireo fahavalo.*

2648. *Ny hafaliana rehetra mbamin'ny fijaliana rehetra, ny zava-miseho rehetra mbamin'ny zavatra rehetra ilaina, dia azo anaovana fisaorana avokoa izay tokony hanenika ny fiainana manontolo, amin'ny fandraisana anjara amin'ny fisaoran'i Kristy. "Amin'ny zavatra rehetra, aoka ianareo hisaotra" (1 Tes 5,18).*

2649. *Ny vavaka fiderana, tsy ikendrena tombon-tsoa ho an'ny tena avokoa, fa miantefa amin'Andriamanitra ; ihiràna Azy izany mba ho Azy, anomezana voninahitra Azy izany, mihoatra noho izay ataony, satria IZY NO IZY.*

TOKO FAHAROA

Ny lovam-panahy momba ny fivavahana

2650. Ny vavaka dia tsy azo fintinina amin'ny fiboiboika mipoitra ho azy avy amin'ny tosi-kerim-pamporisika ao anaty : mba hivavaka, ilaina ny finiavana hanao izany. Tsy ampy fotsiny koa ny mahalala izay ambaran'ny Soratra Masina momba ny fivavahana : ilaina koa ny mianatra mivavaka. Ary amin'ny alalan'ny fampitana manan-kery (ny Lovam-pampianarana masina) ⁷⁵ no ampianaran'ny Fanahy Masina ny zanak'Andriamanitra hivavaka, ao amin'ny "Fiangonana mino sy mivavaka"¹.

2651. Ny lovam-panahy momba ny fivavahana kristianina dia iray amin'ireo endriky ny fitomboan'ny Lovam-pampianaram-pinoana, indrindra amin'ny ⁹⁴ alalan'ny fibanjinana sy ny fianaran'ny mpino izay mitahiry ao am-pon'izy ireo ny zava-miseho sy ny tenin'ny fitantanam-pamonjena, ary amin'ny alalan'ny fitsofohana lalina amin'ny zava-misy ara-panahy izay nahatsapan' izy ireo izany².

1. FA 8.
2. FA 8.

ANDALANA 1

Ny loharanon'ny fivavahana

2652. Ny Fanahy Masina no “ilay rano velona” izay miboiboika hatrany amin’
694 ny Fiainana mandrakizay¹, ao anatin’ny fo mivavaka. Izy no mampianatra
antsika handray Izany ao amin’ny Tenan’ilay Loharano, dia i Kristy. Ary, ao
amin’ny fiainana kristianina dia misy fantsakàna izay iandrasan’i Kristy
antsika mba hisotroantsika ny Fanahy Masina :

Ny Tenin’Andriamanitra

2653. Ny Fiangonana dia “mamporisika mafy sy amin’ny fomba manokana ny
133 kristianina rehetra (...) hanovo “fahalalana ambony dia ambony momba an’i
Jesoa-Kristy”, amin’ny alalan’ny famakiana matetika ny Soratra masina. (...) Kanefa ny vavaka dia tokony hiaraka amin’ny famakiana ny Soratra masina
1100 mba hirindran’ny fifanakalozan-kevitra eo amin’Andriamanitra sy ny olombelona, satria "Aminy no ivantanantsika rahefa mivavaka isika, ary Izy no henointsika rahefa mamaky ny teny marin’ny Tompo isika"²”.

2654. Ireo Ray am-panahy, amin’ny fivoasana ny Mt 7,7, dia mamintina toy izao ny fahavononan’ny fo velomin’ny Tenin’Andriamanitra rahefa mivavaka : “Mitadiava ianareo eo am-pamakian-teny, fa hahita ianareo eo ampandinihana ; dondòny eo am-pivavahana, fa ho vohaina varavarana ianareo amin’ny alalan’ny fibanjinana”³.

Ny litorzian’ny Fiangonana

2655. Ny fanirahana an’i Kristy sy ny Fanahy Masina, izay mitory, mampihatra
1073 amin’ny fiainana ankehitriny ary mampita ny misterim-pamonjena ao amin’ny litorzia ara-tsakramentan’ny Fiangonana, dia mitohy ao am-pon’izay
368 mivavaka. Indraindray ampitovian’ny Ray am-panahy amin’ny ôtely ny fo. Ny vavaka no mampiditra ao anaty sy mitsakotsako ny litorzia, mandritra sy aorian’ny fankalazana azy. Ny vavaka, na dia iainana “ao amin’ny mangingina” aza (Mt 6,6), dia vavaky ny *Fiangonana* lalandava, sady fiombonana amin’ny Trinite Masina⁴.

1. jer. Jo 4,14.

2. Md Ambroise, off 1,88 izay hita koa ao amin’ny FA 25.

3. jer. Guigne le Chartreux, scala 2,2.

4. jer. IGLH, 9.

2656. Toy ny idirana ao amin'ny litorzia no idirana ao amin'ny fivavahana : amin'ny varavarana ety ny *finoana*. Amin'ny alalan'ireo famantarana ny maha-Eo ny Tompo, dia ny Endriny no tadiavintsika sy irintsika, ny Teniny no ilaintsika henoina sy tandremana.

2657. Ny Fanahy Masina, izay mampianatra antsika hankalaza ny litorzia eo ampiandrasana ny fiverenan'i Kristy, no manabe antsika hivavaka ao anatin'ny *fanantenana*. Raha avadika ny filaza azy, ny vavaky ny Fiangonana sy ny vavaky ny tsirairay no mamelona ny fanantenana ao amintsika. Ny Salamo indrindra, amin'ireo fiteniny azo tsapain-tanana sy samy hafa, no mampianatra antsika hampifantoka ny fanantenantsika amin' Andriamanitra : “Ny Tompo no nametrahako ny fanantenako rehetra ; niondrika tamiko Izy, nihaino ny fitarainako” (Sal 40,2). “Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo ny hafaliana amam-piadanana rehetra amin'ny asam-pinoanareo, mba hitombo be dia be ao aminareo ny fanantenana, noho ny herin'ny Fanahy Masina !” (Rôm 15,13).

2658. “Ny fanantenana tsy manodoka, satria efa voarotsaka ao am-pontsika tamin'ny Fanahy Masina nomena antsika ny *fitiavan'Andriamanitra*” (Rôm 5,5). Ny fivavahana, novolavolain'ny fiainana litorzika dia manovo manontolo ao amin'ny Fitiavana izay itiavana antsika ao amin'i Kristy ary mahatonga antsika hamaly izany amin'ny fitiavana tahaka ny nitiavany antsika. Ny Fitiavana no *loharanon'ny* fivavahana ; izay manovo ao, mahatratra ny fara tampon'ny fivavahana : 826

Andriamanitra ô, tia Anao aho, ary ny hany faniriako dia ny ho tia Anao hatramin'ny fara senton'ny fiainako. Ry Andriamanitra mahatehotia indrindra ô, tia Anao aho, ary aleoko maty amin'ny fitiavana Anao, toy izay ny ho velona tsy tia Anao. Tompo ô, tianao aho, ka ny hany fahasoavana angatahiko Aminao, dia ny ho tia Anao mandrakizay. (...) Andriamanitra ô, raha tsy afamilaza Aminao ny vavako, na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, fa tiako Ianao, dia ny foko no mba iriko hamerimberina izany Aminao raha mbola miaina koa aho¹.

“Anio”

2659. Mianatra mivavaka isika amin'ny fotoana sasany amin'ny fihainoana ny Tenin'ny Tompo sy amin'ny fandraisana anjara amin'ny misterin'ny Pakany, nefa amin'ny fotoana rehetra kosa, amin'ny zava-miseho *isan'andro*, no anolorany amintsika ny Fanahiny mba hampiboiboika ny vavaka. Ny fampianaran'i Jesoa momba ny fivavahana amin'ny Raintsika dia iray 1165
2837

1. Md Jean-Marie Baptiste Vianney, vavaka.

305 laharana amin'ny fampianarany momba ny Fitahian'Andriamanitra¹ : eo ampelantan'ny Ray ny fotoana ; amin'izao fotoana izao no ihaonantsika aminy, tsy omaly na rahampitso, fa anio : “Afaka hihaino ny feony ve ianareo anio ; aza manamafy ny fonareo” (Sal 95,8).

2546,2632 2660.Ny mivavaka araka ny zava-miseho isan'andro sy isan'ora no anisan'ny iray amin'ireo tsiambaratelon'ny Fanjakan'Andriamanitra ambara amin'ireo “madinika indrindra”, amin'ireo mpanompon'i Kristy, amin'ireo mahantra voalazan'ny hasambarana. Mendrika sy rariny ny mivavaka, mba ny fahatongavan'ny Fanjakan'ny fahamarinana sy ny fiadanana no hery mitarika ny fizotran'ny tantara, nefa zava-dehibe kokoa ny mamolavola ny koban'ny zavatra tsotra mpiseho andavanandro, amin'ny alalan'ny fivavahana. Ny endriky ny fivavahana rehetra dia mety ho io lalivay izay anoharan'ny Tompo ny Fanjakan'Andriamanitra io².

FAMINTINANA

2661.Amin'ny alalan'ny fampitana manan-kery, dia ny Lovam-pampianarana izany, no ampianaran'ny Fanahy Masina ny zanak'Andriamanitra hivavaka, ao amin'ny Fiangonana.

2662.Ny Tenin'Andriamanitra, ny litorzian'ny Fiangonana, ny hasin'ny finoana sy ny fanantenana ary ny fitiavana, no loharanom-bavaka.

ANDALANA 2

Ny lalan'ny fivavahana

1201 2663.Ao amin'ny lovam-pampianarana velona momba ny fivavahana, ny Fiangonana tsirairay dia samy manome hevitra ny mpinony, araka ny tontolom-piainana eo amin'ny tantara, fiaraha-monina ary kolontsaina, ny fombam-panehoana ny vavak'izy ireo : fiteny, feon-kira, fihetsika, sarimasina. Anjaran'ny Toniam-pampianarana³ anefa ny mandanjalanja ny fahamarinan'ireo lalam-pivavahana ireo amin'ny lovam-pampianaram-pinoan'ny apôstôly, ary anjaran'ny mpiandry ondry sy ny katesety kosa ny manazava ny hevitr'izany, izay mifandray lalandava amin'i Jesoa-Kristy.

Ny fivavahana amin'ny Ray

2780 2664.Tsy misy lalan-kafan'ny fivavahana kristianina afa-tsy i Kristy. Izay fivavahantsika na iombonana na an'ny tsirairay, na atao am-bava na atao am-

1. jer. Mt 6,11.34.

2. jer. Lk 13,20-21.

3. jer. FA 10.

po, dia tsy ho tonga any amin'ny Ray raha tsy mivavaka “amin'ny Anaran'i” Jesoa isika. Ny maha-Olombelona masina an'i Jesoa àry no lalana izay ampianaran'ny Fanahy Masina antsika hivavaka amin'Andriamanitra Raintsika.

Ny fivavahana amin'i Jesoa

2665.Ny vavaky ny Fiangonana, velomin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fankalazana amin'ny litorzia, no mampianatra antsika hivavaka amin'i Jesoa Tompo. Na dia avantana indrindra any amin'ny Ray azy izany, ao amin'ny ⁴⁵¹ lovam-pampianarana litorzika rehetra, dia misy endri-pivavahana avantana any amin'i Kristy. Ny Salamo sasany, araka ny fampiharana azy amin'ny fiainana ankehitriny amin'ny vavaky ny Fiangonana, sy ny Testamenta Vaovao, no mametraka eo amin'ny am-bavantsika sy misokitra ao ampontsika ny fitalahoana amin'izany fivavahana amin'i Kristy izany hoe : Zanak'Andriamanitra, Tenin'Andriamanitra, Tompo, Mpamonjy, Zanak'Ondrin'Andriamanitra, Mpanjaka, Zanaka malala, Zanaky ny Virjiny, Mpiandry ondry tsara, Fiainantsika, Fahazavantsika, Fanantenantsika, Fananganana antsika ho velona, Sakaizan'ny olombelona ...

2666.Fa ny Anarana izay mahafaoka azy rehetra dia ilay izay noraisin'ny Zanak'Andriamanitra tamin'ny Fahatongavany ho nofo hoe : JESOA. Tsy ⁴³² hain'ny vavan'olombelona tononina ny Anaran'Andriamanitra¹, nefa amin'ny fizakan'ny Tenin'Andriamanitra ao Aminy ny maha-olombelona antsika, no anolorany izany amintsika ka ahafahantsika miantso azy hoe : “Jesoa”, “mamonjy IAVEH”². Misy ny rehetra ny Anaran'i Jesoa : Andriamanitra sy ny olombelona ary ny fitantanana manontolo ny fahariana sy ny famonjena. Ny mivavaka amin'i “Jesoa”, dia ny mitalaho Aminy sy ny miantso Azy ⁴³⁵ ao amintsika. Ny Anarany no hany tokana mirakitra ny Fisiana izay manambara ny Tenany. Nitsangan-ko velona i Jesoa, ka na iza na iza miantso ny Anarany, dia mandray ny Zanak'Andriamanitra izay tia Azy sy nanolo-tena ho Azy³.

2667.Izany fitalahoam-pinoana tena tsotra izany no velabelarin'ny lovam-pampianaran'ny fivavahana amin'ny endrika maro tany Atsinanana sy tany Andrefana. Ny fitenenana mahazatra indrindra, nampitain'ny mpampianatra arapanahy tany Sinaia, tany Siria ary tany Athos, dia ny fiantsoana hoe : “Jesoa, Kristy, ²⁶¹⁶ Zanak'Andriamanitra, Tompo ô, mamindrà fo aminay mpanota !”. Izany fiantsoana izany dia mampiray ny tonon-kiram-piderana an'i Kristy ao amin'ny Filip 2,6-11 amin'ny antson'ilay publikanina sy ireo mpangataka fahiratana⁴. Amin'ny

1. jer. Eks 3,14 ; 33,19-23.

2. jer. Mt 1,21.

3. jer. Rôm 10,13 ; Asa 2,21 ; 3,15-16 ; Gal 2,20.

4. jer. Lk 18,13 ; Mk 10,46-52.

alalan'izany fiantsoana izany ny fo no manaiky amin'ny fahorian'ny olombelona sy amin'ny Famindram-pon'ny Mpamonjy azy ireo.

2668. Ny fiantsoana ny anara-masin'i Jesoa no lalana tsotra indrindra amin'ny vavaka
435 tsy an-kijanona. Noho izy averimberin'ny fo mahatandrina amim-panetren-tena
matetika, dia tsy miparitaka amin'ny hamaroan'ny teny (Mt 6,7) izy, fa “mitana ny
Teny sy mamokatra amin'ny faharetana”¹. Azo atao amin'ny “fotoana rehetra” ny
fiantsoana, satria tsy raharaha ivelan'ny hafa izany fa raharaha tokana, dia ny mitia
an'Andriamanitra, izay manome aina sy manova endrika ny asa rehetra ao amin'i
Kristy Jesoa.

2669. Ny vavaky ny Fiangonana dia manaja sy manome voninahitra ny *Fon'i Jesoa*,
478 tahaka ny iantsoany ny Anarany masina indrindra. Ny vavaky ny Fiangonana dia
mitsaoka ny Teny tonga nofo sy ny Fony izay nanaiky ho lefonina noho ny
fahotantsika, noho ny fitiavana ny olombelona. Tia manaraka ny *lalan'ny*
1674 *Hazofijaliana*, amin'ny fanarahan-dia ny Mpamonjy, ny fivavahana kristianina. Ny
fijanonana nanomboka teo amin'ny Fitsaràna ka hatrany Golgotà sy tao amin'ny
Fasana dia nanjohy ny dian'i Jesoa izay nanavotra an'izao tontolo izao tamin'ny
Hazofijaliany masina.

“Avia, ry Fanahy Masina”

2670. “Tsy misy afa-milaza hoe : Jesoa no Tompo, raha tsy tarihin'ny Fanahy
683 Masina” (1 Kôr 12,3). Isaky ny manomboka mivavaka amin'i Jesoa isika, dia
2001 ny Fanahy Masina no mitari-dalana antsika ho amin'ny lalan'ny fivavahana,
amin'ny alalan'ny fahasoavany mitahy. Satria ny Fanahy Masina no
mampianatra antsika hivavaka amin'ny fampahatsiarovany antsika an'i
Kristy, ka ahoana moa no tsy hivavahana amin'ny Tenan'Izy Fanahy koa ?
Izany no mahatonga ny Fiangonana handrisika antsika hitalaho isan'andro ny
1310 Fanahy Masina, indrindra amin'ny fanombohana sy amin'ny fiafaran'ny asa
mavesa-danja rehetra.

Raha tsy tokony hotsaohina ny Fanahy ahoana moa no hanandratany ahy
ho Andriamanitra amin'ny alalan'ny Batemy ? Ary raha tsy maintsy
tsaohina Izy, tsy Izy ve no tokony ho fototry ny fanompoana manokana² ?

2671. Ny fomba fanao araka ny lovantsofina amin'ny fangatahana ny Fanahy, dia
ny mitalaho amin'ny Ray amin'ny alalan'i Kristy Tompontosika mba
hanomezany antsika ny Fanahy Mpanafaka alahelo³. Nanantitrantitra ny
momba izany fangatahana amin'ny Anarany izany i Jesoa tamin'ny fotoana
izay nampanantenany indrindra koa ny fanomezana ny Fanahin'ny
Fahamarinana⁴. Kanefa, araka ny lovantsofina koa ity vavaka tsotra indrindra

1. jer. Lk 8,15.

2. Md Grégoire de Naz., or. 30 (theol. 5),28.

3. jer. Lk 11,13.

4. jer. Jo 14,17 ; 15,26 ; 16,13.

sy mivantana indrindra ity : “Avia, ry Fanahy Masina”, ary ny lovam-panahy ara-litorzia tsirairay no namelabelatra izany tao amin’ny sasin-kira sy ny antsa :

Avia, ry Fanahy Masina, fenoy ny fon’ny mpino Anao, ary areheto ao amin’izy ireo ny afom-pitiavanao¹.

Ry Mpanjakan’ny lanitra, ry Fanahy Mpanafaka alahelo, ry Fanahin’ny Fahamarinana, manerana hatraiza hatraiza sy mameno ny tontolo, fitoerandrakitry ny soa rehetra sy loharanon’ny Fiainana, avia Ianao, ry ilay Tsara, monena ato aminay, diovy izahay ary vonjeo izahay² !

2672.Ny Fanahy Masina, izay fanosorana mamonto ny maha-olona antsika manontolo, no Mpampianatra ao anaty amin’ny fivavahana kristianina. Izy no tompon’antoky ny lovam-panahy velona momba ny fivavahana. Marina fa samy maro ny fandrosoana amin’ny fivavahana sy ny mpivavaka, nefa Fanahy iray ihany no miasa ao amin’ny rehetra sy miaraka amin’ny rehetra. Ao anatin’ny fiombonana amin’ny Fanahy Masina izany ny vavaka kristianina dia vavaka ao anatin’ny Fiangonana. 695

Miombona amin’ny Reny masin’Andriamanitra

2673.Amin’ny vavaka, ny Fanahy Masina no mampiray antsika amin’ny Tenan’ny Zanaka Lahitokana, amin’ny maha-Olombelona nomem-boninahitra Azy. Amin’ny alalan’io Tenany io sy ao Aminy ny fivavahana amin’ny mahanakanaka antsika no miombona ao amin’ny Fiangonana miaraka amin’ny Renin’i Jesoa³. 689

2674. Ny maha-Reny an’i Maria, izay nanomboka tamin’ny fanekena amimpinoana, ny andron’ny “Filazana”, ary voatanany tsy nisy fisalasalana hatreo am-pototry ny Hazofijaliana, dia miitatra tsy miato amin’ny rahalahy sy anabavin’ny Zanany “mbola ety am-pivahiniana ka tandindomin-doza sy ianjadiam-pahoriana”⁴. I Jesoa, ilay Mpanalalana tokana, no lalan’ny fivavahantsika ; i Maria, Reniny sady Renintsika, dia mangarahara tanteraka ao amin’i Jesoa : izy no “manoro ny lalana” (*Hodoghitria*), izy no “Famantarana” amin’izany, araka ny haisarimasina avy amin’ny lovantsofina any Atsinanana sy any Andrefana. 494

2675.Miainga avy amin’izany fiaraha-miasa manokana eo amin’i Maria sy ny asan’ny Fanahy Masina izany no nampiroboroboan’ireo Fiangonana ny 970

1. jer. "la Séquence de Pentecôte".

2. Litorzia Bizantinina, Tononkalom-pivavahana amin’ny vavaka harivan’ny Pantekôty.

3. jer. Asa 1,14.

4. FF 62.

512 fangatahana atao amin'ny Reny masin'Andriamanitra, amin'ny
fampifantohana izany amin'ny Tenan'i Kristy naseho miharihary tao amin'ny
misteriny. Amin'ny antsa sy sasin-kira tsy tambo isaina izay maneho izany
2619 fangatahana izany, dia fihetsika anankiroa no mifandimby araka ny
mahazatra : ny iray “mankalaza” ny Tompo noho ny “zava-dehibe” izay
nataony ho an'ny mpanompovaviny tsinontsinona, ary amin'ny alalan'izy io,
ho an'ny olombelona rehetra¹ ; ny iray hafa manankina amin'ny Renin'i
Jesoa ny fitalahoana sy ny fideran'ireo zanak' Andriamanitra, satria izy
ankehitriny no mahalala ny olombelona izay ampakariny Zanak'
Andriamanitra ho vady ao aminy.

2676. Ao amin'ny vavaka hoe “Arahaba, ry Maria”, no ahitana amin'io fihetsika
anankiroa amin'ny fangatahana amin'i Maria io ny fomba fiteny maneho
tombon-tsoa manokana :

722 “*Arahaba ry Maria (Mifalia ianao, ry Maria)*.” Ny fiarahaban'ny Anjely Gabriely
no manokatra ny vavaka Arahaba. Ny Tenan'Izy Andriamanitra ihany, amin'ny
fanelanelanan'ny anjeliny, no miarahaba an'i Maria. Ny fivavahantsika dia sahy
mamerina ny fiarahabana an'i Maria omban'ny fijery izay natopin'Andriamanitra
tamin'ny mpanompovaviny tsinontsinona², sy mifaly amin'ny hafaliana izay
hitan'Izy Andriamanitra tao amin'i Maria³.

490 “*Feno hasoavana, ny Tompo ao aminao*” : Mifanazava ny teny roa amin'ny
fiarahaban'ny anjely. Feno hasoavana i Maria satria momba Azy ny Tompo. Ny
fahasoavana izay mahenika azy, dia ny fisian'Ilay izay loharanon'ny fahasoavana
rehetra. “Mifalia ianao (...) ry zanakavavin'i Jerosalema (...) eo afovoanao ny
Tompo” (Sôf 3,14.17a). I Maria, izay ny Tenan'ny Tompo mihitsy no tonga monina
ao aminy, no manjary vatan-tenan'ilay zanakavavin'i Siôna, ilay Sambofiaran'ny
fanekem-pihavanana, ilay toerana izay onenan'ny voninahitry ny Tompo : izy no
“fonenan'Andriamanitra eo anivon'ny olombelona” (Apôk 21,3). Ny tenany, “feno
hasoavana”, no nomeny manontolo an'Ilay izay tonga mitoetra ao aminy, sy homeny
an'izao tontolo izao.

435 “*Nosoavina noho ny vehivavy rehetra ianao, ary nosoavina i Jesoa nateraky ny
kibonao*.” Aorian'ny fiarahaban'ny anjely, raisintsika ho antsika koa ny fiarahaban'i
Elizabetha. “Noho i Elizabetha feno ny Fanahy Masina” (Lk 1,41), dia izy no
voalohany amin'ny taranaka rehetra mifandimby izay nanambara an'i Maria ho
sambatra⁴ : “Sambatra ilay nino ...” (Lk 1,45); “nosoavina noho ny vehivavy rehetra”
i Maria satria nino ny fahatanterahan'ny tenin'ny Tompo izy. I Abrahama, noho ny
146 finoany, dia nanjary fanasoavana ny “firenena rehetra eto ambonin'ny tany” (Jen
12,3). I Maria, noho ny finoany, dia nanjary renin'ny mpino izay amin'izany ny

1. jer. Lk 1,46-55.

2. jer. Lk 1,48.

3. jer. Sôf 3,17.

4. jer. Lk 1,48.

firenena rehetra eto ambonin'ny tany no mandray an'Ilay izay fanasoavana avy amin'Andriamanitra rahateo : “I Jesoa ilay masina, nateraky ny kibonao.”

2677. “*Masina Maria, Renin'Andriamanitra, mivavaha ho anay ...*” Miaraka amin'i Elizabeta isika no mitolagaga hoe :”Avy aiza amiko izao no mba vangian'ny Renin'ny Tompoko aho ?” (Lk 1,43). Sady Renin'Andriamanitra no renintsika i Maria, satria izy no manome antsika an'i Jesoa zanany ; afaka manankina aminy ny ahiahintsika sy ny fangatahantsika rehetra isika : mivavaka ho antsika izy toy ny nivavahany ho an'ny tenany : “Aoka anie ho tanteraka amiko araka ny teninao” (Lk 1,38). Rahefa matoky ny vavak'i Maria isika, dia manolo-tena miaraka aminy amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra : “Ho tanteraka anie ny sitraponao.” 495

“*Mivavaha ho anay mpanota, ankehitriny ary amin'ny andro hahafatesanay.*” Ny fangatahana amin'i Maria mba hivavaka ho antsika dia fiekena ny maha-mpanota mahantra antsika ka manatona an'ilay “Renin'ny famindram-po”, ilay Masina Tanteraka. Izao “ankehitriny” izao isika no mitoky aminy, ny amin'ny anio ny fiainantsika. Ary miitatra io fitokiantsika io mba hanolorantsika aminy dieny ankehitriny “ny andro hahafatesantsika”. Mba ho eo anie izy amin'izay, tahaka ny tamin'ny nahafatesan'ny Zanany teo amin'ny Hazofijaliana, ka amin'ny ora hialantsika ety, dia handray antsika izy amin'ny maha-renintsika azy¹, ary hitantana antsika ho any amin'i Jesoa Zanany, any am-Paradis. 1020

2678.Ny fitiavam-bavaka tamin'ny taonjato antenatenany tany Andrefana dia nampandroso ny fivavahana Raozery, ho solon'ny Vavaka Isan'Andro, ho an'ny vahoaka. Tany Atsinanana, ny vavaka litania amin'ny “Acatliste” sy amin'ny “Paraclisis” no nijanona ho akaikikaiky kokoa ny fanompoam-pivavahana an-kira redom-be tao amin'ny Fiangonana bizantinina, fa ny lovantsofina armenianina, kôpta ary siriàka kosa dia nitia kokoa ny antsa sy ny hiram-pivavahana fanaon'ny vahoaka amin'ny Renin'Andriamanitra. Kanefa na ao amin'ny Arahaba ry Maria, na amin'ireo “théotokia”, na amin'ireo antsan'i Md Ephrem na i Md Grégoire de Narek, dia iray fototra ihany eto, ny lovam-panahy momba ny fivavahana. 971,1674

2679.I Maria no Mpivavaka lavorary, endriky ny Fiangonana. Rahefa mangataka aminy isika, dia mifikitra mafy miaraka aminy amin'ny fandaharan'ny Ray, izay naniraka ny Zanany mba hamonjy ny olombelona rehetra. Toy ilay mpianatra malala no andraisantsika ao amintsika² ny Renin'i Jesoa, izay nanjary renin'ny velona rehetra. Afaka mivavaka miaraka aminy sy mangataka aminy isika. Ny vavak'i Maria izany no toy ny mitondra ny vavaky ny Fiangonana. Miray amin'i Maria ao amin'ny fanantenana, izany vavaky ny Fiangonana izany³. 967 972

1. jer. Jo 19,27.

2. jer. Jo 19,27.

3. jer. FF 68-69.

FAMINTINANA

2680. *Amin'ny Ray indrindra no avantana ny fivavahana ; tahaka izany koa, mivantana amin'i Jesoa ny fivavahana, indrindra amin'ny fiantsoana ny Anarany masina hoe : “Jesoa, Kristy, Zanak'Andriamanitra, Tompo, mamindrà fo aminay, mpanota !”.*

2681. *“Tsy misy afa-milaza hoe : Jesoa no Tompo, raha tsy noho ny asan'ny Fanahy Masina” (1 Kôr 12,3). Manainga antsika ny Fiangonana hiantso ny Fanahy Masina amin'ny maha-Mpampianatra anaty Azy ny fivavahana kristianina.*

2682. *Noho ny fiarahany miasa manokana amin'ny asan'ny Fanahy Masina, dia tian'ny Fiangonana ny miombom-bavaka amin'i Maria Virjiny, mba hankalaza miaraka aminy ny zava-dehibe notanterahin'Andriamanitra tao aminy, sy mba hanankina aminy ny fitalahoana sy ny fiderana.*

ANDALANA 3

Ireo Mpitarika amin'ny fivavahana

Ny vavolombelona zavon-tany

2683. Ireo vavolombelona izay nialoha antsika any amin'ny Fanjakan' Andriamanitra¹, indrindra ireo izay ankatoavin'ny Fiangonana ho “olomasina”, dia mandray anjara amin'ny lovam-panahy velona momba ny fivavahana, amin'ny alalan'ny oha-piainan'izy ireo, amin'ny alalan'ny fampitana ny asa soratr'izy ireo ary amin'ny alalan'ny fivavahan'izy ireo ankehitriny. Mibanjina an'Andriamanitra izy ireo, midera Azy ary tsy mitsahatra mitahy an'ireo izay nilaozan'izy ireo tety an-tany. Tamin'ny nidirany “tao anatin'ny hafalian' ”ny Tompon'izy ireo, dia “natsangana ho mpanapaka ny be”² izy ireo. Ny fanelanelanan'izy ireo no fanompoana ambony indrindra ataon'izy ireo amin'ny fandaharan'Andriamanitra. Azontsika atao ary tokony hataontsika ny mangataka amin'izy ireo hivavaka ho antsika sy ho an'izao tontolo izao.

2684. Ao amin'ny fiombonan'ny olomasina no itomboan'ireo Fiangonana amin'ny *fiainam-panahy* samihafa, eny am-pamakivakiana ny tantara eny. Ny fanomezam-pahasoavana ny tsirairay ho vavolombelon'ny fitiavan' Andriamanitra ho an'ny olombelona dia azo ampitaina, toy ny “fanahin' ” i Elia tamin'i Elisea³ sy tamin'i Joany Batista⁴, mba hahazoan'ny mpianatra

1. jer. Heb 12,1.

2. jer. Mt 25,21.

3. jer. 2 Mpanj 2,9.

4. jer. Lk 1,17.

anjara amin'izany fanahy izany¹. Ny fiainam-panahy iray dia fihaonana koa amin'ny fomba mahazatra sasany, ara-litorzia sy ara-teôlôjia, sy mampiseho ny fampidirana ny kolontsaina ao amin'ny finoana, eo amin'ny tontolo iainan'olombelona sy ny tantarany. Ireo fiainam-panahy kristianina kosa dia mandray anjara amin'ny lovam-panahy velona momba ny fivavahana, ary mpitari-dalana ilaina ho an'ny mpino. Ireo no mamerina tara-pahazavana madio mangarangerana sy tokana avy amin'ny Fanahy Masina, ao anatin'ny fahasamy hafa ny harem-pahasoavan'izy ireo. 1202

"Ny Fanahy no tena toeran'ny olomasina tokoa, ary ny olomasina ho an'ny Fanahy no toerana madio, satria manolo-tena izy hiara-monina amin'Andriamanitra ary antsoina hoe Tempoliny"².

Ny mpanompon'ny fivavahana

2685. Ny *fianakaviana kristianina* no voalohan-toerana fanabeazana amin'ny fivavahana. Noho ny fianakaviana kristianina miorina amin'ny sakramentan'ny Fanambadiana, dia manjary "Fiangonana ao an-tokantrano" izy, ka ao ny zanak'Andriamanitra no mianatra mivavaka "ao amin'ny Fiangonana" sy mitozo amin'ny fivavahana. Ho an'ny ankizy madinika manokana, ny vavaky ny mpianakavy isan'andro no vavolombelona voalohany amin'ny fahatsiarovana maharitra ny Fiangonana, izay ny Fanahy Masina no mamohafoha izany amim-paharetana. 1657

2686. Ireo *mpandraharaha voahosotra* koa dia tompon'andraikitra amin'ny fanabeazana ny rahalahin'izy ireo sy ny anabaviny ao amin'i Kristy, amin'ny fivavahana. Amin'ny maha-mpanompon'ilay Mpiandry ondry tsara azy ireo, dia nohamasinina izy ireo mba hitarika ny vahoakan'Andriamanitra ho an'ny amin'ny loharano velon'ny fivavahana: ny Tenin'Andriamanitra, ny litorzia, ny fiainana araka an'Andriamanitra, ny Ankehitrinin'Andriamanitra eo amin'ny toe-javatra mifanaraka amin'ny zava-misy³. 1547

2687. Betsaka amin'ireo *relijiozy* no manokana ny fiainan'izy ireo manontolo ho amin'ny fivavahana. Nanomboka tany an'efitr'i Ejipta, mpitoka-monina irery maro tany an'efitra sy relijiozy mpitoka-monina lehilahy sy vehivavy maro no nanolotra ny andron'izy ireo tamin'ny fiderana an'Andriamanitra sy tamin'ny fitalahoana ho an'ny vahoakany. Ny fanokanam-piainana dia tsy haharitra sy tsy hiely, raha tsy misy fivavahana ; io fanokanam-piainana io no anankiray amin'ireo loharano velona amin'ny fibanjinana an' Andriamanitra sy ny fiainana ara-panahy ao amin'ny Fiangonana. 916

1. jer. FFR 2.

2. Md Basile, Spir. 26,62.

3. jer. RFP 4-6.

1674 2688. Ny *katesezy* ho an'ny ankizy, ny tanora ary ny olon-dehibe, dia mikendry mba ny Tenin'Andriamanitra no hodinihana amin'ny vavaka atao irery, hampiharina amin'ny fiainana ankehitriny amin'ny fivavahana litorzika, ary hotanana ao anaty mandrakariva, mba hiterahany voka-tsoa ao anatin'ny fiainam-baovao. Ny *katesezy* koa dia fotoana izay tokony handanjalanjana sy hanabeazana ny fitiavam-bavaky ny vahoaka¹. Ny fanaovana tsianjery ny fivavahana fototra no manome tohana ilaina amin'ny fiainam-bavaka, kanefa zava-dehibe ny mampahazo tsirony amin'ny fahalalana izany².

2689. Ny *vondrona mpivavaka*, mainka moa ny “sekolim-pivavahana”, ankehitriny no iray amin'ireo famantarana sy iray amin'ireo fanoitra amin'ny fanavaozana ny fivavahana ao amin'ny Fiangonana, raha toa ka misotro ao amin'ny tena loharanon'ny fivavahana kristianina. Ny fiahiana ny fiombonana no famantarana ny fivavahana tena izy ao amin'ny Fiangonana.

2690. Omen'ny Fanahy Masina ny mpino sasany ny fanomezana ny fahendrena, ny finoana ary ny fandanjаланjana, ho amin'ity soa iombonana ity, dia ny fivavahana izany (*fitantanam-panahy*). Ireo izay nomena izany na lehilahy na vehivavy, dia tena mpanompo tokoa ny Lovam-pampianarana velona momba ny fivavahana :

Noho izany, ny olona izay te-handroso ho amin'ny fahalavorariana, araka ny torohevitra Md Jean de la Croix, dia tsy maintsy “mamakafaka tsara hoe eo ampelatanan'iza no anankinany ny tenany, satria hanahaka an'izay ho mpampianatra azy ny mpianatra ; hanahaka an'izay ho rainy ny zanaka”. Ary koa : “Tsy hoe tsy maintsy ho olona mahay sy malina fotsiny ny mpitantana, fa koa tsy maintsy ho zadrarahaha (...). Raha tsy manana fahalalana amam-pahazarana amin'ny fiainam-panahy ny mpitantana ara-panahy, dia tsy afaka hitantana ho amin'izany an'ireo olona izay iantsoan'Andriamanitra azy, ary tsy hahatakatra an-tsaina an'izany aza izy ireo”³.

Ny toerana mety sy tsara amin'ny fivavahana

1181,2097 2691. Ny fiangonana, tranon'Andriamanitra, no toerana sahasan'ny fivavahana litorzika ho an'ny ankohonana kristianina eo amin'ny paroasy. Ny fiangonana koa no toerana manokana amin'ny fitsaohana ny fisiana marin'i 1379 Jesoa-Kristy amin'ny Sakramenta Masina. Ny fifidianana toerana mety sy tsara dia tsy azo atao tsinontsinona amin'ny fahitsian'ny fivavahana :

– ho an'ny fivavahana irery, dia azo anaovana izany ny “efi-trano kely mangina”, miaraka amin'ny Soratra Masina sy ny sarimasina, mba ho

1. jer. CT 54.

2. jer. CT 55.

3. Llama strophe 3

“ao, amin’ny mangingina” eo anoloan’ny Raintsika izany¹. Ao an-tokantrano kristianina, io karazana efi-trano kely fivavahana io dia tsara anaovana vavaka iombonana ;

- eo amin’ny faritany misy tranon-dreljiozy mpitoka-monina, ny fiantsoana ho amin’ireny fikambanana ireny dia ny mampandroso ny fifampizaràna amin’ny vavaka isan’Andro miaraka amin’ny mpino, ary ny mamela hitokana mangina ilaina amin’ny fivavahana irery mafimafy kokoa². 1175
- ireo fivahiniana masina no mamohafoha ao an-tsaina ny diantsika ety antany ho any an-danitra. Izy ireny araka ny lovam-panahy no fotoan-dehibe fihavaozana amin’ny vavaka. Ny trano fiangonam-pivahiniana masina, ho an’ny mpanao fivahiniana masina eo am-pitadiavana loharano velona ho azy ireo, no toerana manokana mba hiainana “ao amin’ny Fiangonana” an’ireo fomba amin’ny fivavahana kristianina. 1674

FAMINTINANA

2692. *Amin’ny fivavahany, ny Fiangonana mivahiny eto an-tany dia mikambana amin’ny Fiangonan’ireo olomasina izay italoany fanelanelanana.*

2693. *Ireo toe-panahy samihafa manentana ny kristianina dia mandray anjara amin’ny lovam-pampianarana velona momba ny fivavahana sy mpitarika tsara tokoa ho amin’ny fiainam-panahy.*

2694. *Ny fianakaviana kristianina no voalohan-toerana fanabeazana amin’ny fivavahana.*

2695. *Ireo mpandraharaha voahosotra, ny fanokanam-piainana ho an’ Andriamanitra, ny katesezy, ireo vondrona mpivavaka, ny “fitantanam-panahy”, no miantoka ao amin’ny Fiangonana ny fanampiana ho amin’ny fivavahana.*

2696. *Ny toerana mety sy tsara indrindra amin’ny fivavahana, dia ny efi-trano kely fivavahana natokana ho an’olona tsirairay na ho an’ny fianakaviana, ny tranon-dreljiozy mpitoka-monina, ny trano fiangonam-pivahiniana masina, ary indrindra ny trano fiangonana, izay toerana manokana amin’ny fivavahana litorzika ho an’ny ankohonana kristianina eo amin’ny paroasy, sy toerana nomena tombon-tsoa manokana amin’ny fitsaohana ny Sakramenta masina.*

1. jer. Mt 6,6.
2. jer. FFR 7.

TOKO FAHATELO

Ny fiainam-bavaka

1099 2697. Ny fivavahana no ain'ny fo vaovao. Afaka manentana antsika ny fivavahana na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona. Nefa hadinontsika Ilay izay Fiainantsika sy Manontolontsika. Noho izany, ireo Ray am-panahy, ao amin'ny lovam-panahin'ny Deterônômy sy ireo mpaminany, dia manamafy ny amin'ny fivavahana ho “fahatsiarovana an' Andriamanitra”, famohazana matetitetika ny “fitadidian'ny fo” : “Iaina ny mahatsiaro an'Andriamanitra matetitetika kokoa toy ny miaina”¹. Kanefa tsy ho zatra hivavaka “lalandava” ny olona raha tsy mivavaka amin'ny fotoana sasantsasany, amin'ny finiavana hanao izany : ireny no fotoan-dehibe amin'ny fivavahana kristianina, amin'ny hamafisana sy amin'ny faharetana.

1168 2698. Ny Lovam-pampianaran'ny Fiangonana dia manome hevitra ny mpino amin'ny fiverimberenan'ny vavaka natokana ho fanamafisana ny mivavaka lalandava. Fanao isan'andro ny sasany amin'ireny : ny vavaka maraina sy 1174 hariva, ny vavaka aloha sy aorian'ny sakafo, ny Vavaka Isan'Andro. Ny alahady, noho izy mifantoka amin'ny Eokaristia, dia hamasinina indrindra amin'ny alalan'ny vavaka. Ny fihodinan'ny taona litorzika sy ireo fety lehibe 2177 ao aminy no fiverimberenana ara-potoana lehibe indrindra eo amin'ny fiainam-bavaka kristianina.

2563 2699. Tarihin'ny Tompo amin'ny lalana sy ny fomba izay sitraky ny Tenany ny olona tsirairay. Mamaly Azy koa ny mpino tsirairay araka ny famaritan'ny fony sy ny fanehoany manokana ny fivavahany. Ny Lovam-pampianarana kristianina anefa dia mitazona fanehoana telo lehibe ny fiainam-bavaka : ny vavaka am-bava, ny fandinihana masina, ny vavaka am-po. Ny soritra fototra iombonan'ireo dia ny fanombenan-tsaina amam-po. Izany fiambenana hitandrina ny Teny izany sy ny hitoetra eo anatrehan'Andriamanitra izany no mahatonga ireo fanehoana telo ireo ho fotoan-dehibe amin'ny fiainam-bavaka.

ANDALANA 1

Ny fanehoam-bavaka

I. Ny vavaka am-bava

1176 2700. Amin'ny alalan'ny Teniny Andriamanitra no miteny amin'ny olombelona. Amin'ny alalan'ny teny izany, an-tsaina na am-bava, no iforonan'ny fivavahantsika. Kanefa ny zava-dehibe indrindra dia ny fanatrehan'ny fo an'

1. Md Grégoire de Naz., oratio 27 (théol. 1) 4.

Ilay izay iresahantsika amin'ny vavaka. “Miankina amin'ny hafanam-pon'ny tenantsika, fa tsy amin'ny hamaroan'ny teny, no ihainoana ny vavaka ataontsika”¹.

2701. Foto-pisainana ilaina amin'ny fiainana kristianina ny vavaka am-bava. Ireo mpianatra, voasinton'ny vavaka amim-panginana fanaon'ny Mpampianatra azy ireo, dia nampianaran'ity Mpampianatra vavaka am-bava iray : ny Rainay izany. Tsy ny fivavahana litorzika fanao tao amin'ny sinagôga ihany no vavaka nataon'i Jesoa, fa asehon'ireo Evanjely amintsika Izy nanandram-peo mba hanehoany ny fivavahany manokana, nanomboka tamin'Izy nientan-kafaliana nisaotra ny Ray² ka hatramin'ny fijaliana tao Getsemania³. 2603 612

2702. Izany filana amin'ny fanakambanana ny fandrenesana sy ny vavaka anaty izany dia mamaly izay takin'ny toetra voa-Janahary maha-olombelona antsika. Vatana sy fanahy isika, ka tsapantsika ao anaty ny filana maneho ety ivelany ny fihetseham-panahintsika. Ny tenantsika manontolo no ilaina mivavaka mba hanome ny hery rehetra azo ampiasaina amin'ny fitalahoantsika. 1146

2703. Mamaly ny fitakian'Andriamanitra koa izany filana izany. Mitady mpivavaka amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana Andriamanitra, ka noho izany ilainy ny vavaka miakatra amin-kery avy ao anaty fanahy lalina. Ankasitrahany koa ny fanehoana ety ivelany izay manakambana ny vatana amin'ny vavaka anaty, satria io fanehoana ety ivelany io no anolorana Aminy ny mari-panajana lavorary avy amin'izay rehetra ananany fahefana. 2097

2704. Satria hita miharihary sy tena araka ny maha-olombelona tanteraka ny vavaka am-bava, ka izany no maha-vavaka fanaon'ny vahoaka azy amin'ny fomba tsara indrindra. Sady na ny vavaka faran'izay ao anaty aza, tsy azo anamaivanana ny vavaka am-bava. Arakaraka ny fahatsiarovantsika ao ant-saina an'Ilay “izay iresahantsika”⁴ no mahatonga ny vavaka ho anaty. Amin'izay ny vavaka am-bava dia tonga endrika voalohan'ny vavaka fibanjinana.

II. Ny fandinihana masina

2705. Ny fikatsahana indrindra no tena fandinihana masina. Katsahin'ny saina ny hahafantatra antony sy ny fomba fiainana kristianina, mba hiraiketana sy hamaliana amin'izay angatahin'ny Tompo. Ilaina amin'izany ny fifantohan-tsaina mafy amin'ny fifehezan-tena. Fomba mahazatra ny mampiasa boky, 158

1. Md Jean Chrysostome, De Anna 2,2.

2. jer. Mt 11,25-26.

3. jer. Mk 14,36.

4. Mb Terezin'i Jesoa Zazakely, cam.26.

127 ary maro ny kristianina manana izany : ny Soratra Masina, indrindra ny Evanjely, ny sarimasina, ny vakiten'ny litorzian'ny andro na ny vaninandro, ny asa soratr'ireo Ray am-panahy, ny boky momba ny fiainam-panahy, ny boky lehibe momba ny fahariana sy ny an'ny tantara, ny pejina'ny "Anio"an'Andriamanitra.

2706.Ny mandinika an-tsaina izay vakina dia mahatonga haka izany ho an'ny tena amin'ny fampifanatrehana izany amin'ny tena ihany. Eto, boky hafa no mivelatra, dia ny bokin'ny fiainana. Mihelina ao an-tsaina ary mankany amin'ny zava-misy izany. Arakaraka ny fanetren-tena sy ny finoana, no ahitana ao amin'izany ny hetsika izay manaitra ny fo sy ahafahana mandanjalanja izany. Tokony hanao ny marina mba ho tonga amin'ny Fahazavana : "Tompo ô, inona no tianao hataoko?".

2690 2707.Marô samihafa toy ireo mpanabe ara-panahy ny fomba fanaovana fandinihana masina. Manana adidy hanao fandinihana masina araka ny fotoana voalamina ny kristianina iray, raha tsy izany dia hitovy amin'ireo tany telo voalohany amin'ny fanoharana momba ny mpamafy izy¹. Mpitarika ihany anefa ny fomba ; ny zava-dehibe dia ny mandroso miaraka amin'ny 2664 Fanahy Masina, eo amin'ny lalana tokan'ny fivavahana, dia i Kristy Jesoa.

516,2678 2708. Ny fandinihana masina dia mampiasa ny fisainana, ny fiheverana, ny fiontanam-po ary ny faniriana. Ilaina io fampiasana io mba handalinana ny fankatoavana ny finoana, mba hahatonga ny fibebahan'ny fo ary mba hampahery ny sitrapo hanarahana an'i Kristy. Ny fivavahana kristianina dia mifantoka kokoa amin'ny fandinihana "ny misterin'i Kristy", toy ny *famakiana ny Tenin'Andriamanitra (lectio divina)* na ny Raozery. Manandanja tokoa izany endri-pandinihana mampivavaka izany, kanefa tokony handroso amin'ny lalindalina kokoa hatrany ny fivavahana kristianina : ny fahalalana ombam-pitiavana an'i Jesoa Tompo sy ny fiombonana Aminy.

III. Ny vavaka am-po

2562-2564 2709.Inona no atao hoe vavaka am-po ? Izaô no avalin'i Mb Terezy : "Ny vavaka am-po avy ao an-tsaina, dia tsy inona, araka ny hevitra, fa fifaneraserana lalina amim-pifankatiavana izay hiresahan'ny olona irery matetika amin'ilay Andriamanitra fantany fa tiany"².

Ny vavaka am-po no mitady Ilay "malalan'ny foko" (Ton 1,7)³. Dia i Jesoa izany, ary ao Aminy, ny Ray. Tadiavina Izy, satria ny maniry Azy no mandrakariva fanombohan'ny fitiavana, ary tadiavina amin'ny finoana

1. jer. Mk 4,4-7.15-19.

2. Mb Thérèse in Vida 8.

3. jer. Ton 3,1-4.

madio tsy misy fahony Izy, ilay finoana izay mahatonga antsika ho teraka avy Aminy sy miaina ao Aminy. Mbola azo atao koa ny mandinika ao antsaïna ny vavaka am-po, kanefa afantoka amin'ny Tompo ny fijery.

2710. Ny fifidianana ny *fotoana sy ny faharetan'ny vavaka am-po* dia miankina amin'ny sitrapo tsy mihambahamba, afaka manambara ny tsiambaratelon'ny fo. Tsy hoe manao vavaka am-po rahafa manam-potoana : maka fotoana ho an'ny Tompo, omban'ny fanapahan-kevitra hentitra fa tsy hiala Aminy amin'izay fotoana izay eny an-dalana, na inona na inona fitsapan-toetra sy fahamainan'ny fihaonana. Mety tsy ho afaka hanao fandinihana masina matetika ny olona, fa afaka manao vavaka am-po lalandava kosa izy, izay tsy miankina amin'ny toe-pahasalamana, amin'ny asa na amin'ny fihetseham-po. Ny fo no toeram-pikatsahana sy toeram-pihaonana, ao anatin'ny fahantrana sy ny finoana. 2726

2711. Ny *firosoana amin'ny vavaka am-po* dia mifanahaka amin'ny an'ny litorzian'ny Eokaristia : “akambana” ny fo, vononina ny tenantsika manontolo ho eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, itoerana ny fonenan'ny Tompo, dia ny tenantsika izany, velomina ny finoana mba hidirana Eo anatrehan'Ilay izay miandry antsika, ariana ny saron-tavantsika ary averina ny fontsika ho any amin'ny Tompo izay tia antsika mba hanolotra ny tenantsika Aminy ho fanatitra hodiovina sy hovàna. 1348 2100

2712. Ny vavaka am-po dia vavaky ny zanak'Andriamanitra sy ny mpanota voavela heloka izay manaiky handray ny fitiavana nitiavana azy sy maniry hamaly izany amin'ny fitiavana bebe kokoa hatrany¹. Kanefa fantany fa ny valin'ny fitiavany dia ilay izay arotsaky ny Fanahy ao am-pony, satria fahasoavana avy amin'Andriamanitra avokoa ny zava-drehetra. Ny vavaka am-po no fanomezana tsotra sy mahantra amin'ny sitrapo be fitiavan'ny Ray miombona lalindalina kokoa hatrany hatrany amin'ny Zanany malalany. 2822

2713. Ny vavaka am-po araka izany no fanehoana tsotra indrindra ny misterin'ny fivavahana. *Fanomezana* sy fahasoavana ny vavaka am-po ; tsy azo raisina izy raha tsy ao anatin'ny fanetren-tena sy ny fahantrana. *Fifandraisam-panejem-pihavanana* naorin'Andriamanitra ao anatintsika lalina ao ny vavaka am-po². *Fiombonana* ny vavaka am-po : amin'izany ny Trinite Masina no mampitovy ny olombelona, endrik'Andriamanitra, “amin'ny fifanahafana Aminy”. 2259

2714. Ny vavaka am-po koa no *fotoan-dehibe* amin'ny fomba tsara dia tsara amin'ny fivavahana. Amin'ny vavaka am-po, ny Ray no mampitao hery antsika amin'ny alalan'ny Fanahiny, mba hatanjaka ao amintsika ny olona

1. jer. Lk 7,36-50 ; 19,1-10.
2. jer. Jer 31,33.

anaty, mba honina ao am-pontsika i Kristy amin'ny alalan'ny finoana, ary mba handatsa-paka sy hiorim-paka amin'ny fitiavana isika¹.

2715. Ny fibanjinana dia *fijerena* amim-pinoana, mifantoka amin'i Jesoa. "Mahatazana Azy aho ary Izy mahatazana ahy", hoy ilay tantsaha tao "Ars" nivavaka teo anoloan'ny Tabernakla, tamin'ny fotoan'andron'ilay Pretrany masina mpiandraikitra voalohany ny paroasy². Izany fiheverana an'i Jesoa izany no fandavana ny "maha-izaho ahy". Manadio ny fo ny fijeriny. Manazava ny mason'ny fontsika ny fahazavam-pijerin'i Jesoa ; mampianatra antsika hahita ny zavatra rehetra ao amin'ny fahazavan'ny fahamarinany sy ny fangorahany ho an'ny olombelona rehetra izany. Mitondra koa ny fijeriny mikasika ny misterin'ny fiainan'i Kristy ny fibanjinana. Ny fibanjinana, araka izany, no mampianatra "ny fahalalana anaty momba ny Tompo" mba hitiavana Azy sy hanarahana azy bebe kokoa³.

2716. Ny vavaka am-po dia *fhainoana* ny Tenin'Andriamanitra. Tsy fihainoana fe fihainoana fotsiny izany, fa koa fanekena ny finoana, fandraisana amim-pankatoavana tanteraka ny maha-mpanompo ary firaketam-pitiavana ny maha-zanaka. Fihainoana andraisana anjara amin'ny "Eny" nataon'ny Zanaka tonga Mpanompo izany, sy amin'ny "*Aoka anie ho tanteraka amiko*" nataon'ny mpanompovaviny tsinontsinona.

2717. Ny vavaka am-po dia *fanginana*, ilay "fanehoana an'ohatra an'izao tontolo izao hoavy"⁴ na "fitiavana amim-panginana"⁵. Tsy toy ny kabary ny teny amin'ny vavaka am-po, fa toy ny tapa-drantsankazo izay mampirehitra ny afom-pitiavana. Amin'izany fanginana izany, izay tsy zakan'ny olona "ivelany fotsiny", no ilazan'ny Ray amintsika ny Teniny tonga nofo, nijaly, maty ary nitsangan-ko velona, sy ampandraisan'ny Fanahy maha-zanaka anjara antsika amin'ny vavak'i Jesoa.

2718. Ny vavaka am-po dia firaisana amin'ny vavak'i Kristy, izay hampandraisany anjara amin'ny misterin'i Kristy. Ankalazain'ny Fiangonana amin'ny Eokaristia ny misterin'i Kristy, ary ataon'ny Fanahy Masina maharitra amin'ny vavaka am-po, mba hiseho amin'ny alalan'ny fitiavana arahin'asa io misterin'i Kristy io.

2719. Ny vavaka am-po dia fiombonam-pitiavana mitondra Aina ho an'ny be sy ny maro, arakaraka ny maha-fanekena azy hitoetra ao anatin'ny alin'ny finoana. Ny Alin'ny Pakan'ny Fitsanganan-ko velona dia mandalo amin'ny

1. jer. Efez 3,16-17.

2. jer. F. Trochu, *Le Curé d'Ars Saint Jean-Marie Vianney*, pp.223-224.

3. jer. Md Ignace, ex. spir. 104.

4. Md Isaac de Ninive, tract. myst. 66.

5. Md Jean de la Croix, carta 6.

an'ny fiadian'aina sy ny an'ny fasana. Ireo fotoan-dehibe telon'ny Oran'i Jesoa ireo izany no nampiana ny Fanahiny (fa tsy ny "nofo osa") tamin'ny vavaka am-po. Ilaina ny manaiky "hiari-tory ora iray miaraka Aminy"¹.

2730

FAMINTINANA

2720. *Mamporisika ny mpino ny Fiangonana, hanao ireo vavaka nalamin'ny arapotoana : vavaka samihafa fanao andavanandro, Vavaka Isan'Andro, Sorona Masin'ny Alahady ary ireo fety samihafa amin'ny taona litorzika.*

2721. *Telo ny fomba lehibe fanehoana ny fiainam-pivavahana eo amin'ny lovam-pampianarana kristianina : ny vavaka am-bava, ny fandinihana masina ary ny vavaka am-po. Ny fanombenan-tsaina amam-po no iombonan'ireo.*

2722. *Ny vavaka am-bava, miorina amin'ny firaisan'ny vatana sy ny fanahy amin'ny toetra voa-Janahary maha-olombelona, dia mampikambana ny tenany amin'ny vavaka anatin'ny fo, toy ny nataon'i Kristy nivavaka tamin'ny Rainy sy nampianatra ny Mpianany ny RAINAY.*

2723. *Ny fandinihana masina dia fikarohana mampivavaka izay ampiasana ny fisainana, ny fiheverana, ny fiontanam-po, ny faniriana. Ny kendren'ny fandinihana masina, dia ny fakana ho an'ny tena amim-pinoana, izay fotojavatra nodinihina sy nampitahana tamin'ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika.*

2724. *Ny vavaka am-po avy amin'ny saina no fanehoana tsotra ny misterin'ny fivavahana. Ny vavaka am-po dia fijerena amim-pinoana mifantoka amin'i Jesoa, fihainoana ny Tenin'Andriamanitra, fitiavana amim-panginana. Ny vavaka am-po no manatanteraka ny fiombonam-bavaka amin'i Kristy, arakaraka ny ampandraisany anjara antsika amin'ny misteriny.*

ANDALANA 2

Ny tolom-bavaka

2725. *Sady fanomezam-pahasoavana ny fivavahana no valin-teny raikitra avy amintsika. Mila ezaka lalandava ny mivavaka. Ireo mpivavaka malaza ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha teo alohan'i Kristy, ary koa i Maria Renin'Andriamanitra sy ireo olomasina miaraka Aminy, dia mampianatra antsika fa tolona ny vavaka. Tolona amin'iza ? Tolona amin'ny tenantsika ihany sy tolona amin'ny hafetsen'ny Mpaka fanahy izay manao izao rehetra izao hampivily lalana ny olona tsy ho amin'ny fivavahana, tsy ho amin'ny firaisana amin'Andriamaniny. Tahaka ny miaina ny mivavaka, satria tahaka*

2612
409

1. jer. Mt 26,40-41.

2015 ny mivavaka ny miaina. Raha tsy tian'ny olona ny hanao izany matetika araka ny Fanahin'i Kristy, dia tsy ho afaka velively koa izy hivavaka amim-pahazarana amin'ny anarany. Tsy azo sarahina amin'ny tolom-bavaka ny "adim-panahy" amin'ny fiainam-baovao ny kristianina.

I. Ireo hevitra manohitra fivavahana

2710 2726. Amin'ny tolom-bavaka isika no manohitra, ao amin'ny tenantsika ihany sy amin'ny manodidina antsika, an'ireo *fihevitra diso momba ny fivavahana*. Ny sasany dia mihevitra ny fivavahana ho asa ara-pisikôlôzia tsotra ihany, ny hafa kosa dia mihevitra izany ho ezaka famoriana herin-tsaina mba ho foana tsy misy na inona na inona ao an-tsaina. Ny sasany indray mandravona izany ho fehezan-dalàna eo amin'ny fihetsika aseho sy fiteny ara-pomba fotsiny. Amin'ny tsy fahatsiarovan-tsainan'ny maro amin'ny kristianina, ny mivavaka dia raharaha tsy afa-miaraka amin'izay rehetra tokony hataon'izy ireo, ka tsy manam-potoana hono izy ireo. Ireo izay mitady an' Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka dia malaky kivy satria tsy fantatr'izy ireo fa ny fivavahana dia avy amin'ny Fanahy Masina koa fa tsy avy amin'izy ireo ihany.

37 2500 2727. Isika koa tokony hanohitra ireo *toe-tsain'* "ny olon'ity tany ity"; tafiditra ao amintsika ireny raha tsy malina isika ; ohatra : izay voamarin'ny saina sy ny siansa ihany no marina (nefa anie ny mivavaka dia mystery mihoatra ny kônsiansintsika sy ny tsy fahalalantsika e !) ; ny habetsahan'ny famokarana sy ny vokatra azo (tsy mamokatra ny fivavahana, noho izany, tsy ilaina) ; ny tsapan'ny fandrenesana sy ny fiadanam-piainana ihany no mari-pitsaràna ny marina, ny soa sy ny tsara (nefa anie ny fivavahana, "fitiavana ny Tsara" [filôkalia], dia firaketam-pitiavana ny Voninahitr'Andriamanitra velona sy marina e!) ; ny fanoherana ny fitiava-miasa tafahoatra no indro hisehoan'ny fivavahana ho fandosirana an'izao tontolo izao (nefa anie ny fivavahana kristianina dia tsy fialana amin'ny tantara na fisarahana amin'ny fiainana e!).

2728. Farany, ny tolona ataontsika dia tsy maintsy hanoherana an'izay tsapantsika ho *tsy fahombiazantsika amin'ny fivavahana* : fahakiviana manoloana ny fahamainan'ny fo, alahelo amin'ny tsy fahafoizana manontolo ho an'ny Tompo, satria "manankarem-be"¹ isika, fahadisoam-panantenana noho isika tsy ankatoavim-bavaka araka ny sitrapontsika manokana, ratra avy amin'ny avonavontsika izay mihamafy eo amin'ny faharatsian-toetra mahampanota antsika, tsy fahazakana ny maha-marim-pototra ny fivavahana, sns. Mitovy hatrany ny fehin-kevitra : inona no soa azo amin'ny mivavaka ? Mba handresena ireny vato misakana ireny, tsy maintsy miady ho amin'ny fanetren-tena, ny fitokiana ary ny fitozoana.

1. jer. Mt 10,22.

II. Fo miambina amim-panetren-tena

Manoloana ny fahasarotan'ny fivavahana

2729. Ny fahasarotana mahazatra amin'ny fivavahantsika dia ny *fihakahakan-kevitra*. Mety ho mifantoka amin'ny teny sy ny dikany izany, amin'ny vavaka am-bava ; mety hifantoka lalindalina kokoa amin'Ilay izay ivavahantsika izany, amin'ny vavaka am-bava (ara-litorzia na irery), amin'ny fandinihana masina sy amin'ny vavaka am-po. Ny mieritreritra handositra ny fihakahakan-kevitra dia mety ho latsaka ao anatin'ny fandrik'izy ireny, nefa ampy ny miverina ao am-pontsika : ny fihakahakan-kevitra no maneho ²⁷¹¹ amintsika ny amin'izay iraketantsika ary izany fahatongavan-tsaina manetry tena eo anatrehan'ny Tompo izany no tokony hamoha ny fitiavantsika Azy manokana, amin'ny fanapahan-kevitra hanolotra ny fontsika Aminy mba hanadiovany azy. Eo amin'izany no mipetraka ny tolona, ny fifidianana ny Tompo ho tompoina¹.

2730. Ny tena marina, ny tolona anoherana ny tenantsika mangeja sy mpanjakazaka, dia ny *fiambenana* sy ny fahatsoran'ny fo. Rahefa manantitrantitra momba ny fiambenana i Jesoa, dia mifandray lalandava Aminy izany, amin'ny Fahatongavany, amin'ny farandro sy isan'andro : ²⁶⁵⁹ “anio”. Ho tonga amin'ny sasak'alina ny Mpampakatra ; ny fahazavana izay tsy tokony ho faty, dia ny fahazavan'ny finoana : “Izao no lazain'ny foko Aminao : "Tadiavo ny Tavany" ” (Sal 27,8).

2731. Ny fahasarotana hafa, indrindra ho an'ireo izay te-hivavaka amim-pahatsorana, dia ny *fahamainan'ny fo*. Tafiditra amin'ny vavaka am-po izany izay ny fo no voasakana, tsy mahazo tsirony amin'ny fieritreretana, amin'ny fahatsiarovana sy amin'ny fihetseham-po, ary na amin'ny ara-panahy aza. Izany no fotoana ilana ny finoana madio tsy misy fahony izay ifikirana amim-pitokiana amin'i Jesoa niady aina sy tao am-pasana. “Raha maty ny voam-bary no mahavokatra be” (Jo 12,24). Raha avy amin'ny tsy fahampian'ny faka ny fahamainana, dia satria nilatsaka teo ambony vato ny ¹⁴²⁶ Teny, miankina amin'ny fibebahana ny tolona².

Manoloana ny fakam-panahy amin'ny fivavahana

2732. Ny fakam-panahy matetika indrindra, miafina indrindra, dia ny *tsy fahampian'ny finoantsika*. Malefadefaka kokoa ny fisehon'ny fakam-panahy amin'ny tsy finoana raha miohatra amin'ny fisafidianana ny atao. Rahefa manomboka hivavaka isika, dia indro fa asa na ahiahy maro tsy tambo isaina, ^{2609,2089}

1. jer. Mt 6,21.24.
2. jer. Lk 8,6.13.

heverina ho maika, no miseho ho laharam-pahamehana ; avy eo indray, ny fisehon'ny fahamarinan'ny fo sy ny fitiavany ny zavatra nosafidiana. Mbetika isika mitodika any amin'ny Tompo ho fangataham-bonjy farany : nefa inoana ho izany marina ve ? Mbetika isika mandray ny Tompo ho namana, nefa ny fo mbola ao anatin'ny hambo. Amin'ny toe-java-miseho rehetra anefa, ny tsy fahampian'ny finoantsika no manambara fa tsy mbola manana toe-po manetry tena isika : “Raha tsy Izaho, tsy mahefa *na inona na inona* ianareo” (Jo 15,5).

2094 2733.Fakam-panahy hafa koa, izay anokafan'ny fihamboana ny varavarana mankao, dia ny *fahalainana*. Ny tian'ny Ray am-panahy ho lazaina amin' izany dia ny endriky ny harerahan-tsaina avy amin'ny fahaketrahan'ny famolahan-tena, ny fihenana'ny fiambenana, ny an-tsirambin'ny fo. “Marisika ny fanahy, fa ny nofo no osa” (Mt 26,41). Arakaraka ny ianjerana avy any ambony no andrenesana maharary kokoa. Ny fahakiviana, mangirifiry no am-badiky ny fihamboana. Tsy ho gaga ny amin'ny fijaliany izay manetritena, fa izany no mitarika azy hanana fitokiana bebe kokoa hifikitra mafy ao anatin'ny faharetana.

III. Ny fitokiana maha-zanaka

2629 2734.Voasedra ny fitokiana maha-zanaka – voaporofy izany – ao anatin'ny fahoriana amam-pijaliana¹. Ny manahirana indrindra dia ny mikasika ny *vavaka fangatahana*, na ho an'ny tena na ho an'ny hafa eo amin'ny fitalahoana. Mijanona tsy mivavaka mihitsy aza ny sasany satria heverin'izy ireo fa tsy nekena ny fangatahany. Fanontaniana roa no mipetraka eto : Nahoana isika no mihevitra fa tsy ekena ny fangatahantsika ? Ahoana no anekena ny vavaka ataontsika sy “andairany” ?

Nahoana isika no mitaraina fa tsy ekem-bavaka ?

2779 2735.Ny fanamarinana aloha no tokony hahagaga antsika. Rahefa midera an'Andriamanitra isika na misaotra Azy noho ny soa ankapobeny avy Aminy, tsy dia miahiahy loatra isika ny hahalala raha ankasitrahan' Andriamanitra ny fivavahantsika. Ho setriny, mitaky hahita ny vokatry ny fangatahantsika isika. Endrik'Andriamanitra manahoana ary no heverintsika amin'ny fivavahantsika : fitaovana ampiasaina ve sa ny Rain'i Jesoa-Kristy Tompontsika ?

2559 2736.Miaiky ve isika fa “na izay tokony hangatahantsika amin'ny vavaka ataontsika aza tsy fantatsika” (Rôm 8,26). Moa ve “ny zavatra tena mahasoa” no angatahantsika amin'Andriamanitra ? Fantatry ny Raintsika tokoa izay

1. jer. Rôm 5,3-5.

ilaintsika, na tsy mbola mangataka Aminy akory aza isika¹, nefa miandry ny fangatahantsika Izy, satria ny fahamendrehan'ny zanany dia ao anatin'ny fahafahan'izy ireo. Noho izany, ilaina ny mivavaka miaraka amin'ny Fanahiny maha-olona afaka, mba hahazoana mahalala marina ny faniriany². 1730

2737. “Ianareo no tsy mahazo, dia satria tsy mangataka ianareo. Mangataka ianareo, fa tsy mahazo, satria ratsy fangataka ianareo, dia ny hahazo izay hiaranan'ny filan-dratsinareo” (Jak 4,2-3)³. Raha amin'ny fo voazarazara sy “mijangajanga” no angatahantsika⁴, dia tsy afaka hankato ny fivavahantsika Andriamanitra, satria ny soa ho antsika sy ho an'ny fiainantsika no sitrany. “Heverinareo ve fa miteniteny foana ny Soratra Masina milaza hoe : Maniry anareo ao anatin'ny fahasaratam-piaro ny Fanahy Masina izay nampitoeriny ao aminareo ?” (Jak 4,5). “Saro-piaro” antsika ny Andriamanitsika, ary izany no famantarana ny fahamarinan'ny fitiavany. Midira isika ao anatin'ny fanirian'ny Fanahiny, dia hankatoavim-bavaka isika :

Aza malahelo ianao, raha tsy mandray eo no eo avy hatrany amin' Andriamanitra izay angatahinao Aminy ; ny sitrany dia ny mbola hanao soa betsaka ho anao ao anatin'ny fitozoanao miara-mitoetra Aminy amin'ny vavaka⁵. Tiany raha sedraina amin'ny vavaka ny faniriantika. Noho izany, mandrisika antsika handray izay efa nomaniny homena antsika Izy⁶.

Atao ahoana no hampahomby ny fivavahantsika ?

2738. Ny fanambaràna momba ny fivavahana ao amin'ny fitantanam-pamonjena no mampianatra antsika fa miankina amin'ny asan'Andriamanitra ao amin'ny tantara ny finoana. Ny fitokiana maha-zanaka dia avy amin'ny asany tsara indrindra : ny fijaliana sy ny Fitsanganan'ny Zanany ho velona. Ny vavaka kristianina no fiaraha-miasa amin'ny Fitahian'Andriamanitra sy amin'ny fandaharam-pitiavany ho an'ny olombelona rehetra. 2568 307

2739. Ao amin'i Md Paoly, tena fahasahiana tokoa izany fitokiana izany⁷, miorina amin'ny vavaky ny Fanahy ao amintsika sy amin'ny fitiavan'ny Ray tsy mivadika izay nanomezany antsika ny Zanany Lahitokana⁸. Ny fanovàna ny fo izay mivavaka no valy voalohany amin'ny fangatahantsika. 2778

1. jer. Mt 6,8.

2. jer. Rôm 8,27.

3. jer. ny hevitra manodidina ny Jak 4,1-10 ; 1,5-8 ; 5,16.

4. jer. Jak 4,4.

5. Evagre, or. 34.

6. Md Augustin, ep. 130,8,17.

7. jer. Rôm 10,12-13.

8. jer. Rôm 8,26-39.

2604 2740. Ny vavak'i Jesoa no mahatonga ny fivavahana kristianina ho fangatahana mahomby. Izy no môdelintsika amin'izany, Izy no mivavaka ao amintsika sy miaraka amintsika. Satria ny fon'ny Zanaka tsy mikatsaka afa-tsy izay mahafaly ny Ray, ka ahoana ny fon'ny zanaka natsangana no hiraikitra amin'ny fanomezana fa tsy amin'ny Mpanome ?

2606 2741. Mivavaka ho antsika koa i Jesoa, eo amin'ny toerantsika sy ho amin'ny tombon-tsoantsika. Voaravona indray maka tamin'ny Antsony mahery teo amin'ny Hazofijaliana sy neken'ny Ray tamin'ny Fitsanganany ho velona ny fangatahantsika rehetra, ka noho izany tsy mitsahatra ny mitalaho ho antsika amin'ny Ray Izy¹. Raha miray tanteraka amin'ny an'i Jesoa ny fivavahantsika, ao anatin'ny fitokiana sy ny fahasahiana maha-zanaka, dia ho azontsika izay rehetra angatahantsika amin'ny Anarany, mihoatra lavitra noho ity na itsy : ny Tenan'Izy Fanahy Masina izay manana ny fanomezana rehetra.

IV. Mitozoa amin'ny fitiavana

2098 2742. “Mivavaha lalandava” (1 Tes 5,17), “amin'ny fotoana rehetra sy isaminitra, misaora an'Andriamanitra Ray amin'ny anaran'i Jesoa-Kristy Tompontosika” (Efez 5,20), “mahareta ianareo amin'ny fivavahana sy ny fitalahoana ; mivavaha lalandava ianareo ao amin'ny Fanahy, aza mety ho sasatra miambina ho amin'izany ary mangataha ho an'ny olomasina rehetra” (Efez 6,18). “Izy tsy nandidy antsika hiasa, hiari-tory na hifady hanina mandrakariva, fa ny didy ho antsika dia ny mivavaka lalandava”². Tsy mety ho azo izany hafanam-po tsy mahalala sasatra izany, raha tsy avy amin'ny fitiavana. Ny tolom-bavaka izay tolom-pitiavana manetry tena, matoky sy mitozo, no enti-manohitra ny fahadontoantsika sy ny fahalainantsika. Izany fitiavana izany no manokatra ny fontsika ho amin'ny fahamarinana telo amin'ny finoana, mazava sy mamelombelon'aina :

2743. Azo atao lalandava ny mivavaka : ny fotoanan'ny kristianina dia ny an'i Kristy nitsangan-ko velona izay “miaraka amintsika, isan'andro” (Mt 28,20), na manao ahoana na manao ahoana ny fitsokan'ny tafiodrivotra³. Eo ampelatanan'Andriamanitra ny fotoanantsika :

Azo atao ny mivavaka matetika sy feno hafanam-po, na dia eny an-tsena aza, na eny am-pitsangatsanganana irery. Azo atao koa, na dia mipetraka ao antrano fivarotanao aza, na eo am-pividianana na eo am-pivarotana, na koa eo am-pahandroana sakafo aza⁴.

1. jer. Heb 5,7 ; 7,25 ; 9,24.

2. Evagre, cap. pract. 49.

3. jer. Lk 8,24.

4. Md Jean Chrysostome, De Anna, sermo 4,6.

2744. *Filana eo amin'ny fiainana* ny mivavaka. Tsy ampy haharesy lahatra ny porofo mifanohitra amin'izany : raha tsy mety hotarihin'ny Fanahy isika, dia miverina eo ambany fanandevozan'ny fahotana¹. Ahoana moa no hahatonga ny Fanahy Masina ho “Fiainantsika” raha lavitra Azy ny fontsika ?

Tsy misy mahasoa noho ny fivavahana : izy no mahatonga izay tsy azo tanterahina ho azo tanterahina, izay sarotra ho mora. Koa tsy azo atao ny hoe olona mivavaka no hanota².

Azo antoka fa mamonjy tena izay mivavaka ; tsy isalasalana fa mamery tena izay tsy mivavaka³.

2745. *Tsy azo sarahina* ny fivavahana sy ny *fiainana kristianina* satria iray ihany ny fitiavana momba izany ary iray ihany ny fandavan-tena vokatr'io fitiavana io. Iray ihany ny fitoviana maha-zanaka sy feno fitiavana amin'ny fandaharam-pitiavan'ny Ray. Iray ihany ny fampiraisa-manova ao amin'ny Fanahy Masina izay mampitovy antsika bebe kokoa hatrany amin'i Kristy Jesoa. Iray ihany ny fitiavana ity ity ny olona rehetra, dia ny fitiavana izay 2660 ity ity amin'i Jesoa antsika. “Izay rehetra hangatahinareo amin'ny Ray amin'ny Anarako, dia homeny anareo izany. Ny andidiako anareo, dia ny mba hifankatiavanareo” (Jo 15,16-17).

Ilay izay manakambana ny fivavahana amin'ny asa sy manakambana ny asa amin'ny fivavahana, no mivavaka lalandava. Amin'izany ihany no ahafahantsika mihevitra fa azo tanterahina ny fitsipika fototra momba ny mivavaka lalandava⁴.

Ny vavaka tamin'ny Oran'i Jesoa

2746. Nony tonga ny Oran'i Jesoa, dia nivavaka tamin'ny Ray Izy⁵. Ny fivavahany, izay lava indrindra nampitain'ny Evanjely, dia mahafaoka ny fitantanana manontolo ny fahariana sy ny famonjena, toy ny fahafatesany sy ny Fitsanganany ho velona. Maharitra lalandava ho vavak'i Jesoa ny vavaka tamin'ny Orany, toy ny Pakany izay tonga “indray mandeha monja”, nefa maharitra lalandava ao amin'ny litorzian'ny Fianganony. 1085

2747. Ara-drariny no iantsoan'ny lovam-panahy kristianina ny vavaka tamin'ny Oran'i Jesoa hoe vavaka maha-“mpisorona” Azy. An'ny Mpisorombentsika izany, tsy azo sarahina amin'ny fanoloran-tenany ho Sorona, amin'ny

1. jer. Gal 5,16-25.

2. Md Jean Chrysostome, De Anna 4,5.

3. Md Alphonse de Ligouri, mez.

4. Origène, or.12.

5. jer. Jo 17.

“fandalovany mamakivavaky” (Paka) mankany amin’ny Ray izay tamin’ izany no “nanokanany tena” manontolo amin’ny Ray¹.

2748. Ao amin’io vavaka Paka sy ara-tSorona io, no “namondronana” ny zavadrehetra ao amin’i Jesoa² : Andriamanitra sy izao tontolo izao, ny Teny sy ny nofo, ny fiainana mandrakizay sy ny fotoana, ny fitiavana izay anoloran-tena sy ny fahotana izay mamadika izany, ny mpianatra nanatrika teo sy ireo izay hino Azy amin’ny alalan’ny tenin’izy ireo, ny fietrena sy ny voninahitra. Io no vavaka Mahairay.

2749. Nahatontosa manontolo ny tsanganasan’ny Ray i Jesoa, hany ka mahahenika hatramin’ny fahataperan’ny fotoana ny fivavahany, tahaka ny Fanoloran-tenany ho sorona. Nameno ireo fotoana farany ny vavaka tamin’ny Ora ary nitondra ireo mankamin’ny fahataperan’izy ireo. I Jesoa, ilay Zanaka izay nomen’ny Ray ny zavatra rehetra, dia voatolotra manontolo amin’ny Ray, ary, miaraka amin’izany koa, miteny amin-kalalahana tsy refesi- mandidy Izy³, avy amin’ny fahefana nomen’ny Ray Azy eo amin’ny nofo rehetra. Ny Zanaka, izay tonga Mpanompo, no Tompo, ilay *Tompo Mpandidy ny zavatra rehetra*. Ny Mpisorombentsika izay mivavaka ho antsika koa no Ilay izay mivavaka ao amintsika sy ilay Andriamanitra izay mankato antsika.

2750. Raha miditra amin’ny Anara-masin’i Jesoa Tompo isika no afaka mandray, avy ao anaty, ny vavaka nampianariny antsika hoe : “Rainay !” Ny vavaka maha-mpisorona Azy no nahazoana hevitra, avy ao anaty, an’ireo fangatahana lehibe amin’ny Rainay : ny fiahiana ny anaran’ny Ray⁴, ny firehetam-po amin’ny Fanjakany (ny voninahitra⁵), ny fanatanterahana ny sitrapon’ny Ray, ny fandaharam-pamonjeny⁶ ary ny fanafahana amin’ny ratsy⁷.

2751. Farany, amin’io vavaka io no anambaràn’i Jesoa amintsika sy anomezany antsika ny “fahalalana” tsy azo sarahina momba ny Ray sy ny Zanaka⁸ izay misterin’ny Fiainam-bavaka rahateo koa.

FAMINTINANA

2752. *Mitaky ezaka sy tolona amin’ny tenantsika ihany sy amin’ny hafetsen’ny Mpaka fanahy ny vavaka. Ny tolom-bavaka dia tsy azo sarahina amin’ny*

1. jer. Jo 17,11.13.19.

2. jer. Efez 1,10.

3. jer. Jo 17,11.13.19.24.

4. jer. Jo 17,6.11.12.26.

5. jer. Jo 17,1.5.10.22.23-26.

6. jer. Jo 17,2.4.6.9.11.12.24.

7. jer. Jo 17,15.

8. jer. Jo 17,3.6-10.25.

“adim-panahy” ilaina hoenti-miasa andavanandro araka ny Fanahin'i Kristy: tahaka ny miaina ny mivavaka, satria tahaka ny mivavaka ny miaina.

2753. *Amin'ny tolom-bavaka, ny tsy maintsy toherintsika dia ny fihevitra diso, ny toe-tsaina mahazatra samihafa, ny fahatsapana ny tsy fahombiazantsika. Ny tsara anoherana ireo fakam-panahy mampisy fisalasalana ny amin'ny ilàna na ny amin'ny fahafahana mivavaka ireo, dia ny fanetren-tena, ny fitokiana ary ny fitozoana.*

2754. *Ny fahasaratana misongadina indrindra amin'ny fampiasam-bavaka, dia ny fihakahakahan-kevitra sy ny hamainan'ny fo. Amin'ny finoana, amin'ny fibebahan'ny fo sy amin'ny fiambenany no misy ny fanafodin'izany.*

2755. *Fakam-panahy roa mpitranga matetika no mandrahona ny fivavahana : ny tsy fahampian'ny finoana sy ny fahalainana izay endriky ny harerahan-tsaina avy amin'ny fihenana'ny famolahan-tena na fiketrahan'ny sitrapo, ka mitondra ho amin'ny fahakiviana.*

2756. *Ny fitokiana maha-zanaka no mandalo fitsapan-toetra rahefa heverintsika sy tsapantsika fa tsy hoe hoekena lalandava akory ny fivavahantsika. Mitaona antsika hanontany tena ny Evanjely ny amin'ny fifanarahan'ny fivavahantsika amin'ny fanirian'ny Fanahy.*

2757. *“Mivavaha lalandava” (1 Tes 5,17). Azo atao lalandava ny mivavaka. Filana eo amin'ny fiainana mihitsy izany. Tsy azo sarahina ny fivavahana sy ny fiainana kristianina.*

2758. *Ny vavaka tamin'ny Oran'i Jesoa, antsoina indrindra koa hoe “vavaka maha-mpisorona”¹, no mamondrona ny fitantanana manontolo ny fahariana sy ny famonjena. Avy amin'io vavaka maha-mpisorona io no nipoiran'ny tsirin-kevitra amin'ireo fangatahana lehibe ao amin'ny Rainay.*

1. jer. Jo 17.

SAMPANA FAHAROA

Ny vavaky ny Tompo : “Rainay!”

2759. “Indray andro, tao amin’ny toerana iray, nivavaka i Jesoa. Rahefa nitsahatra Izy, dia hoy ny iray tamin’ireo mpianany nangataka Taminy : “Tompo ô, ampianaro mivavaka izahay, tahaka ny nampianaran’i Joany ny mpianany”” (Lk 11,1). Ho valin’izany fangatahana izany no nanankinan’ny Tompo tamin’ny mpianany sy tamin’ny Fiangonany ny vavaka fototra kristianina. Lahatsoratra fohy (misy fangatahana dimy¹) no atolotr’i Md Lioka ny amin’izany, ary i Md Matio kosa dia manolotra fomba filaza voavelabelatra kokoa (misy fangatahana fito²). Ny lahatsoratr’i Md Matio no notanan’ny lovam-pampianarana ho fanao amin’ny litorzian’ny Fiangonana (Mt 6,9-13).

Rainay any an-danitra,
hohamasinina anie ny Anaranao,
ho tonga anie ny fanjakanao,
ho tanteraka anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio ny haninay isan’andro,
avelao ny fahotanay tahaka ny amelanay izay nanao ratsy taminay,
ary aza avela ho azon’ny fitaoman-dratsy izahay,
fa manafaha anay amin’ny Ratsy.

2760. Vetivety ihany ny fanao ara-litorzia dia namarana ny Vavaky ny Tompo tamin’ny tenim-boninahitra. Toy izao ny ao amin’ny Didaché : “Fa Anao ny hery sy ny voninahitra mandrakizay”³. Ny lalàm-panorenana apôstôlika dia nanampy eo am-panombohana hoe : “ny fanjakana”⁴, ary izany no rijan-teny notanana amin’izao androntsika izao amin’ny fivavahana momba ny firaisam-pinoana. Ny lovam-panahy bizantinina dia nanampy, aorian’ny hoe voninahitra, hoe “Ray, Zanaka sy Fanahy Masina”. Ny bokin-damesa rômanina dia mamelabelatra ny fangatahana farany⁵ eo am-piandrasana ny hasambarana nampanantenaina⁶, sy ny Fiavian’i Jesoa-Kristy Tompontosika, vao manaraka ny fihobian’ny mpiangona na ny famerenana ny tenim-boninahitra avy amin’ny lalàm-panorenana apôstôlika.

1. jer. Lk 11,2-4.
2. jer. Mt 6,9-13.
3. Didaché 8,2.
4. Const. Ap. 7,24,1.
5. jer. Embolisme.
6. jer. Tito 2,13.

“Famintinana ny Evanjely manontolo”

2761. “Famintinana marina tokoa ny Evanjely manontolo ny Fivavahan’ny Tompontsika”¹. “Tamin’ny nampitan’ny Tompo ho antsika io rijan-tenimpivavahana io, dia nampiany hoe : “Mangataha, dia hahazo ianareo” (Jo 16,24). Ny tsirairay àry dia samy afaka manondrotra vavaka samihafa any andanitra araka ny ilainy, nefa ny anombohana lalandava izany dia ny Vavaky ny Tompo, izay mitoetra ho vavaka fototra”².

I. Foiben’ny Soratra Masina rehetra

2762. Taorian’ny nampisehoana hoe : ahoana no maha-sakafo fototry ny fivavahana kristianina ny Salamo ? sy ny maha-fihaonana izany ao amin’ny fangatahana amin’ny Rainay ? dia hoy i Md Augustin mamarana hoe :

“Tetezo daholo ny vavaka rehetra izay ao amin’ny Soratra Masina, fa tsy mino aho hoe mety hahita zavatra izay tsy ao anatin’ny Fivavahan’ny Tompontsika ianareo”³.

2763. Ny Soratra Masina rehetra (ny Lalàna, ny Mpaminany ary ny Salamo), dia tanteraka ao amin’i Kristy⁴. Ny Evanjely io “Vaovao Mahafaly” io. 102
 fanambaràna izany voalohany dia nofintinin’i Md Matio ao amin’ny toriteny teo an-Tendrombohitra⁵. Nefa ny fivavahana amin’ny Rainay no foiben’io fanambaràna io. Ao anatin’izany tontolon-kevitra izany no mihamazava ny fangatahana tsirairay ao amin’ny fivavahana nampitain’ny Tompo :

Ny Fivavahan’ny Tompontsika no lavorary indrindra amin’ny vavaka rehetra (...). Tsy izay rehetra azontsika irina amim-pahitsiana ihany no angatahintsika ao aminy, fa koa araka ny laharam-pahamehana izay mahamety no aniriana izany. Hany ka tsy mampianatra antsika hangataka fotsiny ity vavaka ity, fa manabe koa ny fihetseham-pontsika manontolo⁶. 2541

2764. Fitambaram-pampianaram-piainana ny toriteny teo an-Tendrombohitra, vavaka ny Fivavahan’ny Tompontsika, nefa samy anomezan’ny Fanahin’ny Tompo endrika vaovao ny faniriantika, ireo hetsika ao anaty ireo izay mamelona ny fiainantsika. Nampianatra antsika tamin’ny teniny izany fiainam-baovao izany i Jesoa, sy nampianatra antsika hangataka izany 1965

1. Tertullien or. 1,6.

2. Tertullien or. 10.

3. Md Augustin in Ep. 130,12,22.

4. jer. Lk 24,44.

5. jer. Mt 5-7.

6. Md Thomas d'A., s. th. 2-2,83,9.

1969 tamin'ny vavaka. Avy amin'ny fahitsian'ny fivavahantsika no hiankinan'ny an'ny fiainantsika ao Aminy.

II. “Vavaky ny Tompo”

2701 2765. Ny fiteny mahazatra hoe : “Fivavahan'ny Tompo”, dia midika fa ny fivavahana amin'ny Raintsika dia nampianarina sy nomena antsika tamin'ny alalan'i Jesoa Tompo. Io vavaka izay azontsika avy tamin'i Jesoa io dia tena tokana aman-tany tokoa : “avy amin'ny Tompo” izany. Satria, etsy andaniny, amin'ny alalan'ireo tenin'io vavaka io no anomezan'ny Zanaka Lahitokana antsika ireo teny izay nomen'ny Ray Azy¹ : Izy no Tompon'ny fivavahantsika. Etsy an-kilany, noho Izy Teny tonga nofo, fantany ao ampony maha-olombelona ny filan'ny olombelona rahalahiny sy anabaviny, ary nambarany tamintsika izany : Izy no Môdely amin'ny fivavahantsika.

2766. Kanefa tsy rijan-tenim-bavaka averimberina fotsiny no navelan'i Jesoa ho antsika². Toy ny vavaka tononina rehetra, amin'ny alalan'ny Tenin' Andriamanitra no ampianaran'ny Fanahy Masina an'ireo zanak' Andriamanitra hivavaka amin'ny Rain'izy ireo. Tsy ireo teny amin'ny fivavahana maha-zanaka antsika fotsiny no omen'i Jesoa antsika, fa omeny antsika miaraka amin'ireo koa ny Fanahy izay amin'ny alalany ireo no manjary “fanahy sy fiainana” (Jo 6,64) ao amintsika. Fa indrindra : ny porofo sy ny fahazoa-manao ny fivavahana maha-zanaka antsika dia ny Ray “izay naniraka ao am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany ka miantso hoe : “*Aba, Ray!*”” (Gal 4,6). Noho ny fivavahantsika manazava ny faniriansika ho eo akaikin'Andriamanitra, dia mbola “Ilay izay mikaroka ny fo”, ny Ray, no “mahalala ny fanirian'ny Fanahy, izay mifanentana amin'ny hevitr' Andriamanitra ny fitalahoany ho an'ny olomasina” (Rôm 8,27). Ny fivavahana amin'ny Rainay dia tafiditra ao anatin'ny fanirahana mifono misterin'ny Zanaka sy ny Fanahy.

III. Vavaky ny Fiangonana

2767. Io vavaka io, izay fanomezana avy amin'ireo tenin'ny Tompo tsy azo sarahina amin'ny Fanahy Masina mamelona izany ao am-pon'ny mpino no noraisin'ny Fiangonana sy nivelomany hatrany am-piandohana. Ireo ankehonam-piangonana voalohany dia nanao ny Vavaky ny Tompo “intelô isan'andro”³ ho solon'ireo “Vavaka fisaorana valo ambin'ny folo” fanao amin'ny asa fitiavam-bavaka jody.

1. jer. Jo 17,7.

2. jer. Mt 6,7 ; 1 Mpanj 18, 26-29.

3. Didaché 8,3.

2768. Araka ny Lovam-pampianarana avy amin'ny apôstôly, ny Vavaky ny Tompo dia miorim-paka indrindra amin'ny vavaka litorzika.

Mampianatra antsika hanao ny fivavahantsika miaraka ho an'ny mpiray tam-po rehetra amintsika amin'ny finoana ny Tompo. Satria Izy tsy niteny hoe : “Raiko” izay any an-danitra, fa “Rainay”, mba hahatonga ny fivavahantsika, amin'ny fanahy iray ihany, ho an'ny Tenan'ny Fiangonana manontolo¹.

Ao amin'ny lovam-panahy rehetra ara-litorzia, ampahany tsy azo esorina amin'ireo ora lehibe amin'ny Fankalazana an'Andriamanitra isan'andro, ny Vavaky ny Tompo. Kanefa amin'ireo sakramenta telo firosoana ho kristianina indrindra no miseho miharihary ny toetra maha-Fiangonana azy :

2769. Amin'ny *Batemy* sy ny *Fankaherezana*, ny fanolorana (*traditio*) ny Vavaky ny Tompo no mampahafantatra ny fahateraham-baovao amin'ny ain'Andriamanitra. Satria ny fivavahana kristianina dia ny miresaka amin'Andriamanitra amin'ny Teny avy amin'Izy Andriamanitra ihany, ka ireo izay “nateraka indray tamin'ny Tenin'Andriamanitra velona” (1 Pi 1,23), dia mianatra miantso ny Rain'izy ireo amin'ilay hany Teny izay henoiny lalandava. Ary azon'izy ireo atao izany hatramin'izao, satria ny Fitomboka nanosoran'ny Fanahy Masina dia voapetaka, tsy maty vonoina, ao ampon'izy ireo, ao an-tsofin'izy ireo, ao am-bavan'izy ireo, amin'ny mahananaka manontolo azy ireo. Koa noho izany ny ankamaroan'ny fivoasan-tenin'ny Aban'ny Fiangonana momba ny Rainay dia avantana amin'ireo katekomena sy ireo zazavao amin'ny finoana. Rahefa manao ny Vavaky ny Tompo ny Fiangonana, dia mandrakariva ny vahoaka vao “tera-bao” no mivavaka sy mahazo famindram-po².

2770. Amin'ny *litorzian'ny Eokaristia* ny Vavaky ny Tompo no hita fa vavaky ny Fiangonana manontolo. Eo no miharihary ny heviny feno sy ny fandairany. Noho ny Vavaky ny Tompo napetraka eo anelanelan'ny Vavaka fisaorana sy ny litorzian'ny kômonio, etsy an-daniny, izy no mamondrona ny fangatahana sy ny fitalahoana rehetra voambara ao amin'ny vavaka epikilezy, ary etsy an-kilany, izy no mandom-baravaran'ny Fihinanam-be any amin'ny Fanjakan'ny lanitra, izay hohanina mialoha amin'ny kômonio ara-tsakramenta.

2771. Amin'ny Eokaristia, ny Vavaky ny Tompo no maneho koa ny toetra *any am-parany any* ny fangatahany. Ny vavaky ny Tompo no vavaka manokana momba ny “fotoana farany”, momba ny fotoam-pamonjena izay nanomboka tamin'ny fandrotsahana ny Fanahy Masina ary ho tontosa amin'ny Fiverenan'ny Tompo. Ny fangatahana amin'ny Raintsika, tsy mitovy amin'

1. Md Jean Chrysostome, hom. in Mt. 19,4.

2. jer. 1 Pi 2,1-10.

ny vavaka ao amin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, dia miankina amin'ny misterim-pamonjena efa tanteraka, indray mandeha ihany dia ampy, tao amin'i Kristy nofantsihana teo amin'ny Hazofijaliana sy nitsangan-ko velona.

1820 2772. Avy amin'izany finoana tsy voahozongozona izany no ipoiran'ny fanantenana, izay manainga ny tsirairay amin'ireo fangatahana fito. Manambara ny fitarainana amin'ny vanim-potoana ankehitriny ireo, izao fotoam-paharetana sy fiandrasana izao, izay mandritra izany dia “mbola tsy naseho izay ho tena toetrantsika” (1 Jo 3,2)¹. Ny Eokaristia sy ny Rainay dia mitodika any amin'ny fiavian'ny Tompo, “mandra-pahatongany” (1 Kôr 11,26).

FAMINTINANA

2773. *Ho valin'ny fangatahan'ireo mpianany (“Tompo ô, ampianaro mivavaka izahay” : Lk 11,1), no nanankinan'i Jesoa tamin'izy ireo ny vavaka fototra kristianina, dia ny Rainay izany.*

2774. *“Ny Vavaky ny Tompo no famintinana marina tokoa ny Evanjely manontolo”², “ny lavorary indrindra amin'ny vavaka rehetra”³. Izy no foiben'ny Soratra Masina.*

2775. *Antsoina hoe “Vavaky ny Tompo” izy, satria avy amin'i Jesoa Tompo, Mpampianatra sy Môdely amin'ny fivavahantsika no nahazoantsika azy.*

2776. *Ny Vavaky ny Tompo no vavaka tsara sy ambony indrindra amin'ny vavaky ny Fiangonana. Ampahany tsy azo esorina izy, amin'ny Vavaka isan'andro Fankalazana an'Andriamanitra sy amin'ny fankalazana ny sakramenta firosoana ho kristianina, dia ny Batemy, ny Fankaherezana ary ny Eokaristia. Noho ny vavaky ny Tompo nakambana ao amin'ny fankalazana ny Eokaristia, dia maneho ny endriky ny “any am-parany any” izy ny amin'ny fangatahan'ny Fiangonana, ao anatin'ny fanantenana ny Tompo, “mandra-piaviny”(1 Kôr 11,26).*

1. jer. Kôl 3,4.

2. Tertullien, or.1,6.

3. Md Thomas d'A., s. th. 2-2, 83, 9.

“Rainay any an-danitra”

I. “Sahia isika manatona amim-pitokiana tanteraka”

2777. Amin’ny litorzia rômanina, asaina manao ny vavaka ny Rainay amin-kasahian-janaka ny mpiangona mankalaza ny Eokaristia ; mampiasa sy mamelabelatra amin’ny fiteny mifanahaka amin’izany koa ny litorzia tatsinanana : “Sahia matoky tanteraka”, “Ataovy mendrika izahay...”. Teo anoloan’ny Kirihitra nirehitra no nilazany tamin’i Môizy hoe : “Aza manatona eo ianao. Esory ny kapanao” (Eks 3,5). I Jesoa irery no afaka mandingana io tokonam-pidirana amin’ny Fahamasinan’Andriamanitra io ; Izy, “tamin’ny fanatanterahana ny fanadiovana ny fahotantsika” (Heb 1,3), no mampiditra antsika hifanatri-Tava amin’ny Ray : “Indreto izahay, Izaho sy ny zanako izay nomenao ahy” (Heb 2,13) :

Ny kônsiansy izay ahatsapantsika ny toetra maha-andevo antsika no hahatonga antsika handentika ao anaty tany, ny toetra maha-tany antsika hody ho vovoka, raha tsy ny fahefan’ny Tenan’Izy Raintsika sy ny Fanahin’ny Zanany no nanosika antsika hanonona izao antso izao : “Aba, Ray!” (Rôm 8,15). (...) Rahoviana ny fahosan’ny olombelona no ho sahy hiantso an’Andriamanitra ho Rainy, raha tsy hoe velomin’ny Hery avy any ambony ny am-po lalin’ny olombelona¹ ?

270

2778. Izany herin’ny Fanahy izay mampiditra antsika amin’ny Vavaky ny Tompo izany no ambara ao amin’ny litorzia Tatsinanana sy ny Tandrefana amin’ny alalan’ny fomba fiteny tsara tena kristianina hoe : *parrhésia*, izay midika hoe : fahatsorana tsy misy olakolaka, fitokian-janaka, toky mahamiramirana, fahasahiana tsotra, fitokiana fa notiavina².

2828

II. “Ray !”

2779. Alohan’ny hahatonga ho antsika io hetsi-panahy voalohany amin’ny vavaky ny Tompo io dia ilaina ny manadio amim-panetren-tena ny fontsika momba ny fiheverana diso sasantsasany “eto amin’ity tany ity”. Ny *fanetren-tena* no mampahafantatra antsika, fa “tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny Zanaka, ary amin’izay tian’ny Zanaka hanambaràny Azy” (Mt 11,27), izany hoe : “ny madinika” (Mt 11,25). Ny *fandiovana* ny fo dia mahakasika ireo fiheverana ny maha-ray na ny maha-reny avy amin’ny tantaran’ny tenantsika sy ny kolontsaintsika, sy mitarika fiovan-kevitra momba ny fifandraisantsika amin’Andriamanitra. Mihoatra ambony dia ambony noho ny zavaboary

239

1. Md Pierre Chrysologue, serm.71,3.

2. jer. Efez 3,12 ; Heb 3,6 ; 4,16 ; 10,19 ; 1 Jo 2,28 ; 3,21 ; 5,14.

rehetra isan-tokony Andriamanitra Raintsika. Ny mampifamadi-toerana ho ambony noho Izy na manohitra Azy dia mahatonga ny hevitsika amin'io lafiny io, hamorona sampy hivavahana na haongana. Ny mivavaka amin'ny Ray, dia ny miditra ao amin'ny mystery, araka ny maha-Izy Azy, sy araka ny nanambaràn'ny Zanaka Azy antsika :

Ny hoe Ray Andriamanitra dia tsy nambara na oviana na oviana na tamin'iza na tamin'iza. Rahefa nangataka tamin'Andriamanitra hoe iza moa Izy, ny tenan'i Môizy, dia anarana hafa no henony. Tamin'ny Zanaka no nambara tamintsika ny anarana hoe Ray, satria mifono ny anaram-baovao hoe Ray ny anarana hoe Zanaka¹.

240 2780. Afaka miantso an'Andriamanitra hoe “Ray” isika satria *Izany no nambara antsika* tamin'ny alalan'ny Zanany tonga olombelona ary ny Fanahiny no nampahalala Izany antsika. Izay tsy mety ho voasainan'ny olombelona na mety ho tsikaritry ny herin'ny anjely, momba ny fifandraisana manokana eo amin'ny Zanaka sy ny Ray², dia indro fa ny Fanahin'ny Zanaka no mampandray anjara antsika amin'izany, isika izay mino fa i Jesoa no Kristy ary isika no naterak'Andriamanitra³.

2665 2781. Rahefa mivavaka amin'ny Ray isika, dia *miombona Aminy* sy amin'i Jesoa-Kristy Zanany⁴. Amin'izany no ahalalantsika Azy sy iekentsika Azy amin'ny figagana vaovao lalandava. Ny teny voalohany amin'ny vavaky ny Tompo dia fisaorana amam-pitsaohana, izay vao zary fitalahoana. Satria ny voninahitr'Andriamanitra no iekentsika Azy ho “Ray”, Andriamanitra marina tokoa. Misaotra Azy isika, tamin'ny nanambaràny tamintsika ny anarany, tamin'ny nanomezany antsika ny finoana an'izany, ary amin'ny onenany miaraka amintsika amin'ny maha-Eo Azy.

1267 2782. Afaka mitsaoka ny Ray isika satria Izy no niteraka antsika indray ho amin'ny Fiainany tamin'ny *nananganany* antsika ho zanany ao amin'ny Zanany Lahitokana : amin'ny alalan'ny Batemy Izy no mampiray antsika ao amin'ny Vatan'i Kristiny, ary, amin'ny fanosoran'ny Fanahiny izay mampidina avy amin'ny Loha ho ao amin'ireo rantsambatana Izy no mahatonga antsika ho “kristy”.

Araka izany, Andriamanitra izay nanokana antsika tamin'ny fananganan-janaka, no nahatonga antsika hitovy amin'ny Vatana be voninahitr'i Kristy. Manomboka izao àry, noho ianareo miombona anjara amin'i Kristy, dia aradrarin'ny raha antsoina hoe : “kristy”⁵ ianareo.

1. Tertullien, or.3,1.

2. jer. Jo 1,1.

3. jer. 1 Jo 5,1.

4. jer. 1 Jo 1,3.

5. Md Cyrille de Jérusalem, catech. myst. 3,1.

Ny olom-baovao, izay nateraka indray sy naverina ao amin'Andriamaniny tamin'ny alalan'ny fahasoavana, dia miantso hoe “Ray!” aloha, satria manjary zanaka izy¹.

2783. Arak'izany, amin'ny alalan'ny vavaky ny Tompo, dia sady *mampiseho ny maha-isika amin'ny tenantsika isika* no manambara amintsika koa ny Ray² : 1701

Ry olombelona ô, tsy sahinao ny nanandratra ny tavanao hibanjina ny lanitra, fa nanondrika ny masonao hijery ny tany ; kanjo, tampoka, nahazo ny fahasoavan'i Kristy ianao : voavela ny helokao rehetra. Avy amin'ny mpanompo ratsy ianao no nanjary zanaka tsara. (...) Atrakao àry ny masonao ho amin'ny Ray izay nanavotra anao tamin'ny alalan'ny Zanany ka antsoy hoe : Rainay Izy (...). Kanefa aza mitaky ny zo tsy anao velively. Fa ny tena maha-Ray Azy, amin'ny fomba manokana, dia noho i Jesoa Zanaka naterany ; ny amintsika kosa, Ray iombonana Izy, satria Izy no nahary antsika. Ianao koa àry, noho ny fahasoavana, dia antsoy hoe : Rainay Izy, mba ho mendrika ny ho zanany³.

2784. Izany fanomezana maimaim-poana amin'ny fananganana ho zanaka izany dia mitaky amintsika ny fibebahana tsy tapaka sy ny *fiainam-baovao*. Ny 1428
mivavaka amin'ny Raintsika dia tokony hampivelatra toetra fototra roa ao amintsika :

Ny *faniriana sy ny finiavana hanahaka Azy*. Noho isika noariny hitovy endrika Aminy, dia amin'ny fahasoavana no amerenany ao amintsika io fitoviana endrika io sy ampifanarahantsika izany amintsika. 1997

Ilaintsika ny mahatsiahy, rahefa miantso an'Andriamanitra “ho Raintsika” isika, fa tokony hitondra tena amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika⁴. Tsy afaka miantso an'Andriamanitra ny hatsaram-po rehetra ho Rainareo ianareo raha fo masiaka sy feno habibiana ny fonareo ; satria amin'izany toe-javatra izany, tsy manana ao aminareo intsony ny mariky ny hatsaram-pon'ny Ray izay any an-danitra ianareo⁵.

Tsy maintsy banjinina tsy an-kijanona ny hatsaran'ny Ray ary atao izay hamonto ny fanahintsika amin'izany⁶.

2785. *Fo manetry tena sy matoky* no mahatonga antsika “hiverina amin'ny toetran'ny zazakely” (Mt 18,3) : satria ho an'ny “madinika” no nanambaràn' 2562
Andriamanitra ny Tenany (Mt 11,25) :

1. Md Cyprien, Dom. orat.9.

2. jer. FAA 22,\$1.

3. Md Ambroise, sacr.5,19.

4. Md Cyprien, Dom. orat.11.

5. Md Jean Chrysostome, orationem dominicam 3.

6. Md Grégoire de Nysse, or. Dom.2.

Izany no fandinihana an'Andriamanitra irery, afom-pitiavana lehibe. Ao amin'izany ny fanahy no miempo sy rendrika ao amin'ny fitiavana masina mamy sy madio, ary miresaka amin'Andriamanitra toy ny amin'ny Rain'ny tena mihitsy, amim-pifankazarana tokoa, ao anatin'ny fanehoam-pitiavam-bavaka manokana dia manokana¹.

Rainay : io anarana io dia miteraka ao amintsika, indray miaraka, ny fitiavana, ny fankamamiana vavaka, (...) ary koa ny fanantenana fa hahazo izay ho angatahintsika isika (...). Inona tokoa moa no handavan'Izy Ray ny fivavahan'ny zanany, raha efa nekeny mialoha ho zanany izy ireo² ?

III. Rai“*ny*”

2786.Momba an'Andriamanitra ny hoe Rai“*ny*”. Io mpamaritra io, amintsika,
443 dia tsy manambara fananana tsy akory, fa milaza fifandraisana tena vaovao amin'Andriamanitra.

2787.Rahefa miantso hoe Rai“*ny*” isika, dia manaiky aloha fa tanteraka ao amin'ny *fanekem-pihavanana vaovao sady mandrakizay* ao amin'i Kristiny ny fampanantenam-pitiavany rehetra nolazain'ny Mpaminany : manjary
782 Vahoaka“*ny*” isika ary manomboka izao dia Andriamani“*tsika*” Izy. Fifandraisana vaovao izany, izay fiombonana mifamaly atao maimaim-poana: fitiavana sy tsy fivadihana³ no valy ataontsika amin' “ny fahasoavana sy ny fahamarinana” izay omena antsika ao amin'i Jesoa-Kristy⁴.

2788.Satria vavaky ny Vahoakany amin'ny “andro farany” ny Vavaky ny Tompo, koa ny hoe Rai“*ny*” dia maneho fa azo antoka marina ny fanantenantsika amin'ny fampanantenana farany ataon'Andriamanitra : ao amin'ilay Jerosalema vaovao, hoy Izy amin'ny mpandresy : “Izaho ho Andriamaniny ary izy ho zanako” (Apôk 21,7).

2789.Rahefa manao ny vavaka hoe Rai“*ny*”, dia amin'ny Rain'i Jesoa-Kristy Tompontosika no ivantanan'ny vavaka ataontsika tsirairay. Tsy manasaraka ny
245 maha-Andriamanitra isika, satria ny Ray no “loharano sy fiandohana” amin'izany, ka amin'izany no anambaràntsika ampahibemaso fa Izy no niteraka ny Zanaka hatramin'ny mandrakizay ary avy Aminy ny Fanahy Masina. Tsy manafangaro velively koa ireo Olona telo isika, satria ambarantsika ampahibemaso fa ny fiombonantsika dia miaraka amin'ny Ray sy i Jesoa-Kristy Zanany, ao amin'ny Fanahy Masin'Izy ireo tokana ihany.
253 Iray fombam-pisia-maha-izy sy tsy azo sarahina ny *Trinite Masina*. Rahefa

1. Md Jean Cassien, coll. 9,18.

2. Md Augustin, serm. dom.2,4,16.

3. jer. Ôs 2,21-22 ; 6,1-6.

4. jer. Jo 1,17.

mivavaka amin'ny Ray isika, dia mitsaoka Azy sy manome voninahitra Azy miaraka amin'ny Zanaka sy ny Fanahy Masina.

2790. Ara-pitsipi-panoratana amam-pitenenana, ny hoe “*anay*” dia ilazana zavamisy iray iombonan'ny maro. Tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana ary eken'ireo izay naterany indray tamin'ny rano sy ny Fanahy¹, tamin'ny alalan'ny finoana ny Zanany Lahitokana, fa Ray Izy. Ny *Fiangonana* io fiombonana vaovao eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona io : noho ny Fiangonana tafaray amin'ny Zanaka Lahitokana nanjary “Lahimatoa amin'ny rahalahy maro” (Rôm 8,29), dia miombona amin'ny Ray tokana ihany, ao amin'ny Fanahy Masina tokana ihany izy². Amin'ny fanaovana ny vavaka hoe Rai“*nay*”, mivavaka ao amin'izany fiombonana izany ny vita batemy tsirairay : “Niray fo sy fanahy avokoa ny mpino rehetra” (Asa 4,32). 787

2791. Noho izany, na misy aza ny fisaraham-bazana eo amin'ny kristianina, dia mijanona ho fananana iombonana sy antso maika ho an'ny vita batemy rehetra ny vavaka Rai“*nay*”. Noho ny fiombonam-pinoana an'i Kristy sy noho ny Batemy, dia tokony handray anjara izy ireo amin'ny vavak'i Jesoa ho an'ny firaisan'ny mpianany³. 821

2792. Farany, raha tena manao tokoa ny vavaka “*Rainay*” isika, dia ho afaka amin'ny toe-tsain'ny samy maka ho azy, satria ny fitiavana izay raisintsika no manafaka antsika amin'izany. Ny hoe “*anay*” amin'ny fanombohan'ny Vavaky ny Tompo, tahaka ny hoe “*anay*” amin'ny fangatahana efatra farany, dia tsy manavaka na iza na iza. Mba ho voalaza marina tokoa izany⁴, tsy maintsy resena ny fisaraham-bazana misy eo amintsika sy ny fifanoherantsika.

2793. Tsy afaka hanao ny vavaka Rai“*nay*” ireo vita batemy raha tsy mitondra eo Aminy an'ireo rehetra nanomezany ny Zanany malalany ho azy ireo. Tsy misy fefy ny fitiavan'Andriamanitra, ka tokony ho izany koa ny fivavahantsika⁵. Ny manao ny vavaka Rai“*nay*” no manokatra antsika ho amin'ny halehiben'ny fitiavany naseho miharihary tao amin'i Kristy : mivavaka miaraka amin'ny olon-drehetra sy ho an'ny olon-drehetra izay tsy mbola mahalala Azy, mba ho tafangona ao anatin'ny firaisana izy ireo⁶. Izany fiahian'Andriamanitra ny olombelona rehetra sy ny voary manontolo izany no nanentana ny mpivavaka malaza rehetra : tokony hampivelatra ny 604

1. jer. 1 Jo 5,1 ; Jo 3,5.

2. jer. Efez 4,4-6.

3. jer. EK 8 ; 22.

4. jer. Mt 5,23-24 ; 6,14-15.

5. jer. FFTK 5.

6. jer. Jo 11,52.

fivavahantsika eo amin'ny ambaindain'ny fitiavana izany rahefa sahy miantso hoe Rai“*nay*” isika.

IV. “Izay any an-danitra ”

326 2794. Io fiteny ara-baiboly io dia tsy midika toerana (“elanelan-toerana”), fa toepisiana ; tsy ny fahalaviran'Andriamanitra fa ny fahamboniana amampiandrianany. “Tsy ivelan'ny toerana” ny Raintsika, fa “ambonin'izay rehetra” azontsika saintsainina ny amin'ny Fahamasinany. Satria Masina tsy manam-petra Izy, dia tena akaikin'ny fo manetry tena sy manenina tokoa :

Amin'izany antony izany ity teny hoe “Rainay any an-danitra” ity no mifanaraka amin'ny fon'ny olo-marina, izay ao Andriamanitra no monina toy ny ao an-tempoliny. Amin'izany koa no hanirin'ilay izay mivavaka habita an'Ilay izay antsoiny hitoetra ao aminy¹.

Ireo “lanitra” dia azo heverina koa ho ireo izay mampahita ao aminy ny sarin'ny tontolon'ny lanitra, ary ao aminy Andriamanitra no monina sy mitsangantsangana².

1024 2795. Ny fanehoana an'ohatra ny lanitra dia mamerina antsika amin'ny misterin'ny fanekem-pihavanana izay iainantsika rahefa mivavaka amin'ny Raintsika isika. Any an-danitra Izy, izay Fonenany, koa ny Tranon-dRay izany no “tanindrazantsika”. Avy ao amin'ny tanin'ny fanekem-pihavanana no nandroahan'ny fahotana antsika³, ary mankany amin'ny Ray, mankany an-danitra no ampodiam'ny fibebahan'ny fo antsika⁴. Nefa ao amin'i Kristy no ihavanan'ny lanitra sy ny tany⁵, satria ny Zanaka “no nidina avy any an-danitra”, Izy irery ihany, ary Izy no hampiakatra antsika any miaraka Aminy, amin'ny alalan'ny Hazofijaliany, ny Fitsanganany ho velona ary ny Fiakarany any an-danitra⁶.

1003 2796. Rahefa manao ny vavaka “Rainay any an-danitra” ny Fiangonana, dia miaiky izy fa isika no Vahoakan'Andriamanitra efa mipetraka any an-danitra ao amin'i Kristy Jesoa⁷, mifafina miaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra⁸, sady koa misento “ao anatin'ity tranolay ity, fa maniry mafy ny hitafy ilay tranontsika, dia ilay trano avy any an-danitra” (2 Kôr 5,2)⁹ :

1.Md Augustin , serm. dom. 2,5,18.

2.Md Cyrille any Jerosalema, catech. myst. 5,11.

3. jer. Jen 3.

4. jer. Jer 3,19-4,1a ; Lk 15,18,21.

5. jer. Iz 45,8 ; Sal 85,12.

6. jer. Jo 12,32 ; 14,2-3 ; 16,28 ; 20,17 ; Ef ez 4,9-10 ; Heb 1,3 ; 2,13.

7. jer. Efez 2,6.

8. jer. Kôl 3,3.

9. jer. Filip 3,20 ; Heb 13,14.

Mitafy nofo ny kristianina, nefa tsy mivelona araka ny nofo. Mihelina ihany ny fiainan'izy ireo ety an-tany, satria olon'ny lanitra izy ireo¹.

FAMINTINANA

2797. *Ny fitokiana tsotra sy tsy mivadika, ny fahasahiana amim-panetren-tena sy amin-kafaliana, no toe-panahy mety ho an'izay manao ny vavaka Rainay.*

2798. *Afaka miantso an'Andriamanitra ho "Ray" isika, satria ny Zanak'Andriamanitra tonga olombelona no nanambara Azy tamintsika, izay ao Aminy, amin'ny alalan'ny Batemy, no nanakambanana sy nananganana antsika ho zanak'Andriamanitra.*

2799. *Mampiombona antsika amin'ny Ray sy amin'i Jesoa-Kristy Zanany, ny vavaky ny Tompo. Mampiseho amin'ny tenantsika ny maha-isika antsika koa ny vavaky ny Tompo².*

2800. *Ny manao ny vavaka Rainay dia tokony hampitombo ao amintsika ny finiavana hanahaka Azy, ary koa ny fo manetry tena sy matoky.*

2801. *Amin'ny fiantsoana hoe "Rainay" no italahantsika ny Fanekem-pihavanana Vaovao ao amin'i Jesoa-Kristy, ny fiombonana amin'ny Trinite Masina ary ny fitiavan'Andriamanitra izay manerana ny lafy valon'ny tany, amin'ny alalan'ny Fianganana.*

2802. *Ny hoe "izay any an-danitra" dia tsy manondro toerana velively tsy akory, fa ilazana ny fahamboniana amam-piandrianan'Andriamanitra sy ny maha-ao am-pon'ny olo-marina Azy. Ny lanitra, ny Tranon'ny Ray, no tena tanindrazana tokoa izay any no iafarantsika, ary efa antsika sahadry.*

1. Taratasy ho an'i Diognète 5,8-9.

2. jer. FAA 22, §1.

ANDALANA 3
Ny Fangatahana fito

2627 2803. Rahefa avy nametraka antsika teo anatrehan'Andriamanitra Raintsika mba hitsaoka Azy, ho tia Azy ary hisaotra Azy ny Fanahy maha-zanaka, dia mampisondrotra avy ao am-pontsika ireo fangatahana fito, fisaorana fito. Ny telo voalohany, mikasika an'Andriamanitra kokoa, mitarika antsika ho amin'ny Voninahitry ny Ray ; ny efatra farany, toy ny lalana mankany Aminy, manolotra ny fahantrana amam-pahoriantika amin'ny Fahasoavany. "Mifampitaona ny onjan-drano" (Sal 42,8).

2804. Mitondra antsika mankany amin'ny Ray sy ho Azy ny fitambaran'ny fangatahana voalohany : ny Anaranao, ny Fanjakanao, ny Sitraponao ! Izany no toetra manokana ny fitiavana izay ieritreretana an'Ilay tiantsika aloha. Tsy ny "tenantsika" no lazaintsika amin'ny tsirairay amin'ireo fangatahana telo ireo, fa ny "faniriana miredareda", ny "tebiteby" rahateo, ao amin'ny Zanaka malala ho Voninahitry ny Rainy, izay mambabo antsika¹ : "Hohamasinina anie (...). Ho tonga anie (...). Ho tanteraka anie (...)" : ireo fitalahoana telo ireo dia efa nekena tamin'ny Soron'i Kristy Mpamonjy, nefa ireo, hatramin'izao, ao anatin'ny fanantenana, dia atodika mankany amin'ny fahatanterahany farany, noho Andriamanitra tsy mbola zavatra rehetra amin'izy rehetra².

1105 2805. Ny fitambaran'ny fangatahana faharoa dia manaraka ny fizotran'ny vavaka epikilezy sasantsasany amin'ny Eokaristia : izy no fanatitry ny fanantenantsika sy manintona ny mason'ny Rain'ny famindram-po. Misondrotra avy ao amintsika izy sady mahakasika antsika ankehitriny, eto amin'ity tany ity: "Omeo *anay* (...) avelao ny fahotany (...) aza avelanao (...) *izahay*, fa manafaha *anay* (...)." Ny fangatahana fahefatra sy fahadimy dia mahakasika ny fiainantsika, araka ny maha-izy azy, na hamelona azy, na hanasitrana azy amin'ny fahotana ; ny anankiroa farany dia mahakasika ny tolona ataontsika ho amin'ny fandresen'ny Fiainana, izay ilay tolona atao rahefa mivavaka ihany koa.

2656-2658 2806. Amin'ny fangatahana telo voalohany no amafisina amin'ny finoana isika, feno fanantenana, mirehi-pitiavana. Amin'ny maha-zavaboary sy mbola maha-mpanota antsika, tsy maintsy mangataka ho antsika isika, io "isika" arakaraka ny tontolo sy ny tantara io, no atolotsika amin'ny fitiavana tsy misy fetra itiavana an'Andriamanitsika. Satria amin'ny anaran'i Kristy Zanany sy ny Fanjakan'ny Fanahiny Masina no anatanterahan'ny Raintsika ny fandaharam-pamonjeny, ho antsika sy ho an'izao tontolo rehetra izao.

1. jer. Lk 22,15 ; 12,50.
2. jer. 1 Kôr 15,28.

I. “Hohamasinina anie ny Anaranao”

2142-2159

2807. Ny teny hoe “manamasina” dia ilaina ho fantatra eto, voalohany indrindra tsy amin’ny heviny hiharana (Andriamanitra irery no manamasina, mahamasina) fa indrindra amin’ny heviny fanomezan-danja : manaiky fa masina, mandray amin’ny fomba masina. Araka izany, amin’ny vavaka fitsaohana, ity fitalahoana ity indraindray dia tafiditra ho vavaka fiderana sy fisaorana¹. Kanefa ity fangatahana ity dia nampianarin’i Jesoa antsika ho firariana : fangatahana, faniriana ary fiandrasana izay ifamatoran’ Andriamanitra sy ny olombelona. Vao ao amin’ny fangatahana voalohany amin’ny Rainay, dia efa tafiditra ao anatin’ny mystery lalin’ny maha-Andriamanitra Azy isika sy ao anatin’ny fitaintainana amin’ny famonjena ny maha-olombelona antsika. Ny mangataka Aminy hoe hohamasinina anie ny Anarany, dia mitarika antsika ao amin’ny “fandaharana feno fitiavana izay novolavolaina mialoha” (Efez 1,9) mba “ho masina sy ho madio tsy misy pentim-pahotana eo anatrehany, ao amin’ny fitiavana, isika” (Efez 1,4) 2097
2808. Tamin’ny fotoana raikitra amin’ny fitantanam-pamonjeny Andriamanitra no nanambara ny Anarany, nefa niaraka tamin’ny fanatanterahany ny tsanganasany no nanambaràny izany. Ary tsy ho tontosa ho antsika sy ao anatintsika io tsanganasa io, raha tsy hamasinin’ny tenantsika sy ao amintsika ny anarany. 203,432
2809. Ny Fahamasinan’Andriamanitra no foibe saro-takaran’ny saina amin’ny misteriny mandrakizay. Izay nampiharihariana izany tamin’ny fahariana sy ny tantara, no antsoin’ny Soratra Masina hoe : *Voninahitra*, famirapiratan’ny Fiandrianany². Tamin’ny nanaovany ny olombelona “mitovy endrika Aminy sy mifanahaka Aminy” (Jen 1,26), no nosatrohan’Andriamanitra voninahitra izy³, nefa tamin’ny nanotan’ny olombelona dia voaesotra tao aminy ny Voninahitr’Andriamanitra⁴. Koa noho izany, asehon’Andriamanitra ny Fahamasinany amin’ny fanambaràny sy amin’ny fanomezany ny anarany, mba hanavaozana ny olombelona “amin’ny endrik’ilay Mpahary azy” (Kôl 3,10). 293 705
2810. Tamin’ny fampanantenana natao tamin’i Abrahama, sy ny fianianana izay nampiarahina tamin’izany⁵, ny Tenan’Izy Andriamanitra mihitsy no nirotsaka an-tsehatra, saingy tsy nambarany ny anarany. Tamin’i Môizy Izy no nanomboka nanambara ny anarany⁶, ary naneho izany teo imason’ny

1. jer. Sal 111,9 ; Lk 1,49.

2. jer. Iz 6,3.

3. jer Sal 8,6.

4. jer. Rôm 3,23.

5. jer. Heb 6,13.

6. jer. Eks 3,14.

63 vahoaka manontolo tamin'ny namonjeny azy ireo teo an-tanan'ny Ejipsianina: “Naneho ny voninahiny Izy” (Eks 15,1). Io vahoaka io, nanomboka tamin'ny fanekem-pihavanana teo Sinaia, dia “Azy” ary tsy maintsy ho “firenena masina” (na voatokana, teny iray ihany izany amin'ny teny hebrio¹) satria monina ao aminy ny Anaran'Andriamanitra.

2143 2811.Ary, na teo aza ny Lalàna masina izay nomena azy sy naverin'ilay Andriamanitra Masina taminy², ary na naharitra aza ny Tompo, “noho ny Anarany” dia niodina tamin'ilay Masin'i Israely ny vahoaka ary nanevateva ny anarany teo amin'ireo firenena³. Izany indrindra no nahatonga ireo olomarin'ny Fanekem-pihavanana Taloha, ireo mahantra tafaverina avy tany antsositany ary ireo mpaminany, hirehim-pitiavana ny anarany.

434 2812.Farany, ao amin'i Jesoa ny anaran'Andriamanitra Masina no nambara sy nomena antsika, tao amin'ny nofo, ho Mpamonjy⁴ : nambara satria Izy no Izy, tamin'ny alalan'ny Teniny sy tamin'ny alalan'ny Sorona natolony⁵. Izany no votoatin'ny vavaka maha-mpisorona Azy : “Ray Masina ô! (...) manamasina ny Tenako ho azy ireo Aho, mba hohamasinina amin'ny fahamarinana koa izy ireo (Jo 17,19). Satria ny Tenan'Izy Ray ihany no “manamasina” ny anarany⁶, fa i Jesoa kosa no “maneho” amintsika ny anaran'ny Ray⁷. Tamin'ny fiafaran'ny Pakany, nomen'ny Ray Azy àry ny anarana izay mihoatra ny anarana rehetra : i Jesoa dia Tompo ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra Ray⁸.

2013 2813.Tamin'ny ranon'ny Batemy isika no “nosasana, nohamasinina, nohamarinina tamin'ny anaran'i Jesoa-Kristy Tompo, sy tamin'ny Fanahin'Andriamanitra” (1 Kôr 6,11). Eo amin'ny fiainantsika manontolo ny Raintsika no miantso antsika ho “amin'ny fahamasinana” (1 Tes 4,7), ary satria “avy Aminy no maha-ao amin'i Kristy Jesoa antsika, izay tonga ho fanamasinana antsika” (1 Kôr 1,30), dia izao no voninahiny sy ny fiainantsika : mba hohamasinina ao amintsika sy amin'ny alalantsika anie ny anarany. Izany no maika amin'ny fangatahantsika voalohany.

Iza no afaka hanamasina an'Andriamanitra, satria ny Tenany ihany no manamasina Azy ? Kanefa noho ity teny ity hoe : “Aoka ho masina ianareo satria masina Aho” (Lev 11,44), miteraka aingam-panahy ao amintsika, dia mangataka isika, nohamasinina tamin'ny Batemy, mba hitzoantsika ao

1. jer. Eks 19,5-6.

2. jer. Lev 19,2 : “Aoka ho masina ianareo, satria masina Aho, Andriamanitrareo”.

3. jer. Ezek 20 ; 36.

4. jer. Mt 1,21 ; Lk 1,31.

5. jer. Jo 8,28 ; 17,8 ; 17,17-19.

6. jer. Ezek 20,39 ; 36,20-21.

7. jer. Jo 17,6.

8. jer. Filip 2,9-11.

amin'izay nanombohantsika ho misy. Ary isan'andro isika no mangataka izany, satria isan'andro isika no manaiky angolena, ary tokony hanadio ny fahotantsika amin'ny alalan'ny fanamasinana mitohy tsy an-kijanona (...). Mangata-pitahiana amin'ny alalan'ny vavaka àry isika mba honina ao amintsika izany fahamasinana izany¹.

2814.Miankina tsy azo sarahina amin'ny *fiainantsika* sy ny *fivavahantsika* izany ny tokony hanamasinana ny anarany eo anivon'ireo firenena :

2045

Mangataka amin'Andriamanitra isika hanamasinana ny anarany, satria amin'ny alalan'ny fahamasinana Izy no mamonjy sy manamasina ny zavaboary manontolo (...). Izany dia ny anarana izay manome ny famonjena an'izao tontolo izao very, nefa mangataka isika mba hohamasinina ao anatintsika *amin'ny alalan'ny fiainantsika* izany anaran'Andriamanitra izany. Satria raha miaina ny tsara isika, dia voahasina ny anaran'Andriamanitra ; fa raha miaina ny ratsy isika dia voatevateva izany, araka ny tenin'ny apôstôly hoe : “Noho ianareo ihany no itenenan-dratsy ny anaran'Andriamanitra any amin'ny jentily” (Rôm 2,24)². Mangataha àry isika mba ho mendrika hananan'ny fanahintsika fahamasinana mitovy amin'ny fahamasinan'ny anara-masin'ny Andriamanitsika³.

Rahefa miteny isika hoe : “Hohamasinina anie ny anaranao”, dia mangataka isika mba hohamasinina ao amintsika izy, izay mitambatra ao aminy, nefa koa ao amin'ny hafa izay mbola iandrasan'ny fahasoavan' Andriamanitra, mba hampifanaraka antsika amin'ny didy izay manery antsika *hivavaka ho an'ny rehetra*, na dia ho an'ny fahavalontsika aza. Izany no antony tsy ilazantsika mazava hoe : Hohamasinina anie ny anaranao “ao amintsika”, satria mangataka isika mba ho izany tokoa ny ao amin'ny olona rehetra⁴.

2815.Io fangatahana io, izay mirakitra ny fangatahana rehetra, dia ekena amin'ny alalan'ny *vavak'i Kristy*, tahaka ny fangatahana enina hafa izay manaraka. Ny vavaka amin'ny Raintsika no fivavahantsika raha angatahina “*amin'ny anaran'i*” Jesoa izany⁵. Nangatahin'i Jesoa tamin'ny vavaka mahampisorona Azy, ny hoe : “Ray Masina ô, arovy amin'ny anaranao ireo izay nomenao Ahy” (Jo 17,11).

2750

II. “Ho tonga anie ny Fanjakanao”

2816.Ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny voambolana iray hoe *Basileia* dia mety midika hoe “fanjakana” (anarana ilazana ny fiandrianan'ny mpanjaka), “fanjakana” (anarana ilazana ny toerana anjakan'ny mpanjaka) “fanjakana”

541

1. Md Cyprien , Dom.orat.12.

2. jer. Ezek 36,20-22.

3. Md Pierre Chrysologue, serm. 71.

4. Tertullien, or.3.

5. jer. Jo 14,13 ; 15,16 ; 16,24.26.

2632 (anarana ilazana ny fotoana anjakan'ny mpanjaka sy ny fahefana maha-
mpanjaka). Efa talohan'ny fisiansika ny Fanjakan'Andriamanitra, fa
560 nanatona tao amin'ny Teny tonga nofo izy, notorina tao amin'ny Evanjely
1107 manontolo, ary tonga tao amin'ny fahafatesan'i Kristy sy ny Fitsanganany ho
velona. Nanomboka tamin'ny Sakafo masina farany no tonga ny
fanjakan'Andriamanitra ary eo anivontsika izy ao amin'ny Eokaristia. Ho avy
amim-boninahitra ny Fanjakan'Andriamanitra rahefa averin'i Kristy amin'ny
Rainy izany :

Azo heverina fa midika ho ny tenan'i Kristy ihany ny fanjakan'
Andriamanitra, Izy izay antsointsika amin'ny firariantsika isan'andro sy
irintsika ho haingana ny fahatongavany amin'ny alalan'ny fiandrasantsika.
Tena Fananganana antsika ho velona tokoa Izy, satria ao Aminy no
ananganana antsika ho velona, ary azo lazaina koa hoe Fanjakan'
Andriamanitra Izy, satria ao Aminy isika no hanjaka¹.

451,2632, 671 2817.Io fangatahana io no ilay “*Marana tha*”, ilay hiakan'ny Fanahy sy ny
Ampakarina : “Avia, ry Jesoa Tompo” :

Na dia io vavaka io aza, tsy hampanao antsika adidy hangataka ny
fahatongavan'io Fanjakana io, fa ny tenantsika ihany no manosika hanao io
hiaka io, amin'ny hanafainganana antsika handeha hamihina ny fanante-
nantsika. Ny fanahin'ny martyry, eo ambany ôtely, no miantso ny Tompo
amin'ny feo mahery hoe : “Hatramin'ny rahoviana, ry Tompo, vao hitsara sy
hanadina ny ranay amin'ny mponina eny ambonin'ny tany Ianao?” (Apôk
6,10). Satria tsy maintsy mahazo ny rariny izy ireo amin'ny farandro. Tompo
ô, afaingano àry ny fahatongavan'ny fanjakanao² !

769 2818.Amin'ny vavaky ny Tompo, ny fahatongavana faran'ny Fanjakan'
Andriamanitra amin'ny fiverenan'i Kristy no foto-dresaka³. Kanefa izany
faniriana izany tsy manala ny Fianganana amin'ny fanirahana azy eto amin'
ity tany ity, raha ny marina aza dia io faniriana io no mampiditra izany ao.
Satria nanomboka tamin'ny Panteköty, ny fahatongavan'ny Fanjakan'
Andriamanitra dia tsanganasan'ny Fanahin'ny Tompo, “izay manohy ny
tsanganasany eo amin'izao tontolo izao sy manatanteraka ny fanamasinana
rehetra”⁴.

2046 2819.”Ny Fanjakan'Andriamanitra dia fahamarinana, fiadanana sy fifaliana ao
amin'ny Fanahy Masina” (Rôm 14,17). Ny fotoana farany izay misy antsika

1. Md Cyprien, Dom. orat. 13.

2. Tertullien, or.5.

3. jer. Tito 2,13.

4. MR, vavaka fisaorana IV.

no fotoanan'ny firotsahan'ny Fanahy Masina. Nanomboka hatramin'izay no raikitra ny ady tsy an-kitsitsy eo amin'ny “nofo” sy ny Fanahy¹ : 2516

Ny fo madio irery ihany no afaka hilaza amim-pitokiana hoe : “Ho tonga anie ny Fanjakanao”. Iaina ny eo ambany fampianaran'i Paoly mba hahafahana milaza hoe : “Aoka àry ny fahotana tsy hanjaka intsony ao amin'ny tenantsika mety maty” (Rôm 6,12). Izay miaro tena hadio amin'izay ataony, amin'ny eritreriny ary amin'ny teniny, no afaka hilaza amin'Andriamanitra hoe : “Ho tonga anie ny Fanjakanao !”² 2519

2820. Ireo kristianina, amin'ny fandanjalanjana araka ny Fanahy, dia tsy maintsy manavaka ny fitomboan'ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fandrosoan'ny kolontsaina mbamin'ny fiaraha-monina izay irotsahan'izy ireo. Tsy fanasarahana tsy akory izany fanavahana izany. Ny fiantsoan'Andriamanitra ny olombelona ho amin'ny fiainana mandrakizay dia tsy manafoana fa manamafy ny adidiny hanatanteraka an'asa ny hery sy ny fitaovana noraisina avy amin'ny Mpahary mba hampiasana ny fahamarinana sy ny fiadanana eto amin'ity tany ity³. 1049

2821. Izany fangatahana izany dia entina sy ekena ao amin'ny vavak'i Jesoa⁴, eo sy mandaitra amin'ny Eokaristia ; mitera-boka-tsoa ao amin'ny fiainambaovao araka ny hasambarana izy⁵. 2746

III. “Ho tanteraka anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra”

2822. Ny Sitrapon'ny Raintsika dia “ny hahavoavonjy ny olona rehetra sy ny hahatongavany amin'ny fahalalana ny marina” (1 Tim 2,3-4). “Miandry amim-pandeferana Izy, mba tsy hisy very na dia iray aza” (2 Pi 3,9)⁶. Ny didiny, izay mamintina ny didy hafa rehetra, sy manambara amintsika ny sitrapony manontolo, dia ny hifankatiavantsika, tahaka ny itiavany antsika⁷. 851 2196

2823. “Nampahafantatra antsika ny misterin'ny Sitrapony Izy, ilay fandaharana be fitiavana novolavolainy mialoha (...) hamerenana ny zavatra rehetra eo ambany Filoha tokana, dia i Kristy izany (...). Ao Aminy no nanokanana antsika, araka ny drafitra voasoritra mialoha an'Ilay izay mitondra ny zavatra rehetra araka ny Sitrapony” (Efez 1,9-11). Mangataka amim-piangaviana 59

1. jer. Gal 5,16-25.

2. Md Cyrille de Jérusalem, catéch. myst. 5,13.

3. jer. FAA 22 ; 32 ; 39 ; 45 ; EN 31.

4. jer. Jo 17,17-20.

5. jer. Mt 5,13-16 ; 6,24 ; 7,12-13.

6. jer. Mt 18,14.

7. jer. Jo 13,34. ; 1 Jo 3 ; 4 ; Lk 10,25-37.

isika mba hahatanteraka tsy misy tomika io fandaharana be fitiavana io, ety an-tany tahaka ny efa mahatanteraka izany any an-danitra.

2824. Ao amin'i Kristy, sy amin'ny alalan'ny sitrapo maha-olombelona Azy, no tanteraka an-tsakany sy an-davany, ary indray mandeha ihany, ny Sitrapon' ny Ray. Hoy i Jesoa teo am-pidirana teto amin'izao tontolo izao : “Inty Aho tonga hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô!” (Heb 10,7)¹. I Jesoa irery ihany no afaka milaza hoe : “Manao izay sitrany mandrakariva Aho” (Jo 8,29). Ao amin'ny vavaka nandritra ny fiadiany aina, nanaiky tanteraka izany Sitrapo izany Izy : “Aoka tsy ny sitrapoko no hatao, fa ny Anao!” (Lk 22,42)². Izany no nahatonga an'i Jesoa “ho nanolo-tena noho ny fahotantsika araka ny sitrapon'Andriamanitra” (Gal 1,4). “Araka izany sitrapo izany no nanamasinana antsika tamin'ny fanolorana ny Vatan'i Jesoa-Kristy” (Heb 10,10).

2825. I Jesoa, “na Zanaka tokoa aza, dia nianatra ny fanekena tamin'ny fijaliana niaretany” (Heb 5,8). Vao mainka isika, zavaboary sy mpanota, nanjary zanaka natsangana ao Aminy. Mangataka amin'ny Raintsika isika hanakambana ny sitrapontsika amin'ny an'ny Zanany mba hanatanterahana ny Sitrapony, ny fandaharam-pamonjeny ho fiainan'izao tontolo izao. Tsy manan-kery tanteraka amin'izany isika, nefa raha miray amin'i Jesoa sy amin'ny herin'ny Fanahiny Masina, dia afaka mametraka Aminy indray ny sitrapontsika isika ary manapa-kevitra ny hisafidy izay nofidin'ny Zanany lalandava : manao izay sitraky ny Ray³ :

Amin'ny firaketana amin'i Kristy no afaka hanjary ho fanahy iray ihany Aminy isika, ary amin'izany no hahatontosa ny sitrapony ; amin'ny fomba toy izany no ho tanteraka ny sitrapony ety an-tany tahaka ny any an-danitra⁴.

Mba hevero kely ange ny fomba ampianaran'i Jesoa antsika hanetry tena, amin'ny fampahafantarana antsika fa ny hatsaram-panahintsika dia tsy miankina amin'ny asantsika fotsiny, fa miankina amin'ny fahasoavan' Andriamanitra. Mandidy ny mpino tsirairay izay mivavaka Izy eto, ny hanaovana izany ho an'ny daholobe manerana ny tany. Satria Izy tsy milaza hoe : “Ho tanteraka anie ny sitraponao” ato Amiko na ao aminareo, fa “eto an-tany tontolo” : mba ho voailika amin'izany ny fahadisoan-kevitra, mba hanjaka ao ny fahamarinana, mba ho rava ao ny haratsiam-panahy, mba hiroborobo ao ny hatsaram-panahy, ary ny tany mba tsy ho samy hafa intsony amin'ny lanitra⁵.

1. jer. Sal 40,8-9.

2. jer. Jo 4,34 ; 5,30 ; 6,38.

3. jer. Jo 8,29.

4. Origène, or.26.

5. Md Jean Chrysostome, hom. in Mt 19,5.

2826. Amin'ny alalan'ny vavaka izany no ahafahantsika “manavaka hoe : inona no sitrapon'Andriamanitra ?” (Rôm 12,2)¹, sy mahazo “ny faharetana mba hanatanterahana izany”². Ampianarin'i Jesoa antsika fa ny idiran'ny olona any amin'ny Fanjakan'ny lanitra, dia tsy amin'ny teny, fa “amin'ny fanaovana ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra” (Mt 7,21).

2827. “Raha manao ny sitrapon'Andriamanitra ny olona, dia izy io no ankatoavin'Andriamanitra amin'izany” (Jo 9,31)³. Toy izany ny herin'ny vavaky ny Fiangonana amin'ny anaran'ny Tompony, indrindra amin'ny Eokaristia ; izany no fiombonam-panalalana miaraka amin'ny Reny Masin'Andriamanitra Indrindra⁴ sy ny olomasina rehetra izay “nahazo sitraka” tamin'ny Tompo noho izy ireo tsy nanaiky afa-tsy ny sitrapon'Andriamanitra :

Mbola azontsika adika toy izao ireo teny ireo, nefa tsy manohintohina ny marina : “Ho tanteraka anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra” amin'ny alalan'ireto : ao amin'ny Fiangonana tahaka ny ao amin'i Jesoa-Kristy Tompontosika ; ao amin'ny Ampakarina izay nofofoiny ho Azy tahaka ny ao amin'ny Mpampakatra izay nanatanteraka ny sitrapon'ny Ray⁵.

2611
796

IV. “Omeo anay anio ny haninay isan'andro”

2828. “*Omeo anay*” : tsara ery ny fitokian'ny zanaka izay miandry ny zavadrehetra avy amin'ny Rain'izy ireo. “Mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy Izy, sy mandatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina” (Mt 5,45) ary manome ho an'ny mananaina rehetra “ny hanin'izy ireo amin'ny fotoany” (Sal 104,27). Mampianatra antsika ity fangatahana ity i Jesoa : manome voninahitra ny Raintsika marina tokoa ny fangatahana satria manaiky fa toy ny inona ny Fahatsarany mihoatra noho ny hatsaram-panahy rehetra.

2778

2829. Ny hoe “omeo anay” dia fiteny ilazana koa ny fanekem-pihavanana : Azy isika ary Izy antsika, ho antsika. Kanefa io “isika” io dia miaiky Azy koa ho Rain'ny olombelona rehetra ary mangataka Aminy ho azy rehetra isika, ho firaisan-kina amin'izay ilain'izy ireo sy amin'ny fijalian'izy ireo.

1939

2830. “*Ny haninay.*” Ny Ray, izay manome antsika ny aina, dia tsy afaka ny tsy hanome antsika ny hanina ilaina amin'ny fiainana, ny soa rehetra “sahaza”, na ara-batana na ara-panahy. Nantitranterin'i Jesoa tamin'ny toriteny teo an-

2633

1. jer. Rôm 12,2 ; Efez 5,17.

2. jer. Heb 10,36.

3. jer. 1 Jo 5,14.

4. jer. Lk 1,38.49.

5. Md Augustin, serm. dom. 2,6,24.

Tendrombohitra ny amin'ity fitokian-janaka ity, izay mifarimbona amin'ny Fitahian'ny Raintsika¹. Tsy mampanantena antsika Izy hiandry fotsiny tsy manao na inona na inona², nefa te-hanafaka antsika amin'ny ahiahy rehetra amin'ny fivelomana sy amin'ny zava-manahirana rehetra. Toy izao ny fitokiana maha-zanaka ny zanak'Andriamanitra :

227 Amin'ireo izay mikatsaka ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany, dia mampanantena Izy hanome ny zavatra rehetra ho fanampiny. Satria an'Andriamanitra ny zavatra rehetra : amin'izay manana an'Andriamanitra, tsy ory na inona na inona izy, raha toa ka tsy mandao an'Andriamanitra ny tenany³.

1038 2831. Nefa ny fisian'ireo izay noana noho ny tsy fahampian-tsakafo, dia manambara lafiny lalina hafa an'io fangatahana io. Ny antambon'ny hanoanana eto amin'izao tontolo izao dia miantso ny kristianina izay mivavaka amin'ny fahamarinana, handray andraikitra azo tsapain-tanana amin'ireo rahalahiny ireo, na amin'ny fihetsika amam-pitondran-tenan'izy ireo manokana na amin'ny fifanampian'izy ireo amin'ny fianakavian'ny olombelona. Ity fangatahana amin'ny Vavaky ny Tompo ity, dia tsy azo sarahina amin'ireo fanoharana mikasika an'i Lazara mahantra⁴ sy ny Fitsaràna farany⁵.

1928 2832. Ny zava-baovao momba ny Fanjakan'Andriamanitra, toy ny lalivay ao anatin'ny koba, dia tokony hamonto ny tany amin'ny alalan'ny Fanahin'i Kristy⁶. Tokony hiseho izany amin'ny alalan'ny fanorenana ny fahamarinana eo amin'ny fifandraisan'ny tsirairay sy ny fiaraha-monina, ny ara-piharian-karena sy ny iraisam-pirenena, amin'ny tsy fanadinoana na oviana na oviana fa tsy misy rafitra ara-drariny raha tsy ny olona no miezaka ho marina.

2790,2546 2833. Ny amin'ny hoe “haninay”, dia “iray” ho an'ny “maro”. Ny fahantrana araka ny hasambarana dia ny herim-panahy fifampizaràna : miantso izy mba hifampita sy hifampizara ny soa aman-karena ara-batana sy ara-panahy, tsy an-tery anefa fa amim-pitiavana, mba hitsaboana ny tsy fahampian'ny sasany amin'ny amby ampin'ny hafa⁷.

2834. “Mivavaha sy miasà”⁸. “Mivavaha ianao tahaka ny hoe miankina amin' Andriamanitra ny zavatra rehetra, ary miasà ianao tahaka ny hoe miankina

1. jer. Mt 6,25-34.

2. jer. 2 Tes 3,6-13.

3. Md Cyprien , Dom. orat. 21.

4. jer. Lk 16,19-31.

5. jer. Mt 25,31-46.

6. jer. APL 5.

7. jer. 2 Kôr 8,1-15.

8. jer. Md Benoît, reg 20 ; 48.

aminao ny zavatra rehetra”¹. Manao ny asantsika isika, fa ny sakafo azo avy amin’izany dia fanomezana avy amin’ny Raintsika ; koa rariny ny hangatahana izany Aminy sy hisaorana Azy noho izany. Izany no dikan’ny vavaka aloha sy aorian’ny sakafo ao amin’ny fianakaviana kristianina. 2428

2835. Ity fangatahana ity sy ny andraikitra takiny, dia mbola mahakasika koa ny hanoanana hafa izay mandreraka ny olombelona : “Tsy ny mofo ihany no iveloman’ny olona fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan’Andriamanitra” (Mt 4,4)², izany hoe ny Teniny sy ny Fofon’Ainy. Ny kristianina dia tokony hamondrona ny herin’izy rehetra mba “hitory ny Vaovao Mahafaly amin’ny malahelo”. Misy hanoanana iray eto an-tany, “tsy hanoanana amin’ny hanina na hetaheta amin’ny rano, fa ny handre ny Tenin’Andriamanitra” (Am 8,11). Koa noho izany, ny hevitra kristianina manokana amin’ity fangatahana fahefatra ity dia mikasika ny Mofon’ny Fiainana : ny Tenin’Andriamanitra raisina amin’ny finoana, ny Vatan’i Kristy raisina amin’ny Eokaristia³. 2443 1384

2836. Ny hoe “*anio*” dia fiteny koa maneho fitokiana. Mampianatra antsika an’izany ny Tompo⁴ ; tsy afaka namorona izany ny fieboebontsika. Satria mikasika indrindra ny Teniny sy ny Tenan’ny Zanany ny foto-dresaka, ka ity hoe “anio” ity dia tsy izay mikasika ny androntsika miserana ihany fa mikasika ny “Anio an’Andriamanitra” : 1165

Raha mandray mofo isan’andro ianao, ny isan’andro ho anao dia ny anio. Raha anao i Kristy amin’ny andro anio, dia manangan-ko velona anao isan’andro Izy. Ahoana izany ? “Zanako Ianao, Iza no niteraka Anao Aho androany” (Sal 2,7). Anio, izany hoe : rahefa manangan-ko velona i Kristy⁵.

2837. “*Isan’andro*”. Ity teny ity, *épioussios*, dia tsy ampiasaina afa-tsy eto, ao amin’ny Testamenta Vaovao. Raha raisina amin’ny hevitra momba ny fotoana izy, dia famerenana ara-pampianarana ny “anio”⁶ mba hanamafisana amintsika amin’ny fitokiana “manontolo”. Raha raisina amin’ny hevitra momba ny toetran-javatra izy, dia midika ny ilaina amin’ny fiainana, ary amin’ny hevitra malalaka kokoa dia ny zava-tsoa rehetra saha ho an’ny fivelomana⁷. Raha raisina ara-bakiteny (*épioussios* : “mihoatra an’izay ilaina”), dia ilazana mivantana ny Mofon’ny Fiainana, ny Vatan’i Kristy, “fanafodin’ny tsy fahafatesana”⁸ izay raha tsy misy azy dia tsy manana ny 2659 2633 1405

1. Natao ho an’i Md Ignace de Loyola ; jer. Pierre de Ribadeneyra, Tractatus de modo gubernandi Santi Ignatii, 6,14.

2. jer. Det 8,3.

3. jer. Jo 6,26-58.

4. jer. Mt 6,34 ; Eks 16,19.

5. Md Ambroise, sacr 5,26.

6. jer. Eks 16,19-21.

7. jer. 1 Tm 6,8.

8. Md Ignace d’Antioche.

1166 Fiainana ao amintsika isika¹. Farany, raha ampifandraisina amin'ny teo aloha, dia mazava ny dikany araka an'Andriamanitra : “ny isan'Andro” dia ny an'ny Tompo, ny an'ny Fanasam-be any amin'ny Fanjakan'ny lanitra, atao mialoha ao amin'ny Eokaristia izay efa fisantarana ny Fanjakan'ny lanitra izay ho avy. Koa noho izany, mety ny ankalazana ny litorzian'ny Eokaristia “isan'andro”.

1389 Ny Eokaristia no hanintsika isan'andro. Ny hery manokana amin'ity hanina masina ity dia ny herim-piraisana : mampiray antsika amin'ny Vatan'ny Mpamonjy izy sy mampahatonga antsika ho rantsambatany mba hanjary ho ilay raisintsika isika (...). Ity hanina isan'andro ity koa dia ao amin'ireo vakiteny izay henoinareo isan'andro ao am-Piangonana, ao amin'ny antsa izay hiraina sy izay hirainareo. Ilaina amin'ny fivahinantsika izany rehetra izany².

Amporisihan'ny Ray any an-danitra isika hangataka toy ireo zanaky ny lanitra, ny Mofon'ny lanitra³. I Kristy “Tenany mihitsy no Ilay mofo, izay nafaty tao amin'ilay Virjiny, nampitomboina tao amin'ny nofo, nopotsipotsehina tamin'ny fijaliana, nandrahoina tao amin'ny lafaoran'ny fasana, notahirizina tao amin'ny Fiangonana, nentina eo amin'ny ôtely, omena isan'andro ny mpino ho hanina avy any an-danitra”⁴.

V. “Avelao ny fahotanay, tahaka ny amelanay izay nanao ratsy taminay”

1425 2838.Mampitolagaga io fangatahana io. Raha tsy misy afa-tsy ireo rantsana amin'ny fehezan-teny voalohany izany – “Avelao ny fahotanay” - dia mety ho tafatsofoka, tsy voalaza mivantana, ao amin'ireo fangatahana telo voalohany amin'ny Vavaky ny Tompo, satria natao “ho famelana ny fahotana” ny Soron'i Kristy. Kanefa, araka ireo rantsana amin'ny fehezan-teny faharoa, dia tsy ho ekena ny fangatahantsika raha tsy efa valiana aloha ny zavatra takina. Mitodika mankamin'ny ho avy ny fangatahantsika, fa ny valiny ataontsika no tsy maintsy mialoha azy ; ny teny mampifandray an' ireo dia ny hoe : “tahaka”.

“Avelao ny fahotanay” ...

1425 2839. Ao anatin'ny fitokiana amin-kasahiana no anombohantsika ny vavaka Rainay. Amin'ny fitalahoana Aminy mba hohamasinina anie ny Anarany, dia mangataka Aminy isika mba hohamasinina bebe kokoa lalandava ny tenantsika. Kanefa, na dia mitafy ny akanjon'ny maha-vita batemy aza isika,

1. jer. Jo 6,54-57.

2. Md Augustin, serm. 57,7,7.

3. jer. Jo 6,51.

4. Md Pierre Chrysologue, serm. 67,7.

dia tsy mitsahatra manota, tsy mitsahatra mihodina amin'Andriamanitra. Ankehitriny, amin'ity fangatahana vaovao ity, miverina Aminy isika, toy ilay zaza mpandany¹, sy miaiky fa mpanota, eo anatrehany, toy ilay poblikana².¹⁴³⁹ Ny fangatahantsika dia manomboka amin'ny “fibabohana” izay sady iekentsika ny fahantrana amam-pijaliantsika no iekentsika ny Famindrampony. Mafy tsy voahozongozona ny fanantenantsika, satria ao amin'ny Zanany no “ananantsika ny fanavotana sy ny famelana ny fahotantsika” (Kôl 1,14)³. Ny famantarana mandaitra sy tsy mampisalasala amin'ny famelany,¹⁴²² dia hitantsika ao amin'ireo sakramentan'ny Fiangonany⁴.

2840. Fa ny mampatahotra, io habetsahan'ny famindram-po io dia tsy afaka haninteraka ny fontsika raha toa ka tsy namela ny helok'ireo izay nanao ratsy tamintsika isika. Ny fitiavana, toy ny Vatan'i Kristy, dia tsy azo saratsarahina: Tsy afaka ho tia an'Andriamanitra izay tsy hitantsika isika, raha tsy tia ny rahalahy, ny anadahy, ny rahavavy, ny anabavy, izay hitantsika⁵. Amin'ny fandavana hamela ny rahalahintsika, ny anadahintsika, ny rahavavintsika ary ny anabavintsika, mihidy ny fontsika, ny hamafiny no mahatonga azy tsy andairan'ny fitiavana be famindram-pon'ny Ray ; amin'¹⁸⁶⁴ ny fiekena ny fahotantsika, misokatra ho amin'ny fahasoavany ny fontsika.

2841. Tena manan-danja io fangatahana io, fa izy irery no naverin'ny Tompo sy novelabelarin'ny tamin'ny toriteny teo an-Tendrombohitra⁶. Izany fitakiana lehibe dia lehibe momba ny misterin'ny fanekem-pihavanana izany dia tsy mety ho vitan'olombelona. Kanefa “vitan'Andriamanitra ny zavatra rehetra” (Mt 19,26).

... “tahaka ny amelanay izay nanao ratsy taminay”

2842. Io “tahaka” io dia tsy tokana ao amin'ny fampianaran'i Jesoa : “Aoka ho lavorary ianareo "tahaka" ny fahalavorarian'ny Rainareo izay any an-danitra” (Mt 5,48) ; “Aoka ho mpamindra fo ianareo "tahaka" ny Rainareo mpamindra fo” (Lk 6,36) ; “Didy vaovao no omeko anareo : mifankatiava ianareo "tahaka" ny itiavako anareo” (Jo 13,34). Ny mitandrana ny didin'ny Tompo dia tsy mety ho vita raha maka tahaka fotsiny ety ivelany ny môdely avy amin'Andriamanitra. Fandraisana anjara tsy azo avela sy avy “amin'ny aty fo lalina”, amin'ny Fahamasinana, amin'ny Famindram-po, amin'ny Fitiavan'⁵²¹ ny Andriamanitsika izany. Ny Fanahy irery, izay “Fiainantsika” (Gal 5,25) no mety hahatonga “ho antsika” koa ny fihetseham-po izay tao amin'i Jesoa-

1. jer. Lk 15,11-32.

2. jer. Lk 18,13.

3. jer. Efez 1,7.

4. jer. Mt 26,28 ; Jo 20,23.

5. jer. 1 Jo 4,20.

6. jer. Mt 5,23-24. ; 6,14-15 ; Mk 11,25.

Kristy¹. Amin'izany ny maha-tokana ny famelana dia manjary azo tanterahina “amin’ny fifamelantsika heloka “tahaka” ny namelan’ Andriamanitra antsika tao amin’i Kristy” (Efez 4,32).

2843. Tahaka izany no mampanjary fiainana ny Tenin’ny Tompo momba ny famelan-keloka, ilay fitiavana izay tia hatramin’ny fara fitiavana². Ny fanoharana momba ny mpanompo tsy mifaditrovana, izay mandravaka ny fampianaran’ny Tompo momba ny fiombonan’ny Fiangonana³, dia mifarana amin’ity teny ity hoe : “Dia ho tahaka izany koa no hataon’ny Raiko izay any an-danitra aminareo, raha tsy samy mamela ny mpiray tam-po ara-pinoana amin’ny fonareo avy ianareo.” Ao amin’io, araka izany, “ao amin’ny *aty fo*” no iraiketan’ny zavatra rehetra sy iafarany. Tsy azontsika atao ny tsy hahatsiaro intsony sy hanadino ny fahotana ; fa ny fo izay manaiky ny Fanahy Masina no mamadika ny ratra ho fangorahana sy manadio ny fitadidiana amin’ny fanovàna ny fahotana ho fifonana.

368

2262 2844. Tonga hatrany amin’ny *famelan-keloka ny fahavalo*⁴ ny fivavahana kristianina. Manova endrika ny mpianatra izany amin’ny fanahafana ny Mpampianany. Ny famelan-keloka no tampon’ny vavaka kristianina ; tsy mety ho voaray ny fanomezam-pahasoavana momba ny fivavahana, raha tsy manana fo mangoraka tahaka ny fon’Andriamanitra. Ny famelan-keloka koa no mampiseho, fa eo amin’ny tontolontsika, ny fitiavana no mahery kokoa noho ny fahotana. Mijoro ho vavolombelon’i Jesoa amin’izany ny martiry na ny fahiny na ny ankehitriny. Ny famelan-keloka no fepetra fototry ny Fampihavanana⁵ ny zanak’Andriamanitra amin’ny Rain’izy ireo, ary ny olombelona amin’ny samy olombelona⁶.

1441 2845. Tsy misy fetra na fatra izany famelan-keloka araka ny maha-avy amin’ Andriamanitra azy izany⁷. Raha momba ny fahotana (“heloka” araka an’i Lk 11,4 na “trosa” araka an’i Mt 6,12), dia izany tokoa satria mpitrosa lalandava isika : “Aoka tsy hananan’olona troso ianareo, afa-tsy ny momba ny fifankatiavana” (Rôm 13,8). Ny fiombonan’ny Trinite Masina no loharano sy marim-pitsaràn’ny fahamarinan’ny fifandraisana rehetra⁸. Ao amin’ny fivavahana, indrindra ao amin’ny Eokaristia, no iainana izany⁹ :

1. jer. Filip 2,1.5.

2. jer. Jo 13,1.

3. jer. Mt 18,23-35.

4. jer. Mt 5,43-44.

5. jer. 2 Kôr 5,18-21.

6. jer. Joany Paoly II, DM 14.

7. jer. Mt 18,21-22 ; Lk 17,3-4.

8. jer. 1 Jo 3,19-24.

9. jer. Mt 5,23-24.

Tsy eken'Andriamanitra ny soron'ny mpamporisika ho amin'ny fisaraham-bazana, averiny avy eny amin'ny ôtely izy ireo mba hihavana amin'ny rahalahiny aloha : Andriamanitra dia te-hampihavana amin'ny vavaka atao amin'ny fifanarahan-tsaina. Ny didy tsara indrindra ho an'Andriamanitra dia ny fiadanantsika, ny fihavanantsika, ny firaisan'ny vahoaka mpino rehetra ao amin'ny Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina¹.

VI. “Aza avela ho azon'ny fitaoman-dratsy izahay”

2846. Ity fangatahana ity dia mahatratra ny fototry ny fangatahana teo aloha, satria ny fahotantsika no vokatry ny fanekena ny fakam-panahy. Mangataka amin'ny Raintsika isika, mba tsy “hanaiky izany”. Ny mandika ho amin'ny teny tokana ny fiteny grika dia sarotra : ny dikany dia hoe “aza mamela hiditra ao”², “aza mamela anay ho resin'ny fakam-panahy”. “Andriamanitra tsy mba mety halaim-panahy hanao ratsy, sady tsy maka fanahy olona Izy” (Jak 1,13), ny tiany kosa dia ny hanafaka antsika amin'izany. Mangataka Aminy isika mba tsy hamelany antsika handeha amin'ny lalana izay mitondra amin'ny fahotana. Tafarotsaka ao amin'ny ady “ifanaovan'ny nofo sy ny Fanahy” isika. Ity fangatahana ity no mitalaho ny Fanahin'ny fandanjalanjana sy ny faherezana. 164
2516

2847. Ny Fanahy Masina no mahatonga antsika *handanjalanja* eo amin'ny fitsapan-toetra, ilaina ho amin'ny fitombon'ny olona anaty³ ho amin'ny “hatsaram-panahy voazaha toetra” (Rôm 5,3-5), sy eo amin'ny fakam-panahy, izay mitondra amin'ny fahotana sy amin'ny fahafatesana⁴. Tsy maintsy mandanjalanja koa isika eo amin'ny hoe “alaim-panahy” sy ny hoe “manaiky” ny fakam-panahy. Farany, ny fandanjalanjana no manala sarona ny laingan'ny fakam-panahy : araka ny hita, ny antony dia “tsara, maha te hijery sy mendrika hoirina” (Jen 3,6), nefa raha ny tena izy, ny vokany dia fahafatesana. 2284

Tsy te hanery hanao ny tsara Andriamanitra, fa olona afaka no sitrany (...). Mety ilaina ny fakam-panahy, amin'ny zavatra sasany. Tsy mahalala izay noraisin'ny fanahintsika tamin'Andriamanitra ny rehetra, na dia ny tenantsika aza, afa-tsy Andriamanitra. Kanefa ny fakam-panahy no mampiseho ny tsara, mba hampianatra antsika hahalala tena, ary avy amin'izany, mba hampiharihary amintsika ny fahoriantika, ary mba hanery antsika hisaotra noho ny tsara izay nasehon'ny fakam-panahy tamintsika⁵.

1. Md Cyprien, Dom. orat. 23.

2. jer. Mt 26,41.

3. jer. Lk 8,13-15 ; Asa 14,22 ; 2 Tim 3,12.

4. jer. Jak 1,14-15.

5. Origène, or.29.

1808 2848. “Ny tsy miditra ao anatin’ny fakam-panahy” dia mitarika ny *fanapahan-kevitry ny fo* : “Fa izay itoeran’ny harenao no hitoeran’ny fonao (...). Tsy misy afaka manompo tompo roa” (Mt 6,21.24). “Satria ny Fanahy no fiainantsika, dia aoka ny Fanahy no hampiasa antsika koa” (Gal 5,25). Amin’io “fanekena” ny Fanahy Masina io ny Ray no manome ny hery ho antsika. “Tsy misy fakam-panahy namely anareo afa-tsy izay zakan’ny olombelona ihany. Mahatoky Andriamanitra ; tsy hamela anareo halaimpanahy mihoatra noho izay zakanareo Izy. Isaky ny fakam-panahy, dia hanome anareo ny fomba ivoahana amin’izany sy ny hery izakana izany Izy” (1 Kôr 10,13).

540,612 2849. Ary ny ady tahaka izany sy ny fandresena tahaka izany dia tsy mety ho vita raha tsy amin’ny vavaka. Tamin’ny alalan’ny fivavahany no nahatonga an’i Jesoa ho Mpandresy ny Mpaka fanahy, hatrany am-boalohany¹ ka hatramin’ny ady faran’ny fiadiany aina². Tamin’ny ady nataony sy tamin’ny fiadiany aina no nampiraisan’i Kristy antsika amin’ity fangatahana ity tamin’ny Raintsika. Ny *fiambenan’ny fo* dia voatsiahy tamim-pomba hentitra³ hiombona amin’ny Azy. Ny fiambenana no “aron’ny fo” ary i Jesoa no mangataka amin’ny Ray mba hiaro antsika amin’ny Anarany⁴. Ny Fanahy Masina dia mikatsaka ny hanetsika antsika tsy an-kijanona amin’izany fiambenana izany⁵. Io fangatahana io dia mandray ny dikany manontolo mampitaintaina raha oharina amin’ny fakam-panahy faran’ny adintsika eto an-tany ; mitaky *fitozoana hatramin’ny farany* izany. “Indro avy toy ny mpangalatra Aho : sambatra izay miambina!” (Apôk 16,15).

VII. “Fa manafaha anay amin’ny Ratsy”

309 2850. Entina koa amin’ny vavak’i Jesoa ny fangatahana farany amin’ny Rainay: “Tsy ny hanesoranao azy ireo amin’izao tontolo izao no angatahiko, fa ny hiarovanao azy ireo amin’ilay Ratsy” (Jo 17,15). Mahakasika antsika izany, ny isam-batan’olona, kanefa dia “isika” hatrany no mivavaka, ho amin’ny fiombonan’ny Fiangonana manontolo sy ho amin’ny fanafahana ny fianakavian’ny olombelona manontolo. Tsy mitsahatra manokatra ho antsika amin’ny fivelaran’ny fitantanam-pamonjena ny Vavaky ny Tompo. Ka amin’izay, ny fifampiankinantsika amin’ny antambon’ny fahotana sy ny fahafatesana, dia hivadika ho firaisan-kina ao amin’ny Vatan’i Kristy, ho “fiombonan’ny olomasina”⁶.

1. jer. Mt 4,1-11.

2. jer. Mt 26,36-44.

3. jer. Mk 13,9.23.33-37 ; 14,38 ; Lk 12,35-40.

4. jer. Jo 17,11.

5. jer. 1 Kôr 16,13 ; Kôl 4,2 ; 1 Tes 5,6 ; 1 Pi 5,8.

6. jer. RP 16.

2851. Amin'io fangatahana io, tsy hevi-dravina ny hoe ny Ratsy, fa manondro olona, i Satàna, ilay Ratsy, ny anjely izay manohitra an'Andriamanitra. Ny "devoly" (*dia-bolos*) dia ilay izay "mitsivalam-pandry" amin'ny fandaharan' Andriamanitra sy amin'ny "tsanganasam-pamonjeny" tanteraka ao amin'i Kristy. 391

2852. "Mpamono olona hatramin'ny voalohany, mpandainga sy rain'ny lainga" (Jo 8,44), "i Satàna, ilay mpanangoly an'izao tontolo izao" (Apôk 12,9), fa tamin'ny alalany no nidiran'ny fahotana sy ny fahafatesana teto amin'izao tontolo izao ary amin'ny fahareseny tanteraka no "ho afaka amin'ny fahotana sy ny fahafatesana"¹ ny voary manontolo. "Fantatsika fa na iza na iza naterak'Andriamanitra dia tsy manota, fa miaro tena izy Naterak' Andriamanitra, ka tsy mahazo azy ilay Ratsy. Fantatsika fa avy amin' Andriamanitra isika, ary izao tontolo izao kosa mipetraka daholo ao amin' ilay Ratsy" (1 Jo 5,18-19) :

Ny Tompo izay nanala ny fahotanareo sy namela ny hadisoanareo dia afaka miaro anareo sy miambina anareo koa amin'ny hafetsen'ny Devoly izay miady aminareo, mba tsy hanampoka anareo ny fahavalo, izay manam-pahazarana mamorona fahadisoana. Izy matoky an' Andriamanitra, tsy matahotra ny Demony. "Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika ?" (Rôm 8,31)².

2853. Ny fandresena ny "mpanapaka an'izao tontolo izao" (Jo 14,30) dia azo, indray mandeha ihany, tamin'ny Ora izay nanoloran'i Jesoa tena tamin-kalalahana ho faty mba hanomezany antsika ny Ainy. Ny fitsaràna an'izao tontolo izao sy ny mpanapaka an'izao tontolo izao no narodana³. "Nanenjika ilay Vehivavy izy"⁴, nefa tsy nahazo sy tsy nahatana azy : i Eva vaovao, "feno fahasoavan' " ny Fanahy Masina, dia voaro tamin'ny fahotana sy ny fahalovan'ny fahafatesana (Fahatorontoronina tsy azon-keloka sy Fampakarana any an-danitra an'ilay Reny masin'Andriamanitra, i Maria, virjiny mandrakizay). "Tamin'izay, nisafoaka noho ny fahasorenana tamin-dRavehivavy izy, ka lasa niady tamin'ny zanany sisa" (Apôk 12,17). Izy indrindra no ivavahan'ny Fanahy sy ny Fiangonana hoe : "Avia, ry Jesoa Tompo!" (Apôk 22,17.20) satria ny Fahatongavany no hanafaka antsika amin'ilay Ratsy. 677
490
972

2854. Rahefa mangataka mba hafahana amin'ilay Ratsy isika, dia mitalaho koa mba hafahana amin'ny faharatsiana amam-pahoriana rehetra, ankehitriny, lasa ary hoavy, izay ataon'ilay Ratsy na amporisihany. Amin'ity fangatahana farany ity no itondran'ny Fiangonana eo anatrehan'ny Ray ny fahoriana

1. MR, vavaka fisaorana IV.

2. Md Ambroise, sacr. 5,30.

3. jer. Jo 12,31 ; Apôk 12,10.

4. jer. Apôk 12,13-16.

2632 rehetra mianjady amin'izao tontolo izao. Miaraka amin'ny fanafahana amin'ny ratsy izay mitambesatra amin'ny olombelona no italahoan'ny Fiangonana ny fanomezan-tsarobidin'ny fiadanana sy ny fahasoaavana amin'ny fiandrasana maharitra ny fiverenan'i Kristy. Amin'ny fivavahana toy izany, no anaovan'ny Fiangonana mialoha ao anatin'ny fanetren-tena amim-pinoana ny famondronana ny olona rehetra sy ny zavatra rehetra ao amin' Ilay izay "mihazona ny fanalahidin'ny Fahafatesana sy ny Afobe" (Apôk 1,18), "Ilay Tompon'ny zavatra rehetra, Ilay ankehitriny sy taloha ary hoavy" (Apôk 1,8)¹ :

1041 Eny, manafaha anay amin'ny ratsy rehetra, ry Tompo, ary mba fenoy ny fiadananao ny andro iainanay : enga anie homban'ny indrafonao izahay, ka sady ho afaka mandrakariva amin'ny fahotana no hilamina tsy ho azon-tebiteby na toy inona na toy inona, eto am-piandrasana ny hasambarana nampanantenainao sy ny fiavian'i Jesoa-Kristy Mpamonjy anay².

Tenim-boninahitra farany

2760 2855. Ny benim-boninahitra farany hoe : "Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra", dia mamerina, amin'ny fampidirana, ny fangatahana telo voalohany amin'ny Rainay : ny fanomezam-boninahitra ny Anarany, ny fahatongavan'ny Fanjakany ary ny herin'ny Sitrapony mahavonjy. Kanefa izany famerenana izany amin'izay dia miseho amin'ny endrika fitsaohana sy fisaorana, toy ny amin'ny litorzian'ny lanitra³. Ny mpanapaka an'izao tontolo izao, dia nihambo tamin'ny fomba mamitaka ho tompon'ireo anaram-boninahitra telo ireo, dia ny fanjakana, ny hery ary ny voninahitra⁴ ; i Kristy, Tompo, dia mamerina an'ireo amin'ny Rainy sy Raintsika, mandrapanomeny Azy ny Fanjakana rahefa tomombona tsy an-kifody ny misterim-pamonjena ary ho zavatra rehetra ao amin'izy rehetra Andriamanitra⁵.

1061-1065 2856. "Ary rahefa vita ny vavaka, hoy Ianao hoe : *Amen*, amin'ny fanaovana sonia fanamarinana ny sonia vita rahateo amin'ny alalan'io Amen io, izay midika hoe : "Ho tanteraka tokoa anie izany"⁶ izay raketin'ny vavaka nampianarin'Andriamanitra antsika"⁷.

1. jer. Apôk 1,4.

2. MR, Embolisme.

3. jer Apôk 1,6 ; 4,11 ; 5,13.

4. jer. Lk 4,5-6.

5. jer. 1 Kôr 15,24-28.

6. jer. Lk 1,38.

7. Md Cyrille de Jérusalem, catech. myst. 5,18.

FAMINTINANA

2857. *Ao amin'ny "Rainay", ny votoatin'ny fangatahana telo voalohany dia ny Voninahitry ny Ray : ny fankamasinana ny Anarany, ny fahatongavan'ny Fanjakany ary ny fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra. Ny efatra hafa dia maneho Aminy ny faniriansika : mahakasika ny fiainantsika mba hamelomana azy na mba hanasitranana azy amin'ny fahotana ireo fangatahana ireo, ary mifandray amin'ny ady ataontsika ho amin'ny fandresen'ny Tsara ny Ratsy.*

2858. *Amin'ny fangatahana hoe : "Hohamasinina anie ny Anaranao", dia miditra ao amin'ny fandaharan'Andriamanitra isika, amin'ny fankamasinana ny Anarany – nambara tamin'i Môizy, avy eo tao amin'i Jesoa – amin'ny alalantsika sy ao amintsika, ary koa eo amin'ny firenena rehetra sy ao amin'ny olona tsirairay.*

2859. *Amin'ny fangatahana faharoa, ny Fiangonana dia mitsinjo indrindra ny fiverenan'i Kristy sy ny fahatongavana faran'ny Fanjakan'Andriamanitra. Mivavaka koa ny Fiangonana ho an'ny fitomboan'ny Fanjakan'Andriamanitra eo amin'ny "anio" ny fiainantsika.*

2860. *Amin'ny fangatahana fahatelo, mangataka amin'ny Raintsika isika hampiray ny sitrapontsika amin'ny an'ny Zanany mba hanatanteraka ny fandaharam-pamonjeny eo amin'ny fiainan'izao tontolo izao.*

2861. *Amin'ny fangatahana fahefatra, amin'ny filazana hoe "Omeo anay", no anehoantsika, amin'ny fiombonana amin'ny mpiray tam-po amintsika amin'ny finoana, ny fitokian-janaka amin'ny Raintsika any an-danitra. Ny hoe "haninay" dia milaza ny sakafo eto an-tany ilaina amin'ny mivelomantsika olombelona rehetra sy manambara koa ny Mofon'ny Fiainana: ny Tenin'Andriamanitra sy ny Vatan'i Kristy. Raisina amin'ny "Anio" an'Andriamanitra izany, ho sakafo tena ilaina, (manana amby ampy) ilaina amin'ny Fanasam-ben'ny Fanjakan'ny lanitra, izay efa atao mialoha amin'ny Eokaristia.*

2862. *Ny fangatahana fahadimy no mitalaho ny famindram-pon'Andriamanitra noho ny fahotantsika, izay tsy ho afaka haninteraka ao am-pontsika raha tsy mahay mamela ny fahavalontsika isika, amin'ny oha-piainana sy miaraka amin'ny fanampian'i Kristy.*

2863. *Amin'ny filazana hoe "Aza avelanao ho azon'ny fitaoman-dratsy izahay", dia mangataka amin'Andriamanitra isika mba tsy hamelany antsika hizotra amin'ny lalana mitondra ho amin'ny fahotana. Io fangatahana io no mitalaho ny Fanahin'ny fahaiza-manavaka ny tsara sy ny ratsy mbamin'ny*

faherezana ; io no miambezo ny fahasovana hananana fiambenana sy fitozoana hatramin'ny farany.

2864. *Amin'ny fangatahana farany hoe : “Fa manafaha anay amin'ny Ratsy”, ny kristianina dia mivavaka amin'Andriamanitra miaraka amin'ny Fiangonana, mba hampiharihary ny fandresena, efa azon'i Kristy, an'ilay “Mpanapaka izao tontolo izao”, i Satana, ilay anjely mitsangan-kanohitra an'Andriamanitra sy ny fandaharam-pamonjeny.*

2865. *Amin'ny “Amen” farany, no anambaràntsika ny “Fanekentsika” mikasika ny fangatahana fito : “Ho tanteraka tokoa anie izany ...”*

* * * * *

12,2	762*, 1669*	13,12-13	529*
12,3	706*, 2676	13,22	659*
12,3 LXX	59	15,1	2810
12,4	2570	15,26	1502
13,8	500*	16,19-21	2837*
14,16	500*	16,19	2836*
14,18	58*, 1333, 1544	17,1-6	694*
15,2-3	2570*	17,2-7	2119*
15,2	2374	17,8-13	2577*
15,5-6	762*	19-20	708*
15,5	146*, 288*	19	751*, 2060*
15,6	146*, 2571*	19,5-6	709, 762*, 2810*
17,1-2	2571*	19,6	63*, 1539
17,4-8	1819*	19,16-25	2085*
17,2	59	20,1-17	2056*
18,1-15	706*, 2571*	20,2-5	2083
18,10-14	489*	20,2	2061
18,14	148*, 276*	20,7	2141
18,16-33	2571*	20,8-10	2167
18,20	1867*	20,11	2169
19	332*	20,12	2196, 2200, 2214*
19,1-29	2357*	20,13	2257
19,13	1867*	20,14	2330
21,1-2	489*	20,15	2400
21,17	332*	20,16	2463, 2504
22,1-18	1819*	20,17	1456*, 2513, 2533
22,8	2572	22,20-22	1867*
22,11	332*	23,7	2261
22,17-18	706*	23,12	2172*
23,4	145*	23,20-23	332*
28,10-22	2573*	24	2060*
29,15	500*	24,7	2060*
30,1	2374	24,8	613*
32,25-31	2573*	24,15-18	697*, 2085*
38,18	1295*	25,10-22	2130*
41,42	1295*	25,16	2058
45,8	312	25,22	433*
49,24	269	29,1-30	1539*
50,20	312	29,7	436*
		30,22-32	695*
		31,15	2168, 2189
		31,16	2171*
		31,17	2172
		31,18	700, 2056*, 2058
		32	210*
		32,1-34,9	2577*
		32,15	2058
		33,9-10	697*
		33,11	2576
		33,12-17	210*
		33,18-19	210
		33,19-23	2583*, 2666*
<i>Eksaody</i>			
3,1-10	2575*		
3,5-6	208*		
3,5	2777		
3,6	205, 207		
3,7-10	1867*		
3,13-15	205		
3,14	446*, 2666*, 2810*		
4,22	238, 441*		
12,3-14	608*		
13,31	1363*		

34,6 210, 214, 231, 2577*
 34,7 211
 34,9 210*
 34,28 2056
 34,29 2058
 40,1-3 2058
 40,36-38 697*

Levitika

8 1539*
 8,12 436*
 11,44 2813
 16,2 433*
 16,15-16 433*, 613*
 17,14 2260*
 18,7-20 2388*
 19,2 2811
 19,13 2434*
 19,15 1807
 19,18 2055*
 26,12 2550

Fanisana

1,48-53 1539*
 7,89 433*
 11,24-25 1541*
 12,3 2576
 12,7-8 2576
 12,13-14 2577*
 21,4-9 2130*
 24,17-19 528*
 24,17 528*
 28,9 582*

Deterônômy

1-11 708*
 4,13 2056
 4,15-16 2129
 4,19 57*
 4,37 218*
 5,2 2060
 5,4 2059
 5,6-22 2056*
 5,6-9 2083*
 5,6 431, 2061, 2084, 2133
 5,11 2141*
 5,12-15 2167*
 5,15 2189
 5,15 2057, 2170
 5,16 2196*, 2200*, 2247
 5,18 2330*

5,19 2400*, 2450
 5,21 2533
 5,22 2056*, 2058
 6,4-5 201, 459*, 2093*
 6,4 228, 2083*
 6,5 368*, 2055*, 2133
 6,13-14 2084
 6,13 2096, 2150
 6,16 2119
 7,6 762*
 7,8 218*
 7,9 215*
 8,3 1334*, 2835*
 10,4 2056
 10,15 218*
 11,14 1293*
 14,1 441*
 15,11 2449
 18,10 2116*
 24,1 1610*
 24,14-15 1867*, 2409*, 2434*
 25,13-16 2409*
 28,10 63
 29-30 708*
 29,3 368*
 30,15-20 1696*
 30,16 2057
 31,9 2056*
 31,24 2056*
 32,6 238*
 32,8 57*, 441*
 32,34 1295*
 32,39 304*

Bokin'i Jôsôe

3,10 2112*
 13,33 1539*

Bokin'ny Mpitsara

6,11-24 332*
 13 332*
 13,18 206*

Boky voalohan'i Samoela

1 489*
 1,9-18 2578*
 3,9-10 2578*
 9,16 436*
 10,1 436*
 12,23 2578
 16,1 436*

16,12-13 436*
16,13 695*
28,19 633*

Boky faharoan'i Samoela

7 709*
7,14 238*, 441*
7,18-29 2579*
7,28 215, 2465*
12,1-4 2538*
12,7-15 1736*

Boky voalohan'ny Mpanjaka

1,39 436*
6,23-28 2130*
7,23-26 2130*
8,10-61 2580*
8,10-12 697*
17,7-24 2583*
18,20-39 2583*
18,26-29 2766*
18,38-39 696*
18,39 2582*
19,1-14 2583*
19,5 332*
19,16 436*
21,1-29 2538*
21,8 1295*

Boky faharoan'ny Mpanjaka

2,9 2684*

Boky voalohan'ny Tantara

17,13 441*

Boky faharoan'ny Tantara

36,21 2172*

Bokin'i Esdrasa

9,6-15 2585*

Bokin'i Nehemia

1,4-11 2585*
13,15-22 2172*

Tobia

1,16-18 2300*
2,12-18 volg. 312*
3,11-16 2585*

4,3-4 2214*
4,5-11 2447*
4,15 1789*
8,4-9 2361
8,6 360*
12,8 1434*
12,12 336*
13,2 269*

Jodita

9,2-14 2585*

Estera

4,17d 269*

Boky faharoan'i Makabeo

6,30 363*
7,9 992
7,14 992
7,22-23 297
7,28 297
7,29 992*
10,29-30 333*
11,8 333*
12,46 958, 1032

Jôba

1,5 1032*
1,6 441*
10,8-12 2270*
12,10 2318
33,23-24 336*
36,26 223
38,7 332*
42,2 275
42,3 299*

Salamo

2,1-2 600*
2,2 436*
2,6-7 745*
2,7-8 2606
2,7 441*, 653*, 2836
6,3 1502*
6,6 633*
8 2809*
8,2 300, 2160, 2566*
8,3 559*
8,6 2566*, 2809*
16,9-10 627*

19,2-5	299*	95,10	539*
19,2	326*	96,2	2143*
22	304*	102,27-28	212
22,1	603*	103	304*
22,2	2605*	103,20	329
22,10-11	2270*	104	288*
22,15	112*	104,13-15	1333*
22,27	716*	104,15	1293*
23,5	1293*	104,24	295
24,6	2582*	104,27	2828
24,7-10	559	104,30	292*, 703*
24,8-10	269	105,3	30
24,9-10	2628	106,23	2577
27,8	2730	107,20	1502*
27,10	239*	110	447
29,2	2143*	110,1	659*
32	304*	110,4	1537*
32,5	1502*	111,9	2807*
33,6	292*, 703*	113,1-2	2143*
34,3	716*	115,3	268, 303
34,8	336*	114,4-5	2112
35	304*	115,8	2112
38	1502*	115,15	216*, 287
38,5	1502*	115,16	326*
38,9	1502*	116,12	224
39,12	1502*	116,13	1330*
40,2	2657	116,17	1330*
40,5	150*	117,24	2173
40,7-9 LXX	462	118,14	1808
40,8-9	2824*	118,22	587*, 756*
42,3	2112*	118,24	2173
42,8	2803	118,26	559
50,3	1039	119,30	2465*
51,6	431*, 1850	119,142	2465*
51,11	298*, 431*	119,90	2465
51,19	1428*, 2100	119,105	141
55,23	322*	119,160	215
56,5	990*	121,2	1605*
68,6	238*	124,8	287
69,10	584	130,1	2559
79,9	431*	131,2	239*
82,6	441*	131,2-3	370*
84,3	1770	134,3	287
85,11	214*	135,6	269
85,12	2795*	138	304*
88,11-13	633*	138,2	214
89	709*	139,15	2270
89,49	633*	143,10	1831
91,10-13	336*	145,3	300
95,1-6	2628*	145,9	295, 342*
95,8	1165*, 2659	146,3-4	150*
95,9	2119*		

Ohabolana

1,8	2214*
6,20-22	2216
8,1-9,6	721*
8,7	2465*
8,22-31	288*
13,1	2216
14,15	1806
17,6	2219
18,5	2476*
19,9	2476*
19,21	303
21,1	269*
25,9-10	2489*

Mpitoriteny

3,20-21	703*
12,1	1007
12,7	1007
30,1-2	2223
36,14	441*
37,27-31	1809*
43,27-28	2129*
43,30	300*
48,1	696
50,22	433*

Izaia

1,2-4	762*
1,6	1293*
1,10-20	2100*
1,16-17	1430*
1,17	1435*
1,24	269
2,2-5	762*
2,2-4	64*
2,4	2317
5,1-7	755*
6-12	712*
6,1	1137
6,2-3	1138*
6,3	2809*
6,5	208, 2584*
6,6	332*
6,8	2584*
6,11	2584*
7,14	497
9,5	2305
10,5-15	304*
11,1-9	672*
11,1-2	712, 1831*

11,2	436*, 536*, 1286*
12,3	2561*
29,11	1295*
32,17	2304*
33,24	1502*
38	1502*
40,1-3	719*
40,6	990*
40,11	754*
42,1-9	713*
42,1	536*, 555*
42,3	580
42,6	580
43,1-7	218*
43,1	287*, 2158*, 2167*
43,19	711
44,6	198, 212*
44,9-20	2112*
44,24	288*
45,5-7	304*
45,8	2795*
45,15	206
45,22-24	201
49,5-6	64*
49,13	716*
49,14-15	219*, 370*
49,15	239*
49,16	713*
50,4-10	713*
50,4	141*
51,1	2561*
52,13-15	713*
53,1	591*
53,4-6	1505*
53,4	517*, 1505*
53,7-8	601*
53,7	608*
53,8	627
53,10-12	440*, 615*
53,10	623*
53,11-12	601*
53,11	64*, 579*, 601*, 623*, 1502*
53,12	536*, 608*, 713*
54	1611*
54,8	220
54,10	220
55,1	694*, 2121*
55,3	762*
58,6-7	2447*
61,1-2	714*
61,1	436*, 695*, 716*, 1286*
61,6	1539*

62 1611*
 62,4-5 219*
 65,16 1063
 66,13 239*, 370*

Jeremia

1,5 2270
 1,6 2584*
 2-3 1611*
 2 762*
 2,13 2561
 3,4-19 370*
 3,19-4,1a 2795*
 3,19 441*
 5,7 2380*
 7,9 2056*
 10,1-16 2112*
 11,19 608*
 13,27 2380*
 15,15-18 2584*
 17,5-6 150*
 20,7-18 2584*
 27,5 269*
 29,8 2116*
 31 1611*
 31,3 220
 31,31-34 64*, 715*, 762*, 1965*
 31,33 368, 580, 2713*
 31,35-37 346*
 32,10 1295*
 32,17 269*
 33,19-26 288*, 346*

Fitomaniana

5,21 1432

Baroka

6 2112*

Ezekiela

1,26-28 1137*
 9,4-6 1296*
 11,19 715*
 14,14 58
 16 219*, 1611*
 18,5-9 2056*
 20 2811*
 20,39 2812*
 23 1611*
 32,17-32 633*

34,11-31 754*
 36 64*, 2811*
 36,20-22 2814*
 36,20-21 2812*
 36,25-28 715*
 36,25-27 1287*
 36,26-27 1432*
 36,26 368*
 37,1-14 715*
 37,10 703*

Daniela

3,79-81 2416*
 7,10 678*
 7,13 440*
 7,14 664
 10,9-12 330*
 12,1-13 992*
 12,2 998*
 14,1-30 2112*

Ôsea

1-3 1611*
 1 762*
 2 218*
 2,1 441*
 2,7 2380*
 2,21-22 2787*
 4,2 2056*
 6,1-6 2787*
 6,2 627*
 6,6 589*, 2100*
 11 219*
 11,1-4 370*
 11,1 219*, 441*, 530*
 11,9 208

Joely

2,12-13 1430*
 3-4 678*
 3,1-5 715*
 3,1-2 1287*

Amôsa

5,21-25 2100*
 5,24 1435*
 7,2 2584*
 7,5 2584*
 8,4-10 2269*
 8,4-6 2409*

8,6 2449
8,11 2835

Jônasa

1,3 29*
2,1 627*
2,3-10 2585*

Mikea

2,2 2534*
4,1-4 762*

Sôfônia

2,3 64*, 711*, 716*
3,14 722*, 2676
3,17a 2676
3,17 2676*

Zakaria

1,12 336*
2,14 722*
2,17 2143*
4,14 436*
6,13 436*
9,9 559
12,10 1432*, 2561*
13,1 2561*
14,8 694*

Malakia

1,11 1330*, 1350*, 2643*
2,6 217
2,7-9 1540*
2,10 238*
2,13-17 1611*
3,19 678*

TESTAMENTA VAOVAO

Evanjelin'i Md Matio

1,15 2612
1,16 437
1,18-25 497*
1,20 333*, 437, 486*, 497
1,21 430, 452, 1507*, 1846,
2666*, 2812*
1,23 497, 744

2,1-12 486*
2,1 528*
2,2 439*, 528*
2,4-6 528*
2,11 724*
2,13-18 530*
2,13 333*
2,15 530*
2,19 333*
3,3 523*
3,7-12 678*
3,7 535*
3,13-17 535, 1286*
3,13 1223*
3,14-15 608*
3,15 536, 1224
3,16-17 1224
3,16 536
3,16 paral. 701*
3,17 444*, 713*
4,1-11 394*, 2849*
4,4 2835
4,10 2083, 2135
4,11 333*
4,17 1720*, 1989
4,19 878*
4,21 878*
4,24 1503*
5-7 2763*
5-6 764*
5,1 581*
5,3-12 1716
5,3 544, 2546
5,8 1720, 2518
5,9 2305, 2330
5,11-12 520*
5,13-16 782*, 2821*
5,14 1243
5,16 326
5,17-19 577, 592*, 1967*
5,17 2053*
5,20 2054*
5,21-22 2054, 2257
5,21 2262, 2302
5,22-26 2262*
5,22 678*, 1034*, 2302
5,23-24 2608*, 2792*, 2841*, 2845*
5,24 1424
5,27-28 2330, 2336, 2380*
5,28 1456*, 2513, 2528
5,29-30 226*
5,29 1034*

5,31-32	2382*	7,28-29	581
5,32	2380*	8,2	448*
5,33-34	581, 2141, 2153	8,4	586*
5,33	592*, 2463	8,8	1386*
5,37	2153, 2338*, 2466	8,10	2610*
5,38-39	2262*	8,11	543*
5,42	2443	8,17	517, 1505
5,43-44	1933*, 2844*	8,20	2444*
5,44-45	2303, 2608*	8,26	2610*
5,44	1825*, 1968*, 2262*	9,12	581*
5,45	2828	9,13	589*, 2100
5,46-47	2054*	9,27	439*, 2616
5,47	1693	9,38	2611*
5,48	443*, 1968*, 2013, 2842	10,5-7	543*
6,1-18	1434*	10,8	1509, 2121, 2443
6,1-6	1430*, 1969*	10,10	2122
6,2-4	1753*, 2447*	10,16	764*
6,2	1063*	10,19-20	728*
6,5	1063*	10,22	161, 1821*
6,6	1693, 2608, 2655, 2691*	10,25	765*
6,7	2608*, 2668, 2766*	10,28	363*, 1034*
6,8	443*, 2736*	10,29-31	305*
6,9-13	1969, 2759, 2759*	10,32-33	1816
6,9	268*, 443	10,32	14*, 2145*
6,10	2632*	10,37	2232
6,11	1165*, 2659*	10,38	1506*
6,12	2845	10,40	858
6,14-15	2608*, 2792*, 2841*	11,5	549*, 2443
6,16-18	1430*	11,6	548*
6,16	1063*	11,13-14	719*
6,21	368*, 2533, 2551, 2604*, 2608*, 2729*, 2848	11,13	523*
6,24	2113, 2424, 2729*, 2821*, 2848	11,20-24	678*
6,25-34	2547*, 2830*	11,25	2603*, 2779
6,25	2608*	11,25-26	2701*
6,26-34	322*	11,25	153*, 544*, 2785
6,26	2416*	11,27	151*, 240, 443*, 473*, 2779
6,31-33	305	11,28	1658
6,32	270*	11,29-30	1615*
63,33	1942, 2604*, 2608*, 2632*	11,29	459
6,34	2659*, 2836*	12,5	581*, 582*, 2173*
7,1-5	678*	12,6	586*, 590*
7,7-11	2609*	12,7	2100
7,12-13	2821*	12,12	342
7,12	1789, 1970	12,18-21	713*
7,13-14	1036, 1970*, 2609*	12,23	439*
7,13	1696	12,24	574*
7,14	1696	12,26	550*
7,15	2285*	12,28	550
7,20	2005	12,30	590
7,21-27	1970*	12,31	1864
7,21	443*, 1821*, 2611*, 2826	12,32	679*, 1031
		12,39	994*

12,40	627*, 635*	18,10	329, 336*
12,41-42	590, 678*	18,14	605, 2822*
12,49	764*	18,16	2472*
12,50	2233	18,18	553*, 1444*
13,3-23	1724*	18,20	1088, 1373
13,3-9	546*	18,21-22	982*, 2227*, 2845*
13,10-17	787*	18,23-35	2843*
13,10-15	546*	19,1-12	2364*
13,11	546	19,3-12	1620*
13,22	29*	19,3-9	2382*
13,24-30	827*	19,4	1605*, 1652
13,41-42	1034	19,6-12	2053*
13,41	333*	19,6	796, 1605, 1614, 1644, 2336*, 2380*
13,42	1034*	19,7-9	2382*
13,44-45	546*	19,8	1610*, 1614*
13,50	1034*	19,10	1615*
13,52	1117*	19,11	1615*
13,55	495*, 500	19,12	922, 1579, 1618
14,13-21	1335*	19,16-19	2052
14,19	1329*	19,16-17	2075
14,30	448*	19,18	2400
15,3-7	579*	19,21	2053, 2053*
15,18-19	1968*	19,23-29	2053*
15,19-20	1853	19,23-24	226*
15,19	2517	19,26	276*, 308*, 1058, 2841
15,22	439*, 448*	19,28	765*
15,28	2610*	20,19	572
15,32-39	1335*	20,26	2235
15,36	1329*	20,28	440, 601*, 605, 622, 786
16-18	1969*	20,30	439*
16,16-23	440*	21,1-11	559*
16,16	424, 442, 552	21,9	439*
16,17	153, 442	21,13	584*
16,18-19	881*	21,15-16	559*
16,18	424*, 442*, 552, 586*, 869*	21,15	439*
16,19	533, 1444	21,18	544*
16,21-23	540*, 607*	21,21	2610
16,21	554	21,28-32	546*
16,22-23	554*	21,32	535*
16,24-26	736*	21,33-43 paral.	755*
16,24	226*, 618*, 2029	21,34-36	443*
16,25-26	363*	21,37-38	443*
16,25	2232*	21,42 paral.	756*
16,26	1021*	22,1-14	546*, 796*
17,1-8 paral.	554*	22,21	2242
17,5	444*	22,23-34	575*
17,10-13	718*	22,23-24	581*
17,23	554*	22,34-36	581*
17,24-27	586*	22,36	2055
18,3-4	526*	22,37-40	2055
18,3	2785	22,37	2083
18,6	2285		

22,40 1824*
 22,41-46 439*, 447*
 23,9 2367*
 23,12 526*
 23,16-22 2111*
 23,21 586*
 23,37a 558*
 23,37b 558
 23,39 674
 24,1-2 585*
 24,3 585*
 24,12 675*
 24,13 161
 24,36 443*
 24,44 673*
 25,1-13 672*, 796*
 25,6 1618*
 25,14-30 546*, 1936*
 25,21 1029*, 1720*, 2683*
 25,23 1029*, 1720*
 25,31-46 544*, 1033*, 1373*, 2447*,
 2831*
 25,31-36 2443*
 25,31 331, 333*, 671*, 679*, 1038
 25,33 1038
 25,36 1503
 25,40 678, 1397*, 1825*, 1932,
 2449*
 25,41 1034
 25,45 598*, 1825*, 2463
 25,46 1038
 26,17-29 1339*
 26,20 610*
 26,26 610*
 26,26 1328, 1329*
 26,28 545, 610, 613*, 1365,
 1846, 2839*
 26,29 1403
 26,31 764*
 26,36-44 2849*
 26,38 363*
 26,39 536*, 612
 26,41 2719*, 2733, 2846*
 26,42 612*
 26,52 2262*
 26,53 333*, 609*
 26,54 600*
 26,64-66 591*
 26,64 443*
 26,66 596*
 27,25 597
 27,39-40 585*

27,48 515*
 27,51 586*
 27,52-53 633*
 27,54 441*
 27,56 500*
 28,1 500, 2174, 2174*
 28,6 652*
 28,9-10 641*
 28,9 645*
 28,10 654
 28,11-15 640*
 28,16-20 857*, 1444*
 28,16-17 645*
 28,17 644
 28,18-20 1120*
 28,19-20 2, 767*, 849, 1223,
 1257*, 1276
 28,19 189, 232, 265, 543*, 691*,
 730*, 831*, 1122, 2156
 28,20 80, 788*, 860*, 2743.

Evanjelin'i Md Marka

1,1 422*, 515*
 1,11 151*, 422
 1,13 333*, 538*
 1,14-15 541, 1423*, 1427
 1,16-20 787*
 1,21 2173*
 1,24 438*
 1,25-26 1673*
 1,26 1673*
 1,35 2602*
 1,40-41 2616*
 2,1-12 1421*
 2,5-12 1502*, 1503*
 2,5 1441, 1484, 2616*
 2,7 430, 574*, 589, 1441*
 2,8 473*
 2,10 1441
 2,14-17 574*
 2,17 545, 1484*, 1503*
 2,19 796
 2,23-27 581*
 2,23-26 544*
 2,25-27 582*
 2,27-28 2167
 2,27 2173
 2,28 2173
 3,1-6 574*
 3,4 2173*
 3,5-6 1859*

3,5	591*	9,2	552*
3,6	574*, 591*	9,7	151*, 459
3,10	1504*	9,9	649*
3,13-19	551*, 787*	9,23	1504*, 2610
3,13-14	858	9,24	162*
3,14-19	1577*	9,31-32	557*
3,14-15	765*	9,31	474, 649*
3,15	1673*	9,37	1825*
3,16	552*	9,43-48	1034*
3,22	548*, 574*	10,8	1627*
3,27	539*	10,9	1639*, 2364, 2382*
3,29	1864*	10,11-12	1650
3,31-35	500*	10,12	2380*
4,4-7	2707*	10,14	1244, 1261
4,11	546	10,16	699*
4,15-19	2707*	10,19	1858
4,33-34	546*	10,22	2728*
5,21-43	994*	10,28-31	1618*
5,25-34	548*	10,32-34	557*
5,28	2616*	10,33-34	474*
5,34	1504*	10,34	649*, 994*
5,36	1504*, 2616*	10,38	536*, 1225*
6,3	500*	10,39	618*
6,5	699*	10,43-45	1551*
6,6	2610	10,45	608*, 1570*
6,7	765*, 1673*	10,46-52	2667*
6,12-13	1506	10,47	2616
6,13	1511*, 1673*	10,52	548*
6,17-29	523*	11,24	2610
6,38	472*	11,25	2841*
6,46	2602*	12,17	450*
6,56	1504*	12,24	993
7,8-13	2196*	12,25	1619*
7,8	581*	12,27	993
7,10-12	2218*	12,28-34	575*
7,10	2247	12,29-31	129*, 2196
7,13	581*	12,29-30	202*
7,14-23	574*	12,29	228
7,18-21	582	12,35-37	202*
7,21	1764*	12,36-37	590*
7,29	2616*	12,38-40	678*
7,32-36	1504*	12,41-44	2444*
7,33-35	1151*	13	2612*
8,6	1329*	13,9	2849*
8,19	1329*	13,23	2849*
8,22-25	1151*, 1504*	13,32	474*, 673*
8,23	699*	13,33-37	672*, 2849*
8,27	472*	14,12-25	1339*
8,31-33	557*	14,18-20	474*
8,31	474*, 572, 649*	14,22	1328
8,34	459*, 1615*	14,25	1335*, 1403*
8,35	2544*	14,26-30	474*

14,33-34	1009*	1,49	273, 2599*, 2807*, 2827*
14,36	473*, 2701*	1,50	2465*
14,38	2849*	1,54-55	706*
14,57-58	585*	1,55	422*
14,62	443*	1,68	422*, 717*
15,11	597*	1,73	706*
15,34	603, 2605	1,76	523
15,37	2605*	2,6-7	525*
15,39	444	2,7	515*
16,1	641*, 2174*	2,8-20	486*, 525*
16,2	2174	2,8-14	333*
16,5-7	333*	2,10	333
16,7	652*	2,11	437, 448*, 695*
16,11	643*	2,14	333*, 559*, 725*
16,12	645, 659*	2,15-19	724*
16,13	643*	2,19	2599*
16,14	643	2,21	527*
16,15-16	977, 1223*	2,22-39	529*, 583*
16,15	888*	2,25	711
16,16	161*, 183, 1253*, 1256*, 1257*	2,26-27	695*
16,17-18	670*, 1507	2,32	713*
16,17	434*, 1673*	2,34	575*, 587*
16,18	699*	2,35	149*, 618*
16,19	659, 659*	2,38	711
16,20	2, 156*, 670*	2,41_52	534*
		2,41	583*
		2,46-49	583*
		2,48-49	503*
		2,49	2599
		2,51	517*, 531*, 2196, 2599*
		2,52	531, 472
		3,3	535
		3,8	1460*
		3,10-14	535*
		3,11	2447
		3,16	696
		3,21	608*, 2600*
		3,22	536*
		3,23	535*
		4,1	695*
		4,5-6	2855*
		4,8	2096
		4,9	2119*
		4,13	538
		4,16-22	1286*
		4,16-21	436*
		4,18-19	695*, 714
		4,18	544, 2443*
		4,19	1168*
		5,8	208
		5,16	2602*
		5,17	1116*
<i>Evanjelin'i Md Lioka</i>			
1,11	332*		
1,15	717		
1,17	523, 696, 716*, 718, 1098, 2684*		
1,23	1070*		
1,26-38	497*, 706*, 723*, 2571*		
1,26-27	488		
1,26	332*		
1,28-37	494*		
1,28	490, 491*		
1,31	430*, 2812*		
1,32-33	709*		
1,32	559		
1,34	484, 497*, 505		
1,35	437*, 484, 486*, 697*		
1,37-38	494		
1,37	148, 269*, 273, 276		
1,38	64*, 148, 510, 2617*, 2677, 2827*, 2856*		
1,41	523*, 717*, 2676		
1,43	448*, 495, 2677		
1,45	148, 2676		
1,46-55	722*, 2619*, 2675*		
1,46-49	2097*		
1,48	148*, 971, 2676*		

5,30	588*	10,34	1293*
5,32	588	11,1	520*, 2601, 2759, 2773
6,6-9	581*	11,2-4	2759*
6,12-16	1577*	11,2	2632*
6,12	2600*	11,4	1425, 2845
6,19	695*, 1116*, 1504	11,5-13	2613*
6,2022	2444*	11,13	443*, 728*, 2632*, 2671*
6,20	2546*	11,20	700*
6,24	2547	11,21-22	385*
6,28	1669*	11,37	588*
6,31	1789*, 1970*	11,39-54	579*
6,36	1458*, 2842	11,41	2447
7,11-17	994*	12,1-3	678*
7,16	1503	12,7	342
7,18-23	547*	12,8-9	333*
7,19	453	12,10	1864*
7,22	544*	12,12	1287*
7,26	523*, 719*	12,13	549*
7,36-50	2712*	12,14	549*
7,36	575*, 588*	12,32	764
7,37-38	2616*	12,35-40	2849*
7,48	1441*	12,49	696
8,6	2731*	12,50	536*, 607*, 1225*, 2804*
8,10	1151*	13,15-16	582*
8,13-15	2847*	13,20-21	2660*
8,13	2731*	13,31	575*
8,15	368*, 2668*	13,33	557
8,24	2743*	13,35	585*
8,26-39	550*	14,1	575*, 588*
8,46	695*, 1116*	14,3-4	582*
9,2	551	14,26	1618*
9,18-20	2600*	14,33	2544*
9,23	1435*	15	1443*, 1846*
9,28	2600*	15,1-2	589*
9,30-35	2583*	15,7	545
9,31	554, 1151*	15,11-32	545*, 2839*
9,33	556*	15,11-31	1700*
9,34-35	659*, 697	15,11-24	1439*
9,35	516, 554	15,18	1423*, 2795*
9,45	554*	15,21	2795*
9,51	557	15,23-32	589*
9,58	544*	15,32	1468*
10,1-2	765*	16,1	952*
10,2	2611*	16,3	952*
10,7	2122*	16,13	2424
10,16	87, 858*	16,16	523*
10,17-20	787*	16,18	2382*
10,21-22	2603*	16,19-31	1859*, 2463*, 2831*
10,21	1083	16,22-26	633*
10,25-37	2822*	16,22	336*, 1021*
10,27-37	1825*	17,1	2287
10,27	2083	17,3-4	2845*

17,4	2227*	23,39-43	440*, 2616*
17,5	162*	23,43	1021*, 2605
17,14	586*	23,46	730*, 1011*, 2605
17,33	1889	23,47	441*
18,1-8	2573*, 2613*	24,1	641*, 2174*
18,1	2098	24,3	640*
18,8	675*	24,5-6	626*, 640
18,9-14	2559*, 2613*	24,6-7	652*
